

ELLEN G. WHITE

# HERY MIFANANDRINA

IREO TOE-JAVATRA HANOVA NY HO AVINAO

# HERY MIFANANDRINA

ELLEN G. WHITE

Copyright © 2022 by Ellen G. White Estate, Inc.

Navoaka voalohany tamin'ny teny anglisy ary mitondra ny lohateny hoe:
"The Great Controversy".

Fonony: Eduardo Olszewski and Casa Publicadora Brasileira,
Tatuí, SP – Brazil

Rafi-takila: Ellen G. White Estate, Inc.
Endri-tsoratra: Cremona 10
Teny: Malagasy

Andalan-tSoratra Masina notsongaina tao amin'ny Baiboly Prôtestanta,
1956, navoaky ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy.

ISBN: 979-8-4003-0019-6

Tsy azo adika na alain-tahaka na aiza na aiza.

Raha mila fanazavana fanampiny momba ny *Hery Mifanandrina*
na ny Baiboly dia tsidiho ny: www.thegreatcontroversy.org

# Famintinana


1. Ny nandravana an' i Jerosalema ... 14
2. Ny fanenjehana tamin´ ireo taonjato voalohany ... 33
3. Ny fihemorana ... 42
4. Ireo Vaudois ... 53
5. Jean Wiclef ... 69
6. Hus sy Jérôme ... 85
7. Nisaraka tamin' i Roma i Lotera ... 105
8. Lotera teo anatrehan'ny Filankevitry ny fanjakana foibe ... 127
9. Ilay mpanavao fivavahana Soisa ... 150
10. Ny fandrosoan' ny fanavaozana ara-pivavahana tany Alemaina ... 162
11. Fanoherana nataon' ny Andriandahy ... 173
12. Ny fanavaozana ara-pivavahana tany Frantsa ... 186
13. Ny tany avaratra sy Skandinavia ... 210
14. Ireo mpanavao fivavahana Anglisy taty aoriana ... 217
15. Ny Baiboly sy ny tolompiavotana Frantsay ... 235
16. Ireo mpivahinin' ny fahafahana ... 256
17. Mpitondra hafatry ny maraina ... 266
18. Mpanavao fivavahana Amerikana ... 281
19. Fahazavana ao anaty haizina ... 303
20. Fifohazana lehibe ara-pivavahana ... 313
21. Hafatra fampitandremana notsipahina ... 330
22. Ireo faminaniana tanteraka ... 345
23. Inona ny fitoerana masina ? ... 361
24. Ao amin' ny masina indrindra ... 373
25. Ny lalàn' Andriamanitra tsy azo ovana ... 381
26. Fanavaozana tsy maintsy ilaina ... 396
27. Fifohazana moderna ... 405

28. Eo am-piatrehana ny tantaram-piainantsika ........ 421
29. Ny niavian' ny ratsy ........ 432
30. Fifandrafiana eo amin' ny olombelona sy Satana ........ 443
31. Ny anjely tsara sy ny fanahy ratsy ........ 449
32. Ireo fandrik' i Satana ........ 455
33. Ilay fitaka lehibe voalohany ........ 467
34. Afaka hifanerasera amintsika ve ny maty ? ........ 484
35. Tandindomin-doza ve ny fahafahana hivavaka araka ny fieritreretana ? ........ 494
36. Mananontanona ny fifandonana farany ........ 511
37. Fiarovana azo antoka ........ 521
38. Ny fampitandremana farany ........ 530
39. Ny andro fahoriana ........ 539
40. Fanafahana ny vahoakan' Andriamanitra ........ 558
41. Misaona ny tany ........ 573
42. Mifarana ny ady ........ 581
Fanampiny ........ 596

# Ala sarona

Misy hery anankiroa mifanandrina eto amin' izao tontolo izao. Ary tsy teto ihany no nifanandrinan' izy ireo, fa efa tany an-danitra koa, tany amin' izay misy ny seza fiandrianan' Andriamanitra mihitsy, tao amin' ny foibentoeram-pifehezana ny tontolo rehetra. Tafafindra tetý an-tany ny ady ; ary hatrany Edena ka mandrak' ankehitriny dia tsy manam-pitsaharana izany.

Tsy inona ireo hery ireo fa ny mazava sy ny maizina, ny marina sy ny fahadisoan-kevitra, ny fahamarinana sy ny fahotana, ny tsara sy ny ratsy, ny fiainana sy ny fahafatesana, Andriamanitra sy Satana.

Ary isika, zanak' olombelona, dia tsy mpitazana fotsiny amin' izao ady izao, fa mandray anjara koa. Ny saha fiadiana dia tsy izao tontolo izao ihany, fa ny fontsika isam-batan'olona koa.

Ny mpanoratra, Ramatoa E —G. White, dia nanoratra boky miisa amampolony maro. Ny iray amin' ireny boky ireny, «Ny Dia ho eo amin' i Kristy», dia efa tafahoatra ny zato ny fitenim-pirenena namoahana azy. Efa mivoaka amin' ny teny malagasy ny bokiny mitondra ny lohateny hoe : «Tanamasoandron' ny Fahasalamana». Ireny boky ireny dia mitory fahafantarana lalina ny Soratra Masina. fiainana ara-panahy velona sy mahavokatra avy amin' ny fifaneraserana akaiky tamin' i Kristy, ary koa «fahiratana» manokana izay nahatsinjovany, toy ny amin' ny fahitana, izay ao am-badiky ny tantara sy ny zava-misy ankehitriny ary ny ho avy koa. Kanefa tsy mihataka na kely akory aza amin' ny fampianaran' ny Baiboly.

Ato amin' ity boky ity, dia mitondra ny mpamaky eo antampon' ny tendrombohitra anankiray ny mpanoratra, izay ahatazanany an' ireo hery roa ireo mifanandrina mandritra ny taonjato maro, hatramin' ny taona faha-70 amin' izao fanisana kristiana izao, izay nandravan' ny Romana an' i Jerosalema ka tafapaka hatramin' ny vaninandro misy antsika ankehitriny. Tsinjo ireo taonjato nanenjehan' ny amperora roman,a jentilisa ny fivavahana kristiana ka nampandriaka ny ran' ny martioran' i Jesosy — ra izay nanjary zezika mainka nampiroborobo ny finoana. Arahi-maso ny fidiran' ny fiangonana tao amin' ny haizin' ny Andro Antenantenany. Tao anatin' izany mamatonalina izany dia nanjary mpanenjika ilay fiangonana nenjehina teo aloha. Nangotraka ny fifanandrinanana tamin' ny andron' ny Fanavaozampivavahana tamin' ireo tany samihafa tany Eoropa, indrindra tany Frantsa. Nandà ny mazava ity firenena ity ka ny todin' izany dia ny fisavoritahana nahatsiravina niseho tamin' ny andron' ny Horohoro.

Dia miantefa amin' ny fiposahan' ny «andro moderna» ny fijerintsika : niforona ireo fikambanana samihafa nandefa iraka eran-tany hitory ny

filazantsara; niorina koa ny Fikambanana Mampiely Baiboly tany Angletera; ary re nanakoako hatraiza hatraiza tany Eoropa, Azia, indrindra Amerika ny fanambarana fa manakaiky ny farany, izay nahatonga fifohazana lehibe. Nirongatra koa anefa ny hery ankilany ka teraka ny Spiritisma na ny filalaovana angatra, ary i Satana dia miady fo hanamaivana sy hanafoana ny didin' Andriamanitra, indrindra ilay anankiray manondro Azy ho Mpamorona izao rehetra izao. Tsy mangina koa anefa Andriamanitra fa mandefa hafatra hotorina eran-tany, dia ny Filazantsara mandrakizay hitaomana izay rehetra mety handray an' i Kristy sy hampiseho ny finoany amin' ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra rehetra. Eo no hirehitra ny ady farany. Ho vaky roa izao tontolo izao ; ary ny olona tsirairay dia tsy maintsy hisafidy izay fahefana ara-panahy hekeny, ka amin' izany no hanisiany tombo-kase izay ho anjarany mandrakizay. Manakaiky izany fara-tampony izany ny fifanandrinana. Kristy anefa no tsy maintsy mandresy ; ary handresy koa «izay momba Azy, dia olona voantso sy voafidy ary mahatoky» *(Apokalypsy 17 ; 14).*

Ny boky dia miafara amin' ny fahitana be voninahitra ny fandresen' ny fahamarinana sy ny fiorenan' ny fanjakam-piadanana tsy ho rava intsony.

Olona maro eran-tany no efa voataonan' ny famakiana an' ity boky ity ho eo an-tongotry ny Mpamonjy, Jesosy Kristy ; ary izany koa no fanirianay ombam-bavaka, ho anao mpamaky, noho ny fahasoavan' Andriamanitra.

*Ny Mpandraharaha*

# Fitarihan-teny

*Talohan' ny nidiran' ny fahotana dia nahita fifaliana tamin' ny firaisam-po mivantana tamin' ny Mpanao azy i Adama; nefa hatramin' ny nampisarahany ny tenany tamin' Andriamanitra noho ny fandikan-dalàna nataony, dia tapaka tsy azon' ny taranak' olombelona intsony io tombon-tsoa ambony io. Na dia izany aza, dia nisy lalana nosokafana, tamin' ny alalan' ny drafitry ny fanavotana, izay ahazoan' ny mponina eto an-tany mifandray amin ' ny lanitra indray. Ny Fanahy Masina no nentin' Andriamanitra hitondra teny ho an' ny olona, ary nozaraina tamin' izao tontolo izao ny fahazavana avy amin' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny fanambarana natao tamin' ireo mpanompo nofidiny. «Fa avy tamin' Andriamanitra no nitenenan' ny olona araka izay nitondran ' ny Fanahy Masina azy»* [1]

*Nandritra ireo diman-jato sy roa arivo taona voalohany teo amin ' ny tantaran' ny olombelona dia tsy nisy fanambarana voasoratra. Ireo izay nampianarin' Andriamanitra dia nilaza ny fahalalany tamin' ny hafa ka nampita izany tamin' ny zanany ny ray, nandritra ireo taranaka nifandimby. Nanomboka tamin'. ny andron' i Mosesy no nanomanana ny teny voasoratra. Natambatra ho boky tamin' izay ireo fanambarana avy amin' ny tsindrimandry. Nitohy io asa io nandritra ny fe-potoana lava be naharitra enin-jato' sy arivo taona, nanomboka tamin' i Mosesy, ilay nitantara ny famoronana sy ny momba ny lalàna, ka hatramin' i Jaona, ilay nitatitra ireo fahamarinana kanto indrindra entin' ny filazantsara.*

*Manondro an' Andriamanitra ho mpanoratra azy ny Baiboly kanefa nosoratan' ny tanan' olombelona izany; ary asehon' ny fomba fanoratra isan-karazany hita ao amin' ireo boky samihafa ny toetra manokana mampiavaka ireo mpanoratra maro. «Avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra avokoa»* [2] *ireo fahamarinana ambara ao; nefa tenin' olombelona no ilazana azy. Ilay tsy manam-petra no nampitosaka ny fahazavany ao amin' ny saina sy ny fon' ny mpanompony tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina. Nanome nofy sy fahitana, sary aman' ohatra Izy; ary ireo izay nanehoana ny fahamarinana tamin' izany fomba izany no nandika ilay fisainana ho amin' ny tenin ' olombelona.*

*Ny Didy Folo dia Andriamanitra mihitsy no niteny azy, ary nosoratany tamin' ny rantsan-tanany. Andriamanitra no nandrafitra ireo fa tsy ny olombelona. Ny Baiboly kosa, izay misy ireo fahamarinana avy amin' Andriamanitra voalaza amin' ny fitenin' ny olombelona, dia mampiseho firaisan' ny maha-Andriamanitra sy ny mahaolombelona. Ny firaisana toy izany dia hita ao amin' ny toetran' i Kristy, Izay sady Zanak' Andriamanitra no Zanak' olona.*

*Tanteraka amin' ny Baiboly, tahaka ny nahatanteraka izany tao amin' i Kristy ny hoe: «Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika»* [3]

*Nosoratana tamin' ny vanim-potoana samihafa ireo boky ao amin' ny Baiboly ary olona samihafa koa no nanoratra azy ireo raha ny saranga misy azy sy ny asa aman-draharaha nataony, raha ny talenta eo amin' ny ara-tsaina sy ny ara-panahy koa noho izany dia misy fahasamihafana lehibe hita eo amin' ny fomba fanoratr' izy ireo, ary maro karazana koa ireo lohahevitra novelabelarina. Fomba fiteny samihafa no ampiasain ' ny mpanoratra samihafa; matetika no misy fahamarinana iray ihany kanefa asehon' ny anankiray amin' ny fomba manaitra kokoa noho ny an' ny anankiray. Ary rehefa misy mpanoratra maro mampiseho lohahevitra iray amin' ny lafiny sy ny endriny samihafa, dia mety ho mifanipaka na mifanohitra no fijerin' ny mpamaky tsy mandinika lalina, manao an-tsirambina na manana hevitra mibahana ao an-tsainy, nefa ny mpandinika lalina sy feno fanajana kosa, izay manana fomba fijery mazava kokoa, dia mahatsupa fa misongadina ny firindrana hita.*

*Noho izy aseho amin' ny alalan' ny olona samihafa, dia nentina amin' ny endriny samihafa ny fahamarinana. Latsaka lalina kokoa ao am-pon' ny mpanoratra iray ny dingana iray eo amin' ny lohahevitra iray, fikiriny ireo foto-kevitra izay mifandrindra amin' ny fanandramana nataony na amin' ny heriny mahatakatra sy mahatsapa zavatra; ny anankiray kosa mandray ny dingana hafa; ary samy mampiseho izay mibosesika lalina ao an-tsainy avy izy eo ambanin' ny fitarihan' ny Fanahy Masina samy mampiseho endrika samihafa amin' ny fahamarinana raha raisina tsirairay, fa hevitra mifandrindra tanteraka raha mitambatra. Ireo fahamarinana nambara toy izany dia miray mba ho vondrona iray tanteraka, mifanaraka amin' izay ilain' ny olona eo amin' ny toe-javatra rehetra sy ny fanandramana rehetra eo amin' ny fiainana.*

*Tian' Andriamanitra ny nampilaza ny fahamarinany tamin' izao tontolo izao tamin' ny alalan' ny olombelona, ary Izy tenany, tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina no nanome toetra sy fahaizana ho an' ny olona mba ho afaka hanao io asa io. Nitarika ny saina hifidy izay holazaina sy hosoratana Izy. Napetraka tamin' ny vilany tany ny haren-tsarobidy, nefa na dia izany aza dia avy any an-danitra izany. Nentin' ny fomba fitenin' ny olombelona tsy tanteraka ny vavolombelona, nefa dia vavolombelona avy amin' Andriamanitra; ary ny zanak' Andriamanitra mankatò sy mino dia mibanjina ny voninahitry ny herin' Andriamanitra, feno fahasoavana sy fahamarinana eo amin' izany.*

*Nankinin' Andriamanitra tamin' ny olona, ao amin' ny teniny, ny fahalalana ilaina ho amin ' ny famonjena. Tokony ekena ho fanambarana manam-pahefana, tsy mety diso momba ny sitrapony ny Soratra Masina. Fanevan' ny toetra amam-panahy izany, mpanambara ny foto-pinoana ary mpisedra ny fanandramana. «Izay soratra rehetra nomen ' ny tsindrimandrin ' Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana*

*amin' ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon' Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin ' ny asa tsara rehetra»* [4].

*Nefa ny nanehoan' Andriamanitra ny sitrapony tamin' ny olona tamin' ny alalan' ny tenany, dia tsy nahatonga ny fanatrehana sy ny fitarihan' ny Fanahy Masina ho tsy ilaina akory. Mifanohitra amin' izany no izy, fa nampanantena ny Fanahy Masina ny Mpamonjy, mba hamelatra ny teniny amin' ny mpanompony, mba hanazava sy hampihatra ireo fampianarany. Ary satria ny Fanahin' Andriamanitra no nanindry mandry (ireo mpanoratra) ny Baiboly, dia tsy mety hisy na oviana na oviana izany fampianaran' ny Fanahy mifanohitra amin' ny teniny izany.*

*Tsy nomema ny Fanahy Masina na nozaraina, na oviana na oviana mba hisolo toerana ny Baiboly; satria milaza mazava ny Soratra Masina fa ny tenin' Andriamanitra no faneva tsy maintsy hisedrana ny fampianarana sy ny fanandramana rehetra.*

*Hoy ny apostoly Jaona: «Aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin' Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin' izao tontolo izao»* [5]. *Ary hoy Isaia: «Ho amin' ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan ' ny fahazavan' ny maraina»* [6].

*Misy fanakianana be natao tamin' ny asan' ny Fanahy Masina, noho ny fahadisoan' ny antokon' olona izay mihambo ho mandray fahazavana avy Aminy ka milaza fa tsy mila intsony ny fitarihan' ny tenin' Andriamanitra. Eritreritra fotsiny izay raisiny ho toy ny Jeon' Andriamanitra ao amin' ny fanahy no mifehy azy, nefa tsy Fanahin' Andriamanitra izany. Ny fanarahana an' ireo eritreritra ireo. sy ny fanaovana an-tsirambina ny Soratra Masina, dia tsy afaka hitarika afa-tsy ho amin' ny korontana. ny fahadisoam-panantenana sy ny fahafatesana. Mampandroso ny fikasan' ilay ratsy fotsiny izany. Satria iankinan' ny ain' ny fiangonan' i Kristy ny asa fanompoana ataon' ny Fanahy Masina, dia iray amin' ny zava-kendren' i Satana, ny hanao tsinontsinona ny zava-kendren' ny Fanahy, amin' ny alalan' ireo hevi-diso entin' ny mpandray an-tendrony sy mibirioka amin' ny tafahoatra, ka mahatonga ny vahoakan' Andriamanitra hanao an-tsirambina io loharanon-kery izay nomanin' ny Tompontsika io mihitsy.*

*Amin' ny fomba mifandrindra amin' ny tenin' Andriamanitra, dia hanohy ny asany ny Fanahiny mandritra ny fotoana hitoriana ny filazantsara. Tamin' ny andro lasa raha nomena ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao dia tsy nitsahatra nandefa fahazavana ho an' ny isam-batan' olona ny Fanahy Masina, ankoatr' ireo fanambarana hatambatra ao amin' ny listry ny bokin' ny Baiboly Masina. Ny Baiboly koa dia milaza ny fomba nandraisan' ny olona fananarana, fanitsiana, torohevitra sy fampianarana, avy amin' ny Fanahy Masina, izay tsy mifandray mihitsy amin' ny fomba nanomezana ny Soratra Masina. Ary voalaza fa nisy mpaminany tamin' ny fotoana samihafa, izay tsy*

*misy voasoratra ny zavatra nolazainy. Toy izany koa, rehefa feno ny listr' ireo boky ao amin' ny Soratra Masina, dia mbola manohy ny asany ny Fanahy Masina, hanazava, hananatra sy hampahery ny zanak' Andriamanitra.*

*Nampanantena ny mpianany i Jesosy nanao hoe: «Fa ny Mpananatra dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo». «Fa raha tonga ny Fanahin' ny Fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin' ny marina rehetra; . . . ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo»* [7] *Ampianarin ny Soratra Masina mazava tsara fa ireo teny fikasana ireo, dia tsy voafetra fotsiny ho tamin' ny andron' ny Apostoly, fa mitatra indrindra koa amin' ny fiangonan' i Kristy amin' ny andro rehetra. Nanome toky ireo mpanaraka Azy ny Mpamonjy nanao hoe: «Ary indro Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao»*[8] *Ary lazain' i Paoly fa ireo fanomezana sy ireo fisehoan' ny Fanahy ao amin' ny fiangonana dia natao mba «ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin' ny asa fanompoana amin' ny fiangonana, ho amin' ny fampandrosoana ny tenan' i Kristy mandra-pahatongantsika rehetra ho amin' ny firaisan' ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak' Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben' ny fahafenoan' i Kristy»* [9]*.*

*Nivavaka ho an' ireo mpino tany Efesosy ny apostoly nanao hoe: «Mba homen' Andriamanitr' i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain' ny voninahitra, ho anareo ny Fanahin' ny fahendrena sy ny fanambarana, amin' ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason' ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany ary. . . nyfihoaran' nyhalehiben' ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiasan' ny herin' ny faherezany»* [10]*Ny asan ny Fanahin' Andriamanitra amin' ny fanazavana ny saina sy ny fanokafana ny saina hahalala ny zava-dalina ao amin' ny Teny masin' Andriamanitra no fitahiana izay nangatahin' i Paoly ho an' ny fiangonana tany Efesosy.*

*Taorian' ny fisehoan' ny Fanahy Masina tamin' ny fomba mahagaga tamin ' ny andro Pentekosta, dia nampirisika ny olona hibebaka sy hatao batisa amin' ny anaran' i Kristy i Paoly ho famelana ny helony ary hoy izy: «Ary hianareo handray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina; fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an' izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin' i Jehovah Andriamanitsika hanatona Azy»* [11]*.*

*Mifandray mivantana amin' ireo toe-javatra amin' ny andro lehiben' Andriamanitra dia nampanantena fisehoan' ny Fanahiny amin' ny fomba manokana Jehovah tamin' ny alalan' ny mpaminany Joela 3:1. Tanteraka ny ampahany amin' io faminaniana io tamin ' ny nirotsahan ' ny Fanahy tamin ' ny andro Pentekosta; nefa ho. tonga amin' ny fahatanterahany feno izany amin' ny fanehoana ny fahasoavan' Andriamanitra izay hiaraka amin' ny famaranana ny asan' ny filazantsara.*

*Hitombo hihamafy ny ady lehibe ifanaovan' ny tsara sy ny ratsy amin' ny fiafaran' ny andro indrindra. Tamin' ny fotoan' andro rehetra dia niseho nanohitra ny fiangonan' i Kristy ny fahatezeran' i Satana; ary Andriamanitra nandrotsaka ny fahasoavany sy ny Fanahiny tamin' ny vahoakany mba hampahery azy hijoro hanohitra ny herin' ny ratsy. Fony ireo apostolin' i Kristy nitondra ny filazantsarany ho an' izao tontolo izao ka nitantara izany ho amin' ny andro ho avy, dia nomena ny fahazavan ' ny Fanahy tamin' ny fomba manokana izy. Fa rehefa manakaiky ny fanafahana azy farany kosa ny fiangonana, dia hiasa amin' ny hery lehibe kokoa i Satana. Midina izy «manana fahatezerana lehibe satria fantany fa kely sisa ny androny»* [12]*.Hiasa «amin' ny hery sy famantarana sy fahagagana mandainga rehetra izy»* [13]*. Enina arivo taona izay ilay manan-tsaina tokoa, ilay ambony indrindra tamin' ireo anjelin' Andriamanitra tamin' izay no nilofo tanteraka tamin' ny asa famitahana sy famonoana. Ary ireo fahaizan' i Satana lalina sy ireo hafetsena azony tamin' izany, ny fahasiahana nampitomboina rehetra nandritra ny tolona tamin' ny taona nifandimby, dia hoentiny hanoherana ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny ady farany. Ary amin' izao fotoana tataovan-doza izao no tokony hitondran' ireo mpanaraka an' i Kristy ho an' izao tontolo izao hafatra fanairana momba ny fiavian' ny Tompo fanindroany; misy vahoaka homanina hijoro eo anatrehany amin' ny fiaviany, «tsy manan-tsiny amam-pondro»* [14]*. Amin' io fotoana io dia tsy latsa-danja noho ny tamin' ny andron' ny apostoly ny ilàn' ny fiangonana ny fanomezana manokana ny fahasoavana sy ny herin' Andriamanitra.*

*Tamin' ny alalan' ny fanazavana avy amin' ny Fanahy Masina dia naseho ny mpanoratra an' ireto takila ireto, ireo toe-javatra nisian' ny ady naharitra teo amin' ny tsara sy ny ratsy. Indraindray aho dia navela nibanjina ny fizotry ny fifanolanana lehibe teo amin' ireo fotoan' andro samihafa nifanaovan' i Kristy, Ilay Andrianan' ny fiainana, Ilay niavian ' ny famonjena antsika sy i Satana, ilay andrianan' ny ratsy, ilay niavian' ny fahotana, ilay nandika voalohany ny lalàna masin' Andriamanitra. Ny fandrafian' i Satana an' i Kristy dia naseho tamin' ireo mpanaraka an' i Kristy. Ilay fankahalana ny foto-kevitry ny lalàn' Andriamanitra, ilay fomba famitahana izay anehoana ny hevi-diso ho toy ny marina, izay anoloana ny lalàn' Andrianranitra amin' ny lalàn' olombelona ka hitarihana ny olona. hiankohoka eo amin' ny voaforona fa tsy eo amin' ny Mpamorona, ireo dia mety ho hita taratra eo amin' ny tantaran' ny lasa rehetra. Ny fiezahan' i Satana hampiseho amin' ny endrika diso ny toetra amampanahin' Andriamanitra, hahatonga ny olona hankamamy hevi-diso mikasika ny Mpamorona ka hatahotra sy hankahala Azy fa tsy ho tia Azy, ny fdofosana nataony hametraka ny lalàn' Andriamanitra ka hitarika ny olona hihevitra fa afaka amin' ny fitakian' ny lalàna izy; ny fanenjehan' i Satana ireo izay sahy manohitra ny famitahany, dia nitohy tsy niova tamin' ny fotoan' andro rehetra. Azo soritana eo amin'*

*ny tantaran' ireo patriarka, ireo mpaminany sy ireo apostoly, ireo martiora sy ireo mpanavao fivavahana izany.*

*Amin' ny ady farany, dia hampiasain' i Satana ihany io fomba io, toetsaina toy izany ihany no hasehony, ary zavatra iray ihany no hokendreny toy ny tamin' ny fotoan' andro lasa rehetra. Izay efa nisy, dia mbola hisy saingy ny ady mbola ho avy dia hahatsiravina indrindra ny hamafiny noho izay efa hitan' izao tontolo izao hatrizay hatrizay. Ho fetsy lavitra ny fitaka hataon' i Satana, ho mafy kokoa ny famelezana hataony. «Raha azo atao na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny»* [15].

*Rehefa novelarin' ny Fanahin' Andriamanitra teo amtrehako ireo fahamarinana lehibe ao amin' ny teniny, sy ireo toe-javatra mikasika ny lasa sy ny ho avy, dia nobaikoina aho hampahafantatra ny hafa izay efa nambara tamiko toy izany – nobaikoina aho hanoritra ny tantaran' ny ady lehibe tamin' ny andro lasa ary indrindra ny hampiseho izany amin' izay itosahan' ny fahazavana eo amin' ny ady ho avy efa manakaiky haingana dia haingana. Mba hahatongavana amin' izany, dia niezaka aho hifantina sy hanangona ireo toe-javatra ao amin' ny tantaran' ny fiangonana amin' ny fomba izay hampisongadina ireo fahamarinana lehibe hoenti-misedra nomena an' izao tontolo izao tamin' ny fotoana samihafa, ka nampirongatra ny fahatezeran' i Satana sy ny fandrafian' ny fiangonana tia an' izao tontolo izao, ary voatanan' ireo vavolombelona ireo izay tsy nankamamy ny ainy intsony na dia ho faty aza.*

*Ho hitantsika amin' ireo tatitra ireo ny aloky ny ady mbola ho avy eo anoloantsika. Raha jerentsika eo amin' ny fahazavan' ny tenin' Andriamanitra ireny sy amin' ny fitarihan' ny Fanahy Masina, dia ho hitantsika mihanjahanja ireo fitaka ataon' ilay ratsy, sy ireo loza tsy maintsy hosorohin' ireo te-ho hita «tsy manan-tsiny amam-pondro» alohan' ny fiavian' ny Tompo.*

*Ara-tantara ireo toe-javatra lehibe izay nanoritra ny fandrosoan' ny fanavaozana ara-pivavahana tamin' ny andro lasa, fantatra sy ekena eo amin' izao tontolo izao protestanta dia zavatra tsy azon' iza na iza toherina izany. Nasehoko fohifohy io tantara io, dia arakaraka ny ho fahalehibeazan ' ny boky, sy araka ny tsy maintsy hahafohy izany, dia nofintinina ireo toe-javatra ireo mba hahazoana tsara ny fampiharana azy. Indraindray rehefa natambatry ny mpanoratra ny tantaram-pirenena ny toe-javatra niseho mba hahitana izany amin' ny fomba mazava raha fintinina na rehefa nofeheziny ho mora raisina ireo antsipiriany, dia noraisiko ny teniny; indraindray anefa tsy misy antoka manokana nomena, noho izany dia tsy noraisina ny tenin' ny mpanoratra mba hilazana ny tena izy, fa noraisina izy satria mampiseho ny lohahevitra amin' ny fomba tsotra ary manan-kery ny filazany. Tamin' ny fitantarana ny fanandramana sy ny famelabelarany ny fomba fijerin' ireo izay nitarika ny asa fanavaozana ara-pivavahana amin' izao androntsika izao, dia nampiasaina toy izany koa ireo asa-sorany efa tafavoaka.*

*Tsy dia zava-kendren ‘ ity boky ity loatra ny haneho fahamarinana vaovao mikasika ireo ady teo aloha, fa ny hampisongadina indrindra ireo toe-javatra sy ireo foto-kevitra misy fiantraikany amin’ izay mbola ho avy. Nefa kosa rehefa raisina amin’ ny maha-ampahany azy eo amin’ ny ady ifanaovan’ ireo herin’ ny fahazavana sy ny fahamaizinana, dia hita fa misy heviny vaovao ireo tatitra mikasika ny lasa, ary amin’ ny alalan’ ireo dia misy fahazavana mitosaka amin’ ny ho avy, mampamirapiratra ny lalan’ ireo izay antsoina koa ho vavolombelon’ ny tenin’ Andriamanitra sy ho vavolombelon’ i Kristy Jesosy, tahaka ireo mpanavao fivavahana tamin’ ny andro fahiny, na dia hanafongana ny hareny ara-nofo rehetra aza izany.*

*Ny mamelabelatra ireo toe-javatra amin’ ny ady lehibe ifanaovan’ ny fahamarinana sy ny hevi-diso; ny mampiseho ireo hafetsen’ i Satana, sy ireo fomba mahomby hanoherana azy; ny mitondra alaolana mahafa-po mikasika ny olana lehibe napetraky ny ratsy, ka hampitosaka fahazavana eo amin’ ny niantombohan’ ny fahotana sy eo amin’ ny fiafarany mba hampibaribary ny fahamarinana sy ny fiantran’ Andriamanitra eo amin’ ny fifandraisany amin’ ny nohariny; ary ny mampiseho ny toetra masina, ny tsy fiovan’ ny lalàny, izany no zava-kendren’ ity boky ity. Ny mba hiasany amin’ ny fanahy ka ho afaka amin’ ny herin’ ny maizina ireo, ary ho tonga hanana anjara amin’ ny lovan’ ny olona masina ao amin’ ny mazava, ho voninahitr’ Ilay tia antsika, ka nanolotra ny tenany ho antsika, izany no vavaka mafana ataon’ ny mpanoratra..*

*Ellen G. White*

**Fanamarihana**

1 2 Pet.1:21.
2 2 Tim3:16.
3 Jao.1:14.
4 2 Tim. 3 : 16, 17.
5 1 Jao. 4 : 1.
6 Isa. 8:20
7 Jao. 14: 16; 16: 13;
8 Mat.28: 20;
9 Efes. 4 : 12, 13.;
10 Efes. 1 : 17-19.
11 Asa. 2 : 38, 39.
12 Apok. 12 : 12;
13 2 Tes. 2 : 9;
14 2Pet. 3 : 14;
15 Mar. 13 : 22;

# 1

## *Ny nandravana an' i Jerosalema*

«Raha mba nahafantatra mantsy ianao, na dia amin' ity andro ity aza izay momba ny fiadanana ! — fa ankehitriny miafina amin' ny masonao izany. Fa ho avy aminao ny andro izay hananganan' ny fahavalonao tovontany manodidina anao, dia hanemitra anao izy, ka hanidy anao manodidina ary hamongotra anao hatramin' ny tany mbamin' ny zanakao ao anatinao, ka tsy havelany hisy vato mifanongoa eo aminao, ho valin' ny tsy nahafantaranao ny andro namangiana anao» [1].

Avy eo an-tendrombohitra Oliva Jesosy no nitazana an' i Jerosalema. Kanto sady tony ny zavatra tazany nivelatra teo anoloany. Andron' ny Paska tamin' izay, ary tafavory avy amin' ny tany rehetra ny zanak' i Jakoba mba hankalaza ilay lanonam-pirenena lehibe. Eo afovoan' ny saha sy ny tanim-boaloboka ary ireo tehezantendrombohitra maitso mavana haingoan' ny trano lain' ny mpivahiny, no isandratan' ireo havoana narenina, ireo lapa mendrika indrindra sy ireo manda matevina manodidina ny renivohitr' Isiraely. Toa miteny an' avona ny zanakavavin' i Ziona manao hoe : «Mipetraka ho mpanjakavavy aho, ary tsy mba hahita alahelo mihitsy aho» raha maha-te-ho tia izy tamin' izay ary nihevitra ny tenany ho voaaron' ny fankasitrahan' ny lanitra, toy ny teo aloha, fony niventy ny mpihiran' ny mpanjaka nanao hoe : «Avo mahafinaritra. fifalian' ny tany rehetra, ny tendrombohitra Ziona tanànan' ny Mpanjaka lehibe» [2]

Nanatrika azy indrindra ireo tranoben' ny tempoly fatratra dia fatratra. Nampihiratra ireo rindrina vatosoa fotsy toy ny orampanala ny taratry ny masoandro madiva hilentika ka nanjelanjelatra avy ao amin' ny vavahady volamena sy ny tilikambo ary ny tampon' ny tempoly. Fahatanterahan' ny hatsaran-tarehy izany, reharehan' ny firenena Jiosy. Iza no Zanak' Isiraely hahita izany ka tsy hientanentana ho faly sy ho talanjona ! Nefa eritreritra hafa lavitra noho izany no nameno ny sain' i Jesosy. «Ary raha nanaiky Izy ka nahita ny tanàna, dia nitomany azy» [3].

Teo anivon' ny firavoravoan' ny rehetra raha nandroso hiditra toy ny mpandresy Izy, raha mbola nihofahofa ny sampan-drofia. raha nanakoako namoha ireo havoana ny hosanam-pifaliana, ka feo an» arivony no nilaza fa mpanjaka Izy, dia safotry ny alahelo tampoka sady tsy azo hazavaina kosa ny Mpanavotra an' izao tontolo izao. Ilay Zanak' Andriamanitra, Ilay nampanantenaina an' Isiraely, Ilay nandresy ny fahafatesana tamin' ny heriny ka niantso ny babony avy ao am-pasana, no indro mandrotsa-dranomaso, ary tsy noho ny alahelo tsotra, fa noho ny alahelo mafy indrindra, tsy hay tohaina. mihatra aman' aina.

Tsy ho an' ny tenany no nandrotsahany ranomaso, na dia fantany tsara aza ny fizotry ny diany. Teo anoloany i Getsemane, ilay toerana nisehoan' ny ady mafy hatrehiny efa akaiky. Tazany koa ilay vavahadin' ondry izay nitondrana ireo biby hatao fanatitra nandritra ny taonjato maro nifandimby, ary hosokafana ho Azy rehefa ho «tahaka ny zanak' ondry entina hovonoina», [4]Izy. Tsy lavitra teo i Kalvary, ilay toerana fanomboana amin' ny hazo fijaliana. Vetivety dia hanitsaka izany lalana izany i Kristy, ka ho rakotry ny horohoro noho ny haizim-be rehefa hatolony ho fanatitra noho ny ota ny fanahiny. Tsy ny fibanjinana ireo toe-javatra ireo anefa no nanamaloka Azy tamin' ity ora feno fifaliana ity. Tsy ny fitazanany mialoha ny tebiteby tsy zakan' olombelona hiaretany no nanamaizina ny sainy tsy mba mpihevitra ny tenany. Nitomany ho an' ireo an' arivony tandindomin-doza tao Jerosalema Izy noho ny fahajambana sy ny tsy fetezany hibebaka, dia ireo izay nahatongavany hotahiana sy hovonjena.

Nibaribary teo imason' i Jesosy ny tantaran' ny arivo taona mahery nanehoan' Andriamanitra tombon-tsoa manokana sy fiahian' ny mpiandry tamin' ity vahoaka nofidiny ity. Tao ny tendrombohitr' i Moria izay nanaterana ilay zanaky ny teny fikasana, fanatitra tsy nanohitra teo ambonin' ny alitana tandindon' ny nanolorana ny Zanak' Andriamanitra.[5] Tao no nanamafisana tamin' ny rain' ny mpino ny fanekem-pitahiana, ny teny fikasana be voninahitra momba ny Mesia. Tao no namily ny sabatry ny anjely mpandringana[6] ny lelafon' ny fanatitra nanakatra ny lanitra avy eo amin' ny famoloan' i Anaona — izay tena tandindon' ny fanatitra ataon' ny Mpamonjy sy ny fanelanelanany ho an' ny olona meloka. Efa nomen' Andriamanitra voninahitra ambonin' ny tany rehetra Jerosalema. Efa «nifidy an' i Ziona» Jehovah «ary naniry azy ho fonenany» [7]. Tao, mandritra ny taonjato nifandimby, no nanambaran' ireo mpaminany masina hafatra fananarana. Tao no nampihevaheva ny fandoroana ditin-kazo mànitra ny mpisorona ary niakatra teo anatrehan' Andriamanitra niaraka tamin' ny vavak' ireo mpidera an' Andriamanitra ny fofo-manitra toa rahona. Tao no nanolorana isan' andro ny ran' ny Zanak' ondry izay nanondro mialoha ny

Zanak' ondrin' Andriamanitra. Tao no nanehoan' i Jehovah ny fanatrehany tao amin' ny rahona be voninahitra ambonin' ny rakotra fanaovampanavotana, ary tao no nipetrahan' ny tongotr' ilay tohatra misy hevi-dalina izay nampifandray ny lanitra ny ny tany, [8]dia ilay tohatra nidinan' ireo anjelin' Andriamanitra sy niakarany, ary nampidanadana ho an' izao tontolo izao ny lalana mankany amin' ny masina indrindra.[9] Raha voaaron' Isiraely amin' ny maha-firenena azy ny fankatoavany ny lanitra, dia ho tafatoetra mandrakizay ho ilay voafidin' Andriamanitra Jerosalema.[10] Nefa tsy mitatitra afa-tsy fihemorana sy fikomiana ny tantaran' io vahoaka nohasoavina io. Efa nanohitra ny fahasoavan' ny lanitra izy, efa nampiasa amin' ny tsy antony ny tombon-tsoany izy, ary tsy nanararaotra ny fotoana mety nomena azy.

Na dia efa «nihomehy ireny irak' Andriamanitra ireny sady nanazimba ny teniny sy namazivazy ny mpaminany aza Isiraely dia mbola amin' ny maha-«Andriamanitra mamindra fo sy miantra, maharipo sy be famindram-po sy fahamarinana»[11] ihany no nisehoany taminy ; na dia teo aza ireo fandavany an' Andriamanitra miverimberina, dia mbola nitohy nitalaho taminy ihany ny famindrampony. Fitiavana feno fangorahana mihoatra noho ny fitiavan' ny ray ny zanany tiany no nahatonga an' Andriamanitra «nampitondra teny ny iraka izay nirahiny ho any aminy,.eny, nifoha maraina koa Izy ka naniraka fa namindra fo tamin' ny olona sy ny fonenany» [12]. Rehefa tsy nahomby ny fitenenana, ny fiangaviana sy ny ianiniana, dia nirahiny ho eo aminy Ilay fanomezan' ny lanitra tsara indrindra; eny, ny lanitra manontolo no natobany tamin' io Fanomezana tokana io.

Ny Zanak' Andriamanitra mihitsy no nalefa hifandahatra amin' ilay tanàna tsy mibebaka. Kristy no namindra an' Isiraely toy ny voaloboka tsara avy tany Egypta.[13] Ny tanany mihitsy no nandroaka ny Jentilisa teo anatrehany. Namboleny tao «an-kavoana lonaka» [14]izy. Nokarakarain' ny mpiandry sahany izany ka nofefeny manodidina. Efa nalefany ny mpanompony hikarakara azy. «Inona moa no mbola azo natao tamin' ny tanimboaloboka», hoy Izy. ka tsy efa nataoko taminy ?» [15]Na dia «nanantena azy hamoa voaloboka tsara» aza Izy. nefa «namoa voalobo-dratsy». dia mbola naniry maty indrindra sady nanantena azy hamoa ka ny tenany mihitsy no tonga tao amin' ny tanimboaloboka, sao' sendra mba azony vonjena tsy ho ravana izy. Nohadiny manodidina ny voalobony, norantsanany sy nokarakarainy tamim-pitiavana. Tsy nety sasatra tamin' ny fiezahany Izy hamonjeny io voaloboka namboleny io.

Nandritra ny telo taona dia efa niaraka tamin ny vahoakany sy nifangaro taminy Ilay Tompon' ny fahazavana sy voninahitra. «Nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon' ny herin' ny devoly,» [16]Izy, nanasitrana ny torotoro fo, nanataka ny mpifatotra, nampahiratra ny jamba, nampandeha

ny malemy sy nampalady ny marenina, nanadio ny boka. nanangana ny maty, ary nitory ny filazantsara tamin' ny malahelo. Naleta tamin ny antokon' olona rehetra ny antso teno fahasoavana manao hoe : «Mankanesa atý Amiko ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana» [17].

Na dia novaliana ratsy aza ny soa nataony, ary novaliana fankahalana ny fitiavany,[18] dia notohizany tamin-kafanam-po ny asam-pamindrampo nampanaovina azy. Tsy nolaviny na oviana na oviana izay nitady ny fahasoavany. Tsy nanan-trano Izy fa nivezivezy, faninitsiniana sy tsy fisiana no anjarany isan' andro, hanompo ny sahirana sy hanamaivana ny fahorian' ny olona, ary hitalaho aminy mba hanekeny ity fanomezana aina. Ireo onjammamindrampo voatosik' ireo fo mafy ireo hiverina, dia haveriny indray ho samontam-pitiavana feno fangorahana tsy hay lazaina. Nefa nihodina niala tamin' Ilay Sakaizany tsara indrindra sy hany Mpanampy azy Isiraely. Natao tsinontsinona ny fitalahoan' ny fitiavany, nakifakifaka ny toroheviny, natao fihomehezana ny fananarany.

Mihazakazaka ho lasa ny andron' ny fanantenana sy ny famelankeloka; efa ho feno ny kapoaky ny fahatezeran' Andriamanitra izay efa nahemotra ela. ireo rahona izay efa nihandrona nandritra ny taona maro nihemorana sy nikomiana, dia maintin' ny loza ankehitriny, ka efa ho vaky sy hiantonta amin' ny vahoaka meloka ; ary Ilay hany afaka hamonjy azy ireo amin' ny anjara ra'tsy mitatao aminy, dia tsy noraharahainy, nolaviny ary nohomboiny amin' ny hazo fijaliana raha afaka fotoana fohy. Rehefa hiantona eo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary Kristy, dia ho tapitra ny andron' ny Isiraely amin' ny maha-firenena nomena tombon-tsoa manokana sy notahian' Andriamanitra azy. Na dia fanahy iiay ihany aza no very dia loza mavesa-danja lavitra noho ny tombon-tsoa sy ny haren' izao tontolo izao ; raha nibanjina an' i Jerosalema anefa i Kristy, dia loza hanjo tanàna iray manontolo, firenena iray manontolo, no teo anatrehany io tanàna io, io firenena io, izay efa nofidin' Andriamanitra, ho hareny sarobidy manokana.

Efa nitomany ny fihemoran' Isiraely sy ny faharavana mahatsiravina namaliana ny fahotany ny mpaminany. Nirin' i Jeremia ny hahatonga ny masony ho «loharanon-dranomaso. mba hitomaniany andro aman' alina ny nandripahana ny zanakavavin' ny vahoakany» satria nentina ho babo ny «andian' ondrin' i Jehovali»[19]. Koa manao ahoana ary ny alahelon' Ilay afaka mijery amin' ny maso mahatsinjo ny ho avy, tsy ny taona maro fotsiny, fa ny andro rehetra nifandimby ! Nibanjina ilay anjely mpandringana izay nanandratra ny sabany hamely ilay tanàna nataon' i Jehovah ho fonenana efa ela tokoa Izy. Avy eny amin' ny tehezan' ny tendrombohitra Oliva, dia ilay toerana izay nalain' i Titosy sy ny miaramilany an-keriny indrindra

ka honenany indray atý aoriana, avy eny no nibanjinany ny lohasaha sy nitazanany ireo kianja sy vavahady masina, ary vonton-dranomaso ny masony nahita sary nampahatahotra, dia ireo manda voahodidin' ny tafika vahiny. Reny ny likatrokatroky ny tafika mamindra handeha hiady. Manako ao an-tsofiny ny feon' ny reny sy ny zaza mitomany mofo ao amin' ny tanàna natao fahirano. Hitany ilay trano masina sy tsara tarehy, ireo lapa sy ireo tilikambon' ny tanàna azon' ny lelafo, ary tsy nisy afa-tsy antontan-javatra mihalevona anaty otrik' afo sisa tavela.

Nitaza-maso ny andro nifandimby Izy ka nahita ny vahoakan' ny fanekena miparitaka amin' ny tany rehetra tahaka ny sisan-javatra simba tavela eny amoron-dranomasina mangina. Ny famaliana mandalo efa hianjady amin' ny zanak' i Jerosalema dia tsy nahitany afa-tsy ny indray mitete voalohany avy amin' ny kapoaky ny fahatezerana izay tsy maintsy hosotroiny hatrany amin' ny faikany amin' ny fitsarana farany. Miseho amin' ireto teny mitaraina ireto ny fangorahan' Andriamanitra sady manina no tia : «Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitorabato izay irahina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban' ny akoho ny zanany ao ambanin' ny elany, fa tsy nety ianareo !» [20]Indrisy ry firenena nomena tombon-tsoa noho ny hafa rehetra, raha mba nahafantatra ny andro namangiana anao ianao, sy izay momba ny fiadananao ! Nampihemotra ny fotoana iavian' ny anjely mpitondra fitsarana aho, efa niantso anao hibebaka aho, nefa tsy nisy vokany izany. Tsy mpanompo, tsy iraka ary tsy mpaminany tsotra no nolavinao sy notsipahinao, fa Ilay Masin' Isiraely, dia Ilay Mpanavotra anao. Raha rava ianao, dia ianao ihany no tompon' andraikitra. «Kanefa tsy mety manatona Ahy ianareo hananananareo fiainana» [21].

Tandindon' izao tontolo izao nohamafisin' ny tsy finoana sy ny fikomiana izay mihazakazaka hiatrika ny fitsarana famalian' Andriamanitra no hitan' i Kristy teo amin' i Jerosalema. Ny fahorian' ny taranaka lavo, nitambesatra teo amin' ny fanahy, dia nampivoaka avy teo amin' ny molony io antso mangidy loatra io. Hitany ny vokatry ny fahotana voasoritra eo amin' ny fahoriana, eo amin' ny ranomaso sy ny ran' ny olombelona ; voahetsiky ny fangorahana tsy misy fetra ho an' ny tra-pahoriana sy ny mijaly eto an-tany ny fony ; maniry mafy ny hanamaivana azy rehetra Izy. Nefa na dia ny tanany aza dia tsy afaka hampiverina ny fisamontan' ny fahorian' ny olombelona ; vitsy no hitady ny hany loharano ahitana fanampiana. Vonona ny hanolotra ny fanahiny ho amin' ny fahafatesana Izy, mba hitondra famonjena mety ho azon' izy ireo ; nefa vitsy no manatona Azy mba hahazoana fiainana.

Indro fa latsa-dranomaso Ilay andrianan' ny lanitra. Indro Ilay Zanak' Andriamanitra tsy manam-petra sahiran-tsaina, miondrika feno tebiteby !

Nampitolagaga ny lanitra manontolo ny nahita izany. Manambara ny tena toetry ny fahotana izany ; mampiseho ny mahaasa mafy manao ahoana, eny, na dia ho an' ny hery tsy hita fetra aza ny mamonjy ny meloka ho afaka amin' ny vokatry ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra. Raha mibanjina ny taranaka farany i Jesosy, dia nahita an' izao tontolo izao voalentika ao amin' ny fitaka mitovy amin' izay nahatonga ny fandravana an' i Jerosalema. Ny fahotana lehibe nataon' ny Jiosy dia ny ny andavany an' i Kristy ; ny fahotana nataon' izao tontolo izao kristiana dia ny fandavany ny lalàn' Andriamanitra, izay fototry ny fanjakany any an-danitra sy eto an-tany. Hamavoina sy atao toy ny tsy misy ireo foto-kevitr' i Jehovah. An-tapitrisany ny olona voafatotry ny fahotana, andevon' ny fahotana, tandindomin' ny fahafatesana faharoa hihatra aminy, no nandà tsy hihaino ny tenin' ny fahamarinana tamin' ny andro namangiana azy. Fahajambana mahatsiravina ! Hadalana mahagaga !

Roa andro talohan' ny Paska, rehefa avy namotsipotsitra ny fihatsarambelatsihin' ireo mpifehy Jiosy Jesosy, dia nivoaka farany niala avy tao amin' ny tempoly Izy, ary -nitokana indray niaraka tamin' ny mpianany teny amin' ny tendrombohitra Oliva, ka niara-nipetraka tamin' izy ireo teo amin' ny kisilasila rakotr' ahitra nahatazanany ny tanàna. Talanjona indray Izy nibanjina ny mandan' ny tanàna, ny tilikambony, sy ny lapany. Nigagany indray ny tempoly marevaka sady mamirapiratra, diadema kanto indrindra, satroboninahitr' ilay tendrombohitra masina.

An' arivo taona talohan' izao dia efa nanandratra ny tombontsoa manokana nomen' Andriamanitra an' Isiraely tamin' ny nanaovany ny tranony masina ho fonenany ny mpanao Salamo ka nanao hoe : «Naoriny ao Salema ny trano-lay, ary any Ziona ny fonenany»[21]. «Nifidy ny firenena Joda kosa Izy, dia ny tendrombohitra Ziona izay tiany. Dia nanao ny fitoerany masina ho tahaka ny havoana Izy»[22]. Tamin' ny fotoana nanambinana indrindra an' Isiraely teo amin' ny tantarany no nananganana ilay tempoly voalohany. Marobe ireo tahirin-java-tsarobidy nangonin' i Davida mpanjaka ho an' izany, ary ny tolo-tsaina avy tamin' Andriamanitra no nanoro ny drafitra nentina nanorina azy.[23] Solomona, ilay mpanjaka hendry indrindra teo amin' Isiraely no namita ny asa. Io tempoly io no trano be voninahitra indrindra tamin' izao tontolo izao. Na dia izany aza dia izao no nambaran' i Jehovah tamin' ny alalan' ny mpaminany Hagay mikasika ilay tempoly faharoa : «ny voninahitr' ity trano ity any am-parany, dia ho lehibe noho ny tany aloha». «Ary hampihorohoroiko koa ny firenena rehetra. ka ho avy izay irin' ny firenena rehetra, ary hofenoiko voninahitra ity trano ity, hoy Jehovah, Tompon' ny maro»[24].

Rehefa noravan' i Nebokadnezara ny tempoly dia vahoaka babo nandritra ny fiainany ary niverina eo amin' ny tany foana saiky tsy misy

mponina no nanorina izany indray, tokony ho dimanjato taona talohan» ny nahaterahan' i Kristy. Nisy Zokiolona efa nahita ny voninahitry ny tempolin' i Solomona tamin' izy ireo, nitomany tamin' ny nanorenana ilay trano vaovao fa tsy maintsy ho latsa-danja noho ny voalohany izany. Voatantaran' ny mpaminany mazava ny fihetseham-po -nanjaka tamin' izany : «Iza no mbola sisa aminareo, izay nahita ity trano ity tamin' ny voninahiny taloha ? Fa manao ahoana kosa ny fahitanareo azy izao ? Moa tsy toy ny tsinontsinona eo imasonareo ity ?»[25] Dia nomena ny teny fikasana milaza fa ny voninahitr' ity trano faharoa dia lehibe noho ny an' ilay voalohany.

Nefa tsy nitovy tamin' ilay voalohany ny tempoly faharoa raha ny hakantony, ary tsy nohamasinin' ireo antoka hita maso nanambara ny fanatrehan' Andriamanitra izay nameno ny tempoly voalohany izy. Tsy nisy fisehoan' ny hery ambonin' ny herin' olombelona nanamarika ny fitokanana azy. Tsy nisy rahom-boninahitra hita nameno ny fitoerana masina vao naorina. Tsy nisy afo nidina avy any an-danitra nandany ny fanatitra teo ambonin' ny alitara. Tsy nitoetra teo anelanelan' ny kerobima teo amin' ny fitoerana masina indrindra intsony ny shekinah ; tsy hita tao intsony ny fiara, ny rako-panavotana sy ny vato fisaky ny vavolombelona. Tsy nisy feo avy any an-danitra nampahafantatra ny sitrapon' i Jehovah tamin' ny mpisorona izay nanontany izany.

Nandritra ny taonjato maro dia niezaka ny Jiosy haneho fa tanteraka ny teny fikasan' Andriamanitra nolazain' i Hagay, nefa tsy nisy vokany izany ; ny avonavona sy ny tsy finoana no nahajamba ny sainy tsy hahita ny tena dikan' ny tenin' ny mpaminany. Tsy ny rahona mampiseho ny voninahitr' i Jehovah no naheni-kaja ny tempoly faharoa, fa ny fanatrehana velon' Ilay nitoeran' ny fahafenoan' Andriamanitra hita vatana dia Andriamanitra mihitsy naseho tao amin' ny nofo. Ilay «Irin' ny firenena rehetra» dia efa tonga tokoa tao amin' ny tempoly fony nampianatra sy nanasitrana tao amin' ny kianja masina Ilay lehilahy avy any Nazareta. Ny fanatrehan' i Kristy, ary io ihany, no nampihoatra ny voninahitry ny tempoly faharoa tamin' ilay voalohany. Nefa nalain' Isiraely taminy ny Fanomezana natolotry ny lanitra ho azy. Rehefa niala tao ka nivoaka ny vavahady volamena ilay Mpampianatra feno fanetrentena, dia niala mandrakizay tamin' ny tempoly ny voninahitra. Efa tanteraka sahady ny tenin' ny Mpamonjy nanao hoe : «Indro avela ho lao ho anareo ny tranonareo» [26].

Sady taitra no gaga ny mpiandry raharaha raha nandre ny fanambarana mialoha nataon' i Kristy momba ny handravana ny tempoly, ary naniry ny hahalala bebe kokoa ny tena dikan' ny teniny izy ireo. Ny vola aman-karena, ny asa mafy, sy ny fahaizana eo amin' ny mari-trano dia

tsy notsitsiana mandritra ny efapolo taona mahery mba hampitombo ny hatsaran-tarehiny.

Natobak' i Heroda lehibe tao ny haren' ny Romana sy ny tahirin' ny Jiosy ary na dia ny amperoran' izao tontolo izao aza dia nandravaka ilay tempoly tamin' ny fanomezany. Nisy vatosoa fotsy makadiry izay nikoizana ny halehibeny, nentina avy tany Roma ho amin' izany no anisan' ny nandrafetana azy ; ary ireo no nampifantohan' ny mpianatra ny sain' ny Tompo ka nilazany hoe : «Mpampianatra o, akory re ireto vato sy rafitra ireto ?» [27].

Ireo teny ireo dia nanaovan' i Jesosy valinteny miezinezina sy manaitra toy izao : «Lazaiko atninareo marina tokoa : Tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana»[28].

Nampiraisin' ny mpianatra tamin' ny handravana an' i Jerosalema ireo toe-javatra amin' ny fiavian' i Kristy manokana ho amin' ny voninahitra eto an-tany handray ny seza fiandrianan' ny fanjakana manerana an' izao tontolo izao, hanafay ny Jiosy tsy mibebaka ary hanafaka ny firenena amin' ny zioga Romana. Nolazain' ny Tompo fa ho avy fanindroany Izy. Noho izany, rehefa nilaza ny fitsarana hianjady amin' i Jerosalema Izy, dia nitodika ho amin' izany fiaviana izany ny sain' izy ireo, ary raha nanodidina ny Mpamonjy izy rehetra teo amin' ny tendrombohitra Oliva, dia nanontany hoe : «Lazao aminay izay andro hahatongavan' izany, ary izay ho famantarana ny fiavianao sy ny fahataperan' izao tontolo izao»[29].

Famindrampo no nanafenana ny ho avy tamin' ny mpianatra. Raha azony mazava tsara tamin' izany fotoana izany ny tena dikan' ireto zavatra roa mampahatahotra ireto dia ny fahorian' ny Mpanavotra sy ny fahafatesany, ary ny fandravana ny tanàna sy ny tempoiy, dia ho resin' ny tahotra izy ireo. Nasehon' i Kristy teo anatrehany ny soritr' ireo toe-javatra hasongadina alohan' ny faran' ny andro. Tsy azony tsara ny teniny tamin' izay, fa ny dikan' izany dia hovelarina rehefa ilain' ny vahoakany ny torohevitra omena eto. Roa sosona ny dikan' ny faminaniana nolazainy : sady manambara mialoha ny fandravana an' i Jerosalema izany, no maneho koa ny zavatra mampihorohoro amin' ilay andro lehibe farany.

Nolazain' i Jesosy tamin' ireo mpianatra nihaino Azy koa ireo fitsarana izay hianjady amin' Isiraely nihemotra ary indrindra ny valifaty hihatra aminy noho ny nandavany ny Mesia sy ny nanomboany Azy tamin' ny hazo fijaliana. Hisy famantarana tsy mampisalasala hialoha ny fara-tampon' ilay toe-javatra mampahatahotra. Ho avy tampoka sy haingana ilay ora mahatsiravina. Nampitandrina ny mpanaraka Azy ny Mpamonjy nanao hoe : «Koa raha hitanareo mitsangana ao amin' izay fitoerana masina ny fahavetavetan' ny fandravana», izay nampilazaina an' i Daniela mpaminany (aoka hisaina izay mamaky izany), dia aoka izay olona any

Jodia handositra ho any an-tendrombohitra»[30] Rehefa tafajoro eo amin' ny tany masina izay mirefy zato metatra vitsivitsy ivelan' ny mandan' ny tanàna ny fanevan' ny fanompoan-tsampin' i Roma, dia ny fandosirana no hahitan' ireo mpanaraka an' i Kristy fiarovana. Rehefa hita ny famantarana ny loza mananontanona, dia tsy mahazo mitaredretra ireo izay tokony handositra. Tsy maintsy hankatoavina avy hatrany ny baiko fandosirana manerana ny tanin' i Jodia, sy ao Jerosalema. Izay sendra eny an-tafontranony dia tsy tokony hidina ao an-tranony, na dia haka ny hareny sarobidy indrindra aza. Ireo izay miasa any an-tsaha na any amin' ny tanimboaloboka dia tsy tokony handany andro hiverina haka ny fitafiana ivelany napetraka raha mbola miasa amin' ny hafanan' ny andro izy. Tsy tokony hisalasala na dia fotoana fohy aza izy, sao ringana miaraka amin' ny zava-drehetra.

Tamin' ny fotoana fohy nanjakan' i Heroda, dia tsy nohatsaraina betsaka fotsiny ny hakanton' i Jerosalema, fa natsangana koa ny tilikambo sy ny manda mafy, ka miampy ny toerana nisy azy rahateo izay efa nahamafy azy, dia nanjary toa tsy azo tafihina izy. Natao hoe mpampitahotra sy simba saina toa an' i Noa izay sahy nilaza mialoha ampahibemaso ny faharavany tamin' izay fotoana izay. Nefa i Kristy efa nilaza hoe : «Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona»[31]. Noho ny fahotana nataony, dia nanameloka an' i Jerosalema ny fahatezerana, ary nahatonga ny loza hanjo azy ho tsy maintsy hihatra noho ny ditrany sy ny tsy finoany.

Izao no efa nolazain' i Jehovah tamin' ny alalan' ny mpaminany Mika : «Masina ianareo, mihainoa izao, ry loholon' ny taranak' i Jakoba, sy ny mpanapaka ny taranak' Isiraely, dia ianareo izay manao ny rariny ho fahavetavetana sy mamadika ny hitsiny rehetra, dia izay manangana an' i Ziona amin' ny fandatsahan-dra sy Jerosalema amin' ny faharatsiana. Ny mpifehiny mitsara hahazoany kolikoly, ary ny mpisorony mampianatra hahazoany karama, ary ny mpaminany manao fankatovana hahazoany vola; nefa Jehovah mbola iankinany ihany hoe : «Tsy ato amintsika va Jehovah ? Tsy hisy loza hanjo antsika»[32].

Ireo teny ireo dia milaza marina tsara ny faharatsiana sy ny fanamarinantenan' ny mponin' i Jerosalema. Mihambo ho manaraka akaiky ireo fotokevitry ny lalàn' Andriamanitra izy, nefa dia mandika ny foto-keviny rehetra. Nankahalainy i Kristy satria nampiharihary ny faharatsiany ny fahadiovany sy ny fahamasinany, ary Izy no nampangainy ho niavian' ny fahasahiranana rehetra nihatra tamin' izy ireo noho ny vokatry ny fahotany.

Na dia fantany aza fa tsy nanam-pahotana Izy, dia nambarany fa ilaina ny fahafatesany mba hiarovana azy ireo amin' ny mahafirenena azy. «Raha avelantsika hanao toy izany ihany Izy, hoy ireo mpitarika Jiosy, dia hino Azy avokoa ny olona rehetra, ary ho avy ny Romana ka handrava ny

fonenantsika sy ny firenentsika»[33]. Raha natao fanatitra i Kristy dia mbola nety ho firenena matanjaka sy miray indray izy. Toy izany no fisainany, koa niray hevitra tamin' ny fanapahan-kevitry ny mpisoronabeny izy, fa tsara kokoa ho an' ny olona iray ny ho faty, toy izay ny firenena manontolo no ho levona.

Tamin' izany fomba izany no «nananganana an' i Ziona amin' ny fandatsahan-dra sy Jerosalema amin' ny faharatsiana»[34]. Namono ny Mpamonjy izay nanameloka ny fahotany izy. Na dia izany aza dia fatratra indrindra ny fanamarinan-tenany ka nihevi-tena ho vahoaka ankasitrahan' Andriamanitra izy, ary nanantena ny Tompony hanafaka azy amin' ny fahavalony. «Koa dia hasaina toy ny tanimboly Ziona, noho ny nataonareo, hoy ny mpaminany manohy, ary Jerosalema ho tonga korontam-bato, ary ny tendrombohitra misy ny trano dia ho tonga toy ny havoana mifono ala»[35].

Efa ho efapolo taona mihitsy no nilazan' i Kristy ny loza hanjo an' i Jerosalema, nefa dia nahemotry ny Tompo ny fitsarana hihatra amin' ny tanàna sy ny firenena. Nahagaga ny fahariporn' Andriamanitra tamin' ireo nanda ny filazantsarany sy ireo namono ny Zanany. Mampiseho ny fifandraisan' Andriamanitra amin' ny firenena Jiosy ilay fanoharana momba ny hazo tsy mamoa. Efa lasa ny baiko nanao hoe : «Kapao io ; nahoana io no manimba ny tany ?»[36] nefa mbola niaro azy fotoana fohy ny famindrampon' Andriamanitra. Mbola betsaka teo amin' ny Jiosy no tsy nahalala ny toetra amampanahin' i Kristy sy ny asany. Ny zanaka koa dia tsy mbola nanana fotoana mety handraisany ny fahazavana izay nohamavoin' ny ray aman-dreniny. Tamin' ny alalan' ny fitoriana nataon' ny apostoly sy ireo mpiara-miasa taminy no nampamirapiratan' Andriamanitra fahazavana teo aminy, navela ho hitany ny fomba nahatanteraka ny faminaniana, tsy teo amin' ny nahaterahan' i Kristy sy ny fiainany ihany, fa teo amin' ny fahafatesany sy ny nitsanganany tamin' ny maty koa. Tsy nohelohina noho ny heloky ny ray aman-dreny ny zanaka ; nefa kosa rehefa nanana fahalalana momba ny fahazavana rehetra nomena ny ray aman-dreny ny zanaka ka nanda ny fahazavana fanampiny nomena azy, dia nanjary mpiray amin' ny fahotan' ny ray aman-dreniny izy ireo, ka nahafeno ny fatran' ny faharatsiany.

Vao mainka nanamafy ny ditran' ny Jiosy sy ny tsy fetezany hibebaka ny famindrampon' Andriamanitra tamin' i Jerosalema. Nolaviny ny famindrampo farany natolotra azy tamin' ny fankahalany ny mpianatr' i Jesosy sy ny habibiana nasehony taminy. Tamin' izay dia nalain' Andriamanitra taminy ny fiarovany azy, ary notsoahiny ny heriny manakana an' i Satana sy ny anjeliny, koa navela teo ambanin' ny fifehezan' ny mpitarika efa nofidiny ny firenena. Nanamavo ny fahasoavan' i Kristy

izay nety ho nahatonga azy ho afaka hifehy ireo fironany ratsy ny Jiosy kanefa tonga mpandresy azy ireo ankehitriny izany. Nofohazin' i Satana ireo fironan' ny fanahy mahery vaika sy ambany indrindra. Tsy nisaina ny olona ; tsy nanana fieritreretana intsony izy ka ny fihetseham-po sy ny fahatezerana jamba no nifehy azy. Nanjary tahaka an' i Satana izy teo amin' ny habibiany. Tao amin' ny fianakaviana sy tao amin' ny firenena, tao amin' ny saranga ambony indrindra tahaka ny tao amin' ny saranga ambany indrindra, dia nahitana fiahiahiana, fitsiriritana, fankahalana, adilahy, fikomiana, vonoan' olona. Tsy nisy toerana azo antoka na taiza na taiza. Nifamadika ny mpihavana sy ny mpisakaiza. Namono ny zanany ny ray aman-dreny, ary ny zanaka namono ny ray aman-dreniny. Tsy nanankery hifehy ny tenany intsony ireo mpifehy ny vahoaka. Nahatonga azy ho lozabe ny fironany tsy voafehy. Nanaiky vavolombelona mandainga ny Jiosy mba hoenti-manameloka ny Zanak' Andriamanitra tsy manan-tsiny. Ankehitriny dia nahatonga ny ainy tsy ho azo antoka ny fiampangana tsy marina. Tamin' ny asa nataony dia ela no nilazany hoe : «Atsaharo ny Iray Masin' Isiraely tsy ho eo anoloany intsony»[37]. Tanteraka ankehitriny ny faniriany. Tsy manelingelina azy intsony ny fahatahorana an' Andriamanitra. Satana no filohan' ny firenena ary teo ambanin' ny fanapahany ny fahefana ambony indrindra ara-panjakana sy ara-pivavahana.

Indraindray ireo mpitarika ao amin' ny antoko mpanohitra dia mifanaraka mba handroba sy hampijaly ireo olona fadiranovana azony, rehefa izany dia izy ireo indray no mifamely sy mifamono tsy misy famindrampo. Tsy nahatana ny habibiana mahatsiravina na dia ny fahamasinan' ny tempoly aza. Teo anoloan' ny alitara no nandavoana ny mpivavaka, ka voaloton' ny fatin' ny olona novonoina ny fitoerana masina. Tao amin' ny fahajambany sy ny fireharehany miteny ratsy an' Andriamanitra dia nilaza ampahibemaso ireo niavian' izany asan-devoly izany fa tsy natahorany ny haharava an' i Jerosalema, satria tanànan' Andriamanitra izany. Mba hampitoetra ny fahefany bebe kokoa dia nanolikoiy mpaminany sandoka izy hanambara fa na dia manao fahirano ny tempoly aza ny legiona Romana, dia tokony hiandry fanafahana avy amin' Andriamanitra ny vahoaka. Tamin' ny farany dia nifikitra tamin' ny finoana ny vahoaka marobe fa hisalovana ny Tsitoha ka handresy ireo fahavalony. Nefa efa nanamavo ny fiarovan' Andriamanitra Isiraely, ary tsy nanam-piarovana izy ankehitriny. Ry Jerosalema mahantra ! rotiky ny ady an-trano, menan' ny ran' ny zanany novonoin' ny tanan' izy samy izy ny arabe, ary tamin' izany fotoana izany ny tafika vahiny nandrodana ny manda mafiny ka namono ny mpiadiny.

Tanteraka ara-bakiteny avokoa ny fanambarana rehetra nataon' i Kristy mialoha mikasika ny fandravana an' i Jerosalema. Nanaovan' ny Jiosy

fanandramana ny fahamarinan' ny teny fananarana hoe : «Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo»[38].

Niseho ny famantarana sy ny fahagagana nanambara mialoha ny loza sy ny antambo.Tamin' ny sasak' alina dia nisy fahazavana tsy fantatra namirapiratra teo ambonin' ny tempoly sy ny alitara. Rehefa hilentika ny masoandro dia nisy sarin' ny kalesy sy sarin' ny miaramila mitangorona hiady teny amin' ny rahona. Ireo mpisorona nanao fanompoam-pivavahana tao amin' ny fitoerana masina ny alina dia tora-kovitra nandre feo tsy fantapiaviana; nihorohoro ny tany. ary nisy feo marobe re niantso hoe : «Andeha isika hiala teto». Ilay vavahady atsinanana izay mavesatra loatra ka mila tsy ho voahidin ny roapolo lahy, ary narovan' ny tsivalam-by makadiry nilentika lalina tao anaty rarivato mafy, dia nivoha tamin' ny sasak alina ; tsy hita anefa izay nanao izany.[39].

Nandritra ny fito taona dia nisy lehilahy iray nivezivezy teo amin' ny araben' i Jerosalema nanambara ny fahoriana izay hianjady amin' ny tanàna. Andro aman' alina izy dia nihirahira ireto tononkira hafahafa[40] ireto manao hoe : «Misy feo avy any atsinanana ! misy feo avy any andrefana ! misy feo avy amin' ny vazan-tany efatra ! misy feo mamely an' i Jerosalema sy mamely ny tempoly ! misy feo mamely ny mpampakatra sy ny ampakarina ! misy feo mamely ny vahoaka manontolo !» Tsy nangina ny antsoantso fanairana nataony raha tsy novonoina tao anatin' ny fahirano nambarany mialoha izy.

Tsy nisy na dia iray aza ny kristiana maty mandritra ny nandravana an' i Jerosalema. Efa nomen' i Kristy ny mpianatra ny hafatra fanairana, ary izay rehetra nino ny teniny dia niandry ny famantarana nampanantenaina : «Ary raha mahita an' i Jerosalema voahodidin' ny miaramila ianareo, hoy Jesosy, dia aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky ny fandravana azy. Ary izay any Jodia amin' izany andro izany aoka handositra ho any an-tendrombohitra ; ary izay ao Jerosalema aoka handositra ho any ivelany»[41].

Rehefa nohodidin' ny miaramila Romana notarihin' i Sestiosy ny tanàna, dia nilaozana tamin' ny fomba tsy nampoizina ny fahirano nataony, nefa toa nahazoany nanafika avy hatrany no fijery ny zavatra rehetra. Efa saiky hilavo lefona ny natao fahirano, satria namoifo tsy ho afaka hanohitra, nefa dia nalain' ilay mpitari-tafika Romana ny miaramila ary tsy hita izay anton' izany na dia kely aza. Ny fitondran' Andriamanitra be famindrampo anefa no nandamina ny toe-javatra hahasoa ny vahoakany. Nomena ny famantarana nampanantenaina ireo kristiana efa niandry, ary tamin' izay dia nisy fotoana nety nandosirana natolotra izay rehetra ta-hanao izany ka hankatò ny hafatra nomen' ny Mpamonjy. Tsara indrindra ny nandaharana ny toe-javatra ka na ny Jiosy na ny Romana dia tsy nanakana ny fandosiran' ny kristiana. Rehefa

niala i Sestiosy, dia nivoaka an' i Jerosalema ny Jiosy ka nanenjika ny tafika nihemotra ; ary raha mbola rafitra niady tsara ny roa tonta dia afaka nivoaka ny tanàna ny kristiana. Tamin' izay fotoana izay dia nadio tsy nisy fahavalo izay nety niezaka ny hanakana azy koa, ny tany manodidina. Tamin' ny fotoan' ny fahirano dia tafavory tao Jerosalema ny Jiosy mba hankalaza ny fetin' ny Tabernakely, ary noho izany, ny kristiana eran' ny tany rehetra dia afaka nandositra tsy nisy nanabataba. Tsy nangatak' andro izy fa nandositra nankany amin' ny toerana azo antoka, dia ny tanànan' i Pela, tany Perea ankoatran' i Jordana.

Ireo miaramila Jiosy izay nanenjika an' i Sestiosy sy ny tafiny, dia namely mafy ny hazany tamin' ny hatezerana mivaivay ka saiky nandevona azy tanteraka. Sahirana mafy ny Romana vao afaka niala. Saiky tsy nisy fahavoazana ny Jiosy, ka niverina tamim-pandresena tao Jerosalema nitondra babo. Tsy nitondra afa-tsy zava-doza ho azy anefa io toa fandresena io. Nahatonga toe-tsaina nanohitra ny Romana an-ditra izany, izay vetivety dia nahatonga loza tsy hay lazaina tamin' ilay tanàna voaheloka.

Nahatsiravina ny antambo nianjady tamin' i Jerosalema rehefa namerina ny fahirano i Titosy. Tamin' ny fotoan' ny Paska no notafihiny ny tanàna ; an-tapitrisa ny Jiosy tao anatin' ny manda tamin' izay. Ny tahirin-kanina izay narovany fatratra, dia nety ho ampy ny mponina an-taona maro, nefa efa nosimban' ireo antoko mpanohitra talohan' izao noho ny fialonana sy ny valifaty, ary ankehitriny dia nanao fanandramana ny amin' ny zava-doza rehetra ateraky ny tsy fisian-kanina izy. Namidy talenta iray ny vary iray famarana. Mafy loatra ny fahoriana noho ny hanoanana ka notsakotsakoin' ny olona ny hoditra amin' ny fehin-kibony sy ny kapany ary ny fonon' ny sabany. Betsaka ny olona nangalatra nitsimpona zava-maniry ho azy teny ivelan' ny mandan' ny tanàna amin' ny alina, na dia maro aza no tratra ka novonoina tamin' ny fampijaliana mahatsiravina, ary matetika ireo izay tafaverina soa amantsara no nangalarina izay notsimponiny tamin' ny nisedrany lozabe toy izany. Nampiharin' ireo manam-pahefana ny fampijaliana tsy zakan' ny olombelona indrindra mba hakany an-keriny amin' ny vahoaka tratry ny tsy fisian-kanina ny hanina kely farany mety nafeniny. Ary matetika no olona tsara sakafo izay naniry fotsiny ny hanangona tahiry amin' ny ho avy no manao ireny habibiana ireny.

An' arivony no matin' ny mosary sy ny areti-mandringana. Toa maty ny fitiavana voa-janahary. Ny lahy nangalatra ny an' ny vavy ary ny vavy nangalatra ny an' ny lahy. Rombahin' ny ankizy eny am-bavan' ny ray aman-dreny antitra ny sakafo. Nahazo valiny ilay fanontanian' ny mpaminany manao hoe : «Mety manadino ny zanany minono ve ny vehivavy ?» [42]tao anatin' ny mandan' ilay tanàna voaheloka. «Ny tànan' ny vehivavy malemy fanahy aza dia nahandro ny zanany ; eny, izany no

nohaniny tamin' ny fandringanana ny oloko zanakavavy»[43]. Tanteraka indray ilay faminaniana fananarana nomena efajato taona talohan' izao : «Ny vehivavy malemilemy sy mihantahanta eo aminao, izay tsy mbola nanandrana nandia tany noho ny fihantahantany sy ny fahalemeny, dia ho ratsy fijery ny vadiny andefimandry sy ny zanani-lahy ary ny zanani-vavy, . . . sy ny zanany vao teraka, fa hihinana izany mangingina izy noho ny tsy fisian-javatra amin' ny fahirano sy ny fanerena, izay haneran' ny fahavalonao anao eny amin' ny tanànanao»[44].

Niezaka nampatahotra ny Jiosy ireo mpitarika Romana, mba hampilefitra azy ; ny gadra nanohitra dia nokapohiny sy nampijaliany ary nomboiny tamin' ny hazo fijaliana teo anoloan' ny mandan' ny tanàna.

An-jatony no novonoina toy izany isan' andro, ary mbola nitohy ihany io asa mahatsiravina io tany amin' ny lohasahan' i Josafata sy ny tany Kalvary, mandrapaha-tsy hisian' ny toerana handehanana eny anelanelany noho ny habetsahan' ny hazo fijaliana najoro. Tamin' ny fomba mahatsiravina loatra no namaliana ilay teny mampahatahotra natao teo amin' ny fitsaran' i Pilato nanao hoe : «Aoka ny rany ho aminay mbamin' ny zanakay» [45].

Nirin' i Titosy ny hamarana izany zavatra mahatsiravina izany. ary amin' izay dia ho niaro an' i Jerosalema tsy hiharan-doza amin' ny fahafenoan' ny kapoakany miandry azy izy. Tsiravina izy nahita ny faty manao antonta tao amin' ny lohasaha. Toa azon-javatra izy nijery ny hakanton' ny tempoly avy eny amin' ny tampon' ny tendrombohitra Oliva ka nibaiko ny tsy hikasihana na dia vato iray aza. Talohan' ny nanandramany hanafika io manda mafy io, dia nanao antso mafana tamin' ny mpitarika Jiosy izy tsy hanery azy handoto io fitoerana masina io amin' ny ra. Raha manatona izy ireo ka hiady amin' ny toeran-kafa dia tsy hisy miaramila Romana hanevateva ny fahamasinan' ny tempoly. Josefosy mihitsy no nanao kabary sy antso niangavy azy ireo hilefitra ka hamonjy ny tenany, ny tanànany, sy ny toeram-pivavahany. Nefa ozona mafaitra no namaliana ny teniny. Zanatsipika no natoraka teny aminy raha nitalaho taminy izy, dia izy ilay olona nanelanelana farany ho azy. Nolavin' ny Jiosy ny fiangavian' ny Zanak' Andriamanitra, ary ankehitriny vao mainka nahatonga azy hanohitra hatramin' ny farany ny fananarana sy ny fiangaviana. Tsy nisy vokany ny fiangavian' i Titosy hamonjy ny tempoly ; nisy Anankiray lehibe noho izy efa nilaza fa tsy hisy vato hifanongoa eo.

Ny fikirizana tsy amim-piheverana nataon' ny mpitarika Jiosy, sy ny vonoan' olona mahatsiravina tao anatin' ny tanàna natao fahirano, dia naharikoriko sy nampisafoaka ny Romana, ka tamin' ny farany dia nanapa-kevitra i Titosy fa hotafihiny ny tempoly mba hahazoany azy. Nihevitra izy anefa, raha azo atao ny hiaro ny tempoly tsy ho rava. Nefa

tsy noraharahaina ny baikony. Rehefa nandeha niala sasatra tao amin' ny lainy izy ny alina. dia nirongatra avy tao amin' ny tempoly ny Jiosy ka nanafika ny miaramila tany ivelany. Teo amin' ny fifanjevoana, dia nisy fanilo natsipin' ny miaramila iray tao amin' ny hirika iray teo amin' ny vavahady, ary avy hatrany dia nidedadeda ny efitrano rakotra sedera teo akaikin' ny tempoly masina. Nirohotra nankeo amin' io toerana io i Titosy sy ny mpitari-tafiny ary ny legionany, ka nibaiko ny miaramilany hamono ny afo. Tsy nohenoina ny teniny. Nisafoaka ny miaramila ka nanipy fanilo mirehitra tao amin' io efitra nifanila tamin' ny tempoly io ary naripany tamin' ny sabatra ny olona marobe nialoka tao. Niboiboika tahaka ny rano ny ra teny amin' ny tohatry ny tempoly. An' arivorivony ny Jiosy maty. Re mafy noho ny tabataban' ny ady ny feo miantsoantso hoe : «Ikaboda» .! izany hoe lasa ny voninahitra, no heviny.

«Hitan' i Titosy fa tsy azo atao ny hisakana ny fahaviniran' ny miaramilany; niditra niaraka tamin' ny manam-boninahitra izy, ka nitazana ny tao anatin' ilay trano masina. Nahazendana azy ny voninahiny ; ary raha mbola tsy tafiditra tao amin' ny fitoerana masina ny afo, dia nanao ezaka farany izy hamonjena izany, ka nivoaka indray, nangataka ny miaramilany hampijanona ny ady. Ny kapiteny Liberalis dia niezaka ny hanery ny miaramila hankatò ka nitondra ny tehina fibaikoany ; nefa na dia ny fanatrehan' ilay jeneraly lehibe aza dia tsy naha-menamaso ny romana hampijanona ny haromotany tsy hamely ny Jiosy fa vao mainka nitarika famporisihana mahatsiravina ho amin' ny ady, ary ho amin' ny fitiavankandroba tsy mety afa-po. Hitan' ny miaramila fa namirapiratry ny volamena avokoa ny manodidina azy, izay nanjelanjelatra tarafin' ny fahazavana be avy amin' ny afo ka noheveriny fa misy harena tsy hita lany napetraka tao amin' ny tempoly. Nisy miaramila iray izay tsy nisy nahita, nanipy fanilo nirehitra teo anelanelan' ny savilin' ny varavarana; avy hatrany dia nirehitra ny trano manontolo. Jambenan' ny setroka sy ny afo ireo manam-boninahitra ka voatery nihemotra sy nandao ilay trano mendri-kaja ary namela azy ho may.

«Nahatsiravina ny Romana izany ary nanao ahoana ho an' ny Jiosy ! Nidedadeda tahaka ny volkano ny tampon' ny havoana manontolo izay teo ambonin' ny tanàna. Nifandimby nirodana ireo trano, nidaraboka mahatsiravina, ary natelin' ny hantsana mangitsokitsoka mirehitr' afo. Tahaka ny ravin-taratasy mirehitra ny tafo sedera ; namirapiratra tahaka ny fantsika mena ireo tilikambo natao ankosotra volamena, namoaka andriafo sy setroka lehibe ireo tilikambo teo am-bavahady. Nazava avokoa ireo havoana manodidina ; ary hita ny olona nitsitokotoko eny amin' ny maizimaizina nanara-maso ny fandroson' ny faharavana, feno tebiteby izaitsizy. Ny manda sy ny toerana avo tao amin' ny tanàna ambony dia nahitana endrik' olona mitangorona, tao ny hatsatra noho ny

hakiviana mihatra aman' aina, tao ny niketrona noho ny hatezerana tsy afaka mamaly faty. Ny antsoantson' ny miaramila Romana nivezivezy, sy ny fidradradradran' ny mpikomy izay maty tao anaty afo, dia nifangaro tamin' ny tabataban' ny ady sy ny feon' ny rairaindrihana miantonta tahaka ny varatra. Naverin' ny tendrombohitra ny akon' izany, ka nentiny koa ny kiakiakan' ny olona any amin' ny toerana avo ; manaraka ny manda rehetra dia manakoako ny fidradradradrana sy ny fitarainana : ny olona miala aina noho ny hanoanana dia nanangona ny heriny sisa hanao feo mitory tebiteby sy fahakiviana.

Ny vonoan' olona tao an-tanàna anefa dia nahatsiravina noho izay hita teny ivelany. Ny lehilahy sy ny vehivavy, ny antitra sy ny tanora, ny mpikomy sy ny mpisorona, ireo izay miady sy ireo izay mitalaho famindrampo, dia samy nokapaina ho faty tsy nisy avakavaka. Nihoatra ny isan' ny mpamono ny isan' ny novonoina. Voatery nananika tongotra aman-tanana ny antontan' ny olona maty ny miaramila mba hanatanteraka ny asa fandringanana nataony» [46].

Rehefa rava ny tempoly, dia vetivety dia teo am-pelatanan' ny Romana ny tanàna manontolo. Nialan' ireo mpitarika Jiosy ireo tilikambony tsy azo tafihina, ka nandeha i Titosy nijery azy ireo samirery. Gaga izy raha nijery ka loa-bolana fa Andriamanitra no nanolotra azy ireo teo am-pelatanany, satria tsy nisy fitaovana, na mahery toy inona aza, afaka nanohitra ireo fiadiana mahatalanjona ireo. Na ny tanàna na ny tempoly dia samy nofongorana hatrany amin' ny fotony, ary ny tany nisy ny tempoly masina dia «nasaina toy ny tanimboly» [47]. Mihoatra ny iray tapitrisa ny olona maty tamin' ny fahirano sy ny vonoan' olona nanaraka izany ; nentina ho babo ny sisa tsy maty, namidy ho andevo, notaritarihina tany Roma hanasohaso ny fandresen' ny mpanafika, natsipy ho an' ny bibi-dia tao amin' ny toeran-danonana, na naparitaka eran' ny tany toy ny mpirenireny tsy manan-tokantrano.

Ny Jiosy ihany no nanefy ny gadrany. Nahafeno ny kapoakan' ny valifaty ho an' ny tenany izy. Ny fandravana azy farany amin' ny mahafirenena azy, sy ny fahoriana rehetra nanaraka izany, izy niparitaka, dia tsy inona fa fijinjana izay nafafin' ny tanany ihany. Hoy ny mpaminany : «Izao no maharingana anao ry Isiraely o, » «fa lavon-keloka ianao»[48]. Matetika ny fahoriany no aseho ho toy ny famaizana mianjady aminy, ary didy mivantana avy amin' Andriamanitra. Toy izany no tadiavin' ilay mpamitaka lehibe hanafenany ny asan' ny tenany. Ny ditran' ny Jiosy sy ny fandavany ny fitiavan' Andriamanitra sy ny famindrarnpony no nahatonga ny fiarovan' Andriamanitra ho nesorina taminy ary navela hanjaka taminy araka ny sitrapony i Satana. Ireo habibiana mahatsiravina natao nandritra ny nandravana an' i Jerosalema dia fanehoana ny herin' i Satana mamaly taty amin' ireo izay milefitra hofeheziny.

Tsy fantatsika ny fahasoavana raisintsika amin' i Kristy amin' ny fiadanana sy ny fiarovana iriariavantsika. Ny herin' Andriamanitra manohitra no miaro ny olombelona tsy ho lasa tanteraka eo ambanin' ny fifehezan' i Satana. Manana antony lehibe isaorana an' Andriamanitra ny tsy mankatò sy ny tsy mahalala mankasitraka noho ny famindrarnpony sy ny faharetam-pony hanakana ny fahefana masiaka sy fetsy ananan' ilay ratsy. Nefa rehefa mihoatra ny faharipon' Andriamanitra ny olona dia esorina io fisakanana io. Tsy mpanatanteraka ny didim-pitsarana noho ny fandikan-dalàna Andriamanitra eo anoloan' ny mpanota; fa avelany samirery kosa ireo mpandà ny famindrarnpony hijinja izay nafafiny. Ny tara-pahazavana rehetra nolavina, ny fananarana rehetra natao tsinontsinona na tsy nohenoina, ny fironana rehetra nokolokoloina, ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra rehetra dia voa afafy, izay tsy maintsy hamoa. Ny Fanahin' Andriamanitra izay toherina hatrany dia alaina amin' ny mpanota amin' ny farany, ary amin' izay dia tsy misy hery tavela hifehy ny fironana ratsy ao amin' ny fanahy, ary tsy misy fiarovana amin' ny hafetsena sy ny fandrafian' i Satana. Fananarana miezinezina sy mahatahotra ho an' izay rehetra manao vazivazy ny fahasoavan' Andriamanitra ny nandravana an' i Jerosalema, ary manohitra ny antsom-pitiavana feno famindrampon' Andriamanitra. Tsy mbola nisy vavolombelona mazava toy izany na oviana na oviana ny amin' ny fankahalan' Andriamanitra ny fahotana, sy ny amin' ny famaizana azo antoka hianjady amin' ny mpanota.

Ny faminaniana nataon' ny Mpamonjy momba ny fitsarana nianjady tamin' i Jerosalema dia hisy fahatanterahany hafa, izay aloka manjavozavon' izany fotsiny ny fahoriana mahatsiravina tao Jerosalema. Ny anjara ratsin' ilay tanàna voafidy dia mety ahitantsika ny loza hanjo an' izao tontolo izao izay nandà ny famindrampon' Andriamanitra sy nanitsakitsaka ny lalàny. Manjombona ny sary mampiseho ny fahorian' ny olombelona izay natrehin' ny tany nandritra ireo taonjato lava be nanjakan' ny vonoan' olona. Ny fibanjinana ny vokatry ny fandavana ny fahefan' ny lanitra dia mankarary fo ary mampikorontana ny saina. Nefa misy toe-javatra maizina kokoa aseho ao amin' ny fanambarana mikasika ny ho avy. Ny tantara mirakitra ny lasa, — ireo korontana lava nifampitohitohy, ireo ady, ireo fikomiana, «ny kiraron'. izay mitratrevatreva fandeha eo amin' ny fihorakorahan' ny ady sy ny fitafiana mihosin-dra»[49] dia tsy toy inona akory raha hampitahaina amin' ny andro fahatezeran' i Jehovah, andro izay nandavan' ny fanahy tsy hiaro ny mpanota intsony, ka hamelany tanteraka ny mpanota ao amin' ny firehetan' ny filany ary ny fahatezeran' ny olombelona sy ny devoly. Hobanjin' izao tontolo izao ny vokatry ny fitondran' i Satana izay tsy mbola fahitany hatrizay hatrizay.

Nefa amin' io andro io, tahaka ny tamin' ny nandravana an' i Jerosalema, dia hafahana ny vahoakan' Andriamanitra, «izay rehetra hita voasoratra ho

anisan' ny velona». Efa nilaza i Kristy fa ho avy fanindroany Izy, hanangona ireo izay nahatoky Azy. «Ary amin' izany andro izany dia hiseho eo amin' ny lanitra ny famantarana ny Zanak' olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin' ny tany, ary hahita ny Zanak' olona, avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin' ny rahon' ny lanitra Izy. Ary amin' ny ampanenoana mafy ny trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangoniny ireo olom-boafidy avy amin' ny vazan-tany efatra hatramin' ny faravodilanitra rehetra» [50]. Amin' izay ireo izay tsy nankatò ny filazantsara dia holevon' ny fofon' ain' ny vavany, ka hofoanany amin' ny fisehoan' ny fiaviany.[51] Tahaka an' Isiraely, dia hamongotra ny tenany ny ratsy fanahy ; ny fahadisoany ihany no mahalavo azy. Tamin' ny fíainam-pahotana, dia nametraka ny tenany tamin' ny toerana tsy mifandrindra amin' Andriamanitra izy, nanjary simban' ny ratsy indrindra ny tenany, ka tahaka ny afo mandevona ho azy ny fisehoan' ny voninahitr' Andriamanitra.

Aoka hitandrina ny olona tsy hanao antsirambina ny lesona ho azy ao amin' ny tenin' i Kristy. Tahaka ny nanafarany ny mpianany momba ny fandravana an' i Jerosalema, ka nanomezany mariky ny fandravana azy efa manakaiky mba hahazoany mandositra, toy izany koa no nanafatrafarany an' izao tontolo izao momba ny andro hisian' ny fandravana farany, ka nanomezana famantarana ny fahakekezan' izany, mba hahazoan' izay rehetra ta-handositra ny fahatezerana ho avy hanao izany. Hoy Jesosy : «Ary hisy famantarana eo amin' ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, ary etý ambonin' ny tany dia hisy fahorian' ny firenena» [52].

Ireo izay mibanjina ireo famantarana mpialoha lalana ny amin' ny fiaviany dia mahalala fa efa akaiky mby eo am-baravarana Izy. «Koa miambena ianareo» [53]hoy ny teny fananarany. Ireo izay mitandrina ny hafatrafatra dia tsy havela ao amin' ny haizina, ka ho tonga aminy tampoka izany andro izany. Fa ho an' ireo izay tsy miambina kosa, «dia ho avy tahaka ny mpangalatra amin' ny alina ny andron' ny Tompo» [54].

Tsy vonona hino ny hafatra amin' izao fotoana izao tahaka ny Jiosy tsy vonona handray ny fananarana mikasika an' i Jerosalama izao tontolo izao. Na rahoviana na rahoviana no ahatongavan' ny andron' Andriamanitra dia tsy ho vonona ny ratsy fanahy. Rehefa mitohy misosa amin' ny fizotrany andavanandro ny fiainana; rehefa variana amin' ny fahafinaretana amin' ny asa aman-draharaha, amin' ny varotra, amin' ny fitadiavam-bola; rehefa manandratra ny fandrosoana ataon' izao tontolo izao sy ny fahazavana eo aminy ireo mpitondra fivavahana, ary voarotsirotsin' ny antoka sandoka ny olona, amin' izay, tahaka ny mpangalatra amin' ny misasak' alina tonga hangalatra amin' ny trano tsy voambina, dia ho tampoka toy izany koa no hiavian' ny fandravana amin' ireo izay manao an-tsirambina sy amin' ny ratsy fanahy, «ka tsy ho afa-mandositra izy»[55].

**Fanamarihana**

1 Lio. 19 : 42, 44
2 Sal. 48 : 2
3 Lio. 19 : 41
4 Isa. 53 : 7
5 Gen. 22 : 9 : 16-18
6 1Tant. 21
7 Sal. 132 : 13
8 Gen. 28 : 12
9 Jao. 1 : 51
10 Jer. 17 : 21-25
11 Eks. 34:6
12 2 Tant.36 : 15
13 Sal. 80 : 8
14 Isa. 5: 1, 4
15 Isa. 5 : 1-4
16 Asa. 10 : 38
17 Mat. 11 : 28
18 Sal. 109 : 5
19 Jer. 9 : 1: 13 : 17
20 Mat. 23 : 37
21 Jao. 5 : 40
22 Sal.76:2; Sal.78:68,69
23 1Tant.28:12,19
24 Hagay.2:9,7
25 Hagay.2:3; Ezra.3:12
26 Mat.23:38
27 Mar.13:1
28 Mat.24:2,3
29 Mat.24:2;3
30 Mat.24:15,16;Lio.21:20,21
31 Mat.24:35
32 Mika.3:9-11
33 Jao.11:48
34 Mika.3:10,12
35 Mika.3:10,12
36 Lio.13:7
37 Isa.30:11
38 Mat.7:2
39 Milman«Tantaran'ny jiosy»,Boky faha-xIII
40 Milman«Tantaran'ny jiosy»,Boky faha-xIII
41 Lio.21:20,21
42 Isa.49:15
43 Fitom.4:10
44 Deot.28:56.57
45 Mat.27:25
46 Milman«Tantaran'ny jiosy»,Boky faha-XVI
47 Jer. 26 : 18
48 Hosea.13:9;14:2
49 Isa. 9 : 4
50 Mat. 24 : 30. 31
51 2 Tes. 2 : 8
52 Lio. 21 : 25 ; Marka 13 : 24-26 ; Apok.6 : 12, 17
53 Mat. 24 : 32
54 Mar. 13 : 35
55 1 Tes. 5 : 2-5

# 2

# *Ny fanenjehana tamin' ireo taonjato voalohany*

Fony Jesosy nanambara tamin' ny mpianany izay hanjo an' i Jerosalema sy ireo toe-javatra hiseho amin' ny fiaviany fanindroany, dia nolazainy mialoha koa ny fanandramana hataon' ny vahoakany, hatramin' ny fotoana hanalana Azy tsy ho eo amin' izy ireo, ka hatramin' ny fiverenany aminkery sy voninahitra hanafàka azy. Ary teo amin' ny tendrombohitra Oliva ny Mpamonjy no nitazana ireo tafiotra efa hianjady amin' ny fiangonana apostolika ; ary raha niditra lalindalina kokoa any amin' ny ho avy ny masony, dia hitany ireo rivo-doza masiaka sy manimba izay hamely ny mpanaraka Azy amin' ireo andro ho avy feno haizina sy fanenjehana. Teny fohy misy dikany mampahatahotra no nilazany ny anjara izay haroson' ireo mpitondra an' izao tontolo izao ho an' ny fiangonan' Andriamanitra.[1] Tsy maintsy handeha amin' ilay lalana feno fanetren-tena, faninitsiniana sy fahoriana izay nandehanan' ny Tompo koa ireo mpianany. Ny fandrafiana izay niharihary fa namelezana ny Mpanavotra an' izao tontolo izao, dia haseho indray hamelezana izay rehetra hino ny anarany.

Vavolombelon' ny fahatanterahan' ny tenin' ny Mpamonjy ny tantaran' ny fiangonana voalohany. Niray hina ireo herin' ny tany sy ny helo mba hanohitra an' i Kristy ao amin' ny tenan' ireo mpanaraka Azy. Tazan' ny fivavahana jentilisa mialoha fa raha mandresy ny filazantsara, dia ho voarodana ny tempoliny sy ny alitarany ; noho izany dia navondrony ny heriny mba handevonana ny finoana kristiana. Nirehitra ny afon' ny fanenjehana. . . Nendahina tamin' ny kristiana ny fananany, ary noroahina tsy ho ao an-tokantranony izy. Niaritra «ny ady mafy tamin' ny fahoriana»[2] izy. «Niaritra fanesoana sy kapoka mafy ary fatorana sy tranomaizina koa»[3] izy. Betsaka no nanamafy ny vavolombelona nataony tamin' ny ra. Na

andriana na andevo, na» manankarena na mahantra, na nahita fianarana na tsy nianatra, dia samy novonoina tsy nisy indrafo avokoa.

Ireo fanenjehana ireo, izay nanomboka tamin' ny nanjakan' i Néron, tokony ho tamin' ny fotoana naha-maritiora an' i Paoly, dia nitohy, nihamafy na nihanalefaka, nandritra ny taonjato maro. Noendrikendrehina ho nanao ny heloka bevava mahatsiravina indrindra ny kristiana, ary nolazaina fa nahatonga ny antambo lehibe, dia ny mosary, ny areti-mandringana sy ny horohorontany. Rehefa nankahalain' ny vahoaka sy nahiahiany izy ireo, dia nitsangana ny mpiampanga hamadika ny tsy manan-tsiny noho ny fitiavam-bola. Nohelohina ho mpikomy amin' ny fanjakana izy ireo, ho fahavalon' ny fivavahana, ary ho poizina ho an' ny tany ama-monina. Betsaka no natsipy hohanin' ny bibidia na nodorana velona tao amin' ny toerana filanonana. Nisy nohomboana tamin' ny hazo fijaliana; ny sasany nofonosina tamin' ny hoditry ny bibidia, dia natsipy tao amin' ny kianja filalaovana hoviravirain' ny aiika. Matetika no natao anton-javatra hiantsoana ny vahoaka ny famaizana azy ireo. Nivory ny vahoaka marobe hifaly amin' ny lanonana jereny ary hihomehy sy hitehaka, rehefa miala aina ka niady mafy izy ireo.

Na taiza na taiza nahitany fialofana, dia nohazaina tahaka ny biby ny mpanaraka an' i Kristy. Voatery nitady fiafenana tany amin' ny toerana foana sy mangina izy. «Efa lao, ory, fadiranovana (nefa izao tontolo izao tsy mendrika ho nitoerany akory;) dia nirenireny tany an-efitra sy tany an-tendrombohitra sy tany an-johy ary tao an-dava-tany»[4]. Ireo zohy natao fasana tany ambanin' ny tany (catacombes) no nahitan' ny olona an' arivony fialofana. Tao ambanin' ny vohitra ivelan' ny tanànan' i Roma, dia nisy zohy nolavahana tao amin' ny tany sy ny vato; mifanapaka ireo lalana maizina sy maro loha tao, ary nahatratra kilaometatra maromaro ivelan' ny mandan' ny tanàna. Tao anatin' ireny toerana mangina ambanin' ny tany ireny no nandevenan' ny mpanaraka an' i Kristy ny matiny ; ary tao no nahitany trano hipetrahana rehefa nahiahiana sy noroahina izy. Rehefa hamoha ireo niady tsara ny finoana ilay Mpanome aina, dia ho betsaka ny maritioran' i Kristy no hivoaka avy ao amin' ireo zohy maizina ireo.

Mandritra ny fanenjehana mafy indrindra, dia nitana ny finoany tsy ho voaloto ireo vavolombelona ho an' i Kristy ireo. Na dia tsy nanana izay nampiadana aza izy, ary tsy nahita ny fahazavan' ny masoandro tao an-kibon' ny tany maizina izay nampiantrano azy tsara, dia tsy nitaraina na dia kely akory aza. Nifampahery tamin' ny teny feno finoana, faharetana sy fanantenana izy mba hiaritra tsy fisiana sy fahoriana. Ny fahaverezan' ny tombon-tsoa teto an-tany, dia tsy afaka nanery azy hiala amin' ny finoany an' i Kristy. Ny fitsapana sy ny fanenjehana dia tsy inona fa dingana nitondra azy akaiky kokoa ny fitsaharana sy ny famalian-tsoa azy.

Tahaka ireo mpanompon' Andriamanitra fahiny, dia maro tamin' izy ireo no «nampijaliana ho faty, nefa tsy nety nanao izay hahafahany, mba hahazoany fitsanganana tsara lavitra»[5]. Tsaroany ny tenin' ny Tompony nilaza fa raha enjehina noho i Kristy izy, dia tokony hiravoravo tokoa satria lehibe ny valim-pitiany any an-danitra. fa toy izany no nanenjehana ireo mpaminany teo alohany koa. Nifaly izy satria noraisina ho mendrika ny hijaly ho an' ny fahamarinana ary hiram-pandresena no nisandratra avy ao amin' ny lelafo midedadeda. Nanandratra ny fijeriny tamin' ny finoana izy, ka nahita an' i Kristy sy ny anjely any an-danitra miondrika amimpitiavana mitazana azy ireo, ary manara-maso ny toetrany mahatoky sady mankasitraka izany. Misy feo avy ao amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra manao hoe : «Aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satroboninahitra fiainana».[6].

Tsy nisy vokany ny fiezahan' i Satana handrava ny fiangonan' i Kristy tamin' ny heriny. Tsy nitsahatra ny ady lehibe izay namoizan' ny mpianatr' i Jesosy ny ainy rehefa lavo teo am-panatontosana ny adidiny ireo mpitondra faneva mahatoky. Nandresy teo amin' ny fahareseny izy. Maty ireo mpiasan' Andriamanitra, fa ny asany kosa nandroso hatrany. Niely hatrany ny filazantsara, ary nitombo ny isan' ireo mpanaraka izany. Tafiditra tao amin' ny toerana tsy azo nidirana izany, eny, na dia ny voromaherin' i Roma aza tsy tafiditra tany. Hoy ny kristiana iray, raha nanazava tamin' ny mpifehy jentilisa izay nampandroso ny fanenjehana : «Azonareo atao ny mamono anay, ny mampijaly anay, ny manameloka anay . . . Ny tsy an-drariny ataonareo no porofo manambara fa tsy manan-tsiny izahay . . . ary tsy manampy anareo ny tahasiahanareo. Vao mainka nitarika ny hafa bebe kokoa ho resy lahatra izany. Arakaraka ny hanaovanareo jinja fary anay, arakaraka izany no mampitombo isa anay ; voa afafy ny ran' ny kristiana»[7].

An' arivony no naiditra am-ponja sy novonoina ; fa nitsangana kosa ny hafa hameno ny toerany. Ary ireo izay maty maritiora noho ny finoany dia nahita toky teo amin' i Kristy, ary nisainy ho toy ny mpandresy. Niady ny ady tsaran' ny finoana izy ka handray ny satroboninahitra rehefa ho avy i Kristy. Ny fahoriana izay niaretany dia nampifanatona ny kristiana samy kristiana sy nampifanatona azy tamin' ny Mpanavotra azy. Vavolombelona hatrany ho an' ny fahamarinana ny ohatra velona nomeny sy ny nahafatesany ; ary teo amin' ny toerana izay tsy nanantenana vokatra firy, no nialan' ireo mpiasan' i Satana taminy ka nidirany ho eo ambanin' ny fanevan' i Kristy.

Na dia izany aza dia nanao drafitra hahombiazana kokoa i Satana hamelezana ny fitondran' Andriamanitra, tamin' ny fampijoroana ny fanevany tao amin' ny fiangonana kristiana. Raha azo nofitahina ireo mpanaraka an' i Kristy, ka notarihina hanao izay tsy mahafaly an' Andriamanitra, dia ho tsy

nahomby ny heriny, ny herim-pony sy ny fijoroany, ka dia hidaraboka sy ho hazany mora foana ireo.

Niezaka izao ilay fahavalo lehibe ny hahazo amin' ny hafetsena izay tsy azony tamin' ny hery. Nijanona ny fanenjehana, ary ireo fitaomana mampididoza ataon' ny fahombiazana ara-nofo sy ny voninahitra eo amin' izao tontolo izao no nasolo haka ny toerany. Notarihina ny mpanompo sampy handray faritra iray amin' ny finoana kristiana, nefa niaraka tamin' io dia nolaviny ny fahama-rinana hafa tena ilaina. Milaza ho manaiky an' i Jesosy ho Zanak' Andriamanitra izy sy mino ny nahafatesany ary ny nitsanganany tamin' ny maty, nefa tsy voatsindrona tao am-pony ny amin' ny fahotany izy ary tsy nahatsapa fa mila fibebahana na fiovam-po. Noleferiny ny zavatra sasany, dia nangatahina koa ny kristiana mba handefitra amin' ny zavatra sasany, mba hahazoan' izy rehetra miray eo amin' ny sehatra momba ny finoana an' i Kristy.

Tataovan-doza mampahatahotra izao ny fiangonana. Fitahiana ny fonja, ny fampijaliana, ny afo sy ny sabatra raha ampitahaina amin' izany. Nisy kristiana nijoro tsy azo nohozongozonina nilaza fa tsy azony atao ny mandefitra amin' ny fahamarinana. Ny hafa kosa nankasitraka ny milefitra na ny manova ny lafiny sasany amin' ny finoany, ka hiray amin' ireo izay nanaiky ampahany totsiny amin ny finoana kristiana, ary manantena izy fa izany tomba izany no hitarihany azy ireo ho amin' ny fibebahana feno. Fotoana nampitebiteby mafy tokoa ho an' ny mpanaraka mahatoky an' i Kristy izany. Nisalotra fitafiana lazaina ta kristiana i Satana ary niditra moramora tao amin' ny fiangonana, handoto ny finoana sy hampivily ny saina hiala amin' ny tenin' ny fahamarinana.

Nony farany dia nanaiky ny hampidina ny fanevany ny ankabeazan' ny kristiana, ka nisy firaisana ny fivavahana kristiana sy ny fanompoan-tsampy. Na dia nil aza ho niova fo aza ireo mpanompo sampy ka niray tamin' ny fiangonana, dia mbola nifikitra tamin' ny fanompoan-tsampiny izy, fa ireo zava-javatra nivavahany ihany no nosoloiny sarin' i Jesosy na sarin' i Maria sy ny olo-masina. Rehefa tafiditra toy izany tao amin' ny fiangonana ny masirasira maloton' ny fanompoan-tsampy, dia nanohy ny asany mandoza. Nisy fampianarana tsy madio, fombafomba avy amin' ny finoanoam-poana, sy ireo fanompoam-pivavahana fanompoan-tsampy nampidirina tao amin' ny finoana sy ny fivavahana kristiana. Rehefa niray tamin' ny mpanompo sampy ireo mpanaraka an' i Kristy, dia nanjary simba ny fivavahana kristiana, ka very ny fahadiovan' ny fiangonana sy ny heriny. Na dia izany aza dia nisy tsy voatarika tamin' ireny fitaka ireny. Notanany ihany ny toetrany mahatoky tamin' Ilay niavian' ny fahamarinana ka Andriamanitra irery no nivavahany.

Nisy antokon' olona roa hatrany teo amin' ireo izay nilaza fa mpanaradia an' i Kristy. Ny antoko iray nianatra ny fiainan' ny Mpamonjy ka niezaka

tamin-kafanam-po hanitsy ny toetra ratsiny hifanaraka amin' ilay Ohatra ; ny antoko iray kosa dia nanakimpy ny masony tamin' ireo fahamarinana tsotra sy mazava nefa mampiharihary ny fahadisoany. Eny, na dia tamin' ny fotoana nahatsara azy indrindra aza ny fiangonana, dia tsy olona marina sy madio ary tso-po avokoa akory no tao aminy. Nampianatra antsika ny Mpamonjy fa izay minia manaram-po amin' ny fahotana dia tsy tokony ho raisina ao amin' ny fiangonana ; nefa nifandray tamin' ny olona nanana lahadisoana teo amin' ny toetra amam-panahiny Izy, ary nanome azy ireny tombon-tsoa hanatrika ny fampianarany sy ny ohatra nasehony mba hananan' izy ireny fotoana mety ahitany ny fahadisoany sy hanitsiany izany. Teo amin' ny apostoly roa ambin' ny folo lahy dia nisy mpamadika iray. Na dia teo aza ny tsy mety teo amin' ny toetra amam-panahin' i Jodasy, dia nekena ho anisan' ny apostoly roa ambin' ny folo lahy izy ka tamin' ny alalan' ny fampianarana sy ny ohatr' i Kristy, dia afaka hianatra izany atao hoe toetra amam-panahy kristiana, ary ho voatarika amin' izany hahita ny fahadisoany, hibebaka, ka noho ny fanampian' ny fahasoavan' Andriamanitra, dia hanadio ny fanahy «amin' ny fankatoavana ny fahamarinana». Nefa tsy nandeha tamin' ny fahazavana namirapiratra tamim-pitiavana toy izany teo aminy i Jodasy. Nanaram-po tamin' ny fahotana izy ka nitono-tena tamin' ny fakampanahin' i Satana. Nanjaka ireo lafiny ratsy teo amin' ny toetra amam-panahiny. Nampilefitra ny sainy hofehizin' ny herin' ny maizina izy, ka tezitra rehefa nomelohina ny fahadisoany, ary tamin' izany fomba izany dia voatarika ho amin' ny heloka bevava hamadika ny Tompo izy. Toy izany no ataon' izay rehetra manana ny toepanahy araka an' Andriamanitra, nefa mankamamy koa ny fahotana ka mankahaia ireo izay manakotaba ny fiadanany amin' ny fanamelohan' izy ireo ny lalam-pahotana. Rehefa misy fotoana mety, tahaka an' i Jodasy, dia namadika ireo izay niezaka hananatra azy mba hahasoa azy izy.

Ny apostoly dia nifanehatra tamin' ireo izay nilaza fa manana toe-panahy araka an' Andriamanitra tao amin' ny fiangonana, nefa nankamamy toetra ratsy miafinafina. Ananiasy sy Safira dia nanao ny asan' ny mpamitaka, raha nihambo ho nanao fanatitra feno ho an' Andriamanitra, nefa nitsiriritra ka nitana ampahany ho an' ny tenany. Nasehon' ny Fanahin' ny fahamarinana tamin' ny apostoly ny tena toetra amam-panahin' ireo mihambohambo foana ireo, ary nesorin' ny fitsaran' Andriamanitra tamin' ny fiangonana io pentina nandoto io fahadiovany io. Io fanehoana mazava ny Fanahin' i Kristy mahay mamantatra ny miafina teo amin' ny fiangonana io dia mampihorohoro ny mpihatsaravelatsihy sy ny mpanao ratsy. Tsy afaka nampitohy intsony ny fifandraisany tamin' ireo solontenan' i Kristy izy, na teo amin' ny fahazarana izany, na teo amin' ny toetsaina ; ary rehefa nianjady tamin' ireo mpanaraka an' i Kristy ny fitsapana sy ny fanenjehana, dia ireo izay vonona hahafoy ny zavatra rehetra noho ny fahamarinana ihany no tonga mpianany. Noho

izany, raha mbola nitohy koa ny fanenjehana, dia azo lazaina ho voatahiry ho madio ny fiangonana. Nefa rehefa nijanona izany dia nisy olona tsy tena niova fo ary tsy nanana fahatsoram-po sy fitiavam-bavaka nanampy ny fiangonana, ka nahita lalana hamaharana tao i Satana.

Nefa tsy misy iraisan' ny Andrianan' ny mazava sy ny andrianan' ny maizina, ary tsy mety hisy koa firaisana amin' ireo mpanaraka azy avy. Rehefa manaiky ny hiray amin' ireo mpanompo sampy tsy tena niova fo marina ny kristiana, dia miditra amin' ny lalana izay hitarika azy hanalavitra tsikelikely ny fahamarinana izy. Mibitaka i Satana f'a nahomby ny famitahana nataony tamin' ireo marobe mpanaraka an' i Kristy. Dia nampanjakainy tamin' ny fomba feno tokoa taminy ny fahefany ka nomeny hevitra iry ireo hanenjika izay nijanona ho mahatoky tamin' Andriamanitra. Tsy misy mahafantatra tsara ny fomba hanoherana ny finoana kristiana marina tahaka ireo izay efa niaro izany taloha; ary ireo kristiana nihemotra ireo izay niray hina tamin' ireo namany mpanompo sampy tapatapany, dia nampifantoka ny ady nataony tamin' ny foto-kevitra lehibe indrindra ao amin' ny fampianaran' i Kristy.

Tsy maintsy niatrika ady mafy mila hampamoy fo ireo izay mahatoky te-hijoro tsy azo hozongozonina eo anoloan' ny fitaka sy ny fahavetavetana izay tafiditra tao am-piangonana, nefa nosaronana tamin' ny fitafiana fanaovana fanompoam-pivavahana. Tsy nekena ho fanevan' ny finoana ny Baiboly. Nolazaina fa mifanipaka amin' ny hevitry ny maro (herezia) ny fahafahana ara-pivavahana, ary nankahalaina sy noroahina izay mitana izany hevitra izany.

Rehefa niady ela sy mafy ireo vitsy nijanona ho mahatoky, dia nanapa-kevitra fa hanapaka izay firaisana rehetra amin' ity fiangonana nihemotra sy mpanompo sampy ity. Hitany fa tsy maintsy ilaina ny fisarahana raha tiana ny hankatò ny tenin' Andriamanitra. Tsy sahiny ny mandefitra amin' ny fahadisoan-kevitra izay hamono ny fanahiny, ka hanome ohatra izay hampidi-doza ny finoan' ny zanany sy ny an' ny taranany mandimby azy. Vonona izy ireo handefitra amin' ny zavatra izay tsy mifanipaka amin' ny fahatokiany an' Andriamanitra mba hiarovany ny fiadanana sy ny firaisana ; nefa tsapany fa na dia ny fiadanana aza dia lafo vidy loatra raha hanaovana sorona ny foto-kevitra. Raha ny fahamarinana no tsy maintsy hampandeferina mba hahazoana ny firaisana, dia aleon' izy ireo ny fisarahana, eny, na dia ny ady aza.

Ilaina mba hahasoa tokoa ny fiangonana sy izao tontolo izao ny mamelona indray ao am-pon' ny vahoakan' Andriamanitra ireo toto-kevitra izay nanetsika ireo fanahy nifahatra tsara ireo. Nisy tsy firaihana mampanahy ankehitriny mikasika ireo foto-pinoana izay andrin' ny finoana kristiana. Mihaniahazo laka ny hevitra milaza fa tsy zava-dehibe loatra iankinan' ny

aina ireo foto-pinoana ireo rehefa dinihina. Manome hery ny sandrin' ireo mpiasan' i Satana io fihemorana io, ka ankehitriny dia ankasitrahan' ny olona an' arivony misora-tena ho mpanaraka an' i Kristy ireo hevitra diso sy ireo fitaka mampidi-doza, izay nihatra tamin' ny ain' ireo olona mahatoky fahiny ny fanoherana sy ny fampihariphariana izany.

Tena «vahoaka manokana» tokoa ireo kristiana voalohany. Faninitsiniana mitohy izay nanakorontana ny fiadanan' ny mpanota ny fitondrantenany tsy misy ho kianina, sy ny finoany tsy azo hozongozonina. Na vitsy an' isa aza izy, tsy harena, tsy toerana ambony, na anaram-boninahitra ananany, dia nampahatahotra ny mpanao ratsy izy ireo na taiza na taiza nahafantarana ny toetra amam-panahiny sy ny foto-pinoany. Noho izany dia nankahalain' ny ratsy fanahy izy ireo, tahaka ny nankahalan' i Kaina ratsy fanahy an' i Abela; Ny antony nanosika an' i Kaina hamono an' i Abela ihany no nanosika koa ireo izay niezaka hanipaka ny fifehezan' ny Fanahy Masina sy hamono ny vahoakan' Andriamanitra. Izany antony izany ihany koa no nahatonga ny Jiosy handà ny Mpamonjy sy hanombo Azy tamin' ny hazo fijaliana — dia noho ny fahadiovany sy ny fahamasinan' ny toetra amam-panahiny izay nanameloka hatrany ny fitiavan-tenan' ireo sy ny fahalotoany. Hatramin' ny andron' i Kristy ka hatramin' izao dia nampirongatra ny fankahalana sy ny fanoheran' ireo izay tia sy manaraka ny lalan' ny fahotana, ny mpianatra mahatokin' i Kristy.

Ahoana ary no ilazana ny filazantsara ho hafatry ny fiadanana ? Rehefa nanambara mialoha ny fahaterahan' ny Mesia lsaia dia nomeny anarana Izy hoe : «Andrianan' ny Fiadanana». Rehefa nilaza tamin' ny mpiandry ondry ny anjely fa teraka Kristy, dia toy izao no hirany teo ambonin' ny tany lemak' i Betlehema : «Voninahitra any amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra ! Ary fiadanana ho etý ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany»[8] Toa mifanohitra ireo fanambaran' ny faminaniana sy ireo tenin' i Kristy manao hoe : «Tsy tonga hitondra fiadanana Aho, fa sabatra»[9]. Nefa mifandrindra tanteraka ireo, rehefa azo araka izay tokony ho izy. Hafatry ny fiadanana ny filazantsara. Ny fivavahana kristiana rehefa raisina sy ankatoavina, dia manarona fiadanana sy fahasambarana manerana ny tany. Hampifanatona akaiky ny firaisan' ny firahalahiana amin' izay rehetra manaiky ny fampianarany ny fivavahan' i Kristy. Iraka nampanaovina an' i Jesosy ny hampihavana ny olona amin' Andriamanitra, ary amin' izany fomba izany ny fampihavanana ny olom- belona samy olombelona. Nefa ny ankamaroan' ny olombelona amin' izao tontolo izao dia eo ambanin' ny fifehezan' i Satana. ilay fahavalon' i Kristy niasiaka indrindra. Maneho foto-kevitry ny fiainana izay samy hafa fa tanteraka amin' ny fahazarany sy ny faniriany ny filazantsara, ka mitsangana hikomy amin' izany izy. Ankahalainy ny fahadiovana izay mampibaribary ny fahotany sy manameloka azy, ka

enjehiny sy vonoiny ireo izay mampirisika azy ireo handray ny fitakiana marina sy masina ataon' ny filazantsara. Amin' izany lafiny izany no iantsoana ny filazantsara hoe sabatra. dia noho ireo fahamarinana ambony indrindra entiny izay mahatonga fankahalana sy ady.

Ny fitondran' Andriamanitra mahagaga izay mamela ny marina hiaritra fanenjehana ataon' ny ratsy fanahy dia nahavery hevitra olona maro malemy finoana. Misy aza vonona ny hanary ny fahatokiany an' Andriamanitra satria tsy ekeny ny hanambinana ny olona ratsy indrindra, nefa tra-pahoriana sy mijaly kosa ny olona tsara indrindra sy madio indrindra noho ny halozana sy ny herin' ireo ratsy ireo. Ahoana, hoy ny fanontaniana, no aneken' i y marina sy mamindra fo sady manan-kery tsy voafetra, tsy fahamarinana sy fampijaliana toy izany ? Fanontaniana tsy tokony hanahiran-tsaina antsika mihitsy izany. Nanome antsika porofo mazava sy ampy momba ny fitiavany Andriamanitra. ary tsy tokony hisalasala ny amin' ny fahatsarany isika, satria tsy fantatsika ny lalana itondraný antsika. Hoy ny Mpamonjy tamin' ny mpianany raha nitazana mialoha ny fisalasalana izay hibosesika ao amin' ny fanahiny amin' ny andro fitsapana sy feno haizina : «Tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo hoe : «Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Raha nanenjika Ahy izy, dia hanenjika anareo koa»[10]. Ny fijalian' i Jesosy ho antsika dia mihoatra noho izay azon' ny halozan' ny ratsy fanahy atao amin' ny mpanaraka Azy na iza izy na iza. Ireo izay voantso hiaritra fampijaliana sy maritiora dia manaraka fotsiny ny dian' ny Zanaka malalan' Andriamanitra.

« Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany araka izay ataon'ny sasany ho fahelany »[11]. Tsy manadino na manao an-tsirambina ny zanany Izy, nefa mamela ny ratsy fanahy hampibaribary ny tena toetra amam-panahiny, mba tsy hisy ho voafitak' izy ireo izay rehetra maniry ny hanao ny sitrapon' ny Tompo. Averina indray, fa atao ao amin' ny lafaoron' ny fahoriana ny marina, mba ho voadio ny tenany, mba haharesy lahatra ny hafa ny ohatra omeny momba ny maha-zava-misy ny finoany sy ny toe-panahiny araka an' Andriamanitra : ary mba hanameloka ny ratsy fanahy sy ny tsy mino koa ny fiainany tsy miovaova.

Avelan' Andriamanitra hahazo fanambinana ny ratsy fanahy ka haneho ny fandrafiany Azy, mba ho hitan' ny rehetra ny fahamarinany sy ny famindrampony amin' ny fandringanana azy ireo tanteraka, rehefa mahafeno ny fatran' ny faharatsiany izy. Mihazakazaka ny andro famaliany, andro izay handraisan' izay rehetra nandika ny lalàny sy nampijaly ny vahoakany ny valiny tokony noraisiny amin' izay nataony : andro izay hamaizana ny halozana sy ny tsy rariny rehetra natao tamin' ny olona mahatoky amin' Andriamanitra ho tahaka ny natao tamin' i Kristy mihitsy.

Misy fanontaniana hafa mavesa-danja kokoa tokony hampifantoka ny sain' ireo fiangonana ankehitriny. Nilaza ny apostoly Paoly fa «izay rehetra

te-ho velona amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, izay ao amin' i Kristy Jesosy, dia henjehina»[12]. Nahoana ary, raha izany, no toa matoritory tokoa ny fanenjehana ? Ny hany antony dia satria nifanaraka tamin' ny tarigetran' izao tontolo izao ny fiangonana, ka noho izany tsy mampifoha ny fanoherana. Ny fivavahana fahita amin' izao androntsika izao dia tsy manana ilay toetra madio sy masina izay nampiavaka ny finoana kristiana tamin' ny andron' i Kristy sy ny apostoly. Ny antony dia izao ihany : noho ny toe-tsaina manao fifanarahana amin' ny fahotana, noho ny tsy fiheverana ireo fahamarinana lehibe ao amin' ny tenin' Andriamanitra sy ny tsy firaihana aminy, noho ny mahakely ny toe-panahy araka an' Andriamanitra misy aina ao amin' ny fiangonana, izany no antony mahatonga ny fivavahana kristiana toa mamim-bahoaka toy izao eo amin' izao tontolo izao. Aoka hifoha ny finoana sy ny herin' ny fiangonana voalohany, dia hifoha indray ny toe-tsaina vonon-kanenjika ary hirehitra indray ny afon' ny fanenjehana.

**Fanamarihana**

1 Mat.24:9,21,22
2 Heb.10:32
3 Heb.11:36-38
4 Heb.11:37,38
5 Heb.11:35
6 Apok.2:10
7 Apologie de Tertullien
8 Lio.2:14
9 Mat.10:34
10 Jao.15:20
11 2 Pet.3:9
12 2 Tim.3:12

# 3

# *Ny fihemorana*

Nambaran' ny apostoly Paoly mialoha ao amin' ny epistiliny faharoa ho an' ny Tesaloniana, i!ay fihemorana lehibe, vokatry ny fijoroan' ny fahefana papaly. Nambarany fa tsy ho avy ny andron' i Kristy, «raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana, ka hiseho ilay lehilahin' ota, dia ilay zanaky ny fahaverezana, ilay manohitra ka manandra-tena ho ambony noho izay rehetra atao hoe Andriamanitra, na izay ivavahana, ka dia mipetraka eo amin' ny tempolin' Andriamanitra izy ka manao ny tenany ho Andriamanitra». Eo ambany dia mananatra ny rahalahiny ny apostoly milaza fa «miasa sahady ny zava-miafina, dia ny tsy fankatoavan-dalàna» [1]. Tamin' izany fotoana izany dia efa hitany misoko ao amin' ny fiangonana ireo hevi-diso izay hanamboatra ny lalana hampitombo ny fahefana papaly.

Tsikelikely, miafina ary mangina aloha vao miveiatra kokoa arakaraka ny fananany hery sy mpanohana no anohizan' ity «zavamiafin' ny tsi-fankatoavan-dalàna» ity ny asa fampiviiiana ataony. Mila tsy ho tsapa akory no nisokoan' ny fomba amam-panao jentilisa tao amin' ny fiangonana kristiana. Ny fironana hihavana sy hifanatona amin' izao tontolo izao dia nandamoka nandritra ny fotoana fohy, noho ny fivaivain' ny fanenjehana niaretan' ny fiangonana avy tamin' ny fanompoam-tsampy. Nefa raha vao niato ny fanenjehana, ary nahazo lalana hiditra tany an-drova sy tany amin' ny lapan' ny mpanjaka ny fivavahana kristiana, dia notakalozan' ny fiangonana ny rendrarendra sy ny avonavon' ireo mpisorona sy mpanompo sampy ny fahatsorana sy ny fanetren-tenan' i Kristy sy ireo apostoly ary koa ny fitakian' ny Tenin' Andriamanitra, tamin' ireo fampianarana sy lovan-tsofin' olombelona. Ny saritsarimpiovam-pon' i Constantin, teo amin' ny fiandohan' ny taonjato fahefatra, dia niteraka fifaliam-be, ary niditra tao amin' ny fiangonana izao tontolo izao nitafy ny endriky ny fahamarinana. Hatramin' izay dia mandroso haingana ny asan' ny fahalotoana. Nanjary

mpandresy ny fanompoan-tsampy izay toy ny resy. Nifehy ny fiangonana ny toe-tsainy. Ny foto-keviny, ny fombam-pivavahany sy ny finoanoam-poany dia tafaray tamin' ny finoana sy ny fanompoam-pivavahan' ireo izay milaza ho mpanaraka an' i Kristy.

Io fifanarahana teo amin' ny fanompoan-tsampy sy fivavahana kristiana io dia nampiroborobo ilay «lehilahin' ota» voalazan' ny faminaniana fa manohitra an' Andriamanitra sy manandratra ny tenany ho amboniny. Izany rafitra goavana momba ny fivavahana diso izany dia sangan' asan' ny herin' i Satana — tsangambaton' ny ezaka nataony mba hametrahany ny tenany ho eo amin' ny seza fiandrianana, ka ahazoany hifehy ny tany araka ny sitrapony.

Indray mandeha Satana dia niezaka ny hanao fifanarahana tamin' i Kristy. Tonga teo amin' ny Zanak' Andriamanitra izy mba haka fanahy Azy. ka rehefa nasehony Azy ireo fanjakana rehetra eto amin' izao tontolo izao sy ny voninahitr' izy ireo, dia nolazainy fa atolony ho eo am-pelatanany avokoa izany rehetra izany raha manaiky ny fahambonian' ny maha andrianan' ny maizina azy Izy. Notenenin' i Kristy ilay mpaka fanahy be hambo ka notereny hiala teo. Nahomby kokoa anefa i Satana raha nitondra io fakam-panahy io ihany teo amin' ny olona. Mba ahazoany tombon-tsoa sy voninahitra eo amin' izao tontolo izao, dia voatarika ny fiangonana hitady ny fanohanany sy ny fiarovan' ireo olona ambony eto amin' izao tontolo izao ; ary rehefa nandà an' i Kristy tamin' ny fomba toy izany izy, dia voataona hilefitra eo ambany fanapahan' ny solontenan' i Satana sy hankato azy dia ny evekan' i Roma izany.

Iray amin' ny fampianarana fototra teo amin' ny fivavahan' i Roma, ny maha-loha, hita vatana ny fiangonan' i Kristy manerana ny tany ny papa, izay nomena ny fahefana ambony indrindra amin' ny eveka sy ny mpitandrina amin' ny faritra rehetra eto amin' izao tontolo izao. Mihoatra noho izany dia ny anaran' Andriamanitra mihitsy no nomena ny papa. Namboamboarina hoe : «ny papa Tompo Andriamanitra» (jereo Fanampiny), ary nambara fa tsy mety diso izy. Mitaky ny fiankohofan' ny olona rehetra izy. Ny fihamboana nataon' i Satana tany an-efitra nakany fanahy an' i Jesosy, dia mbola ataony indray amin' ny alalan' ny Fiangonan' i Roma, ary vahoaka marobe no vonona hilefitra aminy sy hankalaza azy.

Ireo izay matahotra sy manoine voninahitra an' Andriamanitra kosa dia nisetra io fahasiahany manakatra ny lanitra io, tahaka ny nisetran' i Kristy ny fitaoman' ny fahavalo fetsy tamin' ny fitenenana hoe : «Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao» [2]. Andriamanitra na oviana na oviana tsy nanao teny tsy loa-body ka nanendry olona ho lohan' ny fiangonana. Mifanohitra mivantana amin' ny fampianarah' ny Soratra Masina ny foto-pinoana momba ny fahefana fara-tampon' ny

papa. Tsy mety hanana fahefana amin' ny Fiangonan' i Kristy ny papa raha tsy naka izany an-keriny.

Nohitrikitrihan' ny Romanista ny fiampangany ny Protestanta ho mitana finoana tsy araka ny hevitry ny maro (heresia) sy ny fiampangany azy ho minia misaraka amin' ny fiangonana marina. Nefa, aminy ihany no miantefa ireo fiampangana ireo. Izy ireo no nametraka ny fanevan' i Kristy ka niala tamin' ny finoana «izay efa voatolotra indray mandeha monja» [3].

Fantatr' i Satana tsara fa hahatonga ny olona hahafantatra ny fitaka ataony sy hanohitra ny fahefany ny Soratra Masina. Na dia ny Mpamonjin' izao tontolo izao aza dia nahatohitra ny famelezany tamin' ny alalan' io teny io. lsaky ny fanafihany, dia nasehon' i Kristy ny ampingan' ny fahamarinana mandrakizay, ka hoy Izy hoe : «Voasoratra hoe:». Ny tolo-kevitra rehetra ataon' ny fahavalo dia nosetrainy tamin' ny fahendrena sy ny herin' ny Tenin' Andriamanitra. Mba hahazoan' i Satana mitana ny fanapahany eo amin' ny olona sy mba hampiorenany mafy ny fahefan' ny papa ilay mpisandopahefana, dia tsy maintsy ataony izay tsy hahalalan» izao tontolo izao ny Soratra Masina. Tokony hanandratra an' Andriamanitra ny Baiboly ary hametraka ny olombelona voafetra eo amin' izay tena toerany marina ;noho izany dia tsy maintsy hafenina sy foanana ireo fahamarinany masina. Izany foto-pisainana izany no noraisin' ny Fiangonana Romana. Nandritra ny taonjato maro dia norarana ny fielezan' ny Baiboly. Nosakanana tsy hamaky izany sy tsy hanana izany ao an-tokantranony ny olona, ary ny pretra sy ny eveka tsy ampy fiheverana no nanolana ny fampianaran' ny tenin' Andriamanitra mba hoentiny hanohana ny ham bony. Noho izany dia nekena hatraiza hatraiza fa ny papa no solontenan' Andriamanitra eto antany, notolorana fahefana amin' ny fiangonana sy ny fanjakana.

Rehefa noesorina ilay boky mpanondro ny fahadisoan-kevitra. dia niasa araka ny sitrapony i Satana. Efa nolazain' ny faminaniana fa «hitady hanova fotoana sy !alàna»[4] ny fahefana papaly. Tsy nitaredretra izy hanao izany asa izany. Mba hanolorana soion' ny fivavahana amin' ny sampy ho an' ireo izay vao avy niova fo ary mba hampitombo amin' izany fomba izany ny fanekeny ambavany fotsiny ny fivavahana kristiana, dia nampidirina miandalana teo amin' ny fanompoam-pivavahana kristiana ny fivavahana amin' ny sary sy ny «relika» (sisa avy amin' ny olona masina). Ny lalàna navoakan' ny fivoriana fandinihan-draharaha lehibe no nanorina io fomba fanompoam-tsampy io tamin' ny farany (jereo Fanampiny). Mba hahatomombana izany asa fametavetana ny zava-masina izany. dia sahy nanafoana ny didy faharoa tao amin' ny lalàn' Andriamanitra izay mandrara ny fivavahana amin' ny sary i Roma, ary nozarainy roa ny fahafolo mba tsy hanovana ny isany.

Ilay toe-tsaina mifanaraka amin' ny fanompoam-tsampy dia nanokatra ny lalana ho amin' ny tsy fan aj an a lehibe kokoa ny fahefan' ny lanitra. Tamin' ny alalan' ireo mpitarika tsy masina tao amin' ny fiangonana no niasan' i Satana mba hamelezana koa ny didy lahefatra, ary niezahany tamin' izany ny hanafoana tanteraka ilay Sabata taloha, dia ilay andro efa notahian' Andriamanitra sy nohamasininy[5], ary nasandratra ho solon' izany ny fety firavoravoan' ny jentilisa, izay fanaony amin' ny andro hajaina natokana ho an' ny masoandro. Tsy natao ampahibemaso aloha io fanovana io. Notandreman' ny kristiana rehetra ny tena Sabata marina tamin' ireo taonjato voalohany. Saro-piaro tamin' ny voninahitr' Andriamanitra izy ireo, ary ninoany fa tsy azo ovana ny lalàny, ka dia notandremany taminkafanam-po ny fahamasinan' ny foto-keviny. Tamin-kafetsena lehibe ary no niasan' i Satana tamin' ny alalan' ireo mpiasany mba hahatanteraka ny fikasany. Mba hitarihana ny sain' ny olona ho amin' ny Alahady. dia natao andro firavoravoana ho voninahitry ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty izany. Tamin' io andro io dia nisy fanompoam-pivavahana nefa dia noheverina ho andro fialam-boly ihany izy io, ary mbola notandremana ho andro masina ny Sabata.

Mba hanomanany ny lalana hanatanterahany ny asa nokasainy, dia efa notarihin' i Satana ny jiosy, talohan' ny fiavian' i Kristy hanototra ny Sabata tamin' ny fameperana mahasorena maro izay nahatonga ny fitandremana azy ho adidy manorisory sy mavesatra. Ary ankehitriny, dia araraotiny indray ny fiampangana maro natao tamin' io Sabata io hilazana azy ho fomba fanao jiosy. Raha mbola nitandrina ny Alahady ho andro firavoravoana sy fíkoranana ny ankabeazan' ny kristiana, dia notarihiny kosa izy hanao ny Sabata ho andro fifadian-kanina, feno alahelo sy sorisory mba hanehoany ny fankahalana ny fivavahana jiosy.

Tamin' ny tapany voalohan' ny taonjato fahefatra dia namoaka didy ny Amperora Constantin nampanao ny Alahady ho andro firavoravoam-panjakana manerana ny fanjakana Romana (jereo Fanampiny). Nohajain' ny olony mpanompo-sampy ny andron' ny masoandro, ary nomen' ny kristiana voninahitra ; tetika nataon' ny amperora izany mba hampiraisana ny mpanaraka ireo fotoam-pivavahana roa ireo izay nifanipaka. Ny namporisika azy hanao izany dia ireo evekan' ny fiangonana, izay feno hambom-po sy hetahetampahefana ka nahatsinjo fa raha andro iray ihany no tandreman' ny kristiana sy ny jentilisa. dia hitombo ny faneken' ny mpanompo sampy ny fivavahana kristiana ivelambelany fotsiny, ary amin' izany dia handroso hery sy voninahitra ny fiangonana. Betsaka ny kristiana natahotra an' Andriamanitra no voatarika hihevitra fa misy ampahany fahamasinana ihany eo amin' ny Alahady, nefa dia mbola tsy latsaka noho izany koa ny fiheverany ny Sabata ho andro masin' i Jehovah ka notandremany izany ho fankatoavana ny didy fahefatra.

Tsy mbola nahatanteraka ny asany anefa ilay mpamitaka raindahany. Nanapa-kevitra izy fa hanangona izao tontolo izao kristiana ho ambanin' ny fanevany sy hampiasa ny fahefany amin' ny alalan' ilay lehilahy mirehareha fatratra, lefiny, dia ny papa izay nilaza ny tenany ho solontenan' i Kristy. Tamin' ny alalan' ny mpanompo sampy tsy tena niova fo, tamin' ny alalan' ny eveka be hambom-po, ary tamin' ny alalan' ny olom-piangonana tia an' izao tontolo izao no nanatanterahany ny fikasany. Nisy fivoriambe fandinihan-draharaha natao tsindraindray, izay nanasana ireo olona ambony ao amin' ny fiangonana avy amin' ny tany manontolo.

Saiky isaky ny fivoriana dia nahen-danja hatrany ny Sabata izay naorin' Andriamanitra, fa nasandratra araka izany kosa ny Alahady. Tamin'izany fomba izany no nahatonga an' ilay androm-piravoravoan' ny mpanompo sampy ho nohajaina toy ny naorin' Andriamanitra nony farany, ary ny Sabatan' ny Baiboly kosa dia nolazaina fa sisa tavela tamin' ny fomba Jiosy ka voaozona izay mitandrina izany.1'

Nahomby ilay mpihemotra lehibe tamin' ny nanandratany ny tenany «ho ambony noho izay rehetra atao hoe Andriamanitra, na izay ivavahana» [6]. Sahy nanova ny didy eo amin' ny lalàn' Andriamanitra izy izay tsy azo lavina fa misarika ny sain' ny olombelona rehetra ho amin' Ilay Andriamanitra velona sy marina. Ao amin' ny didy fahefatra, dia aseho ho Mpahary ny lanitra sy ny tany Andriamanitra, ary izany no mampiavaka Azy amin' ny andriamanitra sandoka rehetra. Ho fahatsiarovana ny asan' ny famoronana no nanamasinana ny andro fahafito ho andro fitsaharana ho an' ny olona. Notendrena izany mba hitazonana ao an-tsain' ny olona mandrakariva Ilay Andriamanitra velona Izay niavian' ny manan' aina rehetra, Ilay mendrika hohajaina sy ivavahana. Miezaka i Satana hanodina ny olona tsy hanaiky an' Andriamanitra, sy tsy hankatò ny lalàny ; noho izany dia ilay didy manondro an' Andriamanitra ho Mpamorona no nifantohan' ny fiezahany amin' ny fomba manokana.

Ankehitriny dia manantitrantitra ny Protestanta fa ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty tamin' ny Alahady no nahatonga izany ho Sabata kristiana. Tsy misy porofo avy amin' ny Soratra Masina anefa. Tsy nanome voninahitra toy izany io andro io na Kristy na ny Apostoly. Ny nahatonga ny fitandremana ny Alahady ho fomba kristiana dia avy amin' ny «zava-miafin' ny tsi-fankatoavandalàna»6 izay efa nanomboka ny asany, na dia tamin' ny andron' i Paoly aza. Taiza ary oviana Jehovah no nanangana io zanaky ny fahefana papaly io? Antony misy lanjany inona no najoro anohanana ny fanovana izay tsy ankatoavin' ny Soratra Masina?

Tafatsangana ary mafy orina tsara ny fahefana papaly tamin' ny taonjato fahenina. Tao amin' ny tanànan' ny amperora no notendrena hisy ny foiben' ny fanjakany, ary ilay evekan' i Roma no nekena ho lohan' ny fiangonana

manontolo. Nanome toerana ny fahefana papaly ny fanompoam-tsampy. Nomen' ilay dragona an' ilay bibidia «ny heriny sy ny seza fiandrianany ary ny fahefana lehibe»[7] (jereo Fanampiny). Manomboka izao ny fampahoriana 1260 taona voalazan' ireo faminanian' i Daniela sy ny Apokalypsy[8]. Voatery nisafidy ny kristiana ny hampandefitra ny toetrany mahatoky ka hanaiky ireo fombam-pivavahana sy fanompoam-pivavahana nataon' ny papa, na hitaritarika ny fiainany any am-ponja, na hiaritra fahafatesana hosamahana amin' ny kodiarana na hodorana, na tapahin-doha. Tanteraka izany ny tenin' i Jesosy manao hoe : «Ary hatolotry ny ray sy ny reny sy ny rahalahy ary ny havana aman-tsakaiza hianareo, ka ny sasany aminareo dia hovonoiny. Ary ho halan' ny olona rehetra hianareo noho ny anarako»[9]. Nibosesika niha-masiaka mihoatra noho tamin' ny lasa rehetra tany, tamin' ny olona mahatoky ny fanenjehana ka nanjary toeram-piadiana midadasika izao tontolo izao. Nandritra ny an-jato taona maro dia nitokantokana sy niafinafina ny fiangonana mba hahitany fialofana. Hoy ny mpaminany : «Ary ravehivavy kosa nandositra nankany an-efitra, izay nisy fitoerana namboarin' Andriamanitra, mba hovelomina any enim-polo amby roan-jato amby arivo andro izy»[10].

Ny fiakaran' ny fiangonan' i Roma eo amin' ny fahefany no manamarika ny fiantombohan' ny Andro Antenantenany rakotra haizina. Arakaraka ny nitomboan' ny heriny no nampikitroka ny haizina. Nalàna tamin' i Kristy, Ilay tena fanorenana ny finoana ka nafindra tamin' ny papan' i Roma. Tsy natoky ny Zanak' Andriamanitra ny olona mba ahazoany famelan-keloka sy fiainana mandrakizay, fa ny papa, ary ny pretra sy ny eveka izay nomen' ny papa fahefana no nojereny. Nampianarina ny olona fa ny papa no mpanelanelana ho azy eto an-tany ary tsy misy afaka manatona an' Andriamanitra raha tsy amin' ny alalany;ary mihoatra noho izany, dia nampianarina azy fa mitana ny toeran' Andriamanitra izy, ka noho izany dia mazava fa tsy maintsy hankatoavina. Ny tsy fankatoavana kely foana ny sitrapony dia ampy hahatonga famaizana mafy indrindra hihatra amin' ny vatana sy ny fanahin' ny mpandika lalàna. Toy izany no nahavoatarika ny sain' ny olona hiala amin' Andriamanitra ka hitodika amin' ny olombelona azo kianina, mety diso hevitra ary lozabe, eny, mihoatra noho izany, nitodika eny amin' ilay andrianan' ny haizina mihitsy izay nampiasa ny fahefany tamin' ny alalan' izy ireny. Nosaronana fitafian' ny fahamasinana ny fahotana. Rehefa nofoanana ny Soratra Masina ka nanjary nihevitra ny tenany ho fara-tampony ny olona, dia tsy misy afa-tsy fanambakana na fitaka sy heloka mahamenatra no hita. Rehefa nasandratra ny lalàn' olombelona sy ny lovan-tsofina, dia niseho ny fahalotoana izay tsy maintsy vokatry ny fampihatahana ny lalàn' Andriamanitra.

Andro feno ioza ho an' ny fiangonan' i Kristy ireo. Vitsy tokoa ireo mpitondra faneva mahatoky. Na dia tsy tapaka vavolombelona aza ny fahamarinana. dia nisy fotoana izay toa nampanjaka ny hevidiso sy ny finoanoam-poana, ary

toa foana tsy teto an-tany ny fivavahana marina. Very tsy teo imaso intsony ny filazantsara, fa nampitomboina kosa ireo fombafomba-pivavahana, ka novesarana fitakiana henjana ny vahoaka.

Tsy nampianarina hihevitra ny papa ho mpanelanelana fotsiny izy. fa nampianarina koa izy hatoky ny asan' ny tenany ho avotra ho amin' ny fahotana. Ny fivahinianana masina any an-tany lavitra, ny fivavahana amin' ny «relika», ny fananganana fiangonana, toerana masina sy alitara, ny fandoavana vola be ho an' ny fiangonana — ireo asa ireo sy ny maro hafa toy izany, dia natambatra mba hampitonena ny fahatezeran' Andriamanitra na mba hahazoana ny fankasitrahany ; fa Andriamanitra angaha tahaka ny olombelona, ka ho tezitra amin' ny tsinontsinona, na hotonena amin' ny fanomezana na ny asa fivaiozana!

Nanjaka ny haratsiana; eny na dia teo amin' ireo mpitarika tao amin' ny Fiangonan' i Roma aza, ary nihamafy sy nitombo hatrany koa ny heriny. Teo amin' ny fiafaran' ny taonjato fahavalo, dia nitompo teny ireo mpanaraka ny papa nilaza fa tamin' ireo taona voalohany nisian' ny fiangonana, dia efa nanana ny fahefana arapanahy izay tanany ankehitriny ireo evekan' i Roma. Mba hampitoetra izany teny nitompoany izany, dia tsy maintsy nisy fomba nampiasaina mba hanome endri-pahefana an' izany ; ary ilay rain' ny lainga dia vonombonona ery hanome ny sosokeviny. Namorona antontan-taratasy izay hatao hoe rakitry ny ela ny relijiozy. Nisy didy navoakan' ny fivoriana fandinihan-draharaha tsy mbola noresahina mihitsy hatrizay, nanambara ny maha-manerana an' izao tontolo izao ny fahefan' ny papa hatramin' ny andro tany aloha ela indrindra tany. Ary ny fiangonana iray izay efa nandà ny fahamarinana dia mandray amim-paharisihana tokoa ireo fitaka ireo.(jereo Fanampiny)

Ireo olom-bitsy mahatoky izay mpanorina tamin' ny tena fanorenana marina[11], dia very hevitra sy voasembatsembana raha nanakantsakana ny asany ny fakofakon-kevitry ny fampianaran-diso. Tahaka ireo nanorina ny mandan' i Jerosalema tamin' ny andron' i Nehemia. dia nisy vonona ny hilaza hoe: «Mihena ny herin' ny mpitondra entana. ary be ny korontam-bato sy ny tany ; ka dia tsy mahanfitra izahay»[12].

Sasatry ny miady mandrakariva amin' ny fanenjehana, ny hosoka. ny heloka sy ny zava-misakana hafa rehetra izay noforonin' i Satana hanakana ny fandrosoany ny Sasany tamin' ireo nijanona ho mpanorina mahatoky ka nanjary kivy ; ary noho ny fitiavany fandriampahalemana sy antoka ho an' ny fananany sy ny ainy, dia niverin ilalana izy ka niala tamin' ny fanorenana marina. Ny hafa kosa, tsy niraika tamin' ny fanoheran' ny fahavalony dia nilaza tsy tamintahotra hoe:«Aza matahotra azy hianareo, ny Tompo lehibe sy mahatahotra no tsarovy»[13], koa dia notohitany ny asa, samy nanao ny sabany teny ampisikinany avy[14].

Io toe-tsaina feno fankahalana sy fanoherana ny fahamarinana io ihany no nanetsika ny fahavalon' Andriamanitra tamin' ny totoana rehetra, ary toe-tsaina mahatoky sy miambina no angatahin' Andriamanitra koa mba hananan' ny mpanompony. Azo ampiharina amin' ireo mpanaraka an' i Kristy atý amin' ny andro farany ny teny nataony tamin' ireo mpianany tamin' ny voalohany manao hoe : «Ary izay lazaiko aminareo dia lazaiko amin' ny' olona rehetra koa: Miambena»[15]. Toa nihamatevina ihany ny haizina. Nanjary hita ombieny ombieny ny fivavahana amin' ny sary. Narehitra teo anoloan' ny sary ny labozy ary nanaovana fivavahana. Nanjaka ny fombafomba mahatsikaiky indrindra sy feno finoanoam-poana. Voafehin' ny finoanoam-poana tanteraka ny toe-tsain' ny olona ka na dia ny saina mahay mandanjalanja aza toa tsy nety hanapaka intsony. Na ny pretra sy ny eveka aza dia tia fahafinaretana, nirona tamin' ny filan' ny nofo, sy ratsy toetra, koa tsy mahagaga raha nilentika tao amin' ny tsy fahalalana sy ny faharatsiana ny olona izay naka tahaka ny mpitarika azy ireo.

Nisy dingana iray vita teo amin' ny fanondrotana ny papa rehefa nambaran' ny Papa Grégoire fahafito ny fahatanterahan' ny Fiangonana Romana tamin' ny taonjato fahiraika ambin' ny folo. Anisan' ireo soso-kevitra natolony ilay anankiray milaza fa tsy mbola diso na oviana na oviana ny fiangonana, ary tsy ho diso na oviana na oviana araka ny Soratra Masina. Nefa tsy niaraka tamin' io fanizingizinana io, ny porofo avy amin' ny Soratra Masina. Notakian' ilay papa miavonavona koa ny fahefana hanangona ny amperora, ary nambarany ta ny didy izay havoakany dia tsy azon' iza na iza toherina, nefa zony kosa ny manohitra ny fanapahan-kevitry ny hafa rehetra. (jereo Fanampiny)

Ohatra manaitra amin' ny toetra amam-panahy lozabe nasehon' ity mpiaro ny toetrany ho tsy mety diso ity ny nataony tamin' ny amperoran' i Alemaina Henri fahefatra. Satria nolazaina fa sahy manao tsinontsinona ny fahefan' ny papa ity mpanjaka ity, dia noroahina tsy ho anisan' ny egiizy, sady naongana tamin' ny fanjakany. Natahotra mafy i Henri satria nihataka taminy sy nandrahona azy avokoa ireo andrian-dahy teo amin' ny fanjakany, izay namporisihan' ny iraky ny papa hikomy taminy. ka nahatsapa fa ilaina ny mihavana amin' i Roma. Niaraka tamin' ny vadiny sy ny mpanompony mahatoky iray izy namakivaky ny Alpa tamin' ny ati-ririnina, mba hanetry ny tenany eo anatrehan' ny papa. Rehefa tonga teo amin' ilay lapan' andriana izay niatahan' i Grégoire izy, dia notarihina samirery tsy niaraka tamin' ireo mpiambina azy tao amin' ny tokotany iray, ary teo izy no niandry ny faneken' ny papa hisehoany eo anatrehany, teo amin' ny hatsiaka mangirifirin' ny ririnina tsy misatroka sady tsy mikiraro ary ratsy fitafiana. Raha tsy notohizany telo andro ny fifadian-kanina nataony sy ny fiaiken-kelony dia tsy nanaiky hamela heloka azy ny papa. Ary izany aza dia mbola miankina amin' ny faneken' ny amperora ny sazy ataon' ny papa aminy vao miverina

indray ny haja amam-boninahiny, na vao mandray ny fahefany amin' ny maha-mpanjaka azy izy. Nieboebo noho ny fandresena azony tamin' izany i Grégoire ka nirehareha fa adidiny ny mampietry ny avonavon' ny mpanjaka.

Akory ny fahamafisan' ny avonavona manjakazaka nasehon' ity papa mpizahozaho ity eo anatrehan' ny fanetren tena sy ny fahalemem-panahin' i Kristy, izay mampiseho ny tenany ho mandondona eo am-baravaran' ny fo, mitalaho ny hiditra ao mba hitondra famelankeloka sy fiadanana, ary nampianatra ny mpianany hoe: «ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo»[16].

Arakaraka ny fifandimbiasan' ny taonjato no nampiharihary hatrany ny fitomboan' ny hevi-diso amin' ireo foto-pinoana navoakan' i Roma. Na dia talohan' ny niorenan' ny fahefana papaly aza, dia efa nanintona ny saina ary niditra tsikelikely tao amin' ny fiangonana ireo fampianaran' ny mpanao hevi-tsaina jentilisa. Betsaka ireo izay nilaza fa niova fo no mbola nifikitra tamin' ireo foto-kevitry ny hevi-tsaina mpanompo sampy ihany, ary tsy nanohy ny fianarana an' izany fotsiny, fa namporisika ny hafa koa hanao izany mba ho fiasana fanaparitahana ny heriny miasa amin' ny jentilisa. Tafiditra tao amin' ny finoana kristiana tamin' izany fomba izany ny hevidiso lehibe. Ny misongadina indrindra amin' ireny dia ny filazana fa manana toetra tsy mety maty ny fanahy, ary mahatsiaro saina izy ao amin' ny fahafatesana. Io fampianarana io no nanorenan' i Roma ny fivavahana amin' ny olo-masina sy ny fiankohofana amin' i Maria Virjina. Ary amin' izany koa no nipoiran' ny «herezia» momba ny fampijaliana mandrakizay ny mpanota izay tsy mety mibebaka, fampianarana izay tafiditra hatramin' ny voalohany tao amin' ny finoana papaly.

Tamin' izay dia voavoatra koa ny lalana hidiran' ny zavatra iray noforonin' ny mpanompo sampy, izay nataon' i Roma hoe «afo fandiovana», ary nampiasainy hampivarahontsana ny vahoaka mora ambakaina sady mpinompino foana. Noantitranteriny tamin' ny alalan' io «herezia» io ny fisian' ny toerana fampijaliana, izay iaretan' ny fanahy izay tsy mendrika ny fanamelohana mandrakizay noho ny fahotany, ary rehefa afaka amin' ny fahalotoany izy ireo, dia azo ampidirina any an-danitra (jereo Fanampiny).

Tamin' ny taonjato fahatelo ambin' ny folo dia najoro ilay fitaovana mahatsiravina indrindra nataon' ny fahefana papaly dia ny «Inquisition». Ny andrianan' ny maizina mihitsy no niara-niasa tamin' ireo mpitarika ny ambaratongam-pahefan' ny papa. Nandritra ireo fivoriana fandinihan-draharaha mangina nataony, dia i Satana sy ny anjeliny no nifehy ny sain' ireo olona ratsy fanahy, ary teo anivon' izy ireo koa anefa ny anjelin' Andriamanitra tsy hita maso, dia manara maso ny didy tsy an-drariny nataon' izy ireo sy-nitana an-tsoratra ny fihetsika mampihoron-koditra loatra tsy azo

aseho mason' olombelona. «Leon' ny ran' ny olo-masina», «Babylona lehibe». Ireo maritiora an-tapitrisany voaviravira dia nitaraina tamin' Andriamanitra mba hamaliany io herin' ny fihemorana io.

Nanjary mpanapaka tsy refesi-mandidy teo amin' izao tontolo izao ny fahefana papaly. Niondrika teo anatrehan' ny didy navoakan' ny papa tao Roma ny mpanjaka sy ny amperora. Toa teo ambanin' ny fifehezany ny ho avin' ny olombelona na ny ankehitriny na ny ho mandrakizay. Nandritra ny taonjato maro dia noraisina malalaka hatraiza hatraiza ny fampianaran' i Roma, notanterahina tamimpanajana ny fombam-pivavahany, ary notandremana mandrakariva ireo androm-piravoravoana noforoniny. Nomem-boninahitra sy notohanana tamim-pahalalahan-tanana ny mpitondra fiangonana tao aminy. Na oviana na oviana hatramin' izay dia tsy mbola tafakatra tamin' ny haja sy ny voninahitra, na ny fahefana ambony toy izao ny Fiangonana Romana.

Fa «ny mitataovovonana teo amin' ny fahefana papaly nomamatonalina teo amin' izao tontolo izao» [17]. Saiky tsy nisy nahalala ny Soratra Masina, tsy ny vahoaka ihany fa na dia ny pretra koa aza tsy nahalala izany. Tahaka ireo Fariseo fahiny dia nankahalain' ireo mpitari-pivavahan' ny papa ny fahazavana izay hampihanjahanja ny fahotany. Rehefa nofoanana ny lalàn' Andriamanitra izay fanevan' ny fahamarinana, ary azo antoka ny fahefany tsy manam-petra, dia nilomano fatratra tao amin' ny fanaovan-dratsy izy, Nanjaka ny fisolokiana, ny fahihirana, sy ny faharatsiam-pitondrantena. Tsy nihemotra teo anatrehan' ny heloka hevava ny olona mba hahazoana ny harena na toeram-boninahitra. Ny lapan' ireo papa sy ireo filoha ambony dia nitoeran' ny fahavetavelana mahavoafady indrindra. Nisy tamin' ireo papa nanjaka no nanao heloka bevava nampisendaotra loatra ka sailin' ny manam-pahefana ara-nofo ny nanongana ireo manam-boninahitra teo amin' ny fiangonana fa toy ny biby tsy mifaditrovana ka tsy azo noleferina intsony. Tsy nisy fandrosoana tao Eoropa nandritra ny taonjato maro na teo amin' ny fahalalana, na teo amin' ny zava-kanto na teo amin' ny sivilizasiona. Nianjadian' ny paralysisa ara-pitondran-tena sy ara-tsaina ny fivavahana kristiana.

Ny toetran' izao tontolo izao teo ambanin' ny fahefan' i Roma dia naneho fahatanterahana mampahatahotra sy manaitra ny tenin' i Hosea mpaminany hoe : «Ringana ny oloko noho ny tsy fisian' ny fahaialana. Satria ianao efa nandà ny fahaialana, dia mba ho iaviko kosa . . . ary efa nanadino ny lalàn' Andriamanitra ianao, ka dia mba hohadinoiko kosa ny zanakao». «Tsy misy fahamarinana. na fitiavana, na fahaialana an' Andriamanitra eo amin' ny tany. Fa fianianana sy lainga sy vonoana sy halatra sy fijangajangana kosa. eny manao an-keriny izy fa mifanontona ny fandatsahan-dra»[18]. Toy izany ny vokatry ny fandroahana ny Tenin' Andriamanitra.

**Fanamarihana**

1 2 Tes.2:3,4,7
2 Lio. 4 : 8
3 Joda 3
4 Dan.7:25
5 Gen.2:2,3
6 2 Tes. 2 : 7
7 Apok.13:2
8 Dan.7:25;Apok.13:5-7
9 Lio.21:16,17
10 Apok.12:6
11 1Kor.3:10.11
12 Neh.4:4
13 Neh.4:8
14 Efes.6:17
15 Mar.13:37
16 Mat.20:27
17 J.A.Wylie. Ny tantaran 'ny fivavahana Protestanta. boky 1, Toko 4.
18 Hos.4:6,1,2

# 4

## *Ireo Vaudois*

Tao anatin' ny haizina nandrakotra ny tany nandritra ny fotoana lavabe nananan' ny papa fahefana fara-tampony, dia tsy nety ho faty tanteraka ny fahazavan' ny fahamarinana. Tamin' ny fotoan' andro rehetra dia nisy vavolombelona ho an' Andriamanitra, dia olona izay nankamamy ny finoany an' i Kristy Ilay hany mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olombelona, ary nitana ny Baiboly ho hany fitsipiky ny fiainany sy manamasina ny Sabata marina. Manao ahoana ny trosan' izao tontolo izao amin' ireny olona ireny, tsy ho fantatry ny taranaka mifandimby na oviana na oviana izany. Nolazaina fa «heretika» izy ireo, manaraka fampianarana tsy eken' ny besinimaro, nomelohina avokoa ny fototry ny zavatra ataony, nalaimbaraka ny toetra amam-panahiny, nofoanana ny zavatra nosoratany, nodisoina na nanesorana. Nefa dia nijoro tsy azo nohozongozonina izy, ary nandritra ny taona nifandimby dia nitàna ny finoany teo amin' ny fahadiovany, toy ny lova masina ho an' ny taranaka mifandimby.

Ny tantaran' ny vahoakan' Andriamanitra mandritra ireo andro maizina izay nanaraka ny fotoana nananan' i Roma fahefana faratampony. dia voasoratra any an-danitra, nefa dia tsy manana afatsy toerana kely eo amin' ny tantara nosoratan' ny olombelona izany. Tsy ahitana porofo firy ny nisian' izy ireo, afa-tsy ao amin' ny fiampangana nataon' ireo mpanenjika azy. Tetika nataon' i Roma ny nikosoka izay rehetra ahitana taratry ny fifanoianana eo amin' ny foto-pinoany sy ny didy navoakany. Nezahany ho ravana izay rehetra tsy mifanaraka amin' ny finoan' ny besinimaro (heretika) na olona izany na zavatra voasoratra. Ny teny manambara fisalasalana, na fanontaniana mikasika ireo foto-pinoana momba ny fahefan' ny papa, dia ampy hampidi-doza ny ain' ny nanan-karena sy ny mahantra, ny ambony sy ny ambany. Niezahan' i Roma koa ny hanafoanana ny fahatsiaroyana

rehetra mirakitra ny fahasiahany tamin' ireo olona nisara-kevitra taminy. Namoaka didy ireo fivoriana fandinihan-draharaha fa hodorana ny boky sy ny soratra mirakitra ny tantara toy izany. Talohan' ny namoronana ny fanontam-printy dia mbola vitsy ny boky sady nanana bika nahasarotra ny fitehirizana azy ; noho izany dia tsy nisy firy ny zava-nisakana ireo irak' i Roma hanatanterahany ny fikasany.

Tsy nisy fiangonana tao amin' ny faritry ny fanapahan' i Roma mba afaka nifaly naharitra tamin' ny fahafahany manaraka ny feon' ny fieritreretany. Raha vantany vao tafakatra ny fahefana papaly, dia naninjitra ny tanany mba hanapotika izay rehetra mandà ny hanaiky ny fanjakany izy, koa nanao tohi-vakana ny fiangonana nilefitra teo ambanin' ny fanapahany.

Efa niorim-paka tany Angletera ny fivavahana kristiana nanana ny finoan' ny kristiana voalohany. Ny filazantsara izay noraisin' ny mponina tany tamin' ireo taonjato voalohany, dia tsy voapentin' ny fihemorana tao Roma tamin' izay fotoana izay. Ny fanenjehan' ireo amperora mpanompo sampy, izay nitatra hatramin' ireo moron-tsiraka lavitra ireo, no hany fanomezana noraisin' ireo fiangonana voalohany tany Angletera avy amin' i Roma. Betsaka ireo kristiana nandositra ny fanenjehana tany Angletera no nahita fialofana tany Ecosse ; avy ao ny fahamarinana no niampita tany Irlandes, sy tany amin' ireo tany rehetra manodidina ireo ka noraisina tamimpifaliana.

Rehefa nanafika an' i Angletera ny Saxons, dia nahazo laka ny fivavahana jentilisa. Nohamavoin' ny mpandresy izany hoe ampianarin' ny andevony, koa voatery nitady fialofana tany an-tendrombohitra sy teny amin' ny tanety midadasika tsy misy mponina ny kristiana. Na dia takona vetivety aza ny fahazavana, dia nitohy nirehitra ihany. Zato taona tatý aoriana, dia namirapiratra avy tao Ecosse ka tafapaka hatrany an-tany lavitra rehetra any ny fahazavana. Avy any Irlande i Colomba, olona tia vavaka sy ireo mpiara-miasa taminy, izay nanangona ny mpino niparitaka tao amin' ilay nosy mitokantokana Iona, dia nanao foiben' ny asa misionera izany toerana izany! Tamin' ireny evanjelistra ireny dia nisy mpitandrina ny Sabatan' ny Baiboly, ary toy izany no nahatafiditra io fahamarinana io teo amin' ny vahoaka. Nisy sekoly natsangana tao Iona, izay namoaka misionera tsy ho any Ecosse sy Angletera fotsiny, fa tonga hatrany Alemaina, Soisa ary hatrany Italia aza.

Nifantoka tamin' i Angletera anefa ny mason' i Roma ka nanapakevitra izy fa haka azy ho eo ambanin' ny fahefany fara-tampony. Tamin' ny taonjato fahenina, dia nanomboka niasa hampiova fo ireo Saxons jentilisa ny misionera nalefany. Noraisin' ireo baribariana miavonavona tsara izy ireo, ka nahatarika an' arivony maro handray ny finoan' i Roma. Rehefa nandroso ny asa, dia nifanehatra tamin' ireo kristiana nanana ny finoan' ny fiangonana voalohany ireo filoha mpitarika avy amin' ny papa sy ireo olona niova fo nanaraka azy. Nisy fahasamihafana nanaitra niseho. Ireto

olon-tsotra manetri-tena, ary manaraka ny Soratra Masina eo amin' ny toetra amam-panahiny, eo amin' ny fampianarany sy ny fomba amam-panaony, iretsy kosa nampiseho ny finoanoam-poana, ny rentirenty sy ny avonavon' ny papa. Nangatahin' ireo irak' i Roma ireo fiangonana kristiana ireo hanaiky ny fahefana fara-tampony ananan' ny papa andriamanjaka. Novalian' ny Anglisy moramora fa sitrany ny ho tia ny olona rehetra, saingy tsy nomena zo hanana fahefana fara-tampony amin' ny fiangonana ny papa, koa noho izany ny fileferana amin' ny mahasamy mpanaraka an' i Kristy ihany no azony atolotra azy. Nisy fanandramana niverimberina natao ahazoana antoka ny fankatoavany an' i Roma : nefa novalian' ireo kristiana feno fanetren-tena taminkafanam-po izay gaga tamin' ny avonavon' ireo iraka ireo, fa tsy mahalala tompo hafa afa-tsy i Kristy izy. Niseho tamin' izay ny tena toe-tsaina papaly. Hoy ilay filoha avy any Roma : «Raha tsy raisinareo ho rahalahy mitondra fiadanana izahay, dia ho fahavalo mitondra ady no horaisinareo. Raha tsy miray aminay ianareo haneho ny lalàn' ny fiainana amin' ny Saxon, dia famelezana hahafaty anareo no horaisinareo aminyw» [1]. Tsy vazivazy izany fandrahonana izany. Nampiasaina ny ady, ny fiokoana sy ny fitaka hoenti-mamely ireo vavolombelona mitaky finoana araka ny Baiboly ireo mandra-paharavan' ireo fiangonana tany Angletera, na nahavoatery azy hilefitra teo amin' ny fahefan' ny papa.

Teo amin' ny tany ivelan' ny fanapahan' i Roma, dia nisy antokon' ny kristiana nandritra ny taonjato maro izay afaka tanteraka ka saiky tsy voakasiky ny faharatsiana papaly. Voahodidin' ny jentilisa izy ireo ary nisy fotoana izay nifindran' ireo hevi-disony taminy; nefa ny Baiboly no mbola noheveriny ho hany fitsipiky ny finoana, ary nekeny ny fahamarinana maro voalazany. Ninoan' ireo kristiana ireo ny mampaharitra mandrakizay ny lalàn' Andriamanitra ka nitandrina ny Sabatan' ny-didy fahefatra izy. Nisy fiangonana nitandrina io finoana sy io fomba io tany Afrika Afovoany sy tany amin' ireo Armeniana tany Asia.

Nefa ny Vaudois no nijoro indrindra tamin' ireo izay niaritra ny fanitsakitsahana nataon' ny fahefana papaly. Teo amin' ny tany izay nanorenan' ny fahefana papaly ny seza fiandrianany indrindra, no nanoherana mafy indrindra ny fitaka sy ny toetra ratsiny. Nitana ny fahaleovantenany nandritra ny taonjato maro ireo fiangonana tany Piémont ; nefa tamin' ny farany dia tonga ny fotoana izay nanizingizinan' i Roma ny hileferany. Rehefa niady nanohitra ny toetrany loza be ny mpitarika ireo fiangonana ireo nefa tsy nahomby, dia nanaiky tsy fidiny ny fahefana fara-tampony izay toa niankohofan' izao tontolo izao manontolo. Tao anefa ireo izay nandà tsy hilefitra amin' ny fahefan' ny papa na ny an' ireo mpitondra ambony. Nanapa-kevitra ny hitana ny fankatoavany an' Andriamanitra izy sy ny hitandrina ny fahadiovana sy ny fahatsoran' ny finoany. Nisy ny fisarahana.

Niala izao ireo izay nifikitra tamin' ny finoana taloha ; nisy nandao ny Alpes tanindrazany, ka lasa nanainga ny fanevan' ny fahamarinana tany an-tany hafa; ny sasany kosa nivady fialofana tany amin' ny hadilalana sy tany amin' ireo vatolampy fiarovana mafy tany an-tendrombohitra, ary tany no niarovany ny fahafahany hanompo an' Andriamanitra.

Ny finoana izay notazonin' ireo kristiana Vaudois sy nampianariny nandritra ny taonjato maro dia nifanohitra mazava tamin' ny fampianarana naroson' i Roma. Nifototra tamin' ny Tenin' Andriamanitra voasoratra. dia ny tena rafitry ny fivavahana kristiana ny finoany teo amin' ny fivavahana. Nefa ireo tantsaha tsotsotra, tao amin' ny fialofany mangina, tafasaraka tamin' izao tontolo izao, ary voafatotra tamin' ny asa mafy andavan' andro teo amin' ny biby fiompiny sy ny tanimboalobony, dia tsy tonga samirery teo amin' ny fahamarinana mifanohitra amin' ny foto-pinoany sy ny hevi-diso nentin' ny fiangonana mihemotra. Tsy finoana vao noraisiny ny finoany. Lova noraisiny avy tamin' ny razany izany. Niady ho an' ny fiangonana apostolika izy. dia ilay «finoana» izay efa voatolotra indray mandeha monja ho an' ny olona masina.[2] «Ilay fiangonana tany an-efitra», fa tsy ireo ambaratongam-pahefana feno avonavona manjaka eo amin' ny renivohitra iehiben' izao tontolo izao, no tena fiangonan' i Kristy ; ilay mpitahiry ny haren-tsarobidin' ny fahamarinana izay nankinin' Andriamanitra tamin' ny vahoakany mba homena izao tontolo izao.

Anisan' ny antony lehibe indrindra izay nahatonga ny fisarahan' ny fiangonana marina tamin' i Roma ny fankahalany ny Sabatan' ny Baiboly. Araka ny nambaran' ny faminaniana, dia nazeran' ny fahefana papaly teo amin' ny tany ny fahamarinana. Voahitsakitsaka tao amin' ny vovoka ny lalàn' Andriamanitra, fa nasandratra kosa ny lovan-tsofina sy ny fomba amam-panaon' ny olombelona. Vetivety dia voatery nanaja ny Alahady ho andro masina ireo fiangonana teo amin' ny fifehezan' ny fahefana papaly. Voahodidin' ireo hevi-diso sy finoanoam-poana ny zanak' Andriamanitra, ka maro tamin' izy ireo no very hevitra indrindra, eny, na dia ny tena vahoakan' Andriamanitra aza, ka sady nitandrina ny Sabatan' ny olona, no nijanona tsy nanao raharaha koa tamin' ny Alahady. Tsy nahafa-po ireo mpitarika teo amin' ny fahefana papaly anefa izany. Tsy notakiany fotsiny ny hanamasinana ny Alahady, fa notakiany koa ny hanazimbazimbana ny Sabata; dia nomelohiny tamin' ny teny mahery vaika indrindra izay sahy naneho fanajana izany. Ny fandosirana ny fahefan' i Roma ihany no nahazoana nankatò ny didin' Andriamanitra tamim-piadanana.

Ny Vaudois no anisan' ny Eoropeana voalohany indrindra nahazo ny Soratra Masina voadika tamin' ny fiteniny (jereo Fanampiny). Taonjato maromaro talohan' ny Fanavaozana ara-pivavahana, dia efa nanana ny Baiboly vita sora-tanana tamin' ny tenin-drazany izy. Nanana ny

fahamarinana tsy voaloto izy, ary izany no nahatonga azy hianjadian' ny fankahalana sy ny fanenjehana. Nambarany fa ny Fiangonan' i Roma no Babylona nihemotra voalazan' ny Apokalypsy, ary nampidi-doza ny ainy ny fijoroany hanohitra ny fahalotoany. Rehefa nitohy naharitra ela ny fanerena noho ny fanenjehana, dia nisy nampandefitra ny finoany ary tsikelikely dia nampilefitra ireo foto-kevitra niavaka teo amin' ny finoany, fa ny sasany kosa dia nitana mafy ny fahamarinana. Nandritra ireo andron' ny fahamaizinana sy ny fihemorana, dia nisy Vaudois izay nandà ny fahefan' i Roma faratampony sy nitsipaka ny fiankohofana tamin' ny sary ho toy ny fanompoamtsampy ary nitandrina ny Sabata marina. Nitana ny finoany izy na dia teo amin' ny tafiotra mafy indrindran' ny fanoherana aza. Na dia nandratra azy mafy aza ny lefon' ireo andrian-dahy tany Savoie ary na dia namaivay taminy aza ny antontan-kitain' i Roma, dia nijoro tsy azo nohozongozonina ho an' ny Tenin' Andriamanitra sy ny voninahiny izy.

Tany ambadik' ireo fiarovana avo any an-tendrombohitra izay fialofana hatrizay ho an' ny nenjehina sy ny nampahoriana, no nahitan' ireo Vaudois toerana iafenana. Tao no voatahiry hirehitra hatrany ny fahazavan' ny fahamarinana teo anivon' ny haizina tamin' ny Andro Antenantenany. Tao no nitazonan' ny vavolombelon' ny fahamarinana ny finoana hatrizay, nandritra ny arivo taona.

Efa nanomana fitoerana masina miezinezina ho an' ny vahoakany Andriamanitra, izay nifanentana tamin' ireo fahamarinana manankery nankinina taminy hotehiriziny. Tandindon' ny fahamarinan' i Jehovah tsy miova ho an' ireo olona mahatoky natao sesi-tany ny tendrombohitra. Nasehony tamin' ny zanany ireny tendron-kavoana manerinerina toa tilikambo nisandratra teo amboniny tamin' ny fiandrianana tsy miova ireny, ary noresahiny taminy «Ilay tsy misy fiovaovana na aloka avy amin' ny fihodinana», ary ny Teniny maharitra sahala amin' ny havoana mandrakizay. Andriamanitra no efa nampiioetra mafy ny tendrombohitra sy nanohana azy tamin' ny hery tsy misy sandry afa-tsy ny an' Ilay hery tsy hita fetra no afaka hanongotra azy amin' ny fitoerany. Toy izany koa no nampitoerany ny lalàny, izay fototry ny fanjakany any an-danitra sy etý an-tany. Mety hikasitanana ny mpiara-belona aminy ny olona ka hanala ny ainy ; nefa toy ny hasarotry ny hanongotan' io tanana io ny tendrombohitra hatrany amin' ny fotony, ka hanipy izany any an-dranomasina, no tsy ahazoany' manova fotokevitra iray amin' ny lalàn' i Jehovah, na hikosoka ny anankiray amin' ireo teny fikasana natao ho an' izay manao ny sitrapony. Tokony ho mafy tahaka ireo havoana tsy mihetsika ireo ny mpanompon' Andriamanitra, eo amin' ny toetrany mahatoky amin' ny lalàny.

Ireo tendrombohitra izay manodidina ny lohasahany eo ambany dia vavolombelona maharitra ny herin' Andriamanitra mpamorona, sy antoka

tsy miova na oviana na oviana ny fiarovany sy ny fiahiany. Nianatra ny ho tia ireo tandindona manginan' ny fanatrehan' i Jehovah ireny mpivahiny ireny. Tsy nitaraina kely akory noho ny hamafin' ny anjarany izy ireo, ary tsy mba irery na oviana na oviana teo amin' ireo tendrombohitra mangina. Nisaotra an' Andriamanitra izy noho ny nanomanany ho azy fialofana amin' ny fahatezerana sy ny fahasiahan' ny olona. Niravoravo izy noho ny fahazoany mivavaka malalaka eo anatrehan' Andriamanitra. Matetika rehefa enjehin' ireo fahavalony izy, dia fiarovana azo antoka ho azy ny fahamafisan' ny havoana. Avy any an-tampon-kavoana avo any no hanaovany hira fiderana an' Andriamanitra, ary tsy afaka mampangina ny hira fisaorany ireo tafik' i Roma.

Nadio, tsotra sy nafana ny fitiavam-bavaka hita teo amin' ireo mpanaraka an' i Kristy ireo. Ambony vidy taminy mihoatra noho ny trano, ny tany. ny havana aman-tsakaiza, eny, na dia ny ainy aza ireo foto-kevitry ny fahamarinana. Nokatsahiny fatratra izay handatsahana ireo foto-kevitra ireo tao am-pon' ny tanora. Hatramin' ny fahazazany indrindra, dia notezaina araka ny Soratra Masina ny tanora ary nampianarina hihevitra ireo fitakian' ny ialàn' Andriamanitra ho masina. Vitsy ny Baiboly ; noho izany dia nianarana tsianjery ny teny sarobidy. Maro izy ireo no afaka namerina ankandrina ampahany betsaka tamin' ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao. Nampiraisiny tamin' ireo toe-javatra kanto eo amin' ny zavaboary manodidina azy toy ny tamin' ireo fitahiana tsotsotra eo amin' ny fiainana andavandro ireo fisainana avy amin' Andriamanitra. Ireo ankizy madinika dia nianatra ny hibanjina an' Andriamanitra amim-pankasitrahana, Ilay nanome tombon-tsoa sy ny fampiononana rehetra.

Na dia malemy fanahy sy be fitiavana aza ny ray aman-dreny, dia feno fahendrena indrindra tamin' ny fitiavany ny zanany, ka tsy nanazatra azy tamin' ny fampanaranam-po ny tena. Fiainana feno fitsapana sy zava-tsarotra, ary angamba fahafatesan' ny maritiora no teo anoloan' izy ireo. Nobeazina hatrany amin' ny fahazazany izy hiaritra ny mafy, hilefitra amin' ny fifehezan' ny ray amandreny, nefa na izany aza dia ho tompon' andraikitra amin' ny fisainany sy ny asany. Mbola kely tokoa izy ireo dia efa nampianarina handray andraikitra, hiambina ny vavany, ary hahalala ny fahendrena eo amin' ny fahanginana. Ny teny tsy voambina iray latsaka ao an-tsofin' ny fahavalony dia mety hampidi-doza tsy ny ain' ilay niteny ihany, fa ny ain' ny an-jatony amin' ny rahalahiny, fa tahaka ny ambodia mitady ny hazany ireo fahavalon' ny fahamarinana, manenjika ireo izay sahy mitaky ny fahafahany eo amin' ny fivavahana sy ny finoana.

Efa nataon' ireo Vaudois sorona ho an' ny fahamarinana ny fanambinana azy araka izao tontolo izao, ary niasa mafy tamimpikirizana sy tamim-paharetana izy hahazoany hanin-kohanina. Ny toerana rehetra azo

nambolena tany an-tendrombohitra dia nokolokoloina fatratra; ireo lohasaha sy ireo tehezan-kavoana tsy mahavokatra loatra dia namboarina hahavokajavatra. Ny fahaizana mitsitsy sy ny fahafoizan-tena lehibe no anisan' ny fanabeazana noraisin' ny ankizy ho hany lova ho azy. Nampianarina azy fa nokasain' Andriamanitra ho feno fifehezan-tena ny fiainana ary ny asa mafy ataon' ny tenany ihany no ahazoany ny zavatra ilainy, ny fahaizana mitsinjo ny ho avy, ny fikarakarana ary ny finoana. Mafy sy mandreraka izany fitondrana izany nefa nahasoa, ary sahaza ny olona efa lavo ; io no sekoly nomanin' Andriamanitra mba hitaizana ny olona sy hitomboany. Nozarina hiasa mafy sy hisetra zava-tsarotra ny tanora, nefa tsy natao an-tsirambina ny fanolokoloana ny sainy. Nampianarina azy fa an' Andriamanitra ny hery rehetra, ary izy rehetra dia amboarina sy volavolaina hanompo Azy.

Nitovy tamin' ny fiangonana tamin' ny andron' ny apostoly ireo fiangonana Vaudois teo amin' ny fahadiovana sy ny fahatsorany. Notsipahany ny fahefan' ny papa sy ny an' ireo filohan' ny fiangonana ary ny Baiboly no noraisiny ho hany fahefana ambony indrindra tsy mety diso. Ireo mpitandrina teo aminy dia tsy nanao toy ireo mpisorona miavonavona tao Roma, fa nanahaka ny ohatra navelan' ny Tompony, Ilay tonga «tsy hotompoina fa mba hanompo». Namahana ny andian' ondrin' Andriamanitra , nitarika azy ho eo amin' ny ahi-maitso sy ny loharano velon' ny teniny masina izy. Lavitry ny tsangambaton' ny rentirentin' ny olombelona sy ny avonavony no nivorian' ny vahoaka, tsy tao amin' ny fiangonana mirenty na tao amin' ny katedraly miezinezina, fa tao ambanin' ny aloky ny tendrombohitra, tany amin' ny lohasahan' ny Alpes, na rehefa misy loza, tany amin' ny fiarovana mafin' ny vatolampy ; tany no nihainoany ny tenin' ny fahamarinana avy amin' ireo mpanompon' i Kristy. Tsy nitory ny filazantsara fotsiny ny mpitandrina, fa namangy ny marary koa izy, nampianatra finoana ny ankizy, nananatra ny mania, ary niasa mafy hampitony ny adi hevitra, hampitombo ny firindrana sy ny fitiavan' ny mpirahalahy. Rehefa mandry ny tany dia ny fanomezana an-tsitrapo ataon' ny vahoaka no nanohanana azy ireo ; nefa, tahaka an' i Paoly mpanao lay, dia samy nianatra asan-tanana izay ahazoany mizaka tena avy izy raha ilaina izany.

Ny mpitandrina no nitaiza ny tanora. Nomena anjara toerana ireo taranjam-pianarana ankapobeny, nefa ny Baiboly no matoampianarana. Nianarana tsianjery ny filazantsaran' i Matio sy Jaona, sy ny Epistily maro. Nampiasaina koa izy ireo handika ny Soratra Masina. Nisy boky soratanana nahitana ny Baiboly manontolo, ny sasany kosa ampahany fohifohy nofantenana izay nampianarin' ireo afaka nanadihady ny Soratra Masina fanazavana tsotra ny lahateny. Tamin' izany fomba izany no nanehoana ireo haren' ny fahamarinana izay nafenin' ireo nitady hanandratra ny tenany ho ambonin' Andriamanitra nandritra ny fotoana ela tokoa.

Asa nitaky faharetana tsy nety sasatra, matetika tany amin' ny zohin' ny tany lalina sy maizina, tamin' ny fahazavan' ny fanilo, no nanoratana ny Soratra Masina isan' andininy, isaky ny toko. Nandroso toy izany ny asa, namirapiratra tahaka ny volamena madio ny sitrapon' Andriamanitra voambara; namirapiratra bebe kokoa manao ahoana, nazava bebe kokoa, sy nanan-kery bebe kokoa izany noho ireo fitsapana niaraka taminy. Ireo izay niditra antsehatra tamin' ny asa ihany no afaka nahatsapa izany. Nanodidina ireo mpiasa mahatoky ireo ny anjely avy any an-danitra.

Namporisihan' i Satana ireo pretran' ny papa sy ireo filohan' ny fiangonana handevona ny tenin' ny fahamarinana ao anatin' ny loton' ny hevi-diso sy ny finoanoam-poana; nefa voatahiry ho madio mandritra ny andro rehetra nanjakan' ny haizina tamin' ny fomba mahagaga indrindra izany. Tsy mitondra ny dian-tanan' ny olombelona ny fahamarinana, fa misy kosa ny tombo-kasen' Andriamanitra. Tsy nety sasatra ny olona niezaka hanamaizina ny dikan' ny Soratra Masina tsotra sy mazava, sy hampifanohitra ny teny vavolombelona lazainy, nefa tahaka ny avana ambonin' ny rano lalina manonja ny tenin' Andriamanitra izay mivoaka ivelan' ny tafio-drivotry ny nitady ny hanapotika azy. Toy ny lavaka fihadiana harena misy lalambolamena sy volafotsy sarobidy voafina ao ambanin' ny tany ka tsy maintsy mandavaka izay ta-hahita ireo tahiry sarobidy ireo. Toy izany koa, ny Soratra Masina dia misy fahamarinana sarobidy izay tsy aseho afa-tsy amin' ny mpikaroka izany amin-kafanam-po sy amim-panetren-tena ary amim-pivavahana ihany. Notendren' Andriamanitra ho boky fianarana ho an' ny zanak' olombelona rehetra ny Baiboly, eo amin' ny fahazazany, eo amin' ny fahatanorany, ary eo amin' ny maha-olon-dehibe azy, ary hianarana amin' ny fotoana rehetra. Nomeny ny olona ny teniny ho fanambarana ny tenany. Ny fahamarinana vaovao rehetra hita dia fanehoana vaovao ny toetra amam-panahin' Ilay nanoratra izany. Ny fianarana ny Soratra Masina no fomba notendren' Andriamanitra hampifandray akaiky ny olona amin' ny Mpamorona azy sy hanomezana azy fahaialana mazavazava kokoa ny sitrapony. Izy no lalana mampitohy amin' Andriamanitra sy ny olona.

Raha noheverin' ireo Vaudois ho ny fahatahorana an' i Jehovah no fiandoham-pahendrena, dia tsy nanao ambanin-javatra ny mahazava-dehibe ny fifandraisana amin' izao tontolo izao izy, mba hampitatra ny faranitan-tsainy, ny fahaialana momba ny olombelona. ary ny fiainana miasa. Nisy tanora, avy tamin' ny sekolin' izy ireo tany an-tendrombohitra no nalefa hanohy fianarana ambaratonga ambony tany amin' ny tanàn-dehibe tany Frantsa sy tany Italia, izay nahitany saha midadasika tokoa hianarany, hieritreretany sy handinihany noho ny tany amin' ny Alpes, toerana nahaterahany. Ny tanora nalefa toy izany dia teo anoloan' ny fakam-panahy, nahita maso ny faharatsiana, ary nifanehitra teo amin' ireo fiasan' i Satana fetsy, izay namporisika azy ho amin' ny hevi-diso saro-pantarina indrindra sy

ny fitaka mampidi-doza indrindra. Nefa ny fanabeazana azy hatrany amin' ny fahazazany dia nanomana azy handresy amin' ny fizahan-toetra.

Tany amin' ny sekoly izay nalehany dia tsy tokony ho natoky na iza na iza izy. Efa namboarina ny fitafiany mba hanafenany ny hareny lehibe indrindra, dia ireo sora-tanana sarobidin' ny Soratra Masina. Vokatry ny asa mafy am-bolana sy an-taona izany, ary nentiny niaraka taminy. Na taiza na taiza nahazoany nametraka izany ka tsy hahatonga fiahiahiana azy, dia nametrahany ampahany ke'iy tamim-pitandremana fatratra, teo amin' ny lalan' ireo izay nanana fo toa nisokatra handray ny fahamarinana. Hatreny ampofoan-dreniny ny tanora Vaudois no efa notezaina hitsinjo izany zavakendrena izany ; fantany tsara ny asa ary notanterahiny tamimpahatokiana izany. Nisy olona niova fo hanaraka ny finoana marina tao amin' ireo toerampianarana ireo, ary matetika no hita fa manerana ny sekoly manontolo ny foto-kevitr' izany finoana izany. Nefa tsy voarak' ireo iraka nalefan' ny papa hatrany amin' ny loharano niaviany tamin' ny fikarohana akaiky indrindra nataony ireo izay nolazainy fa mpamafy hevi-diso (herezia)

Ny toe-tsain' i Kristy dia toe-tsaina misionera. Ny fihetsika voalohany indrindra ataon' ny fo nohavaozina dia ny hitondra ny hafa koa ho eo amin' ny Mpamonjy. Toy izany ny toe-tsain' ireo kristiana Vaudois. Tsapany fa tsy nitaky taminy ny fitehirizana ny fahamarinana ho eo amin' ny fahadiovany ao amin' ny fiangonany fotsiny Andriamanitra; tsapany fa nisy andraikitra miezinezina nipetraka taminy hanazava ireo izay mitakizina ao amin' ny haizina. Tamin' ny alalan' ny herin' ny Tenin' Andriamanitra no niezahany hanapatapaka ny ziogan' ny fanandevozana izay nampiharin' i Roma. Nantsoina ho misionera ireo mpitandrina Vaudois, ary izay rehetra nanam-paniriana ho mpitandrina, dia nasaina nanao fanandramana amin' ny maha-evanjelistra azy aloha. Tsy maintsy samy miasa telu taona avy any amin' ny sahan' ny misiona aloha vao miandraikitra fiangonana iray any an-tanindrazana. Io asa fanompoana io, izay nitaky fandavan-tena sy fahafoizan-tena hatrany am-boalohany, dia fitarihana nety koa hidirana ho amin' ny fiainan' ny mpitandrina tamin' ny andro izay nisedrana ny fanahin' ny olona. Ny tanora izay nandray fanosorana ho amin' ny asa fanompoana masina dia tsy nanoloana harena sy voninahitra eto an-tany, fa fiainana feno asa mafy sy loza mananontanona, ary angamba mety ho faty maritiora. Nandeha tsiroaroa ny misionera, tahaka ny nanirahan' i Jesosy ny mpianany. Ny tanora dia matetika niaraka tamin' ny efa zokiolona izay sady efa ela nihetezana, ilay tanora izany dia tarihin' ilay namany izay tompon' andraikitra amin' ny fanazarana, ary nitandrina koa ny fampianarana azy. Tsy niaraka mandrakariva tsy akory ireo mpiara-miasa ireo, fa nihaona matetika mba hivavaka sy hifanoro hevitra, ary tamin' izany fomba izany dia nifampahery tamin' ny finoana.

Raha nampahafantariny ny zava-kendreny teo amin' ny asa nanirahana azy, dia azo antoka ny fahareseny; noho izany dia nafeniny tamim-pitandremana fatratra ny tena anton' izany. Ny mpitandrina tsirairay dia samy nanana fahaialalana momba ny asa na ny raharaha iray, ary nanao ny asany "ireo misionera tamin' ny fanaronana izany amin' ny asa andavanandro. Matetitka ny mpivarotra na ny mpanao varo-mandeha no asa nofidiny. «Nitondra lamba lasoa, vato soa sy zavatra hafa izy, izay tsy mora ny mahita azy tamin' izany fotoana izany raha tsy eny amin' ny tsena lavi-toerana ; noraisina tsara amin' ny maha-mpivarotra azy izy teo amin' ny toerana izay tokony nandosirana azy kosa raha misionera izy» [3]. Nanandratra hatrany ny fo amam-panahiny tamin' Andriamanitra izy mba hangataka fahendrena ahazoany mampiseho ilay harena sarobidy noho ny volamena na ny vatosoa, dia ny Tenin' Andriamanitra manontolo na ampahany ihany no nadika ka nentiny ankinafinafina; ary na taiza na taiza nisy fotoana mety hanaovana izany, dia notarihiny ho amin' ireo boky sora-tanana ireo ny sain' ny mpividy. Matetika dia nanjary nisy fahalinana hamaky ny Soratra Masina tamin' izany fomba izany, ary tamim-pifaliana no namelany ampahany ho an' ireo izay naniry ny handray izany.

Ny asan' ireo misionera dia nanomboka teo amin' ny lohasaha teo am-pototry ny tendrombohitra nisy azy, nefa dia nitatra tany amin' ny faritra lavitra. Tsy nikiraro izy ary nanao fitafiana tsotra toy ny an' ny Tompo, sady feno vovoka teny an-dalana nitety ny tanàn-dehibe ary tonga tany an-tany lavitra. Nafafiny hatraiza hatraiza ny voa sarobidy. Nitsangana ny fiangonana teo amin' ny lalana nalehany, ary vavolombelon' ny fahamarinana ny ran' ny maritiora. Amin' ny andro lehiben' Andriamanitra, dia ho hita ny vokatra nampidirin' ireo olona mahatoky ho ao an-tsopitry ny lanitra, dia fanahy sarobidy. Niafinafina sy nangingina ny lalana nizoran' ny Tenin' Andriamanitra nandritra ny andro kristiana, nefa noraisina tamim-pifaliana tao amin' ny tokantrano sy tao ampon' ny olona.

Ho an' ny Vaudois dia tsy fitantarana ny fifandraisan' Andriamanitra tamin' ny olona, sy fanehoana ny adidy aman' andraikitra ankehitriny ihany no hitany ao amin' ny Tenin' Andriamanitra, fa fanehoana koa ny loza sy ny voninahitra ho amin' ny ho avy. Nino izy fa tsy lavitra ny fiafaran' ny zavatra rehetra, ary rehefa nianatra ny Baiboly tamim-pivavahana sy tamin-dranomaso izy dia latsaka lalindalina kokoa tao am-pony ny teny sarobidy sy ny adidiny hampahafantatra amin' ny hafa ireo fahamarinana mitondra famonjena. Hitany mazava ny drafitry ny famonjena novelarina ao amin' ireo takila masina, ary nahita fiononana, fanantenana sy fiadanana izy tamin' ny finoany an' i Jesosy. Raha nampahiratra ny sainy ny fahazavana ka naharavoravo ny fony, dia naniry mafy ny hampitosaka ny tara pahazavana teo amin' ireo izay tao amin' ny haizin' ny hevi-dison' ny fahefana papaly izy.

Hitany fa eo ambanin' ny fitarihan' ny papa sy ny pretra, dia ho very maina foana ny fiezahan' ny maro hahazo famelan-keloka amin' ny fampahoriana ny vatany noho ny fahotan' ny fanahiny. Koa satria nampianarina hitady fiadanam-po sy famonjena teo amin' ny fanaovana asa soa izy ireo, dia nanosika azy hampijaly ny tenany sy ny fanahiny ny fahatsapany ny fahotany, ary ny fahatahorana ny fahatezeran' Andriamanitra, nefa tsy nahita fiononana na dia kely aza. Tamin' izany fomba izany dia nisy olona tso-po voafatotr' ireo fampianaran' i Roma. An' arivony no nandao ny havana aman-tsakaizany ary nandany ny fiainany tany amin' ny efitrano etin' ny tranon-drelijiozy. Tamin' ny alalan' ny fifadiankanina sy ny fikapohana ny tenany niverimberina, tamin' ny alalan' ny fiaretan-tory hatramin' ny sasak' alina, tamin' ny alalan' ny fiankohofana mandritra ny ora maro mahavizana, eo amin' ny vato mangatsiaka sy mandon' ny tranony maizimaizina, tamin' ny alalan' ny fivahiniana masina lavabe, amin' ny alaian' ny famaizan-tena mampietry sy ny fampijalian-tena mampihoron-koditra no nitadiavan' ny olona an' arivony ny fladanan' ny fanahiny. Nanindry azy ny fahatsapany ny fahotana, ary nanenjika azy ny fahatahorana ny fahatezeran' Andriamanitra mamaly faty, ka betsaka no nijaly mandra-pahalefin' ny nofo efa reraka, ary nidina tany am-pasana tsy mba nanana na dia tara-pahazavana iray na fanantenana kely akory.

Nirin' ireo Vaudois mafy ny hamaky ny mofon' aina ho an' ireo fanahy maty noana, ny hanokatra eo anoloany ireo hafatry ny fiadanana ao amin' ny teny fikasan' Andriamanitra, Ilay hany fanantenana ny famonjena ho azy. Hitany mazava ny fahadisoan' ny fampianarana milaza fa afaka hanonitra ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra ny asa tsara. Ny fitokisana ny fahamendrehan' olombelona dia manakana ny fahitana ny fitiavan' i Kristy tsy voafetra. Maty Jesosy ho avotra ho an' ny olona satria tsy afaka manao na inona na inona ny taranaka lavo mba haneken' Andriamanitra azy. Ny fahamendrehan' Ilay Mpamonjy nohomboina tamin' ny hazo fijaliana sy nitsangana tamin' ny maty no fototry ny finoana kristiana. Ny fiankinan' ny fanahy amin' i Kristy dia tokony ho tena misy tokoa, ary ny firaisany Aminy dia tokony ho ety tahaka ny firaisan' ny tongotra aman-tanana amin' ny vatana, na tahaka ny firaisan' ny sampana amin' ny voaloboka.

Nanova endrika an' Andriamanitra sy Kristy ho toy ny olona masiaka, malahelo lava sy be fandrarana ny fampianaran' ny papa sy ny mpisorona. Naseho ho toy ny tsy mankasitraka ny firaisampo amin' ny olona eo amin' ny toerana mahalavo azy loatra ny Mpamonjy ka tsy maintsy nilaina ny fanelanelanan' ny mpisorona sy ny olo-masina. Ireo izay nanana saina nohazavain' ny Tenin' Andriamanitra, dia naniry indrindra ny hanondro an' i Jesosy tamin' ireo, fanahy ireo dia Ilay Mpamonjy mangora-po, be fitiavana,

mitsangana manatsotra ny tanany, miantso ny rehetra hanatona Azy hitondra ny enta-mavesatry ny fahotana, ny ahiahy sy ny havizanana. Niriny mafy ny hanala ireo zava-misakana navangongon' i Satana mba tsy hahitan' ny olona ireny teny fikasana ireny, ka tsy hanatonany mivantana an' Andriamanitra, hiaiky ny fanotany sy handray famelankeloka sy fiadanana.

Nazoto tokoa ireo misionera Vaudois namelabelatra ireo fahamarinana sarobidy ao amin' ny filazantsara tamin' ny olona nanadihady ny amin' izany. Tamim-pahamalinana fatratra no namoahany ireo ampahan' ny Soratra Masina nosoratana tamim-pitandremana. Ny fifaliana lehibe indrindra ho azy dia ny manome fanantenana ho an' ny fanahy mahitsy fo nefa voa mafy izay tsy afaka nahita afa-tsy Andriamanitra mpamaly faty, miandry ny hampihatra ny fahamarinany. Nangovitra ny molony ary nanganohano ny masony, matetika no mandohalika Izy, raha namelatra teo amin' ny rahalahiny ireó teny fikasana sarobidy izay manambara ny hany fanantenana ho an' ny mpanota. Tamin' izany fomba izany no nidiran' ny fahamarinana tao amin' ireo saina maro efa nohamaizinina, ka nampihorona ny rahon' ny alahelo hiala, mandra-pamirapiratry ny Masoandron' ny fahamarinana manana fanasitranana eo amin' ny tanany ao am-po. Matetika dia naverimberina novakiana ny ampahany sasany ao amin' ny Soratra Masina, satria nirin' ny mpihaino ny hamerenana izany, tahaka ny tiany ho azo antoka fa reny tsara. Ny famerenana ireto teny ireto no tena nirina mafy tamin' ny fomba manokana. «Ny ran' i Jesosy Kristy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny fahotana rehetra» [4]. «Tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra, no tsy maintsy hanandratana koa ny Zanak' olona; mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay» [5].

Maro no tsy voafitaka intsony ny amin' ny fitakiana nataon' i Roma. Hitany fa tsy misy antony tokoa ny fanelanelanana ataon' ny olona na ny anjely ho an' ny mpanota. Raha niposaka tao an-tsainy ny tena fahazavana, dia nihoraka tamim-pifaliana izy hoe : «Kristy no pretra ho ahy ; sorona ho ahy ny rany ; ny fanaovako konfesy dia ny alitarany». Niantoraka tanteraka tamin' ny fahamendrehan' i Jesosy izy, naverimberina ny teny hoe : «Raha tsy amin' ny finoana, dia tsy misy azo atao ahazoana sitraka Aminy» [6]«Tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena» [7]

Toa be loatra ka sarotra ekena ho zava-misy ho an' ireto fanahy mahantra natopatopan' ny tafio-drivotra ny toky momba ny fitiavan' ny Mpamonjy. Lehibe indrindra ny fanamaivanana nentin' izany, be indrindra ny fahazavana nanafotra azy ka toy ny any an-danitra no fiheverany ny tenany. Napetrany tamim-pahatokiana tao antanan' i Kristy ny tanany ;nitoetra teo amin' Ilay Vatolampy mandrakizay ny tongony. Foana ny tahotra ny fahafatesana

rehetra. Raha ilaina izany dia afaka misetra amim-pifaliana ny trano maizina sy ny fandorohana velona izy, mba ahazoany manome voninahitra ny anaran' ny Mpanavotra azy.

Toy izany no nitondrana sy namakiana ny Tenin' Andriamanitra tamin' ny toerana mangina, indraindray tamin' ny olona iray ihany, indraindray tamin' ny olona vitsivitsy izay naniry mafy ny fahazavana sy ny fahamarinana. Matetika dia ny alina manontolo no lany tamin' ny fandinihana azy. Lehibe loatra ny fahafinaretana sy ny fahatalanjonan' ny mpihaino hany ka fahita matetika ny mpitondra hafatra tsy navela hanohy ny vakiteny, raha tsy efa voarain' ny saina ny vaovaon' ny famonjena. Matetika no nivoaka ny teny toy izao: «Tena handray ahy *marina* ho zanany ve Andriamanitra ?» «Moa hitsiky *amiko* ve Izy ? Hamela ny heloko ve Izy ?» Novakiana ny valin' izany manao hoe : «Mankanesa atý amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana» [8].

Tamim-pinoana no namikiran' ny mpihaino ny teny fikasana ary niantsoantso tamim-pifaliana izy hoe : «Tsy misy fivahinianana lavitra hatao intsony ; tsy misy dia mandreraka hankanesana any amin' ny toerana lazaina ho masina intsony. Azoko atao ny manatona an' i Jesosy amin' izao toetrako izao, mpanota sady tsy masina, nefa tsy hanifakifaka ny fivavahan' ny miaiky heloka Izy». Hoy Izy tamiko: «*Voavela* ny fahotanao. Mety ho voavela ny heloka, eny, ny heloko!»

Misy onjam-pifaliana masina nameno ny fo, ary nasandratra tamin' ny hira fiderana sy fisaorana ny anaran' i Jesosy. Niverina tany an-tokantranony ireo fanahy sambatra ireo mba hanaparitaka ny fahazavana, hamerina amin' ny hafa, araka izay azony atao, ny fanandramana vao nataony, hilaza fa efa nahita ny lalana marina sy velona izy. Nanana hery mahagaga sy miezinezina ny tenin' ny Soratra Masina izay niteny nivantana tamin' ny fon' ireo izay naniry mafy ny fahamarinana. Feon' Andriamanitra izany, ka nampiaiky ireo izay nandre.

Nanohy ny lalany ny mpitondra ny fahamarinana; matetika anefa no nasian-teny ny fanetren-tenany, ny fahatsorany, ny hafanampony sy ny Fitiavany vavaka mafana. Matetika ny mpihaino dia manontany azy izay niaviany sy izay halehany. Gaga izy aloha tamin' ny voalohany, ary avy eo indray feno fankasitrahana sy fifaliana, ka tsy tonga tao an-tsainy intsony ny hanontany azy. Rehefa nangatahina izy ireo ho any an-tokantranony, dia novaliany fa tsy maintsy mamangy ny very ao amin' ny andian' ondry izy. Anjely avy any an-danitra va re iny ? hoy ny fanontanian' izy ireo.

Matetika dia tsy hita intsony ilay mpitondra ny fahamarinana. Efa lasa any amin' ny tany hafa izy, na nanapitra ny androny tany an-tranomaizina tsy fantatra, na angamba nihafotsy teo amin' ny toerana nahavavolombelon' ny

fahamarinana azy ny taolambalony. Nefa tsy nety rava ny teny izay navelany tao aoriany. Nanao ny asany tao am-pon' ny olona izany; ny vokatra kanton' izany dia tsy ho fantatra tanteraka raha tsy any amin' ny fitsarana.

Nanafika ny fanjakan' i Satana ireo misionera Vaudois, ka nitombo fahamalinana ny herin' ny maizina. Nanao andri-maso ny fiezahana rehetra hampandroso ny fahamarinana ilay andrianan' ny ratsy, ary nataony izay hampatahotra ireto mpitoriteny. Tsikaritr' ireo filoha tao amin' ny fahefana papaly fa fambara loza ho azy ny asan' ireo mpandehandeha tsopiainana ireo. Raha avela hamirapiratra ny fahazavan' ny fahamarinana ka tsy sakanana, dia hanala ireo rahon' ny hevi-diso izay nanarona ny vahoaka izany, ary hitarika ny sain' ny olona hivantana avy hatrany any amin' Andriamanitra, ka mety hanapotika ny fahefan' i Roma. Ny fisian' io vahoaka io mihitsy, izay mitana ny finoan' ny fiangonana taloha, dia vavolombelona mitohy momba ny fihemoran' i Roma, ary noho izany dia nahatonga fankahalana sy fanenjehana mangidy indrindra. Ny fandavan' izy ireo tsy hiala amin' ny Soratra Masina koa dia fanafintohinana izay tsy lefitr' i Roma. Nanapa-kevitra ary izy fa hikosoka azy ireo tsy ho eto an-tany. Nanomboka tamin' izay ny tafika masina nahatsiravina indrindra namely ny vahoakan' Andriamanitra tany an-tokantranony tany an-tendrombohitra. Nalefa hihaza azy ireo ny mpanadihady, ary dia niverimberina matetika ny toe-javatra nahitana an' i Abela tsy nanan-tsiny lavo teo anoloan' ny famelezan' i Kaina mpamono olona.

Impiry impiry no nanjary ngazana ny taniny lonaka. Ny trano fitoerany sy ny fiangonany nofongorana, ka teo amin' ny toerana izay nisy saha mahavokatra sy nisy ny tokantranon' ny vahoaka tsy manan-keloka sy mazoto miasa, dia tsy nisy intsony afa-tsy tany hay fotsiny. Toy ny bibidia mihamasiaka rehefa mahare fofondrà, dia toy izany koa ny haromotan' ireo mpiandany tamin' ny papa, nirehitra bebe kokoa tamin' ny alalan' ny fampijaliana ireo olona azony. Betsaka tamin' ireo vavolombelon' ny finoana madio no nenjehina eran' ny tendrombohitra sy nohazaina tany amin' ny lohasaha voahodidin' ny ala matevina sy ny vatolampy teny antendronkavoana izay niafenany.

Tsy nisy fiampangana azo namelezana ny fitondrantena sy ny toetra amam-panahin' io antokon' olona nohelohina io. Na dia ireo fahavalony aza dia nilaza fa olona mora hihavanana, tia fandriampahalemana sy tia fivavahana izy ireo. Ny helony lehibe dia izy tsy nanompo an' Andriamanitra araka ny sitrapon' ny papa. Noho io heloka io dia navangongo teo aminy avokoa ny fanalam-baraka, ny fitenenan-dratsy sy ny fampijaliana rehetra.

Rehefa nanapa-kevitra i Roma indray mandeha fa hamongotra io antokon' olona ankahalaina io, dia nisy taratasy avy any amin' ny papa nanameloka azy ho «heretika», (ho mitana finoana tsy eken' ny besinimaro)

ka natolotra hofongorana izy ireo.(jereo Fanampiny). Tsy nampangaina ho olona kamo, na ho olona tsy marina, na mpanakorontana izy, fa nolazaina fa nanana endriky ny fitiavambavaka sy ny fahamasinana izay «mamitaka» ny ondry ao amin' ny «tena vala» izy ireo. Noho izany dia nibaiko ny papa mba hanamontsamontsanana tahaka ny menarana misy poizina io antokon' olona fetsifetsy sy maharikoriko io, raha mandà ny hivadika» [9]. Moa ve nampoizina fa mbola hifanena amin' ireo teny ireo indray izy? Moa ve fantany fa voasoratra ao amin' ny bokin' ny lanitra izy ireny ka hifanatrika aminy any amin' ny fitsarana? «Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko» [10].

Io taratasy io dia niantso ny mambra rehetra ao amin' ny fiangonana mba handray anjara amin' ny ady masina atao amin' ny «heretika». Ho fanentanana azy ireo hiditra an-tsehatra ao amin' io asa lozabe io, dia «novotsorana tamin' ny sazy sy ny famaizana rehetra avy amin' ny fiangonana izy, na ny ankapobeny na ny an' ny tsirairay ; izay rehetra miditra an-tsehatra amin' ny ady masina dia afaka amin' ny fianianana rehetra mety nataony ; manamarina ny zony ho tompon' ny fananana izay mety nalainy tsy ara-dalàna izany ; ary nampanantenana fameian-keloka amin' ny fahotana tahaka izay mamono mahafaty «heretika». Manafoana ny fifanarahana rehetra natao ho tombon-tsoan' ny Vaudois izany ka mibaiko ny mpiasany handao azy ireo, ary mandrara ny olona rehetra tsy hanampy azy na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona, sady nanome fahefana ny olona rehetra handray ny fananany»[11]. Asehon' io lahatsoratra io mazava ny tena toe-tsaina tao ambadik' izany. Ny fitreron' ny dragona, fa tsy ny feon' i Kristy no re tamin' izany.

Tsy nampifandrindra ny toetra amam-panahiny tamin' ilay faneva lehiben' ny lalàn' Andriamanitra ireo filoha papaly, fa nanangana faneva nifanentana tamin' ny tenany, ary nanapa-kevitra ny hanery ny olona rehetra hifanaraka amin' izany, satria izany no sitrapon' i Roma. Noho izany dia niseho ny zava-doza mahatsiravina indrindra. Nisy mpisorona sy papa ratsy toetra sy mpiteny ratsy nanao ny asa nasain' i Satana notanterahiny. Tsy nisy toerana tao amin' izy ireo ny famindrampon' Ilay toe-tsaina izay nanomboana an' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana sy namonoana ny apostoly. Ilay toe-tsaina izay nanetsika an' i Néron lian-drà hamely ireo olona mahatoky tamin' ny andronу, io ihany no niasa mba hamongotra ireo izay tia an' Andriamanitra tsy ho eto an-tany.

Ny fanenjehana izay nianjady tamin' io vahoaka natahotra an' Andriamanitra io nandritra ny taonjato maro dia nozakainy tamim-paharetana sy tsy miova ka nanome voninahitra ny mpanavotra azy. Na dia namely azy aza ireo ady masina sy ireo vonoan' olona. toy ny vono moka izay niaretany, dia mbola notohizany ihany ny fandefasana misionera hanaparitaka ny

fahamarinana sarobidy. Nohazaina hatramin' ny fahafatesana izy ireo; nefa nanondraka ny voa nafafy ny rany, ka tsy tapaka ny nitondra vokatra betsaka. Toy izany no nahavavolombelon' Andriamanitra ny Vaudois an-jato taona talohan' ny nahaterahan' i Lotera. Niparitaka tany amin' ny tany maro izy ireo, ka namafy ny voan' ny Fanavaozana ara-pivavahana izay nanomboka tamin' ny andron' i Wiclef, nitombo sy nihalalina tamin' ny andron' i Lotera, ka tokony handroso hatrany hatramin' ny faran' ny andro noho ireo vonona koa hiaritra ny zavatra rehetra «noho ny Tenin' Andriamanitra sy ny filazana an' i Jesosy» [12].

**Fanamarihana**

1 J.H.Merle d'Aubigne, Tantaran' ny Fanavaozana ara-pivavahana tamin' ny taonjato faheninambinifolo, boky 17, toko 2.
2 Joda. 3
3 Wylie.boky 1.toko.7
4 1 Jao.1 : 7
5 Jao.3 : 14 . 15
6 Heb. 11 : 6
7 Asa. 4 : 12
8 Mat.11:28
9 Wylie. bok v 16. toko.1
10 Mat. 25: 40
11 Wylie. Boky 16. toko 1
12 Apok.1:9

# 5

# *Jean Wiclef*

Talohan' ny Fanavaozana ara-pivavahana dia nisy fotoana izay tsy nisian' ny Baiboly at'a-tsy vitsy foana, nefa tsy navelan' Andriamanitra ho foana tanteraka ny teniny. Tsy navelany ho voafina mandrakizay io zava-tsoa io. Azony natao mora foana ny namaha ny tenin' ny fiainana toy ny nahazoany nampidanadana ny varavaran' ny tranomaizina sy nampivoha ireo vavahady vy mba hanafahana ny mpanompony. Tany amin' ny tany samihafa tany Eoropa dia nisy olona nohetsehin' ny Fanahin' Andriamanitra nikatsaka ny fahamarinana tahaka ny harena nafenina. Andriamanitra no nitarika azy teo amin' ny Soratra Masina, ka liana fatratra izy nianatra ireo takelaka masina. Vonona ny hanaiky ny fahazavana izy na toy inona na toy inona ho vidin' izany aminy. Na dia tsy hitany mazava aza ny zavatra rehetra, dia afaka nahazo fahamarinana maro efa voalevina ela izy. Iraka nalefan' ny lanitra izy ireo ka nandroso nanapatapaka ny rojon' ny hevi-diso sy ny finoanoam-poana, ary niantso ireo izay efa nandevozina ela loatra mba hitsangana sy hampisy lanjany ny fahafahany.

Afa-tsy tao amin' ireo Vaudois, dia toa voahidy nandritra ny taona maro ny tenin' Andriamanitra noho izy voasoratra tamin' ny fiteny izay ny nahita fianarana ihany no nahay azy ; nefa tonga ny fotoana nandikana ny Soratra Masina sy nanomezana azy ny olona amin' ny fiteny samihafa amin' ny tenin-drazany. Efa nilaozan' izao tontolo izao ny mamatonalina. Nisinda niandalana ny aizin' ny tsy tahalalana ary namiratra tao amin' ny tany maro ny mazava atsinanana.

Tamin' ny taonjato fahetra ambin' ny folo no teraka tany Angleterre i Jean Wiclef « ilay kintan' ny marainan' ny Fanavaozana ara-pivavahana». Izy no mpialoha lalana ny fanavaozana, tsy ho an' i Angleterre fotsiny, fa ho an' ny fiangonana kristiana manontolo. Ny fanoherana mafy indrindra an' i

Roma izay navela nambarany, dia tsy azo hadinoina na oviana na oviana. Io fanoherana io no nanokatra ny ady izay niafara tamin' ny fanafahana ny isam-batan' olona. ny fiangonana sy ny firenena.

Nahasahana zavatra maro loha ny fanabeazana noraisin' i Wiclef, ary ho azy koa dia ny fahatahorana an' i Jehovah no fiandohampahendrena. Nampiavaka azy tany an-tsekoly ny fitiavam-bavaka mafana, sy ny talenta nahavariana ary ny fahaizany lalina. Ny hetahetam-pahalalana tao aminy no nanosika azy hanakatra ny taranjam-pahaizana rehetra. Nobeazina tamin' ny foto-kevitra ara-pivavahana tamin' ny taona antenantenany izy, tamin' ny lalàmpiangonana, sy tamin' ny lalàm-panjakana, indrindra ireo mikasika ny taniny. Ny asany tatý aoriana dia mampiseho mazava ny tombambidin' io fitaizana azony tany am-boalohany io. Ny fahalalany tomombana tsara, ny fahaizana mandanjalanja hevitra tamin' ny androny dia nahatonga azy ho afaka nampiseho ny fahadisoan' izany ; ary ny fianarany ny lalana ara-panjakana sy ara-piangonana dia nanomana azy hiditra an-tsehatra tao amin' ilay tolona lehibe natao ahazoana fahafahana ara-politika sy ara-pivavahana. Hainy ny nampiasa ny fiadiana notsoahina avy tamin' ny tenin' Andriamanitra, sady nananany koa ny fifehezan-tsaina azony tany an-tsekoly, ka nazava taminy ny tetik' adin' ireo ambony fahaizana. Ny herin' ny fahaizany manokana, ny fitatry ny fahalalany sy ny halalin' izany dia nibaiko ny fanajan' ny sakaizany sy ny fahavalony azy. Nahafaly ny mpanaraka azy ny nahita fa tsy menamilahatra tamin' ireo olo-mangan' ny firenena ilay mpiaro azy ; voasakana ary ny fahavalony tsy hamingavinga ny fanavaozana ara-pivavahana raha ny fahabadoana sy ny fahalemen' ny mpanohana azy no nataony hamelezana azy.

Raha mbola tany am-pianarana i Wiclef, dia nanomboka ny fandinihana ny Soratra Masina. Tamin' ireo andro tany am-boalohany tany. fony tsy nisy afatsy tamin' ny fiteny fahagola ny Baiboly. dia azon' ireo olona nahita fianarana ireo natao ny nahita ny lalana ho amin' ny loharanon' ny fahamarinana, izay nihidy kosa ho an' ny sarangan' olona tsy nahita fianarana. Tamin' izany fomba izany dia efa voaomana ny lalana hanaovan' i Wiclef ny asan' ny Mpanavao fivavahana. Nisy olona nahita fianarana nandinika ny tenin' Andriamanitra ary nahita ny fahamarinana lehibe momba ny fahasoavany maimaimpoana voambara ao. EEfa nanaparitaka io fahaialana io izy tamin' ny fampianarana nataony, ka nitarika ny hafa koa hitodika ho amin' ireo teny velona avy amin' ny tsindrimandry.

Rehefa voasintona teo amin' ny Soratra Masina ny sain' i Wiclef, dia nanomboka nanadihady izany tamin' ilay hafanam-po nahazoany nanjaka tamin' ny fianarana literatiora izy. Hatrizay dia tsapany fa nisy zavatra nokatsahiny fatratra izay tsy nahitany fahafaham-po, na teo amin' ny fianarana momba ny fivavahana nataony, na teo amin' ny fampianaran' ny fiangonana. Tao amin' ny tenin' Andriamanitra no nahitany izay efa

nokarohiny teo aloha, nefa tsy hitany. Tao no nahitany ny fanambarana ny drafitry ny famonjena sy i Kristy izay naseho ho hany Mpisolovava ny olona eo amin' Andriamanitra. Nanolo-tena hiasa ho an' i Kristy izy, ary nanapa-kevitra fa hitory ny fahamarinana efa hitany.

Tahaka ireo mpanavao fivavahana nandimby azy, dia tsy tazan' i Wiclef avy hatrany tamin' ny fotoana nanombohany izay ho fiafaran' ny asany. Tsy nanao fanahy iniana hijoro hanohitra an' i Roma izy. Nefa kosa ny fitiavany ny fahamarinana dia tsy nitondra azy afa-tsy teo amin' ny fifanoherana amin' ny hevi-diso. Arakaraka ny nahitany mazava ireo fahadisoan' ny fahefana papaly, no vao mainka nampahafana fo azy naneho ny fampianaran' ny Baiboly. Hitany fa niala tamin' ny tenin' Andriamanitra i Roma ka nanaraka ny lovan-tsofin' olombelona; nampangainy tsy tamin-tahotra ireo mpitondra fivavahana nanilika ny Soratra Masina, ary nangatahiny ny hamerenana ny Baiboly amin' ny vahoaka sy ny hananganana indray ny fahefany ao amin' ny fiangonana. Mpampianatra havanana sy mafana fo izy, sady mpitory teny mahay mandaha-teny, ary ny fiainany andavanandro dia fanehoana ny fahamarinana toriny. Ny fahaialana ny Soratra Masina, ny herin' ny sainy mandanjalanja, ny fahadiovan' ny fiainany, ny herim-pony tsy mety kivy ary ny fahamarinan-toetrany dia nahatonga ny rehetra hanaja sy hatoky azy. Natsilo tokoa i Wiclef raha nampiharihary ny fahadisoana, ka tsy natahotra izy namelively ireo fanaovan-dratsy tafahoatra neken' ny fahefan' i Roma. Betsaka ny olona no tsy afa-po intsony tamin' ny finoany voalohany raha nahita ny faharatsiana nanjaka tao amin' ny Fiangonana Romana, ary nihoby tamin-kafaliana tsy miafina kosa ireo fahamarinana nahariharin' i Wiclef; romotra anefa ireo mpitarika teo amin' ny fahefana papaly rehefa tsinjony fa lehibe noho ny azy ireo ny hery miasa mangina avy amin' ity mpanavao fivavahana ity.

Fony izy nitondra fivavahana tao amin' ny lapan' ny mpanjaka, dia sahy nijoro nanohitra ny fandoavana ny hetra notakian' ny papa tamin' ny mpanjaka anglisy, ary nasehony fa ny fandraisan' ny papa ny fahefana ho azy amin' ny mpitondra fanjakana dia mifanohitra amin' ny fahamarinana sy ny zavatra voambaran' Andriamanitra ao amin' ny Baiboly. Nanetsiketsika izaitsizy ny manampanahy ny filazana marina nataon' i Wiclef ka nampirehitra ny fahatezeran' ny olona tamin' ny vola nampandoavin' ny papa. Niray hina ny mpanjaka sy ny andriana mba handà ny fitakian' ny papa hanana fahefana amin' ny ara-nofo sy ny fitakiana hetra. Kapoka mafy namelezana ny fahefana fara-tampon' ny papa tany Angletera izany.

Nisy fomba ratsy iray koa izay nataon' ilay Mpanavao fivavahana antondraharaha ela ny hamongorana azy sady nanaovany ady tsy mihambahamba, dia ny nanorenana ny antokon' ny relijiozy mpangataka. Nanao andiany tany Angletera ireny mpangataka irony ka nanala-baraka ny fahalehibeazan' ny

firenena sy ny fandrosoany. Ny orin' asa, ny fanabeazana, ny fiainana ara-pitondrantena, dia samy nahatsapa ny voka-dratsy mahamenatra avy amin' izany. Tsy fantsona nikorianan' ny fandaniam-bola navesatra tamin' ny harembahoaka fotsiny ny fiainam-pangataka nidonanam-poana nasehon' ny relijiozy, fa nahatonga ny asa mahasoa ho fanebaka koa izany. Simba sy voaloto ny fitondrantenan' ny tanora. Noho ny hery miasa mangina avy amin' ireo relijiozy ireo, dia betsaka ny zatovo no voatarika hiditra monastera ka nanokan-tena ho amin' ny fiainandrelijiozy, ary nataony izany na dia tsy nankasitrahan' ny ray amandreniny aza, eny, na dia tsy fantatr' izy ireo aza izany sy nifanohitra tamin' ny baikony. Hoy ny nosoratan' ny anankiray anisan' ny tranainy tamin' ireo rain' ny Fiangonana Romana, raha nanantitrantitra ny fitakian' ny fiainan-drelijiozy ho ambony noho ny adidy sy ny fitiavan' ny zanaka ny ray aman-dreniny izy : «Na dia mitsilany eo am-baravaranao aza ny rainao mitomany sy mitaraina, ary na dia hasehon-dreninao aza ny kibo nitoeranao sy ny nono nampinonoiny anao, dia aza misalasala ny hanosihosy azy amin' ny tongotrao ka mandehana mivantana ho eny amin' i Kristy». «Io toetram-biby tsy mendrika ny maha-olombelona io», araka ny filazan' i Lotera azy tatý aoriana, «izay misy fofon' amboadia sy olon-doza be mihoatra noho ny fofon' ny kristiana sy ny olombelona», no nanamafy ny fon' ny ankizy hanohitra ny ray amandreniny.[1] Toy izany no nanafoanan' ireo mpitarika teo amin' ny fahefana papaly ny didin' Andriamanitra tamin' ny lovan-tsofiny, tahaka ny nataon' ireo fariseo fahiny. Toy izany no nahalao ny tokantrano sy nahatonga ny ray aman-dreny tsy afaka hifaly amin' ny fiaraha-monina amin' ny zananilahy sy ny zananivavy.

Na dia ireo mpianatra tany amin' ny Oniversite aza dia voafitaky ny endrika sandoka nasehon' ireo relijiozy ka voatarika hiditra ao amin' ny fikambanany. Betsaka no nibebaka tatý aoriana, nahita fa nanimba ny fiainany izy ka nampitondrá fahoriana ny ray aman-dreniny ; nefa rehefa voafatotra ao amin' ny fandrika dia tsy azony intsony ny fahafahany. Marobe ireo ray aman-dreny, izay natahotra ny hery miasa mangina avy amin' ny relijiozy, no nandà tsy handefa ny zanany tany amin' ny Oniversite. Nihena be dia be ny isan' ny mpianatra tao amin' ireo foibem-pianarana lehibe. Nihareraka ny sekoly, ka nanjaka ny habadoana.

Nomen' ny papa fahefana ireo relijiozy ireo hihaino konfesy sy hamela heloka. Nanjary loharano nipoiran' ny faharatsiana lehibe izany. Nilofo ny hampitombo ny tombontsoany ireo relijiozy, vonona indrindra izy hanao famotsorana ka dia nitadiavana famonjena teo aminy izao heloka bevava isan-karazany izao, ary vokatr' izany dia nitombo haingana dia haingana ny faharatsiana ambany indrindra. Navela hijaly ny marary sy ny mahantra; ny fanomezana izay nety nanamaivana ny fahantrany anefa dia lasan' ny relijiozy, izay nanao fandrahonana rehefa nangataka tamin' ny olona, ka nanameloka

ny tsy fitiavam-bavak' ireo izay tsy nanao fanomezana ny fikambanany. Na dia nilaza ho mahantra aza ireo relijiozy dia tsy nitsaha-nitombo ny haren' izy ireo, ary ny trano beny mirentirenty sy ny latabany feno hanim-py dia vao mainka nampivandravandra ny fahantrana nitombo hatrany teo amin' ny firenena. Nandany ny androny tamin' ny fanaranam-po sy ny fahafinaretana izy, ary tamin' izany ny nalefany hisolo azy dia olona tsy manana fahaialana, olona tsy mahay afa-tsy ny milaza tantara mahavariana, ny manao angano sy hatsikana mahafinaritra ny vahoaka ka mahatonga azy ho tena voafitaky ny relijiozy tanteraka mihitsy. Mbola nitohy nanjaka tamin' ny vahoaka marobe minomino foana ihany ny relijiozy ary notarihiny hino izy ireo fa voafaoka ao amin' izao ny adidy ara-pivavahana rehetra : dia ny manaiky ny fahefana fara-tampon' ny papa, ny fivavahana amin' ny olona masina sy ny fanaovana fanomezana ho an' ny relijiozy ary ampy hono izany ahazoany toerana tsara antoka any an-danitra.

Nisy olona manam-pahaizana sady tenà mpivavaka niasa mafy mba hanao fanavaozana tao amin' ireo antokon' ny relijiozy ireo, nefa niala maina ; Wiclef kosa, izay nanana fahiratan-tsaina bebe kokoa, dia namely ny ratsy tao amin' ny fakany mihitsy, ary nolazainy fa ny rafitra mihitsy no diso ka tokony hofongorana. Velona ny adihevitra sy ny fanadihadiana. Raha nitety ny tanàna nívarotra ny famelan-keloka avy amin' ny papa ny relijiozy dia betsaka ny olona no voatarika hisalasala ny amin' ny ahazoana mividy famelan-keloka amin' ny vola, ary nanontany raha tokony hangataka famelan-keloka amin' Andriamanitra izy fa tsy amin' ny papa any Roma [2]Tsy vitsy ny olona no velom-panahiana nahita ny fanaovana mamba noana teo amin' ny relijiozy izay toa tsy hisy na oviana na oviana hahafa-po ny hatendan-kaniny. «Mikiky antsika toy ny homamiadana ny relijiozy sy ny pretran' i Roma, hoy izy. Tsy maintsy manafaka antsika Andriamanitra, raha tsy izany dia ho levona ny vahoaka» [3]. Mba hanafenany ny fahihirany dia nilaza ireo relijiozy mpangataka fa manaraka ny ohatra nomen' ny Mpamonjy, ary nambarany fa ny fiantrana nomen' ny olona no niveloman' i Jesosy sy ny mpianany. Io filazana io no nampidi-kizo azy ireo, satria nitarika ny olona maro ho eo amin' ny Baiboly izany mba hianatra ny fahamarinana voalaza ao anatiny — io vokany io, mihoatra noho ny hafa rehetra, no tena tsy nirin' i Roma indrindra. Voatarika ho amin' ny Loharanon' ny fahamarinana izay nokendreny hafenina ny sain' ny olona.

Nanomboka nanoratra nampiely trakta manohitra ny relijiozy i Wiclef. Tsy dia ny hiady amin' izy ireo anefa no notadiaviny fa ny hanaitra ny sain' ny vahoaka amin' ny fampianaran' ny Baiboly sy amin' Ilay nanoratra izany. Nambarany fa tsy manana fahefana hamela heloka na handroaka amin' ny eglizy mihoatra noho ny pretra tsotra ny papa, ary tsy misy olona mety ho tafasaraka marina amin' ny eglizy raha tsy efa nahatonga ny fanamelohan' Andriamanitra tamin' ny tenany izy aloha. Tsy nisy fomba mahomby kokoa

azony natao mba handrodanany ny fanjakana goavana ara-panahy sy ara-nofo izay natsangan' ny papa ka nitazonany fanahy sy vatana an-tapitrisa ho babo.

Voantso indray i Wiclef hiaro ny zon' ny mpanjakan' i Angletera amin' ny fanitsakitsahana ataon' i Roma azy ; voaterdry ho ambasadaoron' ny mpanjaka izy dia nijanona roa taona tany Holandy, niara-nivory tamin' ireo iraky ny papa. Tany izy no nifandray tamin' ny mpitondra fivavahana avy any Frantsa, Italia sy Fspaina, ary nanana fotoana mety nahitany ny ao ambadiky ny toe-javatra mitranga sy nahalalany zavatra maro izay niafina taminy raha tany Angletera izy. Betsaka ny zavatra nianarany izay nanampy azy tamin' ny asany tatý aoriana. Hitany teo amin' ireo solontena avy amin' ny lapan' ny papa ny tena toetra amam-panahy marina sy ny zava-kendren' ireo ambaratonga samihafa. Niverina tany Angletera i Wiclef ka namerina ny fampianarany tany am-boalohany tamin' ny fomba miharihary kokoa sy tamin-kafanam-po bebe kokoa, ary nanambara fa ny fitsiriritana sy ny avonavona ary ny fitaka no andriamanitr' i Roma.

Izao no nolazainy tao amin' ny anankiray amin' ny trakta navoakany momba ny papa sy ireo mpanangom-bolany : «Sintoniny avy amin' ny tanintsika ny fiveloman' ny olona mahantra, sy ireo vola «mark» an' arivony amin' ny volan' ny mpanjaka, isan-taona isan-taona, handoavana ny sakramenta sy ireo zavatra momba ny ara-panahy, izay fomba diso voaozona toy ny nataon' i Simona; ary ny kristiana rehetra no asainy mankasitraka sy mampaharitra io fomba diso io. Ary azo antoka fa na dia manana havoana makadiry be volamena aza ny fanjakantsika ary tsy hisy olon-kafa mihitsy hikasika izany afa-tsy io mpanamgom-bolan' ny pretra miavonavona sy tia an' izao tontolo izao io, dia tsy maintsy ho lany tanteraka io havoana io rehefa ela ny ela ; satria alainy foana ny vola hivoaka ny tanintsika, nefa tsy misy na inona na inona atakalony izany afa-tsy ny fanozonan' Andriamanitra noho ny fomban' i Simona ataony» .

Fotoana fohy taorian' ny niverenany tany Angletera, dia notendren' ny mpanjaka ho rektora tao Lutterworth izy. Azo antoka tamin izany fa tara-faharatsiny dia tsy mahasorena ny mpanjaka tsy akory ny teny mazava nataony ' Ny hery miasa mangina avy amin' i Wiclef dia tsapa teo amin' ny fandaminana izay nataon' ny fanjakana, sy teo amin' ny famolavolana ny finoana teo amin' ny firenena.

Vetivety dia niriotra namely azy ny vara-datsaka avy amin' ny papa. Telo ny taratasy nalefan' ny papa tany Angletera, ho an' ny Oniversite, ho an ny mpanjaka, ary ho an' ny mpitondra fivavahana ambony, samy nibaiko ny hanaovana fepetra mihatra avy hatrany sady henjana hampangina ilay mpampianatra finoana tsy eken' ny besinimaro.[4] Talohan' ny nahatongavan' ireo taratasy anefa, dia nentin-kafanam-po ny eveka ka efa niantso an' i Wiclef hiseho fitsarana teo anatrehany. Misy roa tamin' ireo andrian-dahy

ambony fahefana indrindra tao amin' ny fanjakana no niaraka taminy tao amin' ny fitsarana ; nohodidin' ny vahoaka koa ny trano fitsarana ka nibosesehany, natahotra ny mpitsara ka nahato aloha ny fitsarana, ary navela hody tamim-piadanana i Wiclef. Tatý aoriana kely dia nodimandry i Edouard III, izay niezahan' ireo mpitondra fivavahana ambony noresena lahatra tamin' ny fahalehibeazany hanohitra ilay Mpanavao fivavahana, ary ilay niaro an' i Wiclef teo aloha no nanjary solom-panjaka.

Rehefa tonga anefa ny taratasin' ny papa dia baiko tsy azo ivalozana no napetrany tamin' i Angletera manontolo, mba hisambotra sy hanao am-ponja ilay heretika. Nanondro mivantana ny antontan-kitay fandoroana velona izany. Hita mazava fa vetivety dia tsy maintsy ho hazan' i Roma mpanao valifaty i Wiclef. Fa Ilay niteny taloha hoe : «Aza matahotra . . . Izaho no ampinganao,» [5]dia naninjitra ny tanany indray hiaro ny mpanompony. Tonga ny fahafatesana, tsy tamin' ilay Mpanavao fivavahana, fa tamin' ilay papa izay namoaka didy hamonoana azy. Maty i Grégoire XI, ary niparitaka ireo mpitondra fivavahana efa nivory ho amin' ny fitsarana an' i Wiclef. Mbola nitondra sy nifehy ny fandehan-javatra Andriamanitra mba hisian' ny fotoana mety handrosoan' ny Fanavaozam-pivavahana.

Rehefa maty i Grégoire dia papa roa no nifaninana hofidina. Hery roa nifanohitra, izay samy nilaza ho tsy mety diso izao no samy nitaky fankatoavana. Ny tsirairay tamin' izy ireo dia samy niantso ny mpino hanampy azy hiady amin' ny ankilany, ka nanamafy ny fangatahany tamin' ny ozona mahatsiravina hamely izay fahavalony, sy fampanantenana valisoa any an-danitra ho an' izay manohana azy. Nampihena betsaka ny fahefana papaly izany toejavatra izany. Nanao izay rehetra azony natao hifamelezana ireo antoko roa mpifaninana ka nisy fotoana nipetrapetrahan' i Wiclef. Nifamezivezy avy amin' ny papa iray ho amin' ny anankiray ny ozona sy ny fanesoana ary nandriaka ny ra hanohanana ny fitakiany nifanohitra. Nanafotra ny fiangonana ny heloka bevava sy maha- voafady. Nandritra izany fotoana izany kosa ilay Mpanavao fivavahana tao amin' ny toerana mangingina nisy ny fiangonany tany Lutterworth, dia niasa mafy hampitodika ny olona hiala amin' ireo papa niady ireo ka hitodika amin' i Jesosy, Ilay Andrianan' ny Fiadanana.

Io fisaraham-bazana io, miaraka amin' ny ady sy ny fahalotoana rehetra vokatr' izany, dia nanomana ny lalan' ny Fanavaozana ara-pivavahana, satria nahatonga ny olona hahita izay tena endriky ny fahefana papaly izany. Tao amin' ny trakta iray izay naeliny, «Momba ny fisaraham-bazan' ny papa», dia notarihin' i Wiclef ny sain' ny olona handinika ny hoe : iza amin' ireo pretra ireo no tsy miteny ny fahamarinana amin' ny fifampiampangana ataony hilazany ny andaniny avy ho antikristy : «Tsy neken' Andriamanitra intsony, hoy izy, ny hanjakan' ny demonia ao amin' ny pretra tokana toy izao, fa . . .

nampisarahany ho roa ireo, mba ahazoan' ny olona mandresy azy roa mora kokoa, amin' ny anaran' i Kristy» [6].

Nitory ny filazantsara tamin' ny mahantra tahaka ny nataon' ny Tompony i Wiclef. Tsy nahafa-po azy ny nanaparitaka ny fahazavana ho amin' ireo tokantrano tsotsotra tao amin' ny faritra nisy ny fiangonany tany Lutterworth, ka nanapa-kevitra izy fa hoentiny amin' ny Angletera manontolo izany. Mba hanatanterahana an' izany dia nanangana fikambanan' ny mpitoriteny nisy olon-tsotra sy mpivavaka marina izy, izay tia ny fahamarinana ary tsy nanampaniriana afa-tsy ny hanitatra izany. Nandeha hatraiza hatraiza ireo olona ireo, nampianatra teny an-tsena, teny an-dalambe, tao amin' ny tanàndehibe sy teny amin' ny lalankely teny ambanivohitra. Nitsidika ny antitra, ny marary sy ny mahantra izy ireo ka namelabelatra taminy ny vaovao mahafalin' ny fahasoavan' Andriamanitra.

Amin' ny maha-mpampianatra teolojia azy tany Oxford, dia nitory ny tenin' Andriamanitra tao amin' ny efitrano malalaky ny Oniversite i Wiclef. Tamin' ny fomba mahatoky indrindra no nanehoany ny fahamarinana tamin' ireo mpianatra niadidiany ka nomena azy ny anaram-boninahitra hoe «Mpampianatra ambony momba ny filazantsara». Nefa ny asa lehibe indrindra teo amin' ny fiainany dia ny nandikany ny Soratra Masina ho amin' ny teny anglisy. Nolazainy tao amin' ny boky navoakany hoe : *«Ny fahamarinana sy ny hevitry ny Soratra Masina»*, ny fikasany handika ny Baiboly mba ahazoan' ny olona tsirairay any Angletera mamaky tamin' ny tenin-drazany avy ireo asa mahagaga nataon' Andriamanitra.

Tapaka tampoka anefa ny asany. Na dia tsy mbola teo amin' ny fahenimpolo taonany aza izy, dia nitambesatra tamin' ny heriny ka nahatonga azy ho vetivety dia antitra, ny asa mafy tsy mijanona nataony, ny fianarana sy ny fanafihan' ny fahavalony. Voan' ny aretina mafy izy. Nahadibo-kafaliana ny pretra izany vaovao izany. Ankehitriny, hoy ny fihevitr' izy ireo, dia hanenina mafy ny ratsy nataony tamin' ny fiangonana izy, ka niolomay izy ireo nankao amin' ny efitranony hihaino ny fiaikenkelony. Nisy solontenan' ireo fikambanana ara-pivavahana efatra, niaraka tamin' ny manamboninahitra efatra, nitangorona nanodidina ilay olona noheverina fa miala aina : «Efa eo am-bavahaona ianao, hoy izy ireo ; aoka hanenina ny fahadisoana vitanao ianao ary tsoahy eto anatrehanay rehetra izay ratsy nolazainao momba anay». Nihaino tamimpanginana ilay Mpanavao fivavahana ; dia nobaikoiny ny mpiandry azy hampitsangana azy avy eo am-pandriana; nobanjininy tsara ireo olona ireo izay niandry ny fiaikeny ho diso, dia hoy izy, tamin' ilay feo matotra sy mafy izay nampangovitra azy ireo matetika : «Tsy ho faty aho fa ho velona ; ary mbola hanambara ny asa ratsin' ny pretra» [7]Gaga sady sina ireo pretra, ka nivoaka haingana ny efitrano.

Tanteraka ny tenin' i Wiclef. Velona izy mba hametraka eo am-pelatanan' ireo mpiray tanindrazana aininy ny mahery indrindra amin' ny fiadiana hoenti-manohitra an' i Roma, dia ny hanome azy ireo ny Baiboly, ilay fiasana nokendren' ny Lanitra hanafahana, hanazavana ny vahoaka sy hitoriana ny filazantsara aminy. Betsaka sy goavana ny zava-misakana nosetraina mba hahavitana io asa io. Nitambesatra tamin' i Wiclef ny fahosana ; fantany fa taona vitsy sisa no azony hiasana; hitany ny fanoherana tsy maintsy hatrehiny, nefa nampaherezin' ireo teny fikasan' Andriamanitra izy, ka nandroso hatrany tsy kivy, na inona na inona nihatra. Tao amin' ny fahafenoan' ný heriny ara-tsaina, nanan-karena tamin' ny fanandramana maro ary notehirizin' Andriamanitra sy nomanin' ny fitondrany manokana ho amin' izany izy, ary afaka namita ilay asa lehibe, dia ny goavana indrindra amin' ny asany tamin' ny fiainany. Raha nisavoritaka ny kristiana rehetra. ilay Mpanavao fivavahana kosa, tao Lutterworth izay naha-rektora azy, dia tsy niraika tamin' ny tafio-drivotra nifofofofo, fa nilofo kosa tamin' ny asa niandraiketany.

Farany dia vita ny asa, dia ny Baiboly voalohany indrindra voadika tamin' ny teny anglisy. Nisokatra ho an' i Angletera ny tenin' Andriamanitra. Tsy natahotra ny tranomaizina na ny antontan-kitay fandorana velona intsony izao ilay Mpanavao fivavahana. Efa napetrany teo am-pelatanan' ny vahoaka Anglisy ny fahazavana izay tsy ho faty intsony na oviana na oviana. Ny fanomezany ny Baiboly ho an' ny mpiray tanindrazana taminy no nahavitany asa be lavitra, mba hanapahana ny fatoran' ny tsy fahaialana sy ny haratsiana, mba hanafahana sy hanandratana ny tanindrazana mihoatra noho izay vita tamin' ny fandresena niezinezina indrindra teny amin' ny sahan' ady.

Satria tsy mbola hita ny fanontam-printy, dia fomba miadana sy manasatra ihany no nahazoana nampitombo ny isan' ny Baiboly. Liana indrindra anefa ny olona ta-hanana io boky io, ka maro no nanolo-tena hanora-tanana izany ; nefa dia mbola sarotra tamin' ireo mpanoratra ny nanome fahafaham-po ny olona. Ireo nanan-karena indrindra dia naniry hanana ny Baiboly manontolo. Nisy nividy ampahany fotsiny. Mazàna nitambatra ny fianakaviana maro mba hividy anankiray. Toy izany no nahatafidiran' ny Baibolin' i Wiclef vetivety foana tao amin' ny tokantranon' ny vahoaka.

Ny antso natao tamin' ny olona mba handanjalanja dia nanainga azy tsy hilefitra tsy am-pandinihana tamin' ireo fampianaran' ny papa. Izao i Wiclef dia nampianatra ireo foto-pinoana mampiavaka ny finoana Protestanta — dia ny famonjena amin' ny alalan' ny finoana an' i Kristy, sy ny fanekena fa ny Baiboly irery ihany no tsy mety diso. Ireo mpitoriteny nalefany dia nampiely ny Baiboly niaraka tamin' ny asa soratr' ilay Mpanavao fivavahana, ary nahomby indrindra ireo ka saiky ny antsasaky ny vahoakan' i Angletera no nanaiky ny finoana vaovao.

Nahaketraka ireo manam-pahefana tao amin' ny fiangonana ny fisehoan' ny Soratra Masina. Fiasana mahery noho i Wiclef izao no tsy maintsy hatrehiny, fiasana izay tsy ahazoan' ny fiadiany manao firy. Tamin' izany fotoana izany dia tsy nisy lalàna tany Angletera nanakana ny fisian' ny Baiboly, satria tsy mbola naely tamin' ny fitenin' ny vahoaka mihitsy izany. Tatý aoriana dia novolavolaina sy natao henjana tokoa izany. Teo am-piandrasana, na dia teo aza ny ezaka nataon' ireo pretra, dia nisy fotoana nahazoana nampiely ny tenin' Andriamanitra.

Nioko indray ireo filoha papaly hampangina ny feon' ilay Mpanavao fivavahana. Fitsarana telo no nifandimby niantso azy, nefa tsy nisy vokany izany. Voalohany aloha nisy synoda nivorian' ny eveka izay nilaza fa «heretika» ny zavatra nosoratany, nahazo ny fon' ilay mpanjaka tanora Richard II hiandany tamin' izy ireo izany, ary nandray lalàna avy amin' ny mpanjaka nanao am-ponja izay rehetra manaiky ireo foto-pinoana voaheloky ny fitsaran' ny papa ireo.

Avy eo amin' ny synoda dia nampiakarina nankany amin' ny antenimieram-pirenena i Wiclef; tsy nampahatahotra azy ny nanakiana ireo ambaratongam-pahefana teo anatrehan' ny fivoriana fandinihan-draharaham-pirenena, ka nangatahiny ny fanavaozana eo amin' ireo fanaovana an-kery mihoapampana neken' ny fiangonana. Nampiaiky sy nanan-kery tokoa ny fomba nitantarany ny fitsabatsabahana sy ny haratsian-toetra hita ao amin' ny faritanimpiangonana entin' ny fahefana papaly. Menatra ireo fahavalony. Noterena hilefitra ireo sakaizan' i Wiclef sy ireo mpanohana azy ary efa nantenaina sy azo antoka fa na dia ilay Mpanavao fivavahana koa aza, izay efa zokiolona, irery sady tsy nana-namana, dia hilefitra eo anatrehan' ny fahefan' ny mpanjaka sy ny papa mikambana. Nefa tsy izany no hitan' ireo mpiandany amin' ny papa fa izy tenany indray no resy. Nifoha ny antenimieram-pirenena voahetsiketsiky ny antso manaitra nataon' i Wiclef, ka nofoanany ilay lalàna manenjika ary nahazo fahafahana indray ilay Mpanavao fivavahana.

Notsaraina fanintelony izy, ary tamin' ity dia teo anatrehan' ny fitsarana ara-pivavahana ambony indrindra tao amin' ny fanjakana. Tsy hisy indrafo sy fankasitrahana «herezia» mihitsy ao. Handresy i Roma ao, ary ho voasakana ny asan' ilay Mpanavao fivavahana. Toy izany no fihevitr' ireo mpiandany tamin' ny papa. Raha tanteraka fotsiny ny fikasany, dia ho voatery handà ampahimemaso ny fampianarany i Wiclef, ary tsy hivoaka ny fitsarana izy raha tsy ho eny amin' ny lelafo.

Tsy niaiky ho diso anefa i Wiclef. Tsy niafinafina izy. Nohazoniny tsy amin-tahotra ny fampianarany, ary notsipahiny ny fiampangana nataon' ireo mpanenjika azy. Tsy nojereny ny tenany, ny toerana nisy azy, ny toe-javatra nisy, fa nantsoiny ho eo anatrehan' ny fitsaran' Andriamanitra ireo mpihaino azy, ary napetrany teo amin' ny lela-mizanan' ny fahamarinana ireo fampianaran-diso sy ireo fitaka nataony. Tsapa tao amin' ilay efitra

fandinihan-draharaha ny herin' ny Fanahy Masina. Nisy hery mahagaga avy amin' Andriamanitra niasa tamin' ireo mpihaino ka toa tsy afaka niala tamin' ny toerany izy ireo. Tahaka ny zana-tsipika avy amin' ny tranon-janatsipikan' ny Tompo izay nanindrona ny fony ny tenin' ilay Mpanavao fivavahana. Ny fiampangana momba ny «herezia» izay nentina namelezana azy, no naveriny tamin' izy ireo tamin' ny hery mampiaiky fatratra. Nahoana, hoy ny fanontaniany, no sahy manaparitaka ny hevi-disony izy ireo ? Nahoana no manao ny fahasoavan' Andriamanitra ho entam-barotra izy noho ny fitiavany vola ?

«Araka ny fihevitrareo, hoy izy tamin' ny farany, iza no iadianareo ? lahiantitra efa eo ambaravaram-pasana ve ? Tsia ! fa ny Fahamarinana, ny Fahamarinana izay mahery noho ianareo, ka haharesy anareo !» [8]Rehefa niteny izany izy, dia lasa nivoaka, ary tsy nisy na dia olona iray aza tamin' ireo fahavalony sahy nanakana azy.

Efa ho vita ny asan' i Wiclef; mila ho latsaka ilay fanevan' ny fahamarinana ; nefa mbola nijoro ho vavolombelon' ny filazantsara indray mandeha indray izy. Eny amin' ny toerana ifaharan' ny fanjakan' ny hevi-diso mihitsy no hotorina ny fahamarinana. Nantsoina tany Roma i Wiclef hotsaraina teo amin' ny fitsarana papaly, dia ilay fitsarana efa nandatsaka matetika loatra ny ran' ny olona masina. Tsy niafina taminy ny loza nananontanona azy, ary. ho nanaiky ny fiantsoana azy izy raha tsy tratry ny paralysisa tampoka ka tsy afaka nanao ny dia. Na dia tsy afaka namoaka feo tany Roma aza izy, dia afaka nanoratra kosa, ary izany no nataony. Avy ao amin' ny trano fiasany naha rektora azy no nanoratra taratasy ho an' ny papa ilay Mpanavao fivavahana, taratasy feno fanajana sy toe-tsaina kristiana, nefa niriadriatra namely ny rendrarendra sy ny fireharehana teo amin' ny foiben-toerana nisy ny papa.

«Faly tokoa aho, hoy izy, mampibaribary sy manambara amin' ny olona rehetra ny finoana izay tazoniko, ary indrindra manao izany amin' ny evekan' i Roma izay heveriko fa hendry sy marina, ka ho vonona indrindra hanamafy izany finoako izany, na hanitsy azy raha diso.

»Voalohany, heveriko fa ny filazantsaran' i Kristy no mirakitra ny lalàn' Andriamanitra manontolo . . . Ekeko sy tanako marina tokoa fa ny evekan' i Roma, amin' ny maha-solontenan' i Kristy azy eto an-tany, no voafatotra mafy indrindra amin' ny lalàna sy ny filazantsara mihoatra noho ny olona hafa rehetra. Satria ny tahalehibeazana eo amin' ireo mpianatr' i Kristy dia tsy voninahitra sy haja araka an' izao tontolo izao, fa eo amin' ny fanarahana akaiky an' i Kristy araka izay tena nataony teo amin' ny fiainany sy teo amin' ny fombany . . . Kristy izay olona nahantra indrindra fony Izy nivahiny teto, dia nanivaiva sy nan'ifakifaka ny fahefana sy ny voninahitra rehetra araka izao tontolo izao. . .

»Tsy misy kristiana mahatoky tokony hanaraka, na ny papa na ny olona masina, raha tsy araka izay nanarahany an' i Jesosy Kristy Tompo ihany. Petera sy ireo zanak' i Zebedio, izay naniry ny voninahitr' izao tontolo izao mifanohitra amin' ny fanarahana ny dian' i Kristy, dia nanafintohina Azy, noho izany dia tsy tokony harahina amin' izay naha-diso azy ireo. . .

»Tokony havelan' ny papa amin' ny fanjakana ny fahefana sy ny fanapahana ara-nofo rehetra, ary manaraka izany dia tokony hanetsika sy hamporisika marina ny mpitondra fiangonana rehetra ao aminy izy ; toy izany mantsy no nataon' i Kristy, ary tamin' ny alalan' ny apostoliny indrindra. Noho izany, raha diso tamin' ny iray amin' ireo zavatra ireo aho, dia hilefitra amim-panetren-tena tanteraka ary hofaizina na dia hatramin' ny fahafatesana aza, raha ilaina izany.

»Raha afaka niasa araka ny sitrapoko sy ny fanirian' ny tenako manokana aho, dia azo antoka fa ho niseho tokoa teo anatrehan' ny evekan' i Roma ; nefa ny mifanohitra amin' izany no namangian' ny Tompo ahy, ary nampianariny ahy fa Andriamanitra no tokony ho ekena mihoatra noho ny olona».

Ho famaranana dia hoy izy : «Aoka isika hangataka an' Andriamanitra mba hamoha ny papantsika Urbain VI, ka araka izay efa natombony, dia hanaraka an' i Jesosy Kristy Tompo eo amin' ny fiainany sy ny fombany izy sy ireo mpitondra fiangonana ao aminy. Aoka isika hangataka ny hampianarany ny vahoaka marina tokoa, mba hahazoany koa manaraka azy ireo amin' izany lalana izany ihany » [9].

Toy izany no nanehoan' i Wiclef tamin' ny papa sy ireo Kardinaly ny fahalemem-panahy sy ny fanetren-tenan' i Kristy, ka tsy tamin' ireo ihany fa tamin' ny kristiana rehetra no naharihariny ny fahasamihafana nisy tamin' izy ireo sy tamin' Ilay Mpampianatra izay nolazainy fa naha-solontena azy.

Nampoizin' i Wiclef tokoa fa ny ainy no ho takalom-bidin' ny fahatokiany. Niray hina ny mpanjaka sy ny papa ary ny eveka mba hahatanteraka ny famonoana azy, ary toa azo antoka fa volana vitsy sisa dia hoentina eny amin' ny atontan-kitay hodorana velona izy. Tsy azo nohozongozonina anefa ny herim-pony : «Nahoana ianareo no milaza fa any an-tany lavitra no itadiavana ny satroboninahitry ny maritiora ? Torio amin' ireo mpitondra fivavahana ambony mirehareha ny filazantsaran' i Kristy, dia tsy ho diso anjara amin' ny maritiora ianao. Nahoana no velona aho ka hangina ? . . . Sanatria ! Aoka ho avy izay famelezana, miandry aho» [10].

Mbola niaro ny mpanompony anefa Andriamanitra teo amin' ny fitondrany. Ilay olona izay nijoro an-kasahiana nandritra ny fiainany manontolo hiaro ny fahamarinana, notandindomin-doza tamin' ny androm-piainany rehetra, io olona io dia. tsy ho voarain' ireo fahavalony nankahala azy. Tsy nitady na oviana na oviana izay hiarovany tena i Wiclef fa Jehovah no mpiaro azy; ary ankehitriny, rehefa azon' ireo fahavalony antoka fa ho azony an-tanana izy,

dia nanala azy Andriamanitra tsy ho tratrany. Nianjera izy tao am-piangonany tany Lutterworth, raha nandeha hampandray, fihetsehan' ny paralysisa izay nahafaty azy fotoana fohy taorian' izay, no namarana ny fiainany.

Efa notendren' Andriamanitra ny asa ataon' i Wiclef. Efa napetrany tao am-bavany ny tenin' ny fahamarinana, ary nasiana mpiambina nanodidina azy mba ho tonga any amin' ny vahoaka io teny io. Voaaro ny ainy, ary nitohy ny asany mandra-pijoron' ny fototra ho amin' ny asa lehibe Fanavaozana ara-pivavahana.

Nivoaka avy any amin' ny alin' ny Andro Antenantenany i Wiclef. Tsy nisy teo alohany izay nanao asa nahazoany nandrafitra izay ho fanavaozana nataony. Natsangana tahaka an' i Jaona Mpanao Batisa izy hanatanteraka asa manokana, ho mpialoha lalana ny andro vaovao. Na dia izany aza, ny rafitry ny fahamarinana izay najorony dia sady tokana no feno ; ary tsy nisy Mpanavao fivavahana nanarakaraka azy afaka nihoatra azy ; nisy sasany tsy nahatratra izany na dia zato taona tatý aoriana aza; mafy sy tsara indrindra ny rafi-trano ka tsy nilaina ny namerenanan' ireo izay nandimby azy ny fanorenana an' izany.

Ilay fihetsiketsehana lehibe izay natombok' i Wiclef hanafaka ny feon ny fieritreretana sy ny saina, sy hamotsotra ireo firenena voafatotra ela nanaraka ny kalesim-pandresen' i Roma, dia nitsiry avy tao amin ny Baiboly. Tao ny lohan' ilay reniranom-pitahiana izay nikoriana toy ny ranon' aina teto un-tany hatramin' ny taonjato fahefatra ambinifolo. Neken' i Wiclef tamin' ny finoana tsy nisy fisalasalana fa fanambarana ny sitrapon' Andriamanitra avy amin' ity tsindrimandry ny Soratra Masina. toro-marika ampy ho amin' ny finoana sy ny fiainana. Nobeazina mba hihevitra ny Fiangonan' i Roma ho fahefana avy amin' Andriamanitra tsy mety diso izy, sy hanaiky ireo fampianarana sy ireo fombany naorina efa an' arivo taonany tamin' ny fanajana tsy misy ady hevitra; nefa nialany avokoa ireo rehetra ireo mba hihainoany ny teny masin' Andriamanitra. Io fahefana io no namporisihany ny vahoaka hoekeny. Tsy ny feon' ny fiangonana niteny tamin' ny alalan' ny papa no nolazainy fa hany fahefana marina, fa ny feon' Andriamanitra miteny amin' ny alalan' ny teniny. Tsy nampianariny fotsiny fa ny Baiboly dia fanambarana tanteraka ny sitrapon' Andriamanitra, fa ny Fanahy Masina no hany mpanazava izany, ary tokony hahalala izay adidiny ny olona tsirairay amin' ny fandinihana ny fampianarany. Toy izany no nanodinany ny sain' ny olona hiala amin' ny papa sy ny Fiangonan' i Roma ka hitodika amin' ny tenin' Andriamanitra.

Anisan' ny ngezalahy indrindra tamin' ireo mpanavao fivavahana i Wiclef Vitsy ireo mpandimby azy no nitovy taminy tamin' ny fitaran' ny fahalalany, ny fahazavan-tsainy, ny fijoroany hitana ny fahamarinana, sy ny fahasahiany hiaro izany. Ny fahadiovam-piainana, ny zotom-po tsy mety sasatra teo amin'

ny fianarana sy ny asa, ny toetra marina tsy azo nahodinkodina, ary ny fitiavana sy ny fahatokiana teo amin' ny asa toy ny an' i Kristy, ireo no nampiavaka ilay Mpanavao fivavahana voalohany. Ary izany na dia teo aza ny aizina ara-tsaina sy ny fahalotoana ara-pitondrantena nisy teo amin' ny taonjato niainany.

Ny toetra amam-panahin' i Wiclef dia vavolombelon' ny herin' ny Soratra Masina manabe sy manova. Ny Baiboly no nahatonga azy araka izay maha-izy azy. Ny fiezahany hamikitra ireo fahamarinana lehibe tao amin' ny fanambarana dia nanome hery vaovao sy tanjaka ny fahaizany rehetra. Nanitatra ny sainy izany, nampaharanitra azy, ary nahamatotra ny fahaizany mandanjalanja. Ny fianarana ny Baiboly dia hanandratra ny eritreritra rehetra, ny faniriana rehetra sy ny fihetseham-po rehetra mihoatra noho ny fianarana hafa atao. Mampitoetra tsara ny fikasana izany, manome faharetana. herim-po sy Fihafiana; manamboatra ny toetra izany ary manamasina ny fanahy. Ny fianarana ny Soratra Masina amimpahazotoana sy amim-panajana dia hitondra ny sain' ny mpianatra hifandray mivantana amin' ilay saina tsy voafetra, ka hanome olona, ho an' izao tontolo izao, manana sairia mihamatanjaka sy miasa bebe kokoa hatrany, sy foto-kevitra ambony kokoa hatrany, mihoatra izay tsy mbola hita ho vokatry ny fitaizana havanana indrindra natolotry ny hevi-tsain' ny olombelona : «Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao, hoy ny mpanao salamo, ka manome fahaialana» [11].

Ireo foto-pinoana nampianarin' i Wiclef dia mbola niparitaka ihany fotoana fohy; ireo mpanaraka azy izay fantatra tamin' ny anarana hoe : «Wicléfites» sy «Lollards», dia tsy nitety an' i Angletera fotsiny, fa niparitaka tany amin' ny tany hafa, nitondra ny fahaialana ny filazantsara. Lasa ny mpitarika azy ankehitriny. Niasa tamin-kafanam-po mihoatra noho ny teo aloha ny mpitoriteny áry vahoaka marobe no nihaino ny fampianarany. Nisy andriana teo amin' ireo niova fo ary anisan' izany ny vadin' ny mpanjaka. Tamin' ny toerana maro dia nisy fanavaozana niharihary teo amin' ny fomban' ny olona, ka nesorina tsy ho ao amin' ny fiangonana ireo tandindon' ny fanompoan-tsampin' ny fivavahana romana.

Vetivety anefa dia nifofofofo tamin' ireo izay sahy nanaiky ny Baiboly ho mpitari-dalana azy ny rivo-doza tsy misy indrafon' ny fanenjehana. Ireo mpanjaka tany Angletera izay maika ny hanamafy ny fahefany tamin' ny fahazoana antoka ny fanohanan' i Roma, dia tsy nisalasala nanao sorona ireo Mpanavao fivavahana voalohany tao amin' ny tantaran' i Angletera, ka dia nivoaka ny lalàna hampandoro velona ireo mpianatry ny filazantsara. Nifanesisesy ny maritiora. Tany an-tsofin' ny Tompon' ny maro ihany no nahazoan' ireo mpiaro ny fahamarinana noroahina sy nampijaliana nampakatra ny fitarainany. Nohazaina sahala amin' ny fahavalon' ny

fiangonana sy mpamadika ny fanjakana izy ireo, nefa dia nitory tany amin' ny toerana mangina, nahita fialofana araka izay azony natao teny amin' ny tokantrano tsotran' ny mahantra, ary matetika dia niafina na dia tany anaty zohy sy lavaka aza.

Na dia teo aza ny tifofofofon' ny fanenjehana dia nisy olona nanohitra ny fahalotoan' ny finoana sy ny fivavahana nanjaka tamin' izay tamin' ny fomba mangina nefa mafana, feno zotom-po sy faharctana izay nitohy niteny nandritra ny taonjato maro. Ny kristiana tamin' ireo andro voalohany ireo dia tsy nanana afa-tsy fahaialalana tapatapany ny fahamarinana, nefa nianatra ny ho tia sy hankatò ny tenin' Andriamanitra, ka nijaly tamim-paharetana ho an' izany. Tahaka ireo mpianatra tamin' ny andron' ny apostoly, dia betsaka no nanao sorona ny fananany teo amin' izao tontolo izao ho an' i Kristy. Ireo izay navela hipetraka tao an-tokantranony dia nandray tamim-pifaliana ireo rahalahiny noroahina, ary rehefa nalefa koa izy dia nekény tamim-pifaliana ny anjaran' ny olona lavin' ny tany ama-monina. Marina fa an' arivony ireo izay torakovitra noho ny haromotan' ny mpanenjika azy, ka nividy ny fahafahany tamin' ny fanaovana sorona ny finoany, ary nivoaka ny fonja nisy azy, nanao ny akanjon' ny mpiaiky heloka, mba hanambara ampahibemaso ny fandavany. Nefa tsy vitsy koa — ary anisan' izany dia nisy olona ambony firazanana sy olona tsotra sy ambany — ireo izay tsy natahotra ny ho vavolombelon' ny fahamarinana tao amin' ny efitra terin' ny tranomaizina, tao amin' ny tilikambon' i Lollards, sy teo anivon' ny fampijaliana sy ny lelafo, no niravoravo fa natao ho mendrika ny hahalala «ny fiombonana amin' ny fijalian' ny Tompony».

Tsy nahatanteraka ny sitrapony tamin' i Wiclef fahavelony ireo mpiandany amin' ny papa, ary tsy nety afa-po ny fankahalany raha mbola nandry tamim-piadanana tao am-pasana ny taolambalony. Araka ny didy navoakan' ny fiheveran-draharaha tany Constance, efapolo taona maliery tatý aorian' ny nahafatesany, dia nofongarina ny taolany ka nodorana ampahibemaso, ary ny lavenona dia natsipy tao amin' ny renirano kely teo akaiky teo. «Io renirano kely io, hoy ny mpanoratra taloha iray, dia nitondra ireo lavenona ireo tao amin' ny Avon, ny Avon nitondra azy tao amin' ny Severn, ny Severn tao amin' ny ranomasina kely, ary avy eo tao amin' ny ranomasina midadasika. Toy izany no nahatonga ny lavenon' ny tenan' i Wiclef ho tandindon' ny fampianarany izay niparitaka eran' izao tontolo izao ankehitriny»[12]. Tsy tsapan' ireo fahavalony firy ny dikan' ny asa ratsy nataony.

Tamin' ny alalan' ireo asa soratr' i Wiclef no nahatonga an' i John Huss niala tamin' ny fahadisoana maro tao amin' ny fivavahan' i Roma ka niditra tao amin' ny asa Fanavaozana ara-pivavahana tany Bohémia. Toy izany no namafazana ny voan' ny Fahamarinana tao amin' ireo tany roa ireo,

izay nifanalavitra indrindra. Avy ao Bohémia dia nitatra ho amin' ny tany hafa ny asa. Voatarika ho amin' ny tenin' Andriamanitra hadino elabe ny sain' ny olona. Nisy tanan' Andriamanitra nanomana ny lalana ho amin' ny Fanavaozana ara-pivavahana lehibe.

**Fanamarihana**

1 SEARS, Barnas, Ny *Fiainan' i Lotera*,p.70,69.
2 Jereo Fanampiny
3 Merle d'Aubigne,boky.17, toko 7
4 Jereo Fanampiny
5 Gen.15:1
6 R.Vaughan, Ny fiainana sy ny hevitr' i Jean Wiclef, Boky 2,p.6
7 Merle d'Aubigne, our.cité, liv.xvII.ch.7
8 Wylie,boky 2 toko 13
9 FOXE, *Acts and Monuments*(edit by Rev.J.Pratt,boky 3 pp. 49, 50).
10 MERLE D'AUBIGNE.boky.17.toko vII
11 Sal.119:130
12 Fuller,Tantaran'ny fiangonana tany Angletera, Boky 4, fizarana 2, andininy 54

# 6

## *Hus sy Jérôme*

Tamin' ny taonjato fahasivy dia efa tafajoro tany Bohemia ny filazantsara. Voadika tamin' ny fiteny Bohemiana ny Baiboly ary natao tamin' ny fiteny mahazatra ny olona ny fanompoampivavahana. Nefa arakaraka ny nitomboan' ny fahefan' ny papa no nampahamaizina ny tenin' Andriamanitra. Grégoire faha VII, ilay nandray andraikitra tamin' ny fampietrena ny avonavon' ny mpanjaka, dia narisika, tsy latsaka noho izany koa, hanandevo ny vahoaka, ary araka ny taratasy nalefany dia norarany ny fanompoampivavahana ampahibemaso atao amin' ny teny Bohemiana. Nambaran' ny papa fa «sitraky ny Tsitoha ny fivavahana atao Aminy amin' ny teny tsy be mahafantatra, fa betsaka ny ratsy sy ny hevi-diso nipoitra noho ny tsy fankatoavana io fitsipika io»[1]. Navoakan' i Roma ho didy ny hamonoana ny fahazavan' Andriamanitra sy ny hitazonana ny vahoaka ao amin' ny haizina. Nefa efa nanome fiasana hafa ny Lanitra mba hiarovana ny fiangonana. Betsaka ireo Vaudois sy ireo Albigeois izay voaroakan' ny fanenjehana ka nandositra ny tokantranony avy any Frantsa sy tany Italia, no nankany Bohemia. Na dia tsy sahy nampianatra an-karihary aza izy dia niasa mafy sy tamin-kafanam-po kosa tamin' ny fomba miafina. Toy izany no nahavoatahiry ny finoana marina nandritra ny taonjato maro nifandimby.

Talohan' ny andron' i Hus dia nisy olona tany Bohemia izay nitsangana nanameloka ampahibemaso ny fahalotoana nisy tao amin' ny fiangonana sy ny faharatsiam-pitondrantena teo amin' ny vahoaka. Nanaitra sy nanintona ny sain' ny olona hatraiza hatraiza ny asany. Nisarangotra ireo ambaratongam-pahefana, ary nanapoaka fanenjehana an' ireo mpanaraka ny filazantsara. Voatery nanao fanompoam-pivavahana tany anaty ala sy tany an-tendrombohitra izy ireo, ka nohazain' ny miaramila ary betsaka no novonoina. Rehefa afaka kelikely dia nivoaka ny lalàna nilaza fa izay

rehetra miala amin' ny finoana Romana dia hodorana. Nefa raha namoy ny ainy toy izany ireo kristiana ireo, dia nibanjina kosa ny fandresen' ny asany izy. Ny anankiray izay «nampianatra fa ny finoana ny Mpamonjy voahombo ihany no hany hahitana famonjena», dia nanambara raha teo am-pialana aina hoe : «Mandresy anay ankehitriny ny haromotan' ireo fahavalon' ny fahamarinana, nefa tsy handresy anay mandrakizay izy; hisy anankiray hitsangana avy eo amin' ny sarambabem-bahoaka, tsy hanana sabatra na fahefana, nefa tsy hisy afaka handresy azy»1. Mbola lavitra ny andron' i Lotera ; nefa nisy anankiray sahady nitsangana, izay nampihetsika ny firenena ny vavolombelona nataony hanohitra an' i Roma.

Ambany firazanana i John Hus, ary kamboty mbola kely noho ny nahafatesan' ny rainy izy. Mpivavaka reniny, ary nihevitra fa ny fanabeazana sy ny fahatahorana an' Andriamanitra no sarobidy indrindra amin' ny fananana, koa nokatsahiny izay hahazoana antoka izany fananana izany ho an-janany. Nianatra tany amin' ny sekolim-paritany i Hus, ary avy teo dia nankany amin' ny Oniversite taný Prague, ka voaray maimaim-poana tao noho ny mahampianatra nahantra azy. Ny reniny no niaraka taminy tamin' ny diany ho any Prague, sady mpitondratena izy no mahantra ka tsy nanana fanomezana araka ny haren' izao tontolo izao hatolotra an-janany, nefa kosa raha nanakaiky ilay tanàn-dehibe izy ireo, dia nandohalika teo anilan' ity tovolahy kamboty izy ka niantso ny fitahian' ny Ray any an-danitra ho azy. Tsy nampoizin' ity reny ity firy hoe hatraiza ny ho valin' izany fivavahana izany.

Vetivety dia niavaka tao amin' ny Oniversite i Hus noho ny fiezahany tsy nety sasatra sy ny fandrosoana faingana nataony, ny fiainany tsy nisy pentina ary ny fihetsiny malemy paika sady nahasarika ka nahatonga ny rehetra hankasitraka azy. Tamin' ny fony tokoa no nifikirany tamin' ny Fiangonana Romana ; nazoto nikatsaka ireo fitahiana ara-panahy izay lazainy fa azony omena izy. Indray andro jobily dia lasa nikonfesy izy, narotsany ny vola sisa farany avy tao amin' ny tahiry keliny, dia lasa nanaraka ny filaharana masina izy, mba handray anjara amin' ny famotsorankeloka nampanantenaina. Rehefa vita ny fianarany, dia niditra ho pretra izy, ary vetivety dia tonga teo amin' ny toeram-boninahitra, ka nanjary niasa tao amin' ny lapan' ny mpanjaka. Mpampianatra izy ary tatý aoriana dia rektoran' ny Oniversite iz.ay nanabe azy. Taona vitsy fotsiny dia nanjary reharehan' ny fireneny ilay mpianatra mahantra feno fanetren-tena, ary fanta-daza eran' i Eoropa ny anarany.

Tao amin' ny saha hafa anefa no nanombohan' i Hus ny asa fanavaozana ara-pivavahana. Taona maro taorian' ny nanombohany ho pretra dia notendrena ho mpitoriteny tao amin' ny fiangonana antsoina hoe Betlehema izy. Efa nolazain' ilay nanorina an' io fiangonana io ny maha-zava-dehibe sy ny mahamety ny fitoriana ny Soratra Masina amin' ny fiteny mahazatra ny

olona. Na dia teo aza ny fanoheran' i Roma an' io fomba io, dia mbola tsy foana tanteraka tany Bohemia akory izany. Fa betsaka ny tsy fahalalana ny Soratra Masina, ary nanjaka teo amin' ny sarangan' olona rehetra ny toetra ratsy indrindra. Tsy notsitsin' i Hus ny fanamelohana ireny ratsy ireny ary ny tenin' Andriamanitra no nampiasainy hanamafisana ireo foto-kevitry ny fahamarinana sy ny fahadiovana izay nampidiriny.

Nisy tera-tany iray tao Prague, atao hoe Jérôme izay nanjary mpiara-miasa akaiky tamin' i Hus tatý aoriana, nitondra ny asa soratr' i Wiclef rehefa niverina avy tany Angletera. Ny mpanjakavavin' i Angletera, izay efa voaova fo ka nanaraka ny fampianaran' i Wiclef, dia andriam-bavy bohemiana, ary noho izy io koa dia niely fatratra tao amin' ny tanindrazany ny asan' ilay Mpanavao fivavahana. Liana tokoa i Hus raha namaky ireo boky ireo; nino izy fa kristiana madio fo ny mpanoratra izany ary nirona hankasitraka ny fanavaozana lazainy fa mety izy. Na dia tsy fantany aza izany dia efa niditra sahady teo amin' ny lalana hitarika azy hanalavitra an' i Roma i Hus.

Tokony ho tamin' io fotoana io dia nisy vahiny roa lahy avy any Angletera tonga tao Prague, olona nahita fianarana, izay efa nandray ny fahamarinana, ka tonga hanaparitaka izany tany amin' io tany lavitra io. Nanomboka namely mivantana ny fahefana faratampony ananan' ny papa ry zareo ka vetivety dia nampanginin' ny manam-pahefana; nefa satria tsy tiany ny handao ny fikasany, dia fomba hafa indray no nampiasainy. Sady mpiangaly zava-kanto izy ireo no mpitoriteny, ka ny talentany no nampiasainy aloha. Teo amin' ny toerana iray falehan' ny besinimaro no nanaovany sary voahosodoko roa. Ny iray mampiseho ny nidiran' i Kristy tany Jerosalema, «malemy fanahy sady mitaingina boriky», narahin' ireo mpianatra manao akanjo 'efa vasoky ny dia, ary tsy nikiraro. Ny sary anankiray dia mampiseho filaharana masina iray ahitana ny papa mianjaika amin' ny akanjo sarobidy sy ny satroboninahitra telo sosona, mitaingina soavaly mirentirenty fatratra, ialohavan' ny trompetra sy arahin' ny kardinaly sy ireo filoha ambony miakanjo mamirapiratra.

Toriteny izay nitana ny sain' ny antokon' olona rehetra izany. Tonga ny vahoaka marobe hijery ny sary. Tsy nisy izay tsy nisintona lesona avy amin' izany, ary maro no nandatsaka tao am-pony ny fahasamihafana hita teo amin' ny fahalemem-panahy sy ny fanetrentenan' i Kristy Ilay Tompo, sy ny avonavona ary ny fireharehan' ny papa izay nilaza ny tenany ho mpanompony. Nisy fihetsiketsehana be tao Prague, ary afaka fotoana fohy dia hitan' ireo vahiny fa mety ny handehanany mba hitandrovana ny ainy. Tsy hadino anefa ny lesona nampianariny. Latsaka lalina tao án-tsain' i Hus ireo sary ireo ka nitarika azy handinika akaiky kokoa ny Baiboly sy ireo bokin' i Wiclef. Na dia tsy voaomana, eny, na dia tsy nanaiky avokoa ny fanavaozana rehetra nolazain' i Wiclef fa mety aza izy, dia hitany mazava kokoa ny tena toetry ny fahefana papaly, ary tamin-kerim-po bebe

kokoa no nanamelohany ny avonavona, ny hambom-po sy ny faharatsian’ ireo ambaratongam-pahefana.

Avy ao Bohemia dia nitatra nankany Alemaina ny fahazavana, satria nisy korontana tao amin’ ny Oniversiten’ i Prague ka anjatony ireo mpianatra alemà no niala. Betsaka no efa nandray tamin’ i Hus ny fahaialana voalohany ny Baiboly, ary rehefa niverina tany aminy izy dia nampiely ny filazantsara tany an-tanindrazany.

Nisy nitondra tany Roma ny vaovao momba ny asa tany Prague, ary vetivety dia nahazo baiko hiseho teo anatrehan’ ny papa i Hus. Ny fankatoavana izany dia firosoana ho amin’ ny fahafatesana tsy azo ialàna. Ny mpanjaka sy ny mpanjakavavin’ i Bohemia, ny Oniversite, ireo andriandahy, sy ireo manam-pahefana tao amin’ ny fanjakana dia samy niray hina hangataka ny papa mba hamela an’ i Hus hijanona any Prague ary hamaly an’ i Roma amin’ ny alalan’ ny solovava. Tsy nanaiky io fangatahana io ny papa fa nitsara sy nanameloka an’ i Hus, ary dia nolazainy fa tanàna voaozona i Prague.

Tamin’ izany fotoana izany, raha vantany vao mivoaka ny didimpitsarana toy izany, dia miteraka fahatairana hatraiza hatraiza. Ireo fombam-pivavahana natao ilazana izany dia nety nampihorohoro indrjndra ny olona izay nihevitra ny papa ho solontenan’ Andriamanitra mihitsy, izay mitana ny fanalahidin’ ny lanitra sy ny helo, ary manana fahefana hiantso famaizana ara-nofo sy ara-panahy. Ninoana fa nihidy ho an’ ny toerana voakapoky ny ozona ny vavahadin’ ny lanitra ; ary mandra-piandry ny sitrapon’ ny papa hanala ny fandrarany, dia voasakana tsy hiditra ao amin’ ny toeram-pahasambarana ny maty. Ho fanamarihana io antambo mahatsiravina io, dia nahato ny fanompoam-pivavahana rehetra. Nakatona ny fiangonana. Nohamasinina tao an-tokotanim-piangonana ny fanambadiana. Ny maty kosa tsy azo nalevina teo amin’ ny toerana natokana ho an’ izany, fa natao tany anaty hady na tany an-tsaha, tsy nombam-panompoam-pivavahana. Toy izany no niezahan’ i Roma hifehy ny feon’ ny fieritreretan’ ny olona tamin’ ny alalan’ ny fepetra izay manaitra ny saina.

Feno tabataba ny tanànan’ i Prague. Betsaka ny olona no niampanga an’ i Hus ho anton’ ireo antambo rehetra mianjady aminy ka nangataka ny hanolorana azy ho amin’ ny valifatin’ i Roma. Mba hampitonena ny tafiotra, dia nihataka kely tany amin’ ny tanàna nahaterahany i Hus. Hoy izy nanoratra tamin’ ireo namany navelany tany Prague : «Raha niala tsy ho eo afovoanareo aho, dia mba hanarahako ny foto-kevitra sy ny fampianaran’ i Jesosy Kristy, fandrao hahatonga fanamelohana mandrakizay ho an’ ny ratsy fanahy aho, ary mba tsy ho antom-pahoriana sy fanenjehana he an’ ny mpivavaka aho. Nihataka koa aho noho ny fanahiako sao hitohy ela kokoa ny fandraran’ ireo pretra

tsy mivavaka ireo ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra aminareo; tsy nandao anareo aho anefa ka hamadika ny fahamarinan' Andriamanitra, izay mahavonona ahy ho faty, noho ny fanampian' Andriamanitra» [2].Tsy nampijanona ny asany i Hus, fa nitety ireo toerana manodidina, nitory tamin' ny vahoaka nafana fo tokoa tamin' ny fihainoana azy. Dia toy izany, ireo fepetra izay noraisin' ny papa mba hanafoanana ny fampielezana ny filazantsara no vao mainka koa nampitombo izany bebe kokoa. «Fa tsy mahavita na inona na inona hanohitra ny marina izahay, fa hampandroso ny marina kosa»[3]

«Toa nisy fisavoritahana nampahory tao an-tsain' i Hus tamin' izany dingana teo amin' ny asany izany. Na dia niezaka handresy azy tamin' ny varatra niriotra aza ny eglizy, dia tsy nandà ny fahefany izy tsy akory. Mbola vadin' i Kristy ihany no fiheverany ny fiangonana Romana ary ny papa ihany koa no solontenan' Andriamanitra. Izay niadian' i Hus dia tsy izany foto-kevitra izany tsy akory, fa ny fampiasana ny fahefana tafahoatra loatra. Niteraka ady mafy tao aminy ny zavatra izay naharesy lahatra ny sainy nefa tsy neken' ny feon' ny fieritreretany. Raha marina sy tsy mety diso io fahefana io, araka izay ninoany azy, nahoana ary izy no mahatsapafa tsy tokony hankatò azy? Tsapany fa fahotana ny fankatoavana azy, kanefa nahoana, ny fankatoavana fiangonana iray tsy mety diso, no mitarika azy ho amin' ny lalana tsy misy ivoahana toy izao ; izany no fisalasalana nampahory azy isan' ora. Ny fanombatombanana nanakaiky ny ala-olana indrindra azony natao dia ny fiheverana fa niverina indray ankehitriny, izay efa niseho tamin' ny andron' ny Mpamonjy, dia ny nahatonga ireo mpisorona tao amin' ny fiangonana ho olona ratsy fanahy ka nampiasainy ny fahefana ara-dalàna teo ampelatananany ho amin' ny fikasana tsy ara-dalàna. Izany dia nahatonga azy hanaraka izao fitsipi-piainana izao ary hitaona ny hafa koa hanaraka izany : «ny foto-kevitra tsara tokony ho filamatry ny fiainana sy ny didy voasoratra ao amin' ny Tenin' Andriamanitra no tokony hifehy ny feon' ny fieritreretana; raha lazaina amin' ny teny hafa, dia Andriamanitra miteny ao amin' ny Baiboly fa tsy ny fiangonana miteny amin' ny alalan' ny pretra, no mpitarika tsy mety diso»[4].

Nitony, nony afaka fotoana fohy, ny hotakotaka tao Prague, ary niverina tao amin' ny fiangonany tany Betlehema i Hus, mba hanohy ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra tamin-jotom-po sy taminkerim-po fatratra tokoa. Niasa mafy sady natanjaka ny fahavalony, nefa niandany sy naneho fifankatiavana taminy ny mpanjakavavy sy ny andriana ary ny vahoaka sasany. Rehefa nampitahain' ny maro ny fampianarany madio sy manandratra ary ny fiainany feno fahamasinana tamin' ny foto-kevitra mahamenatra izay notorin' ny Romana sy tamin' ny fahihirana sy ny toetra maloto niainan' izy ireo, dia noraisin' ny maro ho voninahitra ny niandany tamin' i Hus.

Hatramin' izay i Hus dia nijoro irery teo amin' ny fanefana ny asany; ankehitriny, kosa dia niara-niasa taminy teo amin' ny fanavaozana i Jérôme izay efa nanaiky ny fampianaran' i Wiclef raha mbola tany Angletera. Niray hina izy mirahalahy tatý aoriana ary niray toy izany koa tao amin' ny fahafatesana. Namirapiratra aok' izany teo amin' ny fahalalinan-tsaina, teo amin' ny fahaizana miteny sy teo amin' ny fahaialana i Jé me, — nanana ny talenta rehetra ilaina afaka nanintona ny fitiavan' ny vahoaka azy izy ary nananany be dia be tokoa izany ; nefa raha ireo toetra izay tena tanjaky ny toetra amam-panahy, dia i Hus no lehibe kokoa. Ny fahatoniany rehefa mandini-javatra dia nifehy ny toetra taitaitra nananan' i Jérôme izay feno fanetren-tena marina ka nahatsapa ny fahatsaran' i Hus ary nanaiky ny toroheviny. Nandroso faingana kokoa ny fanavaozana ara-pivavahana noho ny asa feno firaisankina nataon' izy ireo.

Navelan' Andriamanitra hamirapiratra teo amin' ny sain' ireo olona nofidiny ireo ny fahazavana lehibe ka betsaka ny fahadisoankevitr' i Roma no nambarany taminy; nefa tsy naseho azy avokoa ny fahazavana rehetra izay tokony ho homena an' izao tontolo izao. Tamin' ny alalan' ireo mpanompony ireo, dia nitarika ny vahoaka hiala tamin' ny fahamaizinan' ny fivavahana Romana Andriamanitra nefa sady maro no lehibe ny zava-misakana tsy maintsy natrehina, ka nalefa miandalana sy tsimoramora ny fitarihana azy ireo. Tsy voaomana handray ny fahazavana amin' ny famirapiratany rehetra indray mitosaka izy fa mety ho jambena ny masony, ka hiverin' ilalana izy, toy ny olona iray izay nitoetra ela tao amin' ny haizina, ka nifindra ho eo amin' ny famirapiratan' ny masoandro raha mitataovovonana. Noho izany dia nasehony tsikelikely tamin' ireo mpitarika izany, araka izay mety ho voarain' ny vahoaka. Isaka ny taonjato dia misy mpiasa hafa mahatoky hatrany nomena andraikitra hitarika ny vahoaka handroso ho amin' ny lalin-dalina kokoa amin' ny lalan' ny fanavaozana.

Mbola nitohy ihany ny fisaraham-bazana tao amin' ny fiangonana. Papa telo izao no niezaka handray ny fahefana fara-tampony, ka nahenika ny tany rehetra ny heloka bevava sy ny korontana ary ny adilahy nataony.

Tsy afa-pon' ny nifampitorabato ho voaozona izy ireo, fiadiana izay tena fampiasan' ny Eglizy, fa nampiasa ny fiadiana ara-nofo koa. Samy nikaroka izay hividianany fitaovam-piadiana sy izay ahazoany miaramila tsirairay avy izy ireo. Mazava fa tsy maintsy nilaina ny vola, ary mba ahazoana izany, dia natao varotra ny fanomezana. ny asa fanompoana sy ny fahasoavana avy amin' ny fiangonana.4 Nianatra ny fanaon' ireo mpifehy azy ambony koa ny pretra ka nampiasa ny fomba nataon' i Simona sy niady mba hampietry ny mpifaninana taminy sy hanamafisana ny fahefan' ny tenany. Nitombo isan' andro ny fahasahian' i Hus nirefodrefotra nanameloka ny fahavetavetana izay noleferina tamin' ny anaran' ny fivavahana; koa dia nampangain' ny

vahoaka ampahibemaso ho anton' ny fahoriana izay nanafotra ny fivavahana kristiana ireo filoha tao Roma.

Toa teo ankatoky ny ady feno ra mandriaka indray ny tanànan' i Prague. Tahaka ny teo aloha, dia nampangaina ho «mampidi-doza amin' ny Isiraely»,4 ny mpanompon' Andriamanitra. Natao tanàna voarara indray i Prague, ary nisintona ho any amin' ny tanàna nahaterahany i Hus. Nifarana ny fijoroany ho vavolombelona mahatoky tao amin' ilay fiangonana malalany tao Betlehema. Hiteny eo amin' ny sehatra malalaka kokoa izy, dia ho amin' ny kristiana rehetra, alohan' ny hanolorany ny ainy ho vavolombelon' ny fahamarinana.

Mba hanafahana ny ratsy izay nahavery hevitra an' i Eoropa, dia nisy fivoriam-be fiheveran-draharaha nangatahina hatao tany Constance. Nantsoina izany fivoriana izany noho ny fanirian' ny amperora Sigismond, ary ny anankiray tamin' ireo papa telo nifaninana, Joany XXIII no nanao izany. Lavitra tamin' ny papa Joany ny ho faly tamin' ny fangatahana io fivoriam-be fiheveran-draharaha io. Natahotra mafy ny amin' ny toetra amampanahiny sy ny fombany izay tsy azony antoka izy, na dia teo anatrehan' ireo pretra ambony izay baranahiny teo amin' ny fitondrantena tahaka ireo olompiangonana tamin' izany fotoana izay aza. Tsy sahy nanohitra ny sitrapon' i Sigismond anefa izy na dia izany aza.[5]

Ny anton-javatra roa lehibe hodinihin' ny fivoriam-be dia ny hamarana fisaraham-bazana tao amin' ny fiangonana sy ny hamongotra ny «herezia». Noho izany dia nantsoina ireo papa hafa roa nanohitra ny papa mba hiseho eo anatrehan' ny fivoriam-be, toy izany koa ny filohan' ny mpampiely hevibaovao John Hus. Iretsy voalohany, rehefa nandinika ny amin' ny fiarovana ny ainy, dia tsy tonga nanatrika mivantana, fa iraka no nisolo-tena azy. Ny papa Joany, na dia mazava aza fa izy no niantso ny fivoriana, dia nankany Constance tamin-tahotra be, nanahy mafy izy sao dia ny hanongana azy no fikasan' ny amperora, ary natahotra sao ampamoahina ny amin' ireo toetra ratsy izay nahavery hasina ny satroboninahitra telo miantoana, sy ny amin' ireo heloka bevava nataony mba ahazoana izany. Na dia izany aza dia nataony nirentirenty fatratra ny fidirany tao Constance, natrehin' ireo mpitondra fivavahana ambony filaharana indrindra sy narahin' ny mpanotrona nanao rano lava. Ny pretra rehetra sy ireo olo-manan-kaja rehetra tao an-tanana, niaraka tamin' ny vahoaka marobe, dia nivoaka ny tanàna niarahaba azy tonga soa aman-tsara. Nisy fialofana volamena teo ambonin' ny lohany, nentin' ny andriam-baventy efatra. Teo anoloany ny «hostia». Nanome endrika fatratra ny filaharana ny fampiderana mahagaga ny fitafiana sarobidy nanaovan' ireo kardinaly sy ireo andriana.

Tamin' izany fotoana izany dia nisy mpandeha iray koa nanatona an' i Constance. Fantatr' i Hus tsara ny loza izay nananontanona azy. Nisaraka

tamin' ireo namany izy toy ny tsy hihaona aminy intsony ary nanohy ny dia izay tsapany fa hitondra azy ho amin' ny fandoroana velona. Na dia nahazo tsisakanana avy tamin' ny mpanjakan' i Bohemia aza izy sy nahazo iray koa avy tamin' ny amperora Sigismond teny an-dalana, dia nalaminy ny zavatra rehetra ho fitsinjovana ny fahafatesany mety hitranga.

Hoy izy tamin' ny taratasy nalefany ho an' ireo sakaizany tany Prague : «Ry rahalahy . . . Lasa aho, mitondra tsisakanana avy amin' ny mpanjaka handeha hihaona amin' ireo fahavaloko marobe sady mitady ny aiko . . . Mitoky tanteraka amin' Andriamanitra mahery indrindra aho, sy amin' ny Mpamonjy ahy ; matoky aho fa hihaino ny vavaka mafana ataonareo Izy, ka hampidina ny fahamalinany sy ny faheridreny ao am-bavako mba ahazoako manohitra azy ireo, matoky aho fa homeny ny Fanahiny Masina mba hampahery ahy ao amin' ny fahamarinany, mba ahazoako miatrika amin-kerim-po ny fakam-panahy, ny fonja, ary raha ilaina aza, dia ny fahafatesana mahatsiravina. Nijaly ho an' ny malalany indrindra Jesosy Kristy ; ka ho gaga ary ve isika raha namelany ohatra mba ahazoantsika miaritra amim-paharetana koa ny zavatra rehetra ho an' ny famonjena ny tenantsika ? Andriamanitra Izy, ary isika nohariany ; Tompo izy, ary isika dia mpanompony. Manjaka amin' izao tontolo izao Izy ! Nahoana kosa ary isika no tsy hijaly koa. indrindra raha ho fanadiovana antsika ny fijaliana ? Noho izany, ry malala, raha mety ho voninahiny ny fahafatesako, dia mivavaha mba hiavian' izany faingana, sy ny mba hanamboarany ahy ho afaka hizaka ny fahoriako rehetra amin' ny fomba tsy miovaova. Nefa raha mahasoa kokoa ny hiverenako atý aminareo. dia aoka isika hivavaka amin' Andriamanitra mba hiainga indray tsy hisy pentina avy ato amin' ny fivoriana aho, izany hoe. tsy hanafoana na dia litera iray aza eo amin' ny fahamarinan' ny filazantsara, mba hamela ohatra tsara indrindra harahin' ny rahalahiko. Angamba noho izany dia tsy hahita ny tavako intsony any Prague ianareo ; nefa enga anie ka hoeken' ny sitrapon' Andriamanitra Tsitoha ny hamerina ahy ho eo aminareo, mba handrosoantsika amin' ny fomba matotra kokoa sy amin' ny fontsika tokoa ho amin' ny fahaialana sy ny fitiavana ny Lalàny» [6].

Tao amin' ny taratasy hafa nalefany ho an' ny pretra iray nanjary mpianatry ny filazantsara, dia niteny tamim-panetren-tena lalina momba ny fahadisoana nataon' ny tenany i Hus, ka niampanga tena ho «nahatsapa fahafinaretana tamin' ny fitondrana fitafiana sarobidy sy nandanilany fotoana foana tamin' ny zavatra maivana». Dia nampiany izao hafatra mampangorakoraka izao : «Aoka ny voninahitr' Andriamanitra sy ny famonjena ny fanahy no hameno ny sainao, fa tsy ny fahazoana tombony sy ny fananana. Tandremo ny mandravaka ny tranonao mihoatra noho ny fanahinao; ary ambonin' ny zavatra rehetra, aoka hokarakarainao tsara ny tranompanahy. Aoka ho tia vavaka sy hanetry tena amin' ny mahantra ianao, ary aoka tsy ho ritran' ny fihinanam-be ny fanananao. Raha tsy manova ny fiainanao ianao ka

tsy mifehy tena amin' ny aingitraingitra, dia matahotra aho sao hofaizina mafy tahaka ahy koa ianao. . . Fantatrao hatramin' ny fahazazanao ny fampianarako; noho izany dia tsy ilaina ny hanoratako mihoatra noho izany ho anao. Mifona aminao anefa aho, noho ny famindrampon' ny Tompontsika, aza misy ianarana ireo zava-poana izay hitanao fa nahalavo ahy».

Teo amin' ny fonon' ny taratasy dia nampiany hoe : «Miangavy anao aho, ry sakaiza, aza vohainao ity tombo-kase ity raha tsy efa azonao antoka fa maty aho» [7].

Nandritra ny diany, dia hitan' i Hus porofo hatraiza hatraiza ny fielezan' ny fampianarany sy ny fankasitrahana ny zavatra niezahany. Sesehena ny vahoaka nitsena azy ary tamin' ny tanàna sasany dia ny mpanao fanjakana no nanotrona azy eran' ny arabe.

Rehefa tonga tany Constance i Hus dia nomena tahafahana malalaka. Nanampy ny tsisakanana avy amin' ny amperora dia nisy fanomezan-toky nomen' ny tenan' ny papa mihitsy momba ny fiarovana azy. Nefa tsy noraharahaina ireo fanambarana miezinezina ireo, ka vetivety foana dia nosamborina izy araka ny baikon' ny papa sy ny kardinaly, ka natsipy tao anaty tranomaizina maharikoriko. Tatý aoriana dia nafindra tao amin' ny trano fiarovana mafy teo amoron' i Rhin izy ary notazonina ho gadra tao. Tsy nahita tombon-tsoa firy tamin' ny fitaka nataony ny papa, fa tsy ela akory dia natao tao amin' io tranomaizina io koa izy. [8]Voaporofo teo anatrehan' ny fivoriam-be fa meloka izy satria nanao heloka bevava manala baraka indrindra, ankoatry ny vonoan' olona, dia «ny helok' i Simona sy fijangajangana», ary ireo fahotana mahamenatra loatra ka tsy azo tononina. Izany no fanambaran' ny fivoriam-be, ary nalainy taminy nony farany ny satroboninahitra telo miantoana ka natsipy tany am-ponja izy. Napetraka koa ireo papa nifaninana taminy, dia nifidy papa vaovao.

Na dia meloka tamin' ny heloka bevava noho izay niampangan' i Hus ny pretra aza ny papa, sy izay nangatahany fanavaozana, dia io firoviam-be io ihany, izay nanapa-kevitra ny hampietry ny papa, no nanapotika koa ilay Mpanavao fivavahana. Nahatonga fahatezeram-be tany Bohemia ny fanagadrana an' i Hus. Nisy olomanam-pahefana sy manan-kaja nandefa fanoherana mafana tany amin' io fivoriam-be noho izao fanevatevana izao. Ny amperora izay lotika mafy noho ny namelana ny handikana ny tsisakanana dia nanohitra ny fitondrana natao taminy. Ratsy fanahy sady tapa-kevitra anefa ireo fahavalon' ilay Mpanavao fivavahana. Noraisiny ho vavolombelona ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny amperora Sigismond, ny tahony, ny faharisihany amin' ny fiangonana. «Fonjan-kevitra lavareny no nasosony lianamarinana fa tsy tokony hatokisana ny «heretika» na ny olona ahiahiana ho toy izany, na dia nahazo tsisakanana tamin' ny amperora sy ny mpanjaka aza»[9]. Toy izany no nandreseny.

Rehefa reraky ny aretina, ny fihibohana, ny hamandoana sy ny rivotra maloto tao an-tranomaizina nisy azy, izay nahatonga tazo saika nanapitra ny ainy i Hus, dia nentina teo anatrehan' ny fivoriambe izy nony farany. Novesarana rojo izy raha nijoro teo anatrehan' ny amperora izay nanome toky fa hiaro azy araka ny teny nomeny sy ny fahatsoram-pony. Nandritra ny fitsarana azy izay naharitra ela, dia tsy azo nohozongozonina izy tamin' ny fitazonany ny fahamarinana. Notoheriny tamin' ný fomba miezinezina, sady nambarany ny marina sy ny toetra ratsy hita teo amin' ny ambaratongampahefana teo anatrehan' ireo olo-manan-kajan' ny fiangonana sy ny fanjakana tafavory tao. Rehefa nasaina nifidy izy, na hiala tamin' ny fampianarany, na hiaritra fahafatesana, dia nanaiky ny anjaran' ny maritiora izy.

Nanohana azy ny fahasoavan' Andriamanitra. Nameno ny fana-hiny ny fiadanan' ny lanitra nandritra ireo herinandro nijaliany talohan' ny didim-pitsarana farany. «Ato an-tranomaizina no anoratako ity taratasy ity, hoy izy tamin' ny sakaizany. Mifatotra ny tanako ary miandry ny didim-pitsarana manameloka ahy ho faty rahampitso aho . . . Rehefa hihaona indray isika. noho ny fanampian' i Jesosy, ao amin' ny fiadanana kanton' ny fiainana mandrakizay ho avy, dia ho fantatrao ny famindrampo nasehon' Andriamanitra tamiko, ny tena nanohanany ahy marina teo anivon' ny fakampanahy sy ny fitsapana nihatra tamiko» [10].

Tao amin' ny tranomaizina maloka nisy azy no nahitany mialoha ny fandresen' ny finoana marina. Niverina tamin' ny nofy tao amin' ny fiangonan' i Prague izy, izay toerana nitoriany ny filazantsara, ary nahita ny papa sy ireo evekany nikosoka ireo sarin' i Kristy nataony hosodoko teny amin' ny rindrina. «Nampahory ahy io fahitana io, hoy izy ; «nefa ny ampitson' iny dia nahita mpanao hosodoko maro izy izay niasa namerina indray ireo sary ireo sady nataony betsaka no mazava kokoa ny lokony. Raha vao vita ny asany, dia niteny ireo mpanao hosodoko izay nohodidinin' ny vahoaka be hoe : Avelao ho avy amin' izay ireo papa sy eveka, tsy ho voakosony intsony ireo !» Hoy ilay Mpanavao fivavahana raha nitantara ny nofiny : «Tazoniko ho azo antoka, fa tsy ho voakosoka na oviana na oviana ny sarin' i Kristy. Nirin' izy ireo ny hanimba izany, nefa ho voahosodoko vaovao ao amin' ny fo rehetra amin' ny alalan' ny mpitory teny tsara lavitra noho ny tenako izany» [11].

Nentina farany teo anoloan' ny fivoriam-be i Hus. Olona marobe sy mamiratra avokoa no tafavory tao ny amperora, ireo andriandahy ao amin' ny fanjakana, ireo solombavan' ny mpanjaka, ny kardinaly, ny eveka sy ny pretra, ary vahoaka marobe izay tonga nanatrika ilay zava-dehibe indrindra tamin' io andro io. Tonga avy tany amin' ny faritany kristiana rehetra ny olona mba ho vavolombelon' ilay sorona lehibe voalohany teo amin' ny ady

maharitra natao mba ahazoana antoka ny fandresen' ny fahafahana manaja ny feon' ny fieritreretana.

Rehefa nasaina nilaza ny fanapahan-keviny farany i Hus, dia nambarany fa laviny ny hanatsoaka ny teny nataony, ary nampifantohany tamin' ny mpanjaka ny fijeriny maranitra, dia ilay mpanjaka izay nanao tsinontsinona tamin' ny fomba mahamenatra ny teny nomeny, ka hoy izy hoe : «Nanapakevitra aho, araka ny sitrapoko malalaka, ny hiseho eto anatrehan' ity fivoriambe ity, eo ambanin' ny fiarovana ampahibemaso sy ny teny nomen' ny amperora manatrika etoana» [12]. Boramena i Sigismond raha nitodika nankany aminy ny fijerin' ny olona rehetra tao amin' ny fivoriana.

Rehefa avy notononina ny didim-pitsarana, dia nanomboka ny fomba fanalam-boninahitra. Nampiakanjoin' ny eveka tamin' ny akanjo maha-pretra azy ilay gadra, ary raha nandray akanjo i Hus dia hoy izy : «Akanjo fotsy no natafy an' i Jesosy Kristy Tompo ho fanevatevana Azy, raha nentin' i Heroda teo anatrehan' i Pilato lzy» [13]. Raha namporisihina hanatsoaka ny teniny indray izy, dia nitodika nankany amin' ny vahoaka ka namaly hoe : «Endrika manao ahoana ary no hibanjinako ny lanitra ? Ataoko ahoana no fijery ireo vahoaka izay nitoriako ny filazantsara madio ? Tsia ; ny famonjena dia sarobidy amiko mihoatra noho ity tena mahantra ity, izay voatendry ho amin' ny fahafatesana ankehitriny». Nalaina tsirairay ireo fitafiany, ary samy nanozona avokoa ny eveka rehefa nanao ny anjarany avy teo amin' izany fomba izany. Tamin' ny farany «dia nasiany karazan-tsatroka ny lohany, irony satroka matsilo loha fanaon' ny eveka, saingy taratasy, ary nisy sarin' ny demonia nampahatahotra teo aminy sy soratra hoe : «Heretika raindahiny». Amim-pifaliana lehibe indrindra, hoy Hus, no hitondrako ny satroboninahitry ny henatra ho Anao, Jesosy o. izay nitondra stroboninahitra tsilo ho ahy».

Rehefa nampihaingoina toy izany izy, dia hoy ireo pretra ambony hoe : «Atolory ho an' ny devoly amin' izay ny fanahinao». Izaho kosa, hoy i John Hus, sady nanandratra ny masony ho eny amin' ny lanitra izy, dia mametraka ny fanahiko ho eo am-pelatananao, ry Tompo Jesosy o, satria efa nanavotra ahy Ianao» [14].

Natolotra ireo manam-pahefana ara-nofo amin' izay izy ka nentina ho eny amin' ny toerana famonoana. Vahoaka marobe no nilahatra nanaraka azy, olona nitam-piadiana an-jatony, pretra sy eveka nanao ny akanjony sarobidy, ary ireo mponina tao Constance. Rehefa voafatotra teo amin' ny antontan-kitay izy, ka efa vonona ny zavatra rehetra handrehetana ny afo, dia namporisihina indray ilay maritiora mba hamonjy ny tenany ka hiala amin' ny hevi-disony. «Hevi-diso inona, hoy i Hus, no hialako ? Fantatro fa tsy misy mahadiso ahy ireny na dia iray aza. Miantso an' Andriamanitra ho vavolombelona aho, fa izay rehetra nosoratako sy notoriako dia nataoko

mba hitsinjovana ny famonjena ny fanahy ho afaka amin' ny fahotana, ka tsy ho very ; ary noho izany, dia fifaliana lehibe indrindra ho ahy ny manamafy amin' ny rako ny fahamarinana izay efa nosoratako sy notoriako»12. Rehefa nirehitra nanodidina azy ny afo, dia nanomboka nihira izy hoe : «Jesosy Zanak' i Davida, mamindra fo amiko», ary notohizany izany mandra-panginan' ny feony mandrakizay.

Na dia ny fahavalony aza dia zendana tamin' ny fihetsiny feno nerim-po. Nisy papista mafana fo iray, izay nitantara ny nahafatesan' i Hus maritiora, sy ny nahafatesan' i Jéróme, izay maty tatý aoriana kely ary nilaza hoe : «Samy nanana saina tony izy mirahalahy rehefa nanakaiky ny ora farany. Niomana ny hodorana toy ny olona ho any amin' ny fanasana fampakarambady izy. Tsy namoaka feo mitory fitarainana izy. Rehefa niakatra ny lelafo, dia nanomboka nihira izy ; ary mahalana no nampihato ny hirany ny fidedadedan' ny afo»[15].

Rehefa levona tanteraka ny tenan' i Hus, dia nangonina niaraka tamin' ny tany nisy azy teo ny lavenona, ary natsipy tao amin' ny renirano Rhin izay nitondra azy any amin' ny ranomasimbe. Sasapoana ireo mpanenjika azy nihevitra fa voaongany ny fahamarinana notoriny. Tsy nosaintsaininy kely akory fa ny lavenona izay navalan' ny andro nifandimby ho any amin' ny ranomasina dia toy ny voa niparitaka eny amin' ny faritry ny tany rehetra, ka hitondra vokatra betsaka ho vavolombelon' ny fahamarinana any amin' ny tany tsy mbola fantatra akory. Ilay feo izay niteny tao amin' ny efitra lehibe nisy ny fivoriambe fandinihan-draharaha tany Constance, dia nampita ako izay ho re mandritra ny andro ho avy rehetra. Tsy teo intsony i Hus, fa ireo fahamarinana izay nahafaty azy dia tsy ho levona mandrakizay. Ny ohatry ny finoana sy ny fijoroana nasehony dia nampahery ny olona marobe hijoro tsy azo hozongozonina ho an' ny fahamarinana eo anatrehan' ny fampijaliana sy ny fahafatesana. Nampivandravandra teo anatrehan' izao tontolo izao manontolo ny hafetsen-dratsy sy ny habibian' i Roma ny namonoana azy. Tsy fantany fa vao mainka nampiroborobo ny fahamarinana izay tiany hopotehina ireo fahavalon' ny fahamarinana.

Nefa dia nisy antontan-kitay indray natsangana tao Constance. Tsy maintsy ho vavolombelon' ny fahamarinana ny ran' ny maritiora iray hafa indray. Raha nanao veloma an' i Hus hiainga ho any amin' ny fivoriambe i Jérôme, dia nampahery azy izy hahery fo sy hijoro, ary nambarany aza fa raha misy loza manjo azy, dia hihazakazaka hanampy azy izy. Rehefa reny fa nogadraina ilay Mpanavao fivavahana, dia niomana avy hatrany hanatanteraka izay nampanantenainy ilay mpianatra mahatoky. Tsy nanana tsisakanana izy raha nandeha niaraka tamin' ny namana iray ho any Constance. Rehefa tonga izy dia noresen-dahatra fa hitsena loza ho an' ny tenany fotsiny, fa tsy afaka hanao na inona na inona hanafahana an' i

Hus. Nandositra niala ny tanàna izy, nefa voasambotra teny an-dalana raha handeha hody ka nentina niverina, nivesatra gadra sy nambenan' ny antoko miaramila. Raha vao niseho teo anatrehan' ny fivoriambe izy ka niezaka namaly ireo fiampangana azy, dia nosetrain' ny antsoantso nanao hoe : «Ento any amin' ny afo !» [16]Natao tao amin' ny tranomaizina iray izy, nogadraina ka napetraka tamin' ny fomba fampijaliana mafy indrindra, ary tsy nisy afa-tsy mofo sy rano ihany no sakafony. Rehefa afaka volana vitsivitsy dia nitarika aretina saika nahafaty azy ny fahabibiana teo amin' ny fanagadrana azy, ka natahotra ireo fahavalony, sao tsy ho voatanany izy ; noho izany dia nohalefahany ny fitondrana azy, na dia mbola notazoniny herintaona tao am-ponja ihany aza. Tsy araka ny nanantenan' ireo papista azy ny vokatry ny fahafatesan' i Hus. Nampirongatra tafiotry ny hatezerana ny fanaovana tsinontsinona ny tsisakanana, ary mba hahatsara kokoa ny fandehan-javatra, dia nanapa-kevitra ny fivoriambe fa tsy hodorana i Jérôme, fa hoterena, raha azo atao, hiala amin' ny heviny. Nentina teo anatrehan' ny fivoriana izy, ka nasainy nifidy, na hiala amin' ny heviny, na ho faty hodorana velona. Famindrampo ho azy ny fahafatesana raha ampitahaina amin' ny fijaliana mahatsiravina izay nanjo azy, nefa ankehitriny, reraky ny aretina izy, sy reraky ny fitondrana azy mafy tao an-tranomaizina, ny fampijalina noho ny tahotra sy ny fiandrasana izay hiseho; tafasaraka tamin' ny sakaizany, ary kivy noho ny fahafatesan' i Hus, ka resy ny herimpon' i Jérôme ary nanaiky ny hilefitra tamin' ny fivoriambe izy. Nanome toky izy fa hiditra ao amin' ny finoana katolika, ary nanaiky ny fihetsiky ny fivoriambe nanameloka ny fampianaran' i Wiclef sy Hus, fa tsy hiala kosa «amin' ny fahamarinana masina» izay nampianariny na dia izany aza»[17].

Izany fomba izany no nantenain' i Jérôme fa hampangina ny feon' ny fieritreretany sy hanafaka azy amin' ny fahafatesana. Nefa rehefa irery tao amin' ny tranomaizina izy, dia nazava taminy kokoa ny zavatra nataony. Nieritreritra ny herim-po sy ny fahatokian' i Hus izy, ary nandanjalanja ny fandavany ny fahamarinana nifanohitra tamin' izany. Nieritreritra ilay Tompo Andriamanitra izay nanokanany tena hotompoina izy, ary niaritra ny fahafatesana teo amin' ny hazo fijaliana ho azy. Talohan' ny fandavany dia nionona teo amin' ny fahoriany rehetra izy, noho ny fananany toky ny fankasitrahan' Andriamanitra; nefa izao kosa nampahory ny fanahiny ny nenina sy ny fisalasalana. Fantany fa mbola hisy fandavana tsy maintsy ataony vao ho vita fihavanana amin' i Roma izy. Ny lalana izay nidirany dia tsy hiafara raha tsy eo amin' ny fihemorana tanteraka. Tapaka ny heviny : tsy handà ny Tompony izy tsy akory mba hialana amin' izay fotoana fohy hijaliany.

Fotoana fohy taorian' izany dia nentina teo anatrehan' ny fivoriambe indray izy. Tsy nahafa-po ireo mpitsara azy ny fileferany. Noranitin' ny

fahafatesan' i Hus ny toetrany lian-dra, ka nitaky haza vaovao indray izy. Tsy afaka hiaro ny ainy amin' ny fahafatesana i Jérôme raha tsy miala tsy misy fepetra amin' ny fahamarinana. Efa nanapa-kevitra anefa izy fa hanambara ny finoany ka hanaraka ny rahalahiny maritiora hodorana velona.

Nialany ilay fandavany ny finoany tamin' ny voalohany, ary sahala amin' ny olona voaheloka ho faty rehetra, dia nangataka tamim-panajana ny ahazoany miaro-tena izy. Natahotra izay mety ho vokatr' izany teniny izany ireo filohan' ny pretra, ka nanizingizina fa tokony hohamafisina tsotra fotsiny na holaviny ny fahamarinan' ny fiampangana natao taminy. Notoherin' i Jérôme ny fahasiahana sy ny tsy rariny toy izany : «Efapolo sy telopolo andro aho no nahibokareo tao amin' ny tranomaizina mahatsiravina, maloto, mamofona sy maimbo ary tsy misy izay ilaina, hoy izy ; izao aho entinareo eto anatrehanareo, ary manongilan-tsofina hihaino ireo fahavaloko mitady hahafaty ahy ianareo ka mandà tsy hihaino ahy ! Raha tena olon-kendry marina ianareo, sy fahazavan' izao tontolo izao, dia mitandrema sao manota amin' ny rariny. Fa raha ny amiko dia olona malemy mety maty ihany aho; tsy dia misy antony ny fiainako; ary rehefa mangataka anareo tsy hamoaka didim-pitsarana tsy rariny aho, dia tsy ho ahy no itenenako fa ho anareo»[18].

Nekena ny fangatahany nony farany. Teo anatrehan' ireo mpitsara i Jérôme no nandohalika ka nangataka ny Fanahin' Andriamanitra mba hifehy ny fisainany sy ny teniny, mba tsy hitenenany na inona na inona izay mifanohitra amin' ny fahamarinana, na tsy mendrika ny Tompony. Tamin' io andro io dia tanteraka taminy ny teny fikasan' Andriamanitra natao tamin' ireo mpianatra voalohany : «ary ho entina eo anatrehan' ny mpanapaka sy ny mpanjaka ianareo noho ny amiko. ... Fa raha manolotra anareo izy, dia aza manahy ny amin' izay fomba hitenenanareo na izay holazainareo. Fa tsy ianareo no miteny, fa ny Fanahin' ny Rainareo no miteny ao anatinareo» [19],

Nampitolagaga sy nahavariana na dia ny fahavalony aza ny tenin' i Jérôme. Nohidiana nandritra ny taona iray manontolo tao an-tranomaizina izy, tsy afaka namaky teny ary tsy afaka nahita akory, niaritra fijaliana ara-nofo sady nianjadian' ny tebitebintsaina fatratra. Nefa ireo fonjan-kevitra narosony dia nasehony tamin' ny fomba mazava sy mahery vaika, toy ny afaka nandinika izany tsy voakotabataba izy. Notondroiny tamin' ireo mpihaino azy ireo olona masina maro nifandimby izay nomelohin' ny mpitsara tsy marina. Saika ny taranaka rehetra no nahitana olona izay niezaka hanazava Sy hanandratra ny mpiara-belona taminy ka nalam-baraka sy noroahina ; kanjo tatý aoriana dia hita indray fa olona mendri-boninahitra izy ireny. Ny tenan' i Kristy mihitsy koa aza no nohelohin' ny fitsarana tsy marina ho olon-dratsy.

Tamin' izy nanatsoaka ny finoany, dia neken' i Jéròme ho marina ny didim-pitsarana nahameloka an' i Hus ho faty. Izao kosa dia nambarany ny fibebahany ary nijoro ho vavolombelon' ny tsy fananan-tsinin' ilay

maritiora sy ny fahamasinany izy. «Fantatro hatramin' ny fahazazany izy, hoy izy. . . Olona faran' izay tsara sady marina no masina izy, ary sahinareo nohelohina na dia tsy nanan-tsiny aza. . . Izaho koa — mba vonona ho faty ; tsy hihemotra aho eo anoloan' ny fampijaliana izay nomanin' ny fahavaloko sy ireo vavolombelona mandainga ho ahy, izay mbola-hampamoahin' Ilay Andriamanitra lehibe ny amin' ireo lainga nataony»[20].

Nanome tsiny ny tenany tamin' ny nandavany ny fahamarinana i Jérôme ka nanohy hoe : «Ny amin' ny fahotana rehetra izay nataoko hatramin' ny fahatanorako, dia tsy nisy nitambesatra teo amin' ny saiko sy niteraka nenina mafy tamiko tahaka izay nataoko tamin' ity toerana mampidi-doza ity, tamin' izaho nankasitraka ny didim-pitsarana tsy rariny natao tamin' i Wiclef, sy tamin' ilay maritiora masina, John Hus, ilay mpampianatra sy sakaizako. Eny ! miaiky izany avy amin' ny foko rehetra tokoa aho, ary mihoron-koditra aho manambara fa nitakemotra, afa-baraka aho raha natahotra ny fahafatesana, ka nanameloka ny fampianaran' izy ireo. Noho izany dia mitalaho amin' Andriamanitra Tsitoha aho mba hanekeny sy hamelany ny fahotako, ary amin' ny fomba manokana, ilay maharikoriko indrindra amin' izy rehetra». Nanondro ny mpitsara azy izy, sady matotra niteny hoe : «Nanameloka an' i Wiclef sy John Hus ianao, tsy noho izy ireo nanozongozona ny fampianaran' ny fiangonana, fa noho izy nanamarika sy nanome tsiny fotsiny ireo zava-mahamenatra avy amin' ireo mpitondra fiangonana, dia ny rentirentiny, ny avonavony sy ireo toetra ratsy rehetra ataon' ireo filohan' ny pretra sy ny pretra izany. Ny zavatra izay nantintranteriny, ary izay tsy azo lavina rahateo, dia mba heveriko ho toy izany koa sady ambarako tahaka ny nanaovany azy.

Nipararetran' ny hatezerana ireo pretra nanapaka ny teniny ka niantsoantso hoe : «Porofo hafa inona indray no ilaina ? Hitan' ny masontsika ny «heretika» mafy loha indrindra !»

Tsy nampihontsona an' i Jérôme izany tafiotra izany, ary hoy izy niteny mafy : «Fa ahoana ? Mihevitra ve ianareo fa matahotra ny ho faty aho ? Nandritra ny herintaona manontolo no nitazonanareo ahy tao amin' ny tranomaizina mahatsiravina, mampihoronkoditra lavitra noho ny fahafatesana. Ny fomba nitondranareo ahy dia nisy habibiana mihoatra noho ny natao tamin' ny Tiorka, na tamin' ny Jiosy, na tamin' ny jentilisa, ary tena niendaka lo arabakiteny tamin' ny taolako velona ny nofoko; tsy nitaraina aho anefa, satria tsy mendrika ny olona manana fanahy sy toe-tsaina ambony ny filazana alahelo; tsy haiko anefa ny tsy hanambara ny hagagako amin' ny toetra masiaka toy izao atao amin' ny kristiana» [21].

Vaky nifofofofo indray ny haromotana ka nentina nivoaka haingana ho any an-tranomaizina i Jérôme. Nisy olona anefa tao amin' io fivoriana io izay nandatsaka tao am-po ny teny nataony ka naniry ny hamonjy ny ainy. Tonga namangy azy ireo manamboninahitra tao amin' ny fiangonana

ka namporisika azy hilefitra tamin' ny fivoriambe. Ho avy mamirapiratra indrindra no naseho teo anatrehany ho setrin' ny fialany amin' ny fanoherana an' i Roma. Nefa, toy ilay Tompony fony notolorana ny voninahitr' izao tontolo izao, dia nijoro tsy azo nohozongozonina i Jérôme.

«Porofoy amiko avy amin' ny Soratra Masina, hoy izy, fa diso aho, dia ho laviko izay nolazaiko».

«Ny Soratra Masina ! hoy ny anankiray tamin' ny mpaka fanahy azy nihoraka. Hotsaraina amin' izany daholo ve ny zavatra rehetra ? Iza no mety hahalala ny dikany raha tsy efa nohazavain' ny eglizy ?»

«Tokony hinoana noho ny filazantsaran' ny Mpamonjintsika ve ny lovantsofin' ny olombelona ? hoy i Jérôme namaly. Tsy namporisika ireo izay nanoratany i Paoly hihaino lovan-tsofin' olombelona, hoy izy, fa ny handinika ny Soratra Masina».

«Heretika» hoy ny valinteniny. Nanenina aho nifandahatra ela taminao. Hitako izao fa ny devoly no namporisika anao» [22].

Vetivety dia navoaka ny didim-pitsarana manameloka an' i Jérôme ho faty. Teo amin' ny toerana izay namoizan' i Hus ny ainy ihany no nitondrana azy. Velon-kira izy teny an-dalana ary noha-zavain' ny fifaliana sy ny fiadanana ny endriny. Nifantoka tamin' i Kristy ny fijeriny. Ary tsy nampahatahotra azy intsony ny fahafatesana. Rehefa nandeha tao aoriany handrehitra ny antontan-kitay ny mpamono, dia niantso ilay maritiora nanao hoe : «Mandrosoa tsy amin-tahotra aty aloha; eto anoloako arehitra ny afo. Raha natahotra aho dia tsy ho teto».

Tonom-bavaka ireo teny farany nataony. raha nisandratra nanodidina azy ny afo. «Tompo, Ray Tsitoha, hoy izy niteny mafy, mamindrà fo amiko, ary mamelà ny fahotako ; fantatrao fa tia ny fahamarinanao hatrany aho» [23]. Nangina ny feony, nefa mbola nihetsika ny molony nanohy ny vavaka. Rehefa vita ny asan' ny afo, dia nangonina niaraka tamin' ny tany nisy azy ny lavenon' ilay maritiora, ka tahaka ny an' i Hus, dia natsipy tao amin' i Rhin.

Toy izany no nahafatesan' ireo mpitondra fahazavana mahatokin' Andriamanitra. Nefa ny fahazavan' ny fahamarinana izay notoriany — ny fahazavan' ny ohatra be herim-po nomeny dia tsy azo vonoina. Tahaka ny tsy ahazoan' ny olona mampiverina ny masoandro amin' ny lalany no tsy nahazoany manakana io andro vaovao io tsy hipoaka amin' izao tontolo izao.

Nandrehitra afom-pahatezerana sy nampihorohoro tany Bohemia ny namonoana an' i Hus. Tsapan' ny firenena manontolo fa hazan' ny hafetsen' ny pretra sy ny famadihan' ny amperora azy izy. Nolazaina fa mpampianatra mahatoky ny fahamarinanana izy, ary ny fivoriambe izay namoaka didy nampamono azy dia nomelohina ho nahafaty olona. Ankehitriny dia nahasarika olona nihoatra noho ny teo aloha ny fampianarany. Nomelohin' ny taratasin' ny papa hodorana ireo bokin' i Wiclef. Ireo izay tsy simba anefa

dia navoaka avy tamin' ny toerana nanafenana azy ary nodinihina araka izay fifanarahany tamin' ny Baiboly, na tamin' ny ampahan' ny Boky Masina, araka izay nety no nananan' ny olona, ary betsaka no voatarika hanaiky ny finoana nohavaozina tamin' izany fomba izany.

Tsy nijanona tamin' izao ireo mpamono an' i Hus raha nanatrimaso ny fandreseny. Niray hina ny papa sy ny amperora mba hanapotika ny fihetsiketsehany, ka nirohotra hamely an' i Bohemia ireo tafik' i Sigismond.

Nisy mpanafaka nitsangana anefa izay tonga mpitarika ny Bohemiana, dia Ziska, izay jamba tanteraka raha vao nanomboka kely foana ny ady, nefa anisan' ireo jeneraly havanana indrindra tamin' ireo nitovy taona taminy. Natoky ny fanampian' Andriamanitra sy ny fahamarinan' ny zavatra niezahany ny vahoaka ka nijoro nanohitra ny tafika mahery indrindra nentina hanoherana azy. Niverimberina ny amperora, nanangana tafika vaovao mba hanafihany an' i Bohemia, nefa dia voatosika tamin' ny fomba mahamenatra hatrany. Nitsangana ireo mpomba an' i Hus tsy natahotra ny fahafatesana ka tsy nisy na inona na inona afaka nanohitra azy ireo. Taona vitsy taorian' ny nanombohana ny ady, dia maty ilay Ziska mahery fo, ary i Procopius izay jeneraly be herim-po sy havanana tahaka azy koa no nisolo toerana azy, ary tamin' ny lafiny sasany dia mpitarika mahay kokoa izy.

Rehefa fantatr' ireo fahavalon' ny Bohemiana fa maty ilay jeneraly jamba mahay miady, dia noheveriny fa nisy fotoana mety ahazoany indray izay rehetra veriny. Nambaran' ny papa ankehitriny fa atomboka ny ady masina atao amin' ireo mpomba an' i Hus, koa dia nisy indray tafika goavana nalefa haingana tany Bohemia, nefa dia nandeha hianjadian' ny faharesena mahatsiravina fotsiny ireny. Natsangana indray ny ady masina manaraka. Nangonina eran' ny tany mpanohana an' i papa tao Eoropa, na olona, na vola. na fitaovana, ho enti-miady. Vahoaka marobe no niandany ka nilahatra teo ambany fanevan' i papa, natoky fa amin' ny farany dia ho potika ireo heretika naman' i Hus. Nino fa handresy ilay tafika goavana niditra tao Bohemia. Niray hina ny vahoaka hanosika azy ireo. Nifanatona ireo tafika roa ireo mandrapaha-renirano sisa no nampisaraka azy. «Betsaka lavitra sady nahery lavitra ireto mpanao ady masina, nefa tsy niroboka hiampita ny rano izy ka hifandona sy hiady amin' ireo mpomba an' i Hus izay nanaovany dia lavitra mba hihaonany aminy, fa gaga sy nangina izy nijoro nibanjina ireto mpiady [24]Tsitapitapitr' izay dia nisy tahotra tsy fantatra nanjo ny tafika. Tsy nisy fifamelezana, nefa dia vaky nandositra ilay tafika mahery ka nihahaka tahaka ny naparitaky ny hery tsy hita maso. Betsaka no matin' ny tafik' ireo mpomba an' i Hus izay nanenjika ny mpandositra, ary nisy entana maro azo babo teo am-pelatanan' ny mpandresy, ka tsy nampahantra ny Bohemiana io ady io fa nampanankarena azy.

Taona vitsy taorian' izany, tamin' ny andron' ny papa vaovao, dia nijoro indray ny ady masina hafa. Tahaka ny teo aloha, dia nalaina ny miaramila sy nangonina ny vola avy tamin' ireo tany eoropeana nomba ny papa. Betsaka ireo fampanantenana natao tamin' ireo izay handray anjara amin' io ady feno loza io. Nomena toky ny mpanao ady masina tsirairay fa hahazo famelan-keloka feno ny amin' ny heloka bevava maharikoriko indrindra. Izay rehetra maty an' ady dia nampanantenaina valisoa sarobidy any an-danitra, ary ireo izay tsy maty dia hahazo tombontsoa sy voninahitra ary harena. Nangonina indray ny tafika goavana, ary rehefa namaky ny sisin-tany izy ireo dia niditra tany Bohemia. Lavo teo anatrehany ny tafika mpomba an' i Hus ka nandositra, ary noho izany dia nitarika ny mpanafika hiditra hatrany afovoan-tany, ka nahatonga azy ireo hihevitra ny fandresena ho efa azony sahady. Tamin' ny farany dia nijanona ny tafika notarihin' i Procopius, ary nihodina vonona ny handroso hiady amin' ny fahavalony. Hitan' ireo mpanao ady masina izao ny fahadisoany ; nijanona tao amin' ny toerana nilasiany izy niandry ny fanafihana. Raha vao reny nanatona ny tafika, na dia tsy mbola taza-maso aza ireo mpomba an' i Hus, dia tratran' ny tahotra mampangitakitaka indray ireto mpanao ady masina. Nandositra hatraiza hatraiza ireo andriandahy, jeneraly, sy ireo miaramila tsotra sady nanary ny fiadiany. Niezaka fatratra ilay iraky ny papa, izay nitarika ny fanafihana, hanangona ny miaramilany tora-kovitra sady voakorontana nefa tsy nisy vokany. Na dia teo aza ny fiezahana farany indrindra nataony, dia ny tenany koa no voatarika hanaraka ny mpandositra. Feno tanteraka ny faharesena, ary tsy toko tsy forohana indray ny entana babo tavela teo am-pelatanan' ny mpandresy.

Fanindroany izany izao no nandosiran' ny tafika miezinezina nalefan' ireo firenena matanjaka indrindra tany Eoropa, dia tafika nisy olona be herim-po, mahay miady, nozarina hiady sy nanana fitaovana ho amin' izany, nandositra tsy nisy fifamelezana teo anatrehan' ireo mpiaro ny firenena kely sady mbola malemy hatramin' izao. Fanehoana ny herin' Andriamanitra izany. Potika ireo mpanafika raha nahazo azy ny tahotra avy amin' Andriamanitra. Ilay nanipy ireo tafik' i Farao tao amin' ny Ranomasina Mena, Ilay nampandositra ny tafiky ny Midiana teo anatrehan' i Gideona sy ireo telon-jato lahiny, Ilay nampietry indray alina monja ny tafik' ilay Asyriana mirehareha, dia naninjitra ny tanany indray hampahamenatra ny herin' ny fahavalo. «Indreo, matahotra dia matahotra ireny, nefa tsy nisy tokony hatahorany ; fa Andriamanitra efa nanely ny taolan' izay nitoby hamely anao; nampahamenatra azy satria efa narian' Andriamanitra izy» [25].

Tsy nanantena ny handresy amin' ny alalan' ny hery intsony ireo mpitarika papaly ka nony farany dia nampiasa hafetsena. Nisy fifandaminana natao izay manome ny Bohemiana fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretany, nefa

raha ny tena izy, dia mamadika azy ireo ka mametraka azy eo ambanin' ny herin' i Roma. Zavatra efatra no nohantitranterirf ireo Bohemiana fa fepetran' ny fihavanana amin' i Roma : ny fahazoany mitory malalaka ny Baiboly, ny zon' ny fiangonana manontolo hahazo mofo sy divay amin' ny fandraisana, sy ny fampiasana ny tenin-drazana amin' ny fanompoampivavahana ho an' Andriamanitra, tsy famelana ny mpitondra fivavahana hitsabaka amin' ny raharaham-panjakana sy ny fitondrampanjakana; ary raha misy heloka bevava, dia mitovy ny fitsarana ny mpitondra fivavahana sy ny olon-tsotra eo anatrehan' ny lalàna.

Nony farany dia neken' ireo manam-pahefana papaly fa «Azo raisina ireo fepetra efatra izay takian' ny mpomba an' i Hus, nefa kosa ny zo hanazavana izany, izany hoe ny famerana ny tena heviny dia havela ho anjaran' ny fivoriam-be mpandini-draharaha, dia ny papa sy ny amperora» [26]. Izany ary no niaingana mba hanaovana fifanarahana ka azon' i Roma tamin' ny lainga sy ny fitaka izay tsy azony tamin' ny ady ; satria manana fahefana izy handray araka ny fandikany azy ireo zavatra notakian' ny mpomba an' i Hus, toy ny ataony amin' ny Baiboly, koa dia azony natao ny namadika ny tena dikany hifanaraka amin' ny fikasany.

Nisy antokon' olona tany Bohemia, izay nahita fa namadika ny fahefany ilay fifanarahana, ka tsy nekeny. Nitranga ny tsy fitovian-kevitra sy ny fisaraham-bazana, izay nitarika ady sy ra latsaka teo amin' izy samy izy. Maty tamin' io fifandonana io i Procopius, lehilahy mendrika indrindra, ary maty niaraka taminy ny fahafahana tany Bohemia.

Nanjary mpanjakan' i Bohemia izao i Sigismond, ilay namadika an' i Hus sy Jérôme ; tsy noraharahainy ny fianianany hanohana ny zon' ny Bohemiana, fa nanomboka nampijoro ny fiandaniana tamin' ny papa izy. Kely ihany anefa no tombon-tsoa azony tamin' ny fanompoany tanteraka an' i Roma. Nandritra ny roapolo taona mantsy dia feno asa mafy sy notandindomin-doza ny fiainany. Rava ny tafiny ary ny hareny dia ritran' ny ady lava tsy nahitam-bokatsoa ; ary rehefa nanjaka herintaona izy, dia maty, ka namela ny fanjakana teo amoron' ny ady an-trano, sady namela ho lovan' ny taranaka ho avy, anarana voapetaky ny fahafaham-baraka.

Naharitra ela ny korontana, ny ady sy ny fandatsahan-dra. Nanafika an' i Bohemia indray ny tafika vahiny, ary mbola nampizara ny firenena ihany ny tsy fifanarahana sy ny ady an-trano. Ireo izay nijanona ho mahatoky tamin' ny filazantsara dia nianjadian' ny fanenjehana hatramin' ny fandatsahan-dra.

Satria nifanaraka tamin' i Roma ireo rahalahiny teo aloha, ka nihosona tamin' ny hevi-disony, dia nitambatra ho fiangonana miavaka ireo izay niraiki-po tamin' ny finoana voalohany, ka naka ny anarana hoe : «Firaisan' ny mpirahalahy». Nahatonga ozona ho azy avy amin' ny antokon' olona rehetra io fihetsehana io. Nefa tsy azo nohozongozonina izy fa nijoro hatrany. Na dia voatery hitady

fialofana any anaty ala sy any anaty zohy aza izy, dia mbola nivory ihany ka hamaky ny tenin' Andriamanitra sy hiray hina amin' ny fanompoana Azy.

Tamin' ny alalan' ny mpitondra hafatra nalefa an-tsokosoko tany amin' ny tany samihafa no nahafantarany fa tetsy sy teroa dia nisy «olona maningana nanaiky ny fahamarinana, olom-bitsy ao amin' ny tanàn-dehibe iray, vitsy ao amin' ny hafa koa izay nianjadian' ny fanenjehana tahaka azy ireo koa ; ary fantany fa tany amin' ny tendrombohitra Alpa tany dia nisy fiangonana fahagola, izay nijanona teo amin' ny fanorenan' ny Soratra Masina, sady nanohitra ireo fanompoam-tsampy sy fahalotoana tao Roma»23. Noraisina tamim-pifaliana izany vaovao izany ary natomboka ny fifandefasana taratasy tamin' ireo kristiana Vaudois.

Nifikitra tamin' ny filazantsara ireo Bohemiana izay niaritra nandritra ny alin' ny fanenjehana, tao amin' ny ora maizina indrindra, mandra-pitodiky ny masony ho amin' ny faravodilanitra tahaka ny olona miandry ny maraina. «Sarotra ny andro nodiaviny, nefa tsaroany ireo teny izay i Hus no niteny azy voalohany, ary naverin' i Jéròme, fa tsy maintsy ho lasa ny taonjato iray vao hiposaka ny andro. Ho an' ireo mpomba an' i Hus dia toy ireo tenin' i Josefa ho an' ireo foko tany am-panandevozana izany : «Ho faty aho ary hamangy anareo tokoa Andriamanitra, ka hanafaka anareo» [27]. «Ireo taona farany tamin' ny taonjato fahadimy ambin' ny folo dia vavolombelona fa nandroso tamin' ny fomba miadana nefa azo antoka ireo fiangonan' ny Mpirahalahy. Niaina tao amin' ny fiadanana ihany izy. Tamin' ny fiantombohan' ny taonjato fahenina ambin' ny folo dia niisa ho roanjato ny fiangonana tany Bohemia sy Moravia» [28]. «Sambatra, indrindra ireo sisa, izay afaka tamin' ny faharomotana sy ny famonoan' ny afo sy ny sabatra, fa navela hahita ny fiposahan' ny andro izay nambaran' i Hus mialoha» [29].

**Fanamarihana**

1 Wylie, boky 3.toko 1
2 Bonnechose, Ireo Mpanavao fivavahana talohan' ny Fihetsiketsehana fanavaozana ara-pivavahana, boky 1, p. 87.
3 2 Kor.13:8
4 Wylie,boky faha 3, toko 2
5 Jereo Fanampiny
6 Bonnechose, boky 1, p. 147, 148
7 Bonnechose, boky 1, p. 147, 148
8 Bonnechose, boky 1, p. 147
9 Jacques Lenfant, Tantaran' ny Fivoriana fiheverandraharaha tao Constance, boky 1, p. 1516
10 Bonnechose, boky 2, p. 67
11 D'Aubigne, boky 1,toko 6
12 Bonnechose,boky 8,p.84 ' 86
13 Bonnechose. boky 2. p. 84,86
14 Wylie,boky 3,toko 7
15 Wylie, boky 3, toko 7
16 Bonnechose, boky 1, p. 234
17 Bonnechose,boky 2,p.141
18 Bonnechose, boky 2, p.146, 147
19 Matio 10 : 18-20
20 Bonnechose, boky 2, p.151,153
21 Bonnechose, boky 2, p.151-153
22 Wylie, boky 3, toko 10
23 Bonnechose, boky 2, p.168
24 Wylie, boky 1, toko 17
25 Sal. 53 : 5
26 Wylie,boky 3,toko 18
27 Wylie, boky 3, toko 19
28 Ezra Hall Gillet, Ny fiainana sy ny Andro nisy an' i Jhon Huss, boky 2, pejy 570
29 Wylie, boky 3, toko 19

# 7

# *Nisaraka tamin' i Roma i Lotera*

Voalohany tamin' ireo izay nantsoina hitarika ny fiangonana hiala tamin' ny haizin' ny fahefan' ny papa ho amin' ny fahazavan' ny finoana madio kokoa i Lotera. Feno zotom-po izy, nirehitra sady tia vavaka, tsy nahalala tahotra afa-tsy ny fahatahorana an' Andrimanitra, ary tsy nanaiky foto-pinona hafa afa-tsy ny Soratra Masina: Tena lehilahy nilaina tamin' ny androny. Tamin' ny alalany no nahavitan' Andriamanitra asa lehibe ho fanavaozana ny fiangonana sy ho fanazavana an' izao tontolo izao.

Tahaka ireo mpitory voalohany ny filazantsara dia avy tamin' ny sarangan' olona mahantra no nisehoan' i Lotera. Tokantrano tsotsotry ny tantsaha alemana no nandaniany ireo taona voalohany teo amin' ny fiainany. Niasa mafy isan' andro tao amin' ny fitrandrahana harin-tany rainy mba ahazoany vola hianarany. Ny ho mpisolovava no nikendreny azy; Andriamanitra kosa anefa nikasa azy ho mpiasa eo amin' ny fanamboarana ilay tempoly lehibe izay nitsangana moramora nandritra ireo taonjato nifandimby. Ny fahasarotampiainana, ny tsy fisiana sy ny fifehezana mafy no sekoly nanomanan' Ilay Fahendrena tsy voafetra an' i Lotera ho amin' ny asa lehibe nanirahana azy nandritra ny fiainany.

Ny rain'i Lotera dia lehilahy nanana saina matanjaka sy mavitrika, nanana hazon-damosina, toetra amam-panahy matotra koa izy, olomarina, sady tso-po. Nahatoky tamin' izay fantany fa adidiny izy, na ho inona na ho inona no vokatr' izany. Ny fahendrena voa-janahary tao aminy dia nahatonga azy ho maodimaody ny amin' ny rafitry ny fikambanana relijiozy. Tena tsy faly mihitsy izy rehefa niditra relijiozy i Lotera satria tsy nekeny izany. Roa taona taty aoriana vao nihavana indray izy mianaka, nefa dia tsy niova mihitsy ny heviny.

Nikarakara fatratra ny fanabeazana sy ny fitaizana ny zanany ireo ray aman-drenin' i Lotera. Niezaka ny hampianatra azy ny fahaialalana an'

Andriamanitra sy ny hivelona amin' ireo toetra tsara kristiana izy. Matetika no tonga tany an-tsofin-janany ny vavaka nataon' ny rainy mangataka ny ahatsiarovany ny anaran' ny Tompo sy ny hahatonga azy ho mpanampy eo amin' ny fampandrosoana ny fahamarinany indray andro any. Ny tombontsoa rehetra azo anolokoloana ny ara-pitondrantena sy ny ara-tsama izay nety ho hitany teo amin' ny fiainana maha-mpiasa mafy azy dia samy noezahin' ireo ray amandreniny ireo hohatsaraina. Nilofo tamim-pikirizana izy ireo mba hanomana ny zanany ho amin' ny fiainana tia vavaka sady mahavita soa. Noho io toetrany hentitra sy matotra io dia lasa henjan-doatra izy indraindray; nefa na dia tsapan' ilay Mpanavao fivavahana aza fa nisy nahadiso lalana azy ireo, dia hitany fa be kokoa no tokony hankasitrahana eo amin' ny fifehezany noho ny tokony homelohina.

Tany am-pianarana, izay nandefasana an' i Lotera raha mbola kely taona izy, dia henjana no nitondrana azy ary an-terisetra aza. Nahantra indrindra ny ray aman-dreniny ka nisy fotoana nahavoatery azy hanao hira isambaravarana mba ahazoany hanina raha niainga avy tao an-tranony ho any an-tsekoly tany an-tanàna hafa izy. Nameno tahotra ny fony ireo hevitra maizimaizina sy ireo finoanoam-poana mikasika ny fivavahana nanjaka tamin' izany fotoana izany. Indraindray rehefa matory izy amin' ny alina dia oriory ny fony, torakovitra izy nibanjina ny ho avy maizim-bolana ary mitebiteby foana mihevitra an' Andriamanitra ho toy ny mpitsara, tsy azo ivalozana, ho toy ny mpanjakazaka tsy mifaditrovana, fa tsy Ray malemy fanahy any an-danitra.

Nefa na dia maro sy lehibe toy izany aza ny zavatra nahakivy an' i Lotera dia tsy nisalasala izy nandroso hatrany hanatratra ilay tarigetra ambony dia ny ara-pitondrantena sy ara-tsaina izay nanintona ny fanahiny. Nangetaheta fahaialana izy, ary ny toetry ny sainy mazoto sady vonona hanatanteraka dia nitarika azy hikatsaka ny maharitra sy ny mahasoa mihoatra noho ny misehoseho sy ny ivelam belany.

Rehefa valo ambin' ny folo taona izy, dia niditra tao amin' ny Oniversiten' i Erfurt, azo lazaina fa tsara kokoa ny toerana nisy azy tamin' izay ary namiratra noho ny tamin' ireo taona teo aloha ny fanantenany. Noho ny fitsitsiana sy ny asa mafy dia mba nanana kokoa ny ray aman-dreniny ka afaka nanampy azy tamin' izay nilainy rehetra. Ny firaisany tamin' ireo namany nahay nandanjalanja zavatra dia mba nampihena ny vokatry ny fitaizana azy teo aloha izay nanamaloka azy. Niezaka mafy handinika ny asa soratr' ireo mpanoratra kalazalahy indrindra izy, ka nazoto fatratra nanangona ireo hevitra mafonja indrindra sy nandray ny fahendren' ny hendry ho an' ny tenany. Na dia fony teo ambanin' ny fifehezana henjan' ny mpammpianatra azy teo aloha aza izy dia efa nantenainy fa hiavaka, ary izao misy hery miasa mangina manampy azy izao dia nivelatra haingana dia haingana ny sainy.

Ny fananany saina mahay mitaditady, mavitrika sady mahay mamoronjavatra, mahay mandanjalanja amin' ny fomba matotra sady tsy mba sasatra teo amin' ny fiezahany ka vetivety dia nahatonga azy ho lohalaharana teo amin' ireo mpiaramianatra aminy. Ny fahazarany nifehy saina dia niteraka fahamasahana sy fitiavana hikarokaroka sy faharanitana izay nanomana azy ho amin' ireo ady hatrehiny amin' ny fiainana.

Nitoetra tao am-pon' i Lotera ny fahatahorana an' i Jehovah, ka nahatonga azy hitozo tamin' ny fihazonany izay zava-kendreny sy nitarika azy hanetry tena lalina teo anatrehan' Andriamanitra. Voatsapany mandrakariva fa nila ny hiankina tamin' ny fanampian' Andriamanitra izy, tsy mba nohadinoiny ny nanomboka ny andro rehetra tamin' ny fivavahana, raha niaina tamin' ny fangatahana fitarihana sy fanohanana ny fony. «Ny mahery mivavaka, hoy izy matetika, no lafiny tsara indrindra amin' ny fianarana». D'Aubigne, boky 2, toko 3. Indray andro raha nandinika ireo bokin' ny Oniversite i Lotera, dia nahita Baiboly tamin' ny teny latina. Tsy mbola nahita boky toy izany izy na oviana na oviana. Tsy fantany akory fa nisy izany. Efa nandre momba ny Filazantsara sy ny Epistily izy, rehefa misy fanompoampivavahana ho an' ny besinimaro, ary noheveriny fa ireny no Baiboly manontolo. Sambany izao mba nahita maso ny Tenin' Andriamanitra manontolo izy. Sady feno fanajana no gaga izy nandinika ireo takelaka masina; nihahaingana ny fitepon' ny fony sady nidobodoboka raha namaky ireo teny fiainana ho azy izy, ary nijanona tsindraindray niantso mafy hoe: O ! raha mba omen' Andriamanitra boky toy itony ho ahy manokana aho» *Ibid,* boky 2, toko 2. Teo anilany ny anjelin' ny lanitra, ary ny tarapahazavana avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra dia nampiseho ireo haren' ny fahamamarinana tamin' ny sainy. Natahorany mandrakariva ny hampalahelo an' Andriamanitra, nefa izao dia tsapany lalina ny mahampanota azy, ary nanindry mafy azy mihoatra noho ny teo aloha izany.

Naniry koa raha naniry ny ho afaka amin' ny fahotana izy sy ny ho vita fihavanana amin' Andriamanitra ka dia nanapa-kevitra hiditra ho relijiozy izy nony farany ary hanolo-tena ho mpitoka-monina. Nasaina nanao ny asa mafy ambany indrindra izy tao sy nangataka isan-trano.Teo amin' ny taona izay hikatsahana fatratra ny haja sy ny fankasitrahana izy tamin' izay ka nampangirifiry ny fony ny fanaovana ireo asan' ny mpanompo ireo; nefa nozakainy tamimpaharetana satria ninoany fa nilaina noho ny fahotany izany.

Ny fotoana rehetra izay azony nanombinana tamin' ny fanaovany ireo adidiny andavanandro dia nampiasainy hianarana, nangalarany tamin' ny ora tokony hatoriana ary na dia ny fotoana kely lany tao amin' ilay sakafo ambilom-bazana aza dia nakany koa. Ambonin' ny zavatra hafa rehetra dia ny fianarana ny tenin' Andriamanitra no nahitany fahafinaretana. Nahita Baiboly voagadra tamin' ny rindrin' ny tranon-drelijiozy izy, ka nankeo

matetika. Arakaraka ny nahatsapany lalindalina kokoa ny maha-mpanota azy no itadiavany ny ahazoana famelan-keloka sy fiadanana tamin' ny alalan' ny asany. Nivelona tamin' ny fiainana mafy indrindra izy, niezaka ny hampilefitra ireo fironana ratsy tao aminy tamin' ny alalan' ny fifadiankanina, ny fiaretan-tory sy ny fampijalian-tena tamin' ny kapoka, nefa. tsy nahitany fahafahana izany nandritra ny fiainany tao amin' ny tranon' ny relijiozy. Tsy nihemotra mihitsy izy teo anatrehan' izay fihafiana mafy indrindra niheverany fa hahatrarany ilay fahadiovam-po izay ahazoany mijoro sy ankasitrahana eo anatrehan' Andriamanitra. Relijiozy vontom-pivavahana aho, hoy izy taty aoriana, «nanaraka ny fepetra tao amin' ny antoko nisy ahy tamin' ny fomba hentitra mihoatra noho izay azoko hambara. Raha misy relijiozy mety mahazo ny lanitra amin' ny asan' ny maha-relijiozy azy, dia ho nahazo izany marina aho. . . Raha notohizako kely izany dia ho nitarika ahy hatramin' ny fahafatesana ny fampijaliako tena.» — *Ibid,* boky 2, toko 3. Vokatr' io fifehezan-tena mampijaly io dia very ny tanjany ka nifanintontsintona sy safotra izy, ary tsy sitrana tanteraka mihitsy tamin' ny aretina vokatr' izany. Nefa na dia teo aza ny ezaka rehetra nataony dia tsy nahita anamaivanana ny fanahiny nitambesaran-keloka. Farany dia efa nanamorona ny hantsan' ny famoizam-po izy. Tamin' ny fotoana niheveran' i Lotera fa tsy misy azony antenaina intsony no nananganan' Andriamanitra sakaiza sy mpanampy ho azy. Nanokatra ny tenin' Andriamanitra tamin' ny sain' i Lotera i Staupitz, lehilahy tia vavaka ka nobaikoiny tsy hijery ny tenany izy, hijanona tsy hibanjina intsony ny famaizana mandrakizay izay mandika ny lalàn' Andriamanitra, fa hijery an' i Jesosy, Ilay Mpamonjiny mpamela heloka. «Aza mampahory ny tenanao noho ny fahotanao, fa miantoraha eo amin' ny sandrin' ny Mpanavotra. Matokia Azy, matokia ny fahamarinan' ny fiainany, ny fanavotana avy amin' ny fahafatesany. . . Henoy ny Zanak' Andriamanitra, tonga olona Izy mba hanomezany anao ny antoky ny fankasitrahan' Andriamanitra.» Tiavo Ilay efa tia anao taloha. *Ibid*, boky 2, toko 4. Toy izany no teny nataon' io mpitondra hafatry ny famindrampo io. Latsaka lalina tao an-tsain' i Lotera ny teniny. Rehefa avy niady im-betsaka tamin' ireo hevi-diso nankamamiany ela izy, dia afaka namikitra ny fahamarinana, ary niditra tao amin' ny fanahiny niahanahana teo ny fiadanana.

Nohosorana ho pretra i Lotera ary voantso hivoaka ny tranon' ny relijiozy hampianatra tao amin' ny Oniversiten' ny Wittenberg. Tao izy no nilofo nianatra ny Soratra Masina tamin' ny teny nanoratana azy. Nanomboka famelabelarana momba ny Baiboly izy; ary nosokafana ho azon' ny vahoaka marobe nihaino tamim-pifaliana ny bokin' ny Salamo, ny Filazantsara sy ny Epistily. Nampirisihin' i Staupitz, izay sakaizany sady lehibeny izy, hiakatra polipitra ka hitory ny tenin' Andriamanitra. Nisalasala i Lotera, satria tsapany

fa tsy mendrika hisolo an' i Kristy izy hiteny amin' ny vahoaka. Rehefa niady ela izy vao nanaiky ny fangatahan' ireo sakaizany. Efa nahay Soratra Masina izy ary ny fahasoavan' Andriamanitra nitoetra teo aminy. Namabo ny mpihaino azy ny fahaizany mandahatra, naharesy lahatra ny saina ny teny mazava sy mahery nentiny naneho ny fahamarinana, ary nanetsika ny fony ny firehetany.

Mbola tena zanaky ny fiangonana papaly marina i Lotera ary tsy nihevitra zavatra hafa noho izany mihitsy na oviana na oviana. Noho ny fitondran' Andriamanitra dia voatarika hitsidika an' i Roma izy. Nandeha tongotra izy, niantrano tany amin' ny relijiozy teny andalana. Tany amin' ny tranon' ny relijiozy iray tany Italia dia gaga izy nahita maso ny harena, ny hatsarantarehy mihoapampana sy ny fanaranam-po tafahoatra. Ny vola niditra tamin' ny relijiozy dia nitovy tamin' izay raisin' ny andriandahy, ka nipetraka tao amin' ny trano kanto indrindra izy ireny sady nitafy akanjo sarobidy sy lafo indrindra. Ory dia ory sady nisalasala i Lotera raha nampitaha izany tamin' ny fahafoizan-tena sy ny hamafin' ny fiainany. Very hevitra izy.

Nony farany dia tazany lavitra ilay tanàna misy havoana fito. Safomorona ny fihetseham-pony ka niankohoka tamin' ny tany izy, niteny mafy hoe; «Miarahaba anao aho, Roma masina.» *Ibid*,boky 2, toko 6. Niditra ny tanàna izy, nitsidika ireo fiangonana, nihaino ireo tantara mahavariana naverin' ireo pretra sy relijiozy ary nanatanteraka ny fanompoam-pivavahana rehetra nasaina natao. Hatraiza hatraiza dia nahitany toe-javatra izay nampitolagaga sy nampihoronkoditra azy. Hitany fa nisy ny faharatsiantoetra teo amin' ireo antoko relijiozy rehetra. Reny ny vazivazy tsy mendrika nataon' ireo pretra ambony, ka tsiravina izy nahita ny fanazimbazimbany nahamenatra, na dia nandritra ny lamesa aza. Raha nifangaro tamin' ny relijiozy sy ny olon-tsotra izy dia filibana sy fitondrantena ratsy no hitany. Na taiza na taiza dia tsy fahamasinana no hitany fa fanevatevana ny zavamasina. Tsy azo heverina, hoy ny nosoratany, ny fahotana sy ny zavamahamenatra atao ao Roma: tsy nampino mihitsy raha tsy hitan' ny maso sy ren' ny sofina. Lasa fitenenana ny hoe: «Raha misy ny helo, dia eo amboniny no miorina Roma, lavaka tsy hita noanoa izay ivoahan' ny karazam-pahotana rehetra.» *Ibid*, boky 2, toko 6.

Nisy didy vao navoakan' ny papa izay nampanantena indolzansy (famelana ny sazim-pahotana) ho an' izay rehetra mandohalika miakatra ny tohatr' i Pilato, izay nolazaina fa nidinan' ny Mpamonjy raha nivoaka ny trano fitsarana Izy ary tonga tamin' ny fomba mahagaga avy any Jerosalema nankany Roma. Indray andro i Lotera raha nivavaka mafy teo am-piakarana io tohatra io. dia reny tampoka feo tahaka ny varatra toa nilaza taminy hoe: «Ny marina amin' ny finoana no ho velona» [1]. Nitsangana izy ary niala faingana teo amin' io toerana io sady menatra no tsiravina. Tsy nihen-danja

na oviana na oviana tao amin' ny fanahiny io andininy io. Hatramin' izay dia hitany mazava noho ny teo aloha ny maha-zava-poana ny fitokisana amin' ny olombelona mba ho famonjena, sy ilàna finoana mitohy ny fahamendrehan' i Kristy. Nihiratra ny masony, ary tsy voatampina na oviana na oviana intsony teo anatrehan' ny fitaky ny fahefana papaly. Rehefa nitodi-doha niala tao Roma izy, dia natodiny koa ny fony, ary hatramin' io fotoana io, dia nitombo hatrany ny fisarahany taminy, mandra-panapahany ny fifandraisana rehetra tamin' ny fiangonana papaly.

Rehefa tafaverina avy tany Roma i Lotera, dia nandray ny maripahaizan' ny mpampianatra ngezalahy amin' ny fahaizana teolojia. Izao dia afaka manokan-tena, mihoatra noho ny teo aloha izy ho amin' ny Soratra Masina izay maminy indrindra. Amin' izao izy dia mahazo malalaka hanokan-tena mihoatra noho ny tamin' ny lasa rehetra ho amin' ny fandinihana ny Soratra Masina, izay tiany. Nanao voady masina izy fa handalina fatratra ny tenin' Andriamanitra sy hitory izany araka izay tena izy, fa tsy hitory izay lazain' ireo papa sy ny fampianarany, mandritra ny androm-piainany. Tsy relijiozy na mpampianatra tsotra fotsiny izy, fa mpitory ny Baiboly nahazo alalana. Efa voantso ho mpiandry hamahana ny andian' ondrin' Andriamanitra izy, izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana. Nambarany tamin' ny fomba hentitra fa tsy tokony handray fampianarana hafa afa-tsy izay mifototra amin' ny fahefan' ny Soratra Masina ny kristiana. Nahavoa ny fahefana papaly hatrany amin' ny fanorenany mihitsy ireo teny ireo. Voafono tao anatin' izany ny tena foto-kevitry ny niorenan' ny fanavaozam-pivavahana. Tao amin' ireo no nisy foto-kevitra velona nitondra ny Fanavaozana ara-pivavahana.

Hitan' i Lotera ny loza avy amin' ny fanandratana ny olombelona ambonin' ny Tenin' Andriamanitra. Tsy natahotra izy namely ireo nanam-pahaizana izay nampianatra hevi-diso araka ny saim-pantany fotsiny ary notoheriny ny hevi-tsaina sy ny fampianarana momba ny fivavahana izay niasa mangina ela tamin' ny vahoaka ka nifehy azy. Nampangainy ireo fianarana izay tsy vitan' ny hoe tsy ilaina fa manimba koa, ary niezaka ny hanodina ny sain' ireo mpihaino azy izy, tsy hijery ny fampianaran-diso ataon' ireo mpanao hevitsaina sy mpampianatra momba ny fivavahana, fa hijery kosa ny fahamarinana mandrakizay nasehon' ny mpaminany sy ny apostoly.

Sarobidy tokoa ny hafatra izay nentiny ho an' ny vahoaka liana izay nigoka ny teniny. Tsy mbola nisy mihitsy hatrizay fampianarana toy izany tonga tao an-tsofiny. Ny vaovao mahafaly momba ny fitiavan' Ilay Mpamonjy, ny fahazoana antoka ny famelan-keloka sy ny fiadanana amin' ny alalan' ny rany natao fanavotana, izany no nahafaly ny fony sy fanantenana tsy nety levona tao am-pony. Nisy fahazavana niposaka tao Wittenberg izay nandefa ny tarany hatrany amin' ny toerandavitra indrindra eto an-tany ary hitombo famirapiratana hatramin' ny faran' ny andro.

Tsy afaka nifandrindra anefa ny fahazavana sy ny haizina. Misy ady tsy azo sakanana amin' ny fahamarinana sy ny hevi-diso. Ny mampiseho sy ny miaro ny iray dia famelezana sy famonoana ny anankiray. Ny Mpamonjy antsika mihitsy no nilaza hoe: « Tsy tonga hitondra fiadanana Aho, fa sabatra.» [2]Hoy i Lotera, taona vitsivitsy tatý aorian' ny nisokafan' ny Fanavaozana arapivavahana:' «Tsy mitari-dalana ahy Andriamanitra fa manosika ahy. Entiny an-keriny aho. Tsy tompon' ny tenako aho. Tsy ho velona amim-piadanana aho; nefa arotsany eo afovoan' ny korontana sy ny fivadibadihana tsy misy fiafarany. D' Aubigné, boky 5, toko 2. Ary izao izy dia efa hiditra eo amin' ny fanoherana.

Nataon' ny fiangonan' i Roma entam-barotra ny fahasoavan' Andriamanitra. Novelarina teo anilan' ny alitara ny latabatry ny mpanakalo vola (Mat. 21 : 12), ary nanakoako ny antson' ny mpividy sy ny mpivarotra. Natao fialantsiny ny fanangonana vola hanaovana ny Fiangonan' i Masindahy Petera any Roma, ka dia natolotry ny fahefan' ny papa hamidy ho an' ny besinimaro ny indolzansy. Ny vidin' ny heloka bevava no hanorenana tempoly hanompoana an' Andriamanitra, eo ambonin' ny tambim-paharatsiana no hanorenana ny vato fehizorony. Io fomba io indrindra izay nampiasain' i Roma hivelarany bebe kokoa anefa no zary kanonta lehibe izay hanamontsana ny hery amam-pahefany. Io no nampitsangana ireo fahavalon' ny fahefana papaly vonombonona sy nahomby indrindra, ka nitarika ny ady izay nanozongozona ny seza fiandrianan' ny papa sy nampitsingilahila ny satroboninahitra telo miantoana teo amin' ny lohany.

Ilay nomem-pahefana hitarika ny fivarotana ny famelana ny sazim-pahotana (indolzansy) tany Alemaina, Tetzel no anarany, dia olona nahavita heloka bevava indrindra tamin' ny mpiara-belona sy tamin' ny lalàn' Andriamanitra; rehefa afa-nandositra ny famaizana antonona ny heloka bevava vitany anefa izy dia voakarama hampandroso ny tetika nentanin' ny fitiavam-bola sy efa namonoana eritreritra izay nataon' ny papa. Tsy menatra mihitsy izy namerimberina ireo lainga tena mivandravandra sy nitantara ireo angano sy arira mahavariana mba hamitahany ny olona bado sy mora ambakaina ary minomino foana. Raha nanana ny tenin' Andriamanitra izy ireo dia tsy ho voafitaka toy izao. Ny hitazonana azy teo ambanin' ny fifehezana papaly, ka hampitombo ny fahefana sy ny haren' ireo mpitarika be hambom-po, no nihazonana ny Baiboly tsy ho eo am-pelatanany. (Jereo John C. L. Gieler, A compendium of Ecclesiastical History, fizarana 4, toko 1 andininy 5).

Rehefa hiditra amin' ny tanàna iray i Tetzel dia nisy iraka nialoha lalana azy niantso hoe: «mby eo am-bavahadinareo ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny an' ny ray masina.» D'Aubigné, boky 3, toko 1. Ary dia raisin' ny vahoaka tsara ilay mpihambo miteny ratsy an' Andriamanitra toy ny

Andriamanitra tenany mihitsy no nidina avy any an-danitra ho eo amin' ny olona. Atsangana ao am-piangonana ilay varotra mahavoafady dia miakatra eny amin' ny polipitra i Tetzel, manandratra ny indolzansy toy ny fanomezana sarohidy indrindra avy amin' Andriamanitra. Nambarany fa noho ireo taratasy fanamarinana famelana ny sazim-pahotana dia voavela ny fahotana rehetra tian' ny mpividy atao amin' ny ho avy, ary na ny fibebahana aza dia tsy ilaina akory. «*Ibid*, boky 3, toko 1. Mihoatra noho izany, dia nambarany marimarina tamin' ny mpihaino azy fa tsy manan-kery hamonjena ny velona fotsiny ny indolzansy fa mahavonjy koa ny maty; fa amin' ny fotoana indrindra izay hanenoan' ny vola tafiditra ao anaty vatany, dia miala avy ao amin' ny afo fandiovana ny fanahin' ny olona nividianana izany ka mizotra mankany an-danitra. (Jereo K. R. Hagenbach, *History of the Reformation* Tantaran' ny Fanavaozana ara-pivavahana Boky 1, p. 96.

Rehefa nangataka ny hividy ny fahefana hanao fahagagana tamin' ny apostoly i Simona mpanao ody, dia hoy ny navalin' i Petera azy: «Aoka ho very mbamin' ny tenanao ny volanao, satria nataonao fa azo vidimbola ny fanomezan' Andriamanitra» , [3]Ny varotra naroson' i Tetzel anefa dia noraisin' ny olona an' arivony mazoto ho amin' izany. Nikoriana tao amin' ny fitehirizam-bolany ny volafotsy sy ny volamena. Mora kokoa mantsy ny mitady famonjena azo vidina amin' ny vola noho ny famonjena mitaky fibebahana, fiezahana sy finoana mafana hanoherana sy handresena ny fahotana.

Efa notoherin' ny olona nandalim-pahaizana tia fivavahana tao amin' ny fiangonana Romana ny fampianarana momba ny indolzansy, ary betsaka no tsy nino ny fihamboana mifanohitra mivantana tamin' ny saina sy ny fanambarana. Tsy nisy pretra ambony toerana sahy nanohitra io varotra mahavoafady io, fa ny sain' ny olona no voakorontana sy tsy tafandry mandry, ary betsaka no velompanontaniana mafy ny amin' ny tokony hisian' ny fitaovana hoentin' Andriamanitra hanadio ny fiangonany,

Na dia mbola papista sarotiny indrindra aza i Lotera, dia naharikoriko azy ny fihamboana nisy fitenenan-dratsy nataon' ireo mpivarotra indolzansy. Betsaka ny mpiangona teo aminy no efa nividy taratasy fanamarinana, ary vetivety dia tonga nanatona ny mpitandrina azy izy ireo, niaiky ny fahotany isan-karazany, sady nanantena famotsorana, tsy noho izy nibebaka sy naniry fiovana, fa noho ny indolzansy. Nolavin' i Lotera ny famotsoran-keloka nangatahany, ary nananatra azy izy fa raha tsy mibebaka ka manova ny fiainany, dia tsy maintsy ho faty ao amin' ny fahotany. Sahirantsaina be izy ireo nankany amin' i Tetzel nitaraina fa nolavin' ilay mpampikaofesy azy ny taratasy fanamarinana nomeny; ary nisy aza sahy nangataka ny hamerenana ny volany. Romotra ilay frera. Namoaka ny ozona mahatsiravina indrindra izy, nampirehitra afo

teny amin' ny kianja teny an-dalambe ary nambarany fa «nandray baiko avy tamin' ny papa izy handoro ny «heretika» rehetra izay nihevitra ny hanohitra ireo «indolzansy» masina indrindra nalefany ireo». *D'Aubigné*, boky 3, toko 4. Niditra tamin-kasahiana teo amin' ny asa maha-mpiaro ny fahamarinana azy tamin' izay i Lotera. Re avy amin' ny polipitra ny feony nanao fampitandremana mafana sy miezinezina. Nasehony teo anatrehan' ny vahoaka ny toetra maharikorikon' ny fahotana, ary nampianariny azy fa tsy azon' ny olona atao, amin' ny asan' ny tenany ny mampihen-danja ny heloka noho izany na ny mandositra ny famaizana vokany. Tsy misy afa-tsy ny fibebahana amin' Andriamanitra sy ny finoana an i Kristy ihany no afaka mamonjy ny mpanota. Tsy azo vidim-bola ny fitiavan' i Kristy; fanomezana maimaimpoana izany. Nanoro hevitra ny olona izy tsy hividy «indolzansy» fa hibanjina amim-pinoana Ilay Mpanavotra voahombo. Notantarainy ny fanandramana mangidy nataony tamin' ny fikatsahana tsy mahomby ny famonjena azo antoka tamin' ny alalan' ny fampietrena ny tenany sy ny fanaovana asa fivalozana, ary nambarany marimarina tamin' ireo mpihaino azy fa ny fialan' ny fijeriny tamin' ny tenany sy ny finoany an' i Kristy no hahitany fiadanana sy fifaliana.

Mbola nanohy ny varotra nataony sy ny fihamboany tsy marina ihany i Tetzel koa dia nanapa-kevitra i Lotera fa hanohitra ireo fanao tsy mety mihoapampana ireo amin' ny fomba mandaitra kokoa. Tsy ela dia nisy toe-javatra azony nararaotina. Nisy zavatra maro navelan' ny olo-masina (relika) tao amin' ny fiangonan' ny lapan' andriana tao Wittenberg; aseho ny vahoaka izy ireo amin' ny andro masina sasany, ary nahazo famotsoran-keloka tanteraka izay rehetra tonga mitsidika ny fiangonana tamin' izany fotoana izany sy mikonfesy. Amin' ny fotoana toy ireny dia vory marobe tao ny vahoaka. Efa akaiky ny anisan' ny lehibe indrindra tamin' ireo fotoana ireo dia ny fetin' ny olona masina rehetra izany. Ny andro mialoha io i Lotera dia niaraka tamin' ny vahoaka izay efa teny an-dalana ho any amin' ny fiangonana, ary nametraka taratasy teo am-baravarana izay nisy tolo-kevitra dimy amby sivifolo nanohitra ny fampianarana momba ny «indolzansy». Nambarany ny fahavononany hiaro ireo foto-kevitra ireo ny ampitson' io tao amin' ny Oniversite, amin' izay rehetra afaka mamely ireo.

Nanintona ny sain' ny rehetra ireo tolo-keviny. Novakina sy niverenana novakina izany, ary naverimberina hatraiza hatraiza. Nihetsiketsika be tao amin' ny Oniversite sy tao an-tanàna noho izany. Voaseho tamin' ireo foto-kevitra ireo fa tsy nankinina na oviana na oviana tamin' ny papa na tamin' ny olon-kafa ny fahefana hamela fahotana sy hanafaka ny sazy noho izany. Io rafitra manontolo io dia zavatra mahatsikaiky — fitaka natao mba hakana vola anararaotana ny finoanoam-poana misy eo amin' ny vahoaka, — hafetsen' i Satana mba hanapotehana ny fanahin'

izay rehetra matoky ireo fihamboana mandainga. Naseho mazava koa fa ny filazantsaran' i Kristy no haren' ny fiangonana misy tombam-bidiny ambony indrindra, fa ny fahasoavan'Andriamanitra izay ambara ao dia atosaka maimaimpoana, amin' izay rehetra mikatsaka izany amin' ny fibebahana sy ny finoana.

Nihantsy adi-hevitra ireo foto-kevitr' i Lotera; nefa tsy nisy sahy namaly azy. Andro vitsy fotsiny dia niparitaka eran' ny Alemaina ireo fanontaniana napetrany, ary herinandro vitsy foana dia nanakoako ho ren' ny kristiana rehetra. Maro ireo mpomba an' i Roma nafana fo, izay nanatri-maso ny fànaovan-dratsy nanjaka tao amin' ny fiangonana sy niferinaina ny amin' izany nefa tsy nahalala izay fomba hanakanana ny fandrosoany, no namaky ireo tolo-kevitra ireo tamim-pifaliana lehibe, ka nahalala fa feon' Andriamanitra izany. Tsapany fa namindra fo Jehovah ka naninjitra ny tanany hampijanona ny fisamontan' ny faharatsiana mitombo haingana, izay avy amin' ny foibe tao Roma.

Nifaly mangingina ireo andriandahy sy ireo mpitsara fa nisy sakana natao tamin' ilay fahefana nirehareha izay nitsipaka ny hananan' ny olona zo hampiakatra amin' ny fitsarana ambony kokoa ny didim-pitsarana navoakany.

Tora-kovitra kosa ireo vahoaka marobe nankamamy ny fahotana sy ninonino foana rehefa notsipahina ireo fampianaran-diso izay nampitony ny tahony. Nisy ireo mpitondra fivavahana fetsifetsy, izay voasembatsembana teo amin' ny fanarontsaronany ny heloka bevava, rehefa nahita fa, notandindomin-doza ny fahazoam-bolany, dia romotra hanohana ny fihamboany. Masiaka ireo mpiampanga nosetrain' ilay Mpanavao fivavahana. Nisy niampanga azy ho maimay sy taitaitra foana. Ny hafa niampanga azy ho be hambom-po, ka nilaza fa tsy Andriamanitra no nitarika azy fa nasesiky ny fireharehana sy ny fitiavan-kiseho fotsiny izy. «Iza no tsy mahalala;hoy ny navaliny, fa vitsy ny olona nampiseho hevi-baovao ka tsy voampanga ho mirehareha sy nila ady mafana? . . . Nahoana no novonoina ho faty Kristy sy ireo maritiora rehetra? . . . Satria ny fahitana azy ireo dia olona nirehareha sy nanao tsinontsinona ny fahendrena tamin' izany fotoana izany, ary nolazaina fa nanolotra zava-baovao tsy naka saina tamim-panetren-tena tamin' ireo mpitahiry ny hevitra taloha.»

Hoy ihany izy: «Na inona na inona zavatra hataoko, dia tsy amin' ny alalan' ny fahendren' olombelona, fa avy amin' ny torohevitr' Andriamanitra. Raha an' Andriamanitra ny asa, iza no hahasakana izany? raha tsy an' Andriamanitra iza no afaka hampandroso azy? Tsy ny sitrapoko na ny an' ireo, na ny anay fa ny sitraponao, Ray Masina o, izay any an-danitra». *Ibid,* boky 3, and. 6.

Na dia ny Fanahin' Andriamanitra aza no nanetsika an' i Lotera hanomboka ny asany, dia tsy nilaozan' ny ady mafy ny nanohizany izany.

Ny fanomezan-tsinin' ireo fahavalony, ny nandikana vilana ny fikasany, sy ireo teny tsy marina sy hasomparana natao momba ny toetra amampanahiny sy ny anton-javatra nanosika azy, izany rehetra izany dia niantonta taminy toa safo-drano nanafotra azy; ary marina fa nisy fiantraikany tokoa izany. Natoky izy fa ireo mpitarika ny vahoaka na teo amin' ny fiangonana, na ny tany an-tsekoly dia hiray hina aminy amim-pifaliana amin' izao ezaka fanavaozana ataony izao. Nanome fifaliana sy fanantenana ny teny fampanantenana nataon' ireo olona ambony toerana. Tazany mialoha sahady ny fiposaky ny andro mamirapiratra kokoa ho an' ny fiangonana. Nivadika ho fanamelohana sy fiampangana anefa ny fampaherezana. Maro ireo olona ambony tao amin' ny fiangonana sy ny fanjakana, no resy lahatra ny amin' ny fahamarinan' ireo foto-kevitra nasehony; vetivety anefa dia hitany fa hitarika fiovana be ny fanekena fahamarinana. Ny fanazavana ny sain' ny vahoaka sy ny fitondrana fanavaozana eo aminy dia ekena fa hamongotra ny fahefan' i Roma, hahatankina ireo renirano an' arivony izay mampikoriana vola ankehitriny ao amin' ny tahiriny, ary noho izany dia hampihena betsaka ny fandaniam-bola sy ny fanaranam-po tafahoatra amin' ny zava-tsoa hita teo amin' ireo filoha teo amin' ny fahefana papaly. Ankoatr' izany, ny hampianatra ny vahoaka hisaina sy hiasa toy ny olona tompoan' andraikitra, ka hibanjina an' i Kristy irery mba hahazoany famonjena, dia fanonganana ny seza fiandrianan' ny papa ary mety ho fandravana ny fahefany mihitsy aza. Noho izany antony izany dia nolaviny ny fahaialana natolotr' Andriamanitra ho azy ka niditra teo amin' ny laharan' ny mpanohitra an' i Kristy sy ny fahamarinana ka nandà ilay olona nirahiny hanazava azy.

Tora-kovitra i Lotera raha nijery ny tenany — niatrika ny hery matanjaka indrindra eto an-tany. Indraindray dia nisalasala izy raha tena notarihin' Andriamanitra tokoa ka tonga teo amin' ny toerana izay hanoherany ny fahefan' ny fiangonana. «Fa iza moa aho, hoy izy nanoratra, no hanohitra ny voninahitry ny papa, nefa . . . ny mpanjakan' ny tany sy izao tontolo izao manontolo mangovitra eo anatrehany? . . . Tsy misy mahalala izay niaretako tao am-poko nandritra ireo taona roa voalohany ary ny vesatry ny fahakiviana sy ny famoizam-po naharendrika ahy». *Ibid,* boky 3, toko 6. Tsy navela ho kivy tanteraka anefa izy. Rehefa tsy nisy nanohana azy ny olombelona, dia Andriamanitra irery no nobanjininy ary fantany tamin' izany fa azony iankinana tsy misy atahorana ilay sandry mahery.

Izao no nosoratan' i Lotera tamin' ny sakaizan' ny Fanavaozana arapivavahana iray: «Tsy mety ho tonga eo amin' ny fahafantarana izay lazain' ny Soratra Masina isika na amin' ny alalan' ny fandinihana azy na amin' ny fahakingan' ny saintsika. Ny adidinao voalohany dia ny manomboka izany amin' ny fivavahana. Aoka ianao hiangavy mafy an' i Jehovah, noho ny famindrampony lehibe, sy hanome anao ny hahalala ny tena dikan' ny teniny.

Tsy misy afaka hanazava ny tenin' Andriamanitra afa-tsy ilay nanoratra izany teny izany ihany, araka ny nolazainy hoe: «Samy efa nampianarin' Andriamanitra avokoa izy rehetra. Aza manantena na inona na inona avy amin' ny tenanao, avy amin' ny fahalalanao; matokia an' Andriamanitra irery ihany, sy ny Fanahy Masina miasa mangina ao aminao. «Ekeo izao teny izao toy ny avy amin' ny olona iray izay efa nanao fanandramana momba izany». *Ibid,* boky 3, toko 7. Misy lesona iankinan' ny aina eto ho an' ireo izay mahatsapa fa niantso azy Andriamanitra haneho amin' ny hafa ny fahamarinana miezinezina ho amin' izao fotoana izao. Hampihetsika ny fandrafian' i Satana sy ny an' ireo olona izay mankasitraka ny anganongano noforonin' i Satana ireo fahamarinana ireo. Amin' ny ady ifanaovana amin' ny herin' ny ratsy dia ny hery mihoatra noho ny saina matsilo sy ny fahendren' olombelona no ilaina.

Rehefa niantehitra tamin' ny fomba amam-panao sy ny lovantsofina ireo fahavalo, na tamin' ny fanambaran' ny papa sy ny fahefany, dia ny Baiboly ary ny Baiboly irery ihany no asetrin' i Lotera azy ireo. Misy fonjan-kevitra tsy hainy valiana ao;noho izany, dia nitaky ny rany ireo nandevozin' ny fombafomba ivelany sy ny finoanoam-poana, tahaka ireo Jiosy izay nitaky ny ran' i Kristy. «Heretika» izy, hoy ny antsoantson' ireo mpomba mafana fo an' i Roma. Tena famadihana ny fiangonana mihitsy ny famelana mpampianatra hevi-diso, «heretika», maharikoriko toy io mbola velona na dia hadiny iray aza. Aoka hatsangana ho azy avy hatrany ny fanapahan-doha!» *Ibid,* boky 3, toko 9. Nefa tsy hazan' ny fahaviniran' ireo Lotera. Nanana asa ho azy Andriamanitra, ka nalefa hiaro azy ireo anjelin' ny lanitra. Betsaka anefa, ireo izay nandray ny fahazavana sarobidy avy amin' i Lotera no nianjadian' ny fahatezeran' i Satana ka niaritra ny fampijaliana sy ny fahafatesana tsy tamintahotra noho ny fahamarinana.

Nisarika ny sain' ny olona mpandinika lalina eran' ny Alemaina manontolo ny fampianaran' i Lotera. Nisy tara-pahazavana izay nampifoha sy nanazava ny olona an' arivony avy amin' ny toriteniny sy ny bokiny. Finoana velona no naka ny toeran' ny fombafomba ivelany tsy misy aina izay nanjaka ela tokoa teo amin' ny fiangonana. Nihavery isan' andro teo amin' ny olona ny fahatokiany ireo finoanoam-poana tao amin' ny fivavahana Romana. Nanomboka nianjera ireo hevitra tsy marim-pototra nibahana tao an-tsaina, izay toa fefy manakana. Tahaka ny sabatra roa lela izay manavatsava lalana ho ao am-pon' ny olona ny tenin' Andriamanitra izay nisedran' i Lotera ny fampianarana sy ny fitsipika natao harahina rehetra. Nifoha hatraiza hatraiza ny faniriana handroso eo amin' ny ara-panahy. Hatraiza hatraiza dia nisy hanoanana sy hetaheta ny fahamarinana izay tsy mbola hita nandritra ny taona maro. Ankehitriny ny mason' ny vahoaka izay notarihina fotoana ela ho amin' ny fombain-pivavahana notinendrin' olombelona sy ny mpanalalana

eto an-tany, dia nitodika tamim-pibebahana sy tamimpinoana ho eo amin' i Kristy dia amin' Izy voahombo.

Vao mainka nampitombo ny tahotr' ireo manampahefana papaly ny fihanaky ny fitiavan' ny olona ny fahamarinana. Voadidy hiseho fitsarana any Roma i Lotera fa voampanga ho «heretika». Nampivarahontsana ny sakaizany io baiko io. Fantany tsara ny loza nananontanona azy tao amin' ilay tanàna feno faharatsiana izay efa mamon' ny ran' ireo maritioran' i Jesosy. Notoherin' izy ireo ny fankanesan' i Lotera any Roma ary nangatahiny ny handinihana ny momba azy any Alemaina.

Farany dia tanteraka io fandaminana io, ary notendrena hitsara ny raharaha ny iraky ny papa. Tao amin' ireo hafatrafatra nampitondrain' ny papa ho an' ity manam-pahefana ity dia hita fa efa voalaza sahady ho «heretika» i Lotera. Noho izany dia nasaina hitory sy hisambotra azy avy hatrany izy. Raha hijoro amin' ny heviny izy ary ho votsotra avy eo am-pelatanan' ny iraky ny papa dia nomena fahefana io iraka io: «handroaka azy ho mpanjenjena, na aiza na aiza misy azy any Alemaina; nomena fahefana koa izy hanao sesitany, hanozona sy hanongotra tsy ho mpandray kominio izay rehetra miray fo aminy.» *Ibid,* boky 4, toko 2. Ary ankoatr' izany, mba hanongotana hatramin' ny fakany io fampianaran-diso «herezia», tahaka ny areti-mifindra io, dia nomen' ny papa toro-hevitra ny iraka nalefany mba handroaka tsy ho anisan' ny Eglizy intsony ny olona rehetra, na toy inona na toy inona haja amam-boninahiny eo amin' ny fiangonana na eo amin' ny fanjakana, afa-tsy ny amperora, izay manao an-tsirambina ny fisamborana an' i Lotera sy ireo mpomba azy ka tsy hanolotra azy ho amin' ny valifatin' i Roma.

Miseho mazava eto ny tena toe-tsaina ananan' ny fahefana papaly. Tsy nahitana soritry ny foto-kevitra kristiana na izay soritry ny fahamarinana fampihatra andavanandro aza, tao amin' ilay antontantaratasy manontolo. Nifanalavitra dia lavitra an' i Roma no nisy an' i Lotera tamin' izay; tsy nisy fotoana nahazoany nanazava na niaro ny heviny; nefa efa talohan' ny famotopotorana ny momba azy, dia nolazaina fa «heretika» tsotra izao izy, ary dia tamin' ny androtr' izay ihany koa dia nampirisihana hivadika izy, nampangaina, notsaraina ary nomelohina; ary izany rehetra izany dia nataon' ilay mibika tena ho ray masina, ilay hany fahefana fara-tampony, tsy mety diso ao amin' ny fiangonana na eo amin' ny fanjakana!

Tamin' io fotoana io izay tena nilazan' i Lotera firaisam-po marina sy torohevitra avy amin' ny sakaizany mahatoky, dia notarihin' Andriamanitra ho any Wittenberg i Melanchton. Tanora i Melanchton, tsotra sady maotina, manan-tsaina, nahay mandanjalanja, manana fahaialana be sy mambabo amin' ny fahaizany mandaha-teny, ireo rehetra ireo nampian' ny fahadiovana sy ny fahamarinana teo amin' ny toetra amam-panahiny, dia nahatonga ny rehetra hidera sy ho tia azy. Ny famirapiratan' ny talentany dia tsy

voamarika mihoatra noho ny toetrany malemy fanahy. Vetivety dia nanjary mpanaraka ny filazantsara mafana fo izy, sy sakaiza mahatoky indrindra sady mpanohana mahafatrapo ho an' i Lotera; ny fahalemem-panahiny, sy ny fandalany ny rariny dia niasa ho famenon' ny fahasahiana sy ny hafanam-pon' i Lotera. Nanampy hery ny fanavaozana ara-pivavahana ny firaisan-kinan' izy ireo teo amin' ny asa sady loharano nampahery tokoa an' i Lotera.

Notendrena fa any Augsbourg no toerana hanaovana ny fitsarana, koa nandeha tongotra nankany ilay Mpanavao fivavahana. Nampanahinahy be ihany ny momba azy. Efa nisy fandrahonana natao ampahibemaso fa hosamborina sy hovonoina eny an-dalana izy ka nangataka azy tsy ho sahisahy foana ny sakaizany. Nanesika azy hiala kely fotoana fohy tao Wittenberg aza izy ireo ka hitady fiarovana eo amin' ireo izay faly hiaro azy. Nefa nilaza izy fa tsy hiala eo amin' ny toerana izay efa nametrahan' Andriamanitra azy. Tsy maintsy hotohizany amin' ny fomba mahatoky ny fihazonany ny fahamarinana, na dia teo aza ny tafio-drivotra namely azy. Toy izao no fiteniny: «Tahaka an' i Jeremia aho, olon' ny fifandirana sy ny adilahy; nefa arakaraka ny fitomboan' ny fandrahonana, no hitomboan' ny fifaliako koa. . . Efa nanapotika ny hajako sy ny lazako izy. Zavatra tokana sisa tavela dia ny tenako mahantra, aoka horaisiny izany; amin' izay dia hohafoheziny ora vitsy ny fiainako. Fa raha ny fanahiko kosa, tsy mba azony halaina. Izay maniry hitory ny tenin' i Kristy amin' izao tontolo izao, dia tsy maintsy miandry fahafatesana amin' ny fotoana rehetra.» *Ibid,* boky 4, toko 4.

Nahafa-po tokoa ny iraky ny papa ny vaovao momba ny fahatongavan' i Lotera tany Augsbourg. Toa teo am-pelatanan' i Roma izao ilay «heretika mpanelingelina» izay nanaitra ny sain' izao tontolo izao hifantoka aminy, ka nanapa-kevitra ny iraky ny papa, fa tsy ho afamandositra i Lotera. Tsy nitondra tsisakanana ilay Mpanavao fivavahana. Nampirisika azy tsy hiseho eo anatrehan' ny iraky ny papa ireo sakaizany raha tsy manana tsisakanana, ka izy ireo mihitsy no nanao izay ahazoana izany avy amin' ny amperora. Nikasa ny hanery an' i Lotera hiala amin' ny heviny ny iraky ny papa, raha azo atao, ary raha tsy efan' izany, dia ny hitondra azy any Roma no nokendreny, hiharan' izay hanjo an' i Hus sy Jéròme. Noho izany dia niezaka izy, tamin' ny alalan' ireo fiasana teo am-pelatanany, ny hitaona mangingina an' i Lotera hiseho eo anatrehany tsy manana tsisakanana ka hatoky ny famindrarnpony. Nolavin' ilay Mpanavao fivavahana tamin' ny fomba hentitra izany. Raha tsy efa nandray an-tanana taratasy izay nanome toky ny fiarovan' ny amperora aza izy, dia tsy hiseho eo anatrehan' ny ambasadaoron' ny papa.

Ny tetika maty paika nataon' ireo Romanista dia ny hiezaka hahazo ny fon' i Lotera tamin' ny fihetsika toa mitory halemempanahy. Nampiseho fisakaizana fatratra ilay iraky ny papa raha hihaona taminy; fa ny nangatahiny dia ny

hileferan' i Lotera eo ambany fahefan' ny fiangonana, na dia tsy hitonona izany aza, ka hanaiky ny zavatra rehetra tsy misy adi-hevitra na fanontaniana. Tsy nolanjalanjaina araka izay tokony ho izy ny toetra amam-panahin' ity lehilahy ifampiraharahany ity. Ho valin' izany dia nambaran' i Lotera ny fanajany ny fiangonana ny faniriany ny fahamarinana, ny fahavononany hamaly ny fanakianana rehetra atao momba izay nampianariny ka hitondra ny fampianarany hotsarain' ireo Oniversite lehibe sasany. Niaraka tamin' izany anefa dia notoheriny ny fomban' ilay kardinaly izay nangataka azy hanatsoaka ny teniny nefa tsy nasehony mazava taminy ny fahadisoany.

Ny hany valin-teny azony dia izao: «Maneke ho diso! Maneke ho diso! » Nasehon' ilay Mpanavao fivavahana fa tohanan' ny Soratra Masina ny heviny ary nambarany tamin' ny fomba hentitra fa tsy afaka hiala amin' ny fahamarinana izy. Tsy afaka namaly ireo fonjan-kevitra naroson' i Lotera ilay iraky ny papa ka hany heriny dia nandrahona azy tamin' ny fanakianana sy ny fanesoesoana vary raraka ary ny fandokadokafana nosingatsinganina teny nalaina avy amin' ny lovan-tsofina sy ny fanambaran' ireo Rain' ny fiangonana ka tsy nisy nandatsahan' ilay Mpanitsy fivavahana akory. Hitan' i Lotera fa raha notohizana toy izany ny resaka dia tsy hisy vokany, ka farany dia nomen' ireo alalana tsy fidiny i Lotera hamaly azy an-tsoratra.

«Amin' izay», hoy izy, raha nanoratra tamin' ny sakaizany iray, «dia roa sosona ny tombon-tsoa azon' izay iharan' ny fampijaliana; voalohany, izay voasoratra dia azo apetraka hotsarain' ny hafa; faharoa, mety ho azo atao amin' io fomba io ny manararaotra ny tahotra, na dia tsy handaitra intsony amin' ny feon' ny fieritreretana aza izay hahazo an' ity lehilahy tsy refesimandidy, feno avona sy mibedibedy foana ity, fa raha tsy izany dia handresy amin' ny fiteny henjana hataony izy».*Martyn, The Life and Times of Luther* (Ny Fiainan' i Lotera sy ny androny, p. 271, 272.)

Tamin' ny fihaonana faharoa, dia novelabelarin' i Lotera tamin' ny fomba mazava, matotra sy mavesa-danja, sady voatohana tanteraka tamin' ny toko sy andininy maro avy amin' ny Soratra Masina ny heviny. Rehefa avy novakiny tamin' ny feo avo aloha io lahateny io, dia natolony ny kardinaly izay nanilakilaka an' izany ho azy erý sady nilaza fa teny maro foana tsy misy antony izany sy toko sy andininy tsy mifanitsy amin' izay ilaina azy. Tonga saina tanteraka i Lotera ka ny hevitr' ilay pretra ambony miavonavona ihany no nainelezany azy — dia ny lovan-tsofina sy ny fampianaran' ny Eglizy ary naongany tanteraka ireo foto-kevitra najorony.

Rehefa hitan' ny pretra ambony fa tsy misy havaly ny fandaharana nataon' i Lotera, dia tsy mahafehy tena intsony izy, ka toa romotra niantsoantso hoe: «Maneke ho diso raha tsy izany dia halefako any Roma ianao, hiseho eo anatrehan' ny mpitsara notendrena hanadihady ny momba anao. Horoahiko tsy ho anisan' ny Eglizy ianao sy izay rehetra momba anao, sy izay rehetra

naneho fankasitrahana anao na tamin' ny fotoana inona na tamin' ny fotoana inona, ka horoahiko hiala amin' ny Eglizy». Farany dia hoy izy tamin' ny feo feno avona sy hatezerana : «Maneke ho diso, raha tsy izany dia aza miverina intsony». *D'Aubigni*, boky nivoaka tao London,boky 4, toko 8.

Nivoaka ny efitrano haingana niaraka tamin' ireo sakaizany ilay Mpanavao fivavahana, ka nasehony mazava tamin' izany fa tsy misy fanekena ho diso azo antenaina avy aminy. Tsy izay no nokendren' ny kardinaly. Nihevitra izy fa hampahatahotra an' i Lotera ny herisetra ka hampilefitra azy. Izao anefa, tavela irery niaraka tamin' ireo mpomba azy izy, ka nifampijery tamin' alahelo mafy noho ny tsy fahombiazana tsy nampoizina nihatra tamin' ny tetika nataony.

Tsy nilaozan' ny tsy hisy vokany tsara ny fiezahana nataon' i Lotera tamin' io fotoana io. Azon' ny vahoaka be nivory nanatrika tao ny nampitaha ireo lehilahy roa, ka hitsara izay toe-tsaina nasehony, sy ny lanjan' ny hevitra naroson' ny andaniny sy ny ankilany ary ny maha-marim-pototra sy tsy maha-marim-pototra izany. Fahasamihafana manao ahoana! Ilay Mpanavao fivavahana tsotra, manetry tena, matotra, mijoro noho ny herin' Andriamanitra, manana ny fahamarinana ho azy; ilay solontenan' ny papa, mihevitena ho zavatra, manjakazaka, miavonavona, tsy mandanjalanja akory vao manao zavatra, ary tsy nanana na dia fonjan-kevitra iray aza avy amin' ny Soratra Masina, nefa manezakezaka miantsoantso hoe: «Maneke ho diso, raha tsy izany dia aoka halefa any Roma ho faizina».

Na dia efa nanana tsisakanana niaro azy aza i Lotera, dia nioko ireo mpomba an' i Roma hisambotra sy hanao azy an-tranomaizina. Nanantitrantitra taminy ireo sakaizany fa tsy misy antony mbolà hijanonany, fa tokony hiverina avy hatrany any Wittenberg izy, ary atao izay fitandremana mafy indrindra mba hanafenana ny fikasany. Araka izany dia niala tao Augsbourg izy raha mbola tsy niposaka ny masoandro, nitaingina soavaly, ary mpitari-dalana nomen' ny mpitsara ihany no niaraka taminy. Betsaka ny fanahiany raha niafinafina nivoaka ny tanàna namakivaky ny arabe maizina sady mangina izy. Ho afaka amin' ny fandrika novelarina ho azy va re izy? Fotoana nampangitakitaka sy nanaovana vavaka mafana izany. Tonga teo amin' ny vavahady kely teo amin' ny mandan' ny tanàna izy. Novohana ho azy izany, ka tafavoaka tsy nisy nanakantsakana izy sy ilay mpitari-dalana azy. Rehefa tonga tany ivelany soa aman-tsara ireto mpandositra dia nanafaingana ny diany ary talohan' ny nandrenesan' ny iraky ny papa ny nandehanan' i Lotera, dia efa tsy tratran' ny mpanenjika azy intsony izy. Resy Satana sy ny iraka nalefany. Lasa ilay olona noheveriny fa voafenjan' ny fahefany, nandositra sahala amin' ny voronkely niala ny fandriky ny mpihaza.

Rehefa ren' ny iraky ny papa ny nandosiran' i Lotera, dia safotry ny hatairana sy ny hatezerana izy. Nanantena ny handray voninahitra be izy

noho ny fahendreny sy ny fahamatorany tamin' ny fifandraisany tamin' ity mpanakorontana ny fiangonana ity; diso fanantenana anefa izy. Nasehony tamin' ny taratasy ho an' i Frederika filohan' i Saxe ny hatezerany, ka niampangany mafy an' i Lotera sy nangatahany ny handefasan' i Frederika ilay Mpanavao fivavahana ho any Roma na ny handroahany azy tsy honina any Saxe. Ho fiarovan-tenany, dia nohantitranterin' i Lotera ny hanehoan' ny iraky ny papa na ny papa mihitsy ny mahadiso azy amin' ny alalan' ny Soratra Masina, ary nanome toky tamin' ny fomba miezinezina indrindra izy fa hiala amin' ny fampianarany raha azo porofoina aminy fa mifanohitra amin' ny tenin' Andriamanitra izany ary dia nasehony ny fankasitrahany an' Andriamanitra noho ny nandraisana azy ho mendrika ny hijaly ho amin' izao anton-javatra masina izao.

Hatramin' izao dia tsy nahalala afa-tsy kely ihany momba ireo foto-pinoana voahitsy i Frederika, nefa koa tafalatsaka lalina tao am-pony ny fahadiovana, ny hery sy ny fahazavan' ny tenin' ilay Mpanavao Fivavahana, hany ka tapa-kevitra izy fa hijoro ho mpiaro azy mandra-pahazoana manaporofo fa diso izy. Hoy ny navalin' ilay iraky ny papa: «Satria efa niseho teo anatrehanao tany Augsbourg i Dokotera (Mpampianatra ngezalahy) Martin, dia tokony ho afa-po ianao. Tsy nampoiziny fa hiezaka hampanaiky azy ho diso ianao raha tsy natao izay naharesy lahatra azy. Tsy nisy olona manampahaizana teto amin' ny fanjakako nilaza tamiko fa manohitra ny fivavahana ny fampianaran' i Martin, na mifanipaka amin' ny fivavahana kristiana na koa «heretika». Nolavin' ny andriandahy koa ambonin' izany ny handefa an' i Lotera ho any Roma, na ny handroaka azy tsy ho ao amin' ny fanjakany». D'Aubigne, boky 4, toko 10.

Hitan' ny filohan' ny Saxe fa nisy fitotonganana hatraiza hatraiza teo amin' ny ara-pitondrantena teo amin' ny tany amamonina ary nilaina tokoa ny hanao fanavaozana lehibe. Raha tahiny ka manaiky hilefitra eo ambanin' ny fitsipik' Andriamanitra ny olona sy hankatò izany ary hanaraka ny baikon' ny fieritreretany, dia tsy ilaina akory ireo rafi-pandaminana sady misavorovoro no be masonkarena mba ho entina hisakana sy hanafay ny heloka bevava. Hitany fa miasa mafy hahatrarana izany tanjona izany i Lotera, ary nifaly mangingina izy fa nisy hery mangina tsaratsara kokoa izay nanomboka ho tsapa tao amin' ny fiangonana.

Hitany koa fa nahita fahombiazana tokoa i Lotera tamin' ny nahampampianatra azy tao amin' ny Oniversite. Vao herintaona fotsiny izay no nametrahan' ilay Mpanavao fivavahana ny tsangan- keviny tao amin' ny fiangonan' ny lapan' andriana nefa dia indro, fa nihena betsaka ny isan' ny mpanao fivahiniana nitsidika ny fiangonana tamin' ny fetin' ny olo-masina rehetra. Nihavitsy ireo mpamonjy fotoam-pivavahana tany Roma ary nihena koa ny fanomezana nateriny, fa izay nisolo toerana ireny dia

olona nankany Wittenberg izao, tsy mpanao fivahiniana hivavaka amin' ny zavatra navelan' ny olona masina, fa mpianatra nameno ny efitra fianarana. Namelona fahalianana vaovao momba ny Soratra Masina hatraiza hatraiza ny bokin' i Lotera, ary tsy avy ao amin' ny lafy valon' i Alemaina fotsiny, fa avy amin' ny tany hafa koa, no nanaovan' ny mpianatra andiany ho any amin' ny Oniversite. Nisy tanora, raha vao nahatazana an' i Wittenberg voalohany dia nanandratra ny tanany ary nisaotra an' Andriamanitra noho ny nampamirapiratany ny fahamarinana avy amin' io tanàna io, tahaka an' i Ziona fahiny, ary avy ao no niparitahany hatrany amin' ny toerana lavitra indrindra».*Ibid*, boky 4, toko 10.

Vao ny sasantsasany tamin' ny fampianaran-dison' i Roma ihany izao nahatapa-kevitra an' i Lotera taminy izao. Nefa rehefa nampitaha ny Soratra Masina tamin' ny didy sy ny lalàna navoakan' ny papa izy, dia gaga aok' izany. Hoy izy nanoratra: «Eto am-pamakiana ny didy navoakan' ireo papa aho, ary. . . tsy fantatro raha ny papa mihitsy no antikristy na izy no apostoliny, fa lalina loatra ny fanehoana diso ataony ny amin' i Kristy sy ny fanomboany Azy eo amin' ny hazo fijaliana».*Ibid*, boky 5, toko 1. Tamin' izany fotoana izany anefa dia mbola nanohana ny Fiangonan' i Roma ihany i Lotera, ary tsy nihevitra velively ny hisaraka tsy hiray aminy.

Niely ho amin' ny firenena kristiana rehetra ny boky sy ny fampianaran' ilay Mpanavao fivavahana. Nitatra tany Soisa sy tany Holanda ny asa. Nahita lalana ho any Frantsa sy ho any Espaina ny bokiny voadika amin' ireny fiteny ireny. Tany Angletera dia noraisina ho toy ny tenin' ny fiainana ny fampianarany. Nitatra tany Belzika sy tany Italia koa ny fahamarinana. An' arivony ny olona nifoha avy tamin' ny torimaso toy ny an' ny maty ka nifaly sy nanantena fiainana mivelona amin' ny finoana.

Mainka nampisafoaka an' i Roma ny famelezana nafitsok' i Lotera, ary nisy tamin' ireo mpanohitra azy diso mafana fo loatra sy mpampianatra ngezalahy tao amin' ny Oniversite katolika nilaza fa tsy hanam-pahotana izay mamono mahafaty ilay relijiozy mpiodina. Indray andro nisy vahiny, nanafina ny poletany tao anaty kapaotiny nanatona ilay Mpanavao fivavahana ka nanontany azy ny antony handehanany irery toy izao. «Eo am-pelatanan' Andriamanitra aho», hoy ny navalin' i Lotera. «Izy no heriko sy ampingako. Inona no azon' ny olona hatao amiko?» — *Ibid*, boky 6, toko 2. Raha nandre izany teny izany ilay olona dia nivaloarika ny endriny ka nihodina lasa toy ny nandositra tsy ho eo anatrehan' ireo anjelin' ny lanitra izy.

Vonombonona ny hanapotika an' i Lotera i Roma; Andriamanitra anefa niaro azy. Re hatraiza hatraiza ny fampianarany, tao amin' ny tranobongon' ny mahantra sy ny trano fonenan' ny relijiozy ka hatrany amin' ny rovan' andriana, ny Oniversite, sy ny lapan' ny mpanjaka; koa dia nitsangana hatraiza hatraiza ireo andriana hanohana ny fiezahany. —*Ibid,* boky 6, toko 2.

Tokony ho tamin' izany fotoana izany i Lotera, raha namaky ny bokin' i Huss, no nahita fa ny ' fahamarinana lehibe momba ny fanamarinana amin' ny finoana, izay niezahan' ny tenany notohanana sy nampianarina, dia efa notazonin' ilay Mpanavao fivavahana Bohemiana. «Samy mpanaraka an' i Huss daholo izahay», hoy i Lotera, «Paoly, i Augustine sy ny tenako na dia tsy fantatray aza izany!» «Tsy maintsy hovalian' Andriamanitra izao tontolo izao, hoy indray izy nanohy, noho io fahamarinana notorina efa zato taona lasa izay, nefa nodorana!» —*Wylie*, boky.6, toko 1.

Tamin' ny antso nalefa ho an' ny andriamanjaka sy ireo andriandahin' ny Alemaina mba ho fanohanana ny fanavaozampivavahana, dia izao no nosoratan' i Lotera momba ny papa: Mahatsiravina ny mijery lehilahy izay mibika-tena ho solontenan' i Kristy, nefa mampidera harena be izay tsy misy amperora manana toy izany. Tahaka an' i Jesosy izay nahantra ve izy io, na tahaka an' i Petera feno fanetren-tena? Izy, hono, no tompon' izao tontolo izao! Nefa Kristy izay ireharehany fa soloiny tena, dia nilaza hoe: «Ny fanjakako dia tsy eto amin' izao tontolo izao». Mety hitatra ankoatry ny an' ny lehibeny ve ny fanjakan' ny solontena? — *D'Aiibigné*, boky 6, toko 3.

Izao no nosoratany momba ny Oniversite: «Matahotra mafy aho sao hanjary vavahadiben' ny helo ny Oniversite, raha tsy mazoto sy miezaka manazava ny Soratra Masina ny Mpampianatra ao sy hisokitra izany ao am-pon' ny tanora. Tsy misy olona toroako hevitra hametraka ny zanany amin' ny toerana izay tsy hanjakan' ny Soratra Masina. Tsy maintsy ho simba ny toeram-pianarana rehetra rehefa tsy mandinika lalandava ny tenin' Andriamanitra ny olona ao».*Ibid*, boky 6, toko 3.

Niely haingana eran' i Alemaina io antso io ka nanan-kery tokoa tamin' ny vahoaka. Voahetsika ny firenena manontolo ka olona marobe no nitsangana hiray manodidina ny fanevan' ny fanavaozana. Nirehitra tao am-pon' ireo mpanohitra an' i Lotera ny faniriana hamaly faty ka nampirisika ny papa izy handray fepetra henjana mikasika azy. Navoaka ny didy milaza fa homelohina avy hatrany ny fampianarany. Enimpolo andro no nomena ilay Mpanavao Fivavahana sy ireo mpanaraka azy, rehefa afaka izany, raha tsy mihemotra amin' ny heviny izy, dia haongana tsy ho anisan' ny eglizy daholo (hatao eskominie).

Fisedrana faran' izay navaivay ho an' ny Fanavaozana ara-pivavahana izany. Nandritra ny taon-jato nifandimby dia nampivarahontsana ny mpanjaka mahery ny didy navoakan' i Roma nanongana olona tsy ho anisan' ny eglizy ; nidiran-doza sy tratran' ny faharavana ny firenena matanjaka izay nianjadian' ny fanamelohana avy amin' izany ary dia natao ho toy ny zava-mampihorohoro sy maharikoriko aza; nosakanana tsy hifandray amin' ny hafa izy ary noheverina ho toy ny olona very zo tsy arovan' ny lalàna ka hazaina mandra-pahafongany. Tsy nanakimpy ny masony tsy hahita ny

tafiotra efa madiva hipaoka azy i Lotera; nijoro tsy azo nohozongozonina anefa izy, nametraka ny tokiny tamin' i Kristy hanohana sy ho ampinga hiaro azy. Finoana ny herim-pon' ny maritiora no nanoratany izao: «Tsy fantatro izay zavatra hanjo, ary tsy tiako ho fantatra. . . Aoka hiantonta amin' izay hiantontany ny famelezana, tsy matahotra aho. Tsy mihintsana ny ravinkazo na dia iray aza raha tsy sitrapon' ny Raintsika. Mihoatra lavitra manao ahoana no hikarakarany antsika! Maivana ny fahafatesana noho ny Tenin' Andriamanitra, satria ny Teny tonga nofo aza maty. Raha maty miaraka Aminy isika dia ho velona miaraka Aminy koa ary, raha mandalo amin' izay nandalovany isika dia hitoetra miaraka Aminy mandrakizay».*Ibid*, Natonta fanintelony, toko 9.

Rehefa voarain' i Lotera ny taratasy fanamelohana azy avy amin' ny papa, dia hoy izy: «Heveriko ho tsinontsinona sady toheriko satria mifanohitra amin' ny fivavahana, sady diso: . . . Fa Kristy mihitsy no melohina ao. . . Mahafaly ahy ny mitondra fahoriana toy izany noho ny anton-javatra tsara indrindra. Efa mahatsapa sahady fahafahana lehibe tokoa ato am-poko aho, satria fantatro izao fa ny papa no antikristy, ary ny seza fiandrianany dia ny seza fiandrianan' i Satana mihitsy». *D'Aubigné*, boky 6, toko 9.

Nefa tsy hoe tsy nisy asany akory ny didy nalefan' i Roma. Ny fonja sy ny fampahoriana, sy ny sabatra no fiadiana mahery vaika hanerena ny olona hankatò. Nangovitra ny malemy finoana sy ny minomino foana teo anatrehan' ny lalàna navoakan' ny papa; na dia niray fo tamin' i Lotera aza ny besinimaro, dia maro kosa no nahatsapa fa sarobidy loatra ny fiainana ka tsy azo atao kinanga noho ny fanavaozana ara-pivavahana. Toa nanambara ny zavatra rehetra fa madiva hifarana ny asan' ilay Mpanavao fivavahana.

Tsy mbola natahotra ihany anefa i Lotera. Efa natontan' i Roma teo aminy ny fanozonana, ary nibanjina izao tontolo izao, tsy nisalasala mihitsy izy na ho faty na ho voatery hilefitra. Nefa natamberin' i Lotera tamin-kasahiana lehibe tamin' i Roma ilay didim-pitsarana nanamelohana azy, nakipak' i Lotera tamin' ny hery mahatahotra niverina tany Roma ny didim-pitsarana nanamelohany azy ary nambarany am-pahibemaso ny fanapahany hevitra handao azy mandrakizay. Teo anatrehan' ny mpianatra vory marobe ny mpampianatra ngezalahy, ny olom-pirenena isan-tsokajiny no nandoroan' i Lotera ny taratasin' ny papa, sy ireo didin' ny Eglizy mbamin' ny lalàna sy ny soratra sasany manohana ny fahefan' ny papa: «Nodoran' ny fahavaloko ny bokiko hoy izy, ary tamin' izany dia nampietry ny fahamarinana tao an-tsain' ny sarambabem-bahoaka izy, ka namono ny fanahiny; noho izany antony izany dia mba nodorako koa ny bokiny. Izao vao manomboka ny ady mafana. Hatramin' izao dia mbola sangisangy fotsiny no nataoko tamin' ny papa. Atomboko amin' ny anaran' Andriamanitra ity asa ity; hifarana

izany rehefa tsy ho eo intsony aho, ary ny herin' Andriamanitra no hamita azy». *Ibid,* boky 6, toko 10.

Izao no navaliny ny fanakianana nataon' ny fahavalony izay naneso azy noho ny fahalemen' ny zavatra tohanany: «Iza no mahalala raha Andriamanitra no nifidy sy niantso ahy, ary tokony hatahotra izy ireo sao manao tsinontsinona an' Andriamanitra raha manao tsinontsinona ahy? Irery i Mosesy fony niala tany Egypta; irery Elia tamin' ny andro nanjakan' i Ahaba; irery Isaia tany Jerosalema; irery Ezekiela tany Babylona. . . Na oviana na oviana Andriamanitra tsy nifidy ny mpisoronabe na olona ambony hafa ho mpaminany; matetika dia olona ambany sy atao tsinontsinona no fidiny, indray mandeha aza dia i Amosa mpiandry ondry. Tamin' ny fotoan' andro rehetra, dia ny olo-masina no maniny ny olona ambony, ny mpanjaka, ny andriana, ny mpisorona sy ny olon-kendry, ary mampidi-doza ny ainy izy amin' izany. . . Tsy milaza aho akory fa mpaminany; fa milaza kosa aho fa tokony hieritreritra indrindra izy satria irery aho ary izy maro. Ny azoko antoka dia izao, aty amiko ny tenin' Andriamanitra, fa tsy any aminy».*Ibid*, boky 6, toko 10.

Nefa tsy maintsy niátrika ady nangotraka tamin' ny tenany tokoa i Lotera vao nanapa-kevitra hisaraka tanteraka tamin' ny Eglizy. Tamin' izany fotoana izany no nanoratany hoe: «Tsapako bebe kokoa hatrany isan' andro ny mahasarotra ny mahafoy ireo zavatra neken' ny feon' ny fieritreretana sy nameno azy hatramin' ny fahazazana. O! fahasahiranan-tsaina manao ahoana ho ahy ny nanamarina ny tenako, na dia manana ny Soratra Masina ho ahy aza aho, fa tokony ho sahy hijoro samirery aho hanohitra ny papa, ka hihevitra azy ho antikristy! Inona no fahoriana tsy nameno ny foko! Impiry aho moa, ary nangidy tamiko izany, no nametraka tamin' ny tenako ilay fanontaniana mpivoaka matetika ny molotry ny papista manao hoe: «Ianao irery angaha no hendry? Mety ho diso daholo ve ny olona hafa rehetra? Ary mba hanao ahoana kosa ary, raha ohatra ka rehefa dinihina, ianao no diso dia ianao izay mitarika fanahy maro hanaraka ny hevi-disonao, koa iza ary no voaozona mandrakizay?» Toy izany no niadiako tamin' ny tenako sy tamin' i Satana, mandra-pahazoan' ny foko hery tao amin' i Kristy hanohitra ireo fisalasalana ireo, tamin' ny alalan' ny teniny tsy mety diso». *Martyr*,pejy 372, 373.

Norahonan' ny papa horoahina amin' ny Eglizy i Lotera raha tsy mihemotra amin' ny heviny, tanteraka izany fampitahorana izany izao. Niseho indray ny taratasy fanamelohana vaovao, nilaza ny fisarahan' ilay Mpanavao fivavahana tanteraka tamin' ny fiangonana Romana, niampanga azy ho voaozon' ny Lanitra ary voaheloka miaraka amin' izay rehetra mandray ny fampianarany. Raikitra tanteraka izao ny tena ady lehibe.

Fanoherana no anjaran' izay rehetra ampiasain' Andriamanitra hampiseho ny fahamarinana voakendry manokana haseho amin' ny androny. Nisy

fahamarinana antonona ny andron' i Lotera, — fahamarinana nisy lanjany manokana tamin' izany andro izany toy ny maha-misy koa fahamarinana ankehitriny ho an' ny fiangonana amin' izao andro izao. Tian' Ilay manao ny zavatra rehetra araka ny sitrapony ny mametraka ny olona eo amin' ny toe-javatra samihafa misy andraikitra mifanandrify amin' ny fotoana ivelomany sy ny toerana nametrahana azy. Raha araraotiny ny fanazavana omena azy, dia ho hitany midadasika bebe kokoa eo anoloany ny fisehoan' ny fahamarinana. Nefa tsy irin' ny maro an' isa ankehitriny ny fahamarinana tahaka ny nataon' ireo papista izay nanohitra an' i Lotera fahizay. Tahaka ny tamin' ny andro teo aloha dia misy indray ilay toe-tsaina mirona hanaiky ny hevitry ny olombelona sy ny lovan-tsofiny fa tsy ny tenin' Andriamanitra. Ireo izay mitory ny fahamarinana ho amin' izao andro izao dia tsy tokony hanantena fa hahita fankasitrahana mihoatra ireo Mpanavao fivavahana teo aloha. Ny ady lehibe ifanaovan' ny fahamarinana sy ny hevi-diso, ifanaovan' i Kristy sy Satana, dia hitombo hihamafy hatrany arakaraka ny hanatonan' ny faran' izao tontolo izao.

Hoy Jesosy tamin' ny mpianany: «Raha naman' izao tontolo izao hianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao; fa satria tsy naman' izao tontolo izao hianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin' izao tontolo izao, dia halan' izao tontolo izao hianareo, [4]izao koa no nambaran' ny Tompo mazava: «Lozanareo raha milaza soa anareo ny olona rehetra! fa izany no nataon' ny razany tamin' ny mpaminany sandoka».[5] Tsy mifandrindra amin' ny teo-tsain' izao tontolo izao koa ny toe-tsain' i Kristy ankehitriny tahaka ny tamin' ny andro teo aloha, koa izay mitory ny tenin' Andriamanitra araka ny fahadiovan' izany dia tsy hahita fankasitrahana ankehitriny mihoatra noho ny tamin' izany. Mety miova ny endriky ny fanoherana ny fahamarinana, mety ho kely fiseho kokoa ny fandrafiana satria tsara afina kokoa; nefa mbola ao ihany ilay fanoherana ary hiseho hatramin' ny faran' ny andro izany.

**Fanamarihana**

1 Rom.1:17
2 Mat.10:34
3 Asa 8:20
4 Jao.15:19,20
5 Lio.6:26

# 8

## *Lotera teo anatrehan'ny Filankevitry ny fanjakana foibe*

Raha niakatra teo amin' ny seza fiandrianan' i Alemaina ny amperora vaovao, Charles fahadimy, dia nidodododo niarahaba azy ireo irak' i Roma sy nitaona azy hampiasa ny fahefany hanoherana ny Fanavaozana ara-pivavahana. Tetsy an-daniny kosa dia niangavy azy ny filohan' i Saxe, izay nanohana azy mafy tokoa tamin' ny fahazoany ny satroboninahiny, ka toy ny nanan-trosa be taminy mba tsy hanao na inona na inona hanohitra an' i Lotera raha tsy efa nanaiky ny hinaino azy. Noho izany dia latsaka an-katerena ny amperora ka very hevitra sy niroanahana be ihany. Ny papista dia tsy ho afa-po mihitsy raha tsy misy didy avoakan' ny amperora manameloka an' i Lotera ho faty. Ny filohan' i Saxe koa efa nanambara tamin' ny fomba hentitra fa «na ny andriamanjaka na ny olon-kafa dia tsy mbola nampiseho fa voaporofo fa diso ny asa-soratr' i Lotera»; noho izany dia nangataka izy «ny hanomezana tsisakanana an' i Lotera mba hahazoany miseho eo anatrehan' ny fitsarana olona manam-pahaizana mivavaka marina ary tsy miangatra». D'Aiibigné, boky 6, toko 11.

Tamin' izay dia nifantoka tamin' ny fivorian' ireo fanjakana alemana izay tapaka fa hatao any Worms, fotoana fohy taorian' ny niakaran' i Charles teo amin' ny fanjakana ny sain' ny an-daniny sy ny ankilany. Nisy raharaha lehibe ara-politika sy mikasika ny tombon-tsoam-panjakana izay haroso hodinihina tao amin' io filankevitra io. Tao no nandinihan' ny filan-kevi-panjakana ireo olona sy ireo tombon-tsoa lehibe ara-politika; izao koa no voalohany hihaonan' ireo andriandahin' i Alemaina amin' ny mpanjakany vao herotrerony eo amin' ny fivoriana fandinihan-draharaha. Tonga avy tamin' ny lafy valon' ny tanindrazana ireo olona ambony eo amin' ny fiangonana sy

ny fanjakana. Tao ireo andrian-dahy araka izao tontolo izao, avo firazanana, ambony fahefana ary saro-piaro tamin' ny zo azony tamin' ny alalan' ny fandovana nifandovany; tao ireo printsin' ny eglizy mirehi-mena mahatsiaro ny fahamboman' ny toerana amampahefany; tao ireo manam-boninahitra ara-tafika sy ireo mpanaraka azy mirongo fiadiana; ary tao ireo masoivoho avy tamin' ny tany vahiny sy lavi-toerana — samy nivory tao Worms avokoa. Ny lohahevitra nahaliana indrindra tamin' io fivoriana goavana io anefa, dia ny momba ilay Mpanavao fivavahana avy any Saxe.

Efa nobaikoin' i Charles mialoha ny filohan' i Saxe hitondra an' i Lotera miaraka aminy ho ao amin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe, ka nomeny toky izy fa harovana ary nampanantenainy koa fa halalaka ny adi-hevitra hifanaovany amin' ireo olona havanana momba izany ny amin' ny foto-kevitra ifanolanana. Nirin' i Lotera fatratra ny hiseho teo anatrehan' ny amperora. Tsy ara-dalàna loatra koa ny fahasalamany tamin' izany fotoana izany; nefa dia nanoratra toy izao tamin' ny filohan' i Saxe izy: «Raha tsy afaka mankany Worms salama tsara aho, dia tsy maintsy hoentina any, amin' izao tsy fahasalamako izao. Satria raha miantso ahy ny amperora dia tsy isalasalako fa antson' Andriamanitra mihitsy izany. Raha hanao herisetra amiko ry zareo, ary mety hitranga tokoa izany (satria tsy fitadiavam-pahalalana no niantsoany ahy hiseho eo anatrehany), dia apetrako eo am-pelatanan' ny Tompo ny momba izany. Mbola velona ary manjaka Ilay niaro ireo zatovo telo mirahalahy tao amin' ny lafaoro misy afo mirehitra. Raha tsy hamonjy ahy Izy, dia tsy misy antony firy ny fiainako. Ny hany hataontsika dia ny hiaro ny Filazantsara tsy hianjadian' ny fanarabian' ny ratsy fanahy, ary aoka halatsatsika ho azy ny rantsika, andrao mandresy ireo. Tsy ahy ny misafidy na amin' ny alalan' ny fahavelomako, na amin' ny alalan' ny fahafatesako no hahavonjena ny rehetra. . . Mahazo manantena ny zavatra rehetra avy amiko ianao. . . afa-tsy ny handositra na hivadika sy ny mihemotra amin' ny hevitro. Tsy azoko atao ny mandositra, ary mainka tsy azoko atao ny manaiky ho diso». *Ibid,* boky 7, toko 1.

Rehefa niely tany Worms fa hiseho eo anatrehan' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe i Lotera, dia samy efa notsindrian-daona avokoa ny rehetra. Sady nivadi-po no nisafoaka i Aleander, ilay iraky ny papa izay nanankinana io raharaha io. Tsinjony fa zava-doza ho an' ny papa ny ho vokatr' izany. Ny hanao fanadihadiana vaovao ny amin' izay efa nomelohin' ny papa dia ho tena fanaovana tsinontsinona ny fahefan' ilay pretra fara-tampony. Afa-tsy izany dia nanahy izy sao mampiodina ny andrian-dahy maro hiala amin' ny papa ireo fonjan-kevitra tsara lahatra sy mahery vaika hoentin' io lehilahy io. Noho izany dia dodona erý izy, nanohitra ny fisehoan' i Lotera tany Worms teo amin' i Charles. Tamin' izay fotoana izay dia efa navoaka ny taratasy nanonganana an' i Lotera tsy ho anisan' ny Eglizy; ary io taratasy io, izay

nampiarahina tamin' ny filazananataon' ny iraky ny papa no nahatonga ny amperora hilefitra. Nanoratra tany amin' ny filohan' ny Saxe izy nilaza fa raha tsy hanaiky ho diso i Lotera dia tsy maintsy mijanona any Wittenberg.

Tsy afa-po tamin' io fandresena azony io i Aleander, fa nampiasa ny hery sy ny hafetseny rehetra izy mba hahazoana antoka ny fanamelohana an' i Lotera. Nampiseho fikirizana tokony ho nampiasaina tamin-java-mendrika kokoa, raha nitaona tamin-kafanam-po ny sain' ireo andrian-dahy sy ny an' ireo pretra ambony sy ny an' ireo mambra hafa tao amin' ny fivoriana, ka niampanga ilay Mpanavao fivavahana ho «miodina, mikomy, maniratsira fivavahana sy miteny ratsy an' Andriamanitra». Nefa hita mazava loatra teo amin' ny firehidrehetany sy ny hafanam-pony nasehon' ny iraky ny papa ny toetsaina nanosika azy ho amin' izany. «Fankahalana sy valifaty no namporisika azy, hoy ny filazan' ny rehetra, fa tsy hafanam-po marina sy fitiavam-bavaka». *Ibid,* boky 7, toko 1. Vao mainka koa nirona hankasitraka an' i Lotera ny ankamaroan' ny olona tao amin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe.

Nitombo avy roa heny ny hafanam-pon'i Aleander namporisika ny amperora hanatanteraka ny adidiny amin' ny fampiharana ny didy navoakan' ny papa. Nefa araka ny lalàna nanan-kery tany Alemaina dia tsy azo atao izany raha tsy ifanarahana tamin' ireo andrian-dahy; ary rehefa resin' ny fangatahana misesisesy nataon' ny iraky ny papa i Charles tamin' ny farany, dia nibaiko azy io izy hitondra ny fitakiany eo anatrehan' ny filan-kevitra foibe. «Andro nireharehan' ny iraky ny papa io. Lehibe ny fivoriana; ary mainka lehibe kokoa aza ny raharaha hodinihina. Nandaha-teny hiaro an' i Roma i Aleander. . . dia ilay reny sy tompovavin' ny fiangonana rehetra. Hiaro ny fiandrianan' ny filohan' ny fivavahan' i Petera eo anatrehan' ny Kristiana tafavory tao izy. Nanan-talenta tamin' ny fahaiza-mandahateny izy, niseho ho mendrika tokoa ilay fotoana manetriketrika izy. Ny fitondran' Andriamanitra no nandamina ny fisehoan' i Roma eo anatrehan' ny fitsarana miezinezina indrindra, ary ny havanana indrindra tamin' ireo mpandahateniny no nisolovava azy tamin' izany, alohan' ny hanamelohana azy». *Wylie*, boky 6, toko 4. Nanahy ihany ireo nankasiiraka ilay Mpanavao fivavahana raha nihevitra mialoha izay ho vokatry ny lahatenin' i Aleander. Tsy tao ny filohan' i Saxe, nefa nobaikoiny ireo mpanolo-kevitra azy izay nanatrika izany mba handray an-tsoratra ny famelabelaran' ilay iraky ny papa.

Nampiasain' i Aleander avokoa ny heriny teo amin' ny fahalalany sy ny fahaizany mandaha-teny, raha nanao izay hampianjera ny fahamarinana izy. Nifanesisesy ny fiampangana namelezany an' i Lotera izay nolazainy fa fahavalon' ny fiangonana sy ny fanjakana, fahavalon' ny velona sy ny maty, fahavalon' ny mpitondra fiangonana sy ny mpivavaka, fahavalon' ny Konsily sy ny sarambaben' ny kristiana. «Ampy ny hevi-dison' i Lotera, hoy izy, hoenti-manamarina ny fandoroana velona «heretika» iray hetsy.»

Ho famaranana dia niezaka izy hanao izay hanesoesoana ireo mpanaraka ny finoana nohavaozina: «Inona daholo ireo mpanaraka an' i Lotera? Tarik' olona misy mpampianatra be rehaka, pretra voasisi-bola, relijiozy ratsy toetra, mpisolovava kely fahalalana sy andriana tsy valahara miaraka amin' ny olontsotra izay notarihiny tamin' ny lalan-diso ka efa voaloto ny sainy. Manao ahoana ny mahaambony lavitra noho ireo ny antokon' ny katolika raha ny amin' ny isa kosa, sy ny fahaizany, ny heriny! Hampahazava ny tso-po, hampitandrina ny tsy maody, hahatapa-kevitra ny misalasala ary hanome hery ny malemy raha misy ny didy ifanarahan' ny besinimaro avoakan' ity fivoriana manan-kaja indrindra ity.» *D'Aubigne*, boky 7, toko 3.

Fiadiana toy izany no namelezana ny mpiaro ny fahamarinana tamin' ny andro rehetra. Mbola ireo fonjan-kevitra ireo ihany no aroso hoenti-manohitra izay rehetra sahy mampiseho ny fampianarana tsotra sy mivantana avy amin' ny tenin' Andriamanitra, ka mitsipaka ireo hevi-diso efa mafy orina. «Iza moa ireto mpitory foto-pinoana vaovao? hoy ireo mpila handitra amin' ny maro an' isa.» Olona tsy nahita fianarana, ankavitsiana, sady avy amin' ny sarangan' olona mahantra indrindra. Nefa dia mihambo ho manana ny fahamarinana izy sy ho vahoaka nofidin' Andriamanitra. Olona bado sady voafitaka ireo. Ambony lavitra manao ahoana ny fiangonantsika amin' ny isany sy ny heriny. Firifiry ankehitriny ny olona ambony sy manam-pahalalana eto amintsika! Be lavitra manao ahoana ny hery miandany amintsika! Ny fonjan-kevitra toy ireny dia mandaitra amin' izao tontolo izao; nefa tsy maharesy lahatra izany toy ny tamin' ny andron' ilay Mpanavao fivavahana. Tsy nifarana tamin' i Lotera araka ny fiheveran' ny maro azy tsy akory ny Fanavaozana arapivavahana. Hitohy hatrany amin' ny faran' ny tantaran' ity tany ity izany. Nanana anjara asa lehibe i Lotera tamin' ny fampitana tamin' ny hafa ny fahazavana izay navelan' Andriamanitra hamirapiratra taminy; nefa tsy nandray ny fahazavana rehetra izay tokony homena an' izao tontolo izao tsy akory izy. Hatramin' ny androny ka hatramin' izao, dia misy fahazavana vaovao namirapiratra hatrany teo amin' ny Soratra Masina, ary novelarina hatrany ny fahamarinana vaovao.

Nahavelona eritreritra fatratra ny olona nanatrika io fihaonambe io ny lahateny nataon' ny iraky ny papa. Tsy nisy Lotera hitondra fahamarinana mazava maharesy lahatra avy amin' ny tenin' Andriamanitra tao mba hampahasina ny mpiaro ny papa. Tsy nisy nanandrana hiaro ilay Mpanavao fivavahana. Toe-tsaina vonona tsy ny hanameloka azy sy ny foto-pinoana nampianariny fotsiny no hita teo amin' ny ankamaroan' ny olona, fa raha azo atao koa dia ny hanongotra hatramin' ny fakany mihitsy ny «herezia». Tena nety dia nety tamin' i Roma mba hiarovany ny tenany iny fotoana iny. Voalaza izay rehetra azony nolazaina mba hanamarinany ny tenany. Nefa teo amin' izay toa nahazoany fandresen'a indrindra no nisehoan' ny

mariky ny fahareseny. Amin' izao sisa izao dia ho hita mazava kokoa ny fahasamihafan' ny marina sy ny diso, rehefa samy mirotsaka antsehatra hifanandrina ampahibemaso izy 10a tonta. Hatramin' io andro io dia tsy nandry ivohon' ny vato intsony tahaka ny teo aloha i Roma. Na dia tsy nisalasala ny hanolotra an' i Lotera ho amin' ny valifatin' i Roma aza ireo mambra tao amin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe dia tsy vitsy tamin' izy ireo kosa no nahita ny fitotonganana nisy tao amin' ny fiangonana ka nalahelo noho izany sady naniry ny hanafoanana ny fanaovana tsindry hazo lena ny vahoaka alemana, noho ny fahalavoana sy ny fitiavan-karena tafahoatra. Nasehon' ny iraky ny papa tamin' ny endriny kanto indrindra ny fanapahan' ny papa. Izao kosa dia nohetsehin' i Jehovah ny mambra iray tao amin' ny filankevitry ny fanjakana foibe mba hamaritra ny tena vokatry ny fahefan' ny papa tsy refesi-mandidy. Matotra sy mendrika indrindra, ny andriam-baventy Georges avy any Saxe raha nijoro teo amin' ity fivorian' ny andriam-baventy ity ka nosoritsoritany sy navandravandrany ireo fitaka sy zava-maharikoriko teo amin' ny fahefana papaly, sy ny vokatra mahatsiravina avy amin' izany. Hoy izy namarana ny teniny: «Sasantsasany amin' ireo fanaovan-dratsy tafahoatra izay miampanga an' i Roma ireo. Tsy misy mahamenatra azy intsony la ny hany zava-katsahany dia. . .vola, vola. . . hany ka tsy milaza ala-tsy lainga ireo mpitory tokony hampianatra ny fahamarinana, ary tsy hoe leferina fotsiny izy ireny fa valiana soa mihitsy, satria araka- raka ny mampivaingana ny laingany no mahalehibe ny valisoany. Avy amin' io loharano maharikoriko io no hikorianan' ny rano maloto toy izao. Mitsotra hifandray amin' ny fitiavam-bola ny fijangajangana. . . Indrisy, fa ny fahatafintohinana avy amin' ny mpitondra fivavahana no mampivarina fanahy mahantra maro tokoa ho amin' ny fanamelohana mandrakizay. Tsy maintsy misy fanavaozana ankapobeny hatao.»*Ibid*, boky 7, toko 4. .

Na dia i Lotera aza tsy ho afaka nanao fiampangana tandrify sy mahery vaika kokoa noho izany momba ny zava-dratsy tafahoatra nataon' ny fahefana papaly, ary ny maha-fahavalo raikitra ilay Mpanavao fivavahan^' mpandaha-teny dia mainka nampisy lanjany bebe kokoa ny teniny.

Raha nihiratra ny mason' ny mpivory, dia ho nahita ny anjelin' Andriamanitra teo afovoany izy, nampitosaka ny tara-pahazavana nampisava ny haizin' ny fahadisoan-kevitra ka nampisokatra ny saina sy ny fo handray ny fahamarinana. Ny herin' ny fahamarinana sy ny fahendren' Andriamanitra no nifehy, eny, na dia ireo fahavalon' ny fanavaozana ara-pivavahana aza, ka nanomana tamin' izany fomba izany ny lalana ho an' ny asa lehibe efa madiva hotanterahina. Tsy tao i Martin Lotera; nefa re tao amin' ny fivoriana ny feon' Ilay Lehibe noho i Lotera.

Nanangana komity avy hatrany izay hanomana ny fitanisana ireo fampahoriana atambesatry ny fahefana papaly mafy dia mafy tamin' ny

vahoaka alemana. Io listra io, izay nisy famariparitana iraika ambin' ny zato, dia naseho ny amperora, niaraka tamin' ny fangatahana ny handraisany fepetra avy hatrany hanitsy ireo fanararaotana mihoapampana ireo. «Firifiry ny fanahy kristiana very, hoy ireo nanao fangatahana, manao ahoana ny fanimbana noho ireo zavamahatafintohina manodidina ny filoha ara-panahin' ny kristiana. Adidintsika ny manakana ny faharavana sy ny fahafahambarakan' ny vahoakantsika. Noho io antony io dia miangavy anao amimpanetrentena lalina izahay, nefa mandodona koa mba handidianao hanaovana fanavaozana ankapobeny, sy hanatanterahana izany.» *Ibid,* boky 7, toko 4.

Notakian' ny fivoriam-be izao ny hisehoan' ilay Mpanavao fivavahana eo anatrehany. Na dia teo aza ny fiangaviana, ny fanoherana sy ny fampitahorana nataon' i Aleander dia nanaiky ny amperora tamin' ny farany ka nodidina hiseho eo anatrehan' ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe i Lotera. Niaraka tamin' ny fiantsoana dia nomena ny tsisakanana izy, izay niantoka ny fiverenany ho amin' ny toerana azo antoka. Nentin' ny mpitondra hafatra ho any Wittenberg izany, izay nasaina nitarika an' i Lotera ho any Worms.

Tora-kovitra sady very hevitra mafy ireo sakaizan' i Lotera. Fantany tsara ny fiheverana tsy marim-pototra anefa efa raikitra ambony ihany tao an-tsain' ny fahavalony sy ny lolom-pony taminy, ka natahotra izy sao tsy hohajainy na dia ny tsisakanana aza, noho izany dia niangavy azy ireo tsy hihantsy loza ho an' ny tenany izy. Izao no valin-teniny: «Tsy ny ahatongavako any Worms ho tian' ny papista, fa ny fanamelohana ahy sy ny fahafatesako no tadiaviny. Tsy maninona izany. Aza mivavaka ho ahy, fa mivavaha ho an' ny tenin' Andriamanitra. . . Homen' i Kristy ny Fanahiny aho mba handreseko ireo hevi-diso ireo. Raha mbola velona koa aho dia hanamavo azy, ary handresy azy amin' ny alalan' ny fahafatesako. Mikofokofoka mafy izy ireo any Worms mba hanerena ahy hiaiky fa diso; izao no fiaikena hataoko: teo aloha dia nambarako fa ny papa no solontenan' i Kristy; ankehitriny kosa dia antitranteriko fa izy no fahavalon' ny Tompontsika, sy apostolin' ny devoly.» *Ibid,* boky 7, toko 6.

Tsy nandeha irery i Lotera tamin' io diany notandindomin-doza io. Ankoatr' ilay iraky ny amperora dia nisy telo tamin' ny sakaizany mahatoky indrindra no nanapa-kevitra hanaraka azy. Naniry mafy ny hiaraka tamin' izy ireo koa i Melanchton. Nifamatotra am-po izy sy Lotera ka nanaiky ny hanaraka azy izy, eny, hatrany am-ponja aza sy hatramin' ny fahafatesana raha ilaina izany. Tsy nekena anefa ny fiangaviany. Raha maty mantsy i Lotera , dia tsy maintsy hifantoka amin' ilay tovolahy mpiara-miasa aminy ny fanantenan' ny fanavaozana ara-pivavahana. Floy ilay Mpanavao fivavahana raha nisaraka tamin' i Melanchton: «Raha tsy tafaverina aho ary raha mamono ahy ho faty ny fahavaloko, tohizo ny fampianarana ary mijoroa amin' ny fahamarinana. Miasà ho soloko. .

. Raha velona ianao, dia tsy misy antony ny fahafatesako.*Ibid,* boky 7, toko 7. Voahetsiketsika lalina tao am-pony ireo mpianatra sy ireo mpiray tanàna izay tafavory hanatrika ny fiaingan' i Lotera. Vahoaka marobe izay efa voatohin' ny Filazantsara, no nanao veloma azy tamin-dranomaso. Toy izany no nandaozan' ilay Mpanavao fivavahana sy ireo namany an' i Wittenberg.

Teny an-dalana dia tsapany fa notsindrin' ny ahiahy mafy ny amin' izay loza mety hahazo azy ny sain' ny vahoaka. Nisy tanàna sasany izay tsy niseho ho rototra tamin' izy ireo. Raha nijanona handry tao izy tamin' ny alina. dia nisy pretra sakaizany izay nampiseho ny ahiahiny tamin' ny alalan' ny sarin' ny Mpanavao fivavahana italiana iray izay niaritra ny maritiora. Ny ampitson' iny dia ren' izy ireo fa nomelohina tany Worms ny bokin' i Lotera. Nanambara ny didin' ny amperora ny iraka nalefany sady niantso ny vahoaka hitondra ireo asa soratra voarara ho any amin' ny mpitsara. Natahotra momba ny fiarovana an' i Lotera any amin' ny fivoriam-be ilay mpitondra hafatra, sady noheveriny fa efa mety hihozongozona ny fanapahan-keviny, ka nanontaniany izy raha mbola te-hanohy ny diany ihany. Izao no navalin' i Lotera: «Na dia raràna tsy handia ny tanàna rehetra aza aho, dia hiroso ihany aho.» *Ibid,* boky 7, toko 7.

Noraisina tamim-boninahitra i Lotera tany Erfurt. Nanodidina azy ny vahoaka sady nihoby azy, raha namakivaky ireo arabe efa noteteziny matetika fony izy nitondra ny kitapon' ny mahampangataka azy. Nitsidika ny efitra kely izay nitoerany tao amin' ny tranon' ny relijiozy izy, ary nahatsiaro ireo ady mafy nitolomany izay nampitosaka ny fahazavana teo amin' ny fanahiny, dia ilay fahazavana miparasaka eran' ny Alemaina ankehitriny. Nangatahina hitory teny izy. Efa noraràna tsy hanao izany izy, nefa nomen' ilay mpitondra alalana ihany; koa niakatra teny amin' ny polipitra izao ilay pretra izay mpiasa an-trano fahiny teo amin' ny relijiozy.

Ilay tenin' i Kristy hoe: «Fiadanana ho anareo» no nentiny ho an' ny vahoaka vory marobe.«Niezaka, hoy izy, ireo mpanao hevitsaina, ireo mpampianatra ngezalahy sy ireo mpanoratra mba hampianatra ny olona ny lalana ahazoana fiainana mandrakizay, nefa tsy nahomby. Holazaiko anareo izany izao. . .Nanangana olona avy amin' ny maty Andriamanitra, dia Jesosy-Kristy Tompo, mba hanapotika ny fahafatesana, hamongotra ny fahotana sy hanidy ny vavahadin' ny helo. Izany no asan' ny famonjena. . . Efa nandresy i Kristy! Izany no vaovao mahafaly; ary voavonjy amin' ny alalan' ny asa nataony isika, fa tsy amin' ny alalan' ny asantsika. . . Hoy Jesosy Kristy Tompontsika: Fiadanana ho anareo; jereo ny tanako; izao no heviny. Indro, ry olombelona Izaho, ary Izaho irery ihany no nanaisotra ny fahotanao ka nanavotra anao; ary ankehitriny dia manana fiadanana ianao hoy ny Tompo.»

Notohizana izany ary nasehony fa ny tena finoana dia asehon' ny fiainana masina. «Satria namonjy antsika Andriamanitra, dia aoka isika handamina ny asantsika mba ho ankasitrahana eo anatrehany izany. Manan-karena ve ianao? aoka hampiasainao ho amin' izay ilain ny mahantia ny fanananao. Mahantra ve ianao? Aoka hahafaly ny manan-karena ny asa ataonao. Raha mahasoa ny tenanao samirery ny asanao, dia lainga ny fanompoana lazainao fa ataonao amin' Andriamanitra. *Ibid,* boky 7, toko 7.

Toy ny voababo ny vahoaka nihaino azy. Nozaraina tamin' ireo fanahy noana sy mangetaheta ny mofon' aina. Nasandratra teo anatrehany Kristy, ho ambonin' ny papa, ny iraky ny papa, ny amperora sy ny mpanjaka. Tsy nitady izay hiheverana azy na izay hangorahana azy izy. Takona teo imasony ny tenany raha nibanjina an' i Kristy izy. Niafina tao ambadik' ilay lehilahy tao Kalvary izy, ka tsy nitady afa-tsy ny hampiseho an' i Jesosy, Ilay Mpanavotra ny mpanota.

Raha nandroso ny diany, dia nahaliana fatratra ny olona hatraiza hatraiza ny hahita azy. Nisy vahoaka nafana fo nitangorona taminy ary nisy feon' ny sakaiza nampandre azy ny amin' ny fikasan' ny Romanista. «Hodorany ianao, hoy ny sasany, ary ataony tonga lavenona tahaka ny nataony tamin' i John Huss ny tenanao.» Novalian' i Lotera hoe: «Na dia handrehitra afo eran' ny lalana avy any Worms ka hatrany Wittenberg aza izy, ka hijoalajoala hahatratra ny lanitra ny lelafo, dia hanavatsava izany aho amin' ny anaran' i Jehovah; hiseho eo anatrehany aho; hiditra ao am-bavan' io lalomena io aho ka hopotehiko ny nifiny, hanaiky ny finoako an' i Jesosy Kristy Tompo.» *Ibid,* boky 7, toko 7.

Niteraka tabataba be tao Worms ny fandrenesana fa nanakaiky ny tanàna izy. Tora-kovitra ny sakaizany momba ny fiarovany azy; ny fahavalony kosa natahotra sao tsy hahomby ny zavatra niezahany; nisy ezaka goavana natao mba hanova ny heviny ka tsy hidirany an-tanàna. Araka ny torohevitr' ireo papista dia nasaina nankany amin' ny lapan' andriana sakaiza iray izy, ka ao araka ny nambara, no hanaovana raharaham-pihavanana sy handravonana ny olona rehetra. Nataon' ny sakaizany izay hampahatahotra azy tamin' ny filazalazana ny amin' ny loza mananontanona azy. Tsy nahomby ny fiezahany rehetra. Mbola tsy voahozongozona ihany i Lotera ary nilaza hoe: «Na dia misy devoly mifanisa amin' ny kapila eny antafon-trano aza any Worms, dia mbola hiditra ihany aho.» *Ibid,* boky 7, toko 7.

Rehefa tonga tany Worms izy, dia nisy vahoaka sesehena nitangorona teo am-bavahady niarahaba azy tonga soa aman-tsara. Tsy nisy olona vory marobe toy izao na dia izay nitsena ny tenan' ny amperora mihitsy aza. Nafana ny fihetsiketsehana, ary avy tao anivon' ny vahoaka tao injay nisy feo kely mitaraindraina nanao hiram-paty mba hampitandrina an' i Lotera ny amin' ny anjara ratsy miandry azy. «Andriamanitra no ho aroko», hoy izy, raha nidina avy tamin' ny kalesy nitondra azy izy.

Tsy mino ry zareo papista fa tena ho sahy marina hiseho any Worms i Lotera, ka nampivanaka azy ireo ny nahatongavany. Nantsoin' ny amperora avy hatrany ireo mpanolo-tsainy mba hahita izay tokony hatao. Nisy eveka iray, papista hiringiriny, nilaza hoe: «Efa ela no nandinihantsika io raharaha io. Aoka hataon' ny amperora andriamanjaka avy hatrany izay hahafoana io lehilahy io.» Moa ve tsy nampandoro an' i John Huss i Sigismond? Tsy voafehy isika na ny hanome tsisakanana na ny hanaja izany raha momba ny «heretika». Tsia, hoy ny amperora,«tsy maintsy mitana ny teny nomentsika isika.» *Ibid,* boky 7, toko 8. Noho izany dia tapaka ny hevitra fa hohenoina ilay Mpanavao fivavahana.

Ny tanàna iray manontolo no ta-hahita io olo-malaza. indrindra io, ka vetivety dia feno mpamangy be dia be ny toerana nivantanany. Zara anefa raha nahazo aina indray i Lotera, izy vao narary teo, torovan' ny dia izy izay naharitra tapa-bolana naninjitra; tsy maintsy miomana koa izy ho amin' ny fotoan-dehibe ny ampitson' iny ka nila fahanginana sy fialan-tsasatra. Mafy loatra anefa ny faniriana hahita azy ka tsy nahazo afa-tsy ora vitsivitsy hialan-tsasatra fotsiny izy dia tonga ireo olo-manan-kaja andriandahy, pretra sy olon-tsotra nafana fo nitangorona teo aminy. Anisan' ireny dia nisy andriana maro izay nangataka fanavaozana tamim-pahasahiana tamin' ny amperora mikasika ireo fanararaotana mihoapampana nataon' ny mpitondra fiangonana ary izay nataon' i Lotera hoe: «efa nafahana tamin' ny filazantsarako». *Martyn,* pejy 393. Na fahavalo, na sakaiza dia samy tonga nijery ilay pretra tsy nahalala tahotra; noraisiny tamin' ny fahatoniana tsy niova anefa izy ireo, ary novaliny tamim-pahendrena izy rehetra. Matotra sady nitory herim-po ny fihetsiny. Ny endriny hatsatra sy mahia dia nahitana ny soritry ny asa mafy sy ny aretina, nefa dia feno halemem-panahy sy fahamiramiranana aza. Ny havesadanjan' ny teny nataony izay nambarany tamin' ny fony rehetra, dia nanome hery azy izay tsy laitr' ireo fahavalony notoherina. Samy gaga avokoa ny sakaizany na ny fahavalony. Tao ireo niaiky marina fa nisy herin' Andriamanitra niasa sy nanampy azy; tao koa ny hafa nilaza tahaka izay nataon' ireo Fariseo tamin' i Kristy hoe: «Manana demonia lzy.»

Ny andro manaraka dia voaantso hanatrika ny fivorian' ny filankevitry ny fanjakana foibe i Lotera. Manam-boninahitra mpanotrona ny amperora no voatendry hitondra azy tao amin' ny trano fivoriana; nefa dia anointsarotra be vao tonga teo amin' io toerana io. Rakotra olona mpijery naniry mafy ny hahita ilay relijiozy sahy nanohitra ny fahefan' ny papa ny lalam-be rehetra.

Raha handeha hiditra eo anatrehan' ireo mpitsara azy izy, dia nisy jeneraly zokiolona, lehilahy mahery fo tamin' ny ady maro, no nilaza taminy tamim-pahalemem-panahy hoe: «Indrisy ry pretra mahantra, indrisy, andeha hijoro amin' ny ady ambony noho izay tsy mbola natrehiko, na izaho na kapiteny hafa teo amin» ny ady nahalatsahan' ny rà be indrindra ianao izao.

Nefa raha marina ny anao, ary raha azo antoka izany dia mandrosoa amin' ny anaran' Andriamanitra, ary aza matahotra na inona na inona. Tsy handao anao Andriamanitra.» — *D'Aubigne,* boky 7, toko 8.

Nony farany dia niseho teo anatrehan' ny fivoriam-be i Lotera. Teo amin' ny seza fiandrianana ny amperora. Nanodidina azy ireo olona manan-kaja indrindra tao amin' ny fanjakany. Tsy mbola nisy olona mihitsy niseho teo anatrehan' ny fivoriana miezinezina toy izay nisehoan' i Martin Lotera mba hanazavany ny finoany. Io fisehoana io fotsiny dia efa fandresena lehibe tamin' ny fahefana papaly. Efa nanameloka io olona io mantsy ny papa, izao kosa izy dia mijoro eo anatrehan' ny fitsarana izay amin' izao isokafany izao indrindra dia misandratra ho ambony noho ny an' ny papa. Efa namoaka didy nandrara azy tsy ho eo amin' ny tany ama-monina ka hanapaka ny fifandraisany amin' ny olona ny papa, nefa izao izy nahazo fiantsoana tamin' ny teny feno fanajana izao, sy raisina eo anatrehan' ny fivoriana be voninahitra indrindra eto amin' izao tontolo izao. Nisy fanavaozana goavana sahady tamin' izany toejavatra izany; satria raha nanameloka azy ho amin' ny fahanginana mandrakizay ny papa, dia indro, izy ankehitriny madiva hiloabava eo anatrehan' ny mpihaino manongilan-tsofina avy amin' ny lafivalon' ny tany anjakan' ny fivavahana kristiana. Tamin' izany fomba izany dia nisy fanavaozana goavana vita ary i Lotera no fiasana tamin' izany. Efa nidina sahady avy amin' ny seza fiandrianany i Roma, ary ny feon' ny pretra iray no anton' io fampietrena azy io. *Ibid,* boky 7, toko 8.

Teo anatrehan' ity fivorian' olona ambony fahefana sy ambony voninahitra ity dia toa saikatra sy vahotra ilay Mpanavao fivavahana ambany fiaviana. Betsaka ireo andriandahy mahatsikaritra ny fihetsehampony, no nanatona azy ary nibitsibitsika taminy ny anankiray hoe: «Aza matahotra izay mamono ny tena, fa tsy afaka mamono ny fanahy.» Ny anankiray indray nanao hoe: «Raha hoentina eo anatrehan' ny governora sy ny mpanjaka noho ny anarako ianareo, dia homena anareo, amin' ny alalan' ny Fanahin'ny Rainareo, izay holazainareo.» Toy izany no nitondran' ireo olona ambony teo amin' izao tontolo izao ny tenin' i Kristy mba hampaherezana ny mpanompony tamin' ny ora fitsapana.

Nentina teo amin' ny toerana nifanatrika indrindra tamin' ny seza fiandrianan' ny amperora i Lotera. Nisy fahanginana lalina dia lalina teo amin' ireo olona marobe tafavory tao. Nitsangana ny manamboninahitry ny amperora ka nanondro ireo bokin' i Lotera isan-karazany, ary nangataka an' ilay Mpanavao fivavahana hamaly ny fanontaniana roa — ekeny ve fa azy izy ireo ary nikasa ny handà ny hevitra narosony tao ve izy? Rehefa novakiana ny lohatenin' ireo boky ireo dia novalian' i Lotera ny fanontaniana voalohany ekeny fa azy ireo. «Raha ny fanontaniana faharoa: hoy izy, dia hitako fa mikasika ny finoana sy ny famonjena fanahy izany, ary voakasika

amin' izany ny tenin' Andriamanitra, dia ilay harena lehibe indrindra sy sarobidy indrindra any an-danitra sy eto an-tany ka raha hovaliako tsy amim-pieritreretana izany dia ho toy ny manao kitoatoa aho. Mety ho latsaka noho izay takin' ny toe-javatra no hambarako ka sao hanota amin' ny tenin' i Kristy aho manao hoe: «Na iza na iza mandà Ahy eo anatrehan' ny olona, dia mba holaviko kosa eo anatrehan' ny Raiko izay any an-danitra.»[1] Noho io antony io dia miangavy anao aho ry Andriamanjaka hajaina, amim-panetren-tena feno mba hanome ahy fotoana ahazoako mamaly ka tsy ho fahatafintohinana amin' ny tenin' Andriamanitra.» *D'Aubigné,* boky 7, toko 8.

Fahendrena no nanaovan' i Lotera io fangatahana io. Niaiky marina ny mpivory tamin' io fihetsiny io fa tsy firehetam-po na fahatairana foana no nanosika azy. Ny fahatoniana sy fahaiza-mifehy tena toy izany, izay tsy nampoiziny teo amin' ny olona izay efa hita ho sahisahy sy tsy manaiky lembenana dia nanampy ny heriny ka nahatonga azy ho afaka namaly tamim-pahamalinana, tamin' ny fomba hentitra feno fahendrena sy fahamendrehana, izay nahagaga sy nandiso fanantenana ny fahavalony sady nanamaloka ny avonavombavany sy ny fireharehany.

Ny ampitson» iny izy no niseho hanome ny valin-teniny farany. Nisy fotoana izay nahareraka ny fony raha nahita ireo hery niray tetika hiady tamin' ny fahamarinana izy. Nangozohozo ny finoany; natahotra sy nangovitra izy, ary nanafotra azy ny horohoro. Nihamaro teo anatrehany ny loza; toa efa nadiva hibitaka noho ny fandreseny ny fahavalony, ary hahomby ny herin' ny maizina. Nitangorona nanodidina azy ny rahona ka toa hampisaraka azy tamin' Andriamanitra. Niriny mafy ny hahazo antoka fa hiaraka aminy Jehovah Tompon' ny maro. Nitebiteby fatratra ny fanahiny ka niankohoka tamin' ny tany izy ary nampitosaka ireto antsoantso nitsitapitapy nahavaky fo, izay tsy nisy nahafantatra azy tanteraka afa-tsy Andriamanitra irery ihany.

«Ry Andriamanitra Tsitoha sy mandrakizay O, hoy ny fifonany, mahatsiravina loatra ity izao tontolo izao ity! Indro, manokatra ny vavany mba hitelina ahy izy, nefa kely loatra ny fitokisako Anao. . . Raha eo amin' ny herin' izao tontolo izao ihany no hametrahako ny fitokisako, dia vitavita ny zavatra rehetra. Tonga amiko ny ora farany, efa nivoaka ny fanamelohana ahy. . . Andriamanitra o, ampio aho handresy ny fahendrena rehetra eto amin' izao tontolo izao. Ataovy izany. . . Ianao irery ... tsy asako anie izao, fa Anao. Tsy misy na inona na inona ataoko eto, tsy misy iadiako amin' ireto olona ambony eto amin' izao tontolo izao ireto. Nefa anao ny ady,. . . ary satria marina sy mandrakizay izany! Tompo o, ampio aho! Ry Andriamanitra mahatoky sy tsy miova ô, tsy misy olona ametrahako ny fitokisako. . . Tsy azoko antoka izay rehetra avy amin' ny olona; tsy mahomby izay rehetra avy amin' ny olona. . . Efa nifidy ahy ho amin' ity asa ity ianao. . . Mijoroa

eo anilako, noho ny anaran' i Jesosy Kristy malalanao indrindra, Izay aroko, ampingako sy fiarovana mafy ho ahy.» *Ibid,* boky 7, toko 8.

Ny fitondran' Andriamanitra feno fahendrena no mamela an' i Lotera hahatsapa ny loza mety hanjo azy, mba tsy hitokisany ny herin' ny tenany ka hieboebo foana hitsena ny loza. Tsy ny tahotry ny fijaliana ho an' ny tenany anefa, na ny horohoro noho ny fampijaliana mahatsiravina sy ny fahafatesana izay toa nanandindona akaiky dia akaiky no nampangovitra sy nampitebiteby azy. Tonga teo amin' ny ady mafy izy, ary tsapany ny tsy fahampian' ny heriny hoenti-misetra izany. Mety ho lefy ny fahamarinana noho ny fahalemeny. Tsy ho an' ny fiarovana ny tenany, fa ho an' ny fandresen' ny filazantsara no nitolomany tamin' Andriamanitra. Tahaka ny an' Isiraely, tamin' ilay alina nitolomany teo akaikin' ilay renirano mangina, ny tebiteby sy ny ady natrehin' ny fanahiny. Tahaka an' Isiraely, dia nitolona tamin' Andriamanitra izy ka nahery. Raha tao amin' ny fahalemeny tanteraka izy, dia nifantoka tamin' i Kristy ny finoany, Ilay Mpanafaka mahery. Nahazo hery izy tamin' ny fahazoany antoka fa tsy ho irery rehefa miseho eo anatrehan' ny fivoriam-be. Niverina tao -amin' ny fanahiny ny fiadanana, ary nifaly izy satria navela hahandratra ny tenin' Andriamanitra teo anatrehan' ireo mpifehy ny firenena.

Niantombina tamin' Andriamanitra ny sain' i Lotera raha niomana ho amin' ny tolona teo anatrehany izy. Noeritreretiny ny drafitry ny valinteniny, nodinihiny ny teny ao amin' ny bokiny, ary naka porofo nifanaraka amin' izany ao amin' ny Soratra Masina izy hanohanana ny heviny. Avy eo, dia napetrany teo amin' ny Boky Masina izay nisokatra teo anoloany ny tanany havia, nasandrany hanondro ny lanitra ny tanany havanana ary nivoady izy fa hijoro ho mahatoky amin' ny filazantsara, sy hanaiky malalaka ny finoany, eny, na dia hasiany tombo-kase amin' ny rany aza ny teny vavolombelona hataony.» *Ibid,* boky 7, toko 8.

Rehefa niseho indray teo anatrehan' ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe izy, dia tsy nisy nisoritra teny amin' ny endriny na ny tahotra na ny fitavozavozana. Sady tony izy no niadam-po nefa koa sahy sady mendrika indrindra, raha nijoro ho vavolombelon' Andriamanitra teo anivon' ny olona ambony teto an-tany. Nanontanian' ilay manam-pahefana avy amin' ny amperora izao ny fanapahan-keviny na naniry ny handà ny fampianarany izy na tsia. Tamin' ny feo malefaka sy feno fanetren-tena no namalian' i Lotera azy, tsy nisy herisetra na firehetam-po. Nandefindefitra sy feno fanajana ny fihetsiny, nefa nampiseho fahatokiana sy fifaliana izay nahatalanjona ny mpivory izy.

«Ry andriamanjaka mendrika indrindra, ry andriandahy be voninahitra, tompokolahy hajaina», miseho eto anatrehanareo aho androany araka ny baiko nomena ahy omaly, ary noho ny famindrampon' Andriamanitra dia

mangataka indrindra anao aho tompokolahy, miangavy anareo aho ry manan-kaja amam-boninahitra lolohavina an-tampon' ny loha isany, mba hihaino amim-pandeferana ny fiarovana ny foto-kevitra izay azoko antoka fa marina. Raha mandika ny lalàna sy ny fomba ato amin' ny lapan' andriana aho, noho ny tsy fahalalako, dia miangavy anareo aho hamela ahy; tsy nobeazina tao amin' ny lapan' ny mpanjaka aho mantsy, fa nitoka-monina tany amin' ny tranon' ny relijiozy.» *Ibid,* boky 7, toko 8.

Rehefa avy eo dia niroso hamaly ny fanontaniana izy, ka nolazainy fa tsy mitovy karazana avokoa ny boky navoakany. Ny sasany namelabelarany ny momba ny finoana sy ny asa tsara, ary na dia ny fahavalony aza, dia manambara fa tsy hoe tsy manimba ihany izy ireo fa mahasoa mihitsy aza. Ny fandavana an' ireny dia fanamelohana ny fahamarinana izay eken' ny rehetra. Ny sokajy faharoa dia ireo boky mampiseho ny fahalovana sy ny fanao tafahoatra hita eo amin' ny fahafana papaly. Ny fandavana ireo asa ireo dia ho fanamafisana ny fanjakazakan' i Roma izay hampidanadana varavarana hidiran' ny fomba maro manohitra tanteraka ny fivavahana. Ny sokajy fahatelo amin' ny bokiny dia namelzana tsangan' olona izay niaro ny ratsy tena misy tokoa. Mikasika ireo dia nekeny mazava fa mivatravatra loatra miboatra ny mahamendrika izy. Tsy mihambo ho tsy manam-pahadisoana izy; nefa na dia ireo boky ireo aza tsy azony lavina satria hampirisika ny fahavalon' ny fahamarinana ny fihetsika toy izany, ka nohararaotiny izany hanamontsamontsanana ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny halozana bebe kokoa.

«Nefa olombelona tsotra ihany aho, fa tsy Andriamanitra», hoy izy, nanohy ny teniny; «noho izany dia hiaro ny tenako tahaka ny nataon' i Kristy aho: 'Raha niteny ratsy aho, ambarao izay ratsy'. . . Noho ny famindrampon' Andriamanitra, dia miangavy anao aho, ry andriamanjaka mendrika indrindra, sy ianareo andriandahy be voninahitra indrindra, ary ianareo rehetra amin'ny saranga samihafa, miangavy anareo aho mba hanaporofo avy amin' ny soratry ny mpaminany sy ny apostoly fa diso alio. Raha vantany vao resy lahatra amin izany aho, dia hoekeko izay diso rehetra ary izaho no ho voalohany handray ny bokiko ka hanipy azy ao anaty afo.

«Manantena aho fa izay vao nolazaiko teo dia mampiseho mazava la eta nolanjalanjaiko fatratra sy noheveriko tsara ny loza izay mety hatrehiko noho izany; nefa sanatria ahy ny ho ketraka amin' izany, fa faly kosa aho mahita fa ankehitriny, tahaka ny tamin' ny andro teo aloha, dia mahatonga korontana sy fisaraham-bazana ny filazantsara. Izany no toetran' ny tenin' Andriamanitra, izany no anjarany. Tsy tonga hitondra fiadanana eto an-tany aho hoy Jesosy, fa sabatra. Mahagaga sy mahatahotra ny hevitr» Andriamanitra: mitandrema fandrao mihevitra ny hanakana ny fisaiaham-bazana ianareo ka hanenjika ny teny masin' Andriamanitra ary hihantsy

loza aman' antambo mahatsiaravina, tsy azo ialana. amin' izao andro izao sy fahoriana mandrakizay, hianjera aminareo. Azoko atao ny maka ohatra maro avy amin' ny fanambarana nataon» Andriamanitra. Azoko atao ny hilaza ny moniba an' i Farao, ireo mpanjakan' i Babylona, sy ny Isiraely, izay mainka koa nanampy hanapotika ny tenany rehefa niezaka hanamafy ny fanjakany izy tamin' ny fitadiavana hevitra izay toa hendry indrindra teo imason' ny rehetra. Mamindra tendrombohitra Andriamanitra nefa ireny tsy mahalala akory'.»*Ibid.* boky 7, toko 8.

Teny alemà no nitenenan' i Lotera fa izao dia nangatahana izy hamerina ny teniny amin' ny teny latina. Na dia reraky ny fiezahana nataony teo aloha aza izy dia nanaiky ary naveriny indray ny lahateniny mazava sy mahery vaika tahaka ny tamin' ny voalohany. Andriamanitra no nitarika ny hisian' izany. Efa nohamaizinin' ny hevi-diso sy ny finoanoam-poana ny sain' ny maro tamin' ireo andriandahy ka tsy voatsapany ny herin' ny fanazavana nataon' i Lotera tamin' ny nandaharany azy tamin' ny voalohany: fa rehefa niverina kosa izany dia hitany nibaribary tsara ireo hevitra naseho.

Naharomotra izay nanamafy ny fony ka nanakimpy ny masony tsy hijery ny mazava ary nanapa-kevitra fa tsy hiaiky ny fahama-rinana ny herin' ny tenin' i Lotera. Rehefa nijanona izy dia tezitra ny mpitondra tenin' ny filan-kevitra nanao hoe: «Tsy novalianao ny fanontaniana napetraka taminao?. . . Angatahina ianao hanome valin-teny tsotra sy mazava. . . Hanaiky ho diso ve ianao sa tsia?

Hoy ilay Mpanavao fivavahana: «Koa satria mitaky valin-teny mazava sy tsotra ary hentitra amiko ianao, ry andriamanjaka mendrika indrindra, sy ianareo manam-pahefana ambony indrindra, dia homeko izany, dia ity: Tsy azoko atao ny mampilefitra ny finoako amin' ny papa na amin' ny olona ao amin' ny fivoriam-ben' ny eglizy, satria mazava sahala amin' ny mitataovovonana fa imbetsaka izy ireny no diso sady nifanipa-kevitra. Noho izany raha tsy resy lahatry ny teny vavolombelona ao amin' ny Soratra Masina aho na resy lahatry ny fahamarinana mazava indrindra, raha tsy voatarika amin' ny alalan' ireo toko sy andininy noraisiko aho, ka amin' izay dia voafatotry ny tenin' Andriamanitra ny feon' ny fieritreretako, dia tsy afaka hiaiky fa diso aho ary tsy hiaiky fa diso, satria tsy mety amin' ny kristiana ny miteny manohitra ny feon' ny fieritreretany. Mijoro amin' izany aho, ary tsy afaka hanao zavatra hafa; Andriamanitra anie hanampy ahy. Amena.» *Ibid,* boky 7, toko 8.

Toy izany no nijoroan' io lehilahy marina io tamin' ny fototra azo antoky ny tenin' Andriamanitra. Nampamirapiratra ny endriny ny fahazavan' ny lanitra. Ny fahambonian' ny toetra aman-panahiny. ny fahadiovany, ny fifaliany sy ny fiadanam-pony, dia hitan' ny rehetra raha nitsangan-kanohitra ny herin' ny hevi-diso izy sy niteny ho vavolombclon' ny fahambonian' ny finoana izay maharesy an' izao tontolo izao.

Tsy nisy nahateny aloha ny mpivory rehetra noho ny hagagana. Fony namaly voalohany i Lotera dia feo iva no nitenenany ary ny fihetsiny dia feno fanajana sy fandeferana mihitsy aza. Noraisin' ireo Romanista ho fanehoana mazava izany fa nanomboka nilefitra ny herim-pony. Noraisiny ho fiandohan' ny fihemorana tsotra izao ny nangatahan' i Lotera andro. Ary na dia i Charles aza, raha nahita ny toe-tenany reradreraka, ny fitafiany tsy dia tsara, sy ny fahatsoran' ny lahateny, dia somary naneso nilaza hoe: «Tsy mba io pretra io na oviana na oviana no hahatonga ahy ho «heretika». Fa ankehitriny kosa ny herim-po sy ny toetra matotra asehony, torak' izany koa ny hery sy ny fahazavan' ny fandaharany, dia nampitolagaga ny mpivory rehetra. Voahetsika te-hidera azy ny amperora ka nanao hoe: «Tsy matahotra sady manana herim-po tsy azo hozongozonina ity pretra ity raha miteny.» Betsaka ireo andriandahy alemà no nirehareha sy niravoravo noho ity solontenan' ny fireneny ity.

Nalahelo mafy ireo mpiandany tamin' i Roma. Niseho tamin' ny lafiny ratsy indrindra ny zavatra notohanany. Niezaka ny hitana ny fahefana izy, tsy amin' ny fampiasana ny Soratra Masina, fa tamin' ny alaìan' ny fandrahonana, dia ny fonjan-kevitra tsy miova fampiasan' i Roma. Hoy ilay mpitondra tenin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe: «Raha tsy manaiky ho diso ianao, dia hodinihin' ny amperora sy ireo mpitondra fanjakana rehetra izay tokony hatao amin' ny «heretika» madi-po tahaka anao.»

Nangovitra ireo sakaizan' i Lotera izay vao avy nihaino ny fiarovan-tenany mendrika indrindra raha nandre izany teny izany; nefa ilay Lotera ngezalahy ihany no namaly tamim-pahatoniana hoe: «Andriamanitra anie hanampy ahy, satria tsy misy na inona na inona azoko ekena fa diso.» *Ibid,* boky 7, toko 8.

Nasaina nivoaka ny efitrano fivoriana izy raha mbola nidinika ireo andriandahy. Tsapa fa nisy ady mafy hiseho. Mety hikasika ny tantaran' ny fiangonana mandritra ny taona maro ho avy ny fikirizan' i Lotera tsy hilefitra. Tapaka ny hevitra fa mbola homena fotoana indray izy ahazoany manaiky ho diso. Nentina farany teo anatrehan' ny mpivory izy. Napetraka indray ny fanontaniana raha handà ny fampianarany izy Tsy manana valin-teny hafa atao aho hoy izy. afa-tsy izay efa nataoko» Nazava fa tsy azo nahodina izy. na tamin' ny fandrahonana, na tamin' ny tambitamby mba hilefitra amin' ny baikon' i Roma.

Sorena ireo filoha avy amin' ny papa noho ny fanaovan' ity pretra ambany ity tsinontsinona ny fahefan' izy ireo, izay nampangovitra ny mpanjakan' ny tany sy ny andriambaventy maro; niriny mafy ny hanao izay hahatsapan' izy io ny fahatezerany amin' ny fampijaliana hanala ny ainy. Nefa na dia tsapan' i Lotera aza ny loza mananontanona azy, dia niteny tamin' ny rehetra araka ny fahamendrehana sy ny fahatonian' ny kristiana izy. Tsy nahitana avonavona, firehetam-po sy fitaka ny teniny. Toy ny tsy tazan' ny masony

intsony ny tenany sy ireo olona ambony nanodidina azy. ny hany tsapany dia teo anatrehan' Ilay ambony lavitra noho ny papa, ny filohan' ny pretra, ny mpanjaka sy ny amperora izy. Kristy no niteny tamin' ny alalan' ny fanambarana tamin-kery sy fahamboniana izay nahavaka sy nahatalanjona na sakaiza 11a fahavalo tamin' izay fotoana izay. Nanatrika io fivoriana io ny Fanahin' Andriamanitra. nameno ny fon' ireo mpitondra fanjakana. Maro tamin' ireo andriandahy no nanaiky ny fahamarinana izay notohanan' i Lotera. Maro no resy lahatry ny fahamarinana; nefa tamin' ny sasany dia tsy naharitra ela izany fahatsapana izany. Nisy antokon' olona hafa koa izay tsy nanambara ny fiaikeny tamin' izay fotoana izay, nefa kosa, rehefa nandinika ny Soratra Masina ho an' ny tenany, dia nanjary mpanohana tsy nanantahotra ny Fanavaozana ara-pivavahana tatý aoriana.

Nitebiteby fatratra i Frederika filohan' i Saxe ny amin' izay ho fisehoan' i Lotera teo anatrehan' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe, ary nangitakitaka tokoa izy nihaino ny lahateniny. Faly dia faly izy sady afaka nirehareha raha nanatri-maso ny herim-po. ny toetra matotra sy ny fahaizan' ilay mpampianatra ngezalahy nifehy ny tenany, ka nanapa-kevitra fa hijoro amin' ny fomba hentitra kokoa hiaro azy. Nampitahainy ireo antoko 10a nifanandrina ka hitany fa nomontsamontsanin' ny fahefan' ny fahamarinana ny fahendren' i papa, ny an' ny mpanjaka sy ny an' ireo pretra ambony. Faharesena izay hotsapan' ny firenena rehetra mandritra ny taonjato mifandimby no nozakain' ny fahefana papaly.

Rehefa tsinjon' ilay iraky ny papa ny vokatry ny lahatenin' i Lotera dia natahotra mafy tsy mbola nisy toy izany izy,ny amin' ny fahefan' i Roma ka nanapa-kevitra ny hampiasa ny fomba rehetra eo am-pelatanany niba hahatanteraka ny fandrodanana an' ilay Mpanavao fivavahana. Nampiasainy ny fahaizany mandaha-teny sy ny fahaizany mandambolambo izay nampiavaka azy tamin' ny fomba manokana tokoa, ka nasehony tamin' ilay amperora mbola herotrerony ny hadalana sy ny vokatry ny fanaovana sorona ny fifankatiavana sy ny fanohanana ny fahefana maherin' i Roma, hanakalozana io pretra tsy misy fotony io.

Ary nisy vokany tokoa ny teniny. Ny andro manaraka ny valin-tenin' i Lotera, dia nandefa hafatra hovakiana eo amin' ny fanapahan-kevitry ny fanjakana foibe i Charles, izay nanambara ny fanapahan-keviny hanohy ny politikan' ireo mialoha lalana azy hitana sy hiaro ny fivavahana katolika. Koa satria nandà tsy hiala tamin' ny hevi-disony i Lotera, dia tokony hampiasaina ny fomba henjana indrindra hanoherana ny «herezia» izay ampianariny. Izay pretra iray mpitoka-monina io, voafitaky ny hadalany, va no mitsangankanohitra ny finoana kristiana! Mba hampijanona izao fanaovana zinona ny finoana izao, dia ataoko sorona ny fanjakako, ny hareko, ny sakaizako, ny tenako, ny rako, ny fanahiko, sy ny aiko. Hoesoriko tsy hibahan-dalana

intsony ilay Lotera avy amin' ny antokon' ny Aogositina, ka horarako tsy hampikorontana ny vahoaka na dia kely aza; manaraka izany dia hanohitra azy sy ireo mpanaraka azy ho amin' ny maha-heretika mafy hatoka azy, ka haongako tsy ho anisan' ny eglizy izy, horarako tsy hifandray amin' ny tany ama-monina, ary ampiasaiko ny fomba rehetra nokasaina hanapotehina azy ireo. Miantso ireo olom-panjakana aho hitondra tena tahaka ny kristiana mahatoky.» *Ibid,* boky 7, toko 9. Na dia izany aza dia nambaran' ny amperora fa tsy maintsy hajaina ny tsisakanana nomena an' i Lotera ary alohan' ny hanombohana izay hatao hanoherana azy dia tsy maintsy havela ho tonga soa aman-tsara any an-tokantranony izy.

Hevitra roa mifanipaka izao no napoitran' ireo mambra tao amin' ny filankevitry ny fanjakana foibe. Ny mpitondra tenin' ny papa sy ireo solontenany dia nangataka indray ny tsy hiraharahana ny tsisakanana nomena an' ilay Mpanavao ara-pivavahana. «Tokony ho ny reniranon' i Rhin», hoy izy ireo, no handray ny lavenona sisa avy amin' ny tenany, tahaka ny an' i John Huss zato taona lasa izay.» *Ibid,* boky 7. toko 9. Ireo andriandahin' i Alemaina kosa anefa na dia mpomba ny papa sy nitsangan-ko fahavalon' i Lotera niharihary aza dia nanohitra izany fandikana ny toky nomena ny olona ampahibemaso izany, satria ho pentina eo amin' ny voninahitry ny firenena izany. Nasongadiny ny antambo vokatry ny fahafatesan' i Huss. ary nambarany la tsy ho sahiny ny hihantsy indray ireo loza mahatsiravina ireo amin' ny Alemaina sy ho eo an-dohan' ity amperorany vao tanora herotrerony.

Ny tenan' i Charles mihitsy aza no namaly toy izao ilay sosokevitra tsy mendrika: «Na dia horoahina tsy ho eto amin' izao tontolo izao manontolo aza ny fanajana ny teny nomena, dia tokony hahita hiafenana ao am-pon' ny andriandahy izy. *Ibid,* boky 7, toko 9. Nampirisihin' ireo fahavalon' i Lotera lozabe indrindra niandany tamin' ny papa indray ny amperora mba ho tahaka ny fihetsik' i Sigismond tamin' i Huss no fihetsiny amin' ilay Mpanavao ara-pivavahana, izany hoe hanolotra azy eo am-pelatanan' ny eglizy;nefa rehefa nahatsiaro ny nanondroan' i Huss ny gadrany tao amin' ny fivoriana ampahibemaso izy sy ny nampahatsiahy ny mpanjaka ny toky nomeny hoy i Charles fahadimy hoe: «Tsy mba ho teramenan' ny henatra tahaka an' i Sigismond aho.» *Lenfant,* boky I,p. 422.

Na dia izany aza dia ninian' i Charles notsipahina mazava ireo fahamarinana nasehon' i Lotera. «Hentitra ny finiavako haka tahaka ny ohatra nomen' ny razambeko», hoy ny mpanjaka nanoratra. — *D'Aubigne,* boky 7, toko 9. Nanapa-kevitra izy fa tsy hiala amin' ny lalana mahazatra, eny, na dia handeha amin' ny lalan' ny fahama-rinana sy hanao ny rariny aza ny fialana amin' izany. Satria nanao izany ireo nialoha azy, dia hanohana ny fahefana papaly koa izy, na dia lozabe sy feno haratsiana aza izany. Toy izany no nijoroany tamin' ny heviny ka nandavany tsy handray fahazavana

hafa mihoatra noho izay noraisin' ireo teo alohany sy tsy hanatanteraka adidy izay tsy notontosain' ireny.

Maro ankehitriny ny olona izay mifikitra toy izany amin' ny fomba amampanao mahazatra sy amin' ny lovan-tsofina navelan' ny razana. Rehefa mandefa fahazavana fanampiny ny Tompo, dia mandà ny handray izany izy satria tsy noraisin' ireo nialoha azy izany, nefa izy ireo anie tsy notolorana izany akory e! Tsy eo amin' ny toerana nisy ireo nialoha antsika isika: noho izany tsy mitovy amin' ny azy ireo ny adidy aman-andraikitra eo amintsika. Tsy hankasitraka antsika Andriamanitra raha mijery ny ohatra navelan' ny teo alohantsika isika mba hamaritana ny adidintsika tsy hikaroka ny tenin' ny fahamarinana ho an' ny tenantsika! Lehibe noho ny an' ireo razantsika ny adidintsika. Hampamoahina ny amin' ny fahazavana noraisin' izy ireny isika, izay noraisintsika ho toy ny lova avy aminy, ary tompon' andraikitra koa isika amin' ny fahazavana fanampiny izay mamirapiratra amin' izao fotoana izao avy amin' ny tenin' Andriamanitra.

Hoy i Kristy tamin' ireo Jiosy tsy nino: «Raha tsy tonga Aho ka niteny taminy, dia tsy nanan-keloka izy; fa ankehitriny dia tsy misy fialana azony atao amin' ny helony.» [2]Io fahefan' Andriamanitra jo ihany no niteny tamin' ny amperora sy ireo andriandahin' ny Alemaina tamin' ny alalan' i Lotera. Ary raha namirapiratra avy tamin' ny tenin' Andriamanitra ny fahazavana, dia nitalaho farany tamin' ny maro tao amin' io fivoriana io ny Fanahin' Andriamanitra. Tahaka an' i Pilato, taon-jato maro talohan' izao, izay namela ny avonavona sy ny filan-tsitraka tamin' ny olona hanidy ny fony tsy handray ny Mpanavotra an' izao tontolo izao; tahaka an' i Feliksa tora-kovitra hibaiko ilay nitondra hafatry ny fahamarinana hoe; «mandehana angaloha fa raha malalaka, dia hampaka anao indray aho»; tahaka an' i Agripa feno avona niaiky hoe: «Ataonao fa mora toy izany no hampanekenao ahy no kristiana», [3]nefa dia nihodina niala tamin' ny mpitondra hafatry ny lanitra izy. Toy izany koa i Charles fahadimy nitolo-batana hanaraka ny baikon' izao tontolo izao feno avonavona sy ny fomba fisainany izy ka nanapa-kevitra fa handà ny fahazavan' ny fahamarinana.

Nipariitaka hatraiza hatraiza ny tsaho momba ny tetika hamelezana an' i Lotera ka nampitabataba izaitsizy ny tanàna. Nahazo mpiandany betsaka ilay mpanavao fivavahana ; fantatr' izy ireo ny toetra mpamadika sy lozabe asehon' i Roma amin' izay rehetra sahy mampiharihary ny faharatsiany, ka nanapa-kevitra izy fa tsy hatao sorona i Lotera. An-jatony ny andriana nanolo-tena hiaro azy. Tsy vitsy no nanameloka an-karihary ny teny midina avy amin' ny mpanjaka nampiseho fileferana izay midika ho halemena amin' ny fahefan' i Roma mpanjakazaka. Nisy sora-baventy natao teny amin' ny vavahadin' ny trano sy teny amin' ny toerana ankalamanjana, ny sasany nanameloka an' i Lotera ary ny sasany nanohana azy. Ny anankiray amin'

ireny dia nahitana fotsiny ireo teny mavesa-danja nataon' ilay lehilahy hendry hoe: «Lozanao, ry tany, raha zaza no mpanjakanao.» [4]Ny hafanam-po nasehon' ny vahoaka ho an' i Lotera nanerana an' i Alemaina manontolo dia nampiaiky ny amperora sy ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe fa raha misy tsy rariny atao aminy dia hampidi-doza ny fandriam-pahaleman' ny fanjakana izany, ary hampihozongozona ny seza fiandrianany mihitsy aza.

Tsy namposak' i Frederika avy any Saxe ny heviny momba ilay mpanavao fivavahana, ary nafeniny tamim-pitandremana fatratra ny tena fihetseham-pony, nefa niaraka tamin' izany dia niaro sy niambina azy tsy an-kijanona izy, nanara-maso ny fihetsiny rehetra sy ny fihetsika rehetra nataon' ny fahavalony. Maro koa ireo tsy niezaka hanafina akory ny firaisam-pony tamin' i Lotera. Tonga namangy azy ireo andriandahy isany sy ireo olona ambony hafa, na olon-tsotra izany na olom-pivavahana.» Tsy omby ny mpamangy rehetra tonga ny efitrano kelin' ilay mpampianatra ngezalahy. hoy Spalatin nanoratra.» *Martyn.* vol. 1, p. 404. Nibanjina azy ny olona toy ny mihoatra ny olombelona no fijeriny azy. Na dia ireo izay tsy nino ny fampianarany aza dia tsy afaka ny tsy hidera ny toetra mahatoky ambony nananany izay nitarika azy hisetra ny fahafatesana toy izay hanohitra ny feon' ny fieritreretany.

Nafana ny ezaka natao mba hahazoana an' i Lotera hitady izay marimaritra iraisana amin' i Roma. Nasehon' ireo andriandahy azy fa raha mikiry ny hampitoetra ny heviny manohitra ny eglizy sy ny fivoriam-be fiheveran-draharaham-piangonana izy dia vetivety foana dia ho voaroaka tsy ho anisan' ny tany ama-monina ary amin' izay dia tsy hanana mpiaro intsony. Izao no navalin' i Lotera an' io fitaomana io : Tsy ilaozan' ny fanafintohinana ny fitoriana ny Filazantsaran' i Kristy . . . Nahoana ary no ho ny tahotra na ny fanahiana no hampi saraka ahy amin' ny Tompo sy amin' ny tenin' Andriamanitra izay hany fahamarinana? Tsia. aleoko mamoy ny tenako, sy ny rako ary ny aiko». *D'Aubigne,* boky 7, toko 10.

Nampirisihina indray izy hilefitra amin' ny fitsaran» ny amperora amin' izay dia tsy hisy hatahorany. «Ekeko, hoy izy ho valin' izany, ary amin' ny foko rehetra, raha mandinika sy mitsara ny asako ny amperora, ny andriandahy, ary na dia ny kristiana iva razana indrindra aza; nefa misy fetra iray, dia ny handraisany ny tenin' Andriamanitra ho filamatra. Tsy misy azon' ny olona atao afa-tsy ny mankatò izany. Aza manao herisetra amin' ny feon' ny fieritreretako, izay voafatotra sy voagadran' ny Soratra Masina.» *Ibid.* boky 7, toko 10.

Izao koa no navalin' ny antso hafa; «Ekeko ny hametraka ny tsisakanana nomena ahy ho tsy manan-kery. Apetrako eo ampelatanan' ny amperora ny tenako sy ny aiko; fa ny tenin' Andriamanitra kosa, sanatria!» *Ibid,* boky 7, toko 10. Nambarany fa manaiky hilefitra amin' ny fanapahan-kevitry ny

fivoriambempiangonana izy, nefa tokana ny fepetra dia ny fangatahana io fivoriam-be io hanao fanapahan-kevitra araka ny Soratra Masina. «Raha mikasika ny tenin' Andriamanitra sy ny finoana, hoy ihany izy, dia samy afaka hitsara ny kristiana tsiarairay na ny papa, na dia misy fivoriam-be fiheveran-draharaha an-tapitrisany aza miandany aminy.» *Martyn,* boky 1, pejy 410. Samy miaiky marina na ny sakaizany na ny fahavalony fa tsy misy antony intsony izay fiezahana hafa atao hisian' ny fampihavanana.

Raha nilefitra tamin' ny zavatra iray fotsiny ilay mpanavao fivavahana, dia ho lasan' i Satana sy ny tafiny ny fandresena. Ny fijoroany tsy azo nohozongozonina anefa no ncntina nanafaka ny fiangoanan sady fiantombohan' ny andro vaovao sy tsara kokoa. Ny hery miasa mangina avy amin' ity lehilahy ity izay sahy nivelona araka ny heviny ny amin' ny mikasika ny fivavahana, dia nisy vokany teo amin' ny fiangonana sy teo amin' izao tontolo izao, tsy tamin' ny androny fotsiny, fa tamin' ny taranaka ho avy rehetra koa. Hampahery izay rehetra handalo amin' ny fanandramana toy izay niainany hatramin' ny andro farany ny fijoroany ho mahatoky. Ny hery sy ny fiandrianan' Andriamanitra no nijoro ambonin' ny fisainan' ny olombelona, ho ambonin' ny fahefana sy ny herin' i Satana.

Tsy ela avy eo dia nahazo baiko hody any aminy avy tamin' ny amperora i Lotera, ary fantany fa hanaraka io filazana io vetivety foana ny fanamelohana azy. Rahona matevina no nananontanona teo amin' ny lalany; nefa raha niainga tao Worms izy, dia diboky ny hafaliana sy ny fiderana ny fony: «Ny devoly mihitsy, no niambinany tanàna mimandan' ny papa; nefa nasian' i Kristy banga mitanatana izany ka voatery niaiky i Satana fa mahery noho izy Jehovah.» *D'Aubigne.* boky 7, toko 11.

Taorian' ny nandehanany. satria mbola tsy tiany ny handraisana ny fijoroany ho fikomiana, dia nanoratra tamin' ny amperora i Lotera. «Andriamanitra, izay mpandimka ny fo, no vavolombeloko. hoy izy, vonona sy mazoto indrindra aho hankatò ny andriamanjaka, na ho voninahitra na ho fahafaham-baraka, na ho velona, na ho faty, tsy misy avakavaka afa-tsy ny tenin' Andriamanitra, izay iveloman' ny olona. Raha izay rehetra momba an' ity fiainana ity, dia tsy ho azo hozongozonina ny toetrako mahatoky aminao, satria tsy misy fiantraikany amin' ny famonjena ny fatiantoka sy ny tombon-tsoa eto. Fa rehefa mikasika ny mandrakizay kosa, dia tsy sitrapon' Andriamanitra ny hileferan' ny olona amin' ny olona. Fa ny fileferana toy izany amin' ny ara-panahy dia tena fiankohofana tokoa; ary tsy tokony hatao afa-tsy amin' ny Mpamorona irery ihany. *Ibid,* boky 7. loko 11.

Tamin' ny diany avy tany Worms, dia nafana kokoa noho ny fony izy nankany ny fandraisan' i Lotera. Noraisin' ireo mpitondra fivavahana ambony ilay pretra noroahina tamin' ny eglizy, ary nomen' ireo manampahefana voninahitra ilay lehilahy nomelohin' ny amperora. Nangatahina

hitory teny izy, ary na dia teo aza ny fandrarana avy tamin' ny amperora dia niakatra polipitra indray izy, «Na oviana na oviana, hoy izy, tsy hanaiky ny hanagadra ny tenin' Andriamanitra aho, ary tsy hataoko mihitsy izany. *Martyn,* boky 1. pejy 420.

Vao tsy ela no nialany tao Worms, dia notaomin' ireo mpiandany amin' ny papa ny amperora hamoaka didy hanameloka azy. Voampanga ho Satana mihitsy naka endrik' olona sy nanao fitafian' ny pretra i Lotera tao amin' io didy io.*D'Aubigne* boky 7, toko 2.

Navoaka ny baiko fa raha vao tapitra ny fe-potoan' ny tsisakanany, dia horaisina ny fepetra hampijanona ny asany. Norarana ny olona rehetra tsy hampiantrano azy, tsy hanome azy hohanina na hosotroina, tsy hiray tsikombakomba aminy, na amin' ny teny, na amin' ny fihetsika, na ampahibemaso, na mangingina. Hosamborina izy; na aiza na aiza misy azy ka hatolotra ny manam-pahefana. Hofonjana koa ny mpomba azy ary hobaboina ny fananan' izy ireo. Hopotehina ny bokin' i Lotera ary farany, izay rehetra sahy manohitra io didy io dia ho voafaoka ao amin' ny fanamelohany. Efa niala tao Worms ny filohan' i Saxe sy ireo andriandahy akaiky an' i Lotera indrindra raha vao niainga tao izy, ka nankatoavin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe ny didy naroson' ny amperora. Nitotorebika izao ireo mpomba an' i Roma. Noheveriny fa vita tombo-kase ny anjaran' ilay mpanavao fivavahana.

Lfa nanomana lalana hahafahan' ny mpanompony tamin' io ora feno loza io Andriamanitra. Nisy niambina sy nanara-maso ny fihetsik' i Lotera, ary nisy olo-marina sy tsara fo nahita ala-olana hamonjena azy. Nazava fa tsy hisy afa-tsy ny fahafatesany no hahafa-po an' i Roma; ny fanafenana azy ihany izany no hiarovana azy amin' ny vavan' ny liona. Nomen' Andriamanitra fahendrena i Frederika filohan' i Saxe hanao tetika hiarovana an' i Lotera. Nisy mpiray donakafo tamin' i Frederika nanampy tamin' ny fanatontosana izany ka voafina marina tokoa i Lotera na tamin' ny sakaizany na tamin' ny fahavalony. Raha teny an-dalana nody izy, dia nisy nisambotra azy, nampisaraka azy tamin' ireo niara-dia taminy, ary nitondra azy haingana tany anaty ala ho any amin'ny lapan' ny Wartburg, izay tanàna mimanda mitokana any an-tendrombohitra any. Nofonosin' ny zava-miafina be indrindra na ny fisamborana azy na ny nanafenana azy ka na dia i Frederika aza tsy nahalala nandritra ny fotoana maharitra izay nitondra azy. Nisy antony io tsy nahalalany izany io; raha mbola tsy nisy na inona na inona fantatry ny filohan' 1 Saxe nomba an' i Lotera, dia tsy afaka nanambara na inona na inona izy. Faly izy fa voaaro ilay Mpanavao fivavahana, ary nahafa-po azy ny fahalalana izany.

Lasa ny lohataona, ny fahavaratra, ny fararano, tonga ny ririnina, mbola voatana am-ponja ihany i Lotera. Nibitaka i Aleander sy ny namany satria

toa nadiva ho faty ny fahazavan' ny filazantsara. Tsy izany anefa, fa teo am-pamenoana ny fanaovan-jirony avy tamin' ny rakitry ny fahamarinana ilay mpanavao fivavahana ; ary tsy ela dia namirapiratra bebe kokoa ny fahazavany.

Nifaly aloha i Lotera tamin' ny fiarovana azo antoka natolotry ny sakaiza azy tao Wartburg satria afaka tamin' ny ady mafana sy ny hotakotaka izy. Nefa tsy nahita fahafaham-po ela tamin' ny fiainana mangingina sy mipetrapetraka izy. Efa zatry ny fiainana mihetsiketsika sy ny fanoherana mahery vaika izy, ka tsy nahazaka firy ny hipetraka amin' izao. Tamin' ireo andro naha-irery azy, dia toa vita sary teo anatrehany ny toe-javatra nahazo ny fiangonana ka namoy fo izy nitomany hoe: «Indrisy! Tsy misy na dia iray aza, amin' izao andro farany fahatezeran' i Jehovah izao, mijoro toy ny manda eo anatrehany ka mamonjy ny Isiraely!» *Ibid,* boky 9, toko 2. Nitodika tany amin' ny tenany indray ny eritreriny ka natahotra izy sao hampangaina, ho kanosa raha nisintaka niala tamin' ny ady. Dia nanameloka ny tenany noho ny fidonanaham-poana sy ny fampanaranam-po ny tenany izy. Anefa tamin' izay dia niasa isan' andro mihoatra noho izay mety ho vitan' ny olona iray izy. Tsy nitsahatra mihitsy ny peniny. Nidoka tena ireo fahavalony fa nampangina azy, nefa gaga sy very hevitra izy ireny tamin' ny porofo azo tsapaintanana nanambara fa mbola niasa izy. Nisy trakta sesehena nosoratany, niely eran' i Alemaina. Nahavita asa lehibe indrindra ho an' ny mpiray tanindrazana taminy koa izy, tamin' ny nandikany ny Testamenta Vaovao tamin' ny teny Alemà. Efa herintaona manontolo no' nitoriany ny filazantsara avy eny amin' ny harambaton' ny patmosiny sy naniniany ny fahotana mbamin' ireo hevi-diso tamin' ny androny.

Nefa tsy mba ho fiarovana fotsiny an' i Lotera tamin' ny fahatezeran' ny fahavalony, na hanomezana azy fotoana hialany sasatra amin' ireo asa lehibe ataony, no nisintonan' Andriamanitra ny mpanompony tsy ho eo amin' ny sehatry ny fiainam-bahoaka. Nisy vokany sarobidy noho ireo tiany narovana. Raha irery tsy nisy nahalala tao amin' ny tendrombohitra niafenany i Lotera, dia afaka tamin' ny tohana avy eto an-tany ary voasakana tsy ho voahasohason' ny fiderana avy amin' olombelona. Tamin' izany dia voavonjy tamin' ny fireharehana sy ny fahatokian-tena izy, izay matetika loatra vokatry ny fahombiazana. Ny fijaliana sy ny fampietrena no manomana azy indray hitety tsy aman-tahotra ireny tendro mahafanina izay nanondrotana azy tampoka.

Rehefa mahita fifaliana amin' ny fahafahana izay entin' ny fahamarinana ho azy ny olona, dia manana fironana hanandratra ireo izay nampiasain' Andriamanitra hanapatapaka ny gadran' ny hevi-diso sy ny finoanoam-poana izy. Ataon' i Satana izay hampiala ny fisainan' ny olona sy ny fitiavany

an' Andriamanitra ho amin' ny olombelona; tarihiny hanome voninahitra ny fiasana izy ireo ka tsy hahalala ilay tanana izay mitarika ny zavatra rehetra araka ny laminkevitr' Andriamanitra. Matetika loatra ireo mpitondra fivavahana hankalazaina sy deraina toy izany no tsy mahatsapa intsony ny tsy maintsy hiankinany amin' Andriamanitra ka voatarika hatoky ny tenany. Ho vokatr' izany dia mitady hifehy ny saina sy ny feon' ny fieritreretan' ny vahoaka izy, izay vonona handray azy ho mpitarika fa tsy ny tenin' Andriamanitra. Matetika no mihemotra ny asan' ny fanavaozana noho io toe-tsaina ivelan' ireo mpanohana azy hanarampo io.

Nirin' Andriamanitra harovana tamin' io loza io ny Fanavaozana arapivavahana. Tiany handray ny tombo-kasen' Andriamanitra io asa io fa tsy ny an' ny olombelona. Nitodika tany amin' i Lotera izay namelabelatra ny fahamarinana ny mason' ny olona; nesorina izy mba ho voatarika ho amin' Ilay niavian' ny fahamarinana ny maso rehetra.

**Fanamarihana**

1 Mat. 10 : 33
2 Jao.15:22
3 Asa 24 : 25; 26 : 28
4 Mpit. T.10 : 16

# 9

## *Ilay mpanavao fivavahana Soisa*

Eo amin' ny fifidianana ireo fitaovana nampiasain' Andriamanitra hoenti-manavao ny fiangonana, dia ahitana soritra koa ilay drafitra natao fanorenana ny fiangonana. Nolalovan' ilay Mpampianatra avy any an-danitra ny olona ambony teto an-tany, ny manam-boninahitra sy ny manan-karena, izay zatra ny noderaina sy nankalazaina amin' ny nahampitarika ny vahoaka azy. Niavonavona sy natoky tena fatratra izy ireny satria nahatsapa ny fahamboniana nireharehany ka tsy azo novolavolaina hiray to amin' ny mpiara-belona taminy ho tonga mpiara-miasa amin' Ilay Lehilahy feno fanetren-tena avy any Nazareta. Tamin' ireo mpanarato niasa mafy, tsy nahita fianarana avy any Galilia no niantefa ny antso hoe: «Manaraha Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo» [1]. Nanetry tena sady azo nampianarina ireo mpianatra ireo. Arakaraka ny nahamaivana ny fiasan' ny fampianaran-diso nisy tamin' ny androny, no nahombiazan' i Kristy kokoa tamin' ny fampianarana sy ny fanazarana azy hiasa ho Azy. Toy izany koa tamin' ny andron' ny Fanavaozana lehibe ara-pivavahana. Olona tso-piaina ireo mpitarika tamin' ny fanavaozana ara-pivavahana olona izay afaka tamin' ny fireharehana — noho ny toerany sy tamin' ny fitompoan-teny fantatra ara-pivavahana ary ny hevi-petsin' ny pretra mihoatra noho ny hafa rehetra. Drafitra nataon' Andriamanitra ny hampiasa fitaovana tsotra hoentimanatontosa asa nisy vokany lehibe. Amin' izay dia tsy hatolotra ny olona ny voninahitra, fa ho an' Ilay niasa tamin' ny alalany hanatanteraka ny fikasany sy ny sitrapony.

Herinandro vitsivitsy taorian' ny nahaterahan' i Lotera tao amin' ny trano bongon' ny mpitrandraka arin-tany tany Saxe, dia teraka i Urbric Zwingli tao amin' ny tranon' ny mpiandry ondry tsotsotra tany anivon' ny tendrombohitra Alpa. Ny tontolo niainan' i Zwingli tamin' ny fahazazany,

sy ny fitaizana azy fony kely, dia nanomana azy ho amin' ny asa nanirahana azy taty aoriana. Nitombo teo anivon' ny zava-boahary sy ny hasoany nampitolagaga izy, ka vao kely dia latsaka tao an-tsainy ny fahatsapana ny fahalehibeazana, ny hery sy ny voninahitr' Andriamanitra. Ny tantaran' ny ezaka nitory herim-po natao tao amin' ireo tendrombohitra nahaterahany dia namohafoha ny fanirian' ny fahatanorany. Ary teo anilan' ny renibeny tia vavaka no nihainoany ireo tantara sarobidy vitsivitsy avy amin' ny Baiboly izay notsimponin' io renibeny io avy tamin' ny angano sy ny lovantsofin' ny fiangonana. Nahaliana azy fatratra ny nandre ny asa miezinezina nataon' ireo patriarka sy mpaminany, ny tantaran» ny mpiandry ondry niambina ny ondriny teo amin» ireo vohitr' i Palestina izay niresahan' ny anjely taminy, ny tantaran» Ilay Zazakely tany Betlehema sy ny an' Ilay lehilahy teo Kalvary.

Tahaka an' i John Lotera , dia naniry koa fianarana ho an-janany ny rain' i Zwingli ka mbola kely ilay zazalahy dia nandao ny lohasaha nahaterahany. Nitombo faingana ny sainy, ary vetivety dia nanjary olana ny fitadiavana mpampianatra afaka hampianatra azy. Telo ambin' ny folo taona izy no nalefa tany Berna izay nisy ny sekoly ambony indrindra tany Soisa. Tao anefa dia nisy loza nananontanona mety hanimba ny ho aviny. Niezaka mafy ireo frera hitaona azy, hitarika azy hiditra ho relijiozy mitoka-monina. Tamin' izay fotoana izay dia nifaninana ho mamim-bahoaka ny Dominikana sy ny Fransiskana. Ary tamin' ny alalan' ny fandravahana feno renty ny trano fiangonany sy ny fotoam-pivavahany narevaka aok' izany ary ny fitaomana avy amin' ny relikany sy ny sary vongany malaza ho mahavita fahagagana no niezahany hanaovana izany.

Hitan' ireo Dominikana tao Berna fa raha voataonany ity tovolahy manan-talenta ity, dia ho azony antoka ny vola sy ny voninahitra. Izy tena mbola tanora, manam-pahaizana, zanak' omby tsy ampianarin-domano raha ny fitenenana sy ny fanoratana, ary niorehana raha ny momba ny mozika sy ny tonon-kalo; koa izany dia hanan-kery lavitra hitaona ny olona hirohotra hamonjy ny fotoana ao amin-dry zareo sy hampitombo ny vola miditra amin' ny antokony, noho ny ravaka sy ny rendrarendra ivelany.

Samy nampiasainy avokoa na ny fitapitaka na ny dokadoka mba hampanaiky an' i Zwingli hiditra ho relijiozy ao aminy.

Fony Lotera nianatra tany an-tsekoly dia namanaman' ny nilevim-belona tao amin' ny efi-trano bitika tao amin' ny monastera izy, ary saika very ho an' izao tontolo izao izy raha tsy nafahan' ny fitondran' Andriamanitra avy tao. Tsy navela hiharan' izany loza izany kosa i Zwingli. Soa ihany fa nandre ny momba ny fikasan' ny frera ny rainy. Tsy tao amin' ny fikasany mihitsy ny hamela ny zanany hanaraka ny fiainan ireo relijiozy mpitoka-monina nidonanam-poana sy tsy nisy antony . Hitany fa voakasika

ny soa mety ho vitany amin' ny ho avy, ka nobaikoiny hiverina hody avy hatrany izy.

Nankatoaviny ny baiko;nefa tsy nahita fahafaham-po tao amin' ny lohasaha nahaterahany ilay zatovo ka vetivety dia nanohy ny fianarany, niverina nankany Bale rehefa afaka fotoana fohy. Tao no nandrenesan' i Zwingli voalohany ny filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra omena maimaimpoana. I Wittenbach Mpampianatra ireo fiteny fahagola ary efa voatarika ho eo amin' ny Soratra Masina izy fony nianatra teny grika sy hebreo, ka noho izany dia nisy taratry ny fahazavana avy amin' Andriamanitra nitosaka tamin' ny sain' ny mpianatra niadidiany. Nambarany fa nisy fahamarinana ela kokoa ary sarobidy lavitra noho ireo hevitra nampianarin' ny mpampianatra mpanaraka an' i Aristote sy ny mpanao hevi-tsaina. Io fahamarinana fahagola io dia ny fahafatesan' i Kristy izay hany avotra ho an' ny mpanota. Toy ny tara-pahazavana voalohany mialoha ny andro miposaka ireo teny ireo ho an' i Zwingli.

Voantso hiala tany Bàle i Zwingli mba hanomboka hiasa fotoana fohy taorian' izany. Ny saha niasany voalohany dia fiangonana tany Alpa tsy lavitry ny lohasaha nahaterahany.

Rehefa voahosotra ho pretra izy dia nanokana ny tenany sy ny fanahiny rehetra mba hikatsaka ny fahamarinan' Andriamanitra ; «tsapany marina mantsy», hoy ny filazan' ity namany mpanavao fivavahana fa tsy maintsy ho be fahalalana izay nanankinana ny fiandrasana ny ondrin' i Kristy.» Wylie, boky 8, toko 5. Arakaraka ny nandinihany ny Soratra Masina, no nampahazava taminy ny fifanoherana nisy tamin' ny fahamarinana sy ireo fampianaran-dison' i Roma. Nampilefitra ny tenany tamin' ny Baiboly amin' ny mahatenin' Andriamanitra an' izany izy, dia ilay fitsipika ampy, tsy mety diso. Hitany fa ny Baiboly ihany no tsy maintsy hanazava ny tenany. Tsy sahy manandrana ny hanazava ny Soratra Masina izy hoentimanohana hevitra mibahana ao an-tsaina rahateo na ny foto-pinoana, fa noraisiny ho adidiny ny hianatra izay ampianarin' ny Baiboly amin' ny fomba mivantana sy miharihary. Nitady izay rehetra nety hanampy azy mba ahazoany ny fahalalana feno sy marina ny dikany izy. ary nangataka ny fanampian' ny Fanahy Masina, Izay, araka ny nolazainy, dia hambara izany amin' izay rehetra mitady amin' ny fo marina sy amim-pivavahana.

«Avy amin' Andriamanitra fa tsy avy amin' ny olona ny Soratra Masina, hoy Zwingli, ary Andriamanitra mihitsy izay nampahazava anao no hanome anao ny fahafantarana fa avy Aminy ny teny. Tsy mety diso. . . ny tenin' Andriamanitra; mamirapiratra izany, izy tenany no mampianatra momba ny tenany, mamelabelatra ny amin' ny tenany, mampahazava ny fanahy amin' ny famonjena sy ny fahasoavana rehetra izy, mampionona azy ao amin' Andriamanitra, mampietry azy ka manjary heverin' ny fanahy ho toy ny

foana sy very zo tanteraka izy ka lasa miantsampy amin' Andriamanitra.» I Zwingli mihitsy no efa nanaporofo ny fahamarinan' ireo teny ireo. Izao no nosoratany tatý aoriana raha nilazalaza ny momba ny fanandramana nataony tamin' io fotoana io izy: «Fony. . . aho nanomboka nanokan-tena tanteraka hiandany amin' ny Soratra Masina. dia namohafoha hatrany ady hevitra tao amiko ny hevi-tsaina sy ny fampianarana momba ny fivavahana nampiavaka ny Andro Antenantenany. Nony farany dia izao no farahevitro: «Tsy maintsy avelanao daholo io lainga io ka hianatra ny dikany nomen' Andriamanitra ianao, dia izay dikany madio araka ny teniny. Dia nanomboka nangataka tamin' Andriamanitra ny fahazavany aho ka zary nihamora tamiko hatrany ny Soratra Masina.» *Ibid,* boky 8, toko 6.

Tsy noraisiny tamin' i Lotera ny fampianarana notorin' i Zwingli. Fampianaran' i Kristy izany. «Raha mitory an' i Kristy i Lotera, hoy ilay mpanavao fivavahana Soisa, dia izay ataoko no ataony. Betsaka kokoa noho izay notarihiko ho eo amin' i Kristy izay nentiny ho eo Aminy. Tsy mampaninona anefa izany. Tsy hitondra anarankafa noho ny an' i Kristy aho; miaramilany aho ary Izy irery no Lehibeko. Na oviana na oviana tsy mbola nisy teny 11a dia iray aza nosoratako ho an' i Lotera na nosoratany ho ahy. Nahoana ary?. . . Mba hanehoana ny maha-iray ny Fanahin' Andriamanitra, satria 11a dia tsy nikaon-doha aza izahay mirahalahy dia mitovy tsy misy ivoasana izay ampianarinay momba an' i Kristy.» D'Aubigne, boky 8, toko 9.

Tamin' ny taona 1516 dia nantsoina ho mpitoriteny tao amin' ny tranon' ny relijiozy tao Einsiedeln i Zwingli. Nahita akaiky kokoa ny faharatsian' i Roma izy tao ary niasa mangina tamin' ny mahampanavao fivavahana azy ka tsapa hatrany amin' ny toerana lavitry ny Alpa nahaterahany izany. Anisan' ireo zavatra nanintona indrindra tao Einsiedeln dia ny sary vongan' ny virijina izay nolazaina fa manan-kery hanao fahagagana. Teo ambonin' ny vavahadin' ny tranon' ny relijiozy dia nisy izao soratra izao: «ato no mety ahazoana famelana feno ny fahotana.» *Ibid,* boky 8, toko 5. Tamin' ny vanimpotoana rehetra dia tonga ireo mpanao fivahinianana masina nitady famonjena teo amin' ny toerana nisy ny virijina; nefa tamin' ny fety lehibe fanao isan-taona natokana ho azy dia vahoaka marobe no tonga avy amin' ny faritr' i Soisa manontolo, ary nisy avy any Frantsa sy Alemaina aza. Ory dia ory i Zwingli nahita izany ka nohararaotiny io hitoriana ny fahafahana azo amin' ny alalan' ny filazantsara tamin' ireo andevon' ny finoanoam-poana.

«Aza mihevitra ianareo, hoy izy, fa ato amin' ity tempoly ity mihoatra noho ny any amin' ny faritra hafa noforoniny Andriamanitra. Na aiza na aiza toerana ipetrahanareo, dia manodidina anareo Andriamanitra ka mandre anareo. . .Moa ve ahazoanareo antoka ny fahasoavan' Andriamanitra ny asa tsy misy voka-tsoa, ny fivahinianana masina lavitra be, ny fanatitra, ny sary vongana, ny fiantsoana ny virijina na olo-masina?. . . Misy dikany inona

ny teny maro entintsika manao vavaka lavareny. Misy asany ve ny sarondoha mamirapiratra, ny loha nokakasana ka sola malama tsara, ny akanjo lava mirebareba, na ny kiraro iva misy peta-kofehy volamena?. Mijery ny fo Andriamanitra ary lavitra azy ny fontsika. Kristy, hoy izy, Ilay natolotra indray mandeha teo amin' ny hazo fijaliana, no sorona izay novonoina, ka ampy ho fanati-panonerana ny fahotan' ny mpino mandrakizay doria.» *Ibid,* boky 8, toko 5.

Tsy nahafaly ny mpihaino maro ireo fampianarana ireo. Fahadisoampanantenana mangidy ho azy ny filazana fa very maina ny dia nandreraka nataony. Tsy nazava taminy izany hoe famelankeloka atolotra azy maimaimpoana amin' ny alalan' i Kristy. Afa-po tamin' ny lalana natokan' i Roma ho azy teo aloha hankanesana any andanitra izy. Nampihemotra azy ny fitebitebena mety no vokatry ny fitadiavana zavatra tsaratsara kokoa indray. Mora kokoa ny manankina ny famonjena ny tenany amin' ny pretra sy ny papa toy izay hikatsaka fahadiovam-po.

Nisy anefa antokon' olona hafa nandray tamim-pifaliàna ny vaovao momba ny fanavotana amin' ny alalan' i Kristy. Ireo zavatra nasain' i Roma notandremana dia tsy afaka nitondra fiadanana ho an' ny fanahy ka nekeny tamim-pinoana ho fanavotana ho azy ny ran' ny Mpamonjy. Raha nody tany aminy ireo, dia nanambara tamin' ny hafa ny fahazavana sarobidy efa noraisiny. Toy izany no nielezan' ny fahamarinana avy amin' ny vohitra iray ho amin' ny vohitra iray, avy amin' ny tanàna iray ho amin' ny tanàna iray, ka nihena betsaka ny isan' ireo mpanao fivahinianana masina teo amin' ilay toerana nisy ny virijina. Nitotongana ny rakitra, ary nisy vokany teo amin' ny karaman' i Zwingli izay nalainy tamin' izany. Nefa tsy niteraka afa-tsy fifaliana ho azy izany satria hitany fa tapaka ny herin' ny fitompoan-teny fantatra sy ny finoanoam-poana.

Tsy nikimpy tamin' ny asa nataon' i Zwingli ireo manampahefana tao amin' ny fiangonana; nefa nandà ny hisalovana izy aloha. Mbola nanantena ny hahazo azy hiandany taminy izy ireo, ka niezaka ny hamabo azy tamin' ny alalan' ny fandokadokafana; ary nandritra izany fotoana izany dia nihanahazo toerana tao ampon' ny vahoaka ny fahamarinana.

Nanomana an' i Zwingli ho amin' ny saha midadasika kokoa ny asa nataony tao Einsiedeln, ary tsy ho ela akory dia hiditra ao amin' izany saha izany izy. Rehefa tapitra ny telo taona dia nantsoina handray ny asan' ny mpitoriteny ao amin' ny katedralin' i Zurich izy. Io tanàna io tamin' izay no lehibe indrindra tao amin' ny fanjakana nitambatra tany Soisa ka ho hahatakadavitra ny vokatry ny asa hatao ao. Ireo mpitondra fivavahana izay nanasa an' i Zwingli ho any Zurich anefa, dia naniry ny hanakana ny fanavaozana mety hiseho, ka noho izany dia nampahafantariny azy izay andraikiny.

«Hataonao izay fiezahana rehetra, hoy izy ireo hanangonana tombombarotra ho antsika ato amin' ny katedraly, ka aza misy ataonao an-tsirambina hatramin' ny zava-bitika indrindra. Ampirisiho ny mpiangona na amin' ny alalan' ny toriteny na ao amin' ny toerana fanaovana kaonfesy, mba handoa ny ampahafolony sy ny adidy rehetra, haneho ny fitiavany ny fiangonana amin' ny alalan' ny fanatitra ataony. Aoka harisika ianao amin' ny fampitomboana ny vola azo raisina avy amin' ny marary, ny lamesa ary amin' ny ankapobeny izay amin' ny fombam-pivavahana rehetra.» Fa raha ny momba ny fanomezana sakramenta kosa , ny toriteny sy ny fikarakarana ny ondry», hoy ireo mpampianatra azy nanampy izany, dia adidin' ny pretra mitondra fiangonana koa izany. Nefa azonao atao ny mampiasa mpisolo toerana, indrindra amin' ny fitorian-teny. Ny olona ambony ihany no homenao sakramenta ary rehefa miantso anao ihany izy; tsy maintsy manao fanavakavahana ianao raha hanao izany.» *Ibid,* boky 8, toko 6.

Nohenoin' i Zwingli tamim-pahanginana izany, ary ho setrin' izany, rehefa nilaza ny fankasitrahany izy noho ny voninahitra nomena azy tamin' ny niantsoana azy ho amin' io toerany ambony io, dia nohazavainy tamin' izay ny fomba kasainy hiasana. Efa nafenina ela loatra tamin' ny vahoaka hoy izy ny fiainan' i Kristy. Hanao toriteny momba ny filazantsaran' i Masindahy Matio manontolo aho, . . . ka ny Soratra Masina ihany no loharano hanovozako hevitra, hohalaliniko izany, hampitahaiko avy ireo andininy ireo, ka hikatsaka ny heviny amin' ny alalan' ny fivavahana mitohy sy mafana aho. Ny voninahitr' Andriamanitra, ny fiderana ny Zanani-lahy tokana, ny tena famonjena ny fanahy sy ny fampaherezana avy ao amin' ny finoana marina, izany no anokanako ny fanompoako. *Ibid,* boky 8, toko 6. Na dia tsy nankasitrahan' ireo mpitondra fivavahana sasany aza ny drafitra nasehony ary niezaka izy ireo handresy lahatra azy, dia nijoro tsy azo nohozongozonina i Zwingli. Nambarany fa tsy hampiditra fomba fiasa vaovao izy tsy akory, fa ilay fomba fahiny nampiasain' ny fiangonana tamin' ny andro teo aloha fony mbola nadio kokoa ny rivo-niainana.

Efa nampifoha ny olona sy nahaliana azy sahady ireo fahama-rinana nampianariny; koa nitangorona maro ny vahoaka hihaino ny toriteniny. Betsaka ireo olona efa nijanona tsy nanatrika ny fotoampivavahana intsony no niverina mba hihaino azy. Nanomboka ny asany tamin' ny fanokafana ny Filazantsara izy ka namaky sy nanazava tamin' ireo mpihaino azy ny tantara azo tamin-tsindrimandry ny fiainana, ny fampianarana sy ny fahafatesan' i Kristy. Tao Zurich tahaka ny tany Einsiedeln, no nanehoany ny tenin' Andriamanitra ho hany fahefana tsy mety diso ary ny fahafatesan' i Kristy no hany sorona tanteraka.»

Eo amin' i Kristy, hoy izy, no tiako hitarihana anareo, eo amin' i Kristy, Ilay tena loharanon' ny famonjena.» *Ibid,* boky 8, toko 6. Nanodidina ilay

mpitoriteny ny vahoaka nifanizina avy amin' ny saranga samihafa, hatramin' ny mpanao fanjakana sy ny avarapianarana ka hatramin' ny mpanao asa-tanana sy ny tantsaha. Liana dia liana tokoa ireo nihaino ny teniny. Tsy nitory fotsiny ny famonjena izay atolotra maimaimpoana izy ka tsy natahotra mihitsy nanameloka ny faharatsiana sy ny fahalovana nisy tamin' izany fotoana izany. Betsaka no nidera an' Andriamanitra raha nody avy tao amin' ny Katedraly. «Io lehilahy io, hoy izy, no mpitory ny fahamarinana. Izy no Mosesintsika, hitarika antsika hiala amin' izao haizina eto Egypta izao». *Ibid,* boky 8, toko 6.

Nefa na dia tamin-kafanam-po aza no nandraisana ny asany tamin' ny voalohany, rehefa afaka kelikely dia nipoitra ny fanoherana. Nataon' ireo pretra izay hanakanana ny asany sy hanamelohana ny fampianarany. Betsaka no namely azy tamin' ny esoeso sy ny fanarabiana, ny sasany kosa nampiasa ny fanamavoana sy ny fandrahonana. Nozakain' i Zwingli tamim-paharetana avokoa izany rehetra izany, ka hoy izy: «Raha tiantsika ny hitarika ny ratsy fanahy ho eo amin' i Jesosy Kristy dia tsy maintsy manakimpy ny masontsika tsy hijery zavatra maro isika.» *Ibid,* boky 6, toko 6.

Tokony ho tamin' izay fotoana izay dia nisy olona vaovao tonga hampandroso ny asan' ny fanavaozana ara-pivavahana. Nisy izay Lucien izay tany Zurich nitondra bokin' i Lotera sasantsasany, nirahin' ny sakaizan' ny finoana nohavaozina tany Bále, izay nanipy hevitra fa mety ho fomba mahery vaika nanaparitahana ny fahama-rinana ny fivarotana an' ireo boky ireo. «Hamarino, hoy izy nanoratra tamin' i Zwingli, raha malina sy mailaka tsara io lehilahy io; raha izany dia aoka izy hitety ny tanàn-dehibe, ny tanàna sy ny vohitra ary na dia ny tokantrano tsirairay aza eran' ny Soisa, hitondra ny bokin' i Lotera, ary indrindra ny famelabelarana ny vavaka nampianarin' ny Tompo nosoratany ho an' ny besinimaro. Arakaraka ny ahafantaran' ny olona izany no itomboan' ny mpividy azy koa.» *Ibid,* boky 8, toko 6. Toy izany no nahatafidiran' ny fahazavana.

Amin' ny fotoana izay niomanan' Andriamanitra hanapaka ny gadran' ny tsy fahalalana sy ny finoanom-poana, amin' izay Satana no nampiasa ny hery lehibe indrindra mba hanarona ny olona anaty haizina ka hanamafisany bebe kokoa ny fatorany.

Arakaraka ny nisian' ny olona nitsangana avy tamin' ny tany samihafa haneho amin' ny vahoaka ny famelan-keloka sy ny fahama-rinana amin' ny alalan' ny ran' i Kristy, no mainka niezahan'i Roma hanokatra varotra eran' ny tany kristiana, dia famelan-keloka takalozam-bola.

Samy manana ny vidiny ny fahotana ary nahazo nanaram-po hanao heloka bevava ny olona raha feno tsara hatrany nytahirim-bola ao amin' ny fiangonana. Samy nandroso izany ireo fihetsiketsehana ireo: Ny iray manolotra famelana ny fahotana ho takalon' ny vola, ny iray kosa famelan-keloka amin'

ny alalan' i Kristy. Roma nanome alalana ho an' ny fahotana ka nanao izany ho loharano fampidiram-bola ; ireo mpanavao fivavahana kosa, nanameloka ny fahotana sy nanondro an' i Kristy ho avotra sy mpanafaka.

Tany Alemaina dia nankinina tamin' ireo pretra Dominikana ny fivarotana fahazoana alalana hanota (indolzansy) ary ilay Tetzel nalaza ratsy no nitarika izany. Tany Soisa dia teo am-pelatanan' ny Fransiskana ny varotra, ary i Samsona, pretra italiana no nanara-maso izany. Efa nahavita soa ho an' ny eglizy i Samsona, tamin' izy nahavory vola tsy toko tsy forohana hamenoana ny tahirim-bolan' ny papa avy tany Alemaina sy avy tany Soisa. Nitety an' i Soisa izy izao nahasarika vahoaka be izao, nitsentsitra izay vola kely niditra tamin' ireo tantsaha mahantra, ary nandraoka fanomezana sarobidy avy tamin' ny mpanankarena. Efa tsapa sahady anefa ny asan' ny fanavaozana ara-pivavahana tamin'ny nampihenany ny varotra, na dia tsy voasakany asa izany. Mbola tany Einsiedeln i Zwingli fony Samsona tonga nitondra ny entam-barony teo amin' ny tanàna akaikikaiky, fotoana fohy taorian' ny nidirany tao Soisa. Raha vao ren' ilay mpanavao fivavahana ny asa nanirahana an' izy io, dia nanomboka nanohitra azy avy hatrany izy.

Tsy tafahaona izy roalahy fa fatratra loatra ny fahombiazan' i Zwingli namelabelatra ny fihamboan' ilay pretra hany ka voatery niala izy ho any amin' ny toeran-kafa.

Tany Zurich, dia nirehitra i Zwingli nitoriteny nanohitra ireo mpivarotra famelan-keloka; ary rehefa nanatona io toerana io Samsona, dia nisy iraka nalefan' ny filan-kevitry ny tanàna nanome baiko azy handeha hiala. Farany dia tafiditra tamin' ny alalan' ny hafetsena izy, nefa voaroaka tsy nahalafo na dia famelan-keloka iray aza, ka vetivety taorian' izany dia nandao an' i Soisa.

Nampandroso fatratra ny fanavaozana ara-pivavahana ny nitrangan' ny pesta, ilay nantsoina hoe Fahafatesana Lehibe, izay nandripaka nanerana an' i Soisa tamin' ny taona 1519. Raha nifanatrika tamin' ilay mpandringana toy izany ny olona, dia maro no voatarika hahatsapa fa zava-poana sy tsy misy vidiny ireo famelankeloka izay novidiany vao haingana teo; ka naniry mafy ny hanana fototra azo antoka kokoa ho an' ny finoany izy. Tratran' ilay aretina i Zwingli tany Zurich ;voa mafy tokoa izy ka tsy nantenaina ho sitrana intsony ; ary niely hatraiza hatraiza ny vaovao fa maty izy. Tsy nihozongozona ny fanantenany sy ny herim-pony tamin' io ora fizahan-toetra io.

Nibanjina ny hazo fijalian' i Kalvary tamim-pinoana izy, natoky ilay avotra ampy sy feno ho an' ny fahotana. Rehefa tafaverina avy amin' ny vavahadin' ny fahafatesana izy. dia nitory ny filazantsara tamin-kafanam-po mihoatra lavitra noho ny teo aloha; ary niasa nanan-kery tsy nampoizina ný teniny. Noraisin' ny vahoaka tamimpifaliana ilay mpitandrina malalany, ilay tafaverina avy teo ambaravaram-pasana ho eo aminy indray. Izy ireo koa dia

vao nikarakara ny marary sy ny miala aina, ka tsapany, mihoatra noho ny teo aloha ny tombam-bidin' ny filazantsara.

Azon' i Zwingli tamin' ny fomba mazavazava kokoa ny fahamarinan' ny filazantsara. ary niainany tamin' ny fomba feno kokoa ny heriny manavao. Ny nahalavoan' ny olombelona sy ny drafitry ny fanavotana no lohahevitra noantitranteriny. « Maty ao amin' i Adama avokoa isika rehetra, hoy izy, ary safotry ny fahalotoana sy ny fanamelohana.» *Wylie,* boky 8, toko 9. Nahazo fanavotana tsy hisy fahataperany ho antsika. . . Kristy. . . Sorona mandrakizay. . . ny fijaliany, ary manan-kery mandrakizay hahasitrana; mahafa-po ny fahamarinan» Andriamanitra mandrakizay izany ho an' izay rehetra niankina aminy amin' ny alalan' ny finoana mafy orina tsy azo hozongozonina». Nampianariny mazava anefa fa tsy azon' ny olona atao ny mitohy manota noho ny fahasoavan' i Kristy. «Na aiza na aiza nisy finoana an' Andriamanitra, dia ao Andriamanitra; ary na aiza na aiza itoeran' Andriamanitra. dia misy hafanam-po hampirisika sy hanosika ny olona hanao asa tsara.» *D'Aubigne,* boky 8, toko 9.

Nahaliana indrindra ny toritenin' i Zwingli ka feno hipoky ny vahoaka be tonga hihaino azy ny katedraly. Nosokafany miandalana, tamin' ny mpihaino azy ny fahamarinana, araka izay mety ho zakany. Nitandrina fatratra izy tamin' ny voalohany hampiditra hevitra izay nety hanaitra azy ka hiteraka fiheveran-diso hamaka lalina ao an-tsainy. Ny asany dia ny hahazo fo hanaraka ny fampianaran' i Kristy, hanalefaka azy ireo amin' ny fitiavany, ny hametraka ny ohatra navelany eo imasony mandrakariva; koa rehefa nandray ireo foto-kevitry ny filazantsara izy, dia tsy maintsy ho fongotra ireo hevitra sy fomba niorina amin' ny finoanoam-poana.

Nandroso tsikelikely ny Fanavaozana ara-pivavahana tany Zurich. Taitra ireo fahavalony ka nitsangana nanohitra mivantana. Herintaona talohan' izao dia nanao Tsia tamin' ny papa sy ny amperora tany Worms ny pretran' i Wittenberg ary ankehitriny toa hita taratra fa hisy fanoherana ny fihamboan' ny papa mitovy amin' izany koa any Zurich. Niverimberina ny famelezana an' i Zwingli. Tao amin' ireo faritany teo ambany fahefan' ny papa, indraindray, dia nisy mpanaraka ny filazantsara nentina hodorana velona, tsy ampy anefa izany; tsy maintsy nampanginina ilay mpampianatra «herezia». Araka izany dia naniraka solontena tany amin' ny Fivoriana fiheveran-draharaham-piangonana tany Zurich ny evekan' i Constance, niampanga an' i Zwingli ho mpampianatra ny vahoaka handika ny lalàn' ny fiangonana, ka noho izany, dia nampidi-doza ny filaminana sy ny fizotra tsaran' ny fiainam-bahoaka. Raha lavina ny fahefan' ny fiangonana hoy izy, nanantitrantitra, dia korontana hatraiza hatraiza no ho vokatr' izany. Novalian' i Zwingli fa efa-taona izao no nampianarany ny filazantsara tao Zurich izay tanàna milamina sy mandry fahizay mihoatra noho ny tanàna hafa ao amin' ny fanjakana mitambatra.

«Koa moa ary ve, hoy izy, tsy ny fivavahana kristiana no fiarovana tsara indrindra ny filaminam-bahoaka?» Wylie, boky 8, toko 11.

Efa notoroan' ireo iraka hevitra ny mambra ao amin' ny fivoriana fiheveran-draharaha hanohy ny firaisany amin' ny eglizy, satria any ivelany, hoy izy ireo, dia tsy misy famonjena. Namaly i Zwingli hoe: «Aoka tsy hanaitra anareo io fiampangana io. Ny fototry ny fiangonana dia Ilay Vatolampy ihany, dia Kristy, Ilay nanome ny anaran' i Petera satria nanaiky Azy tamin' ny fomba mahatoky izy. Amin' ny firenena rehetra na iza na iza mino an' i Jesosy Tompo amin' ny fony rehetra dia eken' Andriamanitra. Io, raha ny tena izy, no fiangonana izay tsy ahazoan' iza na iza famonjena ivelan' izany.» D'Aubigne, navoaka tany Londres, boky 8, toko 11. Vokatry ny valan-dresaka natao dia nanaiky ny finoana nohavaozina ny anankiray tamin' ireo solontena nirahin' ny eveka.

Nolavin' ny fivoriana fiheveran-draharaha ny hihetsika hanohitra an' i Zwingli, ka niomana ho amin' ny famelezana vaovao i Roma. Rehefa ren' ilay mpanavao fivavahana ny fiokoana ataon' ny fahavalo, dia hoy izy hoe : «Aoka izy hanatona ; tahaka ny tsy fahatahoran' ny harambato mandondona ny onjandrano mirohondrohona eo ampotony no tsy fahatahorako azy». Wylie, boky 8, toko 11. Vao mainka nampandroso ny zavatra nokendreny harodana ny ezaka nataon' ireo mpitondra fivavahana. Vao mainka niely ny fahamarinana. Ireo mpanaraka ny filazantsara tany Alemaina izay kivy tamin ny nanjavonan' i Lotera, dia nahery fo indray, rehefa nahita ny fandrosoany tany Soisa.

Rehefa tafaorina tao Zurich ny Fanavaozana ara-pivavahana, dia hita mazava kokoa ny vokany tamin' ny fanafoanana ny toetra ratsy sy ny fitomboan' ny filaminana sy ny firindrana. Monina ato amin' ny tanànanay ny fiadanana, hoy i Zwingli nanoratra; «tsy misy adi-lahy, tsy misy fihatsarambelatsihy, tsy misy fitsiriritana, tsy misy fifandirana. Avy aiza ny firaisam-po toy izany raha tsy avy amin' ny Tompo sy ny foto-pinoantsika, izay nameno antsika amin' ny vokatry ny fiadanana sy ny fitiavam-bavaka? *Ibid,* boky 8, toko 15.

Vao mainka nanetsika ny mpomba an' i Roma hanao fiezahana henjana kokoa handresy azy ireo ny fandresena azon' ny Fanavaozana ara-pivavahana. Hitany fa kely tsy toy inona no vita tamin' ny fanenjehana sy ny fanafoanana ny asan' i Lotera tany Alemaina, hany ka nanapa-kevitra izy ireo hampiasa ny fiadiana nampiasain' ny fanavaozana ara-pivavahana hoenti-mandresy azy. Hanokona adi-hevitra amin' i Zwingli izy, ary teo am-pelatanany ny fandaminana ny zavatra rehetra, dia nataony azo antoka ny fandreseny satria izy ihany no nifidy, tsy ny toerana hanaovana ny adi-hevitra fotsiny, fa na dia ny olona hitsara ny adi-hevitra aza. Ary raha azony indray mandeha eo amin' ny fahefany i Zwingli, dia hotandremany tsara ny handosirany. Rehefa mangina ny mpitarika, dia ho potika vetivety ny fihetsiketsehana. Na dia izany aza, dia nafenina tsara io fikasana io.

Tapaka fa hatao any Baden ny adi-hevitra; tsy tonga anefa i Zwingli. Nanahy ny fikasan' ireo papista ny Filan-kevitr' i Zurich, sady nahazo fampitandremana tamin' ireo antontan-kitay nandorana an' izay vavolombelon' ny filazantsara tany amin' ireo faritany notapahin' ny papa, ka dia norarany tsy hiatrika io loza io ny mpitandriny. Tany Zurich, dia vonona ny hihaona tamin' ireo mpanaraka an' i Roma rehetra tiany ho nalefa izy; fa ny fankanesana any Baden, izay vao nahalatsahan' ny ran' ny maritiora ho an' ny fahamarinana, dia fanatonana ny fahafatesana azo antoka. Oecolampade sy Halter no voafidy hisolo tena ireo mpanavao fivavahana, fa i Dr Eck kosa, izay notohanan' ny manam-pahaizana sy pretra ambony, no mpiaro an' i Roma.

Na dia tsy nanatrika ny fihaonana aza i Zwingli, dia tsapa tao ny hery miasa mangina avy aminy. Ny papista no nifidy ny mpitantsoratra rehetra ary ny sisa dia noraràna tsy handray an-tsoratra, fa hohelohina ho faty raha nanao izany. Na dia izany aza, dia nandray ny fitantarana marina isan' andro an' izay rehetra voalaza tao Baden i Zwingli. Nisy mpianatra nanatrika ny adi-hevitra ka nitana an-tsoratra isan-kariva ireo fonjan-kevitra naseho nandritra ny andro. Ireo taratasy ireo indray kosa dia mpianatra roa hafa no nanao izay hahatongavany tany amin' i Zwingli tany Zurich, niaraka tamin' ny taratasin' i Oecolampade isan' andro. Namaly ilay mpanavao fivavahana, nanorotoro sy nanipy hevitra. Alina izy no nanoratra ny taratasiny ary nentin' ny mpianatra niverina ny maraina. Mba tsy hanaitra ny mpiambina teo am-bavahadin' ny tanàna, dia nilolohа sobika nisy akoho amam-borona ireo mpitondra hafatra ireo ka, navela hiditra tsy nisy fanakantsakanana.

Toy izany no nanohanan' i Zwingli ny ady natao tamin' ireo mpanohitra fetsilahy azy. Hoy Myconius: «Niasa bebe kokoa izy tamin' ny fieritreretany lalina nandritra ireo alina tsy natoriany, sy tamin' ny alalan' ny torohevitra nalefany tany Baden, noho izay ho nety ho vitany raha niady hevitra mivantana teo anivon' ireo fahavalony izy. *D'Aubigné,* boky 11, toko 13.

Noho ry zareo mpomba an' i Roma natoky ambony ihany fa tsy maintsy mandresy, dia fitafiana faran' izay narevaka nirenty firavaka nanjelanjelatra no nentiny nankany Baden. Nanao hanim-pitoloha izy, nivelatra teo ambonin' ny latabany ny sakafo matsiro sarobidy indrindra sy ny divay malaza indrindra. Nohamaivanin' ny fikoranana sy ny vazivazy ny vesatry ny andraikitra maha-mpitondra fivavahana azy. Nifanohitra tanteraka tamin' izy ireo kosa ireo mpanavao fivavahana izay zara raha nanatombo kely noho ny antokona mpangataka no fijerin' ny olona azy, ary satria tsotsotra ny sakafony, dia fotoana fohy ihany no laniny teo am-pihinanana tao amin' ny efi-tranony. Nanara-maso an' i Oecolampade ilay tompon' ny trano nipetrahany, ka nahita azy nianatra foana, na nivavaka, ary talanjona ery izy ka nanao tatitra fa fara-faharatsiny, dia tena fatra-mpitia vavaka ilay heretika.

Tao amin' ny efi-trano nanaovana ny fihaonana, dia «niandranandrana aok' izany i Eck niakatra teny amin' ny polipitra voaravaka fatratra. Fa ilay Oecolampade kosa feno fanetren-tena, sady ratsiratsy fitafiana raha noterena haka toerana teo amin' ny seza bory voasokitra tsotsotra nifanatrika tamin' ilay hifamaly aminy. *Ibid,* boky 11, toko 13. Ny feo mitrenan' i Eck sy ny fahatokisan-tenany nihoapampana dia tsy niala taminy mihitsy. Nentanin' ny fanantenana hahazo volamena sy laza ny hafanam-pony, satria vola be tokoa no hanambazana ilay mpiaro ny finoana. Rehefa tsy nahomby ny fonjan-kevitra narosony, dia nampiasainy ny fanevatevana, eny, na dia ny ompa aza.

I Œcolampade kosa. feno fietrena sady saro-kenatra dia toa nisalasala hiroso amin' ny ady, ary rehefa tapa-kevitra izy dia nanao voady miezinezina hoe:

«Tsy manaiky filamatra hafa hoenti-mitsara afa-tsy ny tenin' Andriamanitra aho». *Ibid.* boky 11. toko 13. Na dia malefadefaka sy feno fanajana aza izy tamin' ny fihetsiny, dia niseho ho nahomby tokoa sady tsy azo nohozongozonina izy. Ireo Romanista araka ny fomba nahazatra azy. dia niankina tamin' ny fomba amam-panaon' ny eglizy, ilay mpanavao ara-pivavahana kosa nifikitra mafy tamin' ny Soratra Masina. «Tsy nanan-kery any aminay any Soisa, hoy izy, ny fomba amam-panao raha tsy mifanaraka amin' ny lalàm-panorenana, ary, raha ny momba ny finoana dia ny Baiboly no lalàm-panorenana ho anay». *Ibid,* boky 11, toko 13.

Tsy hoe tsy nisy asany tsy akory ny fahasamihafana nisy tamin' ireo mpiady hevitra. Ny fanontanian' ilay mpanavao fivavahana, ny famelabelarana ara-pisainana mazava sy feno fahatoniana ary naseho tamim-pahalemem-panahy sy fanetren-tena, dia nanintona ny saina, fa nahatofotofoka ny mpihaino kosa ny fanambarana feno fireharehana sady niriadriatra nataon' i Dr Eck.

Naharitra valo andro ny adi-hevitra. Tamin' ny fiafaran' izany dia natoky fatratra ireo papista nitaky ny fandresena. Ny ankabeazan'ireo solontena nanatrika teo dia niandany tany Roma, ka navoakan' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe fa resy ireo mpanavao fivavahana ary nambarany, fa haongana tsy ho anisan' ny eglizy ireo niaraka tamin' i Zwingli mpitarika azy. Ny vokatry ny fihaonana anefa dia nampiselio ny antoko tena nahazo ny fandresena. Ny vokatr' io adi-hevitra io dia fandrosoana be teo amin' ny Protestanta, ary tsy ela taorian' izany dia nanambara tena ho niandany tamin' ny fanavaozana ara-pivavahana ireo tanàn-dehibe toa an' i Berne sy Bale.

**Fanamarihana**

1 Mat.4:19

# 10

## *Ny fandrosoan' ny fanavaozana ara-pivavahana tany Alemaina*

Nampiraviravy tanana an' i Alemaina manontolo ny fanjavonan' i Lotera tamin' ny fomba miafinafina. Re hatraiza hatraiza ny famotopotorana nikasika azy. Niely ny tsaho hafahafa indrindra ary betsaka no nino fa efa maty novonoina izy. Nisy ranomaso be, tsy teo amin' izay nitonona ho sakaizany fotsiny ihany, fa teo amin' ny olona an' arivony izay tsy niandany ampahibemaso tamin' ny Fanavaozana ara-pivavahana koa. Maro no niozonozona sy nivoady tamin' ny fomba manetriketrika fa hamaly faty azy.

Tora-kovitra ireo mpitarika avy any Roma nahita ny fidedadedan' ny afon' ny fihetseham-po nankahala azy ireo. Na dia diboky ny hafaliana aza izy tamin ny voalohany tamin' ny fiheverana an' i Lotera ho maty, vetivety foana kosa dia nitady fierena tsy ho azon' ny fahatezeran' ny vahoaka izy. Ny asa feno fahasahiana be indrindra nataony teo anivon' ny fahavalony dia tsy mbola nahavery hevitra azy ireo toy izao izy nalana teo aminy izao. Ireo izay romotra nitady izay hanapotehana ilay mpanavao fivavahana be herim-po dia raiki-tahotra ankehitriny kanefa izao izy dia babo tsy manan-kery. «Ny hany lalana hamonjena antsika, hoy ny anankiray, dia ny handrehitra fanilo, ary handeha hizaha an' i Lotera eran' izao tontolo izao manontolo, ka hamerina azy eo amin' ny firenena izay mitaky azy». D'Auhigiw, boky 9, toko 1. Toa tsy nanan-kery ny didy navoakan' ny amperora. Feno hatezerana ireo iraky ny papa raha nahita fa tsy nampiraika firy izany mihoatra noho izay nanjo an' i Lotera.

Ny vaovao nilaza fa amin' ny toerana azo antoka izy, na dia nigadra aza,. dia nampitony ny tahotry ny vahoaka, ary vao mainka nampirongatra ny hafanam-pony ho azy. Novakiana tamin' ny risi-po tsy mbola nisy toy izany

ny boky nosoratany. Nitombo be dia be ny isan' ny olona nanaraka ny hevitra notohanan' ity lehilahy be herim-po izay niaro ny tenin' Andriamanitra, tao anivon' ny toejavatra hafahafa sy mampatahotra. Nitombo hery hatrany ny Fanavaozana ara-pivavahana. Nipoitra hatraiza hatraiza ny voa nafafin' i Lotera. Nahavita asa tsy efan' ny fanatrehany ny tsy naha-teo azy. Nisy mpiasa hafa nahatsapa andraikitra vaovao, nony nalana ilay lehibe mpitarika azy. Finoana sy hafanam-po vaovao no nentiny niroso mba hanao izay azony atao tsy hahavoasakana ny asa izay efa natomboka tamin' ny fomba mendrika tokoa.

Tsy nitomoe-poana tsy akory i Satana. Nandramany izao izay efa nandramany tamin' ny fihetsiketsehana hafa rehetra ho amin' ny fanavaozana dia ny hamitaka sy ny hanapotika ny vahoaka amin' ny fanolorana azy asa sandoka ho takalon' ny tena izy. Tahaka ny nisian' ny kristy sandoka tamin' ny taonjato voalohany niorenan' ny fiangonana kristiana no nitsanganan' ny mpaminany sandoka koa tamin' ny taonjato fahenina ambin' ny folo.

Nisy olona vitsivitsy, nihetsi-po lalina noho ny fihetsiketsehana ara-pivavahana niseho tamin' izay nihevitra fa nandray fanambarana manokana avy amin' ny Lanitra, ka nihambo ho nirahin' Andriamanitra hitondra ny Fanavaozana ara-pivavahana eo amin' ny fahafenoany, satria hoy izy ireo, nalefaka ihany no nanombohan' i Lotera azy. Raha ny marina anefa dia nandrava ny asa izay efa nataony izy. Notsipahiny ny foto-kevitra lehibe izay tena niorenan' ny Fanavaozana ara-pivavahana dia ny fanekena fa ny tenin' Andriamanitra no fitsipika ampy dia ampy; ary io mpitari-dalana tsy mety diso io dia nosoloiny filamatra miovaova sy tsy azo antoka avy amin' ny fihetseham-po sy ny saim-pantatry ny tenany ihany. Rehefa voailika toy izany ilay tena mpanondro azo antoka ny fahadisoana sy ny lainga, dia nivoha ny varavarana nidiran' i Satana mba hifehy ny saina araka izay tiany.

Ny anankiray tamin' ireo mpaminany ireo nihambo ho nampianarin' ny anjely Gabriela. Nisy mpianatra iray izay niaraka taminy niala tamin' ny fianarany ary nilaza fa Andriamanitra mihitsy no nanome azy fahendrena hoenti-manazava ny teniny. Niray tamin' ireo koa ny hafa izay efa nirona rahateo ho amin' ny fitompoan -teny fantatra.Tsy kely tsy akory ny fahataitairana vokatry ny fiasan' ireo mafana fo ireo. Nahatonga ny vahoaka hatraiza hatraiza hahatsapa ny ilàna fanavaozana ny toritenin' i Lotera, ka ankehitriny dia nisy olona tena tso-po marina voafitaky ny hambon' ireo mpaminany vaovao.

Nankany Wittenberg ny mpitarika an' io fihetsiketsehana io ka nitondra ny fihamboany teo amin' i Melanchton sy ireo mpiaramiasa aminy. Hoy izy ireo: «Nalefan' Andriamanitra hampianatra ny vahoaka izahay. Niresadresaka mivantana tamin' ny Tompo izahay; fantatray izay ho avy; raha fintinina, dia

apostoly sy mpaminany izahay, ary hanohana anay amin' izany i Lotera, mpampianatra ngezalahy».*Ibid,* boky 9, toko 7.

Gaga sady very hevitra ireo mpanavao fivavahana. Zavatra tsy mbola hitany hatramin' izay izao, ary tsy fantany izay tokony atao. Hoy i Melanchton: «Marina fa misy fanahy mahagaga ao amin' ireo olona ireo, nefa fanahy inona ? . . . Etsy andaniny anefa dia aoka isika hitandrina tsy hamono ny Fanahin' Andriamanitra, ary etsy ankilany, aoka hitandrina andrao ho voatariky ny fanahin' i Satana». *Ibid,* boky 9, toko 7.

Vetivety dia niseho ny vokatry ny fampianarana vaovao. Voatarika hanao an-tsirambina ny Baiboly ny vahoaka na hametraka an' izany tanteraka aza. Voakorontana ny sekoly. Nanao tsinontsinona izay fifehezana rehetra ny mpianatra, ka nandao ny fianarany sy niala tamin' ny Oniversite. Ny olona izay nihevitra ny tenany ho afaka hamelona sy hanara-maso ny asan' ny Fanavaozana ara-pivavahana dia tsy nahita fahombiazana afa-tsy tamin' ny nitondrany izany teo amoron-tevana. Nahazo toky indray izao ny Romanista ka diboky ny hafaliana nihorakoraka hoe:. «Indray maka sisa, dia ho antsika ny zavatra rehetra». *Ibid,* boky 9, toko 7.

Rehefa nandre izany zavatra nitranga izany tany Wartburg i Lotera, dia hoy izy feno ahiahy: «Matetika no efa nampoiziko fa halefan' i Satana amintsika izao antambo izao». *Ibid,* boky 9, toko 7.

Tsinjony ny tena toetra amam-panahin' ireo olona mihambo ho mpaminany ireo ka hitany ny loza nananontanona ny fahamarinana. Ny fanoherana nataon' ny papa sy ny amperora dia tsy nahatonga azy hitebiteby be sy ho oriory toy izao ankehitriny izao. Avy amin' ireo izay mitonona ho sakaizan' ny Fanavaozana ara-pivavahana no nipoiran'ny tena fahavalo gaigilahy indrindra. Ireo fahamarinana izay nitondra fifaliana sy fampiononana lehibe indrindra ho azy izao no nampiasaina hiteraka fifandirana sy korontàna tao amin' ny fiangonana.

Teo amin' ny asa fanavaozana, dia ny Fanahin' Andriamanitra no nampirisika an' i Lotera handroso, ary voatarika lavitra kokoa noho izay noheveriny izy. Tsy nikasa ny hiakatra ho amin' izao toerana misy azy izao izy, na hanao fanovana lasa lavitra toy izao. Fitaovana fotsiny teo am-pelatanan' ny Hery tsy voafetra izy. Matetika aza izy no tora-kovitra tamin' ny vokatry ny asany. Hoy izy indray mandeha: «Raha fantatro fa nanimba olona iray ny fampianarako, olona iray monja, na dia ambany sy tsy fantatr' olona aza, izay zavatra tsy mety ho vitany, satria Filazantsara tena izy io dia aleoko maty im-polo heny toy izay handà izany». *Ibid,* boky 9, toko 7.

Ankehitriny anefa dia Wittenberg indrindra, ilay manda famaharan' ny Fanavaozam-pivavahana no, indro. fa ibosesehan' ny fitompoan-teny fantatra sy ny fisainana tsy tan-dalàna. Izao toejavatra mampalahelo izao dia tsy vokatra avy amin' ny fampianaran' i Lotera tsy akory, kanefa ireo

fahavalony dia nampiely eran' i Alemaina fa izy no tompon' andraikitra amin' izany! Tao amin' ny fangidiam-panahiny dia velom-panontaniana indraindray izy hoe: «Izao ve ary no fiafaran' ity asa lehiben' ny Fanavaozam-pivavahana ity?» *Ibid,* boky 9, toko 7.

Raha nitolona tamin' Andriamanitra tamim-bavaka indray izy. dia nitobaka tao am-pony ny fiadanana. «Tsy ahy ny asa. fa Azy», hoy izy: «Tsy havelanao ho simban' ny finoanoam-poana na ny fitompoan-teny fantatra izany». Nanjary tsy zakany intsony ny mieritreritra ny tenany mijanona elaela kokoa lavitra ny ady amin' izao zava-tsarotra izao. Nanapa-kevitra ary izy fa hiverina any Wittenberg.

Tsy niandry izy fa niroso ho amin' izao dia mampidi-doza izao. Lfa voaroaka tsy ho anisan' ny olom-pirenena intsony izy. Nanana fahafahana malalaka hamono hahafaty azy ireo fahavalony: voarara tsy hanampy na hampiantrano azy ny sakaizany. Nampiasa fitsipika henjana indrindra hoenti-manohitra ireo mpanaraka azy ny fitondran' ny amperora. Hitany anefa fa notandindomin-doza ny asan' ny filazantsara, ka dia nivoaka tsy tamin-tahotra tamin' ny anaran' i Jehovah hiady ho an' ny fahamarinana izy.

Izao no nolazain' i Lotera tao amin' ny taratasy nalefany ho an' ny filohan' i Saxe, rehefa avy nanambara ny fikasany hiala tany Wartburg izy : «Aoka ho fantatry ny andriamanjaka ta ho any Wittenberg eo ambany fiarovan' Ilay ambony lavitra noho ny andrian-dahy sy ny filoham-panjakana aho. Heveriko fa tsy tokony hangataka ny fiarovan' ny andriamanjaka aho, ary sanatria ny haniry ny fiarovanao ahy, fa izaho no tokony hiaro anao. Raha fantatro fa afaka na te-hiaro ahy ianao, andriamanjaka, dia tsy ho any Wittenberg mihitsy aho. Tsy misy sabatra afaka hanampy ity asa ity. Andriamanitra irery no tsy maintsy manao ny zavatra rehetra, ary tsy ilana fanampiana na fisalovanan' olona. Izay manana finoana lehibe indrindra no afaka manampy indrindra». *Ibid,* boky 9, toko 8.

Tao amin' ny taratasy faharoa nosoratany teny an-dalana ho any Wittenberg, dia izao no nanampin' i Lotera: «Vonona ny hisetra ny tsy fankasitrahan' ny andriamanjaka sy ny fahatezeran' izao tontolo izao manontolo aho. Moa va tsy ondriko ny mponina ao Wittenberg? Moa ve tsy nankinin' Andriamanitra tamiko ireo? Ary tsy tokony hanolotra ny tenako ho faty ho azy ireo va aho, raha ilaina izany? Ary tsy izany ihany, fa matahotra ny hahita fikomiana mahatsiravina eto Alemaina aho, izay hanafaizan' Andriamanitra ny firenentsika. *Ibid,* boky 9, toko 7.

Tamim-pitandremana sy tamim-panetren-tena fatratra, nefa tamim-piniavana hentitra no nirosoany ho amin' ny asany. «Amin' ny alalan' ny teny hoy izy, no tsy maintsy handresentsika sy hanapotehantsika izay naorina tamin' ny alalan' ny herisetra. Tsy hampiasa hery hoenti-manohitra ny finoanoam-poana sy ny tsy finoana aho. . . Tsy misy na iza na iza azo atao

terivozona. Ny fahafahana no tena maha-izy ny finoantsika». *Ibid,* boky 9, toko 8.

Vetivety dia niely eran' i Wittenberg fa tafaverina i Lotera ary hitory teny. Nivory maro avy teny rehetra teny ny vahoaka ka feno hipoka ny fiangonana. Raha niakatra teny amin' ny polipitra izy, dia nampianatra, nampahery sy nananatra tamim-pahendrena lehibe sy tamim-pahalemem-panahy. Nikasika ny fihetsiky ny sasany izay nampiasa fomba mahery vaika tamin' ny fanafoanana ny lamesa, dia hoy izy:

«Tsy tsara ny lamesa; manohitra izany Andriamanitra; tokony hofoanana izany; ary tiako raha voasolo amin' ny sakafo atolotry ny filazantsara izany eran' izao tontolo izao manontolo. Nefa aoka tsy hisy na iza na iza ho voaendaka hiala amin' izany amin' ny alalan' ny hery. Tsy maintsy apetratsika eo am-pelatanan' Andriamanitra izany. Ny teniny no tsy maintsy miasa, fa tsy isika. Nahoana ary? hoy ny fanontaniana. Satria tsy tazoniko eto an-tanako tahaka ny fitanan' ny mpanao vilany tany ny tanimanga ny fon' ny olona. Manana zo hiteny isika; fa tsy manana zo hanao na inona na inona isika. Aoka hitory isika; an' Andriamanitra ny sjsa. Raha mampiasa hery aho, inona no ho azoko? Tarehy ratsy, fombafomba ivelambelany, fakan-tahaka, sy baikon' olombelona sy fihatsarambelatsihy. . . Nefa tsy hisy fahatsoram-po, na finoana, na fitiavana. Rehefa tsy ao ireo telo ireo, dia foana daholo ny zavatra rehetra, ary tsy ho foiko hotakalony na ny zava-bitika indrindra aza, raha izany no ho vokany. . . Mahavita be kokoa amin' ny alalan' ny teniny samirery Andriamanitra mihoatra noho ianao sy izaho ary izao tontolo izao amin' ny alalan' ny herintsika mitambatra. Ny fo no hazonin' Andriamanitra; ary rehefa azo ny fo, dia azo ny zavatra rehetra. . .

Hitoriteny aho, hiady hevitra sy hanoratra; nefa tsy hanery na iza na iza aho, fa asa atao an-tsitrapo ny finoana. Jereo izay nataoko. Nitsangana nanohitra ny papa, ny varotra famelan-keloka sy ny papista aho, fa tsy nampiasa herisetra na tabataba. Ny tenin' Andriamanitra no narosoko. Nitoriteny sy nanoratra aho izay ihany no nataoko. Ary na dia natory aza aho, dia nandresy ny fahefan' ny papa ny teny izay notoriko, hany ka na ny andriandahy na ny amperora tsy nandratra azy toy izany. Nefa tsy nanao na inona na inona aho; ny teny ihany no nanao ny zavatra rehetra. Raha tiako ny nampiasa hery, dia angamba ho safotry ny ra Alemaina iray manontolo. Inona anefa no ho vokatr' izany? Faharavana sy fahasimbana ho an' ny vatana sy ny fanahy. Noho izany dia mijanona ho tony aho, ka navelako handeha irery mamakivaky ny tany ny tenin' Andriamanitra». *Ibid,* boky 9, toko 8.

Isan' andro isan' andro, mandritra ny herinandro manontolo, dia nitohy nitoriteny tamin' ny vahoaka marobe mafana fo i Lotera. Resy ny

fanangolen' ny fahataitairana vokatry ny fandraisana an-tendrony ny tenin' Andriamanitra. Namerina ny vahoaka voatarika tamin' ny lalan-diso ho amin' ny lalan' ny fahamarianana ny herin'ny filazantsara.

Tsy nirin' i Lotera ny hihaona tamin' ireo mpitompo teny fantatra izay nitera-doza betsaka ny asany. Fantany fa olona tsy manan-tsaina mandanjalanja ara-dalàna sy tsy mahafehy ny firehetampony izy ireo, olona izay nihambo ho nandray fahazavana manokana avy any an-danitra, ka tsy mahazaka ny fanoherana malefaka indrindra eny na dia ny anatra sy ny torohevitra feno fahalemempanahy indrindra aza. Nandrombaka ho an' ny tenany ny fahefana fara-tampony izy ka nandidy ny olona rehetra hanaiky tsy misy adihevitra ny fihamboany. Nefa raha mangataka ny hihaona taminy ireo, dia nanaiky izy; ary nahomby indrindra ny fomba nanehoany ny fihamboany ka niala avy hatrany tao Wittenberg ireo mpisoloky.

Voasakana kelikely aloha ny hevi-poana; taona maro tatý aoriana anefa dia nirongatra tampoka tamin-kery bebe kokoa sy nisy vokany nahatsiravina kokoa izany. Hoy i Lotera ny amin' ireo mpitarika io fihetsiketsehana io; «Soratra maty fotsiny» ho azy ny Soratra Masina, nefa izy rehetra miantsoantso hoe: «Ny Fanahy! ny Fanahy!» Milaza marina tokoa aho anefa fa tsy hanaraka azy any amin' izay hitarihan' ny fanahiny azy aho. Andriamanitra anie, noho ny famindrampony, hiaro ahy tsy ho ao amin' ny fiangonana tsy misy afa-tsy olo-masina. Maniry ny hiara-mitoetra amin' ny olona tsotra, ny malemy, ny marary izay nahalala sy nahatsapa ny fahotany aho, izay misento sy mitoloko mandrakariva amin' Andriamanitra, hatrany amin' ny ati-fanahiny lalina indrindra mba ahazoany fampiononana sy fanohanana avy Aminy. . . *Ibid,* boky 10, toko 8.

Thomas Münzer, ilay nihetsiketsika indrindra tamin' ireo mpitompo teny fantatra, dia olona manam-pahaizana be tokoa, izay raha voatarika tsara, dia nety nahatonga azy nahavita soa; nefa tsy nianatra ny fotokevitra voalohany eo amin' ny fivavahana marina izy; «Feno ny faniriana hanova an' izao tontolo izao izy nefa hadinony, tahaka ny fanaon' ny entin-kafanam-po rehetra, fa tsy maintsy manomboka amin' ny tena ny fanavaozana». *Ibid,* boky 9, toko 8. Nanana hambom-po hahazo toerana ambony sy hanapaka ny hafa rehetra izy ka tsy tiany ny ho amin' ny laharana faharoa, eny na dia ny hanarakaraka an' i Lotera aza. Nambarany fa raha nanolo ny fahefan' ny papa tamin' ny fahefan' ny Soratra Masina ireo mpanavao fivavahana dia nanangana fotsiny endriky ny fahefana papaly hafa. Fa izy tenany, hoy ny fihamboany, no efa nirahin' Andriamanitra hampiditra ny tena fanavaozana marina. Izay manana io fanahy io, hoy Miinzer, «no manana ny finoana marina na dia tsy mbola nahita ny Soratra Masina na oviana na oviana aza izy teo amin' ny fiainany» —*Ibid,* boky 10, toko 10.

Nanolo-tena hanjakan' ny zavatra tsapany fotsiny ireo mpampianatra mpitompo teny fantatra ireo, ka noraisiny ho feon' Andriamanitra ny eritreriny sy ny fihetseham-pony, noho izany dia lasa lavitra dia lavitra izy ireo teo amin' ny lalan-diso. Nisy nandoro ny Baiboly ka nanao hoe: «Mahafaty ny soratra, fa ny fanahy no mahavelona». Ny fampianaran' i Miinzer dia nifanitsy tamin' ny fitiavan' ny olona zava-mahagaga, sady nanome fahafaham-po ny avonavony tamin' ny fametrahany na dia tsy nolazainy mivantana aza, ny hevitra amampisainan' olombelona ho ambonin' ny tenin' Andriamanitra. An'arivony ny olona nandray ny fampianarany. Tsy ela dia nampangainy avokoa ho tsy nety ny fandaminana rehetra eo amin' ny fanompoam-pivavahana ho an' ny besinimaro, ary nambarany fa fitadiavana hanompo an' Andriamanitra sy Beliala ny fankatoavana ny andriamanjaka.

Ny sain' ny vahoaka izay efa nanomboka nitsipaka ny ziogan' ny fahefana papaly dia nanjary tsy nahazaka koa ireo fameperana ataon' ny fahefampanjakana. Ny fampianaran'i Miinzer ta-hanova ny zavatra rehetra, izay nihambo ho neken' Andriamanitra dia nitarika ny olona hanapaka ny fatoran' ny fifehezana rehetra ary hanaiky tsy misy fepetra ny fitarihan' ny hevi-diso efa nibahana rahateo tao an-tsainy sy ny filany ambany. Nisy fikomiana sy ady mahatsiravina indrindra nanaraka izany, ka vonton-dra ny tany Alemaina.

Nanindry an' i Lotera indroa heny ankehitriny ilay adin-tsaina nihatra aman' aina nisy efa ela tokoa izao, tany Erfurt, raha hitany fa ny fanavaozana arapivavahana no voampanga ho niavian' ny vokatry ny fandraisana an-tendrony. Nanambara ireo andriandahy niandany tamin' ny papa — ary maro ny olona no nino izany — fa ny fikomiana no tsy maintsy ho vokatry ny fampianaran' i Lotera. Na dia tsy nisy fanorenana na dia kely aza io fiampangana io dia tsy maintsy nampahory indrindra ilay mpanavao fivavahana. Toa mafy loatra noho izay mety ho zakany ny fahitana fa aetry toy izao ny fahamarinana hitovy laharana amin' ny fitompoan-teny fantatra tsy mendrika indrindra. Tetsy ankilany, nankahala an' i Lotera ireo mpitarika, ny fikomiana satria tsy vitan' ny nanohitra ny fampianarany sy nandà ny fihamboany ho nandray ny tsindrimandry avy amin' Andriamanitra fotsiny izy fa mbola nolazainy koa fa mpikomy amin' ny fahefam-panjakana. Ho setrin' izany dia nampangain' izy ireo ho mpieboebo foana izy. Toa nahatonga ny andriana sy ny vahoaka ho samy nankahala azy izy.

Diboky ny hafaliana ireo mpomba an' i Roma, nanantena ny hahita maso ny firodanan' ny Fanavaozana ara-pivavahana haingana dia haingana, koa dia nomeny tsiny i Lotera, na dia momba ireo fahadisoana izay efa niezahany fatratra aza ny hanitsy azy. Nilaza lainga ireo antokon' olona mpandray an-tendrony, raha manambara fa tsy an-drariny loatra ny natao taminy, nahomby izy anefa tamin' izany satria niandany taminy ny ankamaroan' ny olona dia araka ny miseho matetika amin' ireo miandany amin' ny ratsy:

toy ny manjary heverina ho toy ny maritiora izy ireo. Noho izany dia ireo nampiasa ny heriny rehetra hanoherana ny Fanavaozana ara-pivavahana no nampangoraka sy nohindrahindraina fa nianjadian' ny halozana sy ny fampahoriana. Izany no asan' i Satana entanin' ny toe-tsaina fiko-miana izay niseho voalohany tany an-danitra.

Mitady mandrakariva hamitaka ny olona i Satana ary mitaona azy hanao ny fahotana hoe fahamarinana, ary ny fahamarinana hoe fahotana. Akory ny fahombiazan' ny asany! Impiry moa no nohelohina sy nomentsiny ireo mpanompon' Andriamanitra satria nijoro tsy tamin-tahotra hiaro ny fahamarinana izy! Ny olona izay tsy inona fa fiasan' i Satana no deraina sy hasohasoana, ary heverina ho maritiora mihitsy aza, fa ireo izay tokony hoderaina sy hotohanana kosa noho ny fahatokiana an' Andriamanitra, dia avela hijoro irery, ahiahiana sy hamavoina.

Mbola manao ny asa famitahany mandrak' androany ny fahamasinana sandoka, ny fanamasinana mandainga. Endrika maro no hisehoan' ilay toe-tsaina efa nisy tamin' ny andron' i Lotera, nampiala ny saina amin' ny Soratra Masina sy mitarika ny olona hanaraka ny fihetseham-po sy ny hevitry ny tena ka tsy hilefitra amin' ny fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra. Anankiray amin' ireo fitaka mahomby indrindra fanaon' i Satana io manome soketa ny fahadiovana sy ny fahamarinana io.

Tsy natahotra i Lotera hiaro ny filazantsara tamin' ny famelezana rehetra avy tatsy sy taroa. Niseho ho fiadiana mahery amin' ny fifandonana rehetra ny tenin' Andriamanitra. Io teny io no nentiny niady tamin' ny fahefana norombahin' ny papa, sy tamin' ny hevitsaina nitompoana ho marina notanan' ireo mpampianatra ary mbola izany koa no nijoroany tsy azo nohozongozonina tahaka ny vatolampy raha nanohitra ireo hevi-poana izay nitady hiray tamin'ny fanavaozana ara-pivavahana izy.

Ireo hery nanohitra ireo dia samy nampihataka ny Soratra Masina amin' ny fombany avy ka nanandratra ny fahendren' olombelona ho loharanon' ny fahamarinana sy ny fahalalana ara-pivavahana. Ny fironankevitra nanandratra ny saina dia nanao ny saina mandanjalanja ho sampy ka io no nentiny nitsara ny fivavahana. Ny firehana hanaiky ny fivavahana romana izay mihambo fa ilay pretra fara-tampony ao aminy dia nahazo tsindrimandry mivantana tsy misy fahatapahany mihitsy avy amin' ny apostoly ary tsy manam-piovana na oviana na oviana, dia manome toerana malalaka hivalamparan' ny karazanjavatra mihoapampana rehetra mbamin' ny fahalovana izay sarontsaronana amin' ny kapaotim-pahamasinan' ny hafatra napetraka tamin' ny apostoly.

Ny tsindrimandry nialokalofan-dry Miinzer sy ireo mpiaraka aminy dia tsy avy amin' ny loharano ambony kokoa noho ny haitraitran' ny saina lava elatra loatra, ka mitsipaka ny fahefana rehetra, na ny an' ny olombelona na

ny an' Andriamanitra. Ny tena fivavahana kristiana marina dia mandray ny tenin' Andriamanitra ho trano firaketan' ny fahamarinana avy amin' ny tsindrimandry sy fisedrana ny tsindrimandry rehetra.

Raha avy any Wartburg i Lotera dia namita ny fandikana ny Testamenta Vaovao izy, ka vetivety dia nomena ny vahoaka alemana tamin' ny fiteniny ny filazantsara. Tamim-pifaliam-be no nandraisan' izay rehetra tia ny fahamarinana io dikan-teny io, fa nandà izany tamim-paniratsirana kosa ireo izay nifidy ny lovan-tsofina sy ny didin' olombelona.

Nanahy mafy ireo pretra raha nihevitra fa ho afaka hifandahatra aminy momba ny foto-kevitry ny tenin' Andriamanitra izao olontsotra izao ka ho hita miharihary amin' izay ny tsy fahaizany. Tsy nanan-kery hoenti-manohitra ny sabatry ny Fanahy ny fiadian' ny hevitra ara-nofo nalahany. Novorin' i Roma ny fahefany rehetra hanakanana ny fielezan' ny Soratra Masina, nefa samy tsy nisy vokany avokoa na didy na fandrahonana, na fampijaliana. Arakaraka ny nanamelohany sy nandrarany ny Baiboly, dia vao mainka nahaliana fatratra ny vahoaka ta-hahalala izay tena ampianariny. Izay rehetra nahay namaky teny dia nazoto nianatra ny tenin' Andriamanitra ho an' ny tenany. Nentiny niaraka taminy hatraiza hatraiza izany, ka novakiny sy naverimberiny novakina ary tsy nety afa-po izy mandrapahaizany tsianjery ampahany betsaka taminy. Rehefa hitan' i Lotera ny fankasitrahan' ny olona ny Testamenta Vaovao dia natombony avy hatrany ny fandikana ny Testamenta Taloha, ary navoakany tsikelikely arakaraka ny nahavitany.

Noraisin' ny olona tamim-pifaliana ny bokin' i Lotera na tany an-tanàndehibe na tany amin' ny vohitra madinika. Izay nosoratan' i Lotera sy ny sakaizany, dia naelin' ny hafa kosa. Nisy relijiozy izay niaiky marina ny tsy maha-ara-dalàna ny fitsipika mandidy hitokamonina ka naniry ny hanolo ny fiainana nidonanahany ela tamin' ny fiainana hampiasany marina ny heriny ; tsy ampy fahalalana anefa izy ireo hoenti-mitory ny tenin' Andriamanitra, ka nitety ny faritany izy, nitsidika ny vohitra kely sy ny trano bongo rehetra izay nivarotany ny bokin' i Lotera sy an' ireo namany. Vetivety dia nifanizina eran' i Alemaina ireny mpampiely boky be herim-po ireny. *Ibid,* boky 9, toko 11.

Nodinihin' ny olona tamim-pahalianana fatratra ireny soratra ireny na manan-karena izy na mahantra, na avara-pianarana izy na tsia. Amin' ny alina, dia mamaky izany amin' ny feo mafy sy mampianatra ao an-tanàna ho ren' ny antokon' olona vitsivitsy mitangorona eo amorom-patana. Ny ezaka rehetra natao dia nahazoana fanahy resy lahatry ny fahamarinana, izay nampianatra ny vaovao mahafaly tamin' ny hafa rehefa nandray ny teny tamim-piravoravoana.

Voaporofo ny teny avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra manao hoe: «Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao ka manome fahalalana

ho an' ny kely saina» [1]. — Nisy asany ny fandinihana ny Soratra Masina ka nahatonga fiovana lehibe teo amin' ny saina sy ny fon' ny vahoaka. Zioga vy izay nitana ny mpanompony tao amin' ny tsy fahalalana sy ny fahambaniana no natambesatry ny fahefana papaly taminy. Nokendrena fatratra ny hitohizan' ny fanarahana fombafomba nitory finoanoam-poana, fa kely bitika kosa no anjaran' ny fo sy ny saina teo amin' ny fanompoam-pivavahany rehetra. Ny toritenin' i Lotera izay namelabelatra ireo fahamarinana mazava ao amin' ny Tenin' Andriamanitra, ary io Tenin' Andriamanitra mihitsy taty aonana, izay napetraka teo am-pelatanan' ny valala tsy mandady harona, no nampifoha ny hery natoritory teo amin' ny vahoaka ka tsy nanadio sy nandratra ny toetrany fotsiny, fa nanome koa hery sy tanjaka vaovao ny sainy.

Olona avy amin' ny saranga rehetra no hita nitana Baiboly teny an-tanany niaro ireo fampianaran' ny Fanavaozana ara-pivavahana. Ny papista izay namela ny fandinihana ny Soratra Masina ho anjaran' ny pretra sy ny relijiozy dia nitady azy ireo ankehitriny mba handroso ka hifandahatra amin' ny fampianarana vaovao. Nefa, noho ireo sady tsy nahalala ny Soratra Masina no tsy nahafantatra ny herin' Andriamanitra dia naharesy lahatra azy tanteraka ireo izay nampangainy ho bado sy «heretika».

«Mampalahelo, hoy ny mpanoratra katolika iray, fa efa noresen' i Lotera lahatra ireo mpanaraka azy tsy hatoky tsindrimandry hafa afa-tsy ny Soratra Masina». *D'Aubigne,* boky 9, toko 11

Nitangorona ny vahoaka nihaino ny fahamarinana narovan' ny olona tsy nahita fianarana firy, eny izay niady hevitra momba izany tamin' ny olona mahay nandaha-teny sy nanam-pahaizana momba ny teolojia aza. Niharihary ny tsy fahalalana mahamenatra teo amin' ireo olona ambony ireo rehefa nosetrain' ny fampianarana tsotra avy amin' ny tenin' Andriamanitra ny fonjan-kevitra narosony. Ny mpiasa tany, ny miaramila, ny vehivavy, eny na dia ny ankizy aza, dia havanana kokoa tamin' ny fampianaran' ny Baiboly noho ireo pretra sy ireo mpampianatra ngezalahy lalim-pahaizana.

Ny fahasamihafana nisy teo amin' ny mpanaraka ny filazantsara sy ireo mpanohana ny finoanoam-poana papaly dia nibaribary koa teo amin' ny avara-pianarana toy ny teo amin'ny sarambabembahoaka. Nifampitana tamin' ireo mpiaro menavazan' ny ambaratongam-pahefan' ny papa, izay nanao an-tsirambina ny fianarana ny tenim-pirenena tsy fampiasa intsony sy ny haisoratra, . . .ireo tanora narani-tsaina liam-pahalalana ka nanadihady ny Soratra Masina sy nifankazatra tamin' ireo sangan' asan' ny fahiny. Nanana saina mavitrika, ambony toetra sady nahery fo ireo tanora ireo ka vetivety dia nahatratra fahalalana tsy nisy afaka nifaninana taminy nandritra ny fotoana ela. . . Noho izany, rehefa nifanehatra tamin' ny mpampianatra ngezalahy niandany tamin' i Roma na tamin' ny fivoriana inona na tamin'ny fivoriana

inona ireo tanora mpiaro ny Fanavaozana ara-pivavahana dia mora foana taminy ny namely azy tamimpahatokisana lehibe ka tratry ny fisalasalana ireny olona kely fahalalana sadaikatra mafy ary latsaka tamin' ny fahafahambaraka mendrika azy teo imason' ny rehetra. *Ibid,* boky 9, toko 11.

Rehefa hitan' ireo mpitondra fivavahana mpomba an' i Roma fa nihena ny isan' ny mpiangona tao aminy, dia nangataka ny fanampian' ny mpitsara izy, ka nampiasa ny fomba rehetra teo ampelatanany nanao izay hiverenan' ireo mpihaino azy. Nefa efa nahita izay mahafa-po ny zavatra notakian' ny fanahiny tao amin' ny fampianarana vaovao ny vahoaka, ka nihodina izy niala tamin' ireo izay namahana azy ela tamin' ny ampombo tsy mahasoa avy amin' ny fombam-pivavahana mitory finoanoam-poana sy ny lovan-tsofin' olombelona.

Rehefa nirehitra tamin' ireo mpampianatra ny fahamarinana ny fanenjehana, dia narahiny tsara ny tenin' i Kristy hoe : «Ary raha manenjika anareo amin' ny tanàna iray ny olona, dia mandosira ho any amin' ny hafa»2. Tafatsofoka hatraiza hatraiza ny fahazavana. Nahita trano midanadana azony nidirana tany ho any ireo mpandositra, nipetraka tao izy ireo ka nitory an' i Kristy, indraindray tao amin' ny fiangonana, na rehefa tsy nomena azy izany tombon-tsoa izany, dia tany an-tokantranon' ny olona, na koa an-kalamanjana. Na taiza na taiza nisy olona vonon-kihaino azy dia zary tempoly masina izany toerana izany. Ny fahamarinana izay notoriana taminkery sy tamim-pahatokiana toy izany, dia niely tsy azo notohaina.

Nantsoina foana ny fahefana ara-pivavahana sy ny fahefampanjakana hanapotika ny «herezia». Nampiasainy foana ny fonja, ny fampijaliana, ny afo sy ny sabatra. An' arivony ny mpino no nanombo-kase ny finoany tamin' ny rany, nefa mbola nandroso ihany ny asa. Vao mainka nampiely ny fahamarinana ny fanenjehana, ary ireo hevi-poana nitompoan-ko marina izay niezahan' i Satana nakambana tamin' ny fahamarinana dia vao mainka nampibaribary kokoa ny fahasamihafana misy eo amin' ny asan' i Satana sy ny asan' Andriamanitra.

**Fanamarihana**

1 Sal.119:130

# 11

## *Fanoherana nataon' ny Andriandahy*

Ny anankiray amin' ny fanambarana mendrika indrindra natao ho an' ny Fanavaozana ara-pivavahana hatramin' izay dia ny Fanoherana natolotr' ireo andriandahy Kristiana tany Alemaina tao amin' ny Filankevitry ny fanjakana foibe tany Spira, tamin' ny taona 1529. Ny herim-po, ny finoana sy ny toetra matotra nasehon' ireo olon' Andriamanitra ireo dia nahazoana fahafahana eo amin' ny fanarahana izay lanin' ny saina sy ny feon' ny fieritreretana tamin' ireo taona manaraka. Ny fanoherana nataon' izy ireo no nahatonga ny anarana hoe «Protestanta» (mpanohitra), ny foto-kevitra voalaza ao no «tena votoatin' ny fivavahana protestanta». — *D'Aubigné*, boky 13, toko 6.

Nandalo andro maizina feno fandrahonana ny Fanavaozana ara-pivavahana. Na dia teo aza ny didy navoaka tao Worms, izay nilaza an' i Lotera ho tsy arovan' ny lalàna intsony sy nandrara ny fampianarana na ny finoana ny foto-pinoany, dia nisy koa fandeferana ara-pivavahana nanjaka tokoa teo amin' ny fanjakana. Ny fitondran' Andriamanitra no nampandamoka ireo hery nanohitra ny fahama-rinana. Niezaka mafy i Charles fahadimy hanamontsana ny Fanavaozana ara-pivavahana, nefa matetika raha nanangana ny tanany hikapoka izy no voatery nampivily ny totohondriny. Impiry impiry no toa tsy azo ialana intsony ny fanafongananana tsy misy hatak' andro an' izay rehetra sahy nanohitra an' i Roma, nefa tamin' ny fotoana sarotra indrindra dia nanangasanga tery amin' ny sisin-tany atsinanana ireo tafiky ny Tiorka, na ny mpanjakan' i Frantsa, ary na dia ny papa mihitsy aza, izay nialona ny fahalehibeazan' ny amperora nitombo hatrany ka nanangana ady taminy, koa noho izany, teo anivon' ny ady sy ny fifanjevoan' ny firenena, dia navela hihamatanjaka sy hiely hatrany ny Fanavaozana ara-pivavahana.

Tamin' ny farany anefa, dia nampangina ny adiadiny ireo andriandahy mpanaraka ny papa, mba hahazoany mitambatra hamely ireo Mpanavao fivavahana. Ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe tany Spira tamin' ny taona 1526 dia nanome malalaka fahafahana ho an' ny fanjakana tsirairay raha ny mikasika ny fivavahana mandra-pisian' ny fivoriambe fiheveran-draharaha; nefa raha vantany vao afaka ny loza izay nahavoatery azy nilefitra toy izany, dia nampiantso ny filan-kevitry ny fanjakana foibe indray ny amperora hivory any Spira tamin' ny taona 1529, ny antony dia ho fanamontsanana ny «herezia». Hotarihina an-kolaka. amin' ny fomba mitory fihavanana raha azo atao, ireo andriandahy hiandany hanohitra ny Fanavaozana ara-pivavahana nefa raha tsy mahomby izany, dia nivonona hampiasa ny sabatra i Charles.

Dibo-kafaliana ireo papista. Marobe izy ireo no tonga tany Spira ary nasehony niharihary ny fahavononany hiady tamin' ireo mpanavao fivavahana sy ny mpankasitraka azy. Hoy Melanchton : «Tonga fankahala sy toy ny fakofako teo imason' izao tontolo izao izahay; hijery ny vahoakany mahantra anefa i Kristy ka hiaro azy». *Ibid,* boky 13, toko 5. Ireo andriandahy nanaraka ny filazantsara nanatrika ny filan-kevitry ny fanjakana foibe dia norarana tsy hitory ny filazantsara na dia any amin' ny fonenany aza. Nangetaheta ny fahamarinana anefa ny vahoaka tao Spira, koa na dia izany aza ny fandrarana, dia an' arivony ny olona nifanizina nandritra ny fanompoam-pivavahana tao amin' ny fiangonan' ny filohan' i Saksonia.

Nanafaingana ny fifandonana izany. Nisy teny midina avy tamin' ny amperora nanambara tamin' ny Filan-kevitra fa satria nahatonga korontana be ny fanapahan-kevitra nanome fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana dia mandidy ny amperora hanafoanana izany didy jadona izany. Niteraka fahatezerana sy hatairana tao amin' ireo kristiana ara-pilazantsara io. Hoy ny anankiray: «Mby am-pelatanan' i Kaiafa sy Pilato indray i Kristy». Nihahenjana ireo mpomba an' i Roma. Nisy iray mpiandany tery saina tamin' i Papa izay nilaza hoe: «Aleo ny Tiorka toy izay ny Loterana; ny Tiorka mantsy manaja ny andro fifadian-kanina fa ny Loterana mandika izany. Raha tsy maintsy mifidy amin' ny Soratra Masin' Andriamanitra sy ireo hevi-diso notanan' ny fiangonana hatry ny fahagola isika, dia hotsipahintsika itsy voalohany». Hoy i Melanchton: «Isan' andro vaky izao, eo an-kavoriana eo, dia mitora-bato vaovao aminay mpitana ny filazantsara i Faber». *Ibid*, boky 13, toko 5.

Efa nankatoavin' ny lalàna ny fandeferana ara-pivavahana ka tapa-kevitra ireo fanjakana nanaiky ny filazantsara fa hanohitra ny fanitsakitsahana ny zony. Lotera, izay mbola voaongana tsy ho anisan' ny olom-pirenena noho ny didy navoaka tao Worms, dia tsy navela hanatrika ny fivoriana tany Spira, nisolo toerana azy anefa ireo mpiara-miasa taminy niaraka tamin' ireo andriandahy izay efa natsangan' Andriamanitra hiaro ny asany tamin'-izao ady sarotra izao. 1 Frederika avy any Saxe izay lehilahy mendrika niaro an'

i Lotera teo aloha, dia efa nopaohin' ny fahafatesana; ny Andriandahy John, izay rahalahiny sy mpandimby azy anefa dia efa nandray koa ny Fanavaozana ara-pivavahana tamim-pifaliana, ary na dia sakaizan' ny fandriam-pahalemana aza izy, dia nampiseho hafanam-po lehibe sy fahasahiana tamin' ny zavatra rehetra nikasika ny tombon-tsoan' ny finoana.

Nangatahin' ny pretra hilefitra avy hatrany tao ambany fahefan' i Roma ireo fanjakana efa nanaiky ny Fanavaozana ara-pivavahana. Ireo mpanavao fivavahana kosa tetsy ankilany, dia nitaky ny fahafahana izay efa nomena azy teo aloha. Tsy azon'izy ireo nekena ny hifehezan' i Roma indray ireo fanjakana izay efa nandray ny tenin' Andriamanitra tamim-pifaliana fatratra tokoa.

Tamin' ny farany mba ho marimaritra iraisana dia natolotra ny soso-kevitra fa ao amin' ny toerana izay tsy mbola nahatafaorina ny Fanavaozana ara-pivavahana, dia hamafisina ho henjana indrindra ny Didy navoaka tao Worms, ary «amin' ny toerana izay efa nialan' ny olona tamin' izany, ary izay tsy ahazoany manaraka izany ka tsy atahorana hiteraka fikomiana, dia fara-faharatsiny aoka tsy hampidirina fanavaozana hafa intsony, tsy tokony hotohintohinina izay hevitra misy fifanolanana, tsy tokony hosakanana ny fanaovana lamesa, ary tsy tokony hisy Katolika Romana havela hivadika ho Loterana».*Ibid*, boky 13, toko 5. Lany tao amin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe io soso-kevitra io, ary afa-po tokoa ireo pretra sy ireo lohandohany niandany tamin' ny papa.

Raha nampiharina io didy io, dia «samy tsy ho azo atao na ny manitatra ny Fanavaozana ara-pivavahana eo amin' ny toerana tsy mbola nahafantatra izany, na ny nampijoro izany amin' ny fototra mafy. . . eo amin' ny toerana efa nisy azy rahateo».*Ibid*, boky 13, toko 5. Ho voasakana ny fahafahana miteny. . . Tsy ho misy fiovampinoana azo nekena. Ary nasaina nilefitra avy hatrany tamin' ireo fameperana sy fandrarana ny sakaizan' ny Fanavaozana ara-pivavahana. Toa efa ho levona ny fanantenan' izao tontolo izao. «Tsy maintsy hamerina indray ireo fanao tafahoatra teo aloha ny fanorenana indray ny ambaratongam-pahefan' i Roma»,«ary hanararaotra ny toe-javatra ka mora foana ny «hanatanterahana ny fandravana ilay asa efa voahozongozona mafy tamin' ny fandraisana antendrony sy ny fisaraham-bazana» —*Ibid*, boky 13, toko 5.

Raha nivory hifampila hevitra ny antoko miandany tamin' ny filazantsara dia nifampijery tamim-pahakiviana tanteraka izy ireo. Nifampanontany izy hoe: «Inona no hatao?» zava-dehibe loatra momba izao tontolo izao no voatohintohina eto. «Hilefitra ve ireo filohan' ny Fanavaozana ara-pivavahana ka hanaiky ny didy? Tamin' izao tolona goavana izao, izay tena tsy omby tratra marina tokoa, dia zavatra kely foana tamin' ny adi-hevitra nifanaovan' ireto mpanavao fivavahana dia ampy ho nampivily azy ho amin' ny lalandiso!

Maro ny fialan-tsiny azony natao sy hevitra ara-drariny mety ho hitany hanamarinany ny fileferany! Nomena antoka fa mahazo manatanteraka malalaka ny fivavahany ireo andriandahy Loterana. Nampiharina koa tamin' ny olony rehetra izay efa nanaiky ny fanavaozana ara-pinoana, talohan' ny nivoahan' io fepetra io, izany tombon-tsoa izany. Tsy tokony hahafa-po azy ve izany? Betsaka manao ahoana ny loza mety ho voasorok' izany. Loza tsy fantatra sy fifandonana hanao ahoana no hosetrain' izy iteo ho vokatry ny fandavana: Iza no mahalala izay fotoana mety azo hararaotina amin' ny ho avy? Aoka horaisintsika ny fihavanana; aoka horaisintsika ny sampan' oliva atolotr' i Roma ka hikombona ny ferin' i Alemaina». Ny fonjan-kevitra toy izany dia nety ho azon' ireo Mpanavao fivavahana nanamarinana ny fanekeny hizotra amin' ny lalana izay tsy isalasalana fa hahatonga faharavana vetivety amin' ny zavatra niezahany.

«Soa ihany fa nojereny ny foto-kevitra nijoroan' io fandaminana io, ka dia niroso tamim-pinoana izy. Inona izany foto-kevitra izany? Ny zo nananan' i Roma hanerena ny feon' ny fieri treretana sy hanakana ny fanadihadiana izany malalaka. Nefa, moa ve tsy manana fahafahana malalaka ara-pivavahana izy ireo sy ireo vahoakany Protestanta? Eny, satria tombon-tsoa manokana voalaza ao amin' ny fandaminana izany, fa tsy zo. Ho an' izay rehetra tsy tafiditra ao amin' io fandaminana io, dia fanjakana no fototra iorenan' ny fahefana; fa ny fieritreretana dia voailakilaka; i Roma no mpitsara tsy mety diso, koa tsy maintsy hankatoavina. Ny fankatoavana io fandaminana io dia fanekena tsotra izao fa tokony ho voafetra ho ao amin' ny faritr' i Saxe izay nandray ny fanavaozana ara-pivavahana ihany ny fahafahana ara-pivavahana; fa ho an' ny firenena kristianasisa rehetra dia heloka bevava ny fanadihadiana sy ny fanekena ny finoana nohavaozina, ary tsy maintsy hihatra amin'ny tranomaizina sy ny fandoroana velona. Azony hekena ary ve ny hametra ny toerana hisian' ny fahafahana ara-pivavahana? ny hanambara ampahibemaso fa tapitra tsy hisy intsony ny olona hanaiky ny Reformasiona? ary tsy misy tany iray dia intsony azony hidirana? ary na iza na iza hanjakan' i Roma amin' izao fotoana izao, dia haharitra mandrakizay ny fahefany? Ho azon' ireo Mpanavao fivavahana ve ny hilaza ny tenany fa tsy manan-tsiny amin' ny ran' ireo an-jatony sy an' arivony izay hamoy ny ainy ao amin' ireo tany ambany fahefan' i Roma, noho io fandaminana io? Ho famadihana ny filazantsara sy ny fahafahan' ireo fanjakana kristiana, amin' izao ora sarotra izao izany». — *Wylie*, boky 9, toko 15. Aleony «manao sorona ny zavatra rehetra, eny na dia ny fanjakany, ny satroboninahiny, sy ny ainy aza»— *D'Aubigné*, boky 13, toko 5.

«Aoka ho tsipahintsika io lalàna io», hoy ireo andriandahy. «Rehefa mikasika ny feon' ny fieritreretana dia tsy ny maro an' isa no mahery». Izao no navalin' ireo solontena: «Ny lalàna tamin' ny taona 1526 no nahazoantsika

ny fiadanana izay iainan' ny fanjakana; raha foanantsika izany dia ho feno korontana sy hisara-bazana i Alemaina. Tsy afaka manao zavatra hafa noho ny miaro ny fahafahana ara-pivavahana ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe mandra-pivorin' ny Konsily».*Ibid*, boky 13, toko 5. Adidin' ny fanjakana ny miaro ny fahafahana manaraka ny feon' ny fieritreretana ary io no mametra ny fahefany raha ny mikasika ny fivavahana. Ny fitondram-panjakana rehetra izay mitady hifehy na hanamafy ny fitsipika ara-pivavahana amin' ny alalan' ny fahefana sivily dia manao sorona ilay foto-kevitra tokana izay nahatonga ireo Kristiana ara-pilazantsara ho nitolona tamin' ny fomba mendrika indrindra.

Nanapa-kevitra ireo mpiandany tamin' ny papa fa handrodana izay nantsoina hoe: «fiziriziriana sahisahy». Nataony aloha izay hampisara-bazana an' ireo Mpanohana ny Fanavaozana ara-pivavahana sy izay hampatahotra an' izay rehetra tsy sahy niseho mazava ho mpankasitraka izany. Tamin' ny farany dia nampiantsoina teo anatrehan' ny filan-kevitra ireo solontenan' ny tanàna nahaleo tena ary nasaina nilaza izy ireo na hanaiky ny voalaza ao amin' ny soso-kevitra na tsia. Nangataka fotoana hieritreretana izy ireo, kanefa tsy nahazo. «Rehefa tonga teo amin' ny fisedrana izy ireo dia saiky antsasany no niandany tamin' ireo Mpanavao fivavahana. Ireo izay nandà toy izany ny hanao sorona ny fahafahana sy ny zon' ny tsirairay hanana ny heviny, dia nahafantatra tsara fa io fanapahan-kevitra io dia hahatonga faninitsiniana sy fanamelohana ary fanenjehana ho azy amin' ny ho avy». Hoy ilay solontená iray : «Izay iray alehany : na handà ny tenin' Andriamanitra isika, na — hodorana velona». *Ibid*, boky 13, toko 5.

Hitan' ny mpanjaka Ferdinand izay nisolo tena ny amperora teo amin' ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe, fa hiteraka fisarahambazana lehibe io didy io raha tsy voatarika an-kolaka ireo andriandahy hanaiky sy hanohana azy. Noho izany dia nampiasa ny fahaizany mandresy lahatra izy, fantany tsara mantsy fa vao mainka hahatonga ny olona toy ireny hihenjana amin' ny fanapahan-keviny ny fampiasan-kery. Niangavy ireo andriandahy izy hanaiky ilay lalàna, áry nanome toky azy fa hankasitraka azy ireo tokoa ny amperora. Nanaiky fahefana ambony noho ny an' ireo mpanapaka eto an-tany anefa ireo olo-mahatoky ireo, ka namaly tamim-pahatoniana hoe: «Hankatò ny amperora izahay amin ny zavatra rehetra izay mety hitandroana ny filaminana sy ny voninahitr' Andriamanitra». *Ibid,* boky 3, toko 5.

Tamin' ny farany dia nolazain' ny mpanjaka teo anatrehan' ny Filan-kevitra tamin' ny filohan' i Saxe sy ireo sakaizany fa havoaka ho didy avy amin' ny amperora «ilay lalàna, ka ny hany sisa azony atao dia ny milefitra amin' ny hevitry ny besinimaro». Rehefa avy niteny izany izy, dia nivoaka ny efitrano fivoriana ka tsy nomeny fotoana hahazoany mifanakalo hevitra na namaliana akory ireo Mpanavao fivavahana. «Tsy nisy vokany ny

nandefasany solontena niangavy ny mpanjaka hiverina». Izao no navaliny ny fanamarihana nataon' ireo: «Zavatra efa vita, ny amin' ny fileferan' ny rehetra sisa andrasana».*Ibid*, boky 13, toko 5. –

Natoky marina ireo niandany tamin' ny amperora fa hififikitra amin' ny Soratra Masina amin' ny maha-ambony azy noho ny fampianarana sy ny baikon' olombelona ireo andriandahy kristiana; ary fantany koa fa na aiza na aiza anekena io foto-kevitra io, dia ampoizina hianjera ny fahefana papaly. Nefa, tahaka ireo an' arivony hatramin' izay ka hatramin' izao, izay tsy mijery afa-tsy «ny hita» dia nireharehany ny hoe matanjaka ny antokon' ny amperora sy ny an' ny papa, fa tsy nanan-kery kosa ny an' ireo Mpanavao fivavahana. Raha niankina tamin' ny fanampian' ny olombelona fotsiny ireo Mpanavao fivavahana dia ho tsy nanan-kery araka izay niheveran' ireo mpiandany tamin' ny papa azy ireo izy. Nefa na dia vitsy an' isa aza izy ireo, ary na dia tsy nifanaraka tamin' i Roma aza, dia nanana ny heriny izy. Tsy ny didin' ny filan-kevitry ny fanjakana foibe no nataony ho ambony indrindra fa ny tenin' Andriamanitra, ary tsy nekeny ny amperora Charles fa «Jesosy Kristy, Mpanjakan' ny mpanjaka sy Tompon' ny tompo» *Ibid*, boky 13, toko 6.

Satria nandà tsy hanaja ny hevitra notanan' izy ireo araka ny feon' ny fieritreretany i Ferdinand, dia nanapa-kevitra ireo andriandahy fa tsy hiraharaha ny tsy maha-eo azy, ka hitondra ny fanoherany eo anatrehan' ny filan-kevi-pirenena tsy nisy hatak' andro. Noho izany dia nanao fanambarana niezinezina izy izay nentina teo amin' ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe. «Toherinay amin' ny alalan' ireto taratasy ireto, eo anatrehan' Andriamanitra, Hay hany Mpamorona, Mpiaro, Mpanavotra sy Mpamonjy anay , ary hitsara anay indray andro any, ary koa eo anatrehan' ny olona sy ny zavaboahary rehetra, dia izahay sy ny vahoakanay, ny hanaiky na hanaraka io lalàna aroso io, na amin' ny fomba manao ahoana na amin' ny fomba manao ahoana izay zavatra rehetra ao ka manohitra an' Andriamanitra, ny teniny masina, ny fieritreretanay madio, ny famonjena ny fanahinay».

«Sanatria raha hanaiky io lalàna io izahay! Hoantitranterinay ve fa rehefa miantso olona iray hahalala Azy ny Tsitoha, dia tsy hahazo handray akory ny fahalalana an' Andriamanitra io olona io!» Tsy misy foto-pinoana azo antoka afa-tsy izay mifanaraka amin' ny tenin' Andriamanitra. . . Raran' i Jehovah ny fampianarana ny fotopinoana hafa. . . Tokony hazavain' ny toko sy andininy hafa sy mazava kokoa ny Soratra Masina. . . ilain' ny kristiana amin' ny lafin-javatra rehetra io boky Masina io, mora azo izay lazainy ary natao hampisava ny haizina. Vonona izahay, noho ny fahasoavan' Andriamanitra, hififikitra amin' ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra madio ary tsy hitory afa-tsy io araka izay voarakitra ao amin' ny Baiboly dia ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, ary tsy hanampy na inona

na inona izay nifanohitra amin' izany. Io teny io ihany no fahamarinana, io no fitsipika azo antoka momba ny fotopinoana sy ny fiainana rehetra, ka tsy handiso na hamitaka antsika na oviana na oviana. Izay miorina eo amin' io fototra io dia afaka hijoro hanohitra ny herin' ny helo rehetra, fa ny zavapoana rehetra hatsangan' ny olombelona hoenti-manohitra izany kosa dia hirodana eo anatrehan' Andriamanitra.

»Noho io antony io dia tsipahinay ny zioga atambesatra an-keriny aminay. Miaraka amin' izany dia manantena izahay fa ho fihetsiky ny andriandahy kristiana tia an' Andriamanitra ambonin' ny zavatra rehetra no hasehon' ny amperora andriamanjaka aminay; ary ambaranay etoana fa vonona ny hanolotra azy sy ho anareo koa, tompokolahy isany hajaina indrindra, ny fitiavana sy ny fankatoavana izay adidinay araka ny rariny sy ny hitsiny izahay».*Ibid*, boky 13, toko 6.

Latsaka lalina tao am-pon' ireo nanatrika ny Filan-kevitra izany. Zendana sy nanahy mafy ny ankabeazan' ny olona nahita ny fahasahian' ireto mpanohitra. Tazany toa novesaran-draho-mainty sady tsy azo antoka ny ho avy. Toa tsy ho azo sorohina ny fisarahambazana, ny adilahy sy ny ra mandriaka. Fa ireo Mpanavao fivavahana kosa, izay nahatoky ny fahamarinan' ny adiny, ary niantehitra tamin' ny sandrin' Ilay Mahery indrindra dia «feno herim-po tsy azo nohozongozonina».

Ireo foto-kevitra voarakitr' io Fanoherana malaza io. . . no tena votoatin' ny fivavahana Protestanta. Io fanoherana io mantsy dia mampifanatrika fahadisoan-kevitra roa loha ataon' ny olona mikasika ny finoana: ny voalohany dia ny fitsabahan' ny fahefana arapanjakana ary ny faharoa dia ny fahefana tsy an-drariny raisin' ny fiangonana. Ho solon' ireo fahadisoan-kevitra roa ireo ny fivavahana Protestanta dia mametraka ny fahefan' ny tenin' Andriamanitra ambonin' ny mpanapaka ary ny fahefan' ny tenin' Andriamanitra ambonin' ny fiangonana hita maso. Ny amin' ny voalohany, dia mitsipaka ny fahefam-panjakana izy raha ny momba ny zavatra mikasika an' Andriamanitra ary miara-milaza amin' ny mpaminany sy ny apostoly hoe: «Andriamanitra no tokony hekena noho ny olona». Manandratra ny satroboninahitr' i Jesosy Kristy eo anatrehan' i Charles fahadimy izany. Nefa mihoatra noho izany: mametraka ny foto-kevitra milaza fa tokony hilefitra amin' ny fanambaran' Andriamanitra ny fampianaran' olombelona rehetra». —*Ibid*, boky 13, toko 6. Ankoatr' izany dia noantitranterin' ireo mpanohitra ny zony hilaza malalaka ny fahamarinana tena naharesy lahatra azy. Tsy hino sy hankatò fotsiny izy, fa hampianatra koa izay asehon' ny tenin' Andriamanitra, ary nolaviny ny ananan' ny pretra na mpanapaka zo hitsivalana amin' izany. Vavolombelona miezinezina mitsipaka ny tsy fahalalana eo amin' ny ara-pivavahana izany sy ny zon' ny olona rehetra hanompo an' Andriamanitra araka ny baikon' ny feon' ny fieritreretany.

Vita ny fanambarana. Voarakitra ao amin' ny fitadidian' ny olona an' arivony izany ary voasoratra ao amin' ny bokin' ny lanitra ary tsy misy na inona na inona azon' iza na iza atao hikosehana izany avy ao. Ny tany alemà rehetra izay nanaiky ny filazantsara dia nandray io Fanoherana io ho fanambaran' ny finoany. Hatraiza hatraiza dia nobanjinin' ny olona ho toy ny fanantenany andro vaovao sy tsara kokoa io fanambarana io. Hoy ny andriandahy iray tamin' ireo Protestanta tany Spira: «Enga anie Andriamanitra Tsitoha izay nanome fahasoavana ho anareo hanekenareo ny finoanareo amin-kery. amin-kahalalahana ary tsy amin-tahotra, hiaro anareo hitoetra amin' izany fijoroana izany ho mandrakizay».*Ibid*, boky 13, toko 16.

Raha nanaiky ny handefitra ny Reformasiona rehefa nahita fahombiazana kely, mba hankasitrahan' izao tontolo izao azy, dia tsy ho nahatoky teo imason' Andriamanitra sy teo imason' ny tenany izy, ka izy ihany no ho nahatonga ny faharavany. Misy lesona ho an' ireo taona mifandimby rehetra ny fanandramana nataon' ireo Mpanavao fivavahana mendrika tokoa ireo. Tsy niova ny fomba fiasan' i Satana hanoherany an' Andriamanitra sy ny teniny, mbola ho toy ny fanoherany ny Soratra Masina ho mpitarika ny fiainana tamin' ny taonjato fahenina ambin' ny folo ihany no fanoherany ankehitriny. Amin' izao androntsika izao dia misy fialana lavitra amin' ny fotopinoana sy ny foto-kevitr' ireo Mpanavao fivavahana ka ilaina ny miverina amin' ny foto-kevitra lehibe ijoroan' ny Fivavahana Protestanta dia ny Baiboly, ary ny Baiboly ihany no fitsipika mifehy ny finoana sy ny adidy. Mbola mampiasa ny fiasana rehetra izay azony fehezina i Satana mba hanapotehina ny fahefana ara-pivavahana. Ilay fahefana nanenjika ny kristiana notsipahin' ireo «mpanohitra» tany Spira dia mahazo hery vaovao ankehitriny ka miezaka ny hamerina indray ny fahefana fara-tampony efa veriny. Ny firaketana tsy azo hozongozonina amin' ny tenin' Andriamanitra, toy izay hita tamin' ny fotoan-tsarotra teo amin' ny fiangonan' ny Reformasiona ihany no hany fanantenana ho an' ny fanavaozana ankehitriny.

Nisy famantarana nanambara loza ho an' ny Protestanta tamin' izay; nisy koa anefa famantarana izay nampiseho fa nitsotra hiaro ny olona mahatoky ny sandrin' Andriamanitra. Tokony ho tamin' izay fotoana izay no nahadodona an' i Mélanehton nitondra ny sakaizany, Simon Grynéus namakivaky ny araben' i Spira ho any amin' ny reniranon' i Rhin, ka nanereny azy hiampita haingana. Gaga i Grynéus raha nahita izao fandodonana izao. «Nisy lahiantitra nanana endrika nitory fa manan-java-dehibe sy navesa-danja holazaina, izay tsy fantatro akory hoy Mélanehton niseho tamiko ka nanao hoe: rehefa afaka fotoana fohy dia haniraka polisy i Ferdinand hisambotra an' i Grynéus».

Tamin' iny andro iny dia tafintohina tamin' ny toritenin' i Faber, mpampianatra ngezalahy lohandohany tamin' izay niandany tamin' ny

papa i Grynéus; ary tamin' ny farany dia nokianiny izy io satria niaro «hevi-diso maharikoriko». Nafenin' i Faber ny hatezerany, nefa avy hatrany dia nankany amin' ny mpanjaka izy, izay nahazoany baiko hoenti-mamely ilay mpampianatra manelingelina avy any Heidelberg. Tsy nampisalasala an' i Mélanehton ny namonjen' Andriamanitra ny sakaizany tamin' ny nandefasany ny anankiray tamin' ireo anjeliny masina hampandre azy mialoha.

«Tsy nihetsika teo amin' i Rhin izy fa niandry mandra-pahitany fa voavonjin' ny renirano tsy ho azon' ireo mpanenjika azy i Grynéus. «Afaka ihany», hoy i Mélanchton nihoraka, raha nahatazana azy terý am-pita izy, «afaka ihany tamin' ny vahohon' ireo olon-doza liana handatsaka ny ran' ny tsy manan-tsiny». Rehefa niverina tany an-tranony i Mélanchton dia nilaza izy fa nisy miaramila nitady an' i Grynéus ka nanao savahao ny tranony hatrany ambony indrindra ka hatrany ambany indrindra. *Ibid*, boky 13, toko 6.

Tsy maintsy havoitra bebe kokoa eo anatrehan' ny manampahefana eto an-tany ny Reformasiona. Nandà tsy hihaino ireo andriandahy nanaraka ny filazantsara ny mpanjaka Ferdinand; nefa dia nomena fotoana izy izay azony nohararaotina hanehoana ny momba ny azy teo anatrehan' ny amperora sy ireo olo-manan-kaja eo amin' ny fiangonana sy ny fanjakana. Mba hampitonena ny fifandonana izay nampikorontana ny fanjakana, dia niantso ny filan-kevitry ny fanjakana foibe hivory tany Aogsborga i Charles Fahadimy ny taona manaraka ny Fanoherana tany Spira ary nambarany fa ny tenany mihitsy no mikasa hitarika izany. Nantsoina hanatrika izany ireo filohan' ny Protestanta.

Notandindomin-doza makadiry ny Reformasiona; kanefa ireo mpiaro azy dia mbola nanankina ny adiny tamin' Andriamanitra ihany ka nivoady fa hijoro ho mahatoky amin' ny filazantsara izy. Nampirisihin' ireo mpanolo-tsaina azy tsy hiseho eo amin' ny Filan- kevitra ny filohan' i Saxe. Matoa miantso ny andriana ho tonga ny amperora, hoy ireo, dia ny mba hamandrihany azy». «Moa tsy fanaovana vy very ny zavatra rehetra ve izany hirindrina ao anatin' ny mandan' ny tanàna iray miaraka amin' ny fahavalo mahery indrindra ?» Ny sasany kosa nilaza tamim-pahamendrehana hoe : «Aoka hahery fo fotsiny ny andriana isany dia ho voavonjy ny asan' Andriamanitra». «Mahatoky Andriamanitra, hoy Lotera ; tsy hahafoy antsika Izy».*Ibid*, boky 14, toko 6.

Niainga ho any Aogosborga ny filohan' i Saxe sy ireo mpiaradia taminy. Samy nahalala ny loza nitatao taminy avokoa, ka nalahelo endrika sy nangorohoro tao am-pony teny an-dalana. Nampahery ny finoan' izy ireo efa nitambotsotra anefa i Lotera izay nanatitra azy hatrany Cobourg, tamin' ny fanaovany hira hoe: « He manda fikirizana Andriamanitsika». Nisava ny tebiteby maro ny amin' ny ho avy, ary nihamaivana ny fo mavesatra, teo am-pandrenesana feon-kira nampientanentana.

Nanapa-kevitra ireo andriana niandany tamin' i Reformasiona fa hitondra taratasy fanambarana ny heviny atao tsara rafitra, miaraka amin' ny porofo avy amin' ny Soratra Masina, hasehony eo anatrehan' ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe. Nankinina tamin' i Lotera, Mélanehton sy ireo mpiara-miasa taminy ny fanomanana izany. Neken' ny Protestanta ho famelabelarana ny finoany io Fanekempinoana io ka nivory izy ireo hanisy sonia an' io tahirin-kevitra mavesa-danja io. Fotoam-pisedrana sy mahavelon' eritreritra izany. Niezaka ireo Mpanavao fivavahana mba tsy hafangaro amin' ny raharaha politika ny momba azy ; tsapany fa tsy hanan-kery afa-tsy izay miasa mangina avy amin' ny tenin' Andriamanitra ny Reformasiona. Raha nanatona hanao sonia ilay Fanekem-pinoana ny andriana isany, dia nitsivalana i Mélanchton nanao hoe: «Anjaran' ny mpampianatra momba ny foto-pinoana sy ny mpitandrina ny mampiseho itony; aoka hotehirizintsika ho amin' ny zavatra hafa ny fahefan' ny eto an-tany. «Sanatria», hoy i John, filohan' i Saxe tsy havahanao aho». Vonon-kanao ny marina aho, ary tsy miraharaha ny satroboninahitro. Maniry aho hanaiky ny Tompo. Tsy sarobidy eo anatrehako tahaka ny hazo fijalian' i Jesosy Kristy ny satro-piandrianako sy ny volom-biby fotsy maha-filoham-panjakana ahy. «Rehefa niteny izany izy, dia nosoratany ny anarany. Hoy koa ity andriana iray hafa raha nandray ny penina izy: «Raha mitaky izany ny voninahitr' i Jesosy Kristy Tompo, dia vonona aho. . . hahafoy ny fananako sy ny aiko». Aleoko tsy manana olom-pehezina sy fanja-kana, aleoko mandao ny tanindrazako tsy mitondra afa-tsy tehina» hoy izy nanohy ny teniny, «toy izay handray fampianarana hafa noho izay voarakitra ato amin' ity Fanekem-pinoana ity». *Ibid,* boky 14, toko 6. Toy izany ny finoana sy ny fahasahian' ireo olon' Andriamanitra ireo.

Tonga ny fotoana voatendry hisehoana eo anatrehan' ny amperora. Nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany, nohodidinin' ireo filoham-panjakana sy andriandahy, raha nandray ireo mpanavao fivavahana i Charles fahadimy. Novakiana ilay Fanekem-pinoana. Nabaribary teo amin' io fivoriana miezinezina io ny fahamarinan' ny filazantsara ary voatondro ireo hevi-dison' ny fahefana papaly. Rariny raha nolazaina fa «io no andro anankiray amin' ny lehibe indrindra tamin' ny Reformasiona, sy andro be voninahitra indrindra eo amin' ny tantaran' ny fivavahana kristiana sy eo amin' ny tantaran' ny olombelona». *Ibid*, boky 14, toko 7.

Vao taona vitsy lasa izay no nitsanganan' ilay pretran' i Wittenberg samy irery teo anatrehan' ny filan-kevi-pirenena tany Worms. Mijoro eo amin' ny toerany izao ireo andriandahy ambony sy mahery indrindra eo amin' ny fanjakana. Norarana tsy hiseho tany Aogsborga i Lotera, fa manatrika amin' ny alalan' ny teniny sy ny fivavahana kosa izy. «Diboky ny hafaliana aho, hoy izy, nanoratra, satria velon' aina hatramin' izao ora

izao, izay nanandratana an i Kristy ampahibemaso tamin' ny alalan' ny olona ambony toy izao nanaiky Azy, sy teo anatrehan' ny fivoriana be voninahitra toy izao» *Ibid.* boky 14, toko 7. Tanteraka tamin' izany ny tenin' ny Soratra Masina manao hoe : «Hilaza ny teny vavolombelonao eo anatrehan' ireo mpanjaka aho» [1].

Tamin' ny andron' i Paoly dia nentina toy izany koa teo anatrehan' ny andriana sy ny olo-manan-kaja tao amin' ny tanànan' ny amperora ny filazantsara izay nahavoafonja azy. Dia toy izany koa ankehitriny, izay voararan' ny amperora tsy hotorina teny ambony polipitra no nambara avy tao amin' ny lapa, izay noheverin' ny maro fa tsy tokony hohenoina, eny na dia ny mpanompo aza, dia nahaliana sy nahatalanjona ny tompo sy ny andriana teo amin' ny fanjakana. Mpanjaka sy olona ambony no mpihaino, andriandahy misatroboninahitra no mpitoriteny, ary ny fahamarinan' Andriamanitra mendrik' andriana no notoriana. «Hatramin' ny andron' ny apostoly, hoy ny mpanoratra iray: dia tsy mbola nisy asa lehibe na fiaikem-pinoana be voninahitra toy izany». *D'Aubigné*, boky 14, toko 7.

«Marina izay rehetra nolazain' i Lotera; tsy azonay lavina izany», hoy ny nambaran' ny eveka papista iray. «Hainao ve ny hitsipaka ny fanekem-pinoana nataon' ny filohan' i Saxe sy ireo namany tamin' ny alalan' ny fonjan-kevitra voalanjalanja tsara?» hoy ny anankiray nanontany an' i Eck, mpampianatra ngezalahy: «Raha amin' ny alalan' ny asa soratry ny apostoly sy ny mpaminany dia «tsia»! hoy ny valin-teniny; fa raha amin' ny alalan' ny asa soratr' ireo mpanoratra tranainy ao amin' ny Eglizy sy amin' ny alalan' izay navoakan' ny fiheveran-draharaha dia «eny». «Azoko tsara» hoy ilay nanontany. «Araka ny filazanao, ny Loterana dia ao anatin' ny Soratra Masina, fa isika etý ivelany» — *Ibid*, boky 14, toko 8.

Nisy ireo andriandahin' i Alemaina no azo ka nanaraka ny finoana nohavaozina. Ny tenan' ny amperora mihitsy aza no nanambara fa tsy hafa ireo andalan-kevitra nasehon' ny Protestanta fa fahamarinana. Nadika tamin' ny fiteny maro ilay fanekem-pinoana ary naely eran' i Eoropa, ka an-tapitrisany ny taranaka nandimby no nandray izany ho fanambarana ny finoany.

Iray amin' ny foto-kevitra notanan' i Lotera mafy indrindra dia ny tsy tokony hisian' ny herim-panjakana hanohana ny Reformasiona, ary ny fampiasana fitaovam-piadiana hoenti-miaro izany. Naharavo azy ny naneken' ireo andriandahy ampahibemaso ny Filazantsara ; nefa kosa rehefa nanolo-kevitra hiray izy ireo mba hiarovana izany, dia nambarany fa «Andriamanitra irery ihany no tokony hiaro ny foto-pinoan' ny Filazantsara . . . Arakaraka ny maha-kely ny fitsabahan' ny olona ao amin' ny asa, no ahazoan' Andriamanitra miasa amin' ny fomba manan-kery kokoa hiarovana azy. Ny fitandremana ara-politika rehefa naroso, araka ny fijeriny azy,dia

samy avy amin' ny tahotra tsy mahamendrika sy ny tsy fahatokiana zary fahotana avokoa». —*D'Aubigné*, navoaka tany Londra, boky 10, toko 14.

Rehefa nivondrona ny fahavalo mahery handrodana ny finoana nohavaozina, ka toa nisy sabatra an' arivony voatsoaka hamelezana izany, dia izao no nosoratan' i Lotera: «Mampiseho ny haromotany i Satana, mioko ireo mpitondra fiangonana ambony tsy manana toepanahy araka an' Andriamanitra; ary manandindona antsika ny ady. Ampirisiho ny vahoaka hitolona amin-kerim-po eo anoloan' ny seza fiandrianan' ny Tompo, amin' ny alalan' ny finoana sy ny fivavahana, mba hahavoatery ireo fahavalontsika resin' ny Fanahin' Andriamanitra, hanaiky ny fandriam-pahalemana. Ny zava-dehibe indrindra ilaintsika, ny tena anton-dahasantsika, dia ny fivavahana. Aoka ho fantatry ny vahoaka fa miatrika ny lelan-tsabatra sy ny faharomotan' i Satana izy izao, koa aoka izy hivavaka». — *D'Aubigne*, boky 10, toko 14.

Tatý aoriana, raha niteny momba ny fivondronana nokasain' ireo andriandahy mpomba ny Reformasiona i Lotera dia nambarany fa ny hany fiadiana ampiasaina amin' io ady io dia tokony ho «ny sabatry ny fanahy» ihany: Hoy izy raha nanoratra tamin' ny mpanjakan' i Saxe: «Tsy azontsika atao araka ny feon' ny fieritreretana, ny mankasitraka ny fivondronana kasainareo. Aleo maty im-polo toy izay hahita ra indray mitete hilatsaka noho ny filazantsaratsika. Ny anjarantsika dia ny ho toy ny zanak' ondry entina hovonoina. Tsy maintsy entina ny hazo fijalian' i Kristy. Aoka tsy hatahotra andriamanjaka ianao. Be kokoa ny ho vitantsika amin' ny alalan' ny fivavahana noho izay ho vitan' ireo fahavalontsika rehetra amin' ny fireharehany. Izao ihany: aoka tsy ho voapentin' ny ran' ny rahalahinao ny tavanao. Raha didin' ny amperora hiseho eo amin' ny fitsarana isika, dia vonona ny hanao izany. Tsy azonao atao ny miaro ny finoanay: ny tsirairay no tokony hino ary izy no hizaka izay loza mety hiseho».*Ibid*, boky 14, toko 1.

Avy tao amin' ny toeram-pivavahana mangina no niavian' ny hery izay nanozongozona an' izao tontolo izao tamin' ny andron' ny Reformasiona lehibe. Tamin' ireny toerana ireny no nametrahan' ireo mpanompon' i Jehovah ny tongony tambonin' ny vatolampin' ny teny fikasany. Nandritra ny tolona tany Aogosborga, dia «tsy nisy andro izay tsy nanokanan' i Lotera ora telo fara-fahakeliny hivavahana, ary ora voafantina indrindra tamin' izay tsara hianarana indrindra izany». Tao amin' ny efitranony manokana no nandrenesana azy namboraka ny fanahiny teo anatrehan' Andriamanitra tamin' ny teny «feno fanajana, fahatahorana sy fanantenana, toy ny fanaon' ny olona miresaka amin' ny sakaizany». «Fantatro fa Rainay sy Andriamanitray Ianao, ka hampiely ny mpanenjika ny zanakao satria miara-tandindomin-doza aminay Ianao. Asanao daholo izany rehetra izany, ary Ianao irery no nanery anay handray an-tanana izao. Noho izany, Ray ò, arovy izahay!» *Ibid*, boky 14, toko 6.

Raha torovana noho ny tebiteby sy ny tahotra nitambesatra taminy i Mélanehton dia nanoratany hoe: «Ny fahasoavana sy ny fiadanana ao amin' i Kristy — ao amin' i Kristy, hoy aho, fa tsy ao amin' izao tontolo izao ho aminao. Amena. Halako mainty ireo ahiahy tafahoatra mandany anao. Raha tsy marina izao ady izao, dia ialao; raha marina kosa, nahoana isika no mampandainga ireo teny fikasana nataon' Ilay mibaiko antsika handry tsy amintahotra?. . . Tsy handao ny asan'ny marina sy ny fahamarinana Kristy. Velona Izy, manjaka Izy; koa inona ary no tokony hatahorantsika?»*Ibid*, boky 14, toko 6.

Nihaino ny fitalahoan' ny mpanompony Andriamanitra. Nomeny fahasoavana sy herim-po ireo andriandahy sy ministra hitana ny fahamarinana ka hanohitra ireo mpanjakan' ny haizina eto amin' ity izao tontolo izao ity. Hoy Jehovah: «Indro, mametraka fehizoro ao Ziona aho, dia vato voafidy sady tsara, ary izay mino azy tsy ho menatra»2. Nanorina teo ambonin' i Kristy ireo Mpanavao fivavahana Protestanta, ka tsy afaka nanohitra azy ny vavahadin' ny helo.

**Fanamarihana**

1 Sal. 119 : 46
2. 1 Pet. 2:6

# 12

## *Ny fanavaozana ara-pivavahana tany Frantsa*

Ny fanoherana tany Spira sy ny Fanekem-pinoana tany Aogsborga, izay nanamarika ny fandresen' ny Fanavaozana ara-pivavahana tany Alemaina, dia narahin' ny taona feno ady sy haizina. Nahaosa ny fivavahana Protestanta ny fisaraham-bazana teo amin' ny mpanohana azy sady notafihin' ny fahavalo matanjaka izy ka toa efa ho rava tanteraka. An' arivony ny nandatsaka ny rany ho vavolom belona. Nipoaka ny ady an-trano ; nisy anankiray tamin' ireo filohan' ny mpiandany tamin' ny Protestanta namadika an-drizareo; lavo teo am-pelatanan' ny amperora ny ambony indrindra tamin' ireo andriandahy nanaiky ny Reformasiona ka notaritarihina ho babo nitety tanàna. Nefa tamin' io fotoana toa nandresen' ny amperora io indrindra, no nahapotika sy naharesy azy. Hitany fa votsotra teo am-pelatanany ny hazany, ka voatery izy tamin' ny farany handefitra tamin' ny foto-pinoana izay nataony hambom-pon' ny fiainany ny handrava azy. Efa nataony antoka ny fanjakany, ny hareny. eny. ny ainy aza mba hanamontsamontsanany ny «herezia». Izao anefa. resy an' ady ny tafiny, ritra ny hareny, tandindomin' ny fikomiana ireo fanjakany maro, fa mitatra hatraiza hatraiza kosa ny finoana izay nanaovany ezaka very maina hofoanana. Niady tamin' ny hery tsitoha i Charles fahadimy. Efa niteny Andriamanitra hoe «Misia mazava», anefa niezahan' ny amperora izay tsy hahavaky ny haizina. Tsy nahomby ny fikasany, antitra talohan' ny fotoana izy, sasatry ny tolona lava ka nanongan-tena niala tamin' ny seza fiandrianany ary nilevim-belona tao amin' ny tranon-drelijiozy iray.

Nisy andro maizina ho an' ny Reformasiona koa tany Soisa tahaka ny tany Alemaina. Betsaka ireo fanjakana (cantons) nanaiky ny finoana nohavaozina, nefa nisy koa ireo ninia jamba ka nifikitra tamin' ny fanekem-pinoan' i Roma.

Niteraka ady an-trano nony farany ny fanenjehan' izy. ireo izay naniry ny handray ny fahama-rinana. Lavo teo an-tany fiadiana vonton-dran' i Cappel ry Zwingli sy ireo maro hafa niray hina taminy teo amin' ny fanavaozana ara-pivavahana. Fotoana fohy taorian' izany dia maty i Oecolampade, trotrak' ireo zava-doza mahatsiravina. Nandresy i Roma, ary toa efa hiverina aminy daholo izay rehetra veriny tamin' ny toerana maro. Nefa tsy nandao ny asany na nahafoy ny vahoakany ilay Mpanolotsaina hatry ny fahagola. Nanafaka azy ny sandriny. Tamin' ny tany hafa dia nanangana mpiasa hampandroso ny Reformasiona Izy.

Tany Frantsa, raha mbola tsy re akory ny anaran' i Lotera amin' ny maha-Mpanavao fivavahana azy, dia efa nanomboka niposaka ny andro. Anisan' ny voalohany nandray ny fahamarinana i Lefèvre izay efa mby tamin' ny fahalehibeazany; lehilahy nahita fianarana, mpampianatra tao amin' ny Oniversiten' i Paris ary mpiandany tamin' ny papa tamin' ny fony marina sy tamin-joto tokoa. Raha nanao fikarohana momba ny haisoratra tamin' ny andro fahagola izy, dia voatarika ho eo amin' ny Baiboly ny sainy, ka nampidiriny hianaran' ny mpianany izany.

Olona nafana fo i Lefèvre tamin' ny fivavahana tamin' ny olomasina, ka niroso tamin' ny fanomanana ny tantaran' ny olo-masina sy ny maritiora araka izay hita ao amin' ny lovan-tsofin' ny fiangonana. Nitaky asa betsaka sady mafy izany ; efa lasa lavitra anefa izy tamin' izany, raha nahatsapa fa mety nisy fanampiana hahasoa azy ao amin' ny Baiboly ka nanomboka nandinika azy tamin' izay lafiny izay izy. Nahita olo-masina tao izy, fa tsy tahaka ireo hita ao amin' ny fanisan' andron' ny Romana. Nitosaka nameno ny sainy ny fahazavana avy amin' Andriamanitra. Sady talanjona izy no narikoriko ka dia navelany teo ilay asa nanendreny tena fa nanokan-tena kosa handinika ny tenin' Andriamanitra izy.

Ary vetivety dia nanomboka nampianatra ireo fahamarinana sarobidy hitany tao izy.

Tamin' ny taona 1512, talohan' ny nanombohan' i Lotera na Zwingli ny asa fanavaozana nataony, dia nanoratra izao i Lefèvre : «Andriamanitra no nanome antsika amin' ny finoana ny fahamarinana izay hany afaka manamarina ho amin' ny fiainana mandrakizay amin' ny alalan' ny fahasoavana» *Wylie*, boky 13, toko 1. Raha nandinika lalina ny momba ireo zava-miafin' ny fanavotana izy dia niloa-bava hoe : «Endrey izany fifanakalozana ! Tsy hay lazaina ny fahalehibeazany», — voaheloka ilay tsy nanam-pahotana fa afaka ny meloka, Ilay Voatahy no mizaka ny ozona, ary ny voaozona kosa mandray ny fitahiana; maty ilay Fiainana, ary velona ny mety maty; safotry ny haizina ny voninahitra fa ilay tsy nahalala afa-tsy henatra teo aminy dia tafiana voninahitra.*D'Aitbigné*, navoaka tany Londra, boky 12, toko 2.

Ary raha nampianatra izy fa an' Andriamanitra irery ihany ny voninahitry ny famonjena; dia nanambara koa fa adidin' ny olombelona ny mankatò. «Raha anisan' ireo fiangonan' i Kristy ianao, hoy izy, dia rantsan'ny vatany, raha anisan' ny tenany ianao, dia feno ny fomban' Andriamanitra. . .O, raha mba mety ho azon' ny olona manko ny dikan' io tombon-tsoa io dia hadio, ho maotona sy ho marina manao ahoana ny fiainany, ary ho vasoka manao ahoana ny fijeriny ny voninahitra rehetra eto amin' izao tontolo izao, raha hampitahaina amin' ilay voninahitra anaty, — dia ilay voninahitra tsy mety ho hitan' ny mason' ny nofo».*Ibid*, boky 12, toko 2.

Nisy tamin' ireo mpianatr' i Lefèvre nanongilan-tsofina fatratra nihaino ny teniny sy nankasitraka izany, ary nanohy nanambara ny fahamarinana, fotoana ela taorian' ny nampanginana ny feon' ilay mpampianatra. Anisan' ireny i William Farel, tia vavaka ny ray aman-dreniny, ary nobeazina handray ny fampianaran' ny eglizy amin' ny finoana tsy manadihady na inona na inona izy, ka afaka nilaza ny momba ny tenany tahaka ny Apostoly Paoly hoe : «fa efa Fariseo araka ny antoko fatra-pitana indrindra ny lalàna amin' ny fivavaliantsika»[1]. Tamin' ny maha-mpiandany mafana tamin' i Roma azy, dia nirehitra tamin' ny zotom-po izy hanapotika izay rehetra sahy nanohitra ny eglizy. «Nampiseho vangy tahaka ny amboadia romotra aho», hoy izy tatý aoriana, raha nitantara ny amin' io vanim-potoana tamin' ny fiainany io, rehefa nandre olona niteny nanohitra ny papa.*Wylie*, boky 13, toko 2. Tsy nahalala sasatra nivavaka tamin' ny olo-masina izy, niaraka tamin' i Lefèvre nitety ireo fiangonana tao Paris, niankohoka teo anoloan' ny otely, nandravaka ireo fitehirizana relika tamin' ny fanomezana nateriny. Tsy nitondra fiadanana ho an' ny fanahiny anefa izany fahazarana izany, tamin' ny fahatsapany ny fahotany, izay tsy foanan' ny asa fampahorian-tena rehetra nataony.

Tahaka ny feo avy any an-danitra no nandrenesany ny tenin' ny Mpanavao fivavahana nanao hoe: «Fahasoavana ny famonjena». «Voaheloka Ilay tsy manan-tsiny, ary afaka ny mpanao heloka bevava». Ny hazo fijalian' i Kristy irery no mampivoha ny varavaran' ny lanitra, ary nanidy ny varavaran' ny helo».*Ibid*, boky 13, toko 2.

Nandray ny fahamarinana tamim-pifaliana i Farel. Nandalo fiovam-po tahaka an' i Paoly izy ka niala avy tamin' ny fanandevozan' ny lovan-tsofina ho amin' ny fahafahan' ny zanak' Andriamanitra. Raha niverin-dalana izy hoy izy «dia tsy toy ny amboadia noana vonon-kamiravira ankamorana, fa toy ny zanak' ondry malemy fanahy sy bonaika; ny fony niala tanteraka tamin' ny papa ary natolony an' i Jesosy Kristy».*D'Aubigné*, boky 18, toko 3.

Raha mbola nanaparitaka ny fahazavana tamin' ny mpianany i Lefèvre, i Farel kosa, izay nafana fo niasa ho an' i Kristy tahaka ny nampahafana ny fony niasa ho an' ny papa, dia lasa nanambara ny fahamarinana

ampahibemaso. Ny evekan' i Meaux, izay olona nanankaja tao amin' ny fiangonana, dia nanaraka azy ireo fotoana fohy avy eo. Nisy mpampianatra hafa koa izay ambony toerana noho ny fahaizany sy ny fahalalany nilatsaka hitory ny filazantsara, ka nisy nanaraka izany avy tamin' ny saranga rehetra, avy tamin' ny tranon' ny mpanao asa-tanana sy ny tantsaha no nihaviany ka hatramin' ny lapan' ny mpanjaka. Ny anabavin' i Francois I, andriamanjaka tamin' izay, dia nanaiky ny finoana nohavaozina. Ary na dia ny mpanjaka sy ny reniny aza dia toa nisy fotoana nankasitrahany izany ka feno fanantenana ireo Mpanavao fivavahana nibanjina ny andro izay hahazoana an' i Frantsa ho-an' ny Filazantsara.

Nefa tsy tanteraka ny fanantenany. Fizahan-toetra sy fanenjehana no niandry ny mpianatr' i Kristy. Na dia izany aza, dia nosaronana tsy ho hitan' ny masony izany, noho ny famindrampo. Nisy fotoana nisian' ny fandriampahalemana izay nahazoany hery hoenti-manohitra ny tafiotra; nandroso haingana ny Reformasiona. Niasa mafy sy tamin-jotom-po ny evekan' i Meaux tao amin' ny paroasy nisy azy, nampianatra ny mpitondra fivavahana sy ny vahoaka. Nalana ny pretra tsy nanana fahalalana sy ratsy fitondrantena, ary araka izay azo natao dia nosoloina olo-nanana fahalalana sady nivavaka ireny. Nirin' ny eveka mafy ny hahazoan' ny vahoaka ny tenin' Andriamanitra ho an' ny tenany, ary vetivety dia tanteraka izany. Niroso tamin' ny fandikana ny Testamenta Vaovao i Lefèvre ary tamin' ny fotoana nivoahan' ny Baiboly Alemana nadikan' i Lotera avy tamin' ny fanontam-pirintin' i Wittenberg no nivoahan' ny Testamenta Vaovao tamin' ny teny Frantsay tany Meaux. Tsy nitandro hasasarana na vola aman-karena ny eveka izay nampiely izany tao amin' ireo fiangonana niadidiany ka vetivety dia nanana ny Soratra Masina ireo tantsahan' i Meaux.

Tahaka ny mpivahiny main' ny hetaheta ka faly mahita loharano velona no nandrenesan' ireto fanahy ny hafatra avy any an-danitra. Na ireo mpiasa tany an-tsaha na ireo mpanao asa-tanana tany an-trano fiasany dia namalifaly ny asany andavanandro tamin' ny firesahana ireo fahamarinana sarobidy tao amin' ny Baiboly. Rehefa hariva ny andro, dia tsy nankany amin' ny mpivaro-divay izy ireo, fa nifamory tany an-tokantranony avy hamaky ny tenin' Andriamanitra. Vetivety dia hita fa nisy fiovana be teo amin' ny fiainan' ny mpiara-monina. Na dia anisan' ny saranga ambany indrindra teo amin' ny tantsaha tsy nahita fianarana sy niasa mafy aza izy ireo, dia hita teo amin' ny fiainany ny fiasan' ny hery manandratry ny fahasoavan' Andriamanitra. Tamin' ny toetra feno fanetren-tena, be fitiavana sy masina no nijoroany ho vavolombelon' ny asan' ny filazantsara ho an' izay mandray izany amim-pahatsoram-po.

Ny fahazavana nirehitra tany Meaux dia nanaparasaka lavitra ny tarany. Nitombo isan' andro ny isan' ny niova fo. Nandritra ny fotoana fohy dia

voasakan' ny mpanjaka, izay nanao tsinontsinona ny toe-tsaina ety nananan' ireo pretra mpitondra ara-panahy isantsokajiny ny haromotan' ireo; nefa nandresy nony farany ireo filoha niandany tamin' ny papa. Natsangana izao ireo antontan-kitay fandoroana velona. Noterena hisafidy na ny hodorana velona na ny handà ny finoany ny evekan' i Meaux, ka nanaiky ny hizotra tamin' ny lalana mora indrindra; nefa na dia lavo aza ny mpitarika, dia nijoro kosa ny andian' ondry. Maro no nanaiky ho vavolombelon' ny fahamarinana tao anatin' ny lelafo. Tamin-kerim-po sy toetra mahatoky, nasehony tamin' izy nodorana velona, no nitenenan' ireo kristiana tsotra ireo tamin' ny olona an' arivony izay tsy mbola nandre mihitsy ny fanambarany tamin' ny andro nisian' ny fandriampahalemana.

Tsy ny olon-tsotra sy mahantra ihany no sahy nijoro ho vavolombelon' i Kristy teo anivon' ny fampijaliana sy ny esoeso fa hatrany amin' ny efitrano mihajan' ny lapan' andriana koa dia nisy fanahy mendrika izay nanombana ny fahamarinana ho ambony noho ny harena sy ny laharana eny, na noho ny ainy koa aza. Ny akanjo fiadiana fitondram-panjaka dia nanarona toe-tsaina ambony sy matotra kokoa noho ny akanjo sy ny satroky ny eveka. Taranak' andriana i Louis Berquin, manam-boninahitra be herim-po sady mendri-kaja izy, tia fianarana aok' izany izy ary nadio nangarangarana ara-pitondrantena. Hoy ny mpanoratra iray: «Mpanaraka mafana ireo didy navoakan' ny papa, ary mpihaino nazoto ny lamesa sy ny toriteny. . . ary ny nasatrony ireo toetrany tsara rehetra ireo dia ny fankahalany manokana ny fivavahan' i Lotera». Nefa tahaka ny maro hafa koa, rehefa voataona ho eo amin' ny Baiboly izy, noho ny fitondran' Andriamanitra, dia gaga raha nahita tao «tsy ny fampianaran' i Roma fa ny fampianaran' i Lotera». *Wylie*, boky 13, toko 9. Hatramin' izay dia nanolo-tena tamin' ny fony tanteraka ho an' ny asan' ny Filazantsara izy.

«Izy no nahita fianarana indrindra tamin' ireo andriana tany Frantsa», lalin-tsaina sy nahay nandaha-teny, nanana herim-po tsy azo notohaina sy hafanam-po feno fahasahiana koa, nanan-jo, ary olontian' ny mpanjaka tao an-dapa izy mantsy — koa noho izany dia noheverin' ny maro fa izy no voatendry ho Mpanavao fivavahana ao amin' ny tanindrazany. Hoy i Bèze: «Nety ho tonga Lotera faharoa i Berquin, raha nety ho toy ny filohan' ny Saxe ho azy i Francois 1». «Ratsy noho i Lotera izy» hoy ny antsoantson' ny papista —*Ibid*, boky 13, toko 9. Ary marina fa tena natahotra azy kokoa ireo mpiandany tamin' i Roma tany Frantsa. Nampidiriny an-tranomaizina amin' ny maha-heretika azy izy, nefa nafahan' ny mpanjaka. Naharitra an-taonany maro ny tolona. Niroaroa saina tanelanelany tamin' i Roma sy ny Reformasiona i Francois 1, ka mbetika nilefitra, mbetika nanakana ny hafanam-po nirehitr' ireo pretra. Intelo no nataon' ny fahefana papaly tany an-tranomaizina i Berquin,

nefa navoakan' ny mpanjaka, izay nandà ny hanao sorona azy ho an' ny haratsiampanahin' ireo mpitondra fiangonana isan-tsokajiny noho ny fitalanjonany teo anatrehan' ny fahaizany sy ny fahambonian' ny toetra amam-panahiny.

Imbetsaka i Berquin no nampitandremana ny amin' ny loza mananontanona azy tany Frantsa, ary nampirisihina hanaraka ny dian' ireo nahita fiarovana azo antoka tamin' ny fandehanana antsesi-tany an-tsitrapo. I Erasme, ilay lehilahy kanosa sy mpisolelaka izay namirapiratra indrindra, raha tamin' ny fahaizany, nefa tsy nanana ny fahalehibeazana ara-panahy izay nametraka ny aina sy ny voninahitra eo ambany fifehezan' ny fahamarinana, dia nanoratra toy izao tamin' i Berquin : «Mangataha halefa ho ambasadaoro any amin' ny firenena vahiny anankiray, mandehana mitety an' i Alemaina. Fantatrao Beda sy ny toetrany bibi-dia maro loha izy ary mandefa ny zana-tsipikany misy poizina hatraiza hatraiza. Legiona no anaran' ireo fahavalonao. Na tsara noho ny an' i Jesosy Kristy aza ny hevitra tazoninao, dia tsy hamelany ianao raha tsy potika amin' ny fomba mahonena. Aza matoky loatra ny fiarovan' ny mpanjaka. Ary na toy inona na toy inona, dia aoka ianao tsy handoto ahy eo imason' ny Sekoly fianarana teolojia.*Ibid*, boky 13, toko 9.

Nefa arakaraka ny nampivangongo ny loza no vao mainka nampitombo ny hafanam-pon' i Berquin. Ka lavitra azy ny hanaraka ny torohevitra mifono hafetsifetsena sy fitiavan-tenan' i Erasme, fa nanapa-kevitra ny hampiasa fomba sahisahy kokoa izy. Tsy hijoro hiaro ny fahamarinana fotsiny izy, fa hamely ny hevi-diso koa. Hatsingerina amin' ireo Romanista ny fiampangana azy ho «heretika» izay niezahan' izy ireo hamelezana azy. Ny niasa mafy indrindra sy ny nasiaka indrindra tamin' ireo mpanohitra azy dia ireo mpammpianatra ngezalahy tapi-pahaizana sy ireo pretra tao amin' ny sokajim-pampianarana momba ny Teolojia tao amin' ny Oniversite lehibe tao Paris, izay anankiray tamin' ny fahefana ara-pivavahana ambony indrindra tao amin' io tanàna io sy nanerana ny fanjakana. Nangalan i Berquin lohahevitra, roa ambinifolo ny asa soratr' ireo mpampianatra ngezalahy ireo, izay nambarany ampahibemaso fa «mifanohitra amin' ny Baiboly» sady «heretika»: ary dia nangataka ny mpanjaka izy hitsara ny ady.

Tsy nampahalaina ny mpanjaka tokoa ny hampifanandrina ny hery sy ny fahaizan' ireo kingalahy nifanohitra ireo sady faly tokoa izy nahita fotoana azony araraotina hampietrena ny avonavon' ireto pretra mpirehareha ireto, ka nasainy niaro ny hevitra notanany tamin' ny alalan' ny Baiboly ry zareo. Fantatr' ireo tsara anefa fa tsy hahomby firy izy raha mampiasa an' io fiadiana io;ny fonja, ny fampijaliana sy ny fandorana velona no fiadiana hainy ampiasaina indrindra. Nivadika izao ny rasa, ary tsapany fa efa nadiva ho latsaka tao amin' ny lavaka mangitsokitsoka nokasaina handentehana an' i Berquin izy. Nitebiteby fatratra izy niherikerika nitady lalan-kandosirana.

«Tamin' io fotoana io indrindra dia nisy nanimba ny sarivongan' ny Virijina tao an-joron-dalana iray». Nihotakotaka ny tanàna. Nitangorona ho eo amin' io toerana io ny vahoaka marobe sady nalahelo no tezitra. Voatohina mafy koa ny mpanjaka. Inty nisy tombon-tsoa azon' ireo pretra nohararaotina ka mailaka ery izy nandray izany. «Vokatry ny fampianaran' i Berquin izao», hoy ny antsoantsony. «Efa madiva hitotongana avokoa ny zavatra rehetra — na fivavahana na lalàna, ary na dia ny seza fiandrianana aza noho ity tetika fikomiana ity». —*Ibid*, boky 13, toko 9.

Nosamborina indray i Berquin. Niala tao Paris ny Mpanjaka, ka nalalaka izany ny pretra hanatanteraka ny sitrapony. Notsaraina sy nomelohina ho faty i Berquin ary noho ny fanahiana fandrao Francois I hanao fanelanelanana ho azy indray, dia nampiharina androtry ny namoahana azy iny ny didim-pitsarana. Nentina tao amin' ny fitoerana famonoana i Berquin tamin' ny mitataovovonana. Vahoaka be no nivory hanatri-maso io toe-javatra io, ary betsaka no gaga sy raiki-tahotra fa avy tamin' ny fianakaviana tsara laza sy mendrika indrindra tao Frantsa ilay hovonoina. Hagagana, hatezerana, fanarabiana sy fankahalana mangidy no nanamaizina ny endriky ny vahoaka maro niahoaho, fa nisy endrika iray kosa izay tsy mba nanjombona. Lavitr' izao tabataba izao ny endrik' ilay maritiora ; ny fanatrehan' ny Tompo ihany no tsapany. Samy tsy noraharahainy na ny sarety ratsy nitaingenany, na ny endrika féno hatezeran' ireo mpanenjika azy, na ny fahafatesana mahatsiravina izay hatrehiny ; Ilay velona teto an-tany sy efa maty, ary velona mandrakizay ka manana ny fanalahidin' ny fahafatesana sy ny helo no teo anilany. Namirapiratry ny fahazavana sy ny fiadanan' ny lanitra ny endrik' i Berquin. Akanjo fihaingoana no haingo nanaovany: kapaoty volory salotra amparasily no nataony anatiny, ary ban-tongotra mivolombolamena. *History of the Reformation of the Sixteenth Century. D'Aubigné*, boky 2, toko 16. Nadiva hanambara ny finoany eo anatrehan' ny Mpanjakan' ny mpanjaka sy izao rehetra izao ho vavolombelona izy, ka tsy tokony hahitana soritry ny alahelo izay hampandainga ny fifaliany teny aminy.

Raha nandroso moramora teny amin' ny arabe voatemitr' olona ny filaharana, dia gaga ny vahoaka nahatsikaritra ny fiadanana tsy nisy aloka, ny fandresena feno fifaliana hita tao amin' ny fijeriny sy ny fihetsiny. «Tahaka ny olona mipetraka ao amin' ny fiangonana izy», hoy izy ireo, «ary misaintsaina lalina momba ny zava-masina».*Ibid*, boky 13, toko 9.

Teo amin' ny antontan-kitay handoroana azy i Berquin dia niezaka ny hanao teny fohy tamin' ny vahoaka; natahotra izay ho vokatr' izany anefa ny monka, ka nanomboka niantsoantso, ny niiaramila nampifandona ny fiadiany ka nanarona ny feon' ilay maritiora ny tabatabany. Toy izany tamin' ny taona 1529 no nanomezan' ireo manam-pahaizana sy ireo manam-pahefana ara-pivavahana ambony indrindra tao Paris feno famirapiratana «ohatra ambany ho an' ny vahoaka raha ho romotra izy tamin' ny taona 1

793, ny amin' ny fanaovana tsinontsinona ny teny farany tokony hohajaina ataon' ny olona hovonoina».*Ibid*, boky 13, toko 9.

Nokendaina i Berquin ary nodorana tamin' ny afo ny tenany. Nahavonton' alahelo ireo sakaizan' ny Reformasiona nanerana an' i Frantsa ny vaovao nilaza ny nahafatesany. Nefa tsy very maina tsy akory ny ohatra nomeny. «Vonona tokoa izahay, hoy ireo vavolombelon' ny fahamarinana, hiatrika ny fahafatesana amim-pifaliana ka hampifantoka ny masonay amin' ny fiainana ho avy»*D'Aitbigné, History of the Reformation in Europe in the Time of Calvin*, boky 2, toko 16.

Nandritra ny fanenjehana tany Meaux dia nesorina tamin' ireo mpampianatra ny finoana nohavaozina ny fanomezan-dalana azy hitoriteny, ka lasa nankany amin' ny saha hafa izy. Rehefa afaka fotoana fohy dia nankany Alemaina i Lefèvre. I Farel niverina tany amin' ny tany nahaterahany tany amin' ny faritra atsinanan' i Frantsa, hanaparitaka ny fahazavana tany amin' ny toerana nahabe azy. Efa re tao sahady ny vaovao momba izay niseho tany Meaux, ka nisy mpihaino ny fahamarinana izay nampianariny tamin-jotom-po tsy nisy tahotra. Tsy ela dia taitra ny manam-pahefana ka nampangina azy ary nandroaka azy hiala tao an-tanàna. Na dia tsy afa-niasa ampahibemaso intsony aza izy, dia nitety ny lohasaha sy ny tanàna madinika izy, nampianatra tany an-tokantrano sy tany anaty bozaka mangingina, ary niery tany anaty ala sy tany anaty zohim-batolampy izay toerana falehany fahazaza. Nanomana fitsapana mafy kokoa ho azy Andriamanitra. «Tsy hoe tsy nisy ny hazo fyaliana, ny fanenjehana sy ny teti-dratsin' i Satana izay nampitandremana ahy mialoha», hoy izy; «mafy lavitra noho izay mety ho zakan' ny tenako izany; nefa Raiko Andriamanitra efa nomaniny ny hery izay ilaiko. Ary mbola homaniny ihany koa». *D'Anbigné, History of the Reformation of the Sixteenth Century*, boky 12, toko 9.

Tahaka ny tamin' ny andron' ny apostoly dia «tonga fampandrosoana ny filazantsara» [2]ny fanenjehana. Avy any Paris sy Meaux «izay niely dia nandeha nitory teny tontolo eny»- [3]Ary tamin' izany fomba izany no nahitan' ny fahazavana lalana hitatra hatrany amin' ny faritany lavi-toerana maro tany Frantsa.

Mbola nanomana mpiasa hanitatra ny asany Andriamanitra. Tao amin' ny Sekoly iray tao Paris dia nisy tanora mpandini-javatra, tony ary efa hita sahady fa nahiratra sady lalin-tsaina, indrindra tsy latsa danja tamin' ny fahadiovam-piainany. Ny nampiavaka azy dia ny fahazotoany teo amin' ny ara-tsaina sy ny hafanam-pony tamin' ny fivavahana. Vetivety dia nanjary reharehan' ny Sekoly izy noho ny halalinan-tsainy sy ny fiezahany, ary nampoizina marina fa hanjary mpiaro havanana sy mendrika indrindra ny eglizy i Jean Calvin. Nisy tara-pahazavana avy amin' Andriamanitra anefa tafagorobaka ny rindrin' ny fampianarana hevi-tsain' ny Andro Antenantenany sy ny

finoanoampoana nanodidina an' i Calvin. Nipararetra izy raha nandre ny amin' ny fampianarana vaovao, ary tsy nisalasala mihitsy izy nihevitra fa mendrika ny afo nandoroana azy ny «heretika». Tsy fanahy niniany mihitsy anefa dia nifanatrika tamin' ny «herezia» izy, ka voatery nisedra ny herin' ny teolojian' i Roma mba hanoherany ny fampianarana Protestanta.

Nisy zanaky ny iraitampo tamin' i Calvin tao Paris, izay nanaraka ny Reformasiona. Matetika no nihaona izy mirahalahy ary niady hevitra momba ireo anton-javatra nampikorontana ny fivavahana kristiana. «Tsy misy afa-tsy fivavahana roa eto amin' izao tontolo izao», hoy Olivetan ilay Protestanta. Ny antokom-pivavahana iray dia izay noforonin' ny olombelona ary ao amin' izy rehetra ireo dia mamonjy ny tenany amin' ny alalan' ny fanompoam-pivavahana sy ny asa tsara ny olona; ny iray kosa dia ilay fivavahana tokana ambaran' ny Baiboly, ka mampianatra ny olona tsy hanantena famonjena afa-tsy amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra maimaimpoana.

«Tsy mila na dia iray aza amin' ny fampianaranareo vaovao aho», hoy i Calvin, «heverinao ve fa velona tao amin' ny hevi-diso aho nandritra ny androm-piainako?» —*Wylie*, boky 13, toko 7.

Nefa nifoha tao an-tsainy ny eritreritra izay tsy azony noroahina araka ny sitrapony. Raha nanirery tao an' efitranony izy dia nandanjalanja ny tenin' ny rahalahiny. Nitambesatra taminy ny fahatsapana ny maha-mpanota azy. Nahita ny tenany teo anatrehan' Ilay Mpitsara masina, sy marina izy, nefa tsy nanam-piaro. Na ny fanelanelanan' ny olo-masina, na ny asa tsara. na ny fanompoam-pivavahana ao amin' ny fiangonana dia samy tsy nisy nahaisotra ny ota. Tsy misy afa-tsy ny haizin' ny famoizam-po mandrakizay no hitany teo anatrehany. Sasa-poana ireo mpampianatra ngezalahy tao amin' ny eglizy niezaka nanamaivana ny fahoriany. Samy tsy nisy antony na ny kaonfesy, na ny fampahorian-tena, fa tsy afaka nampihavana ny fanahiny tamin' Andriamanitra ireny.

Raha mbola tao anatin' izany (olona tsy nisy vokany izany i Calvin, dia nahita maso ny fandoroana «heretika» iray indray andro raha sendra nitsidika toeram-pialam-boly iray. Gaga izy nahita ny fiadanana nisoritra teo amin' ny endrik' ilay maritiora. Tao anatin' ny fampijaliana niteraka io fahafatesana mahatsiravina io sy teo ambanin' ny fanamelohana mahatsiravina indrindra nataon' ny eglizy i/y. nefa dia nampiseho finoana sy herim-po. Nampahory ilay tovolahy mpianatra ny nampitaha izany tamin' ny hakiviana sy haizina nisy azy raha niaina tao amin' ny fankatoavana hentitra indrindran' ny eglizy izy. Fantany fa ny Baiboly no nanorenan' ireo «heretika» ny finoany. Tapa-kevitra ny handinika izany izy, mba hahitany raha azony hatao ny mahafantatra ny tsiambaratelon' ny fifalian' izy ireo.

Kristy no hitany tao amin' ny Baiboly: «Ray o», hoy izy nitomany. «nampitony ny hatezeranao ny sorona nataony; nanasa ny fahalotoako ny

rany; nitondra ny ozona tokony ho ahy ny hazo fijaliany; avotra ho ahy ny fahafatesany. Nihevitra hadalana maro tsy mahasoa ho an' ny tenanay izahay, nefa napetrakao teo anatrehako tahaka ny fanilo ny teninao ary notohininao ny foko mba hankahalako ny fahamendrehana hafa rehetra afatsy ny an' i Jesosy». -*Martyn*, boky 3, toko 13.

Nobeazina ho pretra i Calvin. Raha vao roa ambin' ny folo taona izy dia notendrena hitandrina tao amin' ny fiangonana kely iray, ka nosolain' ny eveka ny lohany araka ny fitsipiky ny eglizy. Tsy nohosorana ho pretra izy na nanao ny raharahan' ny pretra, nefa dia nanjary anisan' ny mpitondra fivavahana. nitondra ny anaramboninahitra teo amin' ny asany, ary nandray anjara-vola nifanaraka tamin' izany.

Ankehitriny rehefa fantany fa tsy ho tonga pretra na oviana na oviana izy, dia niverina nianatra lalàna aloha fotoana fohy, nefa nony farany dia navelany izany ka tapa-kevitra hanokana ny fiainany hitory ny filazantsara izy. Nisalasala ny ho tonga mpampianatra ampahibemaso anefa izy. Sarotsaro-kenatra rahateo izy, ary nitambesatra taminy ny fahatsapany ny adidy goavana momba an' io toerana io. hany ka naniry ny mbola hanokantena hianatra izy. Ny fampirisihana mafana nataon' ireo sakaizany anefa dia nahatonga azy hanaiky nony farany. «Mahagaga hoy izy. fa olona izay ambany fihaviana toy izao no hasandratra ho amin' ny haja ambony tahaka itony».*Wylie*, boky 13,toko 9.

Niroso tsimoramora ho eo amin' ny asany i Calvin, ka tahaka ny ranon' ando mamelombelona ny tany ny teniny. Nilaozany i Paris ary lasa nankany amin' ny tanàna iray tany ivelan' ny renivohitra izy izao, tao ambany fiarovan' ny andriambavy Marguerite, izay tia ny filazantsara ka nirotsaka ho mpiaro ny mpanaraka izany. Mbola tanora i Calvin, nalemy paika sady nanetry tena. Nanomboka tamin' ny olona tao an-tokantranony ny asany. Manodidina azy ny mpianakavy, dia namaky tamin' izy ireo ny Baiboly izy, sy nanokatra ny fahamarinan' ny famonjena taminy. Izay mandre ny hafatra dia nitondra ny vaovao mahafaly tamin' ny hafa kosa ary vetivety ilay mpampianatra dia nihoatra ny tanàn-dehibe ho amin' ny tanàna madinika manodidina sy ny vohitra kely. Ny lapan' andriana sy ny trano bongo dia samy nandray azy, ka nandroso hatrany izy nandatsaka ny fanorenan' ny fiangonana izay namokatra vavolombelona tsy nanan-tahotra ho an' ny fahamarinana.

Volana vitsivitsy taorian' izany dia tafaverina tao Paris indray izy. Nisy fihetsiketsehana tsy fahita firy teo amin' ireo avara-pianarana sy ireo mpandalim-pahaizana. Nitarika ny olona ho eo amin' ny Baiboly ny fianarana ny teny fahagola ka maro tamin' ireo izay tsy voatohin' ny fahamarinana ny fony no nafana dia nafana namakafaka ny heviny ary niady mihitsy tamin' ireo mpiaro ny fahamarinan' i Roma aza. I Calvin kosa, na dia havanana tamin' ny adi-hevitra kokoa momba ny teolojia aza, dia nanana

asa ambony noho izay nataon' ireo mpampianatra mpitabataba foana ireo. Voahetsiketsika ny sain' ny olona ka tonga izao ny fotoana hanokafana ny fahamarinana aminy. Raha mbola feno horakoraky ny adi-hevitra ara-teolojia ny efitrano malalaky ny Oniversite, i Calvin kosa dia nitety trano, nanokatra ny Baiboly tamin' ny vahoaka. nitory taminy an' i Kristy dia Izy voahombo tamin' ny hazo fijaliana.

Noho ny fitondran' Andriamanitra, dia nisy fiantsoana indray tonga tamin' i Paris mba hanaiky ny filazantsara. Nolavina ny antson' i Lefèvre sy Farel, nefa dia ho ren' ny sarangan' olona rehetra tao amin' io renivohitra lehibe io indray ny hafatra. Ny mpanjaka, noho ny antony ara-politika, dia tsy niandany tanteraka tamin' i Roma hanohitra ny fanavaozana ara-pivavahana. Mbola nofikirin' i Marguerite ny fanantenany fa handresy ao Frantsa ny fivavahana Protestanta. Nanapa-kevitra izy fa hotorina ao Paris ny finoana nohavaozina. Tamin' ny tsy nahatao Paris ny mpanjaka, dia nobaikony ny mpitandrina Protestanta iray hitory tao amin' ireo fiangonana tao an-tanàna. Noraran' ireo filoha papaly anefa ka dia novohan' ny andriambavy midanadana ny lapa. Nisy efitra iray namboarina hanaovana fotoam-pivavahana, ary nambara fa isan' andro, tamin' ny ora voatokana, dia hisy toriteny hatao, ka nasaina ho amin' izany ny sokajin' olona samihafa saranga rehetra. Vahoaka marobe no nifanizina nanatrika ny fanompoam-pivavahana. Tsy ilay efitrano natao fiangonana ihany, fa ny efitrefitra madinika sy ny lalan-tsara rehetra no hipoka. An' arivony isan' andro no nivory, — ny andriana, ny mpanao fanjakana, ny mpahay lalàna, ny mpivarotra sy ny mpanao asa tanana — . Tsy nisakana ireo fivoriana ireo ny mpanjaka fa nanome baiko ny hanokafana ny fiangonana anankiroa tao Paris. Tsy mbola voahetsiketsiky ny tenin' Andriamanitra toy izao mihitsy ny tanàna. Toa nitsoka tamin' ny vahoaka ny fanahin' aina avy any an-danitra. Ny fahalalana onony, ny fahadiovana, ny filaminana, ny fahazotoana no nisolo toerana ny fahamamoana, ny fanaranam-po amin' ny nofo, ny adilahy sy ny fidonanaham-poana.

Tsy namihin-tanana fotsiny anefa ireo mpitondra fivavahana isan-tsokajiny. Satria mbola nolavin' ny mpanjaka ny hisalovana ka hampijanona ny fitorian-teny, dia nitodika nankany amin' ny vahoaka izy. Tsy misy fomba tsy nampiasaina mba hanaitairana ny tahotry ny vahoaka tsy manam-pahalalana sady minomino foana, no nentaninkafanam-po tafahoatra tsy misy fiheverana. Nanaraka an-jamba ireo mpampianatra sandoka i Paris, ka tahaka an' 1 Jerosalema fahiny, dia tsy nahalala ny fotoana namangiana azy na ny zavatra izay nitondra fiadanana ho azy izy. Notoriana nandritra ny roa taona tao andrenivohitra ny tenin' Andriamanitra; betsaka ireo nanaiky ny filazantsara, nefa ny maro an' isa nitsipaka izany. Niseho ho nandefitra i Francois I nefa noho ny tombon-tsoany fotsiny ihany, ka dia

nihanahazo vahana indray ny papista. Nakatona ny fiangonana ary navory ny antontan-kitay.

Mbola tao Paris i Calvin, nanoman-tena tamin' ny alalan' ny fianarana, ny fandinihana lalina sy ny fivavahana ho an' ny asany ho avy izy sady nitozo nampiely ny fahazavana. Farany anefa, dia nifantoka taminy ny fiahiahiana. Nanapa-kevitra ny manam-pahefana fa handoro azy velona. Nihevitra izy fa azo antoka ny toerana niafenany, ka tsy nisaina izay loza akory, raha nirohotra nankao amin' ny efitranony ireo sakaizany nilaza fa efa an-dalana hisambotra azy ny polisy. Tamin' izay fotoana izay dia nisy nandondona mafy tao am-bavahady ivelany. Tsy nisy hatak' andro intsony. Raha mbola nitana ireo manam-pahefana teo am-baravarana ireo sakaizany ny sasany kosa nanampy ilay Mpanavao fivavahana nidina avy teo am-baravarankely ary dia lasa nanohy haingana ny diany tany ivelan' ny tanàna izy. Nahita fialofana tao amin' ny trano bongon' ny mpiasa iray izay sakaizan' ny fanavaozana ara-pivavahana, dia nanao ny fitafian' ilay olona nampiantrano azy, nilanja angady teny an-tsorony, dia lasa nandeha. Nianatsimo izy ka nahita fialofana tao amin' ny tanin' i Marguerite de Navarre. (Jereo*D'Aubigné, History of the Reform in Europe in the Time of Calvin*, boky 2, toko 30

Nijanona tao volana vitsivitsy izy, afa-doza noho ny fiarovan' ny sakaiza manan-kery. ka nilofo tamin' ny fianarana toy ny teo aloha. Niorina tamin' ny fitoriana ny filazantsara tao Frantsa anefa ny fony ka tsy afaka nitomoe-poana ela izy. Raha vantany vao somary nihena ny tafio-drivotra, dia nitady saha vaovao tao Potiers izy, tanàna nisy Oniversite io. ary efa nankasitraka sahady ny hevibaovao momba ny fivavahana. Nihaino tamimpifaliana ny filazantsara ny olona avy amin' ny saranga samihafa. Tsy nisy toriteny ho an' ny besinimaro, fa tany an-tokantranon' ny ben' ny tanàna na tao an-tranon' i Calvin, ary indraindray tany an-jaridaina no namelaran' i Calvin ny tenin' ny fiainana mandrakizay ho an' izay te-hihaino izany. Rehefa afaka kelikely. raha nitombo ny isan' ny mpihaino, dia noheverina fa azo antoka kokoa ny mivory any ivelan' ny tanàna. Zohy tao amin' ny lohasaha tery sy lalina, nisy hazo betsaka sy vatolampy nandondona izay vao mainka nahatsara ny fiafenana no nivoriana. Nisy antokon' olona vitsivitsy nankao, nivoaka ny tanàna tamin' ny lalana samihafa. Tao amin' io toerana mangingina io no namakiana sy nanazavana ny Baiboly. Tao no nankalazan ireo Protestanta ny Fanasan' ny Tompo voalohany tao Frantsa. Avy tao amin' io fiangonana kely io no nandefasana evanjelistra mahatoky maro.

Niverina tany Paris indray i Calvin. Tsy hainy ny hamoy ny fanantenana fa hanaiky ny Fanavaozana ara-pivavahana i Frantsa amin' ny mahafirenena azy. Nefa saiky ny varavarana rehetra tiany hiasana no hitany

fa nihidy. Toy ny mizotra mivantana ho any amin' ny antontan-kitay fandoroana velona ny mpampianatra ny filazantsara. ka farany dia tapa-kevitra hankany Alemaina izy. Raha vao niala tao Frantsa izy dia nifofofofo namely ny Protestanta ny tafio-drivotra, ka raha nijanona tao izy. dia azo antoka fa tsy maintsy voafaoka tao amin' ny fandravana nahatra tamin' ny namany rehetra koa.

Nirin' ireo Mpanavao Fivavahana Frantsay indrindra ny hahatafara-dalana ny tanindrazany tamin' ny Alemaina sy Soisa, ka nanapa-kevitra ny hanao ezaka lehibe izy hoenti-manohitra ny finoanoampoan' i Roma, ka hampifoha ny firenena manontolo. Araka izany dia nisy afisy namely ny lamesa napetaka eran' i Frantsa indray alina Tsy nampandroso ny Reformasiona anefa io fihetsika io, fa nampidi-doza, tsy ho an' izay nanao azy ihany, fa ho an' ny sakaizan' ny finoana nohavaozina manerana an' i Frantsa koa. Azon' ny mpomba an' i Roma izay niriny hatry ny ela : dia toe-javatra ahazoany mangataka ny fanafonganana tanteraka ny «heretika» amin' ny maha-mpanakorontana nampidi-doza azy hanozongozona ny seza fiandrianana sy ny fandriam-pahaleman' ny firenena.

Nisy tanana tsy fantatra, sakaiza tsy maody sa fahavalo fetsy, tsy fantatra mihitsy izay nametaka afisy iray teo amin' ny varavaran' ny efitrano manokan' ny mpanjaka. Nihovitrovitry ny hatezerana ny mpanjaka. Novelivelezin' ny tanana tsy nisy indrafo tao amin' io taratasy io ireo finoanoampoana efa nohajain' ny taonjato nifandimby. Ary ny fahasahiana nihoapampana nampiharihary ireo teny mazava sy manaitra ireo teo anatrehan' ny mpanjaka, dia nampirongatra ny fahatezerany. Talanjona izy ka nipararetra sy tsy nahaloa-peo aloha. Izay vao tafavoaka tamin' ny teny mahatsiravina ny hatezerany hoe: «Aoka hosamborina tsy misy avakavaka izay rehetra ahihina ho manaraka ny «herezian»' i Lotera.*Ibid*, boky 4, toko 10.

Nisafidy ny mpanjaka. Nanapa-kevitra izy fa hiandany tanteraka amin' i Roma.

Noraisina avy hatrany ny fepetra hisamborana ny Loterana rehetra tao Paris. Nisy mpanao asa-tanana mahantra, mpanaraka ny Reformasiona, ary zatra niantso ny mpino hanatrika ny fivoriana miafina, nosamborina, ka norahonana hodorana velona niaraka iannn' ny vava raha tsy nankatò ny baiko hitarika ny iraky ny papa ho any amin' ny tokantranon' ny Protestanta rehetra tao an-tanàna. Nampihoron-koditra azy izany fangatahana mahavoafady izany, nefa nony farany, nandresy ny tahony ny lelafo ka dia nanaiky hamadika ny rahalahiny izy. Vahoaka sesehena no nialoha lalana an' i Morin, polisin' ny mpanjaka, niaraka tamin' ilay mpamadika, notronin' ny pretra nanao andiany, ny mpitondra emboka masina, ny relijiozy sy ny miaramila, samy nandroso miadana tamim-pahanginana namakivaky ny araben' ny tanàna. Naseho mazava fa natao ho voninahitry ny «sakramenta

masina» io fisehoana io, mba hikosehana ny fanevatevana nataon' ireo mpanohitra tamin' ny lamesa. Nefa koa nisy fikasana handripaka aina nosaronana tao. Rehefa tonga teo anoloan' ny tranon' ny Loterana iray, dia misy famantarana ataon' ilay mpamadika, fa tsy nisy teny natao. Nijanona ny mpilahatra. nidirana ny trano, notarihina an-keriny hivoaka ny fianakaviana manontolo ka hogadraina, dia nandroso indray ireto mpiara-dia nampihoron-koditra hitady haza vaovao.

Tsy nisy trano nolalovàna fotsiny na kely na lehibe izany, na dia ireo toeram-pianarana tao amin' ny Oniversiten' i Paris aza. Nampivarahontsana ny tanàna manontolo i Morin. . . Nanjaka ny horohoro.*Ibid*, boky 4, toko 10.

«Novonoina ho faty tamin' ny fampijaliana mahatsiravina ny voasambotra, nisy baiko manokana nomena hampihenana ny fomba hampitarazoka ny fialan' ainan' izy ireo. Maty tahaka ny mpandresy anefa izy ireo. Nijoro tsy azo nohozongozonina izy, ary tsy voasemban-drahona ny fiadanany. Tsy nanan-kery hampihontsona ny herim-pony ireto mpanenjika ka nahatsiaro tena ho resy. Natsangana manerana an' i Paris ny toeram-pandoroana ary nisesy isan' andro ny fandoroana, ny antony dia ny hampiely ny tahotra ny «herezia» amin' ny fampielezana ny famonoana ho faty. Na dia izany aza, tamin' ny farany dia ny Filazantsara no nahazo tombontsoa. Niaranahita i Paris manontolo fa karazan' olona manao ahoana no vokatry ny fampianarana vaovao. Tsy nisy polipitra tahaka ny antontan-kitain' ny maritiora. Ny fifaliana tony nampahazava ny endrik' ireo olona ireo raha niroso. . . ho any amin' ny toerana famonoana izy, ny herim-pony teo anivon' ny lelafo mivaivay, ny halemem-panahiny namela ny ratsy natao taminy, izany rehetra izany dia nampody tao amin' ny olona tsy vitsy, ny hatezerana ho fangorahana, ny fankahalana ho fitiavana, ary zary fitoriana ny filazantsara tamin-kery tsy azo tohaina».*Wylie*, boky 13, toko 20.

Ireo pretra, izay niezaka ny hampisendaotra hatrany ny hatezeran' ny vahoaka, dia nampiely ny fiampangana mahatsiravina indrindra namelezana ny Protestanta. Nampangaina ho nioko handripaka ny katolika, handrodana ny fitondram-panjakana sy hamono ny mpanjaka izy ireo. Tsy nisy aloky ny porofo azony nentina nanohanany izany filazana izany. Tsy maintsy hotanteraka anefa ireo faminaniana nanambara zava-doza ireo; tamin' ny toe-javatra hafa dia hafa sy noho ny antony mifanohitra amin' izao. Ny fomba feno habibiana nentin' ny katolika nampijaly ny Protestanta tsy nanantsiny dia nampiavosa valin-keloka mavesatra, ka taon-jato maro tatý aoriana dia tanteraka ny loza izay nolazainy mialoha fa nananontanona ny mpanjakany sy ny fitondram-panjakany ary ny olompeheziny; saingy ny tsy mpino sy ny papista ihany no nanatanteraka izany. Tsy ny fanorenana, fa ny fanafoanana ny fivavahana Protestanta no nahatonga ireo antambo mahatsiravina nianjady tamin' i Frantsa, telonjato taona tatý aoriana.

Nanenika ny sarangan' olona rehetra teo amin' ny mpiara-monina izao ny fiahiahiana. ny tsy fitokisana sy ny horohoro. Teo anivon' ny tahotra nangia ny besinimaro dia tsapa fa latsa-paka lalina tokoa ny fampianarana loterana tao an-tsain' ireo olona ambony fahalalana nanan-jo aman-kasina tamin' ny hafa, sy tsara toetra amam-panahy indrindra. Hita tampoka fa banga ny toeram-pitokisana sy ny toeram-boninahitra. Nanjavona ny mpanao asa-tanana, ny mpanao printy, ny mpandalim-pahalalana, ny mpampianatra tany amin' ny Oniversite, ny mpanoratra, ary na dia ny tandapa aza. Anjatony ireo nandositra niala an' i Paris, nanao sesi-tany an-tsitrapo ny tenany, ary betsaka tamin' ireo no nampiseho voalohany tamin' izany ny firaiketany tamin' ny finoana nohavaozina. Gaga ny papista raha nijery manodidina azy ka nieritreritra fa nisy «heretika» tsy narnpoizina izay noleferina teo aminy. Ireo olon-tsotra marobe azony antanana no nanamparany ny haromotany. Hipoka ny tranomaizina ary na ny rivotra niainana aza toa maizin' ny setroka avy tamin' ny antontan-kitay fandoroana olona, narehitra ho an' ireo izay nanaiky ny Filazantsara.

Nampahalaza an' i Francois voalohany ny nisehoany ho mpitarika ilay fihetsiketsehana lehibe nampifoha indray ny fahalalana izay nanamarika ny fiandohan' ny taonjato fahenina ambin' ny folo. Nahafinaritra azy ny nanangona tao amin' ny lapany ireo olona havanana tamin' ny haisoratra avy amin' ny tany rehetra. Ny fitiavany fianarana, ny fahaizany sy ny fanaovany tsinontsinona ny finoanoampoana hita teo amin' ny relijiozy, no nahazoana, farafahakeliny ny ampahany tamin' ny fandeferana nasehony tamin' ny fanavaozam-pivavahana. Nefa, rehefa nasesiky ny hafanam-po hamongotra ny «herezia» io mpiaro ny fahaizana io dia namoaka didy nanafoana ny fanontam-printy manerana an' i Frantsa! Anankiray amin' ny ohatra maro i Francois I izay nampiseho fa tsy fiarovana tsy ho tratry ny tsy fandeferana eo amin' ny ara-pivavahana sy ny fanenjehana tsy akory ny fandrosoana ara-tsaina.

Nanolo-tena tanteraka handrava ny fivavahana protestanta i Frantsa tamin' ny alalan' ny fanompoam-pivavahana miezinezina natao ampahibemaso. Nangataka ireo pretra mba hosasana amin' ny ra ny fanalam-baraka natao tamin' ny lanitra ambony tamin' ny fanamelohana ny lamesa, ary nangatahiny ny mpanjaka, ho solontenan' ny vahoakany hankatò ampahibemaso io asa mampivarahontsana io.

Ny 21 janoary 1535 no andro tapaka hanaovana io fanompoampivavahana mahatsiravina io. Noentanina ny tahotra vokatry ny finoanoampoana sy ny fankahalana avy amin' ny hafanam-po ara-pivavahana tafahoatra tao amin' ny firenena manontolo. Feno olona marobe avy amin' ny toerana manodidina rehetra izay nibosesika teny amin' ny arabe i Paris. Natomboka tamin' ny filaharana masina goavana sy miezinezina ny andro.

Nanantonana lamha fisaonana ireo trano nanamorona ny lalana haleha, ary natsangana ombieniombieny ny alitara. «Teo anoloan' ny varavarana rehetra dia nisy fanilo nirehitra ho fanajana ny «sakramenta masina». Talohan' ny niposahan' ny masoandro dia nivory teo amin' ny lapan' ny mpanjaka ny mpilahatra». Ny faneva sy ny hazo fijalian' ny paroasy maro no nialoha lalana; nanaraka ireo mponina tao an-tanàna nandeha tsiroaroa nitondra fanilo. «Nanaraka ireo dia ny antokon' ny relijiozy efatra, samy nanao ny fanamiany manokana. Avy eo dia nisy «relika» malaza be dia be nangonina. Nitaingin-tsoavaly taorian' ireo, mpitondra fivavahana ambony nitafy mena midorehitra sy niravaka vatosoa, haingo marevaka sy namirapiratra.

Ny evekan' i Paris no nitondra ny «ostia» (sakramenta masina) noeloin' ny fialofana tsara tarehy. . . izay nentin' ny andriandahy efatra iray ra amin' ny andriamanjaka. . . Nanaraka ny «ostia» ny mpanjaka. . . Tsy nitondra satroboninahitra, na nanao ny akanjo maha-mpanjaka azy i Francois I tamin' io andro io. «Tsy nisarona ny lohany, ny masony nifantoka tamin' ny tany ary teny an-tanany nisy labozy lava mirehitra, «toy ny olona meloka», no nisehoan' ny nipanjakan' i Frantsa».*Ibid*, boky 13, toko 21. Isaka ny misy alitara dia niankohoka tamim-panetren-tena izy, tsy noho ny heloka izay nandoto ny fanahiny, na noho ny ran' ny tsy manan-tsiny nanapentina ny tanany, fa noho ny fahotana mahafaty nataon' ireo olompeheziny izay sahy nanameloka ny lamesa. Nanaraka azy ny mpanjakavavy sy ireo olomanan-kaja tao amin' ny fanjakana, samy mandeha tsiroaroa koa. ary samy mitondra fanilo mirehitra.

Tao anatin' ny fandaharana nandritra iny andro iny ny hanaovan' ny tenan' ny mpanjaka mihitsy kabary tamin' ireo tompon' andraikitra ambony tao amin' ny fanjakana tafavory tao amin' ny efitrano malalaky ny lapan' ny eveka. Nalahelo endrika izy raha niseho teo anatrehan' izy ireo ka nanao teny tsara lahatra nampihetsipo raha nitaraina moniba ny «heloka bevava», ny fitenenan-dratsy an' Andriamanitra, ny andro mampahory sady mampahamenatra izay manjo niseho teo amin' ny firenena. Koa dia niantso ny olompeheziny mahatoky rehetra izy hanampy azy amin' ny famongorana io areti-mandozan' ny «herezia» io izay mananontanona handevona an' i Frantsa. «Raha mbola marina koa, tompokolahy, fa mpanjakanareo aho», hoy izy, «raha fantatro fa voapentina na simban' io fahalovana maharikoriko io ny tanako na ny tongotro, dia hatolotro hotapahinao izany. . . Ary mihoatra noho izany, raha mahita ny iray amin' ny zanako voaloton' izany aho, dia tsy hiaro azy. . . ny tenako mihitsy no hanolotra azy, ka hataoko sorona ho an' Andriamanitra». Kendan' ny ranomaso izy ka tsy nahaloa-peo ary dia nirehoka nitomany koa ny mpivory rehetra sady indray niredona hoe: «Ho velona sy ho faty ho an'

ny fivavahana Katolika izahay!» *D'Aubigné, History of the Reformation in Europe in the Time of Calvin*, boky 4, toko 1 2.

Nanjary nahatsiravina ny haizina teo amin' ny firenena izay nitsipaka ny fahazavan' ny fahamarinana. «Efa miseho ny fahasoavan' Andriamanitra izay nitondra famonjena»; nefa i Frantsa kosa rehefa nibanjina ny heriny sy ny fahamasinany, rehefa nisy olona an' arivony voasariky ny hatsarantarehiny araka an' Andriamanitra, rehefa voazavan' ny famirapiratany ny tanàn-dehibe sy ny vohitra madinika, dia nihodina ka nifidy ny haizina toy izay ny fahazavana. Napetrany tsy ho eo aminy ny fanomezan' ny lanitra raha natolotra azy izany. Nolazainy fa ratsy ny tsara, ary tsara ny ratsy, mandra-pahalavoany, ka hanjary hazan' ny famitahan-tena niniany izy. Na dia nety ho nino marina tokoa aza izy tamin' izay fotoana izay fa nanompo an' Andriamanitra tamin' ny fanenjehana ny vahoakany, dia tsy naha-afatsiny azy tsy akory ny fanaovany izany tamin' ny fony tokoa. Ny fahazavana izay nety namonjy azy tsy ho voafitaka. tsy handoto ny fanahiny amin' ny heloky ny fandatsahan-dra, dia efa niniany notsipahina.

Niozona tamin' ny fomba manetriketrika tao amin' ny Katedraly lehibe izy ireo fa hamongotra ny «herezia» ary tao amin' io Katedraly io koa. tokony ho telonjato taona tatý aoriana, no nanandratan' io firenena nanadino an' Andriamanitra velona io ho eo amin' ny seza fiandrianana ilay «Déesse de la Raison» na ny fisainan' ny olom belona nasandratra ho andriamani-bavy. Lasa indray ny filaharana ka nanomboka nanao ny asa izay niozonany fa hataony ireo solontenan' i Frantsa. «Nisy antontan-kitay natao nifanakaikikaiky izay handoroana velona kristiana Protestanta sasantsasany, ary nokendrena mba hirehitra ny afo amin' ny fotoana hanatonan' ny mpanjaka, ka hijanona hahita maso ny fa'monoana ny mpilahatra». Wylie, boky 13, toko 21. Mandrotika ny fo ny antsipirian' ny fampijaliana niaretan' ireo vavolombelona ho an' i Kristy ka tsy laitra ho tantaraina; tsy nisy fivadihana anefa teo amin' izay niharan' izany. Raha nampirisihina handà ny finoany ny iray dia namaly hoe: «Tsy mino afa-tsy izay nampianarin' ny mpaminany sy ny apostoly tamin' ny taloha aho, sy izay inoan' ny olona masina rehetra. Misy fahatokiana an' Andriamanitra ao amin' ny finoako izay hahatohitra ny herin' ny helo rehetra». *—D'Aubigné, History of the Reformation in Europe in the Time of Calvin.*

Mijanona etsy sy eroa ny mpilahatra amin' ny toerana fampijaliana rehetra. Rehefa tonga teo amin' ny toerana niaingana tao amin' ny lapan' ny mpanjaka, dia mparitaka ny vahoaka, nody ny mpanjaka sy ireo pretra ambony, afa-po tamin' ny toe-javatra nitranga tamin' iny andro iny sady niarahaba tena fa hitohy hatramin' ny fahafonganan' ny «herezia» tanteraka ny asa natomboka teo.

Eny, ho voaongotra marina ilay Filazantsaran' ny fiadanana notsipahin' i Frantsa, ary zava-doza no ho vokatr' izany. Tamin' ny 21 janoary 1793,

valo amby dimampolo sy roanjato taona taty aorian' ny andro nirotsahan' i Frantsa tanteraka tamin' ny fanenjehana ireo Mpanavao fivavahana indrindra, dia nisy filaharana indray, hafa lavitra ny antony namakivaky ny araben' i Paris». Ny mpanjaka ihany indray no loha-laharana tamin' izany; nisy tabataba sy horakoraka indray; re indray ny antsoantso nitaky haza bebe kokoa; nitsangana indray ireo lampihazo fanapahan-doha mahatsiravina; ary nifarana indray tamin' ny famonoana maharikoriko ny toe-javatra nandritra ny andro; ny mpanjaka Louis fahenina ambin' ny folo no indro manakifika amin' ny tanany ireo mpiambina azy tao an-tranomaizina sy ireo mpamono azy, ary taritarihina ho eo amin' ny fanapahan-doha. Notazonina an-keriny teo izy mandra-pilatsaky ny lela-famaky, ka nikodiadia teo amin' ny lampihazo ny lohany tapaka». -*Wylie*, boky 13, toko 21. Tsy ny mpanjaka irery no niharan' izany; tsy lavitr' io toerana io dia valonjato sy roa arivo ny olona maty notapahin-doha mandritra ireo andro maimbo ra nanjakan' ny Horohoro.

Baiboly nivelatra no efa natolotry ny Reformasiona ho an' izao tontolo izao, ka nasehony miharihary ireo fitsipika ao amin' ny lalàn' Andriamanitra, ary notaominy ny feon' ny fieritreretan' ny vahoaka hankatò izay takian' io lalàna io. Efa novelarin' ilay Fitiavana tsy hita fetra teo anatrehan' ny olona ny lalàna sy ny foto-kevitry ny lanitra. Hoy Andriamanitra: «Koa tandremo ary ataovy izany, fa izany no fahendrenareo sy ho fanananareo saina eny imason' ny firenentsamy hafa; fa handre izany lalàna rehetra izany izy ka hanao hoe: olona hendry sy manan-tsaina tokoa io firenena lehibe io».[4] Koa rehefa nitsipaka ny fanomezan' ny lanitra i Frantsa, dia efa namafy ny voan' ny fikorontanana sy ny fandravana izy ; ary dia nijinja ny vokatry ny natao tsy azony hodivirana tamin' ny Revolisiona (1789) sy ny Fanjakan' ny Horohoro (Règne de la Terreur).

Fotoana ela talohan' ny fanenjehana nohetsehin' ireo afisy napetaka, dia efa voatery handositra hiala ny tany nahafoizany i Fare!, lehilahy mahery fo sy mafana fo. Nankany Soisa izy, ary tamin' ny alalan' ny asany izay nanohy ny nataon' i Zwingli, dia nampahavesadanja ny Fanavaozana ara-pivavahana izy. Tany no nandaniany ireo taona faramparany niainany, nefa dia mbola nanohy niasa mangina betsaka tamin' ny fanavaozana tao Frantsa ihany izy. Nandritra ireo taona voalohany naha-sesitany azy, dia nifantoka tamin' ny fomba manokana ho amin' ny tany nahaterahany ny ezaka nataony. Nandany fotoana betsaka hitoriana tamin' ireo mpiray tanindrazana taminy izy, ka tamim-pahamalinana fatratra no nanaovany andrimaso ny ady sady nanampy tamin' ny alalan' ny teny fampaherezana nataony sy ny torohevitra nomeny. Noho ny fampianaran' ireo sesi-tany hafa, dia voadika tamin' ny teny frantsay ny asa soratr'ireo Mpanavao fivavahana Alema ary niaraka tamin' izany dia natonta betsaka koa ny Baiboly tamin' ny teny frantsay.

Tamin' ny alalan' ireo mpivarotra nitety trano dia namidy be dia be tany Frantsa ireo. Natao vidy mora tamin' ny mpivaro-boky izany ka nahazoan' izy ireo nanohy ny asa ny tombony azony.

Raha nanomboka ny asany tany Soisa i Farel dia toy ny mpampianatra tsotra ihany no nisehoany. Nankany amin' ny fiangonana nitokatokana izy ka nanokan-tena tamin' ny fampianarana ny ankizy. Ankoatr' ireo taranjam-pampianarana mahazatra, dia natsofony moramora ireo fahamarinan' ny Baiboly. ary nanantena ny hahatratra ny ray aman-dreniny izy tamin' ny alalan' ny ankizy.

Nisy sasantsasany nino. nefa tonga ny pretra nanakana ny asa, ary natsangany hanohitra ireo mponina minomino foana tany ambanivohitra. «Tsy mety ho filazantsaran' i Kristy izany, hoy ny pretra, satria tsy fiadanana no vokany fa ady».*Wylie*, boky 14, toko 3. Tahaka ireo mpianatra voalohany, rehefa nenjehina tao amin' ny tanàna iray izy dia nandositra ho amin' ny hafa indray. Nitety ny vohitra madinika izy sy ireo tanàna. nandeha an-tongotra, niaritra ny hanoanana, ny hatsiaka sy ny havizanana, ary hatraiza hatraiza dia notandindomin-doza ny fiainany. Nitory teny an-tsena izy, tany am-piangonana, indraindray teny amin' ny polipitran' ny katedraly. Indraindray tsy nisy mpihaino tao amin' ny fiangonana; indraindray tapaky ny horakoraka sy ny fanesoana ny toriteny; noroahina an-keriny avy eny amin' ny polipitra koa izy. Matetitetika no nirodona taminy ireo vahoaka tia herisetra ka nikapoka saiky nahafaty azy. Nandroso ihany anefa izy. Na dia natosi-bohon-tanana matetika aza dia tsy nety kivy fa mbola niverina niady ihany ; ka hitany fa nanokatra ny vavahadiny hidiran' ny Filazantsara tsirairay ireo tanàna izay manda mafin' ny papa teo aloha. Vetivety dia nanaiky ny Reformasiona ilay fiangonana kely niasany voalohany. Nahafoy ny fombam-pivavahan i Roma koa ny tanànan' i Morat sy Neuchâtel ka nesoriny tsy ho eo amin' ny fiangonany ireo sarivongana zary sampy.

Efa ela no nanirian' i Farel hanangana ny faneva Protestanta tao Genève. Raha azo io tanàna io dia mety ho foiben' ny Fanavaozana ara-pivavahana ao Frantsa, ao Soisa ary ao Italia. Noho io zavanokendreny io, dia notohizany ny asany mandra-pahazony ireo tanàna sy vohitra manodidina. Avy eo dia niaraka tamin' ny namana iray ihany izy niditra tao Genève. Toriteny roa ihany anefa no navela nataony. Ireo pretra izay sasa-poana nitady izay hanamelohan' ny fahefam-panjakana azy, dia nandidy azy hiseho hotsarain' ny mpitondra fivavahana, ka raha nankany izy ireo dia nanafina fiadiana tao anatin' ny akanjony, ary tapa-kevitra hanala ny ainy. Tao ivelan' ny efitra lehibe nivoriana kosa dia nisy vahoaka romotra, nitangorona nitondra langilangy sy sabatra, ka ho azo antoka fa raha afaka mandositra mivoaka ny fivoriana izy dia tsy maintsy ho fatin' ireo. Nahavoavonjy azy anefa ny

fanatrehan' ireo mpitsara sy ny miaramila nitam-piadiana. Vao maraina koa ny ampitson» iny dia nentina nita ny farihy. niaraka tamin' ilay namany izy, ho amin' ny toerana azo antoka. Toy izany no niafaran' ny ezaka voalohany nataony hitoriana ny filazantsara tao Genève.

Tamin' ny fanandramana faharoa natao ho amin' izany dia fiasana ambany kokoa no voafidy tovolahy iray — tsotra indrindra no fijery azy ka na dia ireo izay nilaza ho sakaizan' ny Fanavaozana ara-pivavahana aza nanamavo azy. Fa inona no mety ho vitan' ny olona toy izany eo amin' ny toerana izay efa nandavana an' i Farel? Ataon' ny olona kely herim-po sady tsy ampy fanandramana ahoana no fanohitra ny tafio-drivotra izay nahavoatery ny matanjaka sy ny mahery fo indrindra handositra? «Tsy amin-kery na amimpahatanjahana, fa amin' ny Fanahiko hoy Jehovah».[5] «Ny malemy amin' izao tontolo izao no nofidin' Andriamanitra hampahamenatra ny mahery. Fa ny fahadalan' Andriamanitra dia hendry noho ny olona; ary ny fahalemen' Andriamanitra mahery noho ny olona».[6]

Nanomboka ny asany amin' ny maha-mpampianatra azy i Froment. Naverin' ny ankizy tany an-tokantranony ny fahamarinana nampianarina azy ireo. Vetivety foana dia tonga ny ray aman-dreny hihaino ny fanazavana ny Baiboly, ka feno mpihaino liana dia liana ny efitrano fianarana. Nisy Testamenta Vaovao sy boky kely nozaraina maimaipoana, ka nahatratra olona maro tsy sahy nanatona mivantana hihaino ny fampianarana vaovao. Rehefa afaka fotoana fohy dia voatery nandositra koa io mpiasa io; nefa raikitra tao an-tsain' ny olona ny fahamarinana nampianariny. Voavoly ny Fanavaozana ara-pivavahana ka nahazo hery sy nitatra hatrany. Niverina ireo mpitoriteny ary farany dia tafatsangana tao Genève ny fanompoam-pivavahana Protestanta noho ny asan' izy ireo.

Efa nanambara ny fiandaniany tamin' ny Fanavaozana ara-pivavahana ilay tanàna raha niditra tao am-bavahadiny i Calvin, rehefa nirenireny hatraiza hatraiza sy niharan-javatra maro. Niverina avy namangy farany ny toerana nahaterahany izy teny an-dalana ho any Bale, raha hitany fa nambenan' ny tafik' i Charles fahadimy ny lalana manitsy, ka dia voatery nanalavi-dalana nihazo tany Genève izy.

Tsapan' i Farel fa ny tanan' Andriamanitra no mtarika io fitsidihan' i Calvin io. Na dia efa nanaiky ny finoana nohavaozina aza ny tanànan' i Genève, dia mbola nisy asa lehibe tsy maintsy mbola hatao tao. Tsy ny fitambaran' olona fa ny tsirairay no voataona ho an' Andriamanitra; ny herin' ny Fanahy Masina no tsy maintsy miteraka fanavaozana ao am-po sy ny feon» ny fieritreretana fa tsy ny didy avoakan' ny fivoriam-be tsy akory. Nitsipaka ny fahefan' i Roma ny vahoaka tao Genève, nefa tsy tena vonona hahafoy ny toetra ratsy izay nandrobona fony i Roma nanjaka tao amin' izy ireo. Tsy adidy maivamaivana tsy akory ny manangana ireo foto-kevitra

madion' ny filazantsara sy ny manomana vahoaka hitana amin' ny fomba mendrika ny toerana izay hita fa niantsoan' Andriamanitra azy ireo.

Natoky i Farel fa hitany tao amin' i Calvin ilay olona afaka hiara-misalahy aminy amin' io asa io Tamin' ny anaran' Andriamanitra no nangatahany tamin' ny fomba manetriketrika ilay evanjelistra tanora hijanona ka hiasa ao. Natahotra i Calvin ka nihe motra. Sady saro-kenatra izy no nankamamy fandriampahalemana ka nialany ny hifanandrina tamin' ny mponina tao Geneve izay sahisahy, tsy tia fehimpehezina, ary nanana toe-tsaina tia herisetra aza. Nitarika azy hitokantokana ny fahasalamany farofy, sy ny fahazarany tehianatra. Nino izy fa nahasoa bebe kokoa ny Reformasiona ny peniny, ka nitady toerana mangingina izy hianarany, ary avy ao amin' io toerana io, amin' ny alalan' ny fanontam-printy no hampianarany ny fiangonana sy hanabeazany azy. Nefa tonga taminy tahaka ny antson' Andriamanitra ny fananarana manetriketrika nataon' i Farel taminy, ka tsy sahy nandà izy. «Toa hitany, hoy izy ny tanan' Andriamanitra mitsotra avy any an-danitra, nihazona azy teo amin' ny toerana izay nahadodona azy hialana ary tsy azony nakifika izany».*D'Aubigné, History of the Reformation in Europe in the Time of Calvin*, boky 9, toko 17.

Tamin' izany fotoana izany dia nisy loza lehibe nananontanona ny Protestanta. Nilatsaka tahaka ny varatra tamin' i Genève ny fanozonana nataon' ny papa, ary nandrahona ny handrava azy ireo firenena matanjaka. Hataon' ity tanàna kely ity ahoana no fanohitra ity fahefana ara-pinoana izay matetika loatra no nanery mpanjaka sy amperora hilefitra? Ataony ahoana no hijoro eo anatrehan' ny tafik' ireo mpandresy lehibe eto amin' izao tontolo izao ?

Notandindomin' ny fahavalo matanjaka ny fivavahana Protestanta nanerana ny tany kristiana rehetra. Rehefa lasa ny fandresena voalohany azon' ny Fanavaozana ara-pivavahana, dia namory foloalindahy vaovao indray i Roma, nanantena ny hahatanteraka ny fandravana azy. Tamin' izany fotoana izany no namoronana ny antokon' ny Zezoita, izay masiaka indrindra, maty eritretreritra sady mahery indrindra amin' izay rehetra mpanohana ny papa. Tafasaraka tamin' ny fatorana eto an-tany sy tamin' ny tombon-tsoan' ny mahaolombelona izy ireo, efa maty raha ny amin'ny fitiavana voa-janahary, efa mangina tanteraka ny sainy mandanjalanja sy ny feon' ny fieritreretany, ka tsy nahalala fitsipika, na fatorana afa-tsy izay omen' ny antokony izy, ary adidy hafa afa-tsy izay mampitatra ny heriny. (Jereo Fanampiny). Ny filazantsaran' i Kristy dia nahatonga ny mpanaraka azy ho afaka hisetra ny loza sy hizaka fahoriana, tsy resin' ny hatsiaka, ny hanoanana, ny asa mafy sy ny fahantrana, hanandratra ny fanevan' ny fahamarinana manoloana ny fonja sy ny fandoroana velona. Mba hoenti-mandresy ireo hery rehetra ireo, ny foto-kevitra Zezoita dia nampientana

ireo mpanaraka azy hikiribiby amin' ny heviny ka hahatonga azy ireo ho afaka hiaritra ireo loza ireo, sy hanohitra ny herin' ny fahamarinana amin' ny fiadiana famitahana rehetra. Tsy nisy heloka bevava lehibe loatra ka tsy nataony, fitaka ambany loatra ka tsy nampiasainy, na fakana endrik' olon-kafa sarotra loatra ka tsy notanterahiny. Nanao voady ho an' ny fahatsorana sy ny fanetren-tena mandrakizay izy, kanefa ny z.ava-kendreny sy katsahiny dia ny hanan-karena sy ny hanampahefana, hanokan-tena hanapotika ny fivavahana Protestanta, sy hampitoerana indray ny fahefana tsy refesi-mandidy ananan' ny Papa.

Misalotra endriky ny fahamasinana izy ireo, araka ny mambran' ny antoko misy azy, ka mamangy any am-ponja sy any amin' ny hopitaly, mikarakara ny marary sy ny mahantra, milaza fa mahafoy an' izao tontolo izao ary mitondra ny anarana masin' i Jesosy, izay nandehandeha nanao soa. Nefa matetika ao ivohony dia iafenan' ny fikasana hanao heloka bevava sy hamono mahafaty io endrika ivelany tsy misy tsiny io. Foto-kevitra iorenan' ity antoko ity ny hoe manamarina izay fomba ampiasaina ny zava-kendrena amin' izany. Araka io fitsipika io. na lainga, na halatra. na famadihana ny teny natao, na famonoan' olona, dia tsy vitan' ny hoe heloka azo avela ihany fa tena nahazoana fiderana mihitsy, rehefa ampiasaina ho amin' ny tombon-tsoan' ny Eglizy. Nampiasa tetika isan-karazany ny Zezoita hitadiavany lalana hitsofohany any amin' ny asam-panjakana, ka tafakatra ho tonga mpanolo-tsainan' ny mpanjaka aza, ary hamolavola ny politikan' ny firenena. Nanjary mpanompo izy mba ahazoany mitsikilo izay ataon' ny tompony. Nanangana sekoly ho an' ny zanak' andriana sy ny zanaky ny ambony izy, ary koa sekoly ho an' ny zanaky ny sarambabem-bahoaka, ary tamin' izany no nahavoatarika ny zanaky ny ray aman-dreny Protestanta hanaraka ireo fombam-pivavahana papaly. Ny rentirenty sy ny fisehoana ivelany rehetra eo amin' ny fanompoam-pivavahana araka ny fomban' i Roma dia natao mba hampisavorovoro ny saina sy mba hampanjambena ary hambabo ny fisainana ka amin' izay ny zanaka dia hamadika ny fahafahana izay niasan' ny ray mafy mba haorina hatramin' ny fandatsahan-dra. Vetivety dia niparitaka nanerana an' i Eoropa ny Zezoita, ary na taiza na taiza nalehany, dia nisy fifohazan' ny fivavahan' ny papa.

Mba hanomezana azy ireo hery bebe kokoa, dia nisy taratasy navoakan' ny papa izay nanangana indray ny fitsarana «Inquisition» (Jereo Fanampiny). Na dia. tsiravina noho izany aza ny rehetra, hatrany amin' ireo tany katolika aza, dia natsangan' ireo mpanao lalàna papaly io fitsarana mahatsiravina io, ka niverina indray ny habibiana tsy fampiseho masoandro tao amin' ireo fonja miafina. Tany amin' ny firenena maro dia an' arivorivony ireo sangan' ny firenena, ny madio sy ambony indrindra, ny marani-tsaina indrindra sy ny nohabeazina tamin' ny fomba mendrika indrindra, ireo mpitandrina tia

vavaka sy feno fanoloran-tena, ireo olom-pirenena mazoto miasa sady tia tanindrazana, ireo mpandalim-pahaizana mamirapiratra, ireo mpiangaly zava-kanto manan-talenta, ireo mpanao asa-tanana havanana, no novonoina na voatery nandositra an-tany hafa.

Izany no fomba nampiasain' i Roma mba hamonoana ny fahazavan' ny Reformasiona, ka hisarihana ny Baiboly hiala tamin' ny olona, mba hamerenana indray ny tsy fahalalana sy ny finoanoampoana nanjaka tamin' ny Andro Maizina. Nefa noho ny fitahian' Andriamanitra sy ny asan' ireo olo-mendrika izay natsangany handimby an' i Lotera, dia tsy fongana tsy akory ny fivavahana Protestanta. Tsy tamin' ny alalan' ny fankasitrahana nasehon' ireo andriamanjaka na tamin' ny fitaovam-piadiany no niavian' ny heriny. Ny tany madinika indrindra, ireo firenena kely sy osa indrindra, no nanjary manda mafy ho azy. I Genève, izay tanàna kely bitika teo anivon' ireo fahavalony goavana izay nihendry ny handrava azy; I Hollande izay voafefin' ny tora-pasika manamorona ny Ranomasina Avaratra izay nitolona tamin' ny fanjakazakan' i Espaina, izay fanjakana lehibe sy nanan-karena indrindra tamin' izany; I Soeda, izay tany mangatsiaka, tsy mahavokatra, ireny no nahazo fandresena ho an' ny Reformasiona.

Sahabo ho telopolo taona no niasan' i Calvin tao Genève, voalohany aloha mba hanangana fiangonana tao izay nifikitra tamin' ny fitsipipitondrantena ara-Baiboly, ary manaraka izany mba hampandroso ny Fanavaozana ara-pivavahana manerana an' i Eoropa. Tsy hoe tsy nisy fahadisoana vitany tsy akory tamin' ny naha-mpitondra olona azy, na hoe tsy nilaozan' izay tsy nisy diso ny fampianarany. Nefa fiasana nampielezana ireo fahamarinana izay nanana ny lanjany manokana tamin' ny androny izy, ho fiarovana ireo foto-kevitry ny fivavahana Protestanta notandindomin' ny fivavahana papaly izay nanao dia miverina haingana toy ny samonta, ary ho fampandrosoana ny fahatsorana sy ny fahadiovam-piainan' ireo fiangonana nohavaozina, ho solon' ny avona sy ny fahalovana izay nanorobona noho ny fampianaran' i Roma.

Avy tao Genève, no nivoahan' ireo boky sy ireo mpampianatra nampiely ny foto-pinoana nohavaozina. Avy tao ireo voahenjika tany amin' ny tany rehetra no nandray fampianarana, torohevitra sy fampaherezana. Nanjary fialofana ho an' ireo Mpanavao fivavahana natao haza lambo avy tany Eoropa andrefana rehetra ny tanànan' i Calvin. Nandositra ny tafio-drivotra nahatsiravina izay nitohy nandritra ny taon-jato maro ireo mpandositra ka tonga teo amin' ny vavahadin' i Genève. Reraky ny hanoanana izy ireo, voaratra, very tokantrano sy havana, nefa nafana tokoa ny fandraisana azy ka nokarakaraina tamim-pitiavana izy; ary rehefa niorim-ponenana tao ry zareo dia nanjary fitahiana ho an' ilay tanàna nanangana azy ho

zanaka tamin' ny alalan' ny talentany, ny fahaizany sy ny toetrany tia vavaka. Maro tamin' ireo izay nahita fialofana tao no niverina tany amin' ny tanànany mba hanohitra ny fanjakazakan' i Roma. I John Knox, ilay Mpanavao fivavahana be herim-po avy tany Ekaosy, tsy vitsy tamin' ireo sarotiny fatratra tamin' ny fitakiana fahadiovantoetra tamin' ny Kristiana tany Angletera, ireo Protestanta tany Holandy sy tany Espaina, ary ireo «Huguenots», protestanta manaraka an' i Calvin tao Frantsa, no samy nitondra ny fanilon' ny fahamarinana avy tao Genève mba hampisava ny haizina tany amin' ny tany niaviany avy.

**Fanamarihana**

1 Asa 26 : 5
2 Fil.1:12:
3 Asa 8:4
4 Deot.4:6
5 Zak.4:6
6 1 Kor.127,25

# 13

# *Ny tany avaratra sy Skandinavia*

Efa ela mihitsy no nisy fanoherana hentitra ny fanjakazakan' ny papa tany amin' ireo Tany Avaratra. Fiton-jato taona talohan' ny andron' i Lotera dia nisy eveka anankiroa nanakiana tsy amintahotra ny papa tany Roma; nirahina ho masoivoho tany Roma mantsy izy ireo, ka nahalala ny tena toetra amam-panahin' ny «Ray Masina»: Andriamanitra no efa nanao azy ho mpanjakavaviny sy vadiny dia ny Eglizy, izay efa notendrena ho mpiahy mendrika ny ankohonany sy maharitra mandrakizay, ary nosalorany fanomezana tandrify ny ampakarina izay tsy mety malazo na simba, sy nomeny satroboninahitra sy tehim-panjakana mandrakizay. . . ireo tombontsoa rehetra ireo dia navilinao lalana tahaka ny ataon ny mpangalatra. Mipetraka eo amin' ny tempolin' Andriamanitra ianao; tsy mpiandry ondry ianao, fa nanjary amboadia ho an' ny ondry. . . asainao mino izahay fa ianao no eveka fara-tampony, nefa manao ny fihetsiky ny mpanjakazaka ianao. . . Tokony ho mpanompon' ny mpanompo ianao, araka ny fiantsoanao ny tenanao, nefa kosa miezaka ny ho tonga tompon' ny tompo. . . Ataonao izay hanamavoana ny didin' Andriamanitra. . . Ny Fanahy Masina no mpanorina ny fiangonana rehetra na toy inona na toy inona halavitan' ny tany misy azy. . .

Ny tanànan' ny Andriamanitsika izay isika no vahoakany dia mahatratra ny faritry ny lanitra rehetra ; ary lehibe lavitra izy noho ilay tanàna nataon' ireo mpaminany masina hoe Babylona izay mihambo ho avy amin' Andriamanitra, manakatra ny lanitra, ary mirehareha ho manam-pahendrena tsy mety levona; ary farany, na dia tsy misy manamarina izany aza, dia milaza izy (io Babylona io) la tsy mbola diso na oviana na oviana, ary tsy mety ho diso mihitsy». Gerard Brandt, boky 1, p. 6. *History of the Reformation in and about the how Countries.*

Nitsangana koa ny hafa hampanako io fanoherana io isaky ny taon-jato nifandimby. Ary koa ireo mpampianatra voalohany izay nitety tany samihafa sy fantatra tamin' ny anarana isan-karazany, ka nanana ny toetra amam-panahin' ireo misionera Vaudois, nampiely hatraiza hatraiza ny fahalalana ny filazantsara, ary tonga tany amin' ny tany avaratra. Niely haingana ny fampianarany. Nadikany ho tononkalo tamin' ny fiteny Holandy ny Baiboly Vaudois. Hoy izy ireo hoe: «misy tombon-tsoa lehibe ao amin' izany, tsy misy vazivazy na anganongano, na kitoatoa foana na fitapitaka, fa tenin' ny fahamarinana; marina fa etsy sy eroa dia misy taolana mafy kanefa mora ihany ny mahita ao anatiny ny tsoka sy ny mamy avy amin' izay tsara sy masina».*Ibid*, boky 1, p. 14. Izany no nosoratan' ireo sakaizan' ny finoana taloha, tamin' ny taon-jato faharoambinifolo.

Nanomboka izao ny fanenjehana nataon' i Roma, nefa na dia tao aza ny kitay hazo sy ny fampijaliana, dia nitombo isa hatrany ny mpino, tsy niova ny fanambarany fa ny Baiboly no hany fahefana tsy mety diso raha ny momba ny fivavahana, ary «tsy misy olona azo terena hino, fa amin' ny alalan' ny fitoriana no itaomana azy» —*Martyn*, boky 2, p. 87.

Sendra tany sahaza azy ny fampianaran' i Lotera tany amin' ireo tany avaratra, ka nisy olona nafana fo sy nahatoky nitsangana hitory ny filazantsara. Avy amin' ny faritany iray tany Holandy no niavian' i Meuno Simons. Nobeazina ho katolika Romana izy, ary natokana ho pretra, ka tsy nahalala mihitsy ny Baiboly, sady tsy ta-hamaky azy rahateo fa natahotra sao voafitaka ho amin' ny «herezia». Raha nanindry azy mafy ny fisalasalana momba ny fiovan' ny mofo sy ny divay amin' ny Fandraisana ny Fanasan' ny Tompo, dia noraisiny ho fakam-panahy avy amin' i Satana izany ka niezaka ho afaka tamin' izany tamin' ny alalan' ny vavaka sy ny fiaiken-keloka izy, nefa tsy nisy vokany. Niroboka tamin' ny filalaovana izy, mba hiezahany hampangina ny feon' ny fieritreretana niampanga azy, nefa tsy nisy asany izany. Rehefa afaka fotoana fohy dia voatarika handinika ny Testamenta Vaovao izy, ary izany, nampian' ireo bokin' i Lotera, no nahatonga azy hanaiky ny finoana nohavaozina. Fotoana fohy taorian' izany, tao amin' ny tanàna kely teo akaikin' izay nitoerany dia nanatri-maso ny fanapahan-doha ny olona iray izay novonoina noho izy natao batisa fanindroany izy. Nitarika azy handinika ny Baiboly momba ny batisanjaza izany. Tsy nahita porofon' izany izy tao amin' ny Soratra Masina; hitany kosa fa ny fibebahana sy ny finoana no takina hatraiza hatraiza ho fepetra handraisana ny batisa.

Niala tamin' ny fiangonana Romana i Meuno ka nanokana ny fiainany ho amin' ny fampianarana ireo fahamarinana izay noraisiny. Tany Alemaina sy tany amin'ireo Tany Avaratra dia nisy antokon' olona mpitompo teny fantatra nitsangana, nitana fampianarana tsy nandeha amin' ny laoniny sady mamitaka, no nanevateva ny filaminana sy ny fahalalam-pomba, ary mitariká ho amin' ny herisetra sy ny fíkomiana. Tsinjon' i Meuno ny

vokatra mahatsiravina tsy maintsy haterak' ireo fihetsiketsehana ireo, ka dia niezaka mafy izy hanohitra ny fampianaran-diso sy ny teti-dromotra nataon' ireo mpitompo teny fantatra. Noho izany dia betsaka no efa voafitak' ireo olona ireo ka nahafoy izany fampianarana nampidi-doza izany, ary mbola nisy maro koa tavela tamin' ireo taranaky ny kristiana fahiny, izay vokatry ny fampianaran' ny Vaudois. Tamin' ireny no niasan' i Meuno tamin-kafanam-po fatratra sy nahombiazany tokoa. Nitety tany nandritra ny dimy ambiniroapolo taona izy, niaraka tamin' ny vady aman-janany, niaritra zava-tsarotra sy tsy fisiana mafy, ary matetika no notandindomin-doza ny ainy. Namakivaky ny Tany Avaratra sy Alemaina avaratra izy, niezaka indrindra tamin' ny antokon' olon-tsotra, nefa niely ombieny ombieny ny asa mangina vokatr' izany ezaka izany. Nahay nandaha-teny izy na dia voafetra ihany aza ny fianarana azony, lehilahy tsy azo nohozongozonina izy tamin' ny toetra marina nananany, nanetry tena sady nalemy paika izy, tia vavaka marina sy nafana fo, nasehony ho ohatra teo amin' ny fiainany ireo foto-kevitra nampianariny; koa dia babony hatoky azy ny vahoaka. Niparitaka sy nampahoriana ireo mpanaraka azy. Nijaly mafy izy satria noheverina ho naman' ireo mpitompo teny fantatra tany Munster. Na dia izany aza dia marobe ireo voaova fo tamin' ny asa nataon' i Meuno.

Na taiza na taiza dia nisy toerana nandraisan' ny besinimaro ireo fampianarana nohavaozina tahaka ny tany Holandy. Tamin' ny toerana vitsivitsy dia niaritra fanenjehana mafy kokoa ny mpanaraka izany fampianarana izany. Tany avaratr' i Alemaina dia nosakanan' i Charles fahadimy ny Reformasiona, ary ho nahafaly azy ny nandoro velona izay rehetra nanaiky izany, nefa nanangana fefy nanohitra ny fanjakany ireo andriandahy. Lehibe kokoa ny herin' i Charles tany Holandy, nifanesy haingana dia haingana ny lalàna nampanenjika. Ny mamaky ny Baiboly, ny mihaino na mitory izany, eny, na dia ny miteny ny momba izany fotsiny aza naha-voaheloka hodorana velona ary azo melohina ho faty koa ny mivavaka mangina amin' Andriamanitra, ny mandà tsy hiankohoka amin' ny sarivongana, na ny mihira ny Salamo. Na dia ireo izay manaiky ny fahadisoany aza dia voaheloka. raha lehilahy dia vonoina amin' ny sabatra, raha vehivavy dia alevim-belona. An' arivony no maty fony i Charles sy Filipo faharoa nanjaka.

Indray mandeha dia nisy fianakaviana iray manontolo nentina teo anatrehan' ny mpitsaran' ny Inquisition voampanga ho tsy nanatrika lamesa fa nivavaka tao an-tokantranony. Rehefa nanontaniana ny amin' ny fomba mangingina fanaony izy mianakavy ilay faralahin-drizareo dia namaly hoe: «Mandohalika izahay ary mivavaka amin' Andriamanitra hampahazava ny sainay sy hamela ny fahotanay; mivavaka ho an' ny mpanjakanay izahay mba hiroborobo ny fanjakany ary ho sambatra izy ; mivavaka ho an' ny mpanao fanjakana izahay, mba hiarovan' Andriamanitra azy ireny». *Wylie*, boky

18, toko 6. Voahetsiketsika mafy ny mpitsara sasany, nefa dia voaheloku hodorana velona ihany ilay raim-pianakaviana sy ny zanani-lahy anankiray.

Nifandanja tamin' ny haromotan' ny mpanenjika ny finoan' ireo maritiora. Tsy ny lehilahy ihany fa ny vehivavy manan-kaja sy ny tanora zazavavy koa no nampiseho herim-po tsy azo naketraka. Nijoro teo anilan' ny antontan-kitay nandoroana ravehivavy ary nibitsibitsika teny fampiononana ho azy raha mbola tao anaty lelafo izy, na nanao hira salamo izay nampahery azy.

«Ny tanora zazavavy dia nitsotra tao am-pasana nandevenana azy velona tahaka ny miditra ao amin' ny efitranony hatory amin' ny alina, na nandroso eo amin' ny antontan-kitay fandoroana velona, nitafy ny fitafiany tsara indrindra, tahaka ny handeha ho any amin' ny fampakaram-badiny».*Ibid*, boky 18, toko 6.

Toy ny tamin' ny andro izay nilofosan' ny fanompoan-tsampy hanapotika ny Filazantsara, dia zary voa nafafy ny ran' ny Kristiana (Jereo Tertullien, Apology andininy faha-50). Mainka nampitombo ny isan' ny vavolombelon' ny fahamarinana ny fanenjehana. Isan-taona isan-taona dia nampirisika ny hitohizan' ny asany mahatsiravina ny mpanjaka, izay tonga toy ny romotra noho ny fikirizana tsy resy nasehon' ny vahoakany; nefa herim-po very maina izany. Tamin' ny nanjakan' i Guillaume d'Orange, izay lehilahy mendrika, dia nahazo fahafahana hanompo an' Andriamanitra i Holandy ho vokatry ny Revolisiona.

Na tany an-tendrombohitr' i Piémont, na tany amin' ireo lohasahan' i Frantsa, na tany amin' ny morontsirak' i Holandy, dia voamariky ny ran' ny mpanaraka ny filazantsara ny fandrosoan' izany. Fa tany amin' ireo tany Avaratra kosa dia niditra tamim-pilaminana izany. Ireo mpianatra tany Wittenberg, rehefa niverina tany aminy dia nitondra ny finoana nohavaozina tany Scandinavie. Nanaparasaka ny fahazavana koa ny namoahana ny bokin' i Lotera. Ireo vahoaka tsotra be herim-po tany Avaratra dia niamboho ny fahalovana, ny rentirenty sy ny finoanoampoanan' i Roma ka nitodika tamimpifaliana ho amin' ny fahadiovana, ny fahatsorana sy ny fahamarinana manome aina ao amin' ny Baiboly.

Zanaky ny tantsaha i Tansen, ilay Mpanavao fivavahana tany Danemarka. Mbola kely izy dia hita fa nanan-tsaina maranitra: nangetaheta fianarana izy; nefa nolavina ho azy izany noho ny fahasahiranan' ny ray aman-dreniny ara-pivelomana ka niditra tao amin' ny tranon' ny relijiozy izy. Tao dia nahatonga ny fankasitrahan' ny lehibe ny fahadiovam-piainany, niaraka tamin' ny fahazotoany sy ny fahamarinany. Ny fanadinana dia nahitana fa nanan-talenta izy izay nampanantena fa ho afaka hanompo tsara ny fiangonana amin' ny ho avy. Tapaka ny hevitra fa hampianarina any amin' ny Oniversite any Alemaina na any Holandy izy. Navela hifidy izay sekoly tiany ilay tovolahy mpianatra, afa-tsy ny mankany Wittenberg no nandrarana azy. Tsy navela hidiran-doza amin' ny poizin' ny «herezia» ny manam-pahaizan' ny Lglizy. Izany no filazan' ny relijiozy.

Nankany Cologne i Tansen, izay fantatra tamin' izany, ary hatramin' izao, fa anankiray amin' ny manda mafin' ny fivavahana romana. Vetivety izy tao dia leon' ny fivavahana fibanjinana fotsiny ny any an-koatra narahin' ireo mpampianatra. Mby teo an-tanany tamin' izany fotoana izany koa ireo bokin' i Lotera Gaga sady finaritra izy namaky izany, ka naniry indrindra ny handray tombontsoa amin' ny fampianarana nivantana avy amin' ilay Mpanavao fivavahana. Nefa raha nanao izany izy dia tsy maintsy hanafintohina ny lehibeny tao amin' ny tranon-drelijiozy nisy azy, tsy hanana mpiantoka intsony. Tsy ela anefa dia tapaka ny heviny, ary vetivety foana taorian' izany dia nisoratra anarana ho mpianatra tany Wittenberg izy.

Rehefa niverina tany Danemarka izy dia niverina tao amin' ny tranon-drelijiozy nisy azy indray. Tsy mbola nisy niahiahy azy ho nanaraka ny fivavahan' i Lotera aloha; tsy nasehony ny tsiambaratelony, neta niezaka izy, tsy hahamaodimaody ny namany, fa hitarika azy kosa amin' ny finoana madio kokoa sy ho amin' ny fiainana masina kokoa. Nosokafany ny Baiboliny, nambarany ny tena heviny, ary nony farany dia nitory an' i Kristy ho fahamarinan' ny mpanota sy hany fanantenan' ny famonjena ho azy izy. Loza ny fahatezeran' ny tale izay nanorina fanantenana betsaka taminy ho tonga mpiaro mahafatra-po an' i Roma. Voaroaka avy hatrany tao amin' ny tranon-drelijiozy nisy azy izy ho amin' ny anankiray hafa ary nahiboka tao amin' ny efitrano kely sady narahi-maso fatratra.

Raiki-tahotra ireo mpiandry azy vaovao raha nahita fa vetivety dia maro tamin' ny relijiozy no nanambara fa tonga Protestanta. Avy tao amin' ny tsangam-by nanidy ny efitra kely nisy azy no namindrany ny fahalalana ny fahamarinana tamin' ireo namany. Raha havanana tamin' ny drafitra fampiasan' ny eglizy tamin' ny «heretika» ireo pretra danoa ireo, dia tsy ho re mihitsy intsony ny feon' i Tausen, fa tsy nataony tsara levenana tao amin' ny fonja iray ambanin' ny tany izy, fa noroahiny kosa tsy ho ao amin' ilay tranon-drelijiozy. Noho izany dia tsy nanan-kery izy ireo izao. Nisy didy vaovao navoakan' ny mpanjaka, izay miaro ireo mpampianatra ny fotopinoana vaovao.

Nanomboka nitoriteny i Tausen. Nivoha ho azy ny fiangonana, ka nifanizina ny olona hihaino azy. Nisy hafa koa nitory ny tenin' Andriamanitra. Niely hatraiza hatraiza ny Testamenta Vaovao voadika tamin' ny teny danoa. Ny ezaka nataon' ireo papista nandresy ny asan' Andriamanitra dia mainka nampiely izany, ary tsy ela dia nanambara ny fanekeny ny finoana nohavaozina i Danemarka.

Tany Soeda koa, dia nisy tovolahy izay efa nigoka tamin' ny fantsakan' i Wittenberg nitondra ny ranon' aina ho an' ireo mpiray tanindrazana taminy. Ny roa tamin' ireo mpitarika ny Fanavaozana ara-pivavahana tany Soeda, dia i Olaf sy Laurentius Petri, zanaky ny mpanefy tao Orebro, dia niofana tao ambany saokan' i Lotera sy i Mélanchton, ary nahadodona azy ireo ny

hampianatra ny fahama-rinana izay noraisiny tamin' izany. Tahaka ilay Mpanavao fivavahana nalaza, i Olaf dia nanetsiketsika ny vahoaka tamin' ny hafanam-pony sy ny fahaizany nandaha-teny, ary i Laurentius kosa, tahaka an' i Mélanehton, dia lalim-pahaizana, malina sy tony. Samy olona nirehitra tamin' ny fitiavam-bavaka izy ireo, ambony fahalalana ara-teolojia, ary feno herim-po tsy nety kivy tamin' ny fampandrosoana ny fahamarinana. Tsy hoe tsy nisy tsy akory ny fanoherana. Notairin' ireo pretra katolika ny vahoaka tsy nanam-pahalalana sy minomino foana. Matetika no notafihin' ny vahoaka romotra i Olaf Petri ary imbetsaka no zara raha voavotra ny ainy. Na dia izany aza dia nankasitrahan' ny mpanjaka ireo Mpanavao fivavahana ireo sady tao ambany fiarovany.

Fony nanapaka ny eglizy Romana dia latsaka tao amin' ny fahantrana sy voahosihosin' ny tsindrihazolena ny vahoaka. Nalana taminy koa ny Soratra Masina; ary satria fivavahana tsy nisy afa-tsy fisehoana ivelany sy fombam-pivavahana fotsiny no azy, izay tsy nitondra fahazavana ho an' ny saina, dia niverina ho amin' ny finoanoampoana sy ny fombafomban' ireo razambeny nanompo sampy izy. Nizara ho antoko nifanohitra ny firenena, ary nampitombo ny fahorian'ny rehetra ny adilahy tsy misy farany nifanaovany. Nanapa-kevitra ny mpanjaka fa hanao fanavaozana ao amin' ny fanjakana sy ny fiangonana, ka noraisiny tsara ireo mpanampy havanana teo amin' ny ady nanoherana an' i Roma.

Teo anatrehan' ny mpanjaka sy ireo mpitarika an' i Soeda, no niarovan' i Olaf Petri tamim-pahakingana fatratra ny fampianaran' ny finoana nohavaozina raha nanohitra ireo mpiaro an' i Roma izy. Nambarany fa tsy tokony horaisina ny fampianaran' ireo rain' ny Eglizy raha tsy mifanaraka amin' ny Soratra Masina, nambarany koa fa ny votoatin' ny fampianaram-pinoana dia asehon' ny Baiboly amin' ny fomba mazava sy tsotra, hany ka azon' ny olona rehetra fantarina. Hoy i Kristy: «Tsy Ahy ny fampianarako, fa an' Izay naniraka Ahy».[1] Ary nanambara i Paoly fa raha mitory filazantsara hafa noho izay efa noraisiny izy, dia voaozona».[2] «Ahoana ary hoy ilay Mpanavao fivavahana, no ahasahian' ny sasany hanao lalàna araka izay tiany ka handidy izany ho toy ny zavatra tsy maintsy ilaina amin' ny famonjena?» Wylie, boky 10, toko 4. Nasehony fa tsy manan-kery ireo lalàna navoakan' ny Eglizy rehetra mifanohitra amin' ny didin' Andriamanitra, ary notanany ilay foto-kevitra lehiben' ny Protestanta hoe: «ny Baiboly irery ihany» no fitsipiky ny finoana sy ny fomba fiaina.

Io adihevitra io, na dia tamin' ny toerana takontakona ihany aza no nanaovana azy, dia mampiseho amintsika «ny karazan' ireo olona mpikatroka tamin' ny tafiky ny Mpanavao fivavahana. Tsy hoe olona tsy nahita fianarana akory izy ireny, na koa tery saina, na mpiady hevitra mitabataba fotsiny fa lavitra an' izany ny tena izy; olona nandinika ny tenin' Andriamanitra

izy ireo, ary nahalala tsara ny fomba fampiasa ny fiadiana izay nomen' ny fitehirizam-piadian' ny Baiboly azy. Raha ny amin' ny fidadasiky ny fahalalana dia lasa alohan' ny androny izy ireny. Raha ny Foibe namirapiratra toa an' i Wittenberg sy Zurich ihany no iFantohan' ny saintsika sy ireo anarana be voninahitra indrindra toy ny an-dry Lotera sy Mélanehton, Zwingli sy Oecolampade, dia ilazana isika fa ireny no loha-lalan' ny Fihetsi-ketsehana, ary dia ampoizintsika rahateo Fa nanan-kery tsy hita noanoa izy ireny sy nanam-pahalalana nidadadika ; Fa tsy mba toy ireny ireo lefiny. Nefa kosa raha mitodika ho any amin' ilay toerana takontakona any Soeda isika sy ho amin' ny anarana tsy be mpahalala an' i Olaf sy Laurentius Petri, — izany hoe avy amin' ny mpampianatra ho amin' ny mpianatra — dia inona no hitantsika?. . .Olona lalin-tsaina sy teolojiana; olona izay mahafantatra araka ny tena izy, ny firafitry ny fahamarinan' ny filazantsara manontolo ary olona izay nandresy mora foana ireo mpampianatra mpanao hevi-petsy sy ny olomanan-kajan' i Roma»*Ibid*, boky 10, toko 4.

Vokatr' io adi-hevitra io dia nanaiky ny finoana Protestanta ny mpanjakan' i Soeda, ary tsy ela taorian' izany dia nilaza ny antenimieram-pirenena fa mankasitraka izany. Nadikan' i Olaf Petri tamin' ny fiteny Soeda ny Testamenta Vaovao, ary noho ny fanirian' ny mpanjaka dia noraisin' izy mirahalahy ho andraikitra ny fandikana ny Baiboly manontolo. Toy izany no nandraisan' ny vahoaka Soedoazy voalohany ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fitenindrazany. Nanome baiko ny Filan-kevitry ny fanjakana foibe fa manerana ny fanjakana dia hanazava ny Soratra Masina ny mpitandrina ary hampianarina mamaky ny Baiboly ny ankizy any am-pianarana.

Nisava niandalana kanefa tsy niato ny haizin' ny tsy fahalalana sy ny finoanoampoana noho ny fahazavan' ny filazantsara nitondra fitahiana. Afaka tamin' ny fanjakazakan' i Roma ny firenena ka nahatratra ny hery sy ny fahalehibeazana tsy mbola tratrany talohan' izao. Nanjary anankiray tamin' ny manda mafin' i Soeda ny fivavahana Protestanta. Taon-jato iray taty aoriana, tamin' ny fotoana nitataovan' ny loza makadiry indrindra dia io firenena kely sy nalemy hatrizay io — ilay hany sahy sy nanatsotra tanana hanampy tany Eoropa — io no tonga nanafaka an' i Alemaina tamin' ilay ady nahatsiravina natao hoe: «Ady naharitra Telopolo Taona». Efa nadiva ho tafaverina indray teo ambany vahohon' i Roma iny Eoropa avaratra rehetra iny. Ireo tafika Soedoazy no nanampy an' i Alemaina hampiverina ilalana ny fahombiazan' ny papa, ka nahazoan' ny Protestanta nivavaka malalaka — na ny mpanaraka an' i Calvin na ny mpanaraka an' i Lotera, ary nahatafaverina indray ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana tao amin' ireo tany izay efa nanaiky ny Reformasiona.

**Fanamarihana**

1 Jao.7:16

2 Gal.1:8

# 14

## *Ireo mpanavao fivavahana Anglisy taty aoriana*

Raha mbola teo am-panokafana ny Baiboly nihidy tamin' ny vahoaka Alemana i Lotera, i Tyndale kosa dia nasesiky ny Fanahin' Andriamanitra hanao torak' izany koa tany Angletera. Nadika avy tamin' ny teny Latina ny Baibolin' i Wiclef ka nisy diso betsaka. Tsy natonta printy mihitsy izy io ary lafo loatra ny vidin' ny boky soratanana ka olom-bitsy no nahazo azy afa-tsy ny mpanankarena sy ny olona ambony; ary ankoatr' izany, dia noraran' ny Lglizy mafy izany ka azo lazaina fa tsy niely firy. Tamin' ny taona 1516, herintaona talohan'ny namoahan' i Lotera ireo foto-kevitra nanoherany ny Indolzansy, dia navoakan' i Erasmes tamin' ny teny Grika sy Latina, ny dikan' ny Testamenta Vaovao nataony. Tamin' izay no voalohany namoahana ny tenin' Andriamanitra tamin' ny teny nanoratana azy. Betsaka ny diso nahitsy tamin' ireo dikan-teny teo aloha, hany ka voaseho mazava kokoa tao amin' io asa io ny hevitry ny teny. Nitarika olona maro tao amin' ireo nahita fianarana hanana fahalalana bebe kokoa ny fahamarinana izany ka nanome ainga vaovao ho an' ny asan' ny fanavaozana. Nefa ny sarambabembahoaka tamin' ny ankapobeny dia mbola tsy nanana ny Tenin' Andriamanitra. I Tyndale no hameno ny asan' i Wiclef amin' ny fanomezany ny Baiboly ho an' ny mpiray tanindrazana aminy.

Mpianatra mazoto sy mpikaroka ny fahamarinana nafana fo izy, ary nandray ny filazantsara avy tamin' ny Testamenta Vaovao navoakan' i Lrasmes tamin' ny teny Grika. Tsy nanan-tahotra izy nitory ny fampianarana naharesy lahatra azy, ary noantitranteriny fa tsy maintsy sedraina amin' ny Soratra Masina ny fampianarana rehetra. Izao no navalin' i Tyndale ny fihamboan' ny Eglizy ho nanome ny Baiboly, ka dia izy irery ihany no afaka

manazava azy. «Fantatrareo ve izay nampianatra ny voromahery hahita ny hazany? Eny, ary io Andriamanitra io ihany no mampianatra ny zanany noana hitady ny Rainy ao amin' ny teniny. Lavitra izany ianareo nanome anay ny Soratra Masina, fa ianareo indray aza no nanafina izany taminay; ianareo no nandoro izay nampianatra izany, ary raha azonareo natao. dia ny Soratra Masina mihitsy no ho nodoranareo».—*D'Aubigné, History of the Reformation of the Sixteenth Century*, boky 18, toko 4.

Nahaliana fatratra ny toritenin' i Tyndale; betsaka no nanaiky ny fahamarinana. Nefa mailo ireo pretra, ka raha vantany vao niala tamin' ny toeraniasany izy dia tonga izy ireo miezaka hanimba ny asany tamin' ny fandrahonana sy ny dika vilana ataony. Ary matetika loatra no nahomby izy. «Inona no tokony hatao?» hoy izy. «Raha mbola mamafy amin' ny toerana iray aho, dia simban' ny fahavalo ny saha vao nilaozako. Tsy afaka ho amin' ny toerana rehetra amin' ny fotoana iray aho. Raha mba manana ny Soratra Masina amin' ny tenin-drazany moa ny Kristiana, dia ho azony atao ny manohitra samirery ireto mpanao hevi-diso ireto! Raha tsy misy Baiboly dia tsy azo atao ny mampitoetra ny mpiangona ao amin' ny fahamarinana».*Ibid*, boky 18, toko 4.

Fikasana vaovao izao no nameno ny sainy. «Tamin' ny fitenin' Isiraely», hoy izy, «no nihirana ny Salamo tao amin' ny tempolin' i Jehovah;ka moa tsy hiteny anglisy amintsika koa ve ny filazantsara?... Tokony ho kely kokoa va ny fahazavana horaisin' ny fiangonana amin' ny mitataovovonana noho ny tamin' ny vao nangiran-dratsy?. . . Tsy maintsy hamaky ny Testamenta Vaovao amin' ny tenin-drazany ny Kristiana. Tsy mifartaraka ireo samy mpampianatra tao amin' ny Fiangonana. Ny Baiboly ihany no ahazoan' ny olona ho tonga amin' ny fahamarinana. «Ny iray nitana ny hevitry ny mpampianatra ngezalahy iray, ny anankiray ny an' ny hafa. . . Ary ireo mpanoratra ireo samy manohitra ny hafa avy. Ahoana ary no hanavahantsika izay milaza ny marina sy izay milaza ny diso ? . . . Ahoana ?. . . Amin' ny tenin' Andriamanitra marina tokoa». -*Ibid*, boky 18, toko 4. Tsy ela taorian' izany dia nisy mpampianatra katolika ngezalahy tapipahalzana, niady hevitra taminy niteny hoe: «Mahasoa antsika kokoa ny tsy ananantsika ny didin' Andriamanitra noho ny tsy ananantsika ny an' ny papa». Novalian' i Tyndale hoe: «Mihantsy ny papa sy ny lalàny rehetra aho; ary raha miaro ny aiko Andriamanitra, tsy hisy taona maro akory dia hahatonga zazalahy mpampiasa angady tarihina hahalala bebe kokoa sy Soratra Masina noho ianao aho». — Anderson,*Annals of the English Bible*, pejy 19.

Ilay fikasana nokolokoloiny hanome ny Testamenta Vaovao ho an' ny vahoaka amin' ny tanindrazany dia nihamafy orina izao, koa avy hatrany dia nanomboka niasa izy.

Voaroaka niala ny tranony noho ny fanenjehana izy, ka nankany Londres, ary nanohy ny asany tao tsy voahelingelina nandritra ny fotoana

fohy. Nefa nanery azy handositra ny herisetran' ny papista. Toa nikatona tsy handray azy i Angletera manontolo, ka dia nanapakevitra hitady fialofana tany Alemaina izy. Tany no nanombohany nanonta ny Testamenta Vaovao tamin' ny teny Anglisy. Indroa no niato ny asa; nefa rehefa nosakanana tsy hanonta izany tamin' ny tanàna iray izy, dia nankany amin' ny tanàna hafa. Nony farany dia tonga tany Worms izy, izay toerana niarovan' i Lotera ny filazantsara teo anatrehan' ny Filankevitry ny fanjakana foibe, taona vitsy talohan' io. Nisy sakaizan' ny Reformasiona maro tao amin' io tanàna tranainy io, ka dia afa-nanohy ny asany tao tsy nisy nanakantsakana intsony i Tyndale. Vetivety dia nisy telo arivo ny Testamenta Vaovao vita, ary tamin' iny taona iny ihany no natonta fanindroany izany.

Nanohy ny asany tamin-kafanam-po sy tamim-pikirizana fatratra izy. Na dia nambenan' ireo manam-pahefana anglisy tamin' ny fomba faran' izay mafy aza ny seranany, dia tafiditra an-tsokosoko tao Londres tamin' ny fomba maro samihafa ihany ny tenin' Andriamanitra ary avy dia niely eran' ny tany anglisy. Niezaka ny hanafoana ny fahamarinana ireo mpomba ny papa, nefa tsy nisy vokany izany. Indray andro dia novidin' ny Evekan' i Durham tamin' ny mpivaro-boky anankiray sakaizan' i Tyndale ny Baiboly rehetra teo am-pelatanany, ny antony dia ny handorany azy, noheveriny mantsy fa hanakantsakana betsaka ny asa izany. Ny nifanohitra tamin' izany anefa no nitranga, satria ny vola azo dia nividianana fitaovana nenti-nanonta ny vaovao sy tsaratsara kokoa, izay tsy ho azo natao ràha tsy noho io antony io. Rehefa nogadrana i Tyndale taty aoriana, dia nilazana izy fa hafahana raha lazainy ny anaran' ireo nanampy azy tamin' ny lany nanontana ny Baiboliny. Novaliany fa ny evekan' i Durham no nanao mihoatra noho ny olona rehetra, satria novidiny ny boky rehetra tafajanona teo am-pelatanana, ary izany no nahazoany nandroso tamin-kerim-po tokoa.

Nisy namadika an' i Tyndale teo an-tanan' ireo fahavalony, ary dia notanana am-ponja volana maro izy. Farany dia nijoro ho vavolombelon' ny finoany tamin' ny fahafatesan' ny maritiora izy; nefa kosa ireo fiadiana nomaniny dia nahazoan' ny miaramila hafa nanohy ny ady naridritra ireo taonjato nifandimby hatramin' izao androntsika izao.

Noantitranterin' i Latimer avy eny amin' ny polipitra fa tokony hovakina amin' ny fitenin' ny vahoaka ny Baiboly. Ny mpanoratra ny Soratra Masina, hoy izy, dia «Andriamanitra mihitsy»; ary mandray anjara amin' ny hery sy ny maha-mandrakizay ny Mpanoratra azy io Soratra Masina io. «Tsy misy mpanjaka, amperora, mpitondra fanjakana sy mpanapaka. . . izay tsy voafehy tsy hankatò. . . ny teniny masina». «Aoka isika tsy handeha amin' ny lala-miolaka, fa aoka ny tenin' Andriamanitra no hitarika antsika: aoka isika tsy hanaraka. . . ireo nialoha lalana antsika, ary tsy hikatsaka izay nataony, fa hitady kosa izay tokony ho nataony».

Hugh Latimer, «*Toriteny voalohany natao teo anatrehan' ny Mpanjaka Edouard fahenina*».

Nitsangana hiaro ny fahamarinana i Barnes sy i Erith izay sakaiza mahatokin' i Tyndale. Nanaraka koa ry Ridleys sy Cranmer. Olona nanampahaizana ireo nitarika ny Reformasiona anglisy, ary ny ankabeazany dia nohajaina fatratra noho ny hafanam-pony na ny fitiavam-bavaka teo amin' ireo mpanaraka an' i Roma. Vokatry ny fahalalany ny fahadisoan-kevitry ny «seza fiandrianan' ny Ray masina» no nanoherany ny fahefana papaly. Ny fahafantarany ireo zava-miafin' i Babylona dia nanome hery bebe kokoa ny fijoroany ho vavolombelona hanohitra azy.

«Izao dia hametraka fanontaniana hafahafa aho», hoy i Latimer, «Iza no eveka sy mpitondra fiangonana ambony izay mazoto indrindra eran' i Angletera manontolo ? . . . Hitako fa mihaino sy manongilan-tsofina fatratra ianareo hilazako ny anarany. . . Hambarako aminareo ary : ny devoly izany. . . Tsy miala na oviana na oviana any ivelan' ny fitandremany mihitsy izy, antsoy izy rehefa tianao fa ao foana izy. . . eo am-perin' asa lalandava izy. Milaza marina aminareo aho fa tsy mba hahita azy mitomoe-poana na oviana na oviana ianareo. . . Ao amin' izay itoeran' ny devoly. . . dia miala ny boky, ary asandratra ny labozy ; ailika ny Baiboly, fa asandratra ny sapile ; miala ny fahazavan' ny Filazantsara, fa asandratra ny fahazavan' ny labozy, eny, na dia amin' ny mitataovovonana aza, . . . Atao atao fampidiram-bola. . . Miala ny fanafiana ny mitanjaka, ny mahantra, ny kilemaina, fa misandratra ny fanaingoana ny sary vongana sy ny fandravahana amim-pifaliana ny vatan-kazo sy ny vato, asandratra ny lovan-tsofin' ny olombelona sy ny lalàny, ary atao ambany kosa ny fampianarana araka an' Andriamanitra sy ny teniny masina indrindra. . . Raha mba mazoto hamafy ny voambarin' ny fampianarana tsara mantsy ireo pretra ambony eo amintsika tahaka an' i Satana mamafy ahi-dratsy sy tsimparifary». — *Ibid*, «Toriteny momba ny angadin' omby».

Ny foto-kevitra lehibe notanan' ireo Mpanavao fivavahana ireo dia izay notanan' ny Vaudois, ry Wiclef, ry Jean Hus, ry Lotera, ry Zwingli, ary ireo rehetra niray tamin' izy ireo dia ny fahefan' ny Soratra Masina tsy mety diso amin' ny maha-fitsipiky ny finoana sy ny fiainana an' izany. Nolaviny ny zon' ny papa, ny an' ny Konsily, ny an' ireo Rain' ny fiangonana, ny an' ny mpanjaka, hifehy ny feon' ny fieritreretana raha ny momba ny fivavahana. Ny Baiboly no fahefana ho azy, ary nosedrainy tamin' ny fampianarany ny foto-pinoana rehetra sy ny fihamboana rehetra. Ny finoana an' Andriamanitra sy ny Teniny no nanohana ireo olo-masina ireo raha namoy ny ainy teo amin' ny antontan-kitay fandoroana izy. «Mahereza, hoy Latimer tamin' ilay maritiora namany raha nadiva hampangina ny feony ny lelafo. Handrehitra fanilo eto Angletera isika

anio, noho ny fahasoavan' Andriamanitra, izay itokisako fa tsy ho faty na oviana na oviana» *Works of Hugh Latimer*, boky 1, p. 13.

Tany Ekaosy dia tsy ary levona avokoa ireo voan' ny fahama-rinana nafafin' i Columba sy ny mpiara-miasa taminy. An-jato taona maro taty aorian' ny nileferan' ny fiangonana tany Angletera tamin' i Roma, dia mbola nitana ny fahafahany ny fiangonana tany Ekaosy. Tamin' ny taonjato faharoa ambinifolo anefa dia tafaorina tao ny fahefan' ny papa, ary tsy nisy tany nanamparany ny fahefany tsy refesi-mandidy toy ny tao. Tao ny haizina no farany nikitroka. Nefa dia nisy ihany tara-pahazavana izay nanagorobaka ny haizimpito ka nitondra ny fanantenan' ny andro efa hiposaka. Ireo Lollards avy any Angletera nitondra ny Baiboly sy ny fampianaran' i Wiclef, dia nahavita be tamin' ny fiarovana ny fahalalana ny Filazantsara, koa samy nanana ny vavolombelony sy ny maritiorany avy ny taonjato rehetra.

Niaraka tamin' ny fiandohan' ny Reformasiona lehibe no nisehoan' ireo bokin' i Lotera, ary nanaraka izany ny Testamenta Vaovao tamin' ny teny anglisy nadikan' i Tyndale. Tsy tandrin' ny fahefana isan-tsokajiny tao amin' ny eglizy ireo mpitondra hafatra nitety mangingina ny tendrombohitra sy ny lohasaha, izay efa nanome rehitra vaovao ny fanilon' ny fahamarinana izay efa saiky maty tany Ekaosy, ary nandrava ny asa izay nataon' i Roma nandritra ny efa-jato taona nampahoriany azy.

Dia nanome ainga vaovao sy fihetsiketsehana ny ran' ny maritiora. Taitra tampoka ireo mpitarika papista nahatsapa ny loza izay nananontanona ny asany, ka natolony hodorana velona ny zanak' i Ekaosy sasany anisan' ny mendrika sy nanan-kaja indrindra. Tsy inona anefa no nataony fa nanangana polipitra ihany, izay nandrenesana eran' i Ekaosy ny tenin' ireo vavolombelona teo am-pialan' aina, teny nampientanentana ny vahoaka izay nanana fahatapahankevitra tsy mety maty fa hanakifika ny gadran' i Roma.

Namoy ny ainy hodorana velona i Hamilton sy Wishart izay sady andrian-toetra no andriana fiaviana rahateo ary nanaraka azy ireo tamin' izany andiana mpianatra avy amin' ny sarambabembahoaka. Nisy anefa anankiray niseho avy tamin' ny antontan-kitay nandoroana an' i Wishart izay tsy hain' ny lelafo nampanginina, anankiray izay notarihin' Andriamanitra hampaneno ny lakolosim-patin' ny fahefana papaly tany Ekaosy.

John Knox dia niala tamin' ny lovan-tsofina sy ny fivavahana niorina tamin' ny fihetseham-panahy fotsiny teo amin' ny fiangonana ka nivelona tamin' ireo fahamarinan' ny tenin' Andriamanitra; ary ny fampianaran' i Wishart koa dia nanamafy ny fanapahan-keviny hiala tamin' ny fifandraisana tamin' i Roma ka hiaraka amin' ireto Mpanavao fivavahana voaenjika ireto.

Raha nampirisika azy ny namany hanao ny asan' ny mpitoriteny, dia nihemotra sady nangovitra teo anatrehan' izany andraikitra izany izy, ary taorian' ny andro maromaro nitokanany samirery sy niadiany mafy tamin'

ny tenany vao nanaiky izy. Fa rehefa nanaiky io toerana io kosa izy, dia nandroso hatrany tamim-panapahan-kevitra hentitra sy herim-po tsy azo nohozongozonina nandritra ny nahavelomany. Tsy natahotra ny nifanatrika tamin' ny olona ity Mpanavao fivavahana nahatoky ity. Ny afo nandorana ny maritiora, izay nirehitra nanodidina azy, dia vao mainka nampirehitra ny hafanam-pony bebe kokoa. Niraviravy teo ambony lohany ny famakin' ny mpanjakazaka, nefa tsy nihemotra izy, ary namelively tamin' ny kapoka mafy ny teo ankavia na ny teo ankavanana handrodanany ny fanompoan-tsampy.

Rehefa nifanatri-tava tamin' ny mpanjakavavin' i Ekaosy izay nampangatsiaka ny hafanam-pon' ny maro tamin' ireo mpitarika protestanta, i John Knox, dia tsy nisalasala ny hitsangana ho vavolombelon' ny fahamarinana. Tsy resin-tambitamby izy, na nitakemotra teo anoloan' ny fandrahonana. Niampanga azy ho «heretika» ny mpanjakavavy. Nampianatra ny vahoaka handray fivavahana izay voararan' ny fanjakana ianao, hoy ny nambarany, koa noho izany dia nandika ny didin' Andriamanitra izay mandidy ny olom-peheziny hankatò ny andriana nitondra azy. Hentitra ny valin-tenin' i Knox nanao hoe: «Koa satria tsy avy tamin' ny mpanjaka ety an-tany no niavian' ny herin' ny fivavahana marina sy ny fahefany tany amboalohany fa avy tamin' Andriamanitra mandrakizay irery ihany, dia tsy voafehy hampirafitra ny fivavahany araka izay mahafaly ny andriana mitondra azy ny olom-pehezina. Matetika mantsy dia ny mpanjaka no tsy mahalala indrindra mihoatra noho ny hafa rehetra ny momba ny tena fivavahana amin' Andriamanitra marina. . . Raha ny taranak' i Abrahama manontolo no nandray ny fivavahan' i Farao izay nifehy azy ireo ela, dia manontany anao aho, tompokovavy, mba fivavahana manao ahoana moa no teto amin' izao tontolo izao? Na koa raha nanaraka ny fivavahan' ny amperora Romana daholo ny olona tamin' ny andron' ny Apostoly, dia mba fivavahana toy inona moa no nisy nanerana ny tany? . . . Noho izany, tompokovavy, dia tsinjonao fa tsy voafehy tsy maintsy hanaraka ny fivavahan' ny andriana mitondra azy tsy akory ny olom-pehezina, na dia voadidy hankatò azy ireo aza izy».

Hoy i Maria: «Ianao mandray ny Soratra Masina amin' ny fomba iray, ary ny mpampianatra katolika Romana mandray azy amin' ny fomba hafa; koa iza no hinoako, ary iza no hitsara izany?»

«Aoka hino an' Andriamanitra Izay miteny amin' ny fomba mazava ao amin' ny teniny ianao», hoy ny navalin' ny Mpanavao fivavahana; amin' izay tafahoatra noho ny tenin' Andriamanitra. dia aoka ianao tsy hino na ny andaniny na ny ankilany. Mazava ho azy ny tenin' Andriamanitra ; ary raha misy maizimaizina amin' ny toerana iray, dia ny Fanahy Masina, Izay tsy manohitra ny tenany na oviana na oviana, no manazava izany bebe kokoa amin' ny toeran-kafa, hany ka tsy mety hisy fisalasalana ho tafatoetra afa-tsy amin' izay mikiribiby hijanona eo amin' ny tsy fahalalany. David Laing, *The Collected Works of John Knox*, boky 2. pp. 281, 284.

Toy izany ireo fahamarinana nambaran' ilay Mpanavao fivavahana tsy nanan-tahotra ho ren' ny sofin' ny andriamanjaka, na dia nety nampidi-doza ny ainy aza izany. Izany herim-po tsy mety lefy izany no nifikirany tamin' ny zava-nokinendriny, ka nivavaka sy niady ny adin' i Jehovah izy, mandra-pahafak' i Ekaosy tamin' ny fahefan' ny papa.

Tany Angletera dia nampihena ny fanenjehana fa tsy nampijanona azy tanteraka tsy akory ny fametrahana ny fivavahana Protestanta ho fivavahan' ny firenena. Betsaka ireo fampianaran' i Roma no nialana, nefa tsy vitsy koa ireo endriny notazonina. Notsipahina ny fanekena ny papa ho fahefana faratampony, nefa ho solony dia ny mpanjaka no nosatroham-boninahitra ho lohan' ny fiangonana. Tao amin' ny fanompoam-pivavahan' ny fiangonana dia nisy fiatahana lavitra tamin' ny fahadiovana sy ny fahatsoran' ny filazantsara. Mbola tsy nazava ny foto-kevitra lehibe momba ny fahafahana ara-pivavahana. Na dia indraindray tadiavina ihany aza no nampiasan' ireo mpitondra Protestanta ireo ny habibiana mahatsiravina nampiasain' i Roma tamin' ny «herezia», dia tsy nekena kosa ny zon' ny tsirairay hanompo an' Andriamanitra araka ny baikon' ny feon' ny fieritreretan' ny tenany. Noterena hanaiky ny fampianarana sy hanaraka ny fombam-pivavahan' ny fiangonana naorina ny rehetra. Niaritra fanenjehana nandritra ny taonjato maro izay nandà izany indraindray mafimafy kokoa, indraindray moramora kokoa.

Tamin' ny taonjato fahafito ambin' ny folo dia nisy an' arivony ny mpitandrina voaroaka tamin' ny toerany. Norarana ny vahoaka ary norahonana handoa sazy mavesatra, hampidirina am-ponja, sy hatao sesi-tany, tsy hanatrika fotoam-pivavahana afa-tsy izay nankatoavin' ny fiangonana ihany. Ireo fanahy nahatoky, izay tsy nahazaka tsy hivory mba hanompo an' Andriamanitra dia voatery nihaona tany amin' ny toerana takontakona, sy tany ambany tafontrano maizimaizina, ary tamin' ny fizaran-taona sasany, dia tany anaty ala amin' ny misasak' alina. Tany anaty ala mikirindro no nialokalofany, izay tempoly vita-nanahary rahateo ; tany no nivorian' ireo zanak' Andriamanitra niely patrana sy nenjehina, mba handoatra ny fanahiny tamin' ny vavaka sy ny fiderana. Nefa na toy inona na toy inona fitandremana nataony dia betsaka no nijaly noho ny finoany. Feno hika ny tranomaizina. Voasaraka ny fianakaviana. Maro no voaroaka ho any an-tany hafa. Momba ny vahoakany anefa Andriamanitra ka tsy afaka nampangina ny teni-vavolombelona nataony ny fanenjehana. Maro no voatarika hiampita ny ranomasimbe ho any Amerika ary tany no nanorenany ny fototry ny fahafahana ara-panjakana sy ara-pivavahana izay fiarovana sy voninahitr' io tany io.

Tahaka ny tamin' ny andron' ny apostoly, dia mainka nampandroso ny Filazantsara ny fanenjehana. Tao amin' ny fonja iray maharikoriko hipoky ny mpanao fitondrantena ratsy sy ny mpamadika, no niainan' i John Bunyan tamin' ny rivo-piainan' ny lanitra marina, ary tao no nanoratany ilay tantara

fanoharana mahagaga momba ny dian' ny mpivahiny avy amin' ny tany fandravana ho amin' ilay tanàna any an-danitra. Nandritra ny roanjato taona na nihoatra no nitenenan' io feo avy tao amin' ny tranomaizin' i Bedford io tamin-kery nampientanentana ny fon' ny maro. Ny dian' ny Mpivahinin' i Bunyan sy ny Fahasoavana be dia be ho an' ny Lohan' ny Mpanota dia nitarika ny dian-tongotry ny olona maro ho amin' ny lalan' ny fiainana.

Ry Baxter, ry Flavel, ry Alleine sy ireo olona hafa manan-talenta, nahita fianarana sy nanao fanandramana kristiana lalina dia nijoro tamin-kerim-po hiaro ny finoana izay efa natolotra indray mandeha monja ho an' ny olomasina. Tsy ho levona na oviana na oviana ny asan' ireo olona izay noroahin' ny mpifehy eto amin' izao tontolo izao sy tsy narovan' ny lalàny. Ny boky nosoratan' i Flavel mitondra ny lohateny hoe: «*Loharanon' aina* » (Foutain of Life) sy «*Fomba fiasan' ny fahasoavana*»; (Method of Grace) dia nampianatra olona an' arivony ny fomba fametraka ny fanahy ao ambany fiarovan' i Kristy. Ny bokin' i Baxter «*Mpitandnna nohavaozina*»; (Reformed Pastor) dia fitahiana ho an' ny maro izay naniry fifohazana tao amin' ny asan' Andriamanitra, ary ilay hoe «*Fiadanana mandrakizay ho an' ny olona masina*» (Saint's Everlasting Rest) dia nahatanteraka ny asany tamin' ny fitarihan' ny fanahy ho eo amin' ny «Sabata fitsaharana» izay misy ho an' ny olon' Andriamanitra.

Zato taona taty aoriana, tamin' ny andro nanjakan' ny haizina ara-panahy, dia niseho Whitefield Wesley mirahalahy mpitondra fahazavana avy amin' Andriamanitra. Raha teo ambany fifehezan' ny fiangonana nankatoavin' ny fanjakana ny vahoaka anglisy dia niverina ilalana ho amin' ny fihemorana ara-pivavahana izay saiky tsy misy valaka tamin' ny fanompoan-tsampy izy. Nahaliana ny mpitondra fivavahana ny nandinika ny fivavahana «natioraly» (araka ny fisainan' olombelona fotsiny fa tsy araka ny fanambaran' Andriamanitra), ary saika voafaoka tao anatin' izany ny fampianarany momba ny teolojia. Ireo sarangan' olona ambony dia nanao ho fihomehezana ny fitiavam-bavaka ka nirehareha izy ireo fa lasa ambony noho izay natao hoe fitompoan-teny fantatra ara-pivavahàna. Ny ambanimbany kokoa kosa dia nitakizina tao amin' ny tsy fahalalana sy nitolo-batana ho amin' ny toetra ratsy, kanefa ny fiangonana tsy nanana herim-po na finoana intsony hanohana ny fahamarinana izay efa nirefarefa.

Ilay fampianarana lehibe momba ny fanamarinana amin' ny finoana, izay nampianarin' i Lotera mazava tokoa, dia efa saiky very tadidy, ary ny fotokevitr' i Roma ny amin' ny fitokisana ny asa tsara hahazoam-pamonjena no nandray ny toerany. Whitefield sy Wesley mirahalahy izay mambra tao amin' ny fiangonana nankatoavin' ny fanjakana, dia nitady tamin-kitsim-po ny fankasitrahan' Andriamanitra, ary nampianarina azy fa ny fahatsarantoetra sy ny fahavarana ireo fombafomba ivelany. ara-pivavahana no ahazoana antoka izany.

Raha narary i Charles Wesley indray mandeha ka nahatsapa fa nanatona azy ny fahafatesana, ka nanontaniana ny amin' ny iankinan' ny fanantenany ny fiainana mandrakizay, dia hoy ny valin-teniny: «Nanao izay fara-heriko tamin' ny fanompoana an' Andriamanitra aho». Rehefa niseho ho tsy afa-po tanteraka ilay sakaizany nametraka fanontaniana, dia nieritreritra i Wesley hoe : «Fa ahoana ? tsy ampy hanankinana ny fanantenana va ny fiezahako rehetra ? Dia ho zava-poana eo imasony ve ny fiezahako rehetra ? Tsy manan-javatra hafa hitokisako aho». — John Whitehead,*Life of the Rev. Charles Wesley*, p. 102. Toy izany ny fikitroky ny haizina nandrakotra ny fiangonana, izay nanarona ny fanavotana, nandroba tamin' ny voninahiny ka nanodina ny sain' ny olona hiala tamin' ny hany fanantenan' ny famonjena azy — dia ny ran' Ilay Mpanavotra voahombo teo amin' ny hazo fijaliana.

Voatarika hahita i Wesley sy ireo namany fa ao am-po ny tena fivavahana marina, ary mahatratra hatramin' ny fisainana ny lalàn' Andriamanitra tahaka ny amin' ny teny sy ny asa atao ihany. Niaiky izy fa tena ilaina ny fahamasinan' ny fo tahaka ny ilàna ny fihetsika ivelany ho mendrika, ka tamin-kafanam-po fatratra no nitadiavana fiainana vaovao. Tamin-jotom-po fatratra narahimbavaka no niezahany handresy ny ratsy manjaka ao amin'ny fo tsy voaova. Nivelona tamin' ny fiainana feno fahafoizan-tena sy fitiavana ary fanetrentena izy; nanaraka tamin' ny fomba hentitra hatramin' ny antsipirian' ireo fepetra izay noheveriny fa hanampy azy amin' ny fahazahoany izay niriny indrindra, dia ilay fahamasinana izay ahazoany antoka ny fankasitrahan' Andriamanitra. Tsy azony anefa ny zavatra notadiaviny. Zava-poana ny fiezahany ho afaka tamin' ny fanamelohan' ny fahotana na ny hamolaka ny heriny. Tsy nisy valaka tamin' ny nahazo an' i Lotera raha tao amin' ilay efitrano kely nitoerany tany Erfart izany. Io fanontaniana io ihany koa no nampahory ny fanahiny. «Fa aiza no hahamarina ny zanak' olombelona eo anatrehan' Andriamanitra?»[1]

Ny afon' ny fahamarinan' Andriamanitra izay efa akaiky ho faty teo amin' ny alitaran' ny fivavahana Protestanta, dia nahazo rehitra vaovao indray avy tamin' ilay fanilo niampitampita ny taonjato nifandimby tamin' ny alalan' ireo kristiana tany Bohemia. Taorian' ny Reformasiona dia nohosihosen' ireo andian-jiolahy nalefan' i Roma ny fivavahana Protestanta tany Bohemia. Voatery nandositra izay rehetra nandà tsy hiala tamin' ny fahamarinana. Nisy tamin' izy ireo nahita fialofana tany Saksonia, ka nitana ny finoana taloha tao izy. Ary avy tamin' ny taranak' ireo kristiana ireo no niavian' ny fahazavana tonga tany amin' i Wesley sy ny namany.

Rehefa yoahosotra ho mpitandrina i John sy Charles Wesley, dia nalefa ho iraka tany Amerika izy. Nisy Moraviana maromaro tafara-dia taminy teny an-tsambo. Sehatry ny tafio-drivotra mahery ry zareo teny an-dalana ary rehefa nifanatrika tamin' ny fahafatesana i John Wesley dia nahatsapa fa tsy

azony antoka fa vita fihavanana tamin' Andriamanitra izy. Ry zareo Alemana kosa dia nampiseho fahatoniana sy fahatokisana izay tsy mba fantany.

«Efa hatry ny ela», hoy izy, «no nandinihako ny toetra mendrika niseho tamin' ny fihetsik' izy ireo». Nanome porofo hatrany ny amin' ny fanetren-tenany izy ireo tamin' ny fanaovany asa ambany ho an' ny mpandeha hafa, izay tsy hisy anglisy hanao izany mihitsy; ary tsy nitady na handray karama avy tamin' izany akory izy; fa mahasoa ny fony feno avonavona izany, ary nanao be lavitra taminy ny Mpamonjiny be fitiavana. Ary isan' andro isan' andro dia nahazoan' izy ireo nampiseho fahalemem-panahy izay tsy nety tafintohina na tamin' inona na tamin' inona. Raha natositosika izy, na nodonina, na naronjina hianjera amin' ny tany, dia mitsangana ary lasa mandeha tsy misy fitarainana hita eo am-bavany. Ankehitriny dia tonga ny fotoana hisedrana azy raha tàhiny afaka amin' ny toe-tsaina matahotahotra izy tahaka ny nahafahany tamin' ny avonavona, ny fahatezerana sy ny fanaovana valifaty. Raha nihira indrindra ny salamo nanombohany ny fotoam-pivavahany ry zareo, dia nisafoaka ny ranomasina ka nandrovidrovitra ny lain-tsambo lehibe indrindra sy nanafotra ny sambo, ary nibosesika tany anelanelan' ireo tokotanin-tsambo nifanongoa tahaka ny efa nitelina anay sahady ny lalina. Nikiakiaka mafy ry zareo Anglisy. Tsy taitra kosa ry zareo Alemana fa nanohy ny hirany. Nánontany ny anankiray taminy aho tatý aoriana : «Tsy natahotra ve ianareo ?» Hoy ny navaliny : «Misaotra an' Andriamanitra aho fa tsy natahotra izahay». «Fa ireo zaza amambehivavy teo aminareo, tsy natahotra ve ?» hoy ny fanontaniako. Namaly moramora izy hoe : «Tsia, tsy matahotra ny ho faty ireo zaza amam-behivavy miaraka aminay» *Whitehead Life of the Rev. John Wesley*, p. 10.

Rehefa tonga tany Savannah ry zareo, dia niara-nipetraka fotoana fohy tamin' ireo Moraviana i Wesley, ka nanohina azy mafy ny fitondrantena kristiana hitany teo aminy. Izao no nosoratany momba ny fotoam-pivavahan' izy ireo, izay nampivandravandra ny fifanoherany tamin' ny fombafomba tsy misy aina fanaon' ny Fiangonana Anglikana. Ny endrika tsotra kokoa nefa manetriketrika hita teo amin' ny fotoam-pivavahana manontolo dia saiky nanadinoako ny elanelam-potoana ny taonjato fito ambinifolo, ka niheverako ny tenako ho nanatrika ny iray tamin' ireo fivoriana fony tsy mbola nisy fombafomba amam-panao ivelany, fa i Paoly, ilay mpanao lay, na i Petera, ilay mpanarato, no nitarika ny fotoana; nefa voaseho miharihary ny fanatrehan' ny Fanahy sy ny fisian' ny hery».*Ibid*, p. 11, 12.

Rehefa niverina tany Angletera i Wesley dia tonga tamin' ny fahalalana mazava kokoa ny finoana araka ny Baiboly, rehefa nampianarin' ny mpitoriteny moraviana iray. Niaiky marina izy fa tsy maintsy mahafoy ny fiankinana rehetra amin' ny asan' ny tenany mba ho voavonjy fa kosa hiantehitra tanteraka

amin' ny «Zanak' ondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao». Tamin' ny fivorian' ny fikambanana Moraviana tany Londres dia nisy teny novakina avy tamin' ny bokin' i Lotera, izay nanoritsoritra ny fiovana izay ataon' ny Fanahin' Andriamanitra ao am-pon' ny mpino. Raha nihaino izany i Wesley, dia nirehitra tao am-pony ny finoana. Hoy izy: «lnjay tsaroako toa nisy hafanana hafahafa tato am-poko. Tsapako fa niantehitra marina tamin' i Kristy aho, ary Kristy irery ihany, no hahazoako famonjena, ary nomena toky aho, fa efa nanala ny fahotako Izy, eny ny ahy, ary nanafaka ahy tamin' ny lalàn' ny fahotana sy ny fahafatesana». —*Ibid*, p. 52. -

Nandritra ireo taona maromaro nanaovany fiezahana mandreraka tsy nahitany fiononana — taona maro nihafiany mafy sy nizakany fanomezantsiny sy fampietrena lalina — dia namikitra mafy tamin' ny fikasany hahita an' Andriamanitra i Wesley. Nahita Azy izy izao, ary hitany fa ny fahasoavana izay nilofosany fatratra ho azo tamin' ny alalan' ny fivavahana sy ny fifadiankanina, tamin ny fanomezana ho an' ny mahantra sy ny fahafoizan-tena, dia fanomezana «tsy amimbola tsy amin-karena».

Raha vao tafaorina tao amin' ny finoana an' i Kristy izy, dia niredareda faniriana ny fanahiny manontolo hampiely hatraiza hatraiza ny fahalalana ny Filazantsara be voninahitry ny fahasoavan' Andriamanitra maimaim-poana. «Raisiko ho toy ny fiangonana iray iadidiako avokoa izao tontolo izao», hoy izy «ary na faritra aiza na faritra aiza misy ahy, dia heveriko fa tokony sy rariny ary adidy tsy azoko ialana, ny manambara amin' izay rehetra vononkihaino ny vaovao mahafalin' ny famonjena»*Ibid*, p. 74.

Mbola notohizany ihany ilay fiainany nanara-dalàna fatratra sy feno fahafoizan-tena, nefa izao kosa tsy ho fototra iaingan' ny finoana intsony, fa vokatry ny finoana; tsy fakan' ny fahamasinana, fa vokatra avy aminy. Ny fahasoavan' Andriamanitra ao amin' i Kristy no fanorenan' ny fanantenan' ny Kristiana, ary io fahasoavana io dia miseho amin' ny fankatoavana. Ny fiainan' i Wesley dia voatokana hitoriany ireo fahamarinana lehibe efa noraisiny: ny fanamarinana amin' ny alalan' ny finoana ny ran' i Kristy manavotra, sy ny herin' ny Fanahy Masina manavao ny fo, mahavokatra ao amin' ny fiainana mifanaraka amin' ny ohatra nomen' i Kristy.

Nanomana an' i Whitefield sy Wesley mirahalahy ho amin' ny asany ny fahatsapany ny tenany hatry ny ela fa very ary nanindrona azy mafy izany; ary mba hahazoany miaritra ny mafy tahaka ny miaramila tsaran' i Kristy, dia nampandalovina tamin' ny fizahantoetra mahamay izy dia ny esoeso, ny fanarabiana sy ny fanenjehana na tany amin' ny Oniversite na tamin' izy vao nanomboka ny asany. Nopetahin' ireo mpiara-mianatra taminy tsy nivavaka anarana fanivaivana hoe «Méthodiste» izy sy ireo vitsivitsy niray fo taminy; anarana izay raisin' ny anankiray amin' ny sampam-pinoana lehibe indrindra any Angletera sy Amerika ho anaram-boninahitra ankehitriny.

Tamin' izy ireo mbola anisan' ny Fiangonana Anglikana dia nandala fatratra ny fombafombam-pivavahana fanaony. Nasehon' Andriamanitra azy tao amin' ny teniny anefa ny tarigetra ambony kokoa. Nanosika azy hitory an' i Kristy ny Fanahy Masina, dia Izy voahombo teo amin' ny hazo fijaliana. Ny herin' ny Avo indrindra no nanampy ny asany. An' arivony no resy lahatra sy niova fo marina. Tsy maintsy natao izay hiarovana ireo ondry ireo tsy ho viravirain' ny amboadia masiaka. Tsy nihevitra akory ny hamorona sampampinoana vaovao i Wesley, fa nalaminy izany ho araka ilay rafitra nantsoina hoe Fikambanana Metodista.

Nisoko mangina sady namaivay ny fanoherana nihatra tamin' ireo mpitoriteny ireo tamin' ny fiangonana neken' ny fanjakana; nefa Andriamanitra noho ny fahendreny, dia nandahatra ny toe-javatra hahatonga ny fanavaozana hanomboka avy tao anatin' ny fiangonana mihitsy. Raha avy any ivelany manontolo izany, dia tsy ho tafatsofoka hatrany amin' izay tena ilàna azy. Nefa satria olompiangonana ireo mpitoriteny nitarika ny fifohazana sady niasa tao anatin' ny faritra nisy ny fiangonana na taiza na taiza nisian' ny toe-javatra azony nohararaotina nanaovana izany, dia nahita lalankidirana ny fahamarinana teo amin' izay nety ho nikatonan' ny varavarana ka tsy ho nivohany mihitsy. Nisy mpitondra fiangonana sasany avy tamin' ny faharendremany ara-pitondrantena ka nanjary mpitoriteny nafana fo tao amin' ny fiangonana niadidiany. Ny fiangonana izay efa tahaka ny sary vato noho ny fanarahana ny fombafomba fotsiny dia velombelona indray.

Tamin' ny andron' i Wesley, tahaka ny tamin' ny tantaran' ny fiangonana rehetra, dia nanatontosa ny asa voafaritra hataony ireo olona nanan-talenta samihafa. Tsy nifanara-tsaina izy ireo teo amin' ny foto-pinoana rehetra, nefa samy nohetsehin' ny Fanahin' Andriamanitra avokoa izy, ka niray fo tamin' ny tarigetra nambabo azy dia ny hahazo fanahy ho an' i Kristy. Saiky niteraka fisarahana indray mandeha ny fahasamihafan-kevitra nisy tamin' i Whitefield sy i Wesley; nefa rehefa nianatra fandeferana tao amin' ny sekolin' i Kristy izy, dia nampihavana azy ny fifampizakana sy ny fitiavana. Tsy nanampotoana hifanolanana izy, raha nanorobona hatraiza hatraiza ny hevi-diso sy ny faharatsiana, ka nizotra ho amin' ny fandringanana ny mpanota.

Nandia lalan-tsarotra ny mpanompon' Andriamanitra. Nampiasa ny heviny hoenti-manohitra azy ireo ny olona ambony sy nanampahaizana. Rehefa afaka fotoana fohy dia nampiseho finiavankanohitra miharihary ireo mpitondra fiangonana maro, ka nanakatona ny varavaran' ny fiangonana tsy hidiran' ny finoana madio sy ireo izay nitory izany. Ny ezaka nataon' ireo mpitondra fivavahana hiampanga azy teny amin' ny polipitra dia nampifoha ireo mpiandany tamin' ny haizina, ny tsy fahalalana sy ny faharatsiana. Impiry impiry moa i John Wesley no afa-nandositra . ny fahafatesana noho ny fahagagana nataon' ny famindrampon' Andriamanitra. Rehefa nirongatra

hamely azy ny fahaviniran' ny vahoaka, ka toa tsy nisy lalan-kahafahany mihitsy, dia nisy anjely nitafy endrik' olombelona tonga teo anilany, nianotra ny vahoaka, ary afa-niala soa aman-tsara tamin' ny toerana nisy loza ny mpanompon' i Kristy.

Izao no lazain' i Wesley momba ny nanafahana azy indray mandeha tamin' ny vahoaka romotra: «Maro no niezaka hanosika ahy hianjera tamin' ny lalana malama, raha nidina avy teny an-kavoana ho eny an-tanàna izahay; satria marina ny fiheverany fa raha lavo amin' ny tany aho, dia nety tsy ho tafarina intsony. Nefa tsy tafintohina mihitsy aho, na nibolisatra kely akory, mandra-pahafako tanteraka tsy ho eo am-pelatanany. . . Na dia betsaka aza no niezaka hihazona ny vozon' akanjoko na ny fitafiako, mba hampianjera ahy, dia tsy nahafahatra mihitsy ireo; anankiray ihany no nahatana ny ilan' ny salotro, izay tavela teny an-tanany, ny ilany kosa izay nisy vola taratasy tao am-paosiny dia rovitra, nefa rovitra sasaka ihany. Nisy olona matanjaka iray tao ivohoko indrindra izay nikapoka ahy imbetsaka tamin' ny hazo ôka. Ka raha nahavoa ny hatoko indray mandeha fotsiny izy tamin' iny, dia tsy nila ho nisahirana tamiko intsony. Nefa voavily hatrany ny kapoka, tsy fantatro izay nahatonga izany : satria tsy afa-nihodina aho na niankavanana na niankavia. . . Nisy anankiray indray nihazakazaka namakivaky ny vahoaka ka nanainga ny tanany hamely, kanjo dia nampidina azy tampoka foana teo ary nahakasika fotsiny ny lohako ka niteny hoe: «Malefadefaka kosa lahy izato volony e!». . . Ny voalohany indrindra niova fo dia ireo jiolahy kalazalahy tao an-tanàna, ireo mpitarika ny faikan' olona isaky ny misy korontana, ka ny iray tamin' izy ireo dia mpanao ady totohondry nalaza. . . «Anefa amin' ny fomba miandalalandava manao ahoana no ampiasain' Andriamanitra hanomanana antsika hanao ny sitrapony ! Roa taona lasa izay dia nisy tapa-biriky nisafo ny soroko. Tamin' ny taona manaraka an' iny, dia nisy vato nahavoa ahy teo anelanelan' ny masoko, Tamin' ny volana lasa dia nisy namely ahy indray mandeha, androany hariva dia indroa, ny voalohany dia talohan' ny nidirantsika tao an-tanàna, ary ny faharoa rehefa tafavoaka isika nefa tsy nisy antony izany, fa na namely ahy teo amin' ny tratrako tamin' ny heriny rehetra aza ilay olona iray, ary ny anankiray kosa namely faran' izay mafy ny vavako ka nahavaky ra azy avy hatrany, dia samy tsy nahatsiarovako naharary ireo fa tahaka ny nokasihiny tamin' ny mololo aho». John Wesley, *Works*, boky 3, p. 297, 298.

Ireo Metodista tamin' ireny andro voalohandohany ireny — na ny olontsotra izany na ireo mpitoriteny dia samy niaritra fanesoana sy fanenjehana nafitsoky ny mambra amin' ny fiangonana sy ireo miseho mivantana ho tsy mpivavaka izay menan' ny hatezerana noho ny fiheverany diso lalana. Nentina teo anatrehan' ny fitsarana izy ireo, izay anarany fotsiny, satria nahalana no nitsara araka ny rariny ny fitsarana tamin' izany fotoana izany. Matetika no niaritra ny hetraketraky ny mpanenjika azy izy. Nitety trano

ireo vahoaka maimbo ra, nanimba ny fanaka sy ny fananana, nandroba izay rehetra tiany ary nanao herisetra tamin' ny lehilahy na ny vehivavy ary ny ankizy. Indraindray dia nisy filazana ho an' ny besinimaro, miantso izay rehetra ta-hanatrika ny famakiana ny tranon' ny Metodista sy ny fandrobana ny fananany, mba hivory amin' ny fotoana sy ny toerana voatondro. Navela fotsiny tsy nisy famaizana ireo fandikana an-karihary ny lalàn' ny olombelona sy ny lalàn' Andriamanitra ireo. Nisy fanenjehana tsy an-kiato nenti-namely ireo olona izay tsy nanan-keloka hafa afa-tsy ny fiezahana hampiala ny dian' ny mpanota amin' ny lalan' ny fahafatesana ho amin' ny lalan' ny fahamasinana.

Hoy i John Wesley momba ny fiampangana izay natao azy sy ny namany : «Misy milaza fa sandoka, diso sy entanin-kafanampo fotsiny ny fampianaran' ireo olona ireo; fa fampianarana vaovao izay tsy mbola nisy nahare raha tsy vao haingana foana izany fivavahan' ny «Quakers» [2]sy fitompoan-teny fantatra, fivavahana manaraka ny papa. Efa nongotana hatrany amin' ny fakany izany fihamboana rehetra izany, satria efa naseho miharihary fa ny sampana rehetra eo amin' izany fampianarana izany dia tsy misy hafa amin' ny fampianaran' ny Soratra Masina, araka ny fandraisan' ny fiangonantsika azy ihany. Noho izany dia tsy mety ho sandoka na ho diso, raha marina tokoa ny Soratra Masina». Ny sasany kosa milaza fa: tery loatra ny fampianaran-dry zareo, ataony ety loatra ny lalana mankany an-danitra». Ary marina tokoa fa io no tena fanakianana hatrany am-boalohany (ary tamin' ny fotoana sasantsasany dia tsy nisy afa-tsy io) ary mbola io ihany no ipoiran' ny fanakianana an' arivony hafa izay miseho amin' ny endrika isan-karazany. Nefa moa ve nahatery lalana ho any an-danitra ho ety kokoa noho izay nataon' ny Tompontsika sy ireo apostoliny izany? Moa ve, ny fampianaran' ireo, tery kokoa noho ny an' ny Baiboly? Diniho fotsiny ireto teny mazava ireto: «Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra, amin' ny sainao rehetra, amin' ny fanahinao rehetra ary amin' ny herinao rehetra». «Ary lazaiko aminareo fa hampamoahana ny olona amin' ny andro fitsarana noho ny amin' ny teny foana rehetra izay ataony». «Na mihinana, na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr' Andriamanitra izany rehetra izany».

«Raha henjana noho izany ny fampianarany, dia tokony homentsiny izy ireo; nefa fantatrareo marimarina fa tsy izany no izy. Ary iza no afaka hanalefaka na dia tendron-tsoratra iray aza ka tsy handoto ny tenin' Andriamanitra? Moa ve misy mpitahiry ny zava-miafin' Andriamanitra hita ho mahatoky raha manao fanovana amin' io rakitra masina napetraka taminy io? Tsia. Tsy afaka handrava na inona na inona izy; tsy afaka hanatsatso na inona na inona; voatery izy hilaza amin' ny olona rehetra hoe: «Tsy azoko hampidinina hifanaraka amin' izay tianareo ny Soratra Masina. Ianareo no

tsy maintsy miakatra hanatratra izany, na ho faty mandrakizay. Izany no tena fototry ny antsoantson' ny olona sasany miampanga azy ireo ho «tsy manampitiavana». Moa va tsy manam-pitiavana tokoa izy? Amin' ny lafiny toy inona? Moa tsy manome hanina ny noana sy tsy manafy ny mitanjaka ve izy ireo? Tsia, tsy izany no izy; tsy izany no banga eo aminy; fa tena tsy manam-pitiavana izy amin' ny fitsarana nataony! heveriny fa tsy misy olona azo vonjena afa-tsy izay mandeha amin' ny lalana narahiny» *Ibid*, boky 3, p. 152, 153.

Ny fitotonganana ara-panahy izay hita tany Angletera nialoha indrindra ny andron' i Wesley dia vokatry. ny fampianarana milaza fa foana ny lalàna ny ankabeazany. Betsaka no nanantitrantitra fa efa nofoanan' i Kristy ny lalàna ara-pitondrantena ka noho izany dia tsy voatery hankatò izany intsony ny Kristiana. Nambarany fa afaka «amin' ny fanandevozan' ny asa tsara» ny mpino. Ny sasany indray, na dia nanaiky ny maha-mandrakizay ny lalàna aza dia nanambara fa tsy ilaina ny ampirisihan' ny mpitandrina ny vahoaka hankatò ireo foto-kevitra raketin' izany, satria ireo izay efa nofidin' Andriamanitra ho amin' ny famonjena, dia «ho voatariky ny hery tsy azo tohain' ny fahasoavan' Andriamanitra ho tia vavaka sy hanana toetra tsara eo amin' ny fiainana andavanandro», fa ireo izay voaozona ho amin' ny fanamelohana mandrakizay kosa, «dia tsy manan-kery hankatò ny lalàn' Andriamanitra».

Nisy sasany koa izay nitana fa «tsy mety ho afaka tsy ho eo amin' ny fahasoavana ny olom-boafidy na ho diso ny fankasitrahan' Andriamanitra», dia namoaka fehin-teny mbola maharikoriko lavitra milaza fa «tsy tena fahotana tsy akory ny asa ratsy ataony, na tokony hoheverina ho fandikana ny lalàn' Andriamanitra ary noho izany, tsy misy tokony hiaikeny ny helony na hamoizany izany amin' ny fibebahana». Mc Clintock sy Strong, Cyclopedia, andininy momba ny «Antinomians» (Mpilaza ny lalàn' Andriamanitra ho foana). Noho izany, hoy izy ireo, na dia ny fahotana mahatsiravina indrindra aza «izay eken' ny rehetra fa fandikana ankitsirano ny lalàn' Andriamanitra, dia tsy fahotana akory eo imason' Andriamanitra», raha ny iray amin' ny olom-boafidy no manao izany, «satria anankiray amin' izay tena toetra fototra sy mampiavaka ny olom-boafidy, dia izy tsy afaka hanao na inona na inona tsy mahafaly an' Andriamanitra na raràn' ny lalana».

Ireo fampianarana mampidi-doza ireo ihany no mbola tazonin' ireo mpanabe tiam-bahoaka sy mpanao teolojia taty aoriana izay milaza fa tsy misy izany lalàn' Andriamanitra tsy azo ovana ho fitsipiky ny marina izany, fa ny fiaraha-monina ihany no mamaritra io fitsipi-pitondrantena io, koa noho izany dia mety niovaova hatrany izany. Sain-dalina iray ihany no niavian' ireo hevitra rehetra ireo dia avy amin' ilay anankiray izay, na dia teo anivon' ireo mponina any an-danitra tsy nanota aza, — dia nanomboka

ny asany fikatsahana handrodana ireo fameperana ara-drariny ao amin' ny lalàn' Andriamanitra.

Ny fampianarana milaza fa Andriamanitra dia namoaka didy izay nametra ho tsy azo ovana intsony ny toetra amam-panahin' ny olombelona, dia nitarika olona maro hitsipaka avy hatrany ny lalàn' Andriamanitra. Nijoro hanohitra mafy ny hevi-dison' ireo mpampianatra nampianatra fa efa foana ny lalàn' Andriamanitra i Wesley ka nasehony fa io fampianarana io izay manafoana ny lalàn' Andriamanitra dia manohitra ny Soratra Masina. «Fa efa miseho ny fahasoavan' Andriamanitra izay famonjena ny *olona rehetra*» [3]. Izany no tsara ka ankasitrahana eo imason' Andriamanitra, Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin' ny fahalalana ny marina». «Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra» [4]Omena maimaimpoana ny Fanahin' Andriamanitra mba ahazoan' ny olona rehetra mandray ny hevitry ny Famonjena. Amin' izay Kristy Ilay «tena mazava», «dia mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao». [5]Ny tsy ahazoan' ny olona famonjena dia noho ny finiavany handà ny fanomezan' ny fiainana, atolotra azy.

Ho valin' ny filazana fa rava tamin' ny nahafatesan' i Kristy ireo didy amin' ny Lalàna niaraka tamin' ireo lalàna momba ny fitsipipipivavahana dia izao no tenin' i Wesley: «Tsy nofoananany tsy akory ny lalàna ara-pitondrantena, voarakitra ao amin' ny Didy Folo ary nohamafisin' ireo mpaminany. Tsy anton' ny nahatongavany ny hanafoana ny iray na ny hafa amin' izany. Lalàna tsy azo ravana na oviana na oviana io, fa —» mafy orina tahaka ny vavolombelona mahatoky any an-danitra» — . . . Hatrany amin' ny fiandohan' izao tontolo izao dia tsy, «voasoratra tamin' ny vato fisaka», izy fa tao am-pon' ny zanak' olombelona rehetra, raha vao nivoaka avy teo am-pelatanan' ny Mpahary izy. Ary na dia saika simban' ny fahotana aza ny soratra nosoratan' ny rantsan-tanan' Andriamanitra, dia tsy mety ho voakosoka tanteraka izany, raha mbola mahatsapa ny tsara sy ny ratsy isika. Tsy maintsy manan-kery amin' ny taranak' olombelona manontolo ary amin' ny fotoana rehetra ny didy tsirairay amin' io lalàna io, satria tsy miankina na amin' ny fotoana na amin' ny toerana, na amin' ny toe-javatra hafa mety miova mantsy izany, fa miankina amin' ny toetran' Andriamanitra, sy amin' ny toetry ny olombelona, ary amin' ny fifandraisana tsy azo ovana misy amin' izy roroa.

«Tsy tonga handrava aho, fa hanatanteraka». . . Tsy azo iadian-kevitra fa ny tiany holazaina eto (raha ampifanarahana amin' izay voalaza eo aloha sy ny manaraka), dia ny hoe: tonga aho hampitoetra ny lalàna eo amin' ny fahafenoany, na dia eo aza ny fivoasan-kevitra ataon' ny olona; tonga aho hampiseho amin' ny fomba feno sy mazava izay rehetra maizimaizina na manjavozavo tao; tonga aho hanambara ny tena maha-zava-dehibe marina

ny andininy tsirairay amin' izany, hampiseho ny lavany sy ny sakany, ny fivelarana manontolon' ny didy tsirairay voarakitra ao, hampiseho ny haavony sy ny halaliny, ny fahadiovany sy ny toetrany ara-panahy tsy tratry ny saina eo amin' ny sampany rehetra. *Wesley*, toriteny 25.

Nambaran' i Wesley ny fifandrindrana tonga lafatra eo amin' ny lalàna sy ny Filazantsara. «Koa amin' izany ary dia misy ny fifan-draisana akaiky indrindra azo heverina amin' ny lalàna sy ny Filazan-tsara. Etsy an-daniny ny lalàna dia manoka-dalana ho eo amin' ny Filazantsara sy mitarika antsika hankeo aminy; eo an-kilany ny Filazantsara dia mitarika antsika ho amin' ny fanatanterahana bebe kokoa ny lalàna. Ohatra ny lalàna dia mangataka antsika ho tia an' Andriamanitra, ho tia ny namantsika, ho malemy fanahy, hanetry tena, na ho masina. Tsapantsika fa tsy mahavita ireo zavatra ireo isika; eny, tsy hain' ny olona izany»; nefa hitantsika ny teny fikasan' Andriamanitra hanome antsika io fitiavana io, ary hahatonga antsika hanetry tena, ho malemy fanahy, sy ho masina; fikirintsika io Filazantsara io, ireo vaovao mahafaly ireo. Tanterahina ho antsika araka ny fmoantsika izany ; ary tanteraka eo amintsika «ny fahamarinana ilain' ny lalàna», amin' ny aialan' ny finoana izay ao amin' i Kristy Jesosy . . .

Ny loha laharana indrindra amin' ireo fahavalon' ny Filazantsaran' i Kristy, hoy Wesley, dia ireo izay «mitsara ny lalàna» ankarihary sy mivantana sy «miteny ratsy ny lalàna» ; izay mampianatra ny olona handika (ny handrava, ny hanamaivana, ny hamaha ny tsy maintsy hankatoavana azy) ny anankiray fotsiny ihany, na ny kely indrindra na ny lehibe indrindra, fa ny didy rehetra indray akapoka... Ny tena mahagaga indrindra amin' ireo toe-javatra hita eo amin' io fitaka lehibe io, dia izao: izay mitolo-batana ho amin' izany, dia tena mino marina izy fa manome voninahitra an' i Kristy amin' ny fandrodanany ny lalàny, ary mino izy fa manandratra ny asany amin' ny fanapotehany ny fampianarany! Eny, manome voninahitra Azy izy ireo tahaka ny nataon' i Jodasy fony izy niteny hoe: «Finaritra, Raby o, dia nanoroka Azy izy». Ary mety koa ny hilazany amin' ny tsirairay amin' izy ireo hoe: «Fanorohana va no hamadihanao ny Zanak' olona?» Tsy hafa noho ny mamadika Azy amin' ny oroka ny miteny momba ny rany, nefa manala ny satroboninahiny; ny manamaivana ny sasany amin' ny lalàny, nefa mihambo hampandroso ny Filazantsarany. Ary mazava fa tsy afaka amin' io fiampangana io, na iza na iza mitory ny amin' ny finoana ka manamaivana na amin' ny fomba mivantana na tsy mivantana ny momba ny fankatoavana : izany hoe izay mitory an' i Kristy, ka manafoana na manalefaka, amin ny alalan' izany, na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona. ny kely indrindra amin' ny didin' Andriamanitra». —*Ibid.*

Ireo izay mitompo fa ny fitoriana ny Filazantsara dia mahafeno ny zavatra rehetra kendren' ny lalàna dia novalian' i Wesley hoe : «Lavinay

tanteraka izany. Tsy mahafeno na dia ny voalohany indrindra amin' ny zava-kendren' ny lalàna aza izany, izany hoe ny hampiaiky ny olona ny fahotany, ny hampifoha an' ireo izay mbola sondrian-tory eo am-baravaran' ny helo. Hoy ny Apostoly Paoly: «nv lalàna no ahazoana ny fahalalana marina ny amin' ny ota»; ary raha tsy resy lahatra ny amin' ny fahotany ny olona, dia tsy ho tsapany ny ilàny ny ran' i Kristy manavotra. . . «Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody fa ny marary», araka ny fanamarihana nataon' ny Tompo mihitsy. Hadalana, noho izany, ny mitondra mpitsabo ho an' ny olona salama, na ho an' izay mihevitra ny tenany ho toy izany. Tsy maintsy resy lahatra izy aloha fa marary; raha tsy izany dia tsy hisaotra anao amin' izay ataonao ho azy izy. Hadalana toy izany koa ny manolotra an' i Kristy ho an' izay manana fo salama tsy mbola torotoro na oviana na oviana»*Ibid*, toriteny 35.

Hita araka izany fa rehefa nitory ny Filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra i Wesley, dia nitady izay «hahalehibe ny lalàna sy ny hahabe voninahitra azy koa», toy ny nataon' ny Tompony. Nohefainy tamim-pahatokiana ny asa nomen' Andriamanitra azy ataony, ka be voninahitra ny vokatra navela ho hitany. Tamin' ny fiafaran' ny fiainany izay nahatratra valopolo taona — dimampolo taona mahery tamin' ireo nanaovany ny raharahan' ny mpitandrina nifindrafindra toerana — dia nihoatra ny fanahy antsasaky ny tapitrisa no niaiky fa mpanaraka azy. Nefa ny vahoaka marobe izay voasandratra niala tamin' ny fahalevonana sy ny fanimbana vokatry ny fahotana ho amin' ny fiainana ambony sy madio kokoa noho ny asa nataony, ary ny isan' ireo izay tonga tamin' ny fanandramana lalina sy sarobidy kokoa noho ny fampianarany, dia tsy ho fantatra mihitsy raha tsy tafavory ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ny fianakavian' ny voavotra manontolo. Manome lesona sarobidy loatra ho an' ny kristiana tsirairay ny fiainany. Enga anie, ho hita taratra ao amin' ireo fiangonana ankehitriny ny finoana sy ny fanetren-tena, ny hafanam-po tsy mety sasatra, ny fahafoizan-tena sy ny fitiavambavak' ity mpanompon' i Kristy ity!

**Fanamarihana**

1 Joba 9:2
2 antokom -pinoana Protestanta.
3 Tit. 2 : 11 : 1 Tim. 2:3-6;
4 Tit. 2 : 11 : 1 Tim. 2 : 3 -6;
5 Jao. 1: 9

# 15

## *Ny Baiboly sy ny tolompiavotana Frantsay*

Tamin' ny taonjato fahenina ambinifolo, raha nanolotra Baiboly nisokatra ho an' ny vahoaka ny Reformasiona dia nitady izay hahatafidirany tao amin' ny tany Eoropeana rehetra. Nisy firenena nandray izany tamim-pifaliana, toy ny mpitondra hafatry ny lanitra. Tao amin' ny tany hafa indray, dia nahomby fatratra ny fahefana papaly ka nahavoasakana ny fidirany; ary ny fahazavan' ny fahalalana ny Baiboly sy ny hery manandratra miasa mangina avy aminy dia saiky foana tanteraka. Tao amin' ny tany anankiray, na dia tafiditra aza ny fahazavana, dia tsy noraisin' ny haizina. Nandritra ny taonjato maro, dia niady izay ho tompon-daka ny fahamarinana sy ny hevidiso. Nandresy ny ratsy nony farany ary voaroaka ny fahamarinan' ny Lanitra. «Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin' izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon' ny olona ny maizina toy izay ny mazava» [1]. Navela hijinja ny vokatry ny safidy nataony ny firenena. Nalana tamin' ny vahoaka izay nanamavo ny fanomezan' ny fahasoavana ny Fanahiny Izay fefy misakana ny ratsy. Navela ho tonga amin' ny fahamasahany ny ratsy. Koa dia izao tontolo izao manontolo no mahita ny vokatry ny fitsipahana iniana ny fahazavana.

Ny ady nanoherana ny Baiboly, izay natao nandritra ny taonjato maro tany Frantsa, dia tonga tamin' ny fara-tampony teo amin' ireo toe-javatra niseho nandritra ny Tolom-piavotana. Tsy inona io «rotaka» nahatsiravina io, fa vokatra ara-dalànan' ny nanafoanan' i Roma ny Soratra Masina. (Jereo Fanampiny). Izany no sary manaitra indrindra efa hitan' izao tontolo izao ny amin' ny vokatra azo avy amin' ny foto-kevitra papaly — sary mampibaribary ny vokatra azo avy amin' izay nokendren' ny fampianaran' ny Eglizin' i Roma nandritra ny arivo taona mahery.

Voalazan' ny mpaminany mialoha ny fanafoanana ny Soratra Masina nandritra ny fotoana nananan' ny papa fahefana fara-tampony; ary

notondroin' Ilay Mpanambara ny ho avy koa ny vokatra mahatsiravina izay hiseho indrindra tao Frantsa noho ny fanapahan' ilay «lehilahin' ota».

Hoy ilay anjelin' i Jehovah: «Flanitsaka ny tanàna roa amby efapolo volana izy. Ary homeko hery ny vavolombeloko roa, ka haminany enim-polo amby roan-jato amby arivo andro izy, sady hitafy lamba fisaonana. . . Ary rehefa tanteraka ny filazany dia hiady aminy kosa ilay bibi-dia miakatra avy amin' ny lavaka tsy hita noanoa ka haharesy sy hahafaty azy. Ary ny fatiny hiampatra eny an-dalambe amin' ny tanàna lehibe izay atao, araka ny hevi-panahy hoe Sodoma sy Egypta, sady tao koa no nanomboana ny Tompony tamin' ny hazo fijaliana. . . Ary ny mponina ambonin' ny tany mifaly azy ka hiravoravo ary hifanati-javatra izy, satria nampangirifiry ny mponina ambonin' ny tany ireo mpaminany roa ireo. Ary rehefa afaka ny hateloan' andro sy tapany, dia nisy fanahin' aina avy tamin' Andriamanitra niditra tao anatin' ireo, ary nijoro tamin' ny tongony izy,ka raiki-tahotra indrindra izay nahita azy». [2]

Ny fotoana voambara eto — «roa amby efapolo volana» sy ny enimpolo amby roanjato amby arivo andro» — dia fotoana iray ihany mampiseho ny fotoan' andro izay hiaretan' ny flangonan' i Kristy fahoriana noho ny amin' i Roma. Nanomboka tamin' ny taona 538 taorian' i Jesosy Kristy ny 1260 taona nananan' ny papa fahefana fara-tampony ary noho izany dia tokony ho niafara tamin' ny 1798 (Jereo Fanampiny). Tamin' io fotoana io dia nisy tafika frantsay niditra tao Roma, nisambotra ny papa izay maty tany an-tsesi-tany. Na dia nisy papa vaovao aza voafidy, fotoana fohy taorian' izany, dia tsy afaka nampiasa intsony ny fahefana nananany teo aloha ny ambaratongam-pahefana papaly.

Tsy nitohy lalandava nandritra ny 1260 taona tsy akory ny fanenjehana ny fiangonana. Noho Andriamanitra namindra fo tamin' ny olony dia nohafoheziny ny fotoam-pitsapana mahamay niaretany. Raha nanambara mialoha ny «fahoriana lehibe» hianjady amin' ny fiangonana ny Mpamonjy, dia nilaza hoe: «Ary raha tsy efa nohafohezina izany andro izany, dia tsy nisy nofo hovonjena, fa noho ny olom-boafidy dia hohafohezina izany andro izany». [3]Noho ny asa mangina nataon' ny Reformasiona dia niafara talohan' ny 1798 ny fanenjehana.

Izao koa no nolazain' ny mpaminany mikasika ireo vavolombelona roa: «Ireo ilay hazo oliva roa sy ilay fanaovan-jiro roa, izay mitsangana eo anatrehan' ny Tompon' ny tany». «Fanilon' ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny teninao», hoy ny mpanao Salamo.[4] Mampiseho ny Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha sy Vaovao ireo vavolombelona roa. Samy vavolombelona lehibe momba ny fiaviana sy ny maha-mandrakizay ny lalàn' Andriamanitra izy ireo. Ireo tandindona, ireo fanatitra sy ireo faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha dia manondro mialoha Ilay Mpamonjy ho avy. Ireo Filazantsara sy ireo Epistily ao amin' ny Testamenta Vaovao kosa

dia milaza ny amin' ny Mpamonjy izay tonga araka ny fomba indrindra nambaran' ny tandindona sy ny faminaniana mialoha.

«Haminany enimpolo amby roanjato sy arivo taona izy, sady hitafy lamba fisaonana». Nandritra ny ankabeazan' io fotoana io dia nitoetra tao amin' ny maizimaizina ka tsy nisy nahalalana firy ireo vavolombelon' Andriamanitra. Niezaka nanafina ny tenin' ny fahamarinana tsy hitan' ny vahoaka ny fahefana papaly, ka vavolombelona sandoka no narosony teo anoloany hanohitra ny teny fanambarany (Jereo Fanampiny). Rehefa noraran' ny fahefana ara-pivavahana sy ara-panjakana ny Baiboly; rehefa nolotoina ny fanambarany, ka natao ny ezaka rehetra izay azon' ny olona sy ny demonia noforonina mba hampiodina ny vahoaka tsy ho amin' izany; rehefa natao hazalambo ireo sahy nitory ny fahamarinany masina, navadika, nampijaliana, nalevimbelona tao amin' ny efitra etin' ny fonja, natao maritiora noho ny finoany, na voatery handositra tany amin' ny lava-bato sy ny zohy — dia tamin' izay fotoana izay no naminany sady nitafy lamba fisaonana ireo vavolombelona mahatoky. Nefa tsy nitsahatra ny fanambarany nandritra ny fe-potoana 1260 taona. Tamin' ny fotoana maizina indrindra, dia nisy olona nahatoky izay tia an' Andriamanitra sy saro-piaro tamin' ny voninahiny. Ireo mpanompo mahatoky ireo dia nomena fahendrena, hery sy fahefana hanambara ny fahamarinana nandritra izany fotoana manontolo izany.

«Ary raha misy ta-handratra ireo, dia misy afo mivoaka amin' ny vavany ka mandany ny fahavalony, ary raha misy ta-handratra ireo dia tsy maintsy hovonoina toy izany koa izy».[5] Tsy afaka hanitsakitsaka ny tenin' Andriamanitra ny olona ka tsy hisy famaizana hihatra aminy. Voazava ao amin' ny toko farany ao amin' ny Apokalypsy ny hevitr' io fiampangana mahatahotra io. «Izaho dia manambara amin' izay rehetra mandre ny tenin' ny faminaniana amin' ity boky ity: Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra ato anatin' ity boky ity ho azy; ary raha misy manaisotra amin' ny teny amin' ny bokin' ity faminaniana ity, dia hesorin' Andriamanitra ny anjarany amin' ny hazon' aina sy amin' ny tanàna masina, dia izay zavatra voasoratra eto anatin' ity boky ity»[6]

Izany no fampitandremana nomen' Andriamanitra ny olona mba hiarovany azy tsy hanova na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona izay nambarany na izay nandidiany. Ireo teny fiampan-gana mampieritreritra ireo dia mihatra amin' izay rehetra mampiasa hery mangina avy aminy hitaomany olona hanamaivamaivana ny lalàn' Andriamanitra. Ireny dia tokony hampahatahotra sy hampangovitra izay sahisahy foana milaza fa tsy dia misy antony firy na mankatò ny lalàn' Andriamanitra na tsia. Izay rehetra manandratra ny hevitry ny tenany ho ambonin' ny fanambarana nataon' Andriamanitra, izay rehetra manova ny dika mazavan' ny tenin' Andriamanitra hifanaraka amin' izay azoazon' ny tenany, na mba hifanaraka

amin' izao tontolo izao, dia mandray andraikitra mampahatahotra ho an' ny tenany. Ny teny voasoratra, ny lalàn' Andriamanitra no hamantarana ny toetra amam-panahin' ny olona tsirairay ka hanameloka izay rehetra hambaran' ireo mpisedra tsy mety diso ireo fa latsa-danja.

«Ary rehefa tanteraka ny filazany». Nifarana tamin' ny 1798 ny fotoana izay haminanian' ireo vavolombelona roa nitafy lamba fisaonana. Raha nihantomotra ny fiafaran' ny asany tao amin' ny mangingina, dia nitsangana hiady taminy ilay fahefana naseho ho toy «ny bibi-dia miakatra avy tamin' ny lavaka tsy hita noanoa». Tao amin' ny firenena maro tany Eoropa dia tamin' ny alalan' ny fahefana papaly no nifehezan' i Satana ireo nanapaka ny fiangonana sy ny fanjakana. Nefa eto dia misy endrika vaovao isehoan' ny herin' i Satana.

Efa tetik' i Roma hatrizay, ny nanidy ny Baiboly tamin' ny fiteny tsy fantatry ny vahoaka sy ny nanafina azy tsy ho hitany, mody hoe ho fanajana ny Baiboly. «Nitafy lamba fisaonana» ireo vavolombelona raha naminany fony tao ambany fanapahany. Fa misy hery hafa koa — «ilay bibi-dia miakatra avy amin' ny lavaka tsy hita noanoa» hitsangana ka hiady mivantana amin' ny tenin' Andriamanitra.

Ny «tanàna lehibe» izay namonoana ireo vavolombelona, ka ny fatiny dia niampatra teny amin' ny lalambeny dia atao hoe Egypta, «araka ny hevi-panahy». Tamin' ireo firenena rehetra nasehon' ny tantara voarakitry ny Baiboly, dia i Egypta no sahy indrindra nandà ny fisian' Andriamanitra velona sy nanohitra ny baikony. Tsy nisy mihitsy mpanjaka sahy nikomy nivantana sy nanangan-tsandry hanohitra ny fahefan' ny lanitra tahaka ny nataon' ny mpanjakan' i Egypta. Rehefa nentin' i Mosesy teo aminy tamin' ny anaran' i Jehovah ny hafatra, dia novalin' i Farao tamin' avona hoe: «Iza moa Jehovah, no hekeko teny handefasako ny Isiraely? Tsy fantatro izay Jehovah, ka tsy halefako ny Isiraely». [7]Tsy finoana ny fisian' Andriamanitra izany, ary ny firenena izay asehon' i Egypta dia hamoaka feo mitovy amin' ny fandavana ny fitakian' Ilay Andriamanitra velona ka hampiseho toe-tsaina tsy mino sady mihantsy toy izany,«Ilay tanàna lehibe» koa dia ampitahaina «amin' ny heviny ara-panahy» amin' i Sodoma. Ny faharatsian-toetran' i Sodoma tamin' ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra dia niseho indrindra tamin' ny fahalotoampitondrantena. Ary io fahotana io koa no hisongadina eo amin' ny toetry ny firenena izay hahatanteraka ny famirapiratan' ireo tenin' ny Soratra Masina ireo.

Araka ny tenin' ny mpaminany ary, fotoana fohy talohan' ny 1798 dia hisy hery avy amin' i Satana sy manahaka ny toetrany hitsangana ka hiady amin' ny Baiboly. Ary ao amin' ny tany izay hampanginana toy izany ny tenin' ireo vavolombelona roa an' Andriamanitra no hisehoan' ny tsy finoana : Farao sy ny faharatsiam-pitondrantenan' i Sodoma.

Tanteraka tamin' ny antsipiriany sy tamin' ny fomba manaitra indrindra io faminaniana io teo amin' ny tantaran' i Frantsa. Nandritra ny «Révolution», tamin' ny taona 1793, «no sambany nandrenesan' izao tontolo izao ny fivorian' olona, teraka sy nobeazina tao amin' ny riba (sivilizasiona) sady nitana ny zo hifehy ny iray tamin' ny kanto indrindra tamin' ireo firenena Eoropeana, miara-manandra-peo handà ilay fahamarinana miezinezina indrindra izay eken' ny fanahin' olombelona, ka mivondrona handà ny finoana an' Andriamanitra sy ny fivavahana aminy. —Sir Walter Scott,*Life of Napoleon*, boky 1, toko 17. Frantsa no hany firenena eto amin' izao tontolo izao izay voarakitra an-tantara marina fa amin' ny maha-firenena azy dia nanandra-tanana hikomy ankitsirano tamin' Ilay Nahary izao rehetra izao. Sesehena ny mpiteny ratsy an' Andriamanitra, sesehena ny tsy mino, nisy izany ary mbola misy ihany, any Angletera, any Alemaina, any Espaina, sy hatraiza hatraiza, fa niavaka indrindra i Frantsa teo amin' ny tantaran' izao tontolo izao, satria izy irery ihany no fanjakana nilaza tamin' ny alalan' ny Antenimierany mpanao lalàna fa tsy misy Andriamanitra, ary ho mariky ny fanekena an' io fanambarana io dia nitoto rebika sy velon-kiram-pifaliana ny mponina rehetra tao an-drenivohitra sy ny ankabeazan' ny mponina ivelan' ny renivohitra na vavy nalahy». *Blackwood's Magazine*, Novambra 1870.

Hita tao Frantsa koa ireo toetra manokana izay nampiavaka indrindra an' i Sodoma. Nandritra ny Tolom-piavotana dia nisy fitotonganan' ny ara-pitondrantena, niseho mazava ny fahalovana, toetra tsy nisy valaka tamin' izay nahatonga ny faharavan' ny tanàna teny an-tany lemaka. Miaraka asehon' ny manam-pahaizana amin' ny tantaram-pirenena ny tsy finoana ny fisian' Andriamanitra sy ny faharatsiarm pitondrantena, araka ny voalaza ao amin' ny faminaniana: «Nifandray akaiky tamin' ireo lalàna nikasika ny fivavahana, ny lalàna nampihen-danja ny firaisana eo amin' ny fanambadiana — izay fanekena masina indrindra azon' ny olombelona ifanaovana ka ny tsy fiovany dia antoky ny fahamafisan' ny fiaraha-monina — ka naetry ho fanekena ara-panjakana tsotra izany izay manam-petra ihany ka azon' ny andaniny na ny ankilany idirana na ravana araka izay tiany. . . Raha nisy fahavalo niezaka sy niasa mafy nahita izay fomba mety indrindra hanapotehina izay mendri-piderana, feno fahasoavana sy maharitra ao amin' ny fiainan-tokantrano, ary hahazo antoka hiaraka amin' izany koa fa haharitra amin' ny taranaka mifandimby ny fahavoazana nokendreny hoforonina, dia tsy ho afaka namolavola drafitra nahomby kokoa noho ny fanaovana tsinontsinona ny fanambadiana izy. . . I Sophie Arnoult, izay mpilalao an-dampihazo nalaza tamin' ny hatsikana fanaony, dia nilaza ny fanambadiana repoblikana ho fanamasinana ny fijangajangana» — Scott, boky 1, toko 17.

«Tao koa no nanomboana ny Tompontsika». Tanterak' i Frantsa koa io filazana voasoritra mazava ataon' ny faminaniana io. Tsy nisy tany

nanehoana tamin' ny fomba nanaitra kokoa ny teo-tsain' ny fandrafiana an' i Kristy. Tsy nisy tany nisetran' ny fahamarinana fanoherana mangidy sy feno habibiana toy ny tao. Tamin' ny fanenjehana nampiharin' i Frantsa tamin' ireo mpitory ny filazantsara, dia nanombo an' i Kristy izy teo amin' ny tenan' ireo mpianany.

Nandritra ireo taonjato maro nifandimby no nandatsahana ny ran' ny olona masina. Raha nahafoy ny ainy ny Vaudois tany amin' ny tendrombohitr' i Piémont «noho ny tenin' Andriamanitra sy ny filazana an' i Jesosy Kristy» dia nisy fijoroana ho vavolombelon'ny fahamarinana toy izany koa nataon' ireo rahalahiny Albigeois tany Frantsa. Tamin' ny andron' ny Reformasiona dia novonoina tamin' ny alalan' ny fampijaliana mahatsiravina ny mpanaraka izany. Ny mpanjaka sy ny andriandahy, ny andriambavy sy ny tovovavy meva, ireo tabiha sy reharehan' ny firenena dia samy nanao ho toy ny hanim-py ny fijereny ny fialan' ain' ny maritioran' i Jesosy. Ireo Fluguenots be herim-po, izay niady mafy ho an' izay ataon' ny fon' olombelona ho masina indrindra, dia nandraraka ny rany teo amin' ny saha fiadiana. Nesorina tsy ho ao ambany fiarovan' ny lalàna nirehetan' ny ady mangotraka maro, ny Protestanta notambazam-bola be izay nahafaty ny ainy, ary nohazaina tahaka ny bibi-dia izy ireo.

Ilay «Fiangonana tany an-efitra», dia ireo olom-bitsy taranaka navelan' ireo Kristiana tany aloha, izay mbola tafajanona tany Frantsa tamin' ny taonjato fahavaloambinifolo, ary niery tany amin' ireo tendrombohitra tany atsimo, dia mbola nankamamy fatratra ny finoan' ireo razany. Raha nandeha tamim-pahasahisahiana hivory amin' ny alina tany an-tehezan-tendrombohitra izy ireo na tany an-tanety mangina, dia nohazain' ireo miaramila mpanenjika ka notaritarihiny ho amin' ny fanandevozana nandritra ' ny fiainany hivoy sambo. Ny mendrika indrindra, sy ambony toetra ary ireo namirapiratra indrindra teo amin' ny ara-tsaina tamin' ny Frantsay, dia nogadrana tao anatin' ny fampijaliana nampangirifiry loatra niaraka tamin' ny mpangalatra sy ny mpamono olona. (Jereo Wylie, boky 22, toko 6.) «Ny sasany kosa, izay toa mba namindrana fo kokoa dia notifirina amin' izao, tsy am-piadiana ary tsy nanampiaro, raha teo am-pandohalehana nivavaka. An-jatony ny zokiolona, ny vehivavy tsy afaka niaro tena sy ny zaza tsy manan-tsiny no nilaozana niampantrampatra teo amin' ny toerana nivoriany ny fatiny. Raha nisy olona namakivaky ny tehezan-tendrombohitra na ny ala, izay toeram-pivoriana nahazatra azy, dia mazàna fahita isaky ny in-efatra mandingana, fatin' olona nitsitra teny amin' ny bozaka, sy nihantona teny amin' ny hazo». Ny tanin' izy ireo dia zary efitra midadasika sy mahonena noho ny nafitsoky ny sabatra, ny famaky sy ny antontan-kitay; «Tsy andro nanjakan' ny fahamaizinana no nanaovana ireny habibiana ireny, fa tamin' ny andro mamirapiratra nanjakan' i Louis faha XIV. Nokolokoloina ny siansa tamin'

izany, nanorobona ny haisoratra; olona nahita fianarana sy nahay nandahateny no mpitondra fivavahana tao amin' ny lapan' ny mpanjaka sy tao an-drenivohitra, sady olona niseho nankamamy fatratra ny fahasoavan' ny fahalemem-panahy sy ny fanaovan-tsoa».*Ibid*, boky 22; toko 7.

Nefa ny maizina indrindra ao amin' ny boky maizina firaketana ny heloka bevava, ny nampihoron-koditra indrindra amin' ireo asan' ny demonia rehetra tamin' ireo taonjato nampivarahontsana ireo, dia ny fandripahana ain' olona tamin' ny Saint-Barthélemy. Mbola mampitsangam-bolo an' izao tontolo izao mandrak' androany ny fahatsiarovana ny toe-javatra mahatsiravina niseho tamin' iny famonoan' olona nitory hakanosana sy habibiana tsy roa aman-tany iny. Noho ny fampirisihin' ireo pretran' i Roma sy ireo mpitondra fivavahana ambony dia niseho ho nankasitraka an' io asa mahavoafady io ny mpanjakan' i Frantsa. Feon-dakolosy naneno tao anatin' ny alina mangina no famantarana ny fiandohan' ny famonoana. An' arivony ny Protestanta, natory fehizay tany an-tokantranony, natoky ny teny nomen' ny mpanjakany, no notaritarihina navoaka tsy nisy fampilazana mialoha ary naringana tsy nisy indrafo.

Tahaka an' i Kristy izay mpitarika tsy hita maso ny vahoakany niala ny fanandevozana tany Egypta, dia toy izany koa i Satana no mpitarika tsy hita maso an' ireo olom-peheziny teo amin' ity asa mahatsiravina nampitombo isa ny maritiora ity. Nitohy nandritra ny hafitoana ny famonoana tao Parisy, ka ny hateloana voalohany tamin' ny haromotana tsy takatry ny saina. Ary tsy tao amin' io tanàndehibe io ihany, fa araka ny baiko manokana nomen' ny mpanjaka, dia hanitatra hatrany amin' ny faritany sy ny tanàna rehetra nahitana Protestanta koa izany. Tsy nananana antra na lahy na vavy. Na ny mena-vava tsy manan-tsiny na ny zokiolona fotsy volo dia naripaka avokoa. Ny andriana sy ny tantsaha, ny antitra sy ny tanora, ny reny sy ny zanany, dia samy nojinjaina avokoa. Nitohy nandritra ny volana roa ny fandripahana nanerana an' i Frantsa. Fito alina no maty tamin' ny tena olo-mangan' ny firenena.

«Rehefa tonga tany Roma ny vaovao momba ny fandripahana ain' olona, dia tsy nisy fetrany intsony ny fifaliana teo amin' ireo mpitondra fivavahana. Nomen' ny Kardinaly de Lorraine valisoa lelavola arivo Couronnes [8]ilay mpitondra hafatra; nidoboka ny tafondron' i Saint-Ange ho fiarahabana feno fifaliana; ary nampanenoina ny lakolosy tamin' ny tilikambo rehetra; toa antoandro ny alina noho ny harendrina; ary Grégoire faha XIII, notronin' ireo mpitondra fivavahana ambony hafa, dia nandeha nanao filaharana masina lavabe ho any amin' ny fiangonan' i Md Louis, ary teo ny Kardinalin' i Lorraine no nihira ny Te Deum[9] . . . Nisy medaly narendrika ho fahatsiarovana iny fandripahana ain' olona iny, ary mbola hita ao Vatican ny sary mitohitohy nataon' i Vasari, mampiseho ny fanafihana ny amiraly[10], ny

mpanjaka nitetika nanomana ny vonoan' olona niaraka tamin' ny mpanolotsainy, ary ilay fandripahana ain' olona. Nalefan' i Grégoire ho an' i Charles ilay raozy Volamena; ary efa-bolana taty aorian' ilay fandripahana dia tamimpankasitrahana no nihainoany ny toritenin' ny pretra Frantsay iray. . . izay nilaza fa androm-pahasambarana sy firavoravoana feno io andro io, ka rehefa ren' ny Ray Masina ny vaovao, dia nandeha nisaotra an' Andriamanitra sy i masindahy Louis tamin' ny fomba manetriketrika izy» Henry White, *The Massacre of St. Bartholomew*, toko 14, andininy 34.

Ilay sain-dalina izay nampirisika ny fandripahana tamin' ny Saint-Barthélemy ihany no nitarika koa ireo toe-javatra nandritra ny Tolom-piavotana. Nolazaina fa mpamitaka i Jesosy Kristy ary ny baiko nifanaovan' ireo Frantsay tsy mpino dia ny hoe «Montsano Ilay Ratsy fanahy», mantsy an' i Kristy. Nifanindran-dalana ny fitenenan-dratsy sahisahy atao amin' ny lanitra sy ny faharatsiantoetra maharikoriko, ka ny olona ambany indrindra, ny olona maharikoriko sy biby toetra teo amin' ny fahasiahany sy ny fahalotoany no nasandratra ho ambony indrindra. Tamin' izany rehetra izany dia nomem-boninahitra i Satana fa i Kristy kosa nohomboana teo amin' ny toetra mampiavaka Azy, dia ny fahamarinana, ny fahadiovan-toetra, sy ny fitiavana tsy mitady ny azy.

«Hiady aminy ilay bibi-dia miakatra avy amin' ny lavaka tsy hita noanoa ka haharesy sy hahafaty azy. Ady tamin' Andriamanitra sy ny teniny masina izay tsy mbola natrehin' izao tontolo izao na oviana na oviana no nataon' i Frantsa nandritra ny Tolom-piavotana sy ireo andro nanjakan' ny Horohoro. Ny Antenimieram-pirenena no nandrava ny fivavahana tamin' Andriamanitra. Nangonina ny Baiboly dia nodorana ampahibemaso sady narahina fanevatevana araka izay azo natao. Nohosena teo ambanin' ny tongotra ny lalàn' Andriamanitra. Noravana ireo tsangambato naorin' ny Baiboly. Nofoanana ny andro fialan-tsasatra isan-kerinandro, ary ho solon' izany isaky ny hafoloana dia nisy andro natokana ho fanaranam-po sy fitenenan-dratsy ny anaran' Andriamanitra. Norarana ny batisa sy ny kominio. Ary nasiana filazana niharihary teny amin' ny toeram-pandevenana ho fanambarana fa torimaso mandrakizay ny fahafatesana.

Nolazaina fa tena lavitra indrindra ny fiandoham-pahendrena ny fahatahorana an' Andriamanitra fa io no fiandohan' ny hadalana. Norarana ny fanompoam-pivavahana rehetra, afa-tsy izay natao hivavahana tamin' ny fahafahana sy ny tanindrazana. Ny «evekan' i Paris vita fianianana araka ny lalàm-panorenana vaovao no nasaina nandray anjara be indrindra tamin' ny hatsikana feno hasahiana sy fanazimbazimbana izay tsy mbola natao mihitsy teo anatrehan' ny solombavambahoaka. . . Nampanaovina filaharana «masina» araka ny fanao izy raha nankeo anatrehan' ny Convention [11]mba hanambara fa ny fivavahana nampianariny nandritra ny taona maro, dia noforomporonin'

ny saim-petsin' ny pretra fotsiny tamin' ny lafiny rehetra, ary tsy misy fototra iorenany na eo amin' ny tantara na eo amin' ny fahamarinana masina. Nolaviny tamin' ny teny miezinezina sy mazava, ny fisian' Andriamanitra izay nanokanany ny fiainany hanompo Azy, ary nanolo-tena izy fa amin' ny ho avy dia hanome voninahitra ny fahafahana, ny fitovian-jo, ny fahatsaran-toetra sy ny fitondrantena tsara. Dia napetrany teo ambony latabatra ny ravaka maha-eveka azy, ary dia nanoroka azy tamim-pirahalahiana ny filohan' ny Convention. Maro ny pretra nihemotra nanaraka ny ohatr' ity mpitondra fivavahana ambony ity». Scott, boky 1, toko 17.

«Ary ny mponina ambonin' ny tany mifaly azy ka ravoravo, ary hifanati-javatra izy, satria nampangirifiry ny mponina ambonin' ny tany ireo mpaminany roa ireo». Nampangina ny feon' ny vavolom-belona roa mpanameioka ny ratsy i Frantsa tsy nino an' Andriamanitra. Nitsitra maty tany amin' ny lalambeny ny tenin' ny fahamarinana ka nitotorebika ireo izay nankahala ny fameperana sy ny fitakian' ny lalàn' Andriamanitra. Nihantsy ampahibemaso ny Mpanjakan' ny lanitra ny olombelona. Tahaka ireo mpanota fahizay, dia niantso hoe izy: «Hataon' Andriamanitra ahoanano fahalala? Ary manam-pahalalana va ny Avo Indrindra?»[12]

Tamin' ny fitenenan-dratsy feno fahasahiana sarotra inoana no nitenenan' ny pretra iray, araka ny fandaharana vaovao, nanao hoe: «Andriamanitra o, raha misy Ianao, valio ny anaranao nalaim-baraka. Mihantsy Anao aho! Mangina Ianao; tsy sahinao ny mandatsaka ny varatrao. Iza indray ary izao no hino ny fisianao ?» Lacretelle,*History pf Europe*, boky 11, p. 309; hita ao amin' ny bokin' i Sir Archibald Alison, History of Europe, boky i, toko 10. Moa va tsy tena akon' ilay fanontaniana napetrak' i Farao izany, hoe :«Iza moa Jehovah, no hankatoavinay ny feony ?» «Tsy fantatro Jehovah».

«Ny adala manao anakampo hoe: Tsy misy Andriamanitra»[13] Ary izao no ambaran' ny Tompo ny amin' ireo mpanimbazimba ny fahamarinana: «Fa ny hadalany dia haseho amin' ny olona rehetra». Rehefa nialan' i Frantsa ny fanompoana an' Andriamanitra velona, «dia Ilay avo sy manerinerina monina any amin' ny mandrakizay», dia tao anatin' ny fotoana kely foana dia nivarina ho amin' ny fanompoan-tsampy nampietry izy tamin' ny fivavahany tamin' ny andriamanibavin' ny Saina, izay nasehon' ny vehivavy mpijangajanga iray. Ary izany dia natao teo amin' ny fivorian' ny solombavambahoaka, ka ny manam-pahefana ambony indrindra teo amin' ny fitondrana sy ny mpanao lalàna no manao izany! Hoy ny mpitantara: «Ny iray tamin' ireo lanonana natao tamin' izany fotoana toa nahavery saina izany dia tapitr' ohatra mihitsy tamin' ny hadalana sy ny fanitsakitsahana ny fivavahana. Novohana midanadana ny varavaran' ny «Convention» nidiran' ny mpitendry zava-maneno, izay nialoha lalana ireo mambra ao amin' ny antenimieran' ny tanàna nilahatra tamin' ny fomba manetriketrika nanao

hira fiderana ny fahafahana ary nanotrona ilay nolazainy fa hivavahany amin' ny ho avy, dia vehivavy nisarom-boaly nataony hoe «andriamanibavin' ny Saina». Rehefa nentina teny anoloana izy, dia nalana tamin' ny fomba manetriketrika ny voaliny, ka napetraka teo ankavanan' ny filoha izy, ary tamin' izay dia fantatry ny rehetra fa zazavavy mpandihy iray tao amin' ny Opéra [14]izy io. . . Io olona io, izay nolazaina fa mendrika indrindra hampiseho ilay saina ivavahany, dia nomen' ny antenimieram-pirenena (Convention) frantsay voninahitra ampahibemaso».

«Nanjary lasa lamaody io fihetsika fanazimbana fivavahana nahatsikaiky io, koa dia naverina sy nalain-tahaka nanerana ny firenena ny fametrahana ilay andriamanibavin' ny Saina tany amin' ny toerana rehetra izay nisy vahoaka te-hampiseho fa mendrika ny Tolom-piavotana izy». *Scott,* boky 1, toko 17.

Hoy ilay mpandaha-teny raha nanolotra ny fivavahana amin' ny Saina: «Ry mpanao lalàna! Niala mba hanome toerana ny fisainana mazava ny fitompoana tamin' ny hevi-poana. Tsy nahazaka ny famirapiratry ny hazavana ny masony didy. Androany dia vahoaka marobe no tafavory eto amin' ireto adohalambo marani-doha (gothiques) ireto, izay voalohany izao no nampanakoako ny fahamarinana. Teto ny vahoaka frantsay no nankalaza ny hany fivavahana marina — dia ny Fivavahana amin' ny Fahafahana, ananan' ny Saina mazava. Teto isika no nirary fahombiazana ho an' ny fiadian' ny Repoblikana. Teto no navelantsika ireo sampy tsy misy aina ka natakalontsika ny Saina, natakalontsika ity sary manan' aina ity, dia ny sangan' asan' ny zava-boaary». M. A. Thiers.*History of the French Revolution*, boky 2, p. 370, 371.

Rehefa nentina tao amin' ny «Convention» ilay andriamanibavy, dia noraisin' ny mpandaha-teny ny tanany ary nitodika tany amin' ny mpivory izy nanao hoe: «Ry olombelona mety maty, aza mangovitra intsony eo anatrehan' ny varatra tsy manan-kerin' Ilay Andriamanitra Izay noforonin' ny tahotrareo. Hatramin' izao dia aza manaiky andriamanitra hafa intsony afa-tsy ny Saina. Atolotra anareo ny sariny mendrika sy madio indrindra; raha tsy maintsy manana sampy ianareo, dia amin' ny toy io ihany anaovana sorona. . . O, ry Voalin' ny Saina mahiratra, mihintsàna eo anatrehan' ny Antenimiera henikajan' ny Fahafahana!

Ilay andriamanibavy, rehefa avy norohan' ny filoha, dia nakarina tao amin'ny fiara kanto indrindra, ary notarihina, teo anivon' ny vahoaka marobe, ho any amin' ny katedraly Notre-Dame, mba handray ny toeran' Andriamanitra. Nasandratra teo amin' ny alitara ambony izy tao, ka nivavahan' izay rehetra nanatrika tao». *Alison*, boky 1, toko 10.

Tsy ela taoriana, dia nisy fandoroana ampahibemaso ny Baiboly nanaraka izany. Indray mandeha dia niditra tao amin' ny antenimieran' ny tanàna ny «Fikambanam-bahoaka momba ny Rakitry ny ela», nihoraka hoe: «Ho ela velona anie ny Saina!» sady nitondra hazo lava nisy ny sisa tsy may tamin'

ny boky maro teny an-tendrony, anisan' izany ny boky fivavahana, ny boky fanaovan-damesa, ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao, izay «nanonitra tao amin' ny afo midedadeda», hoy ny filoha «ny fahadalana rehetra nampanaoviny ny taranak' olombelona» *Journal of Paris',* 1793, Laharana 318, voalazan' i Buchez Roux, *Collection of Parliamentary History,* boky 30, 200, 201.

Ny fahefana papaly no nanomboka ny asa izay notanterahin' ny tsy finoana ny fisian' Andriamanitra. Ny tetika nataon' i Roma no nampisy ireo toe-javatra teo amin' ny fiaraha-monina, ny politika sy ny fivavahana, izay nampirimorimo ny faharavan' i Frantsa. Raha nitantara ireo zavatra naharikoriko niseho nandritra ny Tolompiavotana ny mpanoratra samihafa, dia nilaza fa ny mpanjaka teo amin' ny seza fiandrianana sy ny eglizy no tompon' ny antoka tamin' ireo fihetsika nihoapampana ireo (Jereo Fanampiny). Raha ny tena marina, dia ny eglizy no tompon' ny antoka. Ny fahefana papaly no nanampoizina ny sain' ireo mpanjaka hanohitra ny Fanavaozana ara-pivavahana izay noraisina ho fahavalon' ny satroboninahitry ny mpanjaka, ho mpampisara-bazana izay mety hampidi-doza ny fandriam-pahalemana sy ny firindran' ny firenena. Ny fahaizan' i Roma manokana no nibitsika tamin' izany fomba izany ireo halozana mahatsiravina indrindra sy ny fampijaliana mangidy toy ny afero izay nampanaovin' ny mpanjaka.

Niara-dia tamin' ny Baiboly ny toe-tsaina tia fahafahana. Na taiza na taiza nandraisana ny filazantsara, dia nifoha ny sain' ny vahoaka. Nanomboka nanakifika ny gadra izay nitana azy ho andevon' ny tsy fahalalana, ny fanaovan-dratsy, sy ny finoanoampoana izy. Nanomboka nisaina sy niasa tahaka ny olombelona izy. Hitan' ireo mpanjaka izany ka nangovitra izy ho an' ny fahefany tsy refesi-mandidy.

Tsy nihambahamba i Roma nampirehitra izany tahotra nitory fahasarotampiaro izany. Hoy ny papa tamin' ny solom-panjaka tao Frantsa tamin' ny 1525 : «Io hadalana io (ny fivavahana Protestanta izany) dia hampisavoritaka sy hanapotika tsy ny fivavahana fotsiny ihany, fa ny fahefana, ny fiandrianana, ny lalàna, ny filaminana ary ny saranga rehetra». — G. de Félice,*History of the Protestantism in France,* boky 1, toko 2, andininy 8. Taona vitsy taorian' izany dia nisy ambasadaoron' ny papa nampitandrina ny mpanjaka hoe: «Tompokolahy, aoka tsy ho voafitaka ianao. Hanakorontana ny filaminana rehetra, na ara-panjakana, na ara-pivavahana ny protestanta. . . Samy tandindomin-doza na ny seza fiandrianana na ny alitara. Tsy maintsy mitarika fanjakana vaovao ny fampidirana fivavahana vaovao». — D'Aubigné,*History of the Reformation in Europe in the Time of Calvin,* boky 2, toko 36. Koa nofohazin' ireo mpampianatra fivavahana ireo ny hevitra nibahana rahateo tao an-tsain' ny vahoaka tamin' ny filazany fa ny fampianarana Protestanta dia «mahatonga ny olona ho tia vao sy ny hadalana; mandroba amin' ny mpanjaka ny fitiavana mafana avy amin' ny olom-peheziny, ka mampirodana

ny eglizy sy ny fanjakana». Tamin' izany fomba izany no nahombiazan' i Roma tamin' ny fampilaharana an' i Frantsa hanohitra ny Fanavaozana ara-pivavahana. «Mba hanohanana ny seza fiandrianana, hiarovana ny andriana sy hitazonana ny lalàna no antony nanatsoahana voalohany ny sabatra nentinanenjika tany Frantsa». Wylie, boky 13, toko 4.

Tsy tsinjon' ireo mpanapaka mialoha velively izay ho vokatr' izany fomba fitondrana nitera-bokatra goavana izany. Ho nampitoetra tao an-tsaina sy tao am-pon' ny vahoaka ireo foto-kevitry ny fahalalana ny rariny, ny fahalalana ny onony, ny fahamarinana, ny hitsiny sy ny hatsaram-panahy, izay vato fehizoron' ny fahombiazan' ny firenena ny fampianaran' ny Baiboly. «Ny fahamarinana manandratra ny firenena». «Fahamarinana no iorenan' ny seza fiandrianana» [15]«Ny asan' ny fahamarinana ho fiadanana, ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay».[16] Izay mankatò ny lalàn' Andriamanitra dia hanaja tanteraka koa ny lalàn' ny taniny. Izay matahotra an' Andriamanitra dia hanome voninahitra ny mpanjaka eo amin' ny fampiasany ny fahefana marina sy ara-dalàna rehetra. Nefa i Frantsa mahantra dia nandrara ny Baiboly ary nandroaka ireo mpanaraka azy. Nandritra ny taonjato maro ireo olona nijoro tamin' ny foto-keviny sy tamin' ny fahitsiana, olona narani-tsaina sy matotra ara-pitondrantena, olona sahy nijoro tamin' izay hevitra nitompoany sy nanana finoana hijaly ho an' ny fahamarinana — nandritra ny taonjato maro ireny olona ireny dia niasa mafy toy ny andevo nivoy sambo, maty nodorana velona, nadrodroka tao amin' ny efitra etin' ny fonja. An' arivoarivony no nandositra namonjy ny ainy ary nitohy izany nandritra ny dimampolo amby roan-jato taona, taty aorian' ny niantombohan' ny Reformasiona.

«Saiky tsy nisy mihitsy taranaka frantsay nandritra io fotoana lavabe io izay tsy nahita maso ny mpanaraka ny filazantsara nandositra ny haromotana vokatry ny fahaverezan-tsain' ny mpanenjika azy, ary nanaraka azy ireo tamin' izany, ny fahaizany, ny hakingany, ny zotom-po hiasa, ny filaminana, izay nampiavaka azy ireo indrindra, araka ny fahita mazanaka nentiny nampanankarena ny tany nahitany fialofana. Ary arakaraka ny namenoany ny tany hafa tamin' ireo fanomezana sarobidy ireo, no nanabangany ny taniny tsy hanana izany. Raha toa ka voatana tao Frantsa avokoa izay rehetra nentina niala tao; raha ohatra ka nentina nanolokoloana ny taniny ny fahaizana momba ny taozavatra hita teo amin' izay natao sesi-tany nandritra ireo telon-jato taona ireo; raha toa ka nampiasaina hanatsarana ny trano fanaovan-taozavatra ny hakingana nananany nandritra ireo telon-jato taona ireo; raha nampiasaina hanatsarana haisoratra sy hanolokoloana ny siansa ary ny saina mahaforon-javatra sy mahakarakara; raha toa ka nitarika ny fiheveran-draharahampanjakana tany Frantsa ny fahendren' izy ireo, ny herim-pony, ny ady nikatrohany, ny fandalany ny rariny namolavola ny lalàny, ary ny fivavahan' ny Baiboly nanatanjaka ny saina sy nifehy ny feon'

ny fieritreretan' ny vahoaka, dia voninahitra manao ahoana ankehitriny no ho nampamirapiratra an' i Frantsa! Ho firenena lehibe, — mandroso sy sambatra — ary tonga ohatra — ho an' ny firenena izy!

«Nefa noho ny hafanam-po tafahoatra nenti-nanaraka Fivavahana diso lalana izay nahatonga hajambana tsy azo nivalozana, dia noroahina niala tamin' ny taniny izay rehetra nampianatra ny toetra tsara, izay rehetra niaro ny filaminana, izay rehetra tena nanohana marina ny seza fiandrianana; hoy izy tamin' ny olona izay nety nahatonga ny tanindrazany ho «rehareha sy tabiha» eto an-tany: Fidio izay tianao, na ho dorana velona ianao na hatao sesi-tany. Farany dia rava tanteraka ny fanjakana; tsy nisy intsony ny olona horarana tsy hanaraka ny feon' ny fieritreretany; tsy nisy intsony mpivavaka hotaritarihina hodorana velona; tsy nisy intsony tia tanindrazana hohazaina sy horoahina» Wylie, boky 13, toko 20. Koa dia izany no vokatra mahatsiravin' ny Tolom-piavotana sy ny horohoro naterany.

«Rehefa lasa ny Huguenots dia nisy fitotonganana tamin' ny ankapobeny nanjo an' i Frantsa. Nikororosy fahana ireo tanàndehibe nisy taozavatra niroborobo; niverina tamin' ny naha-tany lava volo azy ny faritra nahavokatra; fahadontoana ara-tsaina sy fihemorana ara-pitondrantena no nandimby ny fotoana nisian' ny fandrosoana nahatalanjona. Nanjary toeram-piantrana midadasika i Parisy, ary araka ny vinavina, tamin' ny fotoana nipoahan' ny Tolom-piavotana, dia mahantra roa hetsy no nangata-piantrana tamin' ny mpanjaka. Ny Zezoita ihany no niroborobo teo amin' ny firenena niharava, ary nifehy tamin' ny fanjakazakana nampihorohoro ny fiangonana, ny sekoly, ny fonja sy ny sambo fivoin' ny andevo izy ireo».

Ny filazantsara no ho afaka namaha ireo olana ara-politika sy ara-piarahamonina tany Frantsa izay nahavàka ny hakingan' ny mpitondra fivavahana teo aminy, ny mpanjakany sy ny mpanao lalàna, ka nony farany dia nampiroboka ny firenena tao amin' ny korontana sy ny faharavana. Noho ny fanapahan' i Roma anefa dia hadinon' ny vahoaka ny lesona feno fítahian' ny fahafoizan-tena sy ny fitiavana tsy nitady ny azy nomen' ny Mpamonjy. Efa voatarika lavitry ny fampiharana ny fahafoizan-tena hanaovana soa ho an' ny hafa izy. Ny manankarena dia tsy voateniteny tamin' ny fampijaliany ny mahantra, ny mahantra tsy nisy nanampy teo amin' ny fanandevozana azy sy teo amin' ny fitotonganany. Nihanivandravandra hatrany sy nangeja bebe kokoa ny fitiavantenan' ny mpanankarena sy ny nanampahefana. Nanjary famoretana nanosihosy ny tantsaha ny fitsiriritana sy ny fitondrantena maloton' ny andriana nandritra ny taonjato maro. Ny manankarena nanao ny tsy mety tamin' ny mahantra, ary ny mahantra nankahala ny manankarena.

Tany amin' ny faritany maro dia ny andriana no tompon' ny tany ary ny mpiasa dia mpanofa fotsiny; nananan' ny tompon-tany fahefana tanteraka izy ireo ary voatery nilefitra tamin' ny fitakiana nihoapampana nataony. Ny

enta-mavesatry ny fanohanana ny fiangonana sy ny fanjakana dia nianjady tamin' ny sarangan' olona antonontonona sy ambany izay nandoa ny hetra mavesatra ho an' ny fanjakana sy ny mpitondra fivavahana. «Noraisina ho lalàna faratampony izay tian' ny andriana; na maty noana aza ny mpamboly sy ny mpiompy, dia tsy noraharahain' ny mpampijaly azy izany na dia kely akory aza. . . Voatery hihevitra ny tombon-tsoa samirerin' ny tompon-tany ny vahoaka isaky ny mihetsika. Fiainana mifototra amin' ny asa tsy an-kijanona sy fahoriana tsy misy fiatoana ny fiainan' ny mpamboly ; nohamavoina sy tsy nohajaina ny fitarainany raha sahy nitaraina izy ireo. Nanome rariny mandrakariva ny andriana izay nanana ady tamin' ny tantsaha ny fitsarana; nalaza ratsy tamin' ny fandraisana kolikoly ny mpitsara; ary ny haitraitran' ireo taranak' andriana, na dia izay bitika indrindra aza, dia nanan-kery toy ny lalàna, noho io fahalovana nahenika hatraiza hatraiza io. Ny amin' ireo hetra izay nalaina an-keriny tamin' ny sarambabembahoaka, na izay nalain' ireo tremalahy teo amin' izao tontolo izao, na izay nalain' ireo mpitondra fivavahana, dia zara raha mby tao amin' ny tahirin' ny mpanjaka' ny antsasany na tao amin' ny tahirin' ny fiangonana; ny sisa dia nolanilaniana foana tamin' ny fanaranampon' ny filàna. Ary ny olona izay nampahantra toy izany ny namany dia afaka tamin' ny hetra, ary nanana zo handray ny karamampanjakana rehetra araka ny lalàna na araka ny fanao raikitra. Sahabo ho dimy alina sy iray hetsy ireo olona nahazo tombon-tsoa ary mba hanomezana fahafaham-po azy ireo, dia voaheloka ho amin' ny fiainana tsy misy fanantenana sady mahamenatra ny olona antapitrisany». (Jereo Fanampiny).

Nanaram-po tamin' ny fiainana mirentirenty sy feno fahalotoana ny tao an-dapa. Kely ny fifampitokisana nisy tamin' ny vahoaka sy ireo mpifehy azy. Narahim-piahiahiana ny fepetra rehetra noraisin' ny fitondram-panjakana fa toa misy tetika ratsy sady mitory fitiavan-tena ihany. Nandritra ny dimam-polo taona mahery talohan' ny Tolompiavotana dia Louis faha XV no teo amin' ny seza fiandrianana, izay mpanjaka niavaka indrindra, na dia tamin' ireo andro efa tsy tsara ireo aza, tamin' ny toetrany nitsilamodamoka, tia lalao sy nirona tamin' ny filan' ny nofo. Ny antokon' olona ambony ratsy fitondrantena sy lozabe, ny antokon' olona ambany nihanahantra sady tsy nanam-pahalalana, ny fanjakana sahirana ara-bola ary ny vahoaka tofoka, koa dia tsy nilaina akory ny ho mpaminany mba hahita mialoha ny fikomiana mahatsiravina nananontanona. Nahazatra ny mpanjaka ny namaly ireo fampitandremana nataon' ny mpanolotsaina azy toy izao: «Ataovy izay hampandeha ny zavatra rehetra raha mbola velona koa aho; rehefa maty aho dia izay alehany alehany». Tsy nisy vokany ny fanehoana fa tena nilaina ny fanavaozana. Hitany ny zavatra tsy nety, nefa samy tsy nananany na ny fahasahiana na ny herim-po hoenti-misetra izany. Ny loza mahatsiravina niandry an' i Frantsa dia tena hita taratra tao amin'

ilay valinteniny feno tsy firaharahana sy tia tena hoe : «Rehefa maty aho tsy raharahako izay hitranga !»

Nanararaotra ny fahasaro-piaron' ireo mpanjaka sy ny an' ireo sarangan' olona mpifehy i Roma, mba hitaona azy tamin' ny fomba mangina hangeja ny vahoaka ao amin' ny fanandevozana, fantany tsara mantsy fa hahaosa ny fanjakana izany ka nokasainy tamin' io fomba io ny hamatotra ny mpifehy sy ny vahoaka ao amin' ny fanandevozany. Ny tetika lavitr' ezaka nataony dia nahatsinjovany fa raha tiana ny hanandevo marina ny olona, dia tsy maintsy ny fanahiny no gadraina; tsapany fa ny fomba azo antoka indrindra hisakanana azy ireo tsy ho afaka amin' ny fanandevozana dia ny fanamboarana azy tsy ho afaka mandray fahafahana. Fahoriana mahatsiravina arivo heny noho ny fahoriana ara-nofo no vokatry ny tetika nataony, dia ny fitotonganana ara-pitondrantena. Noho ny vahoaka tsy nanana ny Baiboly sady nafoy ho tratry ny fampianarana mitory fitiavambavaka diso lalana sy fitiavan-tena, dia voasaron' ny tsy fahalalana sy ny finoanoampoana izy sady tafalentika tao amin' ny fanaovandratsy, hany ka tsy vonona velively hifehy ny tenany mihitsy.

Ny vokatr' izany rehetra izany anefa dia tena samihafa lavitra tamin' izay nokasain' i Roma. Tsy nitana ny sarambabembahoaka hanaiky anjamba ny fampianarany izany. fa ny vokatry ny asany kosa dia nahatonga azy ireo tsy hino ny fisian' Andriamanitra sy ho mpikomy. Nohamavoiny ny fivavahan' i Roma fa hafetsen' ny pretra, hoy izy. Noraisiny ho nandray anjara tamin' ny fampahoriana azy ny mpitondra fivavahana. Ny hany andriamanitra fantatr' ireo hoy izy dia ny andriamanitr' i Roma; ny fampianaran' i Roma no hany fivavahany. Noheveriny fa vokatra ara-dalàna avy amin' ny Baiboly ny fitiavan-karena tafahoatra tao amin' izy ireo sy ny halozany, koa dia tsy nila izany na kely akory aza izy.

Diso ny fanehoan' i Roma ny toetra amam-panahin' Andriamanitra ary tamin' ny endrika tsy mahatehotia no nampisehoany ny lalàny, ary izao kosa dia samy nolavin' ny olona na ny Baiboly na Ilay nanoratra azy. Finoana jamba ny fampianarany no efa notakiny, izay nihamboany fa araka ny Soratra Masina. Ho valin' izany kosa, dia notsipahin' i Voltaire (mpanoratra frantsay tamin' ny taonjato fahavalo ambinifolo) sy ireo namany ny tenin' Andriamanitra manontolo ka naeliny hatraiza hatraiza ny poizin' ny tsy finoana. Efa nohosihosen' i Roma tamin' ny tany teo ambanin' ny ombalahitongony vy ny vahoaka; fa ankehitriny kosa nitsipaka ny fifehezana azy rehetra ireo vahoaka alikisa, izay efa nivarilavo sy nanjary lozabe, ho setrin' ny fanjakazakana natao taminy. Romotra izy izao mahita ny fitaka manjelanjelatra nankalazainy elabe izay ka samy niaranolaviny avokoa na ny fahamarinana na ny hevi-diso ; noheveriny ho fahafahana ny filibana, ka nampibitaka ireo andevon' ny filan-dratsy ny fahafahana novolavolain' ny sainy.

Tamin' ny fiandohan' ny Tolom-piavotana, dia nilefitra ny mpanjaka ka nekeny ny hananan' ny vahoaka solontena maro an' isa noho ny an' ny andriana sy ny mpitondra fivavahana nitambatra. Nitongilana tany aminy izany ny lanjan' ny fahefana; nefa tsy voaomana hampiasa izany tamim-pahamendrehana sy araka ny onony izy. Nahamay azy ny hanarina ny tsy nety izay nampahory azy ka nanapa-kevitra ny hanorina indray ny fiarahamonina izy. Feno ny fahatsiarovana mangidy ny ratsy natao taminy, izay nokotrehiny hatry ny ela, ny sain' io vahoaka notevatevaina io, ka vonona ny hanova tanteraka ny toe-pahoriana izay efa tsy zakany intsony izy ary hamaly faty amin' ireo izay noheveriny ho tompon' antoky ny fijaliany. Nampiarin' ireo nampahoriana ny lesona efa nianarany tamin' ny nanjakazakana taminy ka nivadika ny rasa ka izy indray no mpanjakazaka tamin' ireo nanjakazaka taminy.

Izay nafafin' i Frantsa dia nojinjainy tao amin' ny ra. Nahatsiravina ny vokatry ny fileferany teo ambany fahefan' i Roma izay nifehy azy. Teo amin' ny toerana izay nananganan' i Frantsa ny antontan-kitay voalohany noho ny asa mangina nataon' i Roma taminy, tamin' ny fiandohan' ny Fanavaozana ara-pivavahana, teo amin' io toerana io no nananganan' ny Revolisiona ny fanapahany loha voalohany. Teo amin' ny toerana indrindra izay nandorana velona ireo maritioran' ny finoana Protestanta voalohany tamin' ny taonjato fahenina ambinifolo, teo koa no nanapahan-doha ireo babon' ny vahoaka tamin' ny taonjato fahavalo ambinifolo. Nolavin' i Frantsa ny Filazantsara izay ho nitondra fanasitranana ho azy, ka nadanadanany ny varavarana hidiran' ny tsy finoana sy ny faharavana. Rehefa notsipahina ny fameperan' ny lalàn' Andriamanitra, dia hita fa tsy afaka hanakana ny fisamontan' ny filana ambany ao amin' ny olona ny lalàn' olombelona; ka nofaohin' ny fikomiana sy ny korontana ny firenena. Nanokatra vaninandro izay lazaina ho andron' ny Horohoro ao amin' ny tantaran' izao tontolo izao ny ady natao tamin' ny Baiboly. Voaroaka tsy ho ao an-tokantrano sy tsy ho ao am-pon' ny olona ny fiadanana sy ny fahasambarana. Nandry tsy lavo loha ny isambatan' olona. Izay nandresy androany dia noahiahina, nomelohina ny ampitson' iny. Nanjaka tsy nisy ady hevitra ny herisetra sy ny filana ambany.

Voatery tsy fidiny niaritra ny habibian' ny vahoaka romotra sy maimbo ra ny mpanjaka sy ny andriana ary ny mpitondra fivavahana. Vao mainka nandranitra ny hetahetany hamaly faty ny namonoana ny mpanjaka; ary vetivety dia notapahin-doha tahaka azy koa ireo nanameloka azy ho faty. Tapaka ny hevitra fa hatao vono-moka izay rehetra noahiahina fa tsy nankasitraka ny Tolompiavotana. Hipoka ny tranomaizina, ary indray mandeha aza dia nihoatra ny roa hetsy ny isan' ny mpigadra. Feno toe-javatra nampihoron-koditra ireo tanàn-dehibe tao amin' ny fanjakana. Nifandrafy ireo antoko samy mpanohana ny Tolom-piavotana, ka i Frantsa

dia nanjary saha nidadasika izay nifandonan' ny vahoaka marobe, nentanin' ny fihetseham-po nirehitra. «Tao Parisy dia nanao sesilany ny rotaka, ka nizarazara ho antoko nifanjevo be ihany ny olona, izay toa tsy nanana tarigetra afa-tsy ny hifandripaka». Ary ho fanampin' ny fahoriana nianjady hatraiza hatraiza dia rafitr' ady izay naharitra ela sy nahalao ny tany tamin' ireo fanjakana lehibe tao Eoropa, ny firenena. «Efa saiky bankirompitra ny tany sy ny fanjakana, nitaky ny karamany tsy voaloa ny tafika, tsy nanan-kohanina ny mponina tao Parisy, ringana noho ny asan' ny jiolahy ny faritany ary efa saiky fongotry ny toetra tsy tan-dalàna ny filibana ny riba» (sivilizasiona).

Diso hain' ny vahoaka loatra ny leson' ny halozana sy ny fampahoriana izay nampahazoto fatratra an' i Roma ny nampianatra azy. Ela ny ela ka tonga ny andro famaliana. Tsy ny mpanara-dia an' i Jesosy izao no nalefa tany am-ponja sy notaritarihina teny amin' ny antontan-kitay fandorana velona. Efa ela no nahafatesan' ireny na nanaovana sesi-tany azy. Ankehitriny dia tsapan' i Roma tsy namindra fo ny hery mahafaty eo am-pelatanan' izay nozariny hahita fahafinaretana amin' ny fandatsahan-dra. «Ny ohatry ny fanenjehana izay nahariharin' ny mpitondra fivavahana tao Frantsa nandritra ny taona maro tokoa izao dia mitsingerina aminy amin-kery mahagaga. Menan' ny ran' ny pretra ny lampihazo fanapahan-doha. Ny sambo fivoin' ny andevo sy ny tranomaizina, izay nifatraran' ny Huguenots teo aloha, izao dia feno an' ireo mpanenjika azy. Nafatotra tamin' ny dabilio sy niasa mafy nivoy izao ny mpitondra fivavahana Katolika Romana ka nanandrana ny fampahoriana rehetra izay nampitondrainy ny fiangonany ka tsy nitsitsiny an' ireo «heretika» malemy fanahy». ( Jereo Fanampiny).

«Dia tonga ireo andro izay nampiharan' ny fitsarana masiaka indrindra amin' ny fitsarana rehetra, ny lalàna masiaka indrindra amin' ny lalàna rehetra; tamin' izany dia tsy nisy olona afaka niarahaba ny mpifanolobodirindrina taminy na nivavaka. . . ka tsy notandindomin-doza ho voampanga nanao heloka bevava mahafaty; tamin' izany dia namitsaka isaky ny zoron-dalana ny mpitsikilo; tamin' izany dia niasa naharitra sy mafy isa-maraina ny fanapahandoha; tamin' izany dia feno hika tahaka ny sambo mpitatitra andevo ny fonja; tamin' izany ny tatatra fanarian-drano dia feno ra nandroadroatra nivalana ho any amin' ny renirano «La Seine». . . Tamin'izany raha namakivaky ny araben' i Parisy isan' andro ireo sariety feno olona nentina handray ny anjara ratsiny, ireo solontenam-panjakana kosa, izay nalefan' ny komity mpanapaka ho any amin' ny faritany, dia nampiseho habibiana nihoapampana tsy mbola fahita mihitsy na dia tao amin' ny renivohitra aza. Niadana loatra ny antsin' ilay fitaovana famonoana raha niakatra sy nidina nanao ny asany fandringanana. Mpigadra nilahatra lavabe no indray naripaky ny tifitra variraraka. Niniana noloahana ny fanambanin' ny sambo feno olona. Zary efitra ny tanànan' i Lyon. Tany

Arras dia nolavina tsy ho an' ny mpigadra ny indrafo amin' ny fahahafatesana haingana. Nanaraka ny moron' ny reniranon' i Loire, hatreo Saumur ka hatrany amin' ny ranomasina, dia nisy andiana goaika sy voromahery nanao fihinanambe tamin' ireo faty nianjaka, nifaningotra tamin' ny fifanorohana mahatsiravina. Tsy nisy namindrana fo na lahy na vavy, na antitra na tanora. Anjatony ny isan' ny tovolahy sy ny tovovavy teo amin' ny fito ambinifolo taona novonoin' io fitondram-panjakana naharikoriko io. Nifanipazana tamin' ny lefona teny amin' ny laharan' ny Jacobins (antoko farany ankavia nandritra ny Tolom-piavotana frantsay) ny menavava nosintonina avy teo an-tratran-dreniny». (Jereo Fanampiny) «Nandritra ny taona folo fotsiny, dia olona alikisa no maty».

Izany rehetra izany dia araka ny nanirian' i Satana azy. Izany no niezahany ho tanterahina nandritra ny taona maro nifandimby. Fitaka hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany ny tetikadiny ary ny fikasany tsy miova dia ny hitondra fahoriana sy fampijaliana ho an' ny olona, ny hanova endrika sy handoto ny sangan' asan' Andriamanitra hampiseho fiantrana sy fitiavana ka hahatonga alahelo any an-danitra amin' izany fomba izany. Avy eo dia nanamaizina ny sain' ny olona izy tamin' ny alalan' ny fahaizany mamitaka, ka nitarika azy ireo hanameloka an' Andriamanitra noho ny asa ataony, tahaka ny vokatry ny drafitra nataon' ny Mpamorona iny ery ny fahoriana rehetra mianjady. Toy izany koa rehefa mby tao amin' ny tanjon' ny fahafahany ireo izay natao tsinontsinona sy nampiharana herisetra tamin' ny alalan' ny fahefany lozabe, dia nampirisihiny hanao fihetsika mihoapampana sy feno habibiana. Amin' izany dia tondroin' ny mpanjakazaka sy ny mpanao tsindry hazo lena ho vokatry ny fahafahana io sarin' ny filibana tsy voafehy io.

Rehefa voaseho miharihary ny hevi-diso iray, dia saronan' i Satana fotsiny amin' ny fitafiana hafa izany ka: raisin' ny olona mora foana tahaka ny tamin' ny voalohany. Rehefa hitan' ny vahoaka fa fitaka ny fivavahan' i Roma, ka tsy azon' i Satana intsony ny hitarika azy handika ny lalàn' Andriamanitra amin' ny alalan' io fitaovana io, dia nampirisihiny izy ireo hihevitra ny fivavahana rehetra ho fanambakana, ary ny Baiboly ho anganongano; ary rehefa mitsipaka ny didin' Andriamanitra izy, dia manolo-tena ho amin' ny fanaovandratsy feno fanaranam-po.

Ny fahadisoana bevava izay nahatonga fahoriana be toy izany tamin' ny mponina tao Frantsa dia ny tsy nahalalany ity fahamarinana lehibe ity: ny tena fahafahana dia ao amin' ny fanarahana ny didin' Andriamanitra no misy azy. «Toy izay anie ianao mba nihaino ny didiko! Dia ho tonga tahaka ny ony ny fiadananao, ary ho tahaka ny onjan-dranomasina ny fahamarinanao». «Tsy misy fiadanana ho an' ny ratsy fanahy hoy Jehovah». «Fa izay mihaino Ahy kosa hitoetra tsy manana ahiahy, eny, handry fahizay izy ka tsy hatahotra ny ratsy».[17]

Manohitra sy miampanga ny lalàn' Andriamanitra ireo tsy mino ny fisiany, ireo tsy mahatoky Azy sy ireo mpivadika; ny vokatry ny asa mangina ataon' izy ireo anefa dia manamarina fa mifamatotra amin' ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra izay hahasoa ny olona. Izay tsy mamaky io lesona io ao amin' ny bokin' Andriamanitra dia baikona hamaky izany ao amin' ny tantaran' ny firenena.

Raha mbola nampiasa ny Fiangonan' i Roma i Satana hitarihany ny olona hiala tamin' ny fankatoavana, dia nafeniny io fitaovany io, ary voasarona ny asany hany ka tsy hita ho vokatry ny fandikan-dalàna ny fitotonganana sy ny fahoriana niseho. Notoherin' ny asan' ny Fanahin' Andriamanitra indrindra koa ny heriny ka voasakana tsy ho tonga amin' ny tena fahamasahany ny fikasany. Tsy nanadihady izay anton-javatra niavian' izay nanjo azy ny olona ka tsy hitany ny loharanon' ny fahoriany. Nandritra ny Tolom-piavotana anefa dia nailiky ny Filan-kevim-pirenena mazava ny didin' Andriamanitra. Ary nandritra ny fanjakan' ny Horohoro izay nanaraka izany, dia hitan' ny rehetra ny fisian' ny lalàna milaza fa tsy maintsy misy vokany ny atao.

Rehefa nandà an' Andriamanitra ampahibemaso sy nitsipaka ny Baiboly i Frantsa, dia nibitaka ny fanahy ratsy sy ireo fanahin' ny maizina noho ny nahatratrarany ny zavatra niriny efa ela — dia fanjakana afaka amin' ny fameperan' ny lalàn' Andriamanitra — «Saingy tsy tanterahana vetivety ny famaliana ny ratsy atao, dia izany no ikirizan' ny fon' ny zanak' olombelona amin' ny fanaovandratsy».[18] Ny fandikana ny lalàna araka ny hitsiny sy ny rariny dia mitondra fahoriana sy fahafatesana ho vokatra tsy azo ialana. Na dia tsy mihatra avy hatrany aza ny fitsarana, dia miasa amin' ny fomba azo antoka hahatanteraka ny anjara ratsin' ny olona ny haratsiampanahiny. Efa nanangona fahatezerana ho amin' ny andro famaliana ireo taonjato nisian' ny fihemorana sy ny heloka bevava; ary rehefa feno ny fatran' ny helony, dia efa diso aoriana loatra ny nianaran' ireo mpanamavo an' Andriamanitra fa zava-mahatahotra ny mandritra ny faharipon' Andriamanitra. Azo lazaina fa niala ny Fanahin' Andriamanitra mamefy izay misakana ny hery lozaben' i Satana, ka nomena alalana hanatanteraka ny sitrapony ilay tsy mifaly afa-tsy amin' ny fahorian' ny olombelona. Ireo izay nifidy ny hanompo ny fikomiana dia navela hijinja ny vokatr' izany mandra-pahatongan' ny tany ho heniky ny heloka bevava mahatsiravina loatra ka tsy azon' ny penina soritana. Re avy tamin' ireo faritany nanjary lao sy avy tamin' ireo tanàn-dehibe rava ny feo mampivarahontsana dia feo mitory tebiteby mahatsiravina. Tahaka ny horohoron-tany ny hery nanozongozona an' i Frantsa. Ny fivavahana, ny lalàna, ny rafitry ny fiarahamonina, ny fianakaviana, ny fanjakana sy ny fiangonana izany rehetra izany dia samy nopotehin' ny tanana tsy masina izay nisandratra hanohitra ny lalàn' Andriamanitra avokoa. Marina ny tenin' ny olon-kendry hoe: «Ny ratsy fanahy lavon' ny haratsiany». «Eny fa na dia

manao ratsy injato aza ny mpanota ka ela velona ihany, dia fantatro kosa fa hisy soa ho an' izay matahotra an' Andriamanitra, dia izay matahotra eo anatrehany. Fa tsy hisy soa ho an' ny ratsy fanahy» [19]. «Satria nankahala ny fahalalana izy ary tsy nifidy ny fahatahorana an' i Jehovah», «dia hihinana ny vokatry ny alehany izy ka ho voky ny fihendreny» [20].

Ireo vavolombelona mahatokin' Andriamanitra, izay matin' ilay fahefana miteny ratsy an' Andriamanitra izay niakatra avy tamin' ny lavaka tsy hita noanoa, «dia tsy nangina ela tsy akory». «Ary rehefa afaka ny hateloan' andro sy tapany, dia nisy fanahin' aina avy tamin' Andriamanitra niditra tao anatin' ireo, ka raiki-tahotra indrindra izay nahita azy».[21] Tamin' ny taona 1793 no nandalo tao amin' ny Antenimieram-pirenena Frantsay ireo izay nandrava ny fivavahana Kristiana. Telo taona sy tapany tatý aoriana dia nisy fanapahankevitra nanafoana ireo lalàna ireo, sy nanome fahalalana mikasika ny Soratra Masina izay neken' io Antenimiera io ihany. Nampitolagaga an' izao tontolo izao ny halehiben' ny heloka vokatry ny fandavana ny Teny Masin' Andriamanitra ka neken' ny olona ny ilàna ny finoana an' Andriamanitra sy ny teniny ho fototry ny fitondrantena. Hoy ny Tompo: «Fa iza no nohaikenao sy nompanao? Ary hanohitra an' iza no nanandratanao ny feonao sy nampiandrandranao ny masonao any ambony? Hanohitra ny Iray Masin' ny Isiraely» [22]«Koa, indro, hampahafantariko azy amin' izao indray mandeha izao. Eny, hampahafantariko azy ny tànako sy ny heriko, ka dia ho fantany fa Jehovah no anarako». [23]

Izao indray no lazain' ny mpaminany mikasika ireo vavolom-belona roa: «Ary nahare feo mahery avy tany an-danitra izy roa nanao taminy hoe: Miakara atý. Dia niakatra ho any an-danitra tao anatin' ny rahona ireo; ary nahatsinjo azy ny fahavalony». [24]Hatramin' ny niadian' i Frantsa tamin' ireo vavolombelon' Andriamanitra roa ireo, dia tsy mbola nomem-boninahitra toy izany izy. Tamin' ny taona 1804 dia naorina ny Fikambanana mampiely Baiboly Anglisy sy Vahiny[25]. Nisy Fikambanana mitovy tamin' izany koa nanaraka io izay nisy sampany maro tany Eoropa. Tamin' ny taona 1816 dia naorina ny Fikambanana mampiely Baiboly Amerikana. Fony naorina ny Fikambanana Anglisy dia efa natonta sy naely tamin' ny fiteny dimam-polo ny Baiboly. Hatramin' izay dia nadika tamin' ny fitenim-paritra an-jatony maro izany. (Jereo Fanampiny)

Nandritra ny dimam-polo taona nialoha ny 1792, dia tsy nisy fiheverana firy ny asa tany ampitan-dranomasina. Tsy nisy fikambanana vaovao niforona, ary tsy nisy afa-tsy fiangonana vitsy no nanao ezaka hampielezana ny fivavahana Kristiana tany amin' ny tanin' ny jentilisa. Nefa teo amin' ny faramparan' ny taonjato fahavalo ambinifolo dia nisy fiovana lehibe niseho. Tsy afa-po tamin' ny vokatry ny «rasionalisma» (foto-kevitra mitarika tsy hino afa-tsy izay tratry ny saina) ny olona ka nahatonga ny fanambarana avy amin'

Andriamanitra sy ny fivavahana iainana. Hatramin' io fotoana io dia nandroso tsy toy ny teo aloha ny asa tany amin' ny misiona ampitan-dranomasina.

Nampitombo ny asa fampielezana Baiboly ny fandrosoan' ny fanontam-printy. Nampidanadana ny lalana idiran' ny tenin' Andriamanitra ny fifandraisana nihamora hatrany nisy tamin' ireo tany samihafa, ny firodanan' ireo fefy teo aloha natsangan' ny fiheverana diso nibahana tao an-tsaina sy ny fitokatokanan' ny firenena, ary ny nahavery ny fahefana ara-politika teo am-pelatanan' ny papa tao Roma. Nandritra ny taona vitsivitsy dia namidy tsy nisy fisakantsankanana teny amin' ny araben' i Roma ny Baiboly, ary ankehitriny dia efa niely amin' ny faritra rehetra misy olona eto amin' izao tontolo izao.

Nirehareha fatratra i Voltaire, mpanoratra frantsay tamin' ny taonjato fahavalo ambinifolo, lehilahy tsy nino an' Andriamanitra, raha niteny indray andro nanao hoe: «Mahavalalanina ahy ny mandre fa olona roa ambinifolo no nanangana ny Fivavahana Kristiana. Hoporofoiko fa olona iray dia ampy handrodana an' izany». Nisy taranaka nifandimby hatramin' ny nahafatesany, an-tapitrisany ny olona nanampy hiady tamin' ny Baiboly. Nefa sanatria azy ny ho levona, fa tamin' ny toerana izay nisian' ny Baiboly zato tamin' ny andron' i Voltaire, ankehitriny dia misy bokin' Andriamanitra iray alina, eny iray hetsy aza. Araka ny tenin' ny Mpanavao fivavahana anankiray anisan' ny voalohany, mikasika ny fiangonana Kristiana, dia «riandriana izay nanamongomongo tantanana maro ny Baiboly». Hoy ny Tompo: «Ny fiadiana rehetra izay voaforona hamelezana anao dia tsy hisy hambinina ary ny lela rehetra izay miady aminao, dia horesena lahatra».[26]

«Fa ny tenin' Andriamanitra dia haharitra mandrakizay». «Mahatoky avokoa ny didiny rehetra. Mitoetra mafy mandrakizay doria ireny, fa natao tamin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana».[27] Na inona na inona aorina amin' ny fahefan' olombelona dia ho rava; fa izay rehetra miorina amin' ilay vatolampin' ny tenin' Andriamanitra tsy miova dia haharitra mandrakizay.

**Fanamarihana**

1 Jao. 3 : 1 9
2 Apok. 11 : 2 - 11
3 Mat. 24 : 22
4 Apok. 11 : 4 ; Sal. 119 : 105
5 Apok. 11 : 5
6 Apok. 22 : 18 , 19
7 Eks. 5 : 2
8 couronnes : vola fampiasa amin' ny tany sasantsasany
9 Te Deum : hira fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra
10 amiraly : Amiraly Gaspard de Coligny, anankiray tamin' ny filoha protestanta
11 Convention : fitondram-panjakana teteza-mita nandritra ny Tolom-piavotana frantsay
12 sal.73:11
13 Sal. 14 : 1
14 Opéra:trano filanonana ao Paris
15 Ohab. 14 : 34 : 16 : 12
16 Isia 32:17
17 Isaia 48:18.22; Ohab.1:33
18 Mpit.T.8:11
19 Ohab . 11 : 5
20 Ohab. 1 : 29 : 31
21 Apok. 11 : 11
22 Isa. 37 : 23
23 Jer. 16 : 21
24 Apok. 11:12
25 British and Foreign Bible Society
26 Isa. 54 : 17
27 Isa. 40 : 8 ; Sal. 111 : 7, 8

# 16

## *Ireo mpivahinin' ny fahafahana*

Niala lavitra ny fampianaran' i Roma ireo Mpanavao fivavahana Anglisy nefa mbola betsaka ny endrik' izany fivavahana izany no notazoniny. Noho izany, na dia notsipahina aza ny fahefana sy ny foto-pinoan' i Roma, dia tsy vitsy kosa ireo fomba fanaony sy ireo fanompoam-pivavahany no nampidirina tao amin' ny fotoampivavahan' ny Fiangonana Anglikana. Nolazaina fa tsy zavatra mikasika ny feon' ny fieritreretana ireny; fa na dia tsy andidian' ny Soratra Masina aza, noho izy tsy tena fototra tsy akory, sady tsy voarara rahateo dia tsy misy maharatsy azy velively. Ny fanarahana izany dia nampihena ny hantsana izay nampisaraka ireo fiangonana nohavaozina tamin' i Roma, ary noantitranterina fa hanosika ny mpiandany amin' i Roma hanaiky ny finoana Protestanta izany.

Ho an' ireo fatra-pitana ny nentim-paharazana sy ny mpanao marimaritra iraisana izany fihevitra izany, dia toa naharesy lahatra. Nisy antokon' olona hafa anefa izay tsy niray hevitra tamin' izany. Satria «natao tetezana hiampitana ny hantsana makadiry mampisaraka an' i Roma sy ny fanavaozana ara-pivavahana» ireo fomba amampanao ireo (Martyn, boky 5, p. 22), dia izany indrindra no antony mavesadanja tsy hitanana azy ireny araka ny fijeriny azy. Noraisiny ho toy ny mariky ny fanandevozana izay efa nanapahana azy izany, ka dia tsy nampaharisika azy intsony ny hiverina aminy indray. Noheveriny fa naorin' Andriamanitra tao amin' ny teniny ny fomban' ny fotoampivavahana atao ho Azy, ka tsy manana fahafahana ny olona hanampy na hanala ireo. Ny tena niantombohan' ny fihemorana dia ny nitadiavana ny hameno ny fahefan' Andriamanitra amin' ny an' ny fiangonana. I Roma dia nanomboka tamin' izay tsy noraran' Andriamanitra ary niafara tamin' ny fandrarana izay nampanaovin' Andriamanitra mazava.

Betsaka no naniry tamin-kafanam-po hiverina tamin' ny fahadiovana sy ny fahatsorana izay nampiavaka ny fiangonana voalohany. -Noraisiny ho toy ny tsangambaton' ny fanompoantsampy ny maro tamin' ireo fomba amam-panao raikitra tao amin' ny Fiangonana Anglikana, ka tsy azony atao tamim-pieritreretana madio ny hiray amin' ny fotoam-pivavahany. Nefa satria notohanan' ny fahefam-panjakana ny fiangonana dia tsy nanaiky ny hisian' ny fisaratsarahana amin' ny fombafombany izy. Notakian' ny lalàna ny fanatrehana ny fanompoam-pivavahany, ary norarana ny fivoriana hanaovana fanompoam-pivavahana tsy nahazoan-dalana ary fampidirana am-ponja sy fanaovana sesi-tany ary famonoana no sazin' izay nandika izany.

Tamin' ny niandohan' ny taonjato fahafito ambin' ny folo, dia nanambara ny fanapahan-keviny ny mpanjaka vao niakatra teo amin' ny seza fiandrianan' i Angletera fa hataony izay hahatonga ireo «Puritains» antokona mpino sarotiny fatratra tamin' ny fandalana ny fahadiovana ara-pitondrantena sy ny fankatoavandalàna ara-pivavahana, hanaiky hanaraka, na. . . hiharan' ny fampahoriana hiala amin' ny tany, na ny mafy noho izany aza». — George Bancroft,*History of the United States of America,* fizarana 1, toko 12, andininy 6. Rehefa nohazaina, nohenjehina, sy natao am-ponja izy ireo, dia tsy hitany mazava intsony ny fampanantenana andro tsaratsara kokoa ny amin' ny ho avy ka betsaka no nitompo marimarina fa ho an' izay ta-hanompo an' Andriamanitra araka ny baikon' ny feon' ny fieritreretany dia tsy toerana azo nipetrahana intsony i Angletera». J. G. Palfrey,*History of New England,* toko 3, andininy 43. Nony farany dia nisy nanapa-kevitra fa hitady fialofana any Holandy. Zava-tsarotra, fatiantoka, ary fampidirana am-ponja no nosetrainy. Nisy namadika ny fikasany, ka natolotra teo ampelatanan' ny fahavalony izy. Nefa tamin' ny farany dia naharesy ny fikirizany tsy azo nohozongozonina, ka nahita fialofana tany amin' ny tanin' ny Repoblikan' i Holandy izay nivoha handray azy izy.

Noho ny fandosirany, dia nilaozan' izy ireo ny tranony, ny fananany ary ny antom-pivelomany. Vahiny tao amin' ny tany tsy nahazatra azy izy, teo anivon' ny vahoaka hafa fiteny sy hafa fomba amam-panao. Voatery nitady asa vaovao tsy mbola nataony izy mba hivelomany. Nisy olona efa zokinjokiny izay nandany ny androny rehetra tamin' ny asa-tany, no voatery nianatra asa mampiasa milina izao. Nekeny tamim-pifaliana izany toerana izany ka tsy nandany andro nidonanam-poana na nitarainana izy. Na dia matetika aza no voaterin' ny fahantrana izy, dia nisaotra an' Andriamanitra noho ny fitahiana mbola nomeny azy ary nahita fifaliana teo amin' ny firaisana ara-panahy tsy voahelingelina. «Fantany fa vahiny ny tenany ka tsy nihevitra firy ireo zavatra ireo fa nanandratra ny masony ho amin' ny lanitra, ilay toerana maminy indrindra, ary nampitony ny sainy». —*Bancroft,* fizarana 1, toko 12, andininy 15.

Mainka nihamafy orina ny fitiavany sy ny finoany na dia sesi-tany aza izy sady voahodidin' ny zava-tsarotra. Natoky ny teny fikasan' ny Tompo izy ireo ary tsy nandao azy tamin' ny fotoana nilany Azy. Teo anilany ny anjely ka nampahery sy nanohana azy. Koa rehefa toa nanondro ny tanan' Andriamanitra nibaiko azy hiampita ny ranomasina, ho any amin' ny tany izay mety hananganan' izy ireo fanjakana ho an' ny tenany, ka ahazoany mamela ho an' ny zanany ny fahafahana ara-pivavahana ho lova sarobidy, dia niroso izy ireo ka tsy nihemotra ho amin' ny lalana nosokafan' Andriamanitra teo alohany.

Navelan' Andriamanitra hihatra amin' ny vahoakany ny fisedrana mba hanomana azy ho amin' ny fanatanterahana ny fikasany feno fahasoavana momba azy ireo. Nampietrena ny fiangonana mba ahazoana nanandratra azy. Efa hadiva hampiseho ny heriny eo aminy Andriamanitra, mba hanomezany porofo mazava iray indray fa tsy handao ireo izay mahatoky Azy Izy. Nifehy ny toe-javatra nitranga izy mba hahatonga ny fahatezeran' i Satana sy ny tetiky ny olondratsy hampandroso ny voninahiny ka hitondra ny vahoakany eo amin' ny toerana azo antoka. Nampidanadana ny lalana ho amin' ny fahafahana ny fanenjehana sy ny fanaovana an-tsesi-tany.

Fony voatery voalohany hisaraka tamin' ny Fiangonana Anglikana ry zareo «Puritains» dia nifamatotra tamin' ny fifanekena manetriketrika izy, fa amin' ny maha-vahoakan' ny Tompo sady afaka azy, dia «hiara-mandeha eo amin' ny lalana rehetra nampahafantarina na mbola hampahafantarina azy izy». J. Broron,*The Pilgrim Fathers,* p. 74. Io no tena foto-kevitra iorenan' ny fanavaozana ara-pivavahana tena Protestanta. Noho io antony io no nialan' ireo Mpivahiny tany Holandy ka nahitany fonenana vaovao tany Amerika. Izao no teny nataon' ny John Robinson, mpitandrina azy ireo, izay tsy afaka niaraka taminy noho ny fitondran' Andriamanitra, raha nanao veloma ireto mpitsoa-ponenana izy:

«Vetivety sisa ry rahalahy, dia hisaraka isika, ary ny Tompo no mahalala raha mbola velona aho hahita ny tavanareo indray. Nefa na izany na tsy izany no nokasain' ny Tompo, dia mananatra anareo mafy aho eo anatrehan' Andriamanitra sy ny anjeliny masina tsy hanaraka ahy afa-tsy amin' izay hanarahako an' i Kristy ihany. Raha misy ambaran' Andriamanitra aminareo amin' ny alalan' ny fiasana hafa eo am-pelatanany, dia aoka ho vonona ianareo handray izany tahaka ny naha-vonona anareo nandray izay fahamarinana tamin' ny naha-mpitandrina ahy; satria matoky marimarina aho fa mbola manana fahamarinana sy fahazavana hafa aseho avy ao amin' ny teniny masina ny Tompo». —*Martyn,* boky 5, p. 70.

«Raha ny amiko, dia mafy loatra ny alaheloko eo am-pahitana ny toetry ny fiangonana nohavaozina, izay tonga eo amin' ny tanjona iray raha ny momba ny ara-pivavahana, nefa ankehitriny dia tsy mety handroso

lavidavitra kokoa noho ireo fiasana nitondra ny fanavaozana taminy. Tsy azo tarihina hihoatra izay hitan' i Lotera ny Loterana;... ary hitanareo ny mpiandany amin' i Calvin, fa mihizingizina eo amin' izay namelan' ilay lehilahin' Andriamanitra malaza azy, izay tsy mbola nahita ny zavatra rehetra akory. Zava-mampalahelo sy mampahonena tokoa izany; satria na dia fahazavana nirehitra sy namirapiratra aza ireo tamin' ny androny dia tsy mbola nahatakatra ny hevitr' Andriamanitra rehetra izy, kanefa raha velona amin' izao fotoana izao izy, dia ho vonona ny handray fahazavana bebe kokoa noho izay noraisiny tamin' ny voalohany». — D. Neal, *History of the Puritains,*boky 1, p. 269.

«Tsarovy ny voady nataonareo teo anatrehan' ny fiangonana, izay nanekenareo handeha amin' ny lalana rehetra hampahafantariny. Tsarovy ny fampanantenana sy ny fanekena nifanaovareo tamin' Andriamanitra sy nifampanaovanareo avy, dia ny handray izay fahazavana sy fahamarinana rehetra hampahafantarina anareo avy amin' ny Tenin' Andriamanitra voasoratra; nefa koa, mitandrema, tany tsy mbola nisy mponina firy i Amerika tamin' izany fotoana izany, fa vao hitan' ny Eoropeana vao taonjato iray mahery kely foana. Miangavy anareo aho, ny amin' izay raisinareo ho fahama-rinana, mba hampitahao sy lanjalanjao izany amin' ny andininy hafa momba io fahamarinana io alohan' ny hanekenareo azy; vao haingana loatra mantsy, avy tao amin' ny haizina mikitroky ny fanoherana no nahatafavoaka ny fivavahana kristiana avy amin' izao tontolo izao ka tsy nety hisy izany hoe indray miseho avy hatrany ny fahafenoana tanteraky ny fahalalana».*Martyn,* boky 5, p. 70, 71.

Ny faniriana hanana fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretany no nanainga ireo Mpivahiny hisetra ny loza mety hitranga amin' ny lalandavitra hiampitana ranomasina, hiaritra ny zavatsarotra sy ny loza amin' ny famakivakiana tany foana, ary hametraka noho ny fitahian' Andriamanitra ny fanorenan' ny firenena mahery anankiray teny amin' ny morontsirak' i Amerika. Nefa na dia tso-po sy natahotra an' Andriamanitra aza ireo Mpivahiny dia tsy tena nahatakatra marina ny foto-kevitra lehibe momba ny fahafahana ara-pivavahana. Ilay fahafahana izay nanaovany fahafoizan-tena betsaka tokoa mba hahazoany izany ho an' ny tenany, dia tsy nahavonona azy loatra ny nanome izany ho an' ny hafa. An-kavitsiana tokoa ny olona, eny, na dia tamin' ireo mpanao fandinihana lalina sy mpampianatra ngezalahy momba ny ara-pitondrantena amin' ny taonjato fahafito ambin' ny folo aza, vitsy no tena nahalala marina io foto-kevitra lehibe asehon' ny Testamenta Vaovao io, izay manaiky an' Andriamanitra ho hany mpitsara ny finoan' ny olombelona». — *Ibid,* boky 5, p. 297. Ny fampianarana milaza fa napetrak' Andriamanitra tamin' ny fiangonana ny zo hifehy ny feon' ny fieritreretana, sy hametra ny atao hoe «herezia» ka hanafay izany , no anankiray amin'

ny hevi-diso papaly lalim-paka indrindra. Nitsipaka ny fanekeny an' i Roma ireo Mpanavao fivavahana, nefa tsy afaka tanteraka tamin' ny toetsaina tsy mahay mandefitra izy ireo. Tsy mbola tena nisinda tanteraka ny haizina matevina izay nanaronan' ny fahefana papaly ny fanjakana kristiana rehetra nandritra ireo fotoana lava nanjakany. Hoy ny anankiray tamin' ireo mpitandrina lohandohany tamin' izay niorim-ponenana tao Massachusetts Bay: «Ny fandefindeferana no nahatonga an' izao tontolo izao hanohitra ny fivavahana kristiana ; ary na oviana na oviana dia tsy nanenenan' ny Eglizy ny nanafaizany ny «heretika» ». —*Ibid,* boky 5, p. 335. Neken' ireo mpifindra monina ny fitsipika nilaza fa ny mambra ao amin' ny fiangonana ihany no hanana zo handatsa-bato ao amin' ny fitondram-panjakana. Karazan' ny fivavaham-panjakana no natsangana, ka noterena ny olona rehetra handray anjara amin' ny fanohanana ny mpitondra fivavahana, ary nomena alalana ny mpitsara hanafoana ny «herezia». Toy izany no nahatonga ny fahefana arapanjakana teo am-pelatanan' ny fiangonana. Tsy ela akory dia nitondra ho eo amin' ny vokatra tsy azo nialana ireo fepetra ireo, dia ny fanenjehana izany.

Iraika ambin' ny folo taona taty aorian' ny niorenan' ny zanatany voalohany, dia tonga tany Amerika i Roger Williams. Toy ireo Mpivahiny voalohany, dia hiriaria amin' ny fahafahana ara-pivavahana no nahatongavany; nefa izay tsy takatr' ireo Mpivahiny voalohany ireo, dia hitany kosa ary vitsy indrindra tamin' ny androny no mbola nahita izany fa zon' ny rehetra tsy azo sembatsembanana io fahafahana io, na toy inona 11a toy inona fanekem-pinoany. Mpikaroka mafana ny fahamarinana izy, ary niray hevitra tamin i Robinson fa tsy mety ho marina izany hoe efa voaray avokoa ny fahazavana rehetra avy amin' ny tenin' Andriamanitra. I «Williams» n0 olona voalohany amin' ny andro kristiana ankehitriny nanangana ny fitondram-panjakana eo ambonin' ny fampianaran ny fahafahana manaraka ny feon' ny fieritreretana, ny fitovian-danjan' ny hevitra samy manana ny azy eo anatrehan' ny lalàna. — *Bancroft,* fizarana 1, toko 15, andininy 16. Nambarany fa adidin' ny mpitsara ny mamefy ny heloka bevava, fa tsy adidiny na oviana na oviana ny mifehy ny feon' ny fieritreretana. «Ny vahoaka sy ny mpanapaka hoy izy, dia afaka manapaka izay adidin' ny olona amin' ny olona, fa raha manandrana ny hametra ny adidin' ny olona amin' Andriamanitra kosa izy, dia tsy eo amin' ny toerany intsony, ka tsy mety misy zavatra azo antoka amin' izany ; mazava mantsy fa raha manana io fahefana io ny mpanapaka, dia afaka mamoaka lalàna manohana ny hevitra na ny finoana iray izy androany, fa ny hafa indray rahampitso; tahaka ny nataon' ireo mpanjaka lahy sy vavy samihafa tany Angletera, sy ny nataon' ireo papa sy ireo fivoriana fiheverandraharaha samihafa tao amin' ny fiangonan' i Roma; ny vokany dia ho zary antontanjavatra misavorovoron' ny finoana.*Martyn,* boky 5, p. 340.

Navoaka ny didy fa tsy maintsy natrehina ireo fanompoampivavahan' ny fiangonana neken' ny fanjakana ka izay nandà tsy hihaino izany dia voasazy vola na fampidirana am-ponja. «Notsipahin' i Williams io lalàna io; ny didy ratsy indrindra ao amin' ny fehezandalàna Anglisy dia tsy inona fa ilay mandidy tsy maintsy anatrehana ny fanompoam-pivavahana ao amin' ny fiangonana misy ao amin' ny faritra itoeran' ny tena. Noraisiny ho fandikana miharihary ny zo voajanaharin' ny olona ny manery azy hiray amin' ireo izay hafa finoana noho izy; toa fanerena hihatsaravelatsihy fotsiny ny fitaritarihana ny olona tsy mivavaka sy tsy maniry hanao izany ho amin' ny fotoam-pivavahana ho an' ny besinimaro. . . «Tsy misy olona tokony ho terena hanao fanompoam-pivavahana na» hoy izy nanampy, «hanohana fanompoam-pivavahana mifanohitra amin' ny sitrapony». «Fa ahoana»! hoy ny flhorak' ireo mpanohitra azy, izay gaga noho ny heviny, «moa ve tsy mendrika handray ny karamany ny mpiasa?» Eny, hoy ny navaliny, fa izay manakarama azy no aoka handoa ny karamany». — *Bancroft,* fizarana 1, toko 15, andininy 2.

«Nohajaina sy nankasitrahana fatratra i Roger Williams amin' ny nahampitandrina nahatoky azy, olona manan-talenta vitsy mpanana, tsy azo namidy, nanana fahamarinan-toetra nijoro ary feno fiantràna marina; tsy azo noleferina anefa ny fijoroany hanohitra ny zon' ny mpanapaka tsy hanana fahefana amin' ny fiangonana, sy ny fangatahany fahafahana ara-pivavahana. Noantitranterina fa ny fampiharana io fampianaram-baovao io, dia hanozongozona .ny fototra iorenan' ny fanjakana». *Ibid,* fizarana 1, toko 15, andininy 10. Navoaka ny didy nandroaka azy tsy ho ao amin' ireo zanatany, ary farany, mba tsy ho voasambotra dia voatery nandositra tany anaty ala tsy mbola vaky, tanatin' ny hatsiaka namirifiry sy ny rivotra mifofofofon' ny rjrinina izy.

«Nandritra ny herinandro efatra ambin' ny folo, hoy izy, dia nanjenjena ory loatra aho namakivaky fotoan-tsarotra feno ngidy, ary tsy nahafantatra izay dikan' ny hoe mofo na fandriana». «Nefa kosa namelona ahy tany an-efitra ny goaika», ary hazo hobok' aty no matetika nialofako. *Martyn,* boky 5, pp. 349, 350. Toy izany no nanohizany ilay fandosirana nampijaly loatra nanosihosy ranomandry, sy nanavatsava tanaty ala tsy nisy lalana mandra-pahitany fialofana tao amin' ny fokon' ny Indiana [1]iray izay azony hatoky sy ho tia azy raha niezaka ny hampianatra azy ireo ny fahamarinan' ny filazantsara izy.

Nony farany, rehefa afaka volana maro nirenirenena, dia tody teo amoron' ny morontsiraky ny helo-dranon' i Narragansett izy, ary tao no nanorenany ny fanjakana voalohany amin' izao andro «moderna» izao izay nanaiky ny zo hanana fahafahana ara-pivavahana amin' ny heviny manontolo. Ny fotokevitra niorenan' ilay vondrona natsangan' i Roger Williams dia izao: «ny

olona rehetra dia tokony hanana fahafahana hanompo an' Andriamanitra araka ny fahazavan' ny feon' ny fieritreretan' ny tenany».*Ibid,* boky 5, p. 354. Ny fanjakana kely nentiny, Rhode Island [2]— dia nanjary fialofana ho an' izay tratry ny tsindrihazolena, ka nitombo sy nambinina izany mandrapahatongan' ireo foto-kevitra niorenany izany hoe ny fahafahana ananan' ny olom-pirenena sy eo amin' ny ara-pivavahana ho vato fehizoron' ny Repoblika Amerikana. Izao no ambaran' ireo razamben' ny Amerikana ao amin' ilay tahirin-kevitra malaza tranainy izay noraisina ho sata mifehy ny zony — dia ny Fanambarana ny Fahaleovantena — «Tananay ho fahamarinana mazava fa noharina hitovy zo ny olombelona rehetra; fa nomen' ny Mpamorona zo tsy azo hozongozonina izy; ka anisan' izany ny aina, ny fahafahana sy ny fikatsahana fahasambarana. Ny lalàm-panorenana dia miantoka, amin' ny fomba mazava indrindra ny maha-tsy azo vozonana ny feon' ny fieritreretana. Tsy misy mihitsy fepetra ara-pivavahana azo takina ametrahana adidy na inona na inona amin' izay olona eo amin' ny asam-panjakana any Etazonia». Ny Antenimieram-pirenena (Congrès) dia tsy hanao lalàna ho fanorenana fivavahana na ho fandrarana ny fanarahana izany an-kalalahana.

«Neken' ireo namolavola ny lalàm-panorenana fa ambonin' ny lalàn' olombelona ny fifandraisan' ny olona amin' ny Andriamaniny ary tsy azo kasikasihina ny zony momba ny feon' ny fieritreretana. Tsy nilàna fandalinana ara-tsaina ny fampitoerana io fahamarinana io; tsapantsika ao am-pontsika rahateo izany. Ny fahatsapana izany ka nanaovana zinona ireo lalàn' olombelona no nanohana ireo maritiora marobe tokoa tamin' ny fampijaliana sy ny lefafo. Tsapany fa ambony noho ny lalàn' olombelona ny adidy amin' Andriamanitra, ary tsy misy fahefana azon' ny olona ampiharina amin' ny feon' ny fieritretany. Foto-kevitra nahariana izany, izay tsy misy na inona na inona mahafongotra azy.*Tahirin-kevitra momba ny antenimieram-pirenena*(U. S. A.) andiany laharana faha 200, tahirin-kevitra laharana faha 271.

Rehefa niely eran' ny firenena Eoropeana ny vaovao fa nisy tany izay ahazoan' ny olona tsirairay miriaria amin' ny vokatry ny asany ka hankatò izay neken' ny feon' ny fieritreretany, dia an' arivony ny olona nanao andiany ho eny amin' ny morontsirak' i Amerika. «Nitombo isa haingana ireo tobimpiaraha-monina. Nanao lalàna manokana i Massachusetts mba handraisana tsara sy hanampian' ny fanjakana ny Kristiana avy any amin' ny firenena na inona na inona izay afaka hiampita ny ranomasimben' i Atlantika mba handositra ny ady na ny mosary, na ny fampahorian' ny mpanenjika azy». Toy izany no nampiantranoin' ny firaisamben' ny zanatanin' Amerika araka ny lalàna, ny mpitsoa-ponenana sy ny natao tsindrihazolena. *Martyn,* boky 5, p. 417. Roapolo taona tatý aorian' ny nidiran' ny mpivahiny voalohany tao Plymouth, [3]dia an' arivony maro no tafaorina tany New England.[4]

Mba hahazoany antoka izay notadiaviny, «dia nianina tamin' ny foto-pivelomana zara fa nisy izy, tamin' ny fiainana tsotra sy ny asa mafy. Tsy nitaky afa-tsy valin-kasasarana ara-drariny tamin' ny tany izy. Tsy nisy fahitana nivolom-bolamena nihelohelo namitaka teo amin' ny lalany. . . Afa-po tamin' ny fandrosoana azo antoka nefa niandalana teo amin' ny rafitry ny fiaraha-monina teo amin' ny taniny izy. Nozakainy tamim-paharetana ny tsy fisiana tao amin' ny tany efitra, ka notondrahany tamin' ny ranomasony sy tamin' ny hatsembohan' ny tavany ny hazon' ny fahafahana mandra-pahalatsapaka lalina izany.

Notazoniny ho fototry ny finoana ny Baiboly, ho loharanompahendrena, sy ho dinan' ny fahafahana. Nampianarina tamimpahazotoana tao an-tokantrano, tany an-tsekoly sy tany ampiangonana ny foto-keviny ary hita teo amin' ny fahaiza-mitsitsy, ny fivelaran-tsaina, ny fahadiovany sy ny fahalalana onony ny vokatr' izany. Azo atao ny monina mandritra ny taona maro ao amin' ny tobin-drizareo Puritains nefa tsy hahita mamo, na handre teny ratsy, na hifanena amin' ny mpangataka». —*Bancroft,*fizarana 1, toko 19, andininy 25. Naseho mazava fa ireo foto-kevitry ny Baiboly no fiarovana ny fahalehibeazam-pirenena azo antoka indrindra. Ireo tobim-pianarana osaosa sy nitokantokana dia nitatra hatrany ka nanjary fitambarampanjakana matanjaka, ary nomarihin' izao tontolo izao tamim-pahagagana ny fiadanana sy ny fandrosoan' ny « fiangonana tsy misy papa, sy fanjakana tsy misy mpanjaka».

Nitombo hatrany anefa ny isan' ny olona voasarika ho eny amin' hy morontsirak' i Amerika, nentanin' ny anton-javatra hafa lavitra noho izay nanosika ireo mpivahiny voalohany. Na dia nisy hery niparitaka hatraiza hatraiza namolavola azy avy amin' ny finoana sy ny fahadiovana voalohany aza, dia nihena hatrany izany hery izany arakaraka ny nitomboan' ny isan' ireo izay tsy nitady afa-tsy ny tombon-tsoa araka izao tontolo izao.

Nitera-bokatra nampidi-doza ny lalàna narahin' ireo voanjo voalohany, izay tsy namela afa-tsy izay mambra ao amin' ny fiangonana ihany handatsabato na handray anjara amin' ny fitondrampanjakana. Nekena io fepetra io mba ho fiarovana ny fahadiovan' ny fanjakana, nefa fahalavoana no vokatr' izany tamin' ny fiangonana. Satria ny fisehoana ho mpivavaka no fepetra hahazoa-mandatsa-bato sy ny fanarahana ny fivavahana, dia nisy maro no nentanin' ny fikendrena araka izao tontolo izao fotsiny, no niray tamin' ny fiangonana nefa tsy niova fo Toy izany no nahatonga ny fiangonana ho feno olona tsy niova fo tamin' ny ankabeazany; ary na dia tamin' ireo mpitondra fivavahana aza dia nisy izay tsy hoe nitana ny hevi-diso ara-pampianarana ihany, fa tsy nahalala mihitsy koa ny hery manavao avy amin' ny Fanahy Masina. Voaseho mazava indray ny voka-dratsy izay fahita matetika amin' ny tantaran' ny fiangonana hatramin' ny andron' i Constantin[5] ka hatramin'

izao, avy amin' ny fanandramana hanangana Fiangonana amin' ny alalan' ny fanampian'ny fanjakana, avy amin' ny fitadiavana ny fahefampanjakana hanohana ny filazantsaran' Ilay nilaza fa: «Ny fanjakako tsy avy amin' izao tontolo izao».[6] Ny fíraisan' ny fiangonana sy ny fanjakana na dia kely sy bitika ihany aza, izay toa mitarika an' izao tontolo izao hanakaiky bebe kokoa ny fiangonana raha ny tena marina, dia mitarika ny fiangonana ho akaikin' izao tontolo izao kokoa.

Ilay foto-kevitra lehibe izay narovan' i Robinson sy Roger Williams tamin' ny fomba mendrika indrindra, izay milaza fa miandalana ny fisehoan' ny fahamarinana, ka tokony ho vonona ny Kristiana hanaiky ny fahazavana rehetra mety hamirapiratra avy amin' ny teny masin' Andriamanitra, dia nohadinoin' ny taranak' izy ireo. Ny Fiangonana Protestanta tany Amerika, — tahaka ireo tany Eoropa koa, izay nahazo be tokoa tamin' ny nandraisany ny fitahiana avy amin' ny Fanavaozana ara-pivavahana dia tsy niroso hatrany teo amin' izany lalana izany. Na dia nisy olom-bitsy nahatoky aza nitsangana tsindraindray hitory fahamarinana vaovao sy namotsipotsitra fahadisoan-kevitra nankamamiana hatramin' ny ela, ny ankabeazany kosa, tahaka ireo Jiosy tamin' ny andron' i Kristy na tahaka ireo papista tamin' ny andron' i Lotera, dia afa-po tamin' ny finoana izay efa ninoan' ireo razambeny sy nivelona araka izay nivelomany koa. Noho izany dia nitotongana ho fombafomba fotsiny indray ny fivavahana; ary tafatoetra sy nankamamiana ireo hevi-diso sy finoanoam-poana izay tokony ho nafoy raha nitohy nandeha teo amin' ny fahazavan' ny tenin' Andriamanitra ny fiangonana. Tamin' izany fomba izany no nahafaty miandalandalana ny toe-tsaina nampiefitana ny Fanavaozana ara-pivavahana, mandrapahatongan' ny fotoana nilàna fanavaozana tao amin' ny Fiangonana Protestanta tahaka ny nilana izany tao amin' ny Fiangonana Katolika tamin' ny andron' i Lotera. Nisy tao koa ilay fitiavana an' izao tontolo izao sy ilay fahadontoarta ara-panahy, ilay fanajana ny hevitr' olombelona, sy fanoloana ny fampianaran' ny tenin' Andriamanitra amin' ny hevitr' olombelona.

Ny fielezan' ny Baiboly be dia be tamin' ny tapany voalohan' ny taonjato fahasivy ambin' ny folo, sy ny fahazavana lehibe naparasaka toy izany teo amin' izao tontolo izao, dia tsy narahin' ny fandrosoana mifanaraka amin' izany teo amin' ny fahalalana sy ny fahamarinana nambara, na teo amin' ny fivavahana iainana. Tsy azon' i Satana natao, tahaka ny teo aloha, ny nisakana ny tenin' Andriamanitra tsy ho eo an-tanan' ny vahoaka; voatolotra ho azon' ny rehetra izany; nefa mba hanatanterahany ny zava-kendreny, dia notarihiny ny olona maro tsy hanome lanja firy izany. Nataon' ny olona an-tsirambina ny fandinihana ny Soratra Masina, ary noho izany dia mbola nandray famoaboasana diso izy sy nankamamy fampianarana izay tsy nisy fototra teo amin' ny Baiboly.

Rehefa hitan' i Satana fa tsy nahomby ny fiezahany hanapotika ny fahamarinana amin' ny alalan' ny fanenjehana, dia nampiasainy indray ny drafitry ny marimaritra iraisana izay nitarika fihemorana sy nahatonga ny fiforonan' ny Fiangonan' i Roma. Notaominy ankafetsena ny Kristiana hiray hina, tsy tamin' ny mpivavaka amin' ny sampy intsony amin' ity indray mitoraka ity, fa tamin' ireo izay nampiseho fankafizana ny zavatra eto amin' izao tontolo izao izay nahatonga azy ho mpanompo sampy tahaka ireo mivavaka amin' ny sary voasokitra ihany. Ary ny vokatr' izany firaisana izany, dia nampidi-doza tsy latsaka noho ny teo aloha; nokolokoloina ny fireharehana sy ny fandaniambe nosaronana kapaotm' ny fivavahana. Nitoby tamin' ny fanodinana ny fampianaran' ny Baiboly i Satana ka latsa-paka lalina ireo lovan-tsofina izay nanapotika olona antapitrisany. Nanohana sy niaro ireo lovan-tsofina ny fiangonana fa tsy niady ho an' ny finoana izay natolotra indray mandeha ho an' ny olona masina. Toy izany no nampitotongana ny foto-kevitra izay niezahan' ireo Mpanavao fivavahana hajoro sy niaretany fampijaliana mafy tokoa.

**Fanamarihana**

1 Ny Indiana dia foko tompon-tany any Amerika
2 Fanjakana ao Etazonia amin' ny morontsiraka avaratra atsinanana
3 Seranana lehibe any Etazonia
4 Angletera Vaovao : faritra avaratra atsinanana any Etazonia
5 Amperora Romana a (taona 306-337)
6 1 Jao. 18 : 36

# 17

## *Mpitondra hafatry ny maraina*

Ny anankiray amin' ny hafatra miezinezina sy be voninahitra indrindra ambara ao amin' ny Baiboly dia ilay momba ny fiverenan' i Kristy fanindroany mba hameno ny asa lehiben' ny fanavotana. Ho an' ny zanak' Andriamanitra izay navela hitoetra ela tokoa teto amin' ity «lohasaha aloky ny fahafatesana» ity, dia misy fanantenana sarobidy miteraka fifaliana entin' ny teny fikasana momba ny fisehoan' Ilay «fananganana ny maty sy fiainana», izay hampody ilay noroahiny. Ny foto-pinoana momba ny fiverenan' i Jesosy fanindroany no fanalahidin' ny hevitry ny Soratra Masina rehetra. Hatramin' ny andro izay nandiavan' ireo mpivady voalohany ilay lalam-pahoriana niala an' i Edena, dia efa niandry ny fiavian' Ilay Nampanantenaina hanamontsana ny herin' ny mpandringana sy hamerina azy ireo indray ho amin' ilay Paradisa efa very ireo zanaky ny finoana. Nobanjinin' ny olona masina fahiny ny fiavian' ny Mesia amim-boninahitra, izay fanatanterahana ny fanantenany. I Enoka, izay vao taranaka fahafito monja avy tamin' ireo nonina tao Edena, sy niara-nandeha telonjato taona tamin' Andriamanitra tety an-tany, dia navela hitazana ny fiavian' Ilay Mpanafaka. «Indro, hoy izy, tonga Jehovah mbamin' ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra».[1] Raha tao anatin' ny alim-pahoriana nahazo azy i Joba patriarka dia niteny tamin-toky tsy azo nohozongozonina hoe: «Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin' ny vovoka Izy. . . Sady afaka amin' ny nofoko aho, dia hahita an' Andriamanitra; eny, izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery fa tsy olon-kafa» ,[2]

Ny fiavian' i Kristy izay hampiditra ao amin' ny fanjakan' ny fahamarinana no aingam-panahy nanesika ny mpanoratra masina hanao ireo fanambarana kanto sy manetsi-po indrindra. Ireo mpanao tononkalo sy ireo mpaminany ao amin' ny Baiboly tamin' ny alalan' ny teny tomaratararatry ny afon' ny

lanitra dia namisavisa an' izany. Nanao an-kira ny hery sy ny voninahitry ny Mpanjakan' Isiraely ny mpanao Salamo hoe: «Avy ao Ziona, izay tena fahatsaran-tarehy no amirapiratan' Andriamanitra. Avy Andriamanitsika ka tsy hangina. . . Miantso ny lanitra any ambony Izy, sy ny tany koa, mba hitsarany ny olony».[3] «Aoka ho faly ny lanitra, ary ho ravoravo ny tany. . . Eo anatrehan' i Jehovah, fa avy Izy, — eny, avy hitsara ny tany Izy; hitsara izao tontolo izao araka ny rariny Izy ary ny firenena amin' ny fahamarinany».[4]

Hoy ny mpaminany Isaia: «Mifohaza sy mihobia, ianareo izay mandry ao amin' ny vovoka; fa ny andonao dia tahaka ny andon' ny fahazavana, ary ny tany dia hiteraka ny maty». «Hofoanany tsy hisy mandrakizay ny fahafatesana; ary Jehovah Tompo no hamafa ny ranomaso amin' ny tava rehetra sady hanafa-tondromaso ny olony eny amin' ny tany rehetra, fa Jehovah no efa niteny. Ary holazaina amin' izany andro izany hoe: Indro Andriamanitsika, Izay nandrasantsika hamonjy antsika; Indro Jehovah, Izay nandrasantsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin' ny famonjeny isika»[5]

Ravoravo i Habakoka raha nibanjina ny fisehoany tao amin' ny fahitana masina: «Tamy avy any Temana Andriamanitra, dia ny Iray Masina avy any an-tendrombohitra Parana. Manarona ny lanitra ny voninahiny, ary manenika ny tany ny fiderana Azy. Misy famirapiratana toy ny mazava. Mijanona Izy ka manozongozona ny tany; mijery Izy ka mampangovitra ny firenena, ary torotoro ny tendrombohitra mandrakizay, mietry ny havoana fahagola; fanaony hatry ny fahagola ny Azy. . . Mitaingina ny soavalinao sy ny kalesim-pamonjena Ianao. . . Nahita Anao ny tendrombohitra ka torakovitra. . . Mamoapeo ny lalina sady managan-tànana ho amin' ny avo. Ny masondro sy ny volana niditra teo amin' ny fitoerany, noho ny fahazavan' ny tsipikanao mitsoriaka sy ny fanelatrelatry ny lefonao mamirapiratra. . . Mivoaka hamonjy ny olonao Ianao, dia hamonjy ny voahosotrao» [6].

Raha nadiva hisaraka tamin' ny mpianany ny Mpamonjy, dia nampahery azy izay vonton' alahelo Izy tamin' ny nanomezany azy toky fa ho avy indray Izy : «Aza malahelo ny fonareo. . . Ao an- tranon' ny Raiko misy fitoerana maro . . . Handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handelia hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko»[7] . «Raha tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo amb.onin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy : ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany».[8]

Ireo anjely izay nijanonjanona teo amin' ny tendrombohitra Oliva rehefa niakatra ho any an-danitra i Kristy dia namerina ny teny fikasan' ny fiverenany tamin' ny mpianany : «Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra». [9]Ary izao no teny vavolombelona nataon' ny apostoly Paoly, raha notsindrin' ny Fanahy izy : «Fa ny tenan' ny Tompo no hidina avy any

an-danitra amin’ ny fiantsoana sy ny feon’ ny arikanjely ary ny trompetran’ Andriamanitra»[10]. Hoy ilay mpaminany teo amin’ ny nosy Patmo : «Indro Izy avy amin’ ny rahona; ary ny maso rehetra hahita Azy»[11]

Eo amin’ ny fiaviany no ivondronan’ ny voninahitra rehetra momba ny «fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain’ Andriamanitra ny mpaminany masina hatramin’ ny voalohany indrindra».[12] Amin’ izay dia ho tapaka ilay fanapahan’ ny ratsy efa naharitra ela dia ela ; ka «ny fanjakana amin’ izao tontolo izao» dia hanjary «fanjakan’ ny Tompontsika sy ny Kristiny, ary Izy hanjaka mandrakizay mandrakizay».[13] «Dia hiseho ny voninahitr’ i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany». «Dia toy izany no hampisehoan’ i Jehovah Tompo fahamarinana sy fiderana eo anatrehan’ ny firenena rehetra». Ary ho «satroboninahitra tsara tarehy sy ho fehiloha firavaka ho an’ ny olony sisa Izy» , [14]

Amin’ izay dia ho tafaorina ety ambanin’ ny lanitra rehetra ilay fanjakan’ ny Mesia be fiadanana sy efa nirina hatry ny ela ; «Fa Jehovah no mampionona an’ i Ziona. Eny, mampionona izay rava rehetra ao Izy ka manao ny efitra ao ho tahaka an’ i Edena, ary ny tany foana ao ho tahaka ny sahan’ i Jehovah». «Ny voninahitr’ i Libanona dia homena azy mbamin’ ny hatsaran-tarehin’ i Karmela sy Saròna». «Ianao tsy hatao intsony hoe Nafoy, ary ny taninao tsy hatao intsony hoe Lao ; fa ianao atao hoe Ilay sitrako, ary ny taninao hatao hoe Vady ampakarina. . . Ary tahaka ny fifalian’ ny mpampakatra amin’ ny ampakariny no hifalian’ Andriamanitrao aminao».[15]

Ny fiavian’ ny Tomponao no fanantenana nandritra ny taonjato rehetra ho an’ ireo tena mpanaraka Azy marina. Ny teny fikasana nataon’ ny Mpamonjy, raha niainga teo amin’ ny tendrombohitra Oliva, fa ho avy indray Izy, dia nanazava ny ho avin’ ny mpianany, nameno ny fony tamin’ ny fifaliana sy ny fanantenana izay tsy nety ritran’ ny fahoriana na vasoky ny fitsapana. Teo anivon’ ny fahoriana sy ny fanenjahana dia «fanantenana mahafinaritra» «ny fisehoan’ Andriamanitra lehibe sy Jesosy Kristy Mpamonjy antsika». Raha feno alahelo ireo kristiana tany Tesalonika teo am-pandevenana ny malalany izay efa nanantena ny ho velona hahita maso ny fiavian’ ny Tompo dia nanondro azy ireo ny fitsanganany amin’ ny maty izay hisy amin’ ny fiavian’ ny Mpamonjy i Paoly, mpampianatra azy. Amin’ izay dia hitsangana ny maty ao amin’ i Kristy ka hakarina miaraka amin’ ny velona «hitsena ny Tompo eny amin’ ny rahona». «Dia ho any amin’ ny Tompo mandrakariva isika» , hoy izy. «Koa dia mifampionona ianareo amin’ izany teny izany».[16]

Teo amin’ ny harambato tao Patmo no nandrenesan’ ilay mpianatra malala ny teny fikasana hoe : «Eny, avy faingana Aho» ; ary ny valin-teny feno faniriana, dia famintinana ny ranom-bavaky ny fiangonana nandritra ny fivahinianany rehetra hoe : «Amena, avia Jesosy Tompo !» [17]

Avy any am-ponja, avy eny amin' ny antontan-kitay fandoroana velona, avy eny amin' ny lampihazo fanapahan-doha izay nitsanganan' ny olona masina sy ny maritiora ho vavolombelona ho an' ny fahamarinana, no amakivakian' ilay antson' izy ireny mitory finoana sy fanantenana nandritra ireo taonjato nifandimby. Satria azony antoka ny hitsanganan' i Kristy tamin' ny maty, ary noho izany, dia azony antoka koa ny fitsanganan' ny tenany amin' ny fiavian' i Kristy, «nanao tsinontsinona ny fahafatesana izy, ary tafasondrotra ambonin' izany». Daniel Taylor,*The Reing of Christ on Earth ; or, The Voice of the Church in All Ages.* p. 33. Vonona ny hidina tany am-pasana izy ireo mba hitsangana ho amin' ny fahafahana. —*Ibid,* p. 54

Nibanjina «ny fiavian' ny Tompo avy any an-danitra amin' ny rahona miaraka amin' ny voninahitry ny Rainy» izy ireo, «hanome ny fanapahana ho an' ny olona marina». Izany finoana izany koa no nankamamian' ireo Vaudois. —*Ibid,* p. 129-132. Nitazana ny fisehoan' ny mpanavotra i Wiclef ho fanantenan' ny fiangonana.*Ibid,* p. 132-134.

Hoy i Lotera : «Mino marina aho, fa tsy hisy telonjato taona feno vao ho tonga ny andro fitsarana. Tsy ho zakan' Andriamanitra, ary tsy azony zakaina mihoatra noho izany ity izao tontolo izao ratsy fanahy ity». «Mihantomotra ilay andro lehibe izay handresena ny fanjakan' ny fahavetavetana». *Ibid,* p. 158, 134

«Tsy lavitra ny fiafarany ity izao tontolo izao efa antitra ity»; hoy Melanchton : Mibaiko ny kristiana i Calvin «tsy hisalasala, fa haniry mafy indrindra ny andro hiavian' i Kristy izay toe-javatra feno hasambarana indrindra ho azy» ; koa dia ambarany fa «ny fianakaviam-ben' ny mpino dia hiara-hanandrandra io andro io». «Tsy maintsy noana an' i Kristy isika, tsy maintsy mikatsaka isika, mibanjina», hoy izy «mandra-piposak' ilay andro lehibe, izay hanehoan' ny Tompo amin' ny fahafenoany ny voninahitry ,ny fanjakany».*Ibid,* p. 158, 134

«Moa ve tsy nentin' ny Tompo Jesosy tany an-danitra ny nofontsika ? hoy i Knox, ilay Mpanavao fivavahana avy any Ekaosy, ary moa ve tsy hiverina Izy. Fantatsika fa hiverina tokoa Izy, ary tsy ho ela». I Ridley sy Latimer, izay nahafoy ny ainy ho an' ny fahamarinana, dia nibanjina tamim-pinoana ny fiavian' ny Tompo. Izao no nosoratan' i Ridley : «Tsy isalasalana, — inoako izany, koa dia lazaiko fa madiva hifarana ity izao tontolo izao ity. Aoka isika hiara-miantso amin' i Jaona, mpanompon' Andriamanitra, amin' ny fontsika rehetra, amin' i Kristy Mpamonjy hoe : «Eny, avia, Jesosy Tompo». *Ibid,* p. 151, 145

Hoy i Baxter : «mamiko indrindra sy maha-dibo-pifaliana ahy ny fieritreretana ny fiavian' ny Tompo». Richard Baxter, Worths, boky 17, p. 555. «Asan' ny finoana sy toetry ny olony masina ny ho tia ny fisehoany sy ny mibanjina io fanantenana mahafinaritra io. «Satria ny fahafatesana

no fahavalo farany horesena amin' ny fitsanganan' ny maty, dia tokony ho hitantsika ny hafanampon' ny mpino maniry mafy ny fiavian' i Kristy sy mivavaka ho amin' izany fotoana izany izay hahatanterahan' io fandresena feno sady farany io». — *Ibid,* boky 17, p. 500. «Io no andro tokony irin' ny mpino fatratra, sy antenainy, ary andrasany ho fanatanterahana ny asampanavotana azy, sy fanatontosana ny fanirian' ny fanahiny. «Hafaingano, Tompo ô io andro feno fitahiana io». —*Ibid,* boky 17, p.182, 183. Toy izany ny fanantenan' ny Fiangonana apostolika sy ny an' ilay fiangonana tany an' efitra, ary ny amin' ireo Mpanavao fivavahana.

Tsy milaza fotsiny ny fomba sy ny anton' ny fiavian' i Kristy ny faminaniana fa mampiseho koa fambara hahalalan' ny olona ny fahakekezany. Hoy Jesosy : «Hisy famantarana eny amin' ny masoandro sy ny volana ary ny kintana».[18] «Ny masoandro hohamaizinina, ary ny volana-tsy haneho fahazavana, ary ny kintana hiraraka avy eny amin' ny lanitra, ary hohozongozonina ny hery izay ao amin' ny lanitra. Ary amin' izay ny Zanak' olona dia ho hita eo amin' ny rahona amin' ny hery lehibe sy ny voninahitra» [19]. Toy izao ny filazan' ny mpanoratra ny Apokalypsy ny amin' ilay famantarana voalohany mialoha ny fiavian' i Jesosy fanindroany : «Dia nisy horohorontany mafy; ary tonga mainty tahaka ny lamba volon' osy fisaonana ny masoandro, ary tonga tahaka ny ra avokoa ny volana» .[20]

Talohan' ny fiandohan' ny taonjato fahasivy ambin' ny folo no nahitan' ireo vavolombelona nanatri-maso ireny famantarana ireny. Ho fanatanterahana io faminaniana io, dia nisy ilay horohorontany mafy indrindra voarakitry ny tantara tamin' ny taona 1755. Na dia ny hoe «horohorontanin' i Lisbaona»[21] aza no ahafantarana azy io, dia nahatratra ny ankabeazan' i Eoropa, Afrika, sy Amerika izany. Re tany Groeland [22]izany, tany India andrefana, tany amin' ny nosy Madera[23], tany Norvezy sy tany Soeda, tany Angletera sy tany Irlandy. Tsy latsaky ny enina tapitrisa sy efatra hetsy kilaometatra atoradroa ny faritra tratran' izany. Saiky nahatoraka ny tany Eoropa ny hamafin' ny famelezana tany Afrika. Rava ny ankabeazan' ny tanànan' i Alger ; ary tsy lavitra an' i Maraoka dia nisy tanàna kely nisy mponina valo arivo na iray alina no voatelina tanteraka. Nisy onjan-dranomasina lehibe nanafotra ny morontsirak' i Espaina sy Afrika ary nifaoka tanàn-dehibe sy nahatonga faharavana be dia be.

Tany Espaina sy Portigaly no faran' izay mafy indrindra ny fiantraikany. Voalaza fa nahatratra valo ambin' ny folo metatra ny haavon' ny fisamboaravoaran' ny ranomasina tany Cadix*. Nisy tendrombohitra tamin' ireo «lehibe indrindra tany Portigaly no voahozongozona mafy dia mafy, toa hatrany amin' ny fanorenany mihitsy ; ary ny sasany tamin' ireny nitresaka teny amin' ny tampony, ka vaky sy rotika tamin' ny fomba mahazendana, ary vato sy tany sesehena no nikodia tao amin' ireo lohasaha nifanila taminy. Voalaza koa fa nisy afo nivoaka avy tamin' ireny tendrombohitra ireny». Sir Charles Lyell. *Principles uf Guelogy,* p. 495.

Tany Lisbaona dia nisy «feon-kotroka re tany ambanin' ny tany ary nanaraka izany avy hatrany dia nisy fihetsehana mafy izay nandrodana ny ankabeazan' ny tanàna. Enina alina ny isan' ny olona maty tao anatin' ny enina minitra. Nisintona aloha ny ranomasina ka nianjaka ny morontsiraka ; niverina tamin' izay izy ka niakatra ho dimy ambin' ny folo-metatra tambonin' ny faritra nisy azy isan' andro». Anisan' ny toe-javatra mahagaga voatantara ho niseho tany Lisbaona koa, nandritra iny antambo iny, dia ny nanjavonan' ilay fiantsonan-tsambo vaovao, vita tanteraka tamin' ny vatosanga, nandaniam-bola tsy toko tsy forohana. Vahoaka be no nitangorona teo nitady fiarovana, satria noheverina fa toerana tsy mety ho tratran' ny firodanan-javatra teo; nefa tsitapitapitr' izay dia nilentika ilay fiantsonan-tsambo niaraka tamin' ny olona rehetra teo amboniny, ary na dia faty iray aza tsy nitsinkafona teny ambonin' ny rano.*Ibid,*p. 495.

«Raha vao nihetsika ny horohorontany dia nirodana niaraka tamin' izay ny fiangonana sy ny tranon' ny relijiozy rehetra, ary ny ankabeazan' ny tranom-panjakana lehibe ary maherin' ny ampahefatry ny trano tsotra. Sahabo ho adiny roa tatý aorian' ny fihetsehana, dia vaky ny afo tamin' ny faritra maro, ary nahery aok'izany ny fidedadedany saika nandritra ny hateloana, ka rava tanteraka ny tanàna. Andro nisy fetim-pivavahana indrindra no nitrangan' ilay horohorontany, ka feno olona ny fiangonana sy ny tranondrelijiozy, ary vitsy dia vitsy no afaka». —*Eneyelopédia, Americana,*«momba ny tany Lisbaona», (navoaka tamin' ny 1831). «Tsy hita holazaina ny tahotra nahazo ny vahoaka. Tsy nisy nahatomany ; tsy nisy nahalatsa-dranomaso. Nimaona nankatsy sy nankaroa izy, niantsoantso noho ny tahotra sy ny hagagana, nikapoka ny tavany sy niteha-tratra, niantsoantso hoe : «Mamindrà fo!» tonga ny faran' izao tontolo izao!» «Nohadinoin' ny reny ny zanany, ary nihazakazaka hatraiza hatraiza izy nivesatra lakroa. Nampalahelo fa maro ireo nihazakazaka tany am-piangonana nitady fiarovana; naseho foana anefa ny sakramenta; nanoroka foana ny alitara anefa ireo olomahantra; samy niara-levona tao amin' ny faharavana na ny sarivongana, na ny pretra, na ny vahoaka». Araka ny vinavina dia nahatratra sivy alina ny olona maty tamin' iny andro nisehoan' antambo iny.

Dimy amby roapolo taona taty aoriana dia niseho ny famantarana manaraka nambaran' ny faminaniana — dia ny masoandro maizina sy ny volana tsy nahazava. Ny nahatonga izany toe-javatra izany hanaitra kokoa dia ny fahalalana fa efa voatendry mazava ny fotoana hahatanterahan' izany. Raha niresaka tamin' ny mpianany teo amin' ny tendrombohitra Oliva ny Mpamonjy, rehefa avy nanoritsoritra ilay fotoana lavabe nisedrana ny fiangonana — dia 1260 taona nanenjehan' ny fahefana papaly, izay fahoriana nampanantenainy fa hohafoheziny, — tamin' izany no nilazany ireo toe-javatra izay hialoha ny fiaviany sy namerany ny fotoana hahitana maso ny voalohany amin' izy ireny : «Fa amin' izany andro izany, raha afaka izany fahoriana izany, ny masoandro hohamaizinina ary ny volana tsy

haneho hazavana».[24] Nifarana tamin' ny 1798 ny 1260 andro, na taona. Dimy amby roapolo taona talohan' izany taona izany dia efa saiky nitsahatra tanteraka ny fanenjehana. Aty aorian' io fanenjehana io, araka ny tenin' i Kristy, dia hohamaizinina ny masoandro. Tamin' ny 19 May 1780 no nahatanterahan' izany faminaniana izany. Ny andro maizina tamin' ny 19 May 1780, dia azo lazaina fa saika, na tena tsy nanam-paharoa mihitsy aza, tamin' ny toe-javatra nahatalanjona sady tsy azo hazavaina ny nahatonga azy, amin' ny karazany, raha tonga maizina noho ny antony tsy fantatra ny lanitra taka-maso rehetra tamin' iny faritr' i Nouvelle Angleterre (Etazonia) iny. — R. M. Devens, Our,*Firot Century,* p. 89.

Izao no fitantaran' ny vavolombelona nanatri-maso nipetraka tany Massachusetts: «Tamin' ny maraina dia niposakany masoandro, nazava tsara, nefa vetivety dia nihamatroka. Nisy rahona nirefarefa ambany, sady mainty toa fambara ratsy, narahin' ny tselatra sy kotroka mafy ary orana kely nilatsaka. Tokony ho tamin' ny sivy dia niha-nanify ny rahona ary toa nivolom-barahina ny fahitana azy ka niova ny fijery ny tany, ny vatolampy, ny hazo, ny trano, ny rano sy ny olona notarafin' io fahazavana tsy nahazatra teto an-tany io. Minitra vitsy taorian' izany, dia nisy rahona matevina nanenika ny lanitra manontolo afa-tsy ny sisiny kely teny amin' ny faravodilanitra, ka maizina tahaka ny tamin' ny sivy ora alina amin' ny andro fahavaratra.

«Nameno miandalana ny sain' ny vahoaka ny tahotra, ny tebiteby sy ny horohoro. Nijoro teo an-tokonam-baravarany ny vehivavy nitazana ny eny an-tsaha tonga maizina ; nody avy tamin' ny asany teny an-tsaha ny lehilahy ; nilaozan' ny mpandrafitra ny fandrafetany, ny mpanefy ny fiasany, ny mpivarotra ny fivarotany. Noravana ny sekoly ka tora-kovitra ny ankizy nandositra nody. Namonjy ny tranon' ny mpamboly sy mpiompy akaiky azy indrindra ny mpandeha nanapaka ny diany». Fa misy inona ? hoy ny fanontanian' ny molotra sy ny fo rehetra. Toa hisy rivo-doza hifofofofo hamakivaky ny tany na toa nigadona ilay andro hamaranana ny zavatra rehetra.

«Narehitra ny labozy ; ary nazava tahaka ny amin' ny harivan' ny lohataona maizim-bolana iny ny afo tao am-patana... Namonjy ny fisokony ny akoho amam-borona ka raiki-tory. Ny biby fiompy nitangorona nanatona ny tsivalan-kazon' ny kijana firaohany ary nimamà, naneno ny sahona, niventy ny hira fanaony amin' ny hariva ny vorona ary nanidintsidina ny rarnanavy. Ny olombelona kosa anefa nahalala fa tsy mbola alina ny andro».. :

«I profesora Nathanael Whittaker, mpitandrina tao amin' ny fiangonan' ny «Tabernakely» tao Salema, dia nitarika fotoampivavahana tao amin' ny trano fivoriana ka nanao toriteny izay nanizingizinany fa tsy araka ny fahita eo amin' ny zava-boahary izao fahamaizinana izao. Nivory hivavaka koa ny olona tamin' ny toerankafa maro. . . Ny toko ny andininy noraisina tamin' ireny toriteny tsy nomanina mialoha ireny dia ireo izay toa manambara fa

mifanaraka amin' ny faminaniana ao amin' ny Soratra Masina io fahamaizina io . . . Taoriana kelin' ny iraika ambin' ny folo antoandro no tena nikitroka ny haizina».*The Essex Antiquarian,* volana Aprily, 1899, boky 3, laharana 4, p. 53, 54. «Tao amin' ny ankabeazan' ny faritany rehetra dia nikitroka loatra ny haizina nandritra ny andro ka tsy afaka nijery ny ora tamin' ny famantaranandro, na nisakafo, na nanao ny raharahany andavanandro ny olona raha tsy nampirehitra labozy . . .»

«Nidadasika tokoa ny velaran' ny haizina. Tamin' ny ilany atsinanana dia hita hatrany Falmouth izany. Tamin' ny ilany andrefana kosa dia nahatratra ny faritra lavitra indrindra tany Connecticut sy tonga tany Albany. Tany atsimo dia tafapaka hatrany amin' ny morontsiraka izany ; ary tany amin' ny avaratra dia nahatratra ireo toerana rehetra nisy Amerikana niorimponenana». William Gordon,*History of the Rise, Progress and Etablissement of the Independance of the U.S.A.,* boky 3, p. 57

Adiny iray na roa talohan' ny naha-hariva ny andro dia somary nisinda ilay haizina nikitroka, ka niseho ny masoandro, na dia mbola nohamaizinin' ny zavona mainty sy navesatra aza. «Rehefa nilentika ny masoandro dia nitatao indray ny rahona, ary nihamaizina haingana dia haingana». «Ny haizina nandritra ny alina dia tsy nahazatra sady nampatahotra tahaka ny nandritra ny andro ihany; na dia nanakaiky ny fenomanana aza ny volana dia tsy nisy na inona na inona fantatra raha tsy nisy jiro, ary rehefa tazanina avy eny amin' ny trano manodidina sy ny toeran-kafa lavidavitra izany, dia toa ao anatin' ny haizina tahaka ilay tany Egypta no fijery azy izay mila tsy ho voagorobaky ny tara-pahazavana». — Isaia Thomas,*Massachusetts Spry ; or, American Oracle of Liberty,* boky 10, laharana 472 (25 Mey 1780). Hoy ny vavolombelona nanatri-maso : «Tsy haiko ny tsy hihevitra tamin' izay fotoana izay, fa na dia voasaron' ny aloka tsy laitry ny hazavana avokoa aza ireo loharanom-pahazavana rehetra eran' izao tontolo izao, na fongana tsy nisy, dia tsy ho mikitroka noho izao ny haizina». Taratasin' i Dr Samuel Tenney tany Exeter, New Hampshire, Desambra 1785 (nalaina tao amin' ny*Massachusetts Historical Society Collections,*1792, boky 1, p. 97). Na dia niposaka aza ny diavolana fenomanana tamin' ny sivy alina « dia tsy nisy asany izany ka tsy nampisava ireo toa aloky ny fahafatesana». Taorian' ny mamatonalina dia lasa ny haizina ary raha vao vantany hita ny volana, dia tahaka ny ra no fijery azy.

«Ilay Andro Maizina» no ilazana ny 19 Mey 1780 ao amin' ny tantara. Hatramin' ny andron' i Mosesy dia tsy mbola nisy mihitsy fotoan' andro nisian' ny haizina toy izany voatantara, na ny hateviny izany, na ny velarany, na ny faharetany. Ny fitantarana io toe-javatra io araka ny nataon' ny nahita maso dia tsy inona fa akon' ny tenin' i Jehovah, noraketin' ny mpaminany Joela, dimanjato sy roa arivo taona talohan' ny nahatanterahany: «Ny masoandro

hampodina ho haizina ary ny volana ho ra, alohan' ny hahatongavan' ny andron' i Jehovah, izay sady lehibe no mahatsiravina».[25]

Efa nibaiko ny vahoakany i Kristy hijery tsara ireo famantarana ny fiaviany ka hiravoravo rehefa mahita ny antoky ny fiavian' ny Mpanjakany. «Ary raha vao miandoha izany zavatra izany» hoy Izy, «dia miandrandrà ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo». Notondroiny tamin' ireo mpanaraka Azy ny hazo mitsiry amin' ny lohataona ka hoy Izy: «Raha hitanareo fa manaroka ireo, dia fantatrareo ihany fa akaiky sahady ny lohataona. Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra».[26]

Nefa satria efa nodiasan' ny fireharehana sy ny fombafomba ivelany ny toe-tsaina manetry tena sy ny fitiavam-bavaka ao amin' ny fiangonana, dia efa nihamangatsiaka ny fitiavana an' i Kristy sy ny finoana ny fiaviany. Variana tamin' ny fiainan' izao tontolo izao sy tamin' ny fitadiavam-pahafinaretana ny vahoaka nilaza ny tenany fa an' Andriamanitra ka jamba tsy nahita ny toro-hevitra nomen' ny Mpamonjy mikasika ireo famantarana ny fisehoany. Efa natao antsirambina ny foto-pinoana momba ny fiverenan' i Jesosy fanindroany ; nohamaizinin' ny dika vilana ny tenin' ny Soratra Masina mikasika izany, hany ka zary tsy fantatra izany na nohadinoina tamin' ny ankapobeny. Hita tamin' ny fomba manokana teo amin' ny fiangonana tany Amerika izany. Ny fahafahana sy ny fiadanana izay niriariavan' ireo saranga rehetra teo amin' ny fiaraha-monina, ny hambom-po sy ny faniriana hanan-karena sy ny fanaranam-po tamin' ny rendrarendra izay niteraka fitiavana naharendrika tao amin' ny fitadiavam-bola, ny fifaninanana nafanafana ho mamim-bahoaka sy hanam-pahefana izay toa nety ho azon' ny rehetra, izany no naha-tonga ny olona hampifatoka ny fisainana amam-panantenany teo amin' ny zavatra amin' ity fiainana ity, ary nampanalavirany ho any amin' ny ho avy tsy taza-maso any ilay andro manetriketrika izay hahafoana ny firafitry ny toe-javatra ankehitriny.

Raha nanondro ireo famantarana ny fiverenany tamin' ireo mpanaraka Azy ny Mpamonjy, dia nambarany mialoha ny fihemorana izay hialoha indrindra ny fiaviany fanindroany. Tahaka ny tamin' ny andron' i Noa, dia hisy fihetsiketsehana betsaka eo amin' ny asa aman-draharaha momba izao tontolo izao sy eo amin' ny fitadiavampahafinaretana hividy, hivarotra, hamboly, hanao trano, hampakatra sy hamoaka ny ampakarina — ary amin' izany dia hadino Andriamanitra sy ny fiainana ho avy. Ho an' ireo izay ho velona amin' io fotoana io ny teny fampitandremana nataon' i Kristy hoe: «Ary mitandrema fandrao ny fonareo hovesaran' ny vokatry ny fisotroan-toaka sy ny fahamamoana ary ny fiahiahian' izao fiainana izao, ka ho avy tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany». «Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery ianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsan-gana eo anatrehan' ny Zanak' olona» .[27]

Navoitry ny tenin' ny Mpamonjy ao amin' ny Apokalypsy ny ho toetoetry ny fiangonana amin' io fotoana io: «Manana anarana ho velona ianao kanjo maty ihany». Ary hoy ny fampitandremana maha- velona eritreritra ho an' ireo izay mandà tsy hifoha avy amin' ny fahatokisam-poana ianteherany : «Koa raha tsy hiambina ianao, dia ho tonga toy ny fiavin' ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hiaviako aminao».[28]

Nilaina ny namohazana ny olona hahatsapa ny loza mananontanona azy; nilaina ny nanairana azy ireo hiomana ho amin' ireo toe-javatra lehibe mifandray amin' ny fiafaran' ny androm-pahasoavana. Hoy ny mpaminanin' Andriamanitra : «Fa lehibe sy mahatahotra indrindra ny andron' i Jehovah, ka iza no mahatanty izany?» [29]Iza no mahajoro rehefa hiseho Ilay «madio maso ka tsy te-hitsinjo ny ratsy ?» [30]

Ho an' ireo izay mitaraina hoe : Andriamanitra Ô, izahay. . . mahalala Anao» «nefa nivadika ny fanekeny, ka nanova an' Andriamanitra hatakalony ny hafa, nanafin-keloka tao am-pony ary nankasitraka ny lalan' ny tsi-fahamarinana, dia «haizim-pito tsy misy mangirana akory» ny andron' i Jehovah».[31] «Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, dia hotsiloviko amin' ny jiro Jerosalema, ka hovaliako ny olona izay efa lefy ao amin' ny faikany, izay manao anakampo hoe : sady tsy hanao soa Jehovah no tsy hanao ratsy».[32] «Ary hatsingeriko amin' izao tany rehetra izao ny faharatsiany, sy amin' ny ratsy fanahy ny helony; ary hatsahatro ny fireharehan' ny mpiavonavona ary haetriko ny fiavonavon' ny mpampahory». [33]«Na ny volafotsiny na ny volamenany dia samy tsy hahavonjy azy» ; ho tonga babo ny fananan' ireny ary ho lao ny tranony. [34]

Hoy ny mpaminany Jeremia raha nitazana io fotoana mampahatahotra io izy : «Endrey mila ho triatra izany ny foko! Mitoloko ny foko ka tsy mahay mangina aho; fa ny feon' ny anjomara sy ny akoran' ady dia renao ry fanahiko. Fandravana mifanontona no ambara».[35]

«Andro fahatezerana izany andro izany, andro fahoriana sy fahalelovana, andro faharavana sy fanafoanana, andro maizina sy manjombona, andro mandrahona sy maizim-pito, andro fahaveloman' ny anjomara sy ny akora».[36] «Indro avy ny andron' i Jehovah. . . hanafoanana ny tany sy handringanana ny mpanota tsy ho ao». [37]

Noho izany andro lehibe izany dia mampieritreritra sy manaitra indrindra ny tenin' Andriamanitra miantso ny vahoakany hifoha amin' ny faharendremany ara-panahy ka hitady ny tavany amin' ny fibebahana sy ny fanetren-tena : «Tsofy ao Ziona ny anjomara! Ary miantsoa mafy ao an-tendrombohitra masina! Aoka hangovitra ny mponina rehetra amin' ny tany; fa avy ny andron' i Jehovah, eny, efa antomotra izany». «Manamasina andro fifadian-kanina, miantsoa fivoriana masina. Angony ny vahoaka, manamasina fiangonana, vorio ny loholona, angony ny ankizy madinika!. . .

aoka ny mpampakatra hiala ao an-efitranony, ary aoka ny hampakarina hiala ao an-trano fandriany. Ho anelanelan' ny lavarangana fidirana sy ny alitara no aoka hitomanian' ny mpisorona, mpanao fanompoam-pivavahana ho an' i Jehovah». «Miverena amin' ny fonareo rehetra ary amin' ny fifadian-kanina sy ny fitomaniana. Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin' i Jehovah Andriamanitrareo, fa mamindra fo sy miantra Izy, maharipo sady be famindrampo».[38]

Nisy asa fanavaozana lehibe tsy maintsy natao mba hanomanana vahoaka hijoro amin' ny andron' Andriamanitra. Hitan' Andriamanitra fa maro ireo milaza ny tenany ho vahoakany no tsy nanorina ho an' ny mandrakizay, ka noho ny famindramponу dia efa handefa hafatra fampitandremana Izy mba hamoha azy ireo amin' ny fahavariananу ary hitarika azy mba ho vonona amin' ny fiavian' ny Tompo.

Aseho ao amin' ny Apokalypsy 14 io hafatra fampitandremana io. Misy hafatra telo sosona ao izay lazaina fa torin' ny anjelin' ny lanitra ary arahin' ny fiavian' ny Zanak' olona avy hatrany hijinja ny «vokatry ny tany». Manambara ny fitsarana izay manakaiky ny voalohany amin' ireo hafatra ireo. Nahita anjely iray ny mpaminany izay «nanidina teo afovoan' ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin' izay monina ambonin' ny tany sy amin' ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samihafa fiteny ary ny olona rehetra, nanao tamin' ny feo mahery hoe : Matahora, an' Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan' Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano». [39]

Voalaza fa ao anatin' ny «filazantsara mandrakizay» io hafatra io. Tsy nankinina tamin' ny anjely ny asa fitoriana ny filazantsara, fa napetraka tamin' ny olona. Anjely masina no nampiasaina amin' ny fitarihana io asa io, adidiny ireo fihetsehana lehibe ho amin' ny famonjena ny olona ; fa ny tena fitoriana ny filazantsara dia ny mpanompon' i Kristy eto an-tany no manatontosa izany.

Olona mahatoky, izay nankatò ny fitaoman' ny Fanahin' Andriamanitra sy ny fampianaran' ny teniny no hitory io hafatra fampitandremana io amin' izao tontolo izao. Ireo izay nandinika «ny teny faminaniana . . . mafy orina», dia ilay «jiro mahazava ao amin' ny fitoerana maizimaizina mandra-pahazavan' ny andro, ka niposaka ny fitarik' andro»[40] . Efa nikatsaka ny fahalalana an' Andriamanitra mihoatra noho ny harena miafina rehetra izy, ka noraisiny «ho tsara noho ny volafotsy» izany, «ary ny tombom-barotra aminy dia mihoatra noho ny volamena tsara»[41] . Koa dia nambaran' i Jehovah taminy ireo zava-dehibe momba ny fanjakany. «Ny fisainan' i Jehovah asehony amin' izay matahotra Azy, ary ny fanekeny no hampahafantariny azy»[42].

Tsy ireo mpampianatra momba ny fivavahana nandalimpahaizana no nahafantatra ny amin' io fahamarinana io ka nanolotena hitory izany. Raha

mpiambina nahatoky ireo, ka nandinika ny Soratra Masina tamin-kafanam-po sy tamim-pivavahana dia ho nahalala ny fotoam-piambenana amin' ny alina izy. Ho novelarin' ny faminaniana teo anatrehany ireo toe-javatra efa nadiva hiseho. Tsy notanany anefa io toerana io, ka nomena ny olona tsotsotra kokoa ny hafatra. Hoy Jesosy: «Mandehana, raha mbola manana ny mazava ianareo. mba tsy hahatratra anareo ny maizina».[43] Ireo izay mihodina hiala amin' ny fahazavana nomen' Andriamanitra, na manao antsirambina ny fikatsahana izany, raha mbola azony takarina, dia avela ao amin' ny haizina. Hoy anefa ny Mpamonjy: «Izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin' ny maizina, fa hanana ny fahazavan' aina». [44]Na iza na iza tsy mitady hanao afa-tsy ny sitrapon' Andriamanitra, ka miezaka ny hitandrina ny fahazavana efa nomena azy, dia handray fahazavana lehibebe kokoa ; hisy kintana manana ny famirapiratan' ny lanitra halefa hitarika io fanahy io ho amin' ny fahamarinana rehetra.

Tamin' ny fotoana niavian' i Kristy voalohany dia mety ho nahalala ny famantarana ny andro sy nitory ny fiavian' Ilay nampanantenaina ireo mpisorona sy mpanora-dalàna tao amin' ny Tanàna Masina. Notondroin' ny faminanian' i Mika ny toerana hahaterahany; i Daniela nilaza mazava ny fotoana hiaviany. Mika 5:1; Daniela 9: 25. Nankinin' Andriamanitra tamin' ireo mpitarika jiosy ireny faminaniana ireny tsy nanana fialan-tsiny izy raha tsy nahalala ary tsy nanambara tamin' ny vahoaka fa akaiky ny fiavian' ny Mesia. Vokatry ny fahotany tamin' ny fanaovany an-tsirambina ny tsifahalalany. Nanangana tsangambato ho an' ireo mpaminanin' Andriamanitra novonoina ny Jiosy tamin' izay, nefa niankohoka tamin' ireo mpanompon' i Satana izy tamin' ny fanajany ireo olona ambony teto an-tany. Sondriana tamin' ny fiadiana hahazo ny toerana ambony sy ny fahefana eo anivon' ny olona izy, hany ka noho ny hambom-pony dia tsy tsinjony ny voninahitra natolotry ny Mpanjakan' ny lanitra.

Tokony ho liana dia liana fatratra sy ho feno fanajana ireo loholon' Isiraely nandinika ny amin' ny toerana, ny fotoana, ny toejavatra mikasika ilay zava-dehibe indrindra eo amin' ny tantaran' izao tontolo izao — dia ny fiavian' ny Zanak' Andriamanitra hanatanteraka ny fanavotana ny olona. Tokony ho niambina sy niandry ny vahoaka manontolo mba ho voalohany amin' ny fandraisana ny Mpanavotra an' izao tontolo izao. Nefa, indro tao Betlehema, mpivahiny roa efa sasatra, avy tany amin' ny vohitr' i Nazareta, namakivaky ny lalana etin' ny tanàna tamin' ny halavany manontolo hatrany amin' ny fara-tendrony atsinanana, sasa-poana nitady toerana hialantsasatra sy hialofana amin' ny alina. Tsy nisy varavarana nivoha handray azy ireo. Tao amin' ny trano heva mahantrahantra namboarina ho an' ny biby no nahitany'fialofana nony farany, ary tao no teraka ny Mpamonjin' izao tontolo izao.

Efa nahita ny voninahitra niarahan' ny Zanak' Andriamanitra nanana tamin' ny Rainy talohan' ny nanorenana an' izao tontolo izao ny anjelin' ny

lanitra, fa efa nobanjininy sy nahaliana azy fatratra ny hisehoany eto an-tany ho toy ny toe-javatra feno hafaliam-be ho an' ny olona rehetra. Nisy anjely notendrena hitondra ny vaovao mahafaly ho an' ireo izay niomana handray izany ka ho ravoravo hampahafantatra izany amin' ny mponina amin' ny tany. Nampietry ny tenany i Kristy mba handray ny maha-olombelona ; tsy maintsy hizaka ny lanjam-pahoriana faran' izay mavesatra Izy, raha hanolotra ny fanahiny ho fanatitra noho ny ota ; nefa nirin' ny anjely ny hisehoan' ny Zanaky ny Avo Indrindra amin' ny fahamendrehana sy ny voninahitra mifanaraka amin' ny toetra amam-panahiny na dia tao amin' ny fanetren-tenany aza. Moa ve hivory ao amin' ny renivohitr' Isiraely ireo olona ambony eto an-tany ka hiarahaba Azy amin' ny fiaviany ? Moa ve ny anjely legiona maro no hanolotra Azy amin' ireo olona efa liana fatratra niandry Azy?

Indro, anjely anankiray tonga nitsidika tetý an-tany hizaha izay niomana handray an' i Jesosy. Nefa tsy nahita famantarana fiandrasana izy. Tsy nandre feo fiderana sy fandresena izy noho ny fahakekezan' ny Mesia. Nanidintsidina kely teo ambonin' ilay tanàna voafidy sy ny tempoly izay nanehoana ny fanatrehan' Andriamanitra nandritra ny fotoana elabe ny anjely ; nefa na dia teto aza dia tsy firaihana toy izany ihany no hitany. Indreo ny mpisorona, mirentirety sy miedinedina, manatitra sorona voaloto ao amin' ny tempoly. Indreny ny Fariseo fa manandra-peo miteny amin' ny vahoaka na manao vavaka feno fireharehana eny an-joron-dalana. Ao amin' ny lapan' ny mpanjaka, ao amin' ny fivorian' ny olon-kendry, ao amin' ny sekolin' ny raby, dia samy tsy misy mieritreritra ilay toe-javatra mahatalanjona izay mahatonga haravoana sy fiderana ny lanitra manontolo — dia ity : efa madiva hiseho ety an-tany ilay Mpanavotra ny olombelona.

Tsy misy na inona na inona ahafantarana fa andrasana i Kristy, ary tsy misy fiomanana atao handraisana ny Andrianan' ny fiainana. Zendana ilay iraky ny lanitra ka handeha hiverina ho any an-danitra hitondra ny vaovao mahamenatra, raha nahita antokon' ny mpiandry ondry izay niambina ny ondriny tamin' ny alina izy, ary raha nibanjina ny lanitra feno kintana izy ireo, dia nifandinika ny amin' ny faminaniana momba ny Mesia izay ho avy eto an-tany ka naniry mafy ny fiavian' ny Mpanavotra izao tontolo izao. Indro, misy antokon' olona vonona handray ny iraky ny lanitra. Ary tsitapitapitr' izay dia niseho ny anjelin' ny Tompo, nanambara ny vaovao milaza fifaliam-be. Nahenika ny lohasaha manontolo ny voninahitry ny lanitra fa andian' anjely tsy hita isa no niseho, ary toa lehibe loatra ho an' ny iraka iray ny hitondra fifaliana avy any an-danitra, dia injany feo marobe no indray miredona ny hira fiderana horedonin' ny voavonjy avy amin' ny firenena rehetra indray andro any : «Voninahitra any amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany». Lioka 2 : 14.

O ! lesona manao ahoana io tantara mahagagan' i Betlehema io! Manao ahoana ny faniniany ny tsy finoantsika, ny fireharehantsika, sy ny fiheverantsika tena ho ampy ! Manao ahoana ny fampitandremany antsika fandrao isika koa noho ny tsy firaihana mahameloka hita eo amintsika tsy hahatsinjo ireo famantarana ny fotoana, koa tsy hahalala ny andro famangiana antsika.

Tsy teo amin' ny havoanan' i Jodia ihany, tsy teo amin' ireo mpiandry ondry tso-piaina ihany no nahitan' ny anjely olona izay niandry ny fiavian' ny Mesia. Tao amin' ny tanin' ny jentilisa koa dia nisy nanantena Azy; olona nanantsaina izy ireo, nanan-karena sady ambony, olon-kendrin' ny Tany atsinanana. Noho ny Magy mpandinika ny zava-boahary dia nahita an' Andriamanitra teo amin' ny asan' ny tanany izy. Tao amin' ny Soratra Masina hebreo no nahafantarany fa hisy kintana hipoitra avy ao amin' i Jakoba ka naniry mafy izy ireo niandry ny fiavian' Ilay ho «fampiononana» tsy «ho an' ny Isiraely» fotsiny, fa ho «fahazavana hahazava ny firenena», ary «ho famonjena hatrany amin' ny faran' ny tany»[45]. Nitady ny fahazavana izy ireo, ka dia nanazáva ny diany ny fahazavana avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. Ireo mpisorona sy raby tany Jerosalema izay notendrena hitana sy hanazava ny fahamarinana dia voahodidin' ny haizina, fa ilay kintana avy any an-danitra kosa dia nitari-dalana ireto Jentilisa vahiny ho eo amin' ny toerana vao nahaterahan' Ilay Mpanjaka.

«Amin' izay miandry Azy» no hisehoan' i Kristy fanindroany «tsy amin' ota, ho famonjena».[46] Toy ny vaovao nilaza ny naha-terahan' ny Mpamonjy, dia tsy nankinina tamin' ireo mpitarika ny vahoaka eo amin' ny ara-pivavahana koa ny hafatry ny fiavian' i Jesosy fanindroany. Tsy nitahiry ny fifandraisany tamin' Andriamanitra izy ireo, ka efa nandà ny fahazavana avy any an-danitra ; noho izany dia tsy mba anisan' ireo izay lazain' ny Apostoly Paoly hoe izy : «Fa ianareo ry rahalahy, tsy ao amin' ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny mpangalatra izany andro izany. Fa ianareo rehetra dia zanaky ny andro ; tsy an' ny alina na an' ny maizina isika».[47]

Ireo mpiambina teo amin' ny mandan' i Ziona no tokony ho nandray voalohany ny vaovao mahafaly momba ny fiavian' ny Mpamonjy, izy ireo no tokony ho nanandratra voalohany ny feony hanambara fa akaiky Izy, sy tokony hampitandrina voalohany ny vahoaka hiomana ho amin' ny fiaviany. Nefa nandry fehizay izy ireo, nanonofinofy ny hiadam-pinaritra tsy hisy mpanelingelina, fa ny vahoaka kosa sondriana tao amin' ny fahotany. Tahaka ilay aviavy tsy namoa, rakotry ny ravina nireharehany, nefa tsy nisy voa sarobidy, no nahitan' i Jesosy ny fiangonany. Nisy fireharehana nentina nitandrina ny fombafombam-pivavahana, nefa ny toe-tsain' ny fanetren-tena marina, ny fiaiken-keloka sy ny finoana — izay hany ahatonga ny fanompoam-pivavahana ho ankasitrahan' Andriamanitra — dia banga. Tsy ny fahasoavan' ny Fanahy no hita tao fa avonavona, faharavana, fombafomba ivelany, voninahitra poak' aty, fitiavan-tena, fampahoriana. Nanakimpy ny masony

tsy hijery ireo famantarana ny fotoan' andro ny fiangonana nihemotra. Tsy nandao azy anefa Andriamanitra, ary tsy nosarahiny taminy ny fitiavany; nefa nahafoy Azy ireo arynihataka tamin' ny fitiavany. Rehefa nandà tsy hanatanteraka ny fepetra izy, dia tsy tanteraka taminy ireo teny fikasany.

Toy izany no vokatra tsy maintsy ho hita eo amin' izay manao an-tsirambina ka tsy mankasitraka sy tsy mandray ny fahazavana sy ny tombon-tsoa omen' Andriamanitra. Raha tsy manaraka ny fitarihany mazava ny fiangonana ka mandray ny tara-pahazavana tsirairay alefany, ary manatanteraka ny adidy rehetra izay asehony, dia tsy maintsy hitotongana ho fanarahana fombafomba ivelany fotsiny ny fivavahana, ary hanjavona ny fanahin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra mitondra aina. Efa voaseho im-betsaka teo amin' ny tantaran' ny fiangonana io fahamarinana io. Andriamanitra dia mitaky amin' ny vahoakany asan' ny finoana sy fankatoavana izay mifanaraka amin' ny fitahiana sy ny tombon-tsoa narotsaka taminy. Ny fankatoavana dia mitaky fahafoizan-tena ary midika ho hazo fijaliana; ary izany no antony mahatonga olona maro nilaza ny tenany ho mpanaraka an' i Kristy, nefa mandà ny handray ny fahazavana avy any an-danitra, ka tahaka ireo Jiosy fahiny, dia «tsy nahalala ny andro namangiana azy».[48]

Nolalovan' i Jehovah izy ireo noho ny avonavony sy ny tsy finoany, fa nanambarany ny fahamarinany kosa ireo izay efa nitandrina ny fahazavana rehetra nomena azy, tahaka ny mpiandry ondry tany Betlehema sy ireo Magy avy tany atsinanana.

**Fanamarihana**

1 Joda 14 ,15;
2 Joba 19 : 25-27 ;
3 Sal. 50 : 2-4 .
4 Sal. 96:11,3 ;
5 I sa. 26 : 19
6 Hab. 3 : 3 , 4, 6 , 8, 1 0 , 1 1 , 1 3 .
7 Jao. 14:2-3
8 Mat. 25 : 31, 32
9 Asa 1 : 11
10 ITes . 4 : 16
11 Apok. 1 : 7
12 Asa 3 : 21
13 Apok. 11 : 15
14 Isa. 40 : 5 ; 61 : 11 ; 28 : 5
15 Isa. 51 : 3 ; 62 : 4, 5
16 1 Tes.4:16-18;
17 Apok.22:20
18 Lio. 21 : 25
19 Marka 13 : 24-26
20 Apok. 6 : 12
21 Groeland : Tany avaratra atsinanan' i Amerika avaratra
22 Madera : Nosy andrefan ' i Maraoka
23 Lisbaona : Kenivohitr ' i Portigaly
24 Marka.13:24
25 Joela 3:4
26 Lioka 21:28.30,31
27 Lio. 21 : 34 , 36
28 Apok. 3 : 1, 3
29 Joela 2 : 11
30 Hab. 1 : 13
31 Hos. 8 : 2 , 1; Amosa 5 : 20
32 Zef. 1 : 12
33 Isa. 16 : 11
34 Zef. 1:1 8 , 13
35 Jer. 4 : 19, 20
36 Zef. 1 : 15, 16
37 Isa. 13 : 9
38 Joela 2:1.15—17,12,13
39 Apok.14:6,7.
40 2Pet. 1 : 19
41 Ohab. 3 : 14
42 Sal. 25 : 14.
43 Jao. 12 : 35
44 Jao. 8 : 12
45 Lio.2:25.32; Asa 13:47.
46 Heb.9:28.
47 1Tes.5:4,5
48 Lio.19:44.

# 18

## *Mpanavao fivavahana Amerikana*

Mpamboly sady mpiompy iray, lehilahy marina, mahitsy fo izay efa voatarika hisalasala ny maha avy amin' Andriamanitra ny Soratra Masina, nefa naniry tokoa ny hahalala ny fahamarinana, io no nofidin' Andriamanitra manokana mba hitarika ny fitoriana ny fiavian' i Kristy fanindroany. Tahaka ny mpanavao fivavahana maro, dia nitolona tamin' ny fahantrana koa i William Miller tamin' ny fiandohan' ny fiainany ka tamin' izany no nianarany lesona lehibe momba ny faherezana sy ny fandavan-tena. Ny fianakaviana izay niaviany dia niavaka indrindra tamin' ny toe-tsaina tsy miankin-doha amin' ny hafa, tia fahafahana, mahay miari-pery sy nanana fitiavantanindrazana miredareda toetra izay nivoitra indrindra koa teo amin' ny toetra amam-panahiny. Kapiteny tao amin' ny tafiky ny Tolom-piavotana rainy, ary ny fandavan-tena nasehony nandritra ny ady sy ny fahoriana nozakainy tamin' io vanim-potoana feno hotakotaka io no azo anazavana ny fahasahiranana nahazo an' i Miller teo amin' ny voalohandohany.

Salama vatana izy, ary na dia teo amin' ny fahazazany aza dia hita mazava fa nanana hery ara-tsaina nihoatra noho ny fahita. Mainka nisoritra mazava kokoa izany rehefa nandroso ho lehibe izy. Nanana saina navitrika sy tsara fivelatra izy, ary nangetaheta fahalalana aoka izany. Na dia tsy nahazo tombon-tsoa tamin' ny fanabeazan' ny Sekoly ambony aza izy, dia -nahatonga azy ho lehilahy mahay mandanjalanja sy mahataka-javatra ny fitiavany fianarana sy ny fahazarana mandinika tsara ary ny jerikiana akaiky dia akaiky fanaony. Tsy nisy ho kianina ny fitondrantenany ary naha-tehanana ny lazany ary nankasitrahana indrindra ny fahamarinan' ny toetrany, ny fahaizany mitsitsy sy ny fahalalahan-tanany. Vetivety izy dia nahavita zavatra noho ny faherezany sy ny fikirizany, kanefa dia notazoniny ihany ny fahazarana nianatra. Nitana toerana samihafa teo amin' ny fanjakana sy teo

amin' ny tafika izy ary nankasitrahana tamin' izany. koa dia nidanadana teo anatrehany ny lalana ho amin' ny harena sy ny voninahitra.

Vehivavy nanana fitiavam-bavaka matotra reniny, ka fony fahazaza dia efa latsaka lalina tao am-pon' i Miller ny momba ny fiva-vahana. Rehefa niakatra ho amin' ny fahalehibeazana anefa izy dia tafaharo tamin' ny deista[1] ; ary noho ry zareo olom-pirenena nahafatra-po ny ankamaroany sady antra namana no nalala-tanana dia mainka nandaitra mafy taminy ny fifaneraserana tamin' izy ireo. Noho izy ireo nonina teo anivon' ny toerana nisy sokajin-draharaha kristiana, dia azo lazaina fa voavolavolan' ny manodidina azy ny toetra amampanahiny. Ny fahambonian-toetra izay nahatonga azy ireo ho heni-kaja sady natokisana dia avy tamin' ny Baiboly no nahazoany azy ; nanjary simba anefa ireo fanomezana tsara ireo ka voavily ho amin' ny fanoherana ny tenin' Andriamanitra. Voatarika hanana ny fomba fisainan' izy ireo i Miller tamin' ny fiarahany taminy. Nisy olana izay toa tsy hay vahana no fijeriny azy tamin' ny fanazavana mahazatra ny Soratra Masina ; nefa koa ilay finoany vaovao izay nitsipaka ny Baiboly dia tsy nitondra na inona na inona tsaratsara kokoa ho solon' izany, koa dia tsy mbola afa-po velively izy. Na izany aza, dia notanany ihany izany fomba fisaina deista izany nandritra ny roa ambinifolo taona. Fony izy efatra ambinitelopolo taona anefa dia voatsapany lalina tao am-pony noho ny asan' ny Fanahy Masina ny maha-mpanota azy. Tsy nahita antoka tao amin' ny finoany voalohany momba ny fahasambarana any an-koatry ny fasana izy. Maizina sady nanjombona ny ho avy. Izao no nolazainy taty aoriana mikasika ny fihetseham-pony tamin' izany :

«Nampangatsiaka sy nahangoly ny mieritreritra izany hoe fahafoanana tanteraka, ary izany fampamoahana farany izany dia fahafonganana azo antoka ho an' ny rehetra. Tahaka ny varahina ny lanitra teo ambony lohako, ary ny tany dia tahaka ny vy teo ambany tongotro. Ny mandrakizay . . . inona izany ? Ary ny fahafatesana . . . nahoana no misy izany ? Arakaraka ny namakafakako izany no nahalavitra ny fanazavana. Arakaraka ny nieritrereretako no niparitahan' ny fehin-kevitra. Niezaka ny tsy hieritreritra aho, nefa tsy voafehiko ny eritreritro. Tena olo-maliantra no fahatsapako ny tenako, nefa tsy fantatro izay antony. Nimonomonona sy nitariana aho anefa tsy fantatro izay nanaovako izany. Fantatro fa nisy zavatra diso, nefa tsy fantatro izay fomba na izay toerana ahitana ny marina. Nalahelo aho sady tsy nanana fanantenana».

Nitohy ihany izany nandritra ny volana vitsivitsy. «Tsitapitapitr' izay, hoy izy, dia voasoritra velona tao an-tsaiko ny toetra amampanahin' ny Mpamonjy. Mby tao an-tsaiko fa misy Anankiray any izay tsara fanahy sady feno fangorahana indrindra ka Izy tenany mihitsy no hanao fanavotana noho ny fandikantsika ny lalàna ary amin' izany no hamonjeny antsika ho afaka amin' ny fahoriana sazin' ny fahotana. Tsapako avy hatrany fa

ho maha-te-ho-tia tokoa Izy izany, ary noheveriko fa ho azoko atao ny hiantoraka eo an-tsandriny, ka hitoky amin' ny famindrampon' ny olona toy izany. Nipetraka anefa ny fanontaniana : Ahoana no hanaporofoana fa misy tokoa lo Anankiray lo ? — Ivelan' ny Baiboly, dia hitako fa tsy nety hisy famantarana mazava ny fisian' ny Mpamonjy toy izany, na izay mbola ho fisian' ny fiainana ho avy — .

»Hitako fa mampiseho Mpamonjy araka izay nilaiko indrindra ny Baiboly ary nahavery hevitra ahy ny hoe boky tsy avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra io, kanefa hamelabelatra foto-kevitra mifanaraka tanteraka amin' izay ilain' izao tontolo izao efa lavo. Voatery niaiky aho fa tsy maintsy fanambarana avy amin' Andriamanitra ny Soratra Masina. Nanjary fahafinaretana ho ahy izany ; ary nahita sakaiza tao amin' i Jesosy aho. Ny Mpamonjy Ilay notsongaina tamin' ny alinalina ho ahy dia tonga ; ary ny Soratra Masina izay maizina sy nifanohitra no fijeriko azy teo aloha dia nanjary fanilon' ny tongotro sy fanazavana ny lalako ankehitriny. Tafatoetra sy afa-po ny saiko. Hitako fa Vatolampy eo anivon' ny ranomasimben' ny fiainana ny Tompo Andriamanitra. Ankehitriny dia ny Baiboly izao no nanjary anton' ny fandinihako lehibe indrindra ary azoko lazaina marina, fa amim-pahafinaretana be no ianarako izany. Hitako fa be dia be no mbola tsy nambara tamiko na oviana na oviana. Nahagaga ahy ny tsy nahitako teo aloha ny hakantony sy ny voninahiny, ary nahazendana ahy ny nahafahako nitsipaka izany teo aloha. Hitako fa izay rehetra nety nirin' ny foko dia voaseho tao avokoa, ary koa ny fanafody fanasitranana ny aretina rehetra mety hamely ny fanahy. Tsy nahita tsirony intsony tamin» ny vakiteny hafa aho, ary nametraka ny foko hikatsaka fahendrena avy amin' Andriamanitra». — S. Bliss,*Memoirs of Wm Miller*pp.65-67.

Naneho ampahibemaso ny finoany ny fivavahana izay efa nohamavoiny i Miller. Tsy nitaredretra anefa ireo tsy mpino niarahany teo aloha nampiasa ireo fonjan-kevitra rehetra izay nampiasain' ny tenany hoenti-manohitra ny fahefan' ny Soratra Masina ho avy amin' Andriamanitra. Tsy vonona ny hamaly azy ireo izy tamin' izay; nefa noheveriny fa raha fanambarana avy amin' Andriamanitra ny Baiboly, dia tsy maintsy hifanaraka amin' ny fahatakarany. Tapakevitra ny handinika ny Soratra Masina ho an' ny tenany izy, ary hamotopototra raha azo ampifandrindraina izay rehetra toa mifanohitra ao. Niezaka hitsipaka ny hevitra rehetra nibahana rahateo tao an-tsainy izy, ary navelany ireo boky atao hoe hevi-teny, dia nampitahainy tamin' ny Soratra Masina ihany ny Soratra Masina tamin' ny alalan' ny fanoroana toko sy andininy mitovitovy hevitra sy ny Konkordansa. Notohizany tamin' ny fomba mirindra sy nanaradrafitra tsara ny fianarany ny Soratra Masina, natombony tamin' ny Genesisy, dia novakiny isan' andininy, ka tsy nandroso izy raha tsy efa tsy nisy nanelingelina azy intsony ny hevitr'

ireo andininy maro rehetra nivelatra teo anatrehany. Rehefa misy zavatra maizimaizina, dia fombany ny mampitaha izany amin' ny andininy hafa izay toa misy fifandraisana amin' ny fotopototry ny zavatra dinihiny. Samy navelany hanana ny dikany mifanitsy amin' ny lohahevitra velarina ny teny tsirairay, ary raha mifandrindra amin' ny andininy hafa rehetra mikasika io lohahevitra io ny fandraisany azy, dia tsy olana intsony izany. Koa isaky ny sehatra toko sy andininy izay sarotra aminy ny mahatakatra ny heviny izy, dia mahita fanazavana izany ao amin' ny faritra hafa ao amin' ny Soratra Masina. Rehefa nandinika ny Soratra Masina tamim-pivavahana mafana izy mba hahazo fanazavana avy amin' Andriamanitra, dia nanjary nazava izay toa maizina tamin' ny sainy teo aloha. Niainany ny fahamarinan' ny tenin' ny mpanao Salamo hoe: «Mahazava ny fanroahana ny hevitry ny teninao ka manome fahalalana ho an' ny kely saina».[2]

Nahaliana azy fatratra ny fandinihana ny bokin' i Daniela sy ny Apokalypsy. ka ny foto-kevitra nentiny nanazava ireo fitsipika narahiny tamin' izany dia izay efa nampiasainy tamin' ny tenin' ny Soratra Masina hafa, ary naha-dibo-kafaliana azy ny nahita fa mety ho azo ny hevitr' ireo tandindona ao amin' ny faminaniana. Hitany koa fa ireo faminaniana efa tanteraka dia ara-bakiteny no nahatanterahany; hitany fa ireo sary ohatra sy fanoharana ary fampitahana samihafa, dia voazava na amin' ny alalan' ny teny ifandraisany eo akaiky eo, na voafaritry ny toko sy andininy hafa ny teny nentina nanambara izany ka rehefa voazava arak' izany izy ireo, dia tokony horaisina ara-bakiteny ny dikany. «Noho izany», hoy izy, «dia afa-po aho nahafantatra, fa ny Baiboly dia firafetan' ireo fahamarinana nambara, izay nomena tamin' ny fomba mazava sy tsotra indrindra ka ny mpivahiny, na dia kely saina aza, dia tsy mety ho diso lalana ao» Bliss, p. 70. Namaly soa ny fiezahany ny fahitana miandalana ireo masomasony mifampitohy amin' ny rojon' ny fahamarinana raha nanaraka tsikelikely ireo faritra vaventy izoran' ny faminaniana izy. Nisy anjelin' ny lanitra nitarika ny sainy sy nanokatra ny Soratra Masina mba ho azony.

Noraisiny ny fomba nahatanterahan' ny faminaniana efa lasa ho fisedrana enti-maminavina ny ho fahatanterahan' ireo mbola ho avy, ka afa-po izy nahita fa tsy tohanan' ny tenin' Andriamanitra ilay fomba fijery be mpanaraka momba ny fanjakan' i Kristy ara-panahy dia ny hoe arivo taona hanjakany alohan' ny fiafaran' izao tontolo izao. — Io fampianarana io izay nanondro arivo taona hanjakan' ny fahamarinana sy ny fiadanana alohan' ny fiavian' ny Tompo, dia nampanalavitra ny horohoro momba ny andron' Andriamanitra. Na dia nahafinaritra aza izany fampianarana izany, dia mifanohitra amin' ny fampianaran' i Kristy sy ny Apostoly izay nilaza fa hiaramaniry ny vary sy ny tsimparifary hatramin' ny fijinjana, dia ny faran' izao tontolo izao; fa ny ratsy fanahy sy ny mpisoloky kosa dia handroso

hiharatsiratsy kokoa; fa «any am-parany any dia hisy andro mahory»; fa ny fanjakan' ny haizina dia hitohy mandra-piavin' ny Tompo izay handevona azy amin' ny fofon' ain' ny vavany sy hahafoana azy amin' ny fisehoan' ny fiaviany.[3]

Tsy narahin' ny fiangonana apostolika ny fampianarana milaza fa hiova fo izao tontolo izao manontolo ary i Kristy dia hanjaka ara-panahy erantany. Tsy nanaiky izany ny ankabeazan' ny Kristiana raha tsy tokony ho tamin' ny fiandohan' ny taonjato fahavalo ambinifolo. Tahaka ny hevi-diso rehetra, dia zava-doza no vokany. Nampianatra ny olona hitazana any amin' ny ho avy lavitra dia lavitra any ny fiavian' ny Tompo ary nisakana azy tsy hitandrina ireo famantarana nanambara ny fahakaikezany. Nahatonga ny olona hianoka sy hiantehitra amin' ny fahatokisana tsy marim-pototra izany ary mitaona ny maro hanao an-tsirambina ny fiomanana nilaina mba hihaonana amin' ny Tompony.

Hitan' i Miller fa ampianarin' ny Soratra Masina mazava tsara ny fiavian' i Kristy ara-bakiteny, ara-batana. Hoy i Paoly : «Fany tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra» .[4]Ary izao no nambaran' ny Mpamonjy :«Ary hahita ny Zanak' olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin' ny rahon' ny lanitra izy». «Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fiavian' ny Zanak' olona».[5] Hanotrona Azy ny tafiky ny lanitra manontolo. Ho «tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny arahin' ny anjely rehetra».[6] «Ary amin' ny ampanenoana mafy ny trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangonin' ireo ny olomboafidy» .[7]

Hitsangana ny olo-marina efa maty ary ny marina velona hovana amin' ny fiaviany. «Tsy hodimandry avokoa isika rehetra», hoy i Paoly, «fa vetivety, toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lò intsony, ary isika hovana. Fa ity mety lò ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahalovana. ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana» .[8] Ary hoy izy ao amin' ny epistiliny ho an' ny Tesaloniana, rehefa avy nilazalaza ny amin' ny fiavian' ny Tompo : «Izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha, ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin' ny rahona hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka ; dia ho any amin' ny Tompo mandrakariva isika».[9]

Tsy afaka handray ny fanjakana ny vahoakan' i Kristy raha tsy aty aorian' ny hiaviany ara-batana. Hoy ny Mpamonjy : «Ary raha tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy; ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin' ny osy; ary hametraka ny ondry eo amin' ny ankavanany

Izy, fa ny osy eo an-kaviany. Ary amin' izany ny Mpanjaka dia hilaza amin' ny eo ankavanany hoe : «Avia hianareo izay notahin' ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana an' izao tontolo izao».[10] Hitantsika teo amin' ireo toko sy andininy vao nomena teo fa rehefa ho avy ny Zanak' olona, dia hatsangana tsy ho lò intsony ny maty ary ny velona hovana. Io fiovana lehibe io no manomana azy handray ny fanjakana; fa hoy mantsy i Paoly : «Ny nofo aman-dra dia tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra, ary ny fahalòvana tsy mandova ny tsi-fahalovana».[11] Mety maty, mety lò ny olona amin' izao toetrany izao ; fa tsy mba mety lò kosa ny fanjakan' Andriamanitra fa maharitra mandrakizay. Noho izany ny olona amin' izao toeny izao dia tsy mahazo miditra ny fanjakan' Andriamanitra. Rehefa ho avy anefa i Jesosy, dia hatafiny ny vahoakany ny tsi-fahalovana; ary amin' izay dia hiantso azy handova tokoa ny fanjakana Izy; fa mandrapahatongan' izany dia hantsoina ho mpandova fotsiny ireo.

Ireo toko sy andininy ireo sy ny hafa koa dia nanaporofo mazava tamin' ny sain' i Miller fa manaraka ny fiavian' i Kristy fanindroany ireo toe-javatra izay noheverin' ny besinimaro fa hialoha ny fiavian' i Kristy, tahaka ny fanjakan' ny fiadanana manerana an' izao rehetra izao sy ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany. Ankoatr' izany, ireo famantarana rehetra ny fotoany sy ny zavatra eto amin' izao tontolo izao dia mifanaraka amin' izay ambaran' ny faminaniana ny amin' ny andro farany. Ho vokatry ny fianaran' i Miller ny Soratra Masina ary ny ny Soratra Masina ihany dia voatery izy niaiky fa madiva hifarana ny tantaran' ny tany araka ny fizotrany ankehitriny.

«Ny porofo hafa koa izay nanaitra ny saiko», hoy izy, «dia ireo fe-potoana voatondro mazava ao amin' ny Soratra Masina. . . Hitako fa ireo toe-javatra voambara mialoha, izay efa tanteraka tamin' ny andro lasa, dia matetika nitranga tao anatin' ny fotoana voafetra. Ny roapolo ambizato taona mandrapahatongan' ny safodrano (Genesisy 6 : 3); ny hafitoana nialoha izany, sy ny efapolo andro nisian' ny orana voalaza mialoha (Genesisy 7 : 4); ny efajato taona nipetrahan' ny taranak' i Abrahama tany Egypta (Genesisy 15 : 13); ny hateloana tao amin' ny nofin'ilay mpitondra ny kapoaky ny mpanjaka sy ny an' ilay lehiben' ny mpanao mofo (Genesisy 40 : 12 20); ny fito taona tamin' i Farao (Genesisy 41 : 28 54); ny efapolo taona tany an-efitra (Nomery 32 : 13); ny mosary telo taona sy tapany (IMpanjaka 17 : 1); (Jereo Lio. 4 : 25); ny fitopolo taona fahababoana (Jeremia 25 : 11); ny fetr' andro fiton' i Nebokadnezara (Daniela 4:1316); ary ny fito herinandro, ny roa amby enim-polo herinandro, ny herinandro iray, mahafeno ny fitopolo herinandro natokana ho an' ny Jiosy (Daniela 9 : 24 27), — ireo toe-javatra voafetran' ny fe-potoana voalaza dia samy faminaniana fotsiny ihany tamin' ny andro nanomezana azy, nefa dia tanteraka araka ny fanambarana mialoha, — Bliss, p. 74, 75.

Koa noho izany rehefa nandinika ny Baiboly izy ka nahita vaninandro voafaritra ara-potoana samihafa izay, araka ny fahazoany azy dia mipaka hatramin' ny fiavian' i Kristy fanindroany, dia tsy hainy ny tsy hihevitra fa ireo no «fotoan' andro voatendry mialoha» izay efa nambaran' Andriamanitra tamin' ny mpanompony. «An' i Jehovah Andriamanintsika ny zava-miafina», hoy Mosesy; «fa antsika sy ny zanatsika mandrakizay kosa ny zavatra ambara», ary nolazain' i Jehovah tamin' ny mpaminany Amosa fa tsy «manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpanompony».[12] Azon' ny mpandinika ny tenin' Andriamanitra atao izany ny manantena amim-pahatokiana ny hahita ny toe-javatra mahatalanjona indrindra hiseho ao amin' ny tantaran' ny olombelona voatondro mazava tsara ao amin' ny fahamarinan' ny Soratra Masina.

«Satria resy lahatra tanteraka aho», hoy i Miller, «fa ny teny rehetra avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra dia mahasoa» ;[13]«fa tsy nisy faminaniana avy tamin' ny sitrapon' ny olona tany aloha rehetra fa avy tamin' Andriamanitra no nitenenan' ny olona araka izay nitondran' ny Fanahy Masina azy»[14], ary «nosoratana ho fianarantsika hananantsika fanantenana amin' ny faharetana sy ny fiononana avy amin' ny Soratra Masina»[15], dia tsy haiko ny tsy hihevitra fa ireo tamin' ny Baiboly mamaritra fotoana dia anisan' ny tenin' Andriamanitra koa, ary natao ho dinihintsika akaiky tahaka ny fizarana hafa rehetra ao amin' ny Soratra Masina. Noho izany, dia tsapako fa raha niezaka ny hahazo ny hevitr' izay hitan' Andriamanitra, noho ny famindrampony, fa azony ambara amintsika aho, dia tsy azoko natao ny nandingana ireo fe-potoana ara-paminaniana». — Bliss, p. 75.

Ny faminaniana izay toa manambara mazava indrindra ny fotoanan' ny fiverenan' i Kristy fanindroany dia ny ao amin' ny Daniela 8 : 14. «Telon-jato sy roa arivo andro;ary rehefa afaka izany dia amin' izay vao hodiovina ny fitoerana masina».[16] Noho ny fanarahany ny fitsipika manao ny Soratra Masina ho mpanazava ny Soratra Masina ihany dia hitan' i Miller fa ny iray andro aratandindona ao amin' ny faminaniana dia mampiseho taona iray;[17] hitany koa fa ny fe-potoana 2300 andro ara-paminaniana, na taona ara-bakiteny, dia tafahoatra lavitra ny fiafaran' ny fotoana natokana ho an' ny Jiosy, koa dia tsy azo ampiharina amin' ny fitoerana masin' ny Jiosy io fotoana io. Neken' i Miller ny fomba fijerin' ny besinimaro izay nihevitra fa amin' ny andro Kristiana dia ny tany no fitoerana masina, noho izany dia noraisiny ho fanadiovana ny tany amin' ny afo amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany ny fanadiovana ny fitoerana masina nambara mialoha ao amin' ny Dan. 8 : 14. Koa raha mety ho hita izany ny fotoana marina hiaingan' ny 2300 andro, araka ny hevitr' i Miller, dia ho azo fantarina mora foana koa ny fotoana marina hiavian' i Kristy fanindroany. Noho izany dia ho voaseho ny fotoana hisian' ilay fahatanterahana lehibe, ny fotoana

izay «hamarana ny toe-javatra ankehitriny miaraka amin' ny avonavony sy ny heriny rehetra, ny rendrarendrany sy ny maha-zava-poana azy, ny faharatsiany sy ny fampahoriana ataony»; «izay hanaisotra amin' ny tany ny ozona, ka ny fahafatesana ho levonina, ny valisoa homena ny mpanompon' Andriamanitra, ny mpaminany sy ny olona masina. dia ireo izay matahotra ny anarany, fa hosimbana kosa izay manimba ny tany». — Bliss, p. 76.

Nihavao sy nihamafana ny risi-pon' i Miller nanohy ny fandinihany ny faminaniana, alina manontolo sy andro manontolo maro no natokany handinihana izay tsinjony izao fa zava-dehibe mahatalanjona sy mahaliana ary mahavariana fatratra. Tsy nahita fanazavana momba ny fiantombohan' ny 2300 andro izy tao amin' ny toko fahavalon' ny Daniela; fanazavana tapany fotsiny no nomen' ny anjely Gabriela, na dia nahazo baiko hampahalala ny fahitana an' i Daniela aza izy. Rehefa novelarina teo amin' ny fahitana nomena ilay mpaminany ny fanenjehana mahatsiravina hianjady amin' ny fiangonana, dia tsy nahazaka ny heriny ara-batana. Tsy nahatanty mihoatra noho izany intsony izy, ka dia nilaozan' ny anjely aloha. Torana i Daniela «ka nandraiky narary andro vitsivitsy». «Ary gaga aho ny amin' ny fahitana, nefa tsy nisy nahafantatra izany», hoy izy.

Efa voabaikon' Andriamanitra anefa ny irany hoe : «Ampahalalao ny fahitana ity lehilahy ity». Tsy maintsy tanteraka io baiko io. Ho fanatanterahana izany, dia niverina nankeo amin' i Daniela ilay anjely taty aoriana, ka nanao taminy hoe : «Avy hampahazava saina anao aho» «koa diniho ny teny, ary aoka ho fantatrao ny fahitana».[18] Nisy zava-dehibe tsy voazava tao amin' ny fahitana amin' ny toko fahavalo, dia ny mikasika indrindra ny fotoana izany ny 2300 andro; noho izany dia nanantitrantitra manokana mikasika ny fotoana ny anjely, raha nanohy ny fanazavany.

«Fitopolo herinandro no voatendry ho an' ny firenenao sy ny tanànanao masina. . . Koa aoka ho fantatrao sy ho azonao fa hatramin' ny hivoahan' ny didy hanavaozana sy hanamboarana an' i Jerosalema ka hatramin' ny Mesia Andriana dia ho fito herinandro sy roa ambinienimpolo herinandro; hamboarina indray ny lalana sy ny hady, dia amin' izay andro mampahory. Ary rehefa afaka ny roa ambinienimpolo herinandro, dia hovonoina ny Mesia ka tsy hanana... Ary hanorina fanekena ho herinandro amin' ny maro izy ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hafa hatramin' ny antsasaky ny herinandro».

Nirahina hankeo amin' i Daniela ny anjely noho ny antony voafaritra tsara dia ny hanazavana aminy izay tsy azony tao amin' ny fahitana ao amin' ny toko fahavalo, dia ny amin' ny filazana mikasika ny fotoana — «Telonjato sy roa arivo andro; ary rehefa afaka izany dia hodiovina ny fitoerana masina». Rehefa nibaiko an' i Daniela izy hoe: «diniho ny teny ary aoka ho fantatrao ny fahitana», dia izao no teny voalohany nataon' ny anjely

: «Fitopolo herinandro no voatendry ho an' ny firenenao sy ny tanànanao masina». Ny teny hoe «voatendry» eto dia «nalana» no tena dikany. Ny fitopolo herinandro izay mampiseho 490 taona, dia lazain' ny anjely fa nalana satria voatokana ho an' ny Jiosy. Nefa alàna amin' ny inona? Satria ny 2300 andro ihany no fe-potoana voalaza ao amin' ny toko faha-8, dia tsy maintsy io izany no hanalàna ny fitopolo herinandro; noho izany dia tsy maintsy anisan' ny 2300 andro ny fitopolo herinandro ary tsy maintsy miara-manomboka izy ireo. Nolazain' ny anjely fa manomboka amin' ny andro hivoahan' ny didy hanavaozana sy hanamboarana an' i Jerosalema ny fitopolo herinandro. Raha mety ho hita ny datin' io didy io, dia ho azo antoka ny fiantombohan' ilay fe-potoana lehibe, dia ny 2300 andro.

Hita ao amin' ny toko fahafito ao amin' i Ezra io didy io. Ny andininy 12-26. I Artaksersesy, Mpanjakan' i Persia no namoaka izany tamin' ny fahafenoany rehetra tamin' ny 457 BC.[19] Ao amin' i Ezra 6 : 14 anefa dia voalaza fa natao ny tranon' i Jehovah tany Jerosalema «araka ny didin' i Kyrosy sy Dariosa ary Artaksersesy mpanjakan' i Persia». Ireo mpanjaka telo ireo, izay niavian' ilay didy dia namoaka, nanamafy ary nanampy azy ho feno, dia nahatanteraka io didy io araka izay nilain' ny faminaniana hanamarika ny fiantombohan' ny 2300 taona. Raha raisina ny taona 457-BC, dia ny taona nahafeno ny didy, ho daty nivoahany, dia hita fa tanteraka avokoa ny antsipiriany rehetra lazain' ny faminaniana.

«Hatramin' ny hivoahan' ny didy hanavaozana sy hanamboarana an' i Jerosalema ka hatramin' ny Mesia Andriana dia ho fitopolo herinandro sy roa amby enimpolo herinandro», — — na 483 taona. Nampiharina tamin' ny fararanon' ny taona 457 BC ny didin' i Artaksersesy. Raha isaina manomboka amin' io vanin' andro io ny 483 taona dia mipaka amin' ny fararanon' ny taona AD 27[20] (Jereo Fanampiny). Ity faminaniana ity dia tanteraka tamin' io fotoana io indrindra. Ny teny hoe «Mesia» dia «Ilay Voahosotra» no dikany. Tamin' ny lohataonan' ny AD 27 dia nataon' i Jaona batisa i Kristy ka nandray ny fanosoran' ny Fanahy. Ambaran' ny apostoly marimarina «ny amin' i Jesosy avy any Nazareta izay nohosoran' Andriamanitra tamin' ny Fanahy Masina sy ny hery»[21] Ary ny Mpamonjy mihitsy no nilaza hoe : «Ny Fanahin' i Jehovah no ato amiko, satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo Izy».[22] Rehefa vita batisa Izy dia nankany Galilia, «nitory ny filazantsaran' Andriamanitra ka nanao hoe : Efa tonga ny fotoana».[23]

«Ary hanorina fanekena ho herinandro amin' ny maro Izy». Io herinandro voalaza eto io no farany amin' ny fitopolo; ireo no fito taona farany nomena manokana ho an' ny Jiosy. Nandritra izany fotoana izany, hatramin' ny AD 27 ka hatramin' ny AD 34, dia nalefan' i Kristy tenany mihitsy aloha, ary taty aoriana tamin' ny alalan' ny mpianany, ho an' ny Jiosy manokana ny

fiantsoan' ny filazantsara. Raha naniraka ny apostoly hitondra ny vaovao mahafalin' ny fanjakany ny Mpamonjy, dia izao no toro-marika nomeny: «Aza mandeha any amin' ny làlan' ny jentilisa ary aza miakatra amin' izay làlan' ny Samaritana, fa aleo mankany amin' ny ondry very amin' ny taranak' Isiraely».[24]

«Ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hafa hatramin' ny antsasaky ny herinandro izy». Tamin' ny taona AD 31, telo taona sy tapany taty aorian' ny batisany, dia nohomboana tamin' ny hazo fijaliana ny Tompontsika. Nifarana tamin' ilay fanatitra lehibe tao Kalvary ny fombam-pivavahana nisy fanatitra izay nanondro mialoha ny Zanak' ondrin' Andriamanitra nandritra ny efatra arivo taona. Nihaona ny tandindona sy ny tena izy, ary nitsahatra hatramin' io ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hafa rehetra tao, araka ny rafitry ny fanompoam-pivavahana tandindona tamin' izay.

Ny fitopolo herinandro, na ny 490 taona nomena manokana ho an' ny Jiosy, dia nifarana tamin' ny AD 34 araka ny efa hitantsika. Tamin' io fotoana io, noho ny fanapahan-kevitra nataon' ny Synedriona Jiosy, dia nanisy tombo-kase ny fandavany ny filazantsara tamin' ny namonoany an' i Stefana ho maritiora sy tamin' ny nanenjehany ny mpanaraka an' i Kristy ny firenena jiosy. Nanomboka hatreo dia tsy noferana ho an' ilay vahoaka voafidy intsony ny hafatry ny famonjena fa nomena ho an' izao tontolo izao. Voatery nandositra niala an' i Jerosalema ny mpianatra «ka nandeha nitory teny tontolo eny». «Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an' i Kristy tamin' ny olona tao». Notarihin' Andriamanitra i Petera, ka namelabelatra ny filazantsara tamin' ilay kapiteny tao Kaisaria, dia i Kornelio izay natahotra an' Andriamanitra; ary Paoly ilay nafana fo, izay azo ho amin' ny finoana an' i Kristy, dia nirahina hitondra ny vaovao mahafaly «handeha lavitra any amin' ny jentilisa».[25]

Hita tamin' izany fa tanteraka tamin' ny fomba mahatalanjona ny antsipiriany rehetra ao amin' ny faminaniana, ka tsy misy iadiankevitra intsony fa fiantombohan' ny fitopolo herinandro ny 457 BC, ary fiafarany ny AD 34. Hatreo amin' io taona io dia tsy misy manahirana ny fahitana ny fiafaran' ny 2300 andro. Raha alàna amin' ny 2300 taona ny fitopolo herinandro — 490 andro izany — dia 1810 andro no sisa. Tamin' ny fiafaran' ny 490 andro, dia mbola nisy 1810 andro hotanterahina. Raha raisina amin' ny AD 34 ny 1810 taona dia mipaka amin' ny 1844. Noho izany dia miafara amin' ny 1844 ny 2300 andron' ny Daniela 8 : 14. Amin' ny fahataperan' io fe-potoana voalazan' io fotoam-paminaniana lehibe io, araka ny tenin' ny anjelin' Andriamanitra, «dia hodiovina ny fitoerana masina». Toy izany no nanondroana mazava ny fotoana fanadiovana ny fitoerana masina izay saiky ninoan' ny rehetra fa hatao amin' ny fotoana fiavian' i Jesosy fanindroany.

Ninoan' i Miller sy ireo niaraka taminy tamin' ny voalohany fa hiafara amin' ny fararanon' ny 1844 ny 2300 andro, kanefa manondro ny fararanon' io taona io ny faminaniana. Diso ny fandraisany an' io ka nahatonga fahadisoampanantenana sy fahaverezan-kevitra tamin' ireo izay efa nametra ilay vanin' andro voalohany ho fotoana hahatongavan' ny Tompo izany. Izany anefa tsy mampihena na dia kely aza ny lanjan' ny fonjan-kevitra fa miafara amin' ny taona 1844 ny 2300 andro, ary tsy maintsy tanteraka ilay toe-javatra lehibe asehon' ny fanadiovana ny fitoerana masina.

Raha nanomboka nandinika ny Soratra Masina araka ny nanaovany izany i Miller, mba hanaporofoany fa fanambarana avy amin' Andriamanitra izany, dia tsy nihevitra kely akory izy tany amboalohany fa ho tonga amin' ny fehin-kevitra ankehitriny. Na dia ny tenany aza dia zara raha nino ny vokatry ny fanadihadiana nataony. Nefa nazava sy nafonja loatra ny porofo avy amin' ny Soratra Masina ka tsy azo navela fotsiny tamin' izao.

Nandritra ny roa taona ngarangidina no efa nandinihany ny Baiboly raha latsaka tao am-pony tamin' ny 1818 ny finoana nampieritreritra fa rehefa afaka sahabo ho dimy amby telopolo taona dia hiseho i Kristy hanavotra ny vahoakany. «Tsy ilaina ny milaza, hoy i Miller, fa diboky ny fifaliana ny foko mitazana izany toe-javatra maharavo izany, ary niredaredam-paniriana tokoa ny fanahiko handray anjara amin' ny fifalian' ny voavotra. Boky vaovao ho ahy izao ny Baiboly. Tena hanim-py ho an' ny saina; izay rehetra tsy nazava, saro-pantarina, na maizimaizina tamiko ny amin' ny fampianarany, dia efa nisava tao an-tsaiko teo anatrehan' ny fahazavana madio izay niposaka tamin' izay tao amin' ireo takila masina; ary tamin' ny famirapiratana sy ny voninahitra no nisehoan' ny fahamarinana ! Lasa daholo ny fifanoherana sy ny tsy firindrana hitako teo aloha tao amin' ny teny; ary na dia nisy faritra maro aza izay tsy mbola nahafapo ahy ny fahazoako azy mazava, dia efa betsaka ny fahazavana nitosaka avy tao amin' ny Soratra Masina nampahiratra ny saiko izay maizina teo aloha, hany ka fifaliana izay tsy nampoiziko teo aloha, fa mety horaisina avy amin' ny fampianarany no tsapako teo amin' ny fandinihana ny Soratra Masina» — Bliss, p. 76, 77

«Niaraka tamin' ny finoako mahavelona eritreritra fa ho tanteraka ao anatin' ny fotoana fohy ireo toe-javatra miezinezina voalazan' ny Soratra Masina ireo, dia namelovelo mafy tao an-tsaiko ny fanontaniana ny amin' ny adidiko amin' izao tontolo izao, eo anatrehan' ny zavatra tsy azo lavina izay efa nameno ny saiko». *Ibid,* p. 81. Tsy afaka tao aminy ny fahatsapana fa adidiny ny mizara amin' ny hafa izay efa noraisiny. Nampoizinyrahateo fa hanohitra azy ny tsy mino saingy natoky kosa izy fa hifaly ny Kristiana rehetra amin' ny fanantenana fa hihaona amin' Ilay Mpamonjy izay lazainy fa tiany. Ny hany mampanahy azy dia sao lehibe loatra ny fifaliana amin' ny fibanjinana ilay fahafahana be voninahitra izay kely sisa dia ho tanteraka, ka betsaka

no handray ny fampianarana nefa tsy handinika tsara ny Soratra Masina ho fanehoana mazava ny fahamarinany. Noho izany dia nisalasala ny hampiseho izany izy, fandrao diso izy ka ho zary fitaovana hitarihana ny hafa amin' ny lalan-diso. Koa dia voatarika izy hamerina hijery ireo porofo izay manohana ny fehin-kevitra izay nosintoniny, ka handinika tsara ny zava-tsarotra rehetra izay tonga tao an-tsainy. Hitany fa nisinda teo anatrehan' ny fahazavan' ny tenin' Andriamanitra tahaka ny zavona eo amin' ny tanamasoandro ireo hevitra nentina nandà izany. Nandany dimy taona izy hanaovany izany nefa dia mbola niaiky tanteraka ny mahamarina ny hevitra nijoroany ihany.

Koa dia nanosika azy tamin' ny hery vaovao indray ny adidy hampahafantatra amin' ny hafa izay ninoany fa hampianarin' ny Soratra Masina tamin' ny fomba mazava tokoa. « Rehefa eo am-panaovana ny asa aman-draharahako aho», hoy izy, dia naneno tsy an-kijanona tao an-tsofiko ny hoe : «Mandehana ka lazao amin' izao tontolo izao ny loza mananontanona azy». Nanjohy azy lalandava ity teny ity hoe : «Raha hoy Izaho amin' ny ratsy fanahy : He ! ry ilay ratsy fanahy, ho faty tokoa ianao! nefa tsy mety mananatra azy ianao hiala amin' ny alehany, dia ho fatin' ny helony ihany izany ratsy fanahy izany, fa ny rany dia hadiniko amin' ny tananao. Fa raha mananatra ny ratsy fanahy ihany kosa ianao hiala amin' ny lalany ratsy fa izy no tsy mety miala amin' izany, dia ho fatin' ny helony ihany izy, nefa voavonjinao ny ainao».[26] Tsapako fa raha tena anarina tokoa ny ratsy fanahy, dia maro amin' izy ireny no hibebaka, ary raha tsy anarina izy, dia hotakina amiko ny rany». — Bliss p. 92

Nanomboka nampiseho ny heviny tany an-tokantrano izy rehefa nisy fotoana nanaovany izany, ary nivavaka maty mba hisian' ny mpitandrina hahatsapa ny herin' ny fampianarany ka hanokan-tena hampiely azy. Nefa tsy afaka tao an-tsainy ny finoana fa nanana andraikitra manokana ny tenany amin' ny fanomezany ny hafatra fanairana. Niverimberina foana tao an-tsainy ny teny hoe : «Mandehana ka lazao amin' izao tontolo izao; hotakiako aminao ny rany». Niandry sivy taona izy, nefa dia mbola nanindry ny fanahiny ihany ilay enta-mavesatra, hatramin' ny taona 1831 izay voalohany nilazany ampahibemaso ny anton' ny finoany.

Tahaka ny niantsoana an' i Elisa teo am-pandroahana ny ombiny teny an-tsaha, mba handray ny kapôty nanokana azy ho amin' ny asan' ny mpaminany, dia toy izany koa no niantsoana an' i William Miller handao ny angaditarihiny ka hamelabelatra ny zava-miafin' ny fanjakan' Andriamanitra amin' ny vahoaka. Nangovitra izy raha nanomboka ny asany, nitarika ireo mpihaino azy niandalandalana nanaraka ny fe-potoana amin' ny faminaniana hatramin' ny fisehoan' i Kristy fanindroany. Nampitombo ny hery amam-pahasahiana tao aminy ny ezaka rehetra nataony, arakaraka ny nahitany ny fitaran' ny fahalianana vokatry ny teniny.

Noho ny fiangavian' ireo rahalahiny, izay noraisiny ho feon' Andriamanitra, no naneken' i Miller hampiseho ny heviny ampahibe-maso. Dimampolo taona izy izao, tsy zatra miteny ampahibemaso sady nitambesaran' ny fahatsapana fa tsy mendrika ny hanao ny asa nanoloana azy. Nefa hatramin' ny voalohany dia voatahy tamin' ny fomba mahagaga ny asany ho famonjena ny fanahy. Ny famelabelarana voalohany indrindra nataony dia narahin' ny fifohazana ara-pivavahana ka tamin' ny fianakaviana telo ambinifolo dia olona roa ihany no tsy niova fo. Nampirisihina avy hatrany izy hitory tamin' ny toeran-kafa ary saiky tamin' ny toerana rehetra dia fifohazan' ny asan' Andriamanitra no vokatry ny fiezahany. Niova fo ny mpanota, voahetsika ho amin' ny fanoloran-tena bebe kokoa ny Kristiana, ary ny deista sy ny tsy mpino dia voatarika hanaiky ny fahamarinan' ny Baiboly sy ny fivavahana kristiana. Izao no teny vavolombelona nataon' ireo olona niasany : «Misy antokon' olona azony niasana izay tsy tratry ny olon-kafa mihitsy». — *Ibid,* p. 138. Nokendrena hampifoha ny sain' ny mpihaino ho amin' ireo zavadehibe eo amin' ny fivavahana ny toriteniny sy hisakana ny fitomboan' ny toetra araka izao tontolo izao sy ny filan' ny nofo tamin' izany fotoana izany.

Saika isan-tanàna dia nisy olona am-polony maro, ary indraindray an-jatony no niova fo, vokatry ny toriteniny. Tao amin' ny toerana maro dia maro, dia nidanadana nandray azy saiky ny antokom-pinoana samihafa rehetra nisy tamin' ny fiangonana protestanta, ary ny mpitandrina avy amin' ny fiangonana maro no matetika miantso azy. Fitsipika tsy niova noraisiny ny tsy hiasa tamin' ny toerana izay tsy nanasana azy, nefa vetivety dia tsy azony natao ny namaly ny antsasaky ny fangatahana nitobaka teo aminy. Betsaka ireo tsy nanaiky ny heviny momba ny fotoana marina hiavian' i Kristy fanindroany no niaiky kosa fa azo antoka sady akaiky ny fiavian' i Kristy ka ilainy ny hiomana. Tao amin' ny tanàn-dehibe sasantsasany dia nisy vokatra nisongadina ny asany. Nialan' ny mpivarotra zavapisotro mahamamo ny varony ka navadiny ho trano fivoriana ny trano fivarotany; nisy trano filalaovana nakatona; ny tsy mino, ny deista, ny oniversalista[27] ary na dia ny maloto fitondran-tena efa tena nafoy aza dia niova avokoa, ny sasany tamin' ireo efa tsy niditra ampiangonana intsony nandritra ny taona maro. Nanao fotoampivavahana ny antokom-pinoana samihafa, tao amin' ny faritra samihafa isan-tanàna, saiky tamin' ny ora rehetra, ireo mpanao raharaham-barotra dia nivory tamin' ny mitataovovonana mba hivavaka sy hidera an' Andriamanitra. Tsy fahataitairana hafahafa fa fanajana mampieritreritra no saika hita hatraiza hatraiza teo amin' ny sain' ny vahoaka. Tahaka ny asan' ireo Mpanavao fivavahana teo aloha, dia ny hampiaiky ny saina sy ny hamoha ny feon' ny fieritreretana no asany fa tsy ny fanaitairana fotsiny ny fihetseham-po.

Tamin' ny 1833 dia nahazo alalana hitoriteny avy tamin' ny fiangonana Batista izay naha-mambra azy i Miller. Betsaka koa ireo mpitandrina iray

finoana taminy no nankasitraka ny asany ka neken' izy ireo ara-dalàna ny hanohizany izany. Tsy nitsahatra ny nitety toeran-tsamihafa sy nitoriteny izy, na dia tany Nouvelle Angleterre[28] sy tao amin' ireo fanjakana afovoantany[29] ihany aza no niasan' ny tenany manokana. Nandritra ny taona maro dia vola tam-paosiny ihany no niantohany ny fandaniana nataony, ary taty aoriana dia tsy mbola nahazo ny ampy mihitsy izy hoentiny mamonjy ireo toerana nanasana azy. Hita tamin' izany fa tsy nahazoany tombony ara-bola ny asa nataony ho an' ny besinimaro fa nitambesatra tamin' ny fananany izay nihena niandalana nandritra io fotoana teo amin' ny fiainany io. Raimpianakaviana maro anaka izy, nefa satria samy tso-piaina sy nazoto niasa izy rehetra dia ampy ho azy mianakavy ny voly sy ny fiompiana nataony.

Tamin' ny 1833, roa taona taty aorian' ny nanombohan' i Miller nampiseho ampahibemaso ny porofon' ny fiavian' i Kristy tsy ho ela, dia niseho ireo famantarana farany nampanantenain' ny Mpamonjy ho antoky ny fiaviany fanindroany. Hoy Jesosy : «Ny kintana hiraraka avy any an-danitra».[30] Ary hoy Jaona ao amin' ny Apokalypsy raha nibanjina ny fahitana izay hialoha ny andron' Andriamanitra : «Ary ny kintana tamin' ny lanitra dia niraraka tamin' ny tany, toy ny aviavy manintsana ny voany manta, raha hozongozonin' ny rivotra mahery izy». [31]Tanteraka tamin' ny fomba manaitra sy mahavariana io faminaniana io tamin' ny firarahan' ny tain-kintana tamin' ny 13 Novambra 1833. Io no firarahan' ny tain-kintana nidadasika sy nahagaga indrindra izay voarakitry ny tantara hatramin' izay; «ny lanitra manontolo, nanerana an' i Etazonia, dia feno kilalaon' afo nifandrambondrambona nandritra ny ora maro! Tsy mbola nisy mihitsy fisehoan-javatra teny amin' ny lanitra tamin' io tany io, hatramin' ny nahatongavan' ireo mpihavy voalohany, izay nahatalanjona sy nahafaly indrindra ny andaniny fa nampivadi-po ny ankilany kosa teo amin' ny mpiara-monina». Mbola voarakitra tao an-tsain' ny maro ny hakantony tsy misy toy izany, ny hatsaran-tarehiny nefa mampangorohoro. . . Tsy mbola nisy mihitsy ora-mikija tahaka ny firaraky ny tain-kintana nanandrify ny tany;ny atsinanana, ny andrefana, ny avaratra sy ny atsimo, dia samy mitovy daholo. Raha lazaina amin' ny teny indraim-bava dia toa nihetsika ny lanitra manontolo. . . Araka ny fitantaran' ny Gazetin' i Silliman mpampianatra, dia hita eran' i Amerika avaratra izany. . . «Hatramin' ny roa maraina ka hatramin' ny vaky masoandro mazava tsara, ny lanitra tony tanteraka sady tsy nisy rahona, ary nisy famirapiratana nampanjambena nifamoivoy tsy an-kijanona manerana ny lanitra». — R. M. Devens*American Progress; or, The Great Events of the Greatest Century,* toko 28, fizarana 1-5.

«Tsy misy teny mahalaza ny hankaton' io fampisehoana tsy nanampaharoa io; . . . izay tsy nahita maso dia tsy afaka naminavina marina ny voninahiny. Toa nihaona teo amin' ny faritra iray teo afovoan' ny lanitra

ny kintana rehetra ka niara-nitsoriaka toa zanatsipika, haingana tahaka ny tselatra, namonjy ny faravodilanitra rehetra; nefa tsy nety tapitra — fa nisy arivoarivo no indreny nanjohy haingana dia haingana ny dian' ireo arivoarivo hafa, toa noforonina ho amin' io toe-javatra io». — F. Reed, Christian Advocate and Journal 13 December 1833. Tena nifanaraka tanteraka amin' ilay sary mampiseho ny aviavy mandraraka ny voany rehefa tsofin' ny rivotra mahery, ny fahitana an' izany.*«The old Country man»,*ao amin' ny*Portland Evening Adviser,*26 November 1833.

Tao amin' ny gazety iray mpivoaka tany New-York (Journal of Commerce) tamin' ny 14 Novambra 1833, dia nisy lahatsoratra lavabe nitantara ny amin' io zava-mahagaga io, nakana ity filazana ity : «Heveriko fa tsy mbola nisy mihitsy olon-kendry na olo-manampahaizana nilaza fa nanoratra momba ny toe-javatra tahaka ny niseho omuly maraina. Nisy mpaminany iray nilaza izany marina valonjato sy arivo taona mialoha, raha sarotra amintsika ny hahafantatra fa ny firarahan-kintana dia midika ho kintana miraraka. . . ka ny fomba azo andraisana izany dia ny hevitra ara-bakiteny ihany».

Toy izany no nisehoan' ilay famantarana farany momba ny fiavian' i Jesosy izay nibaikoan' i Jesosy ny mpianany hoe : «Raha vao hitanareo izany rehetra izany dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky mby eo ambaravarana Izy».[32] Aorian' ireo famantarana ireo, dia nobanjin' i Jaona ny toe-javatra lehibe avy manaraka, dia ny lanitra lasa tahaka ny taratasy voahorona, ny tany nihorohoro, ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra nifindra niala tamin' ny fitoerany, ary ny ratsy fanahy nitady izay handosirany tsy hanatrika ny Zanak' olona noho ny fahatahorany.[33]

«Maro tamin' ireo izay nahita maso ny firarahan' ny kintana, no nandray izany ho toy ny mpialoha lalana ny fitsarana ho avy, sary mampahatahotra, mpialoha lalana azo antoka, famantarana mitory famindrampo an' io andro lehibe sy mampangorohoro io». —*«The Old Countryman», Portland Evening Advertise* 26 November 1833. Toy izany no nahavoatarika ny sain' ny vahoaka ho amin' ny fahatanterahan' ny faminaniana ka maro no voataona hitandrina ny hafatra fanairana momba ny fiavian' i Kristy fanindroany.

Tamin' ny taona 1840 dia nisy fahatanterahan' ny faminaniana mahagaga koa izay nahavariana ny maro. Roa taona talohan' izao i Josiah Litch. anankiray tamin' ireo mpitandrina mpitarika ny fitoriana ny fiavian' i Kristy fanindroany, dia namoaka famelabelarana ny amin' ny Apokalypasy faha-9, ka nanambara mialoha ny haharavan' ny fanjakana Ottomana[34]. Araka ny ady marika nataony dia hirodana io fahefana io amin' ny «taona AD 1840, any ho any amin' ny volana Aogositra», ary andro vitsy foana talohan' ny fahatanterahan' izany dia nanoratra izy hoe : «Raha ekena fa ny fe-potoana voalohany, ny 150 taona, fa tanteraka tokoa talohan' ny niakaran' i Deacozes teo amin' ny seza fiandrianana, araka ny alalana nomen' ny Tiorka azy izay

manomboka amin' ny fiafaran' io fe-potoana voalohany io, ary ny 391 taona sy ny dimy ambinifolo andro dia hiafara amin' ny 11 Aogositra taona 1840 izany, dia amin' io daty io, amin' ny fotoana anampoizana haharava ny fahefana tiorka any Constantinople. Ary mino aho, fa ho araka izany no hitranga». Josiah Litch, ao amin' ny *Signs of the Times,* and Expositor of Prophecy, 1 August 1840.

Tamin' ny fotoana marina voatondro, dia nanaiky ny fiarovan' ny fivondronan' ny fanjakana Eoropeana i Tiorka, tamin' ny alalan' ireo ambasadaorony, ka nametraka ny tenany ho eo ambanin' ny fanarahamason' ny firenena Kristiana tamin' izany fomba izany. (Jereo Fanampiny). Rehefa fantatra izany, dia marobe ny olona nanaiky ny fahamarinan' ny foto-kevitra nentina nanazava ny faminaniana nampiasain' i Miller sy ireo niaraka taminy, ka nisy ainga nahavariana nampandroso ny fihetsehana momba ny fiavian' i (Kristy). Nisy olona ambony fianarana sy ambony toerana niray tamin' i Miller, sady nitory no namoaka ny heviny hany ka nitatra faingana ny asa hatramin' ny 1840 ka hatramin' ny 1844.

Nanana hery ara-tsaina natanjaka i Miller, izay voafehin' ny fahaizana mandanjalanja sy ny fianarana; ary nanampy an' izany ny fahendren' ny lanitra tamin' ny fifandraisany tamin' Ilay Loharanon' ny fahendrena. Lehilahy nanan-toetra mendrika izy, ary tsy hay ny tsy hanaja sy ny tsy ho tia azy na taiza na taiza ny toetra feno hitsim-po sy ny fitondrantena vanona nankasitrahana. Natambany tamin' ny fahalemem-panahy ny fanetren-tena kristiana sy ny hery azo avy amin' ny fahaizana mifehy tena ka nitsimbina ny rehetra izy sady nifandray am-po taminy, vonon-kihaino ny hevitry ny hafa sy handanjalanja ny fonjan-kevitra narosony. Tsy nentanin' ny firehetam-po na ny fahataitairana foana izy raha nisedra ny lafinkevitra sy ny fampianarana rehetra tamin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra, ary nahatonga azy ho afa-nitsipaka ny hevi-diso sy nampiseho ny fitaka ny fananany saina mazava sy ny fahaizany lalina ny Soratra Masina.

Nefa teo am-pampandrosoana ny asany dia tsy nilaozan' ny fanoherana mafana izy. Tahaka ny tamin' ny Mpanavao fivavahana teo aloha, dia tsy nankasitrahan' ireo mpampianatra ara-pivavahana mamim-bahoaka ny fahamarinana nasehony. Rehefa tsy afaka miaro ny heviny amin' ny alalan' ny Soratra Masina ireo, dia voatery hampiasa ny teny sy ny fampianaran' olombelona, ny lovan-tsofina napetrak' ireo Rain' ny fiangonana. Nefa ny tenin' Andriamanitra no hany vavolombelona neken' ny mpitory ny fahamarinana momba ny fiavian' i Kristy. «Ny Baiboly, ary ny Baiboly ihany», no baikompitolomany. Nofenoin' ireo mpanohitra azy tamin' ny fanivaivana sy ny fanarabiana ny tsy fananany fonjan-kevitra avy amin' ny Soratra Masina. Nampiasaina ny fotoana, ny vola sy ny talenta mba hanosoram-potaka an' ireo izay tsy nanan-keloka hafa afa-tsy ny niandry amim-pifaliana

ny fiverenan' ny Tompony ka niezaka ho velona tamin' ny fiainana masina sy nampirisika ny hafa hiomana ho amin' ny fisehoany.

Nafana ny ezaka natao mba hisarihana ny sain' ny olona tsy hitoetra amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany. Naseho ho toy ny fahotana, ho zavatra tokony hahamenatra, ny nandinika ireo faminaniana mikasika ny fiavian' i Kristy fanindroany sy ny fiafaran' izao tontolo izao. Toy izany no nikikisan' ny mpitandrina mamimbahoaka ny finoana ny tenin' Andriamanitra. Nahatonga ny olona hiala tamin' ny finoana izy ireo, ary betsaka no manararaotra izany mba handeha araka ny filany tsy araka an' Andriamanitra. Tamin' izay dia ny Advantista no nampangain' ireo mpanao ratsy ho «rangory fototry ny afo».

Nahasarika olona manan-tsaina sy mpihaino liana dia liana nameno trano i Miller, nefa nahalana vao voateny tao amin' ny gazety ara-pivavahana ny anarany raha tsy hoe natao ho fihomehezana sy fiampangana ihany. Nanjary sahisahy ireo tsy niraharaha sy tsy nanana an' Andriamanitra noho ny fihetsiky ny mpampianatra ara-pivavahana, ka nampiasa izao teny famaritana mahamenatra rehetra izao sy vazivazy ratsy miteny ratsy an' Andriamanitra, tamin' ny fiezahany hampivangongo ny fanamavoana azy sy ny asany. Ilay lehilahy efa nipi-bolo izay nandao ny fiadanana tao an-tokantranony mba hiantotena hitety tanàna sy vohitra, niasa mafy tsy an-kijanona hitondra ny hafatra miezinezina momba ny fahakekezan' ny fitsarana ho amin' izao tontolo izao, dia nanaovana eson-teny niampangana azy ho mpitompo teny fantatra, ho mpandainga, ho mpanao hevi-poana mirediredy.

Ny fanarabiana, ny hevi-diso sy ny herisetra tafahoatra natototra azy dia nahatonga fanamarihana feno fahatezerana, na dia avy tamin' ny mpanoratra tsy nikasika ny fivavahana aza. Nambaran' ireo araka an' izao tontolo izao ireo fa ny fanamaivanana sy ny fanaovana kilalao ny foto-javatra lehibe sy miezinezina sady misy vokany mampahatahotra toy izany dia «tsy fanaovana fihomehezana fotsiny ny fihetseham-pon' ireo mampiely sy manohana izany» ihany, fa «tena fanaovana zinona ny andro fitsarana mihitsy, fanarabiana an' Andriamanitra, sy fanaovana ho fihomehezana ny tahotra vokatry ny fitsarany». — Bliss, p. 183.

Tsy niezaka ny hanohitra fotsiny ny vokatry ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy ilay mpamporisika ny ratsy rehetra, fa niezaka mihitsy koa izy hamono ny tenan' ilay mpitondra hafatra. Nampihatra ny fahamarinan' ny Soratra Masina tamin' ny fon' ny mpihaino azy i Miller, nanameloka ny fahotan' izy ireo sy nanelingelina ny fahatsiarovany tena ho afa-po, ka niteraka fandrafiana ny teniny mazava sy nivantana. Nahatonga ny antokon' olona niaina tamin' ny toetra tsizarizary ho sahisahy ny fanoherana nasehon' ireo mambra tao amin' ny fiangonana tamin' ny hafatra nentiny; nisy fahavalo izay nioko hamono azy raha niala teo amin' ny toeram-pivoriana izy. — Nefa nisy anjely masina teo amin' ny mpivory, ary ny anankiray amin' izy

ireny, izay naka ny endrik' olona, dia nandray ny sandrin' ilay mpanompon' i Jehovah ka nitarika azy ho afaka soa aman-tsara tamin' ny fahatezeran' ny vahoaka. Tsy mbola vita ny asany, koa dia diso fanantenana tamin' ny fikasany i Satana sy ireo olona nirahiny.

Na toy inona na toy inona fanoherana, dia nitombo hatrany ny fahalianan' ny olona tamin' ny fihetsehana momba ny fiavian' i Kristy. Raha am-polony maro sy an-jatony ny mpivory teo amboalohany dia nitombo an' arivony maro izao. Betsaka ny olona niditra hanampy ny fiangonana samihafa, nefa rehefa afaka kelikely dia niseho ny toe-tsaina fanoherana na dia teo amin' ireo vao niova fo ireo aza, ary nanomboka nandray fepetra famaizana ny fiangonana tamin' ireo izay nanaiky ny hevitr' i Miller. Nahatonga azy hanoratra taratasy io fihetsika io, izay nalefany tamin' ny kristiana tao amin' ny antokom-pinoana rehetra, fangatahana azy ireo hampiseho ny fahadisoany avy amin' ny Soratra Masina, raha ohatra ka diso ny fampianarany.

«Inona no ninoanay», hoy izy, «izay tsy nasain' ny tenin' Andriamanitra ninoanay, dia ny tenin' Andriamanitra izay ekenareo ho fitsipika ary hany fitsipiky ny finoantsika sy ny fiainantsika. Inona no nataonay no nahatonga fiampangana mahery vaika toy izao aminay avy amin' ny polipitra sy ao amin' ny gazety ka nanome rariny anareo tamin' ny nandroahanareo anay ( Advantista) tsy ho anisan' ny fiangonanareo sy tsy hiaraka aminareo?» «Raha diso izahay, miangavy mba asehoy anay ny fahadisoanay. Asehoy anay avy amin' ny tenin' Andriamanitra fa diso izahay; efa ampy ny nanaovana anay ho fihomehezana; nefa tsy hampiaiky anay na oviana na oviana ny mahadiso anay izany; ny tenin' Andriamanitra irery ihany no afaka hanova ny hevitray. Tamim-pandinihana sy tamim-pivavahana no nahitanay ireo fehin-kevitray ireo araka ny fahazavana tsy azo lavina tao amin' ny Soratra Masina». —*Ibid,* p. 250, 252.

Nandritra ireo taonjato nifandimby dia tsy finoana toy izany no nandraisana ireo fananarana izay nampitondrain' Andriamanitra ny mpanompony ho an' izao tontolo izao. Fony nanapa-kevitra Andriamanitra hahatonga safo-drano tamin' ny tany noho ny faharatsian' ny olona, dia nampahafantariny azy mialoha ny fikasany, mba hahazoan' izy ireo fotoana hialany amin' ny lalandratsiny. Nandritra ny roapolo ambinizato taona dia naneno tao an-tsofiny ny fananarana azy hibebaka, andrao miseho ny fahatezeran' Andriamanitra ka handripaka azy. Nefa nataony ho anganongano foana ilay hafatra ka tsy ninoany. Nihasahy izy teo amin' ny faharatsiany ka nihomehezany ilay mpitondra hafatr' Andriamanitra, nohamaivaniny ny fiangaviany, ary nampangainy ho be hambo foana aza. Ahoana no ahasahian' ny tsangan' olona iray hijoro hanohitra ny olona ambony rehetra eto an-tany? Raha marina ny hafatra nentin' i Noa, nahoana izao tontolo izao no tsy mankasitraka sy tsy mino izany? Hevitr' olona tokana ve hanohitra ny fahendren' olona

an' arivony! Tsy hino ny fananarana izy ary tsy hitady fialofana ao amin' ny sambo fiara.

Notondroin' ireo mpanaraby ny zava-boahary, ny fifandiasan' ny fizaran-taona tsy miova, ny lanitra manga izay tsy mbola nandatsak' orana na oviana na oviana, ny saha maitso novelombelomin' ny ranon' ando malefaka mirotsaka amin' ny alina, koa dia niteny izy ireo hoe: «Moa ve tsy fanoharana no ataony?» Nozim- bainy ho mafana fo tsy amin' antony ilay mpitory ny fahamarinana; koa dia nizotra tamin' ny nalehany ihany izy ireo, niroboka lalindalina kokoa tamin' ny fitadiavam-pahafinaretana, nirona bebe kokoa ho amin' ny lalan-dratsiny noho ny teo aloha. Nefa tsy nahasakana ny toe-javatra voalaza mialoha ny tsy finoan' izy ireo. Nahari-po ela tamin' ny faharatsiany Andriamanitra, ka nanome azy fotoana malalaka hibebahany ; nefa tamin' ny fotoana voatendry dia nihatra tamin' ireo nitsipaka ny famindrampony ny fitsarany.

Nilaza i Kristy fa hisy tsy finoana toy izany koa momba ny fiaviany fanindroany. Tahaka ny olona tamin' ny andron' i Noa izay tsy nahafantatra mandra-piavin' ny Safo-drano, «izay nandringana ny olona rehetra, dia ho tahaka izany ny fiavian' ny Zanak' olona».[35] Rehefa miray amin' izao tontolo izao ny vahoaka misora-tena ho an' Andriamanitra, ka miaina araka ny fomba fiainany, sy miray aminy eo amin' ireo fahafinaretana voarara; rehefa manjary rendrarendran' ny fiangonana ny rendrarendran' izao tontolo izao, rehefa indray miredona ny lakolosy milaza fampakaram-bady, ka samy mibanjina taona maro feno fahombiazana izao tontolo izao, — amin' izay dia ho tampoka sahala amin' ny helatra eny amin' ny lanitra ny hiavian' ny faran' ireo fahitany be voninahitra sy ireo fanantenany feno fitaka.

Tahaka ny nanirahan' Andriamanitra ny mpanompony hampandre mialoha an' izao tontolo izao ny amin' ny fiavian' ny Safo-drano, dia toy izany koa no nandefasany mpitondra hafatra voafidy hampahafantatra ny fahatomoran' ny fitsarana farany. Ary tahaka ireo niara-belona tamin' i Noa nihomehy sy namingavinga ny fanambarana nataon' ilay mpitory ny fahamarinana, dia toy izany koa tamin' ny andron' i Miller, marobe no nanao ho fihomehezana ny teny fananarana, na dia teo amin' ny vahoaka nilaza ny tenany fa an' Andriamanitra aza.

Ary nahoana no tsy nankasitrahan' ny fiangonana toy izany ny fampianarana sy ny fitoriana ny fiavian' i Kristy fanindroany? Ho an' ny ratsy fanahy dia alahelo sy fahoriana no entin' ny fiavian' ny Tompo, fa ho an' ny marina kosa dia fifaliana sy fanantenana izany. Fiononana ho an' ireo izay nahatoky tamin' Andriamanitra nandritra ny taona maro nifandimby io fahamarinana lehibe io; koa nahoana ary no nanjary «vato manafintohina» sy «vatolampy mahasolafaka» tahaka Ilay niavin' io fahamarinana io, ho an' ny vahoaka milaza fa Azy? Ny Tompontsika mihitsy no nampanantena ny

mpianany hoe : «Raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko».[36] Ilay Mpamonjy mpamindra fo no nahatsapa mialoha fa ho irery sy halahelo ny mpianany, ka naniraka anjely Izy hampionona azy amin' ny toky fa ny tenany no ho avy tahaka ny niakarany tany an-danitra. Raha nijoro teo ny mpianatra niandrandra, nibanjina fatratra hahita maso farany Ilay notiaviny, dia voasinton' izao teny izao ny sainy : «Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra ianareo? Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy miakatra ho any andanitra».[37] Nampirehetin' ny hafatra nentin' ny anjely indray ny fanantenana. Ary ny mpianatra dia «niverina ho any Jerosalema sady faly indrindra. Ary teo an-kianjan' ny tempoly isan' andro izy nankalaza an' Andriamanitra».[38] Tsy nifaly izy noho ny nisarahan' i Jesosy taminy ka navela hiady irery tamin' ny fitsapana sy ny fakampanahin' izao tontolo izao, fa nifaly kosa noho ny toky nomen' ny anjely fa ho avy indray Izy.

Ankehitriny ny fiavian' i Kristy dia tokony ho vaovao mitondra fifaliam-be koa, tahaka izay nentin' ny anjely tamin' ireo mpiandry ondry tany Betlehema. Ireo izay tena tia marina ny Mpamonjy dia tsy afaka tsy handray amim-pifaliana ny filazana hita ao amin' ny tenin' Andriamanitra manambara fa ho avy indray Ilay ifantohan' ny fanantenany momba ny fiainana mandrakizay, tsy hoharabiana, na hohamavoina sy holavina, tahaka ny tamin' ny fiaviany voalohany, fa ho avy amin-kery sy amim-boninahitra hanavotra ny vahoakany. Ireo izay tsy tia ny Mpamonjy no maniry Azy hijanona lavitra any ary tsy mety hisy porofo mazava kokoa fa niala tamin' Andriamanitra ny fiangonana noho ny fahasorenana sy ny fankahalana aterak' io hafatra avy any an-danitra io.

Ireo izay nanaiky ny fampianarana momba ny fiavian' i (Kristy) dia nifoha ka nahatsapa ny ilàny fibebahana sy fanetren-tena eo anatrehan' Andriamanitra. Maro no efa niroanahana teo anelanelan' i Kristy sy izao tontolo izao; ankehitriny kosa dia tsapany fa tonga ny fotoana tsy maintsy hanapahany hevitra. «Naka endrika tsy nampoizina teo anatrehany ny mikasika ny mandrakizay. Nanakaiky azy ny lanitra ka tsapany fa meloka teo anatrehan' Andriamanitra izy». — Bliss p. 146. Nientana ho amin' ny fiainam-panahy vaovac ny Kristiana. Nanjary tsapany fa fohy ny fotoana, ka tsy maintsy hataony haingana izay tokony hatao amin' ny mpiara-belona aminy. Toa nihananalavitra no fijery ny tany fa toa nisokatra teo anoloany ny mandrakizay, ary tsapany fa tokony hihoatra ny zavatra ara-nofo ny zavatra ara-panahy, noho izy io iankinan' ny fahasambarana na ny fahoriana mandrakizay. Nitoetra teo aminy ny Fanahin' Andriamanitra ka nanome hery ny antso mafana nataony tamin' ireo rahalahiny, sy tamin' ireo mpanota koa, mba hiomana ho amin' ny andron' Andriamanitra. Ny toetra tsara nasehony teo amin' ny Fiainany andavanandro dia vavolombelona

mangina nanameloka tsy an-kijanona ireo mambra nanara-pomba ivelany fotsiny sy tsy nanolo-tena tanteraka tao amin' ny fiangonana. Tsy tian' ireo ny ho sembanina teo amin' ny fikatsahany fahafmaretana, teo amin' ny Fimatimatesany hitady vola sy teo amin' ny hambom-pony hahazo voninahitra eo amin' izao tontolo izao. Izany no nahatonga ny fandrafiana sy ny fanoherana ny finoana momba ny fiavian' i Kristy sy ireo izay nitory izany.

Rehefa hita fa tsy azo narodana ireo fonjan-kevitra momba ny fe-potoana ara-paminaniana, dia niezaka ny hanakivy ny fanadihadiana io lohahevitra io ny mpanohitra tamin' ny filazana fa voaisy tombo-kase ny faminaniana. Tamin' izany fomba izany no nanarahan' ny Protestanta ny dian' ny Romanista. — Ny fiangonana papaly dia nihazona ny Baiboly (Jereo Fanampiny) tsy ho eo am-pelatanan' ny vahoaka. fa ireo fiangonana Protestanta kosa nilaza fa ampahany lehibe ao amin' ny Soratra Masina — dia ilay ampahany nampiseho ireo fahamarinana fampihatra manokana amin' ny androntsika dia tsy takatry ny saina hofantarina ny heviny.

Nolazain' ny mpitandrina sy ny vahoaka fa ireo faminanian' i Daniela sy ny Apokalypsy dia zava-miafina tsy hay fantarina. Kristy anefa dia nitarika ny mpianany ho amin' ny tenin' ny mpaminany Daniela mikasika ireo toe-javatra hitranga amin' ny andron' izy ireo koa ka hoy izy hoe : «Aoka hisaina izay mamaky izany». Mat. 24 : 15. Ary ny fanantitranterana fa zava-miafina ny Apokalypsy, ka tsy mety ho tratran' ny saina, dia mifanohitra amin' ny anaran' io boky io mihitsy. «Ny Fanambaran' i Jesosy Kristy, izay nomen' Andriamanitra Azy, mba hasehony amin' ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana;. . . Sambatra izay mamaky sy ny mihaino ny tenin' ity faminaniana ity ka mitandrina izay vosoratra ao anatiny; fa antomotra ny andro». Apokalypsy 1 :3

Hoy ny mpaminany : «Sambatra izay mamaky» — misy izay tsy mamaky ; tsy ho azy ireo ny fitahiana — «sy ny mihaino» misy olona koa izay handà tsy hihaino na inona na inona mikasika ny faminaniana ; tsy ho an' io antokon' olona io ny fitahiana, «ary mitandrina izay voasoratra ato anatiny» — maro no mandà tsy hitandrina fananarana sy toro-marika ao amin' ny Apokalypsy; tsy misy amin' izy ireo no afaka mitaky ny fitahiana nampanantenaina. Izay rehetra manao ho fihomehezana ny mikasika ny faminaniana sy maneso ireo sary aman' ohatra nomena ao tamin' ny fomba manetriketrika, izay rehetra mandà tsy hanova ny fiainany ka tsy miomana ho amin' ny fiavian' ny Zanak' olona, dia tsy handray fitahiana.

Eo anoloan' ny fanambarana avy amin' ny Tsindrimandrin' Andriamanitra, ahoana no ahasahian' ny olona mampianatra fa zavamiafina tsy mety ho takatry ny sain' ny olombelona ny Apokalypsy? Zava-miafina nambara izany, boky mivelatra. Mitarika ny saina ho eo amin' ireo faminanian' i Daniela ny fandinihana ny Apokalypsy, ary samy manolotra fampianarana lehibe ireo,

avy amin' Andriamanitra ho an' ny olombelona, mikasika ireo toe-javatra izay hitranga amin' ny fiafaran' ny tantaran' ity izao tontolo izao ity.

Novelarina tamin' i Jaona ireo toe-javatra mahaliana fatratra sy mampangitakitaka eo amin' ny fanandramana ataon' ny fiangonana. Hitany ny toerana, ny loza, ny ady sy ny fanafahana farany ny vahoakan' Andriamanitra. Noraketiny an-tsoratra ireo hafatra famaranana izay hahamasaka ny vokatry ny tany, na ho amboara hoentina any amin' ny sompitry ny lanitra na ho kitay hodorana amin' ny afo fandravana. Loha-hevitra mavesa-danja no nambara taminy, indrindra ho an' ny fiangonana farany, mba hahazoan' ireo izay miala amin' ny fahadisoan-kevitra handray ny fahamarinana, hahazo torolalana ny amin' ny loza sy ny ady manoloana azy. Tsy misy tokony hijanonana amin' ny haizina raha ny amin' izay mikasika ny hitranga eto ambonin' ny tany.

Nahoana ary no manerana hatraiza hatraiza io tsy fahalalana mikasika ny fizarana makadiry ao amin' ny Soratra Masina io? Nahoana ny ankamaroan' ny olona no malaina hanadihady ny fampianarany ? Vokatry ny ezaka vita kalamina nataon' ilay andrian' ny haizina ny hanafenana amin' ny olona ny teny izay mampibaribary ny fitaka ataony. Noho io antony io, ary eo am-pahitana mialoha ny ady atao amin' ny fandinihana ny Apokalypsy no nanononan' i Kristy Ilay Mpanome ny fanambarana fitahiana ho an' izay mamaky sy mihaino ary mitandrina ny tenin' ny faminaniana.

**Fanamarihana**

1 deista : olona mino fa misy Andriamanitra kanefa tsy mino fa nisy hafatra nomeny.
2 Sal.119:130
3 Mat. 13 : 30 ; 38-41 ; 2 Tim. 3 : 13 . 1: 2 Tes.2 : 8.
4 I Tes. 4 : 16
5 Mat. 24 : 30, 27
6 Mat. 25 : 31
7 Mat. 24 : 31
8 I Kor. 15 : 53 ;
9 I Tes. 4 : 16, 17
10 Mat. 25:31 -34
11 IKor. 15 : 50
12 Deot. 29 : 29 ; Amosa 3 : 7
13 2 Tim. 3 : 16
14 2Pet. 1 : 21
15 Rom. 1 5 : 4
16 Dan.8:14
17 Nom. 14 : 34 ; Ezek.4:6
18 Dan. 8 : 27 , 16 ; 9 : 22 , 23 , 25 , 27
19 Ampiana hoe «BC» (talohan' Kristy) ireo taona talohan' ny nahaterahan' i Kristy ary isaina mijotso (miverina ny fanisa azy) mandra-pahatonga amin' ny taona nahaterahan' i Kristy
20 Ny taona atý aorian' ny nahaterahan' i Jesosy kosa dia ampiana hoe « AD», ary isaina manonga (manisa mandroso) manomboka amin' io.
21 Asa 10:38
22 Lio. 4:18
23 Marka 1 : 14, 15
24 Mat. 10 : 5, 6
25 Asa 8 : 4, 5 ; 22 : 21
26 Ezek. 33 : 8 , 9
27 oniversalista : antokom-pinoana milaza fa amin' ny farany dia ho vonjena avokoa ny olona rehetra
28 New England
29 Middle States
30 Mat. 24 : 29
31 Apok. 6 : 13
32 Mat.24:33
33 Apok.6:12-17
34 Tiorka
35 Mat. 24 : 39
36 Jao. 14 : 3
37 Asa.1:11
38 Lio. 52 . 53

# 19

## *Fahazavana ao anaty haizina*

Ny asan' Andriamanitra etý an-tany, raha ny amin' ny fanavaozana lehibe rehetra na amin' ny fihetsehana ara-pivavahana dia ahitana fitovizana manaitra mandritra ireo taona maro mifandimby. Tsy manam-piovana ireo foto-kevitra ifandraisan' Andriamanitra amin' ny olona. Misy itovizana amin' izay niseho tamin' ny lasa ny fihetsehana lehibe hita ankehitriny, ary azo akana lesona sarobidy ho amin' izao androntsika izao ny fanandramana nataon' ny fiangonana teo aloha.

Tsy misy fahamarinana ampianarina mazava kokoa ao amin' ny Baiboly noho ilay milaza fa mitarika ny mpanompony eto an-tany amin' ny fomba manokana Andriamanitra amin' ny alalan' ny Fanahiny Masina eo amin' ny fihetsehana lehibe hampandrosoana ny asam-pamonjena.

Fitaovana eo am-pelatanan' Andriamanitra ny olombelona, ampiasainy hanatanteraka ny fikasany feno fahasoavana sy famindrampo. Samy manana ny anjara asany ny tsirairay; samy mandray fatram-pahazavana mifanaraka amin' izay ilain' ny fotoan' andro misy azy, ary ampy ahazoany manatanteraka ny asa izay nomen' Andriamanitra hataony. Tsy misy olona anefa, na nomen' ny lanitra voninahitra manao ahoana aza, izay nahatratra ny fahalalana fenon' ny drafitra lehibe momba ny fanavotana, na nahatsapa tanteraka ny fikasan' Andriamanitra momba ny asa tokony hatao ainin' ny andro ahavelomany. Tsy takatry ny sain' ny olona tanteraka izay tian' Andriamanitra hotontosaina amin' ny alalan' ny asa izay nomeny azy hatao ; tsy voasahany amin' ny lafiny rehetra, ny hafatra izay entiny amin' ny anaran' Andriamanitra.

«Takatry ny sainao va ny fomban' Andriamanitra? Ary tanteraka va ny fahitanao ny Tsitoha?» «Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo, ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Jehovah. Fa tahaka ny hahavon' ny lanitra noho ny tany no hahavon' ny lalako sy ny lalanareo sy ny fihevitro sy ny fihevitrareo».

«Izaho no Andriamanitra ka, tsy misy tahaka Ahy, Izay manambara ny farany hatramin' ny voalohany, ary manambara hatramin' ny ela izay tsy mbola natao akory» [1].

Na dia ireo mpaminany izay nomena tombon-tsoa lehibe noho ny fanazavana manokana avy amin' ny Fanahy aza dia tsy nahalala tanteraka ny vesatry ny fanambarana nankinina taminy. Niseho miandalana nandritra ireo taona nifandimby ny hevitr' izany, arakaraka ny nilan' ny vahoakan' Andriamanitra ny toro-marika voarakitra ao.

Hoy Petera, raha nanoratra momba ny famonjena izay voaseho mazava teo amin' ny filazantsara izy : «Ny amin' izany famonjena izany dia notadiavin' ny mpaminany sy nokatsahiny fatratra dia ireo efa naminany ny fahasoavana ho anareo; eny, nokatsahiny na izay andro na izay toetry ny andro notondroin' ny Fanahin' i Kristy tao anatiny, raha nambarany rahateo ny fijalian' i Kristy sy ny voninahitra manaraka izany. Ary naseho tamin' ireo fa tsy ho azy, fa ho anareo no nanompoany ny amin' izany zavatra izany» [2].

Na dia tsy nomena ny mpaminany aza ny hahafantatra tanteraka ny hevitry ny zavatra nambara taminy, dia nokatsahany fatratra ny handray ny fahazavana rehetra izay tian' Andriamanitra naseho. «Notadiaviny sy nokatsahiny fatratra», «nokatsahiny izay andro na izay toetry ny andro notondroin' ny Fanahin' i Kristy tao anatiny». Lesona manao ahoana ho an' ny vahoakan' Andriamanitra amin' izao andro kristiana izao izany, izay antony nanomezana ireo faminaniana ireo tamin' ny mpanompony! «Ary naseho tamin' ireo fa tsy ho azy, fa ho anareo no nanompoany ny amin' izany zavatra izany». Araho maso ireo olo-masin' Andriamanitra rehefa «mitady sy mikatsaka fatratra» ny mikasika ireo fanambarana izay nomena azy ho an' ny taranaka tsy mbola teraka. Ampitahao ny hafanam-pony masina amin' ny tsy firaihana izay andraisan' ireo izay nomena tombon-tsoa manokana aty amin' ny andro atý aoriana ny amin' io fanomezan' ny lanitra io. Fanakianana manao ahoana ny kristiana tsy miraika noho ny fitiavam-pahafinaretana sy ny fitiavana an' izao tontolo izao izany, izay afapo amin' ny filazana fa tsy mety ho azo ny hevitry ny faminaniana.

Na dia tsy afaka hiditra any amin' ny filan-kevitr' Ilay tsy voafetra aza ny sain' ny olombelona voafetra, na hahatakatra tanteraka ny fiasan' ny fikasany rahateo, dia matetika noho ny hadisoana avy aminy na ny fanaovany an-tsirambina no mahatonga ny hafatry ny lanitra, ho maizimaizina ny fahazoany azy. Matetika no nohamaizinin' ny hevitr' olombelona. ny lovan-tsofina sy ny fampianarandison' ny olombelona ny sain' ny vahoaka, eny, na dia ny an' ny mpanompon' Andriamanitra aza, hany ka sombiny kely fotsiny no azony ny amin' ireo zava-dehibe izay nambarany ao amin' ny Teniny. Toy izany tamin' ireo mpianatr' i Kristy, na dia fony ny tenan' ny Mpamonjy mihitsy aza no teo anivony. Efa vonton' ny hevitry ny besinimaro loatra momba ny Mesia izay nataony fa ho mpanjaka aranofo, ka hanandratra an'

Isiraely ho eo amin' ny seza fiandrianan' izao tontolo izao ny fisainany, hany ka tsy nety ho azony ny dikan' ny teny izay nanambara mialoha ny fijaliany sy ny fahafatesany.

Kristy mihitsy no naniraka azy hitory ny hafatra nanao hoe : «Efa tonga ny fotoana ka efa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara» [3]. Nifototra tamin' ny faminanian' ny Daniela 9 io hafatra io. Nolazain' ny anjely fa hahatratra hatramin' ny «Mesia Andriana» ny sivy amby enimpolo herinandro, ka tamin' ny fanantenana be sy fifaliana no niandrandran' ny mpianatra mialoha ny hanorenan' ny Mesia ny fanjakany ao Jerosalema izay hanapaka ny tany manontolo.

Notoriny ny hafatra izay efa nankinin' i Kristy taminy na dia diso fandray ny heviny aza izy ireo. Nifototra tamin' i Daniela 9 : 25 ny fanambarana nataony nefa tsy hitany teo amin' ny andininy manaraka ao amin' io toko io ihany, fa «hovonoina» ny Mesia. Hatramin' ny nahaterahan' izy ireo dia efa nipetraka teo amin' ny voninahitry ny fanjakana eto an-tany ny fony ary izany no nahajamba ny sainy tsy hahita ny famariparitana ao amin' ny faminaniana sy ny tenin' i Kristy.

Notanterahiny ny adidiny tamin' ny nitondrany ny fiantsoan' ny famindrampo teo amin' ny firenena jiosy, ary rehefa izany, tamin' ny fotoana indrindra izay nantenainy hahitana ny Tompony hiakatra teo amin' ny seza fiandrianan' i Davida, dia nahita Azy nosamborina toy ny olon-dratsy Izy, nokapohina, noesoina sy nomelohina ary nasandratra teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary. Famoizam-po sy tebiteby manao ahoana no nandrotika ny fon' ireo mpianatra nandritra ny andro nandrian' ny Tompony tao am-pasana!

Tonga tamin' ny fotoana marina sy tamin' ny fomba nolazain' ny faminaniana mialoha Izy. Tanteraka tamin' ny antsipiriany rehetra teo amin' ny asany ny fanambaran' ny Soratra Masina. Efa nitory ny hafatry ny famonjena Izy ary «nanan-kery ny teniny». Efa tsapan' ny fon' ny mpihaino Azy fa avy any an-danitra Izy. Ny teny sy ny Fanahin' Andriamanitra dia nanamarina fa Zanak' Andriamanitra nirahiny Izy.

Mbola nifikitra tami: fitiavana tsy mety maty tamin' ilay Tompo tiany ny mpianany. Nefa na izany aza dia voasaron' ny tsy finoana sy ny fisalasalana ny sainy. Noho ny fahoriam-panahiny dia tsy tsaroany ny tenin' i Kristy izay nanondro mialoha ny fahoriana hiaretany sy ny fahafatesany. Raha Jesosy avy any Nazareta ve no tena Mesia, dia ho tafalentika lalina toy izao ao amin' ny alahelo sy ny fahadisoam-panantenana izy ireo? Io no fanontaniana nampangirifiry ny fanahiny raha nandry tao amin' ny fasany ny Mpamonjy nandritra ireo ora tsy nisian' ny fanantenana nangirana tamin' ilay Sabata teo anelanelan' ny nahafatesany sy ny nitsanganany.

Na dia nanarona ireo mpanaraka an' i Jesosy aza iny alimpahoriana iny, dia tsy nafoy akory izy ireo. Hoy ny mpaminany : «Raha mitoetra ao amin'

ny maizina aho, dia Jehovah no fahazavana ho ahy. . . Hamoaka ahy ho amin' ny mazava Izy, ka ho faly aho mahita ny fahamarinany». «Tsia, fa ny maizina aza tsy mahamaizina aminao; fa ny alina dia mahazava toy ny andro ihany, ka sahala ny mazava sy ny maizina». Efa niteny Andriamanitra hoe : «Ao amin' ny maizina no iposahan' ny mazava ho an' ny mahitsy; mamindra fo sy miantra ny marina ireny». «Hitarika ny jamba amin' izay lalana tsy fantany Aho; ary amin' ny lalana tsy fantany no hitondrako azy; ny maizina dia hataoko mazava eo anoloany, ary ny mikitoantoana halamako tsara; izany zavatra izany no hataoko aminy ka tsy hamelako» [4].

Ny fanambarana izay efa nataon' ny mpianatra tamin' ny anaran' ny Tompo dia marina tanteraka ary ireo toe-javatra izay notondroiny dia teo an-dalam-pahatanterahana tamin' izay. «Efa tonga ny fotoana ka efa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra» izany no hafatra nentiny. Tamin' ilay fahataperan' ilay fetr' andro — ny sivy amby enimpolo herinandro ao amin' ny Daniela 9, izay mahatratra ny Mesia, «Ilay Voahosotra» — dia nandray ny fanosorana Azy Kristy rehefa nataon' i Jaona batisa tao Jordana. Ary ny fanjakan' Andriamanitra izay efa nambaran' ny mpianatra fa efa akaiky dia naorina tamin' ny nahafatesan' i Kristy. Tsy fanjakana araka izao tontolo izao tsy akory izy io, araka ny efa nampianarina azy ireo hinoany. — Ary koa tsy ilay fanjakana maharitra mandrakizay izay hatsangana rehefa homena ny olo-masin' ny Avo Indrindra ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibeazan' ny fanjakana eny ambanin' ny lanitra rehetra ; ny fanjakany dia fanjakana mandrakizay, ary ny fanapahana rehetra dia hanompo sy hanoa Azy» [5]. Araka ny fampiasa ao amin' ny Baiboly, ny teny hoe «fanjakan' Andriamanitra» dia entina manondro ny fanjakam-pahasoavana sy ny fanjakam-boninahitra. Ny fanjakampahasoavana dia asehon' i Paoly ao amin' ny epistily ho an' ny Hebreo. Rehefa avy nanondro an' i Kristy izy, ilay Mpanelanelana mangora-po izay «mahalala ny fahalementsika», dia hoy ny Apostoly: «Aoka isika hanatona ny seza fiandrianan' ny fahasoavana amin' ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo» [6]. Ny seza fiandrianan' ny fahasoavana dia mampiseho ny fanjakam-pahasoavana; satria ny fisian' ny seza fiandrianana dia midika ho fisian' ny fanjakana, Kristy dia mampiasa ny fiteny hoe «fanjakan' ny lanitra» ao amin' ny fanoharana maro mba hilazany ny asan' ny fahasoavan' Andriamanitra ao amin' ny fon' ny olona.

Toy izany koa ny seza fiandrianan' ny voninahitra dia mampiseho ny fanjakan' ny voninahitra; ary io no fanjakana ambara amin' ny tenin' ny Mpamonjy hoe: «Ary raha tonga ny zanak' olona amin' ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy, ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany» [7]. Mbola ho avy io fanjakana io. Tsy haorina io, raha tsy amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany.

Naorina avy hatrany taorian' ny nahalavoan' ny olona ny fanjakam-pahasoavana fony namolavola drafitra hoenti-manavotra ny taranak' olombelona meloka Andriamanitra. Efa nisy izy tamin' izany, voafono tao amin' ny planan' Andriamanitra sy tamin' ny alalan' ny teny fikasany, ary azon' ny olona natao ny ho tonga ho anisan' izany fanjakana izany tamin' ny alalan' ny finoana. Nefa tsy mbola tena tafaorina marina izany raha tsy tamin' ny nahafatesan' i Kristy. Satria na dia efa nirotsaka hanao ny asa nanirahana Azy teto an-tany aza ny Mpamonjy, rehefa reraky ny hamafin' ny fon' ny olona sy ny tsy fahaizany mankasitraka Izy, dia nety ho niala ka tsy nanatanteraka ny sorona tao Kalvary. Nipararetra teo an-tanany ilay kapoaka feno ozona tao Getsemane. Azony natao na dia tamin' izay aza ny namafa ny handriny tsembo-dra ka namela ny taranaka meloka ho faty ao amin' ny fahadisoany. Raha nanao izany Izy, dia tsy ho nisy fanavotana ho an' ny olombelona lavo. Nefa rehefa nanolotra ny ainy ny Mpamonjy, ka niantso hoe «Vita» raha niala ny fofon' ainy, dia azo antoka ny fahatanterahan' ny drafitry ny fanavotana. Nohamafisina ilay teny fikasana nilaza famonjena tamin' izy mivady mpanota tao Edena. Tafaorina tamin' izay ilay fanjakam-pahasoavana izay efa nisy teo aloha tamin' ny alalan' ny teny fikasan' Andriamanitra. Tamin' izay ary, ny fahafatesan' i Kristy, ilay zava-nitranga indrindra izay noheverin' ny mpianatra ho fandevonana farany ny fanantenany — dia io indrindra no nahatonga an' izany ho azo antoka mandrakizay. — Na dia nitondra fahadisoam-panantenana faran' izay mafy taminy aza izany, dia izany no fara-tampony fa marina izay ninoany. — Ny zava-nitranga izay nameno azy ireo alahelo sy famoizam-po, no nanokatra kosa ny varavaram-panantenana ho an' ny zanak' i Adama rehetra sy tonga fototry ny fiainana ho avy sy ny fahasambarana mandrakizay ho an' ny olon' Andriamanitra nahatoky tamin' ny fotoana rehetra.

Ireo fikasana avy amin' ny famindrampo tsy hita fetra dia nahatratra ny fahatanterahany, eny, fa na dia tamin' ny alalan' ny fahadisoam-panantenana nahazo ny mpianatra aza. Babon' ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny herin' ny fampianaran' ny Tompo, dia Ilay azo lazaina fa «tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany» ny fon' izy ireo ; nefa nafangarony tamin' ny volamena madion' ny firaiketampony tamin' i Jesosy, ny taindredriky ny avonavona araka an' izao tontolo izao sy ny fitiavam-boninahitra tsy mihevitra afa-tsy ny tenany fotsiny. Eny, fa na dia teo amin' ny efitrano ambonin' ny Paska aza, teo amin' ilay ora mampieritreritra indrindra, raha efa niditra teo amin' ny alok' i Getsemane ny Tompony, dia nisy «fifandirana tao aminy ny amin' izay hatao lehibe». Lio. 22:24. Ny fahitan' izy ireo dia fenon' ny seza fiandrianana, ny satro-panjakana ary ny voninahitra, nefa nanoloana azy indrindra izao ny henatra sy ny toa fialan' aina tao an-tanimboly, ny kianjan' ny fitsarana ary ny hazo fijalian' i Kalvary.

Ny avonavom-pony, ny hetahetam-boninahitra araka an' izao tontolo izao no nitarika azy ireo hifikitra mafy toy izao tamin' ny fampianarandiso nisy tamin' ny androny, ka tsy nahafantarany ny tenin'ny Mpamonjy izay mampiseho ny tena toetran' ny fanjakany sy nanondro mialoha ny ady mihatra aman' aina hatrehiny ary ny fahafatesany. Ary ireo fahadisoan-kevitra ireo dia nitarika fisedrana mafy nefa nilaina izay navela hihatra hanitsiana azy. Na dia diso fandray ny hafatra nampitondraina azy aza ny mpianatra, ka tsy nahazo izay nantenainy dia efa nitory ny hafatra fananarana nomen' Andriamanitra azy ireo, ary ny Tompo hamaly soa ny finoany sy hanome voninahitra ny fankatoavany. Nankinina taminy ny fitoriana amin' ny firenena rehetra ny filazantsara be voninahitra momba ny nitsanganan' ny Tompo tamin' ny maty. Ho fanomanana azy ho amin' io asa io no namelana izao fanandramana izay toa nangidy loatra ho azy izao hihatra taminy.

Rehefa nitsangana tamin' ny maty Jesosy dia niseho tamin' ny mpianany teo an-dalana ho any Emaosy Izy, ary «nanomboka hatramin' i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin' ny Soratra Masina rehetra» [8]. Nangorakoraka tao am-pony ny mpianatra. Voarehitra ny finoana. «Teraka indray ho amin' ny fanantenana velona» izy ireo, eny na dia talohan' ny nanambaran' i Jesosy ny tenany taminy aza. Fikasan' ny Tompo ny hanazava ny sainy sy hampahatanjaka ny finoany amin' ny «tenin' ny faminaniana mafy orina kokoa». Niriny hamaka lalina tao an-tsainy ny fahamarinana, tsy noho ny teny vavolombelona nataon' ny tenany hoenti-manohana izany fotsiny, fa noho ny porofo mazava tsy iadian-kevitra avy amin' ny tandindona sy ny aloka ao amin' ny lalàna ara-pomba fivavahana, sy amin' ny alalan' ireo faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha. Nilain' ireo mpanaraka an' i Kristy ny hanana finoana hazavain' ny saina tsy ho an' ny tenany fotsiny, fa mba hahazoany koa mitondra ny fahalalana an' i Kristy amin' izao tontolo izao. Ary ho dingana voalohany amin' ny fizarana io fahalalana io, dia notarihin' i Jesosy ho eo «amin' i Mosesy sy ny mpaminany rehetra» ny mpianatra. Toy izany no fanambarana nataon' Ilay Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty momba ny tombam-bidy sy ny maha-zava-dehibe ny Testamenta Taloha.

Fiovana manao ahoana no tao amin' ny fon' ny mpianatra raha nibanjina indray ilay endriky ny Tompony be fitiavana izy! (Lioka 24 : 32) Tamin' ny fomba feno sy tanteraka noho ny teo aloha rehetra no nahitany «Ilay nosoratan' i Mosesy tao amin' ny lalàna, sy nosoratan' ny mpaminany». Nisolo toerana ny fisalasalana, ny tebiteby, ny hakiviana, ny toky azo antoka, ny finoana tsy voasemban-drahona. Tsy mahagaga raha «teo an-kianjan' ny tempoly isan' andro izy ireo nankalaza an' Andriamanitra», taorian' ny niakarany ho any an-danitra. Ny vahoaka izay tsy nahalala afa-tsy ny fahafatesana nahamenatra nozakain' ny Mpamonjy, dia nihevitra ny hahita teo amin' ny

endriky ny mpianatra ny taratry ny alahelo, ny henatra sy ny faharesena; kanjo fifaliana sy fandresena no hitany. Fiomanana tsara loatra no noraisin' ny mpianatra ho amin' ny asa nanoloana azy! Efa nandalo tamin' ny fitsapana lalina indrindra izay nety niainany izy, ary efa nahita fa rehefa toa very ny zavatra rehetra teo imason' olombelona, dia tanteraka tamim-pandresena kosa ny tenin' Andriamanitra. Hatramin' izao dia inona intsony no afaka hampihemotra ny finoany na hampangatsiaka ny firedaredan' ny fitiavany? Tao amin' ny alahelo mavesatra indrindra dia nahazo «fampirisihana mafy» izy, fanantenana izay «vatofantsiky ny aina sady mafy no tsy mihetsika» [9]. Efa vavolombelona nahita maso ny fahendrena sy ny herin' Andriamanitra izy, ka matoky «fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin' izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka azy amin' ny fitiavan' Andriamanitra izay ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika». «Kanefa amin' izany rehetra izany», hoy izy, «dia manoatra noho ny mpandresy isika amin' ny alalan' Ilay tia antsika» [10]. «Fa ny tenin' ny Tompo maharitra mandrakizay» [11]. Ary «iza no manameloka? Kristy Jesosy no efa maty, eny, sady nitsangana tamin' ny maty koa ka mitoetra eo amin' ny tanana an-kavanan' Andriamanitra ary mifona ho antsika» [12].

Hoy ny Tompo : «Tsy ho menatra mandrakizay ny oloko» [13]. «Amin' ny hariva dia misy fitomaniana tonga hivahiny miloaka alina; fa nony maraina kosa dia misy fihobiana» [14]. Rehefa nihaona tamin' ny Mpamonjy ireo mpianatra ireo tamin' ny andro nitsanganany tamin' ny maty, ka nangorakoraka ny fony teo am-pihainoana ny teniny; rehefa nijery ny lohany sy ny tanany ary ny tongony izay notorotoroina ho azy ireo izy; rehefa nitarika azy ireo ho any Betania i Jesosy, talohan' ny niakarany, ka nanandratra ny tanany Izy nitso-drano azy ireo sady nandidy azy : «Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra», sy nampiany hoe : «Ary indro, Izaho momba anareo mandrakiriva» [15]; rehefa nidina Ilay Mpananatra nampanantenaina tamin' ny andro Pentekosta ka nomena ny hery avy any ambony ary nibitaka ny fanahin' ny mpino nahatsapa ny fanatrehan' ny Tompony efa niakatra ho any an-danitra — tamin' izay, eny, na dia nitarika ho amin' ny fahafoizan-tena sy ny maritiora tahaka ny Azy aza ny lalan' izy ireo, dia moa ve ho natakalony ny fitoriana ny filazantsaran' ny fahasoavany, miaraka amin' ny «satroboninahitry ny fahamarinana» horaisiny amin' ny fiaviany, ny voninahitry ny seza fiandrianana eto an-tany, izay nantenainy fony izy vao nirotsaka ho mpianatr' i Kristy? Ilay «mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra eny, mihoatra lavitia noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza» no nanome azy ireo, niaraka tamin' ny firaisana tamin' ny fahoriany, ny fiombonana tamin' ny fifaliany — dia ny fifaliana eo amin'

ny fitondrana «zanaka maro ho any amin' ny voninahitra», fifaliana tsy hay lazaina, «voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay», ka, hoy i Paoly : «ny fahorianay maivana, izay vetivety foana», dia «tsy tokony hoharina amin' ny voninahitra izay haseho amintsika».

Ny fanandramana nataon' ireo mpianatra izay «nitory ny filazantsaran' ny fanjakana» tamin' ny fiavian' i Kristy voalohany, dia nisy setriny tamin' ny fanandramana nataon' ireo izay nitory ny hafatry ny fiaviany fanindroany. Toy ireo mpianatra nandeha nitory hoe : «Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra», dia toy izany koa no nitorian-dry Miller sy ireo niaraka taminy fa ny fotoana lava indrindra sy farany indrindra eo amin' ny faminaniana asehon' ny Baiboly dia efa madiva ho tapitra, fa akaiky ny fitsarana, ary efa akaiky haorina ny fanjakana mandrakizay. Nifototra tamin' ny fitopolo herinandro ao amin' ny Daniela 9 ny fitoriana nataon' ny mpianatra mikasika ny fotoan' andro. Manambara ny fiafaran' ny 2300 andro ao amin' ny Daniela 8 : 14, izay mahafaoka ny fitopolo herinandro ny hafatra nambaran' i Miller sy ireo mpiara-dia taminy. Samy nifototra tamin' ny fahatanterahan' ny fizarana samihafa tao amin' ny fotoana voafaritry ny faminaniana lehibe iray ihany ireo hafatra notorina ireo.

Tahaka ireo mpianatra voalohany, dia tsy takatr' i Miller sy ireo namany tanteraka ny fiantraikan' ny hafatra nentiny. Nanakana azy tsy ho tonga teo amin' ny fanazavana marina ny zava-dehibe iray tao amin' ny faminaniana, ireo hevi-diso efa tafaorina ela tao amin' ny fiangonana. Noho izany, na dia nitory ny hafatra izay nankinin' Andriamanitra taminy hotoriny amin' izao tontolo izao aza izy, dia niharan' ny fahadisoam-panantenana noho ny fandraisana diso ny heviny.

Tamin' ny nanazavany ny Daniela 8 : 14 hoe : «Telon-jato sy roa arivo andro; rehefa afaka izany dia hodiovina ny fitoerana masina», dia noraisin' i Miller ny hevitra neken' ny besinimaro, araka ny voalaza, fa ny tany no fitoerana masina, ary ninoany fa ny fanadiovana ny fitoerana masina dia mampiseho ny fanadiovana ny tany amin' ny afo amin' ny fiavian' ny Tompo. Noho izany, rehefa hitany fa voalaza mazava mialoha ny fiafaran' ny 2300 andro, dia noraisiny ho fanambarana ny fotoan' ny fiavian' i Kristy fanindroany izany. Ny fahadison-keviny dia noho ny nandraisany ny hevitry ny besinimaro mikasika ny atao hoe fitoerana masina.

Tao amin' ny rafitra seremoniely, izay tandindon' ny sorona sy ny fisoronana ataon' i Kristy, ny fanadiovana ny fitoerana masina no fanompoam-pivavahana farany indrindra nataon' ny mpisoronabe tamin' ireo fanao isan-taona. Io no asa famaranana ny fanavotana fanalana na fanesorana ny fahotana tsy ho eo amin' Isiraely. Manambara mialoha ny asa famaranana ataon' ny Mpisoronabentsika any an-danitra izany, amin' ny fanalana na ny fikosehana ny fahotan' ny vahoakany, izay voasoratra ao amin' ny bokin' ny

lanitra. Voafaoka amin' izany raharaha izany ny fanaovana famotopotorana ny asa fitsarana ; ary mialoha indrindra ny fiavian' i Kristy eo amin' ny rahon' ny lanitra amin-kery sy voninahitra lehibe izany ; satria rehefa ho avy Izy dia efa tapaka ny anjaran' ny tsirairay. Hoy i Jesosy; «Eto amiko ny famaliako, mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany»[16]. Io asa fitsarana io, izay mialoha indrindra ny fiavian' i Kristy fanindroany, no ambaran' ny hafatr' ilay anjely voalohany ao amin' ny Apokalypsy 14 ; 7. «Matahora an' Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy, fa tonga ny andro fitsarany».

Ireo izay nitory io hafatra fampitandremana io dia nanome ny hafatra mety ho amin' ny fotoana mety. Nefa tahaka ireo mpianatra voalohany izay nanambara fa «tonga ny fotoan' andro ary akaiky ny fanjakan' Andriamanitra», hafatra mifototra amin' ny faminanian' ny Daniela 9 ka tsy nahita fa voalaza mialoha tao amin' io teny io ihany koa ny ny nahafatesan' ny Mesia, dia toy izany koa ry Miller sy ireo mpiara-dia tarniny, dia nitory ny hafatra niompana amin' ny Daniela 8 : 14 sy ny Apokalypsy 14:7, nefa tsy nahita fa mbola nisy koa hafatra hafa asehon' ny Apokalypsy 14, izay tokony hambara koa alohan' ny fiavian' ny Tompo. Tahaka ireo mpianatra diso hevitra momba ny fanjakana hatsangana tamin' ny fiafaran' ny fitopolo herinandro, dia toy izany koa ireo Advantista izay diso fandray ny toe-javatra hitranga amin' ny fiafaran' ny 2300 andro. Samy nisy fanekena ny marina, na, fanarahana ambokony ireo hevi-dison' ny besinimaro izay nanamaizina ny saina tsy hahita ny fahamarinana. Samy nanatanteraka ny sitrapon' Andriamanitra ireo antokon' olona roa ireo tamin' ny fanomezana ny hafatra tian' Andriamanitra nomena, ary samy niaritra ny fahadisoam-panantenana noho ny fandraisany diso ny hafatra nentiny.

Nefa nahatanteraka ny fikasany tsara Andriamanitra tamin' ny namelany ny fitoriana ny hafatra fampiomanana ho amin' ny fitsarana araka izay niseho. Akaiky ilay andro lehibe, ary noho ny fitondran' Andriamanitra dia nosedraina ny vahoaka momba ny fotoan' andro voafaritra tsara, mba hanehoana taminy izay tao am-pony. Io hafatra io dia natao hisedrana ny fiangonana sy hanadiovana azy. Voatarika izy hahita ny tena nametrahany ny fitiavany, na teo amin' ity izao tontolo izao ity na teo amin' i Kristy sy ny lanitra. Nilaza ho tia ny Mpamonjy izy; ankehitriny izy dia hanaporofo izany fitiavany izany. Moa ve vonona ny hahafoy ny fanantenany sy ny hambom-pony momba an' izao tontolo izao izy ka handray amim-pifaliana ny fiavian' ny Tompony? Io hafatra io dia natao mba hahatonga azy hahafantatra marina ny tena toetrany eo amin' ny ara-panahy; nalefa izany noho ny famindram-po mba hanainga azy hitady ny Tompo amim-pibebahana sy amim-panetren-tena.

Ilay fahadisoam-panantenana koa, na dia vokatry ny fandraisana diso nataon' ny tenany ihany momba ny hafatra nomeny aza dia voakendry hahasoa. Nisedra ny fon' ireo izay nilaza fa nandray ny hafatra izany. Teo

anoloan' ny fahadisoam-panantenany, moa ve ho dodona izy handà ny fanandramana niainany ka hitsipaka ny fitokisany ny tenin' Andriamanitra? sa kosa hiezaka amim-pivavahana sy amim-panetren-tena izy hahita izay nahadiso azy tamin' ny fandraisany ny hevitry ny faminaniana? Firy no nentanin' ny tahotra, na ny fientanam-po sy ny fahataitairana nandalo? Firy no tsy tena rototra sy tsy nanam-pinoana? Vahoaka marobe no nilaza fa tia ny fisehoan' ny Tompo. Nefa rehefa voantso hiaritra ny esoeso sy ny fanomezan-tsinin' izao tontolo izao izy, ka nosedrain' ny fihemoram- potoana sy ny fahadisoam-panantenana, moa hiala amin' ny finoany va? Satria tsy nazava taminy avy hatrany ny fitondran' Andriamanitra azy, dia moa ve hotsipahiny ireo fahamarinana tohanan' ny teny vavoiombelona mazava indrindra ao amin' ny teniny?

Io fisedrana io dia nampiseho ny herin' ireo izay nanana finoana tsara fototra ka nankatò izay ninoany ho tena fampianaran' ny tenin' Andriamanitra sy ny Fanahiny. Nampianatra azy izany ary tsy misy afa-tsy ny fanandramana toy izay nataony no afaka hampianatra fa mampidi-doza ny fanekena ny hevitr' olombelona sy ny fanazavana omeny, fa tsy ny Baiboly ihany no ekena hanazava ny tenany. Ho an' ireo zanaky ny finoana dia nanao ny asany ny fitebitebena sy ny alahelo vokatry ny hevi-diso nataon' ny tenany ka nitondra ny fanitsiana nilaina. Voatarika handinika akaiky kokoa ny teny faminaniana izy. Nianatra ny handinika lalindalina kokoa ny fanorenan' ny finoany izy, sy handà izay rehetra tsy mifototra amin' ny fahamarinan' ny Soratra Masina, na dia ekena hatraiza hatraiza eo amin' ireo Kristiana aza.

Ho an' ireo mpino ireo, tahaka ny tamin' ireo mpianatra voalohany, dia nanjary nazava taty aoriana izay toa maizina tamin' ny sainy tamin' ny ora fisedrana. Rehefa hitany «ny faran' ny nataon' ny Tompo tarniny» dia fantany fa, na dia teo aza ny fisedrana avy tamin' ny fahadisoan-kevitra nahavoa azy, dia tanteraka marina taminy ny fikasan' Andriamanitra feno fitiavana. Nianarany tamin' ny fanandramana nitondra fitahiana ho azy fa «mamindra fo sy miantra Izy»; fa ny lalan' i Jehovah rehetra dia «famindram-po sy fahamarinana amin' izay mitandrina ny fanekeny sy ny teny vavolombelony».

**Fanamarihana**

1 Joba 11:7; Isaia.55:8,9,10
2 1Pet.1:10-12
3 Marka 1:15
4 Mika. 7 : 8 , 9 ; Sal. 139 : 12 ; 112 : 4 ; Isa. 42 : 16
5 Dan. 7 : 27
6 Heb. 4 : 16
7 Mat. 25 : 32
8 Lioka 24 : 27
9 Heb. 6 : 18, 19 ;
10 Rom. 14 : 38 , 39 , 37
11 1 Pet. 1 : 25
12 Rom.8: 34
13 Joela 2 : 26
14 Sal. 30 : 5
15 Mar. 16 : 15 ; Mat. 28 : 20
16 Apok. 22 : 12

# 20

## *Fifohazana lehibe ara-pivavahana*

Voalaza mialoha ao amin' ny faminaniana entin' ny hafatry ny anjely voalohany ao amin' ny Apokalypsy 14 fa hisy fifohazana lehibe ara-pivavahana rehefa torina ny fiavian' i Kristy tsy ho ela. Nisy anjely tazana nanidina «teo afovoan' ny lanitra, nanana ny filazantsara mandrakizay hotorina amin' izay monina ambonin' ny tany, sy amin' ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra». Nitory ny hafatra «tamin' ny feo mahery» hoe : «Matahora an' Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy fa tonga ny andro fitsarany : ary miankohofa eo anoloan' Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano!» Andininy 6, 7.

Misy dikany lalina ny ilazana fa anjely no mitory io fananarana io. Ny fahadiovana, ny voninahitra sy ny herin' ilay mpitondra hafatry ny lanitra no tian' ny fahendren' Andriamanitra hoenti-maneho ny toetra ambony eo amin' ny asa hotanterahin' ny hafatra sy ny hery amam-boninahitra miaraka amin' izany. «Nanidina teo afovoan' ny lanitra» ilay anjely, «feo mahery» no nilazany ny hafatra fananarana, ary toriny amin' izay rehetra «monina ambonin' ny tany» izany, — «ho an' ny firenena rehetra, sy ny fokom-pirenena, sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra» — fomba enti-mampibaribary ny fahafainganany sy ny fivelarany manerana ny tany manontolo.

Ny hafatra koa dia manazava antsika ny amin' ny fotoana hisian' io fihetsiketsehana io. Voalaza fa anisan' ny «filazantsara mandrakizay» izany; ary manambara ny fiantombohan' ny fitsarana. Efa notorina tamin' ny andro rehetra nifandimby ny hafatry ny famonjena ; nefa ity hafatra ity dia fizarana amin' ny filazantsara izay tsy azo torina raha tsy amin' ny andro farany, satria ámin' izay vao marina ny hoe «tonga» ny andro fitsarana. Mampiseho toe-javatra mifampitohitohy ireo faminaniana izay mitarika ho eo amin' ny

fisokafan' ny fitsarana. Marina indrindra izany raha ny momba ny bokin' i Daniela. Nefa nomena baiko i Daniela hanorona sy hanisy tombo-kase io ampahan' ny faminaniany mikasika ny andro farany io «mandra-piavin' ny farany». Raha tsy tonga eo amin' io fotoana io isika dia tsy hisy hafatra mikasika ny fitsarana hotorina, izay nifototra tamin' ny fahatanterahan' ireo faminaniana ireo. Nefa amin' ny andro farany, hoy ny mpaminany, «maro no hazoto mandinika, ka hitombo ny fahalalana» Daniela 12:4.

Nanafatra ny fiangonana ny apostoly Paoly tsy hiandry ny fiavian' i Kristy ho amin' ny androny. «Tsy ho avy izany, raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana, hoy izy, ka hiseho ilay lehilahin' ota» [1]. Raha tsy aty aorian' ilay fihemorana lehibe, sy rehefa mifarana ny fotoana lavabe hanjakan' «ilay lehilahin' ota», dia tsy afaka manantena ny fiavian' ny Tompontsika isika. Ilay dehilahin' ota» izay lazaina koa fa «zava-miafin' ny tsy fankatoavan-dalàna», «zanaky ny fahaverezana», sy «ilay tena mpandika lalàna» dia mampiseho ny fahefana papaly, izay, araka ny voalaza mialoha ao amin' ny faminaniana, dia hitana ny fahefany fara-tampony mandritra ny 1260 taona. Nifarana tamin' ny 1798 io fe-potoana io. Tsy nety ho tonga talohan' io fotoana io ny fiavian' i Kristy. Voafaokan' io fampitandremana nataon' i Paoly io avokoa ny andro Kristiana rehetra hatramin' ny taona 1798. Ankoatr' io fotoana io dia tsy maintsy hotorina ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy fanindroany.

Tsy mbola nisy hafatra toy izany notorina tamin' ny andro lasa. Hitantsika fa tsy nitory izany i Paoly; fotoana lavitra mbola ho avy no notondroiny tamin' ireo rahalahiny ny amin' ny hiavian' ny Tompo. Tsy nitory izany ireo Mpanavao fivavahana. Martin Lotera dia naminavina ny fitsarana sahabo ho any amin' ny telonjato taona aty aorian' ny androny. Novahana anefa ny bokin' i Daniela nanomboka tamin' ny 1798, nitombo ny fahalalana ny faminaniana, ary maro no nitory ilay hafatra miezinezina fa akaiky ny fitsarana.

Toy ilay Fanavaozana lehibe ara-pivavahana tamin' ny taonjato fahenina ambinifolo dia niara-niseho tamin' ny tany Kristiana sami-hafa ny fihetsehana advantista. Tany Eoropa sy tany Amerika dia olom-pinoana sy tia vavaka maro no voatarika handinika ny faminaniana, ka rehefa nanaraka ny voalazan' ny tsindrimandrin' Andriamanitra izy dia nahita porofo maharesy lahatra fa efa antomotra ny fiafaran' ny zavatra rehetra. Tamin' ny tany samihafa dia nisy antokona Kristiana vitsivitsy nifanalavi-toerana izay, noho ny fandinihany fotsiny ny Soratra Masina, dia nino fa efa akaiky ny fiavian' ny Mpamonjy.

Tamin' ny 1821, telo taona taty aorian' ny nanadihadian' i Miller ireo faminaniana izay nanondro ny fotoam-pitsarana, i Dr Joseph Wolff, «i1ay misioneran' izao tontolo izao manontolo», dia nanomboka nitory ny fiavian' ny Tompo tsy ho ela. Teraka tany Alemaina i Wolff, hebreo ny fiaviany

satria ny rainy dia raby Jiosy. Mbola tanora tokoa izy no efa resy lahatra ny amin' ny fahamarinan' ny fivavahana kristiana. Nanan-tsaina nazoto sy tia karokaroka izy, ka liana ery nihaino ny resaka fanao tao amin' ny tranondrainy raha nivory isan' andro tao ireo Hebreo tia vavaka nilaza ny amin' ny fanantenany sy ny fiandrasan' ny vahoakany, ny amin' ny voninahitry ny fiavian' ny Mesia, sy ny famerenana an' Isiraely eo amin' ny maha-izy azy. Indray andro raha nandre olona niteny momba an' i Jesosy avy any Nazareta ilay zazalahy dia nanontany hoe : «Iza moa Izy?» Dia hoy ny navaly azy : «Jiosy nanan-talenta be nefa nihambo ho Mesia Izy, ka nomelohin' ny fitsarana Jiosy ho faty». «Nahoana?», hoy indray ilay mpanontany, «no rava Jerosalema, ary nahoana isika no lazan-ko babo ?» «Indrisy, indrisy!» hoy ny navalin-drainy, «satria namono ny mpaminany ny Jiosy». Nitsidika tao an-tsain' ilay zaza avy hatrany ny hoe : «Angamba mba mpaminany koa i Jesosy, ary novonoin' ny Jiosy Izy nefa tsy nanan-keloka». Travels and Adventures of the Rev — Joseph Wolff, boky 1, p. 6. Mafy loatra izay zavatra tsapany izay, koa na dia norarana tsy hiditra fiangonana Kristiana aza izy, dia matetika no nijanonjanona teny ivelany teny nihaino ny toriteny.

Fony izy vao fito taona monja dia nirehareha tamin' ny Kristiana iray efazokiny nifanolobodirindrina taminy, momba ny ho fandresen' ny Isiraely rahatrizay ka ho avy ny Mesia; namaly azy tamim-pahalemem-panahy anefa ilay lahiantitra hoe : «Mbola hambarako anao anaka, izay tena Mesia marina : Jesosy avy any Nazareta izany. . . Izay nohomboan' ny razanareo, tahaka ny nanaovany ireo mpaminany fahiny. Ndeha mody dia vakio ny toko fahatelo amby dimampolo ao amin' i lsaia, dia ho resy lahatra ianao fa Jesosy Kristy no Zanak' Andriamanitra». -*Ibid,*boky 1, p. 7. Voafatotry ny faharesendahatra avy hatrany izy. Lasa nody izy ary novakiny ny teny, ka gaga izy nahita fa tanteraka tamin' ny fomba feno tamin' i Jesosy avy any Nazareta izany. Marina ary ve ny tenin' ilay Kristiana? Nangatapanazavana tamindrainy momba io faminaniana io ilay zazalahy, nefa fahanginana nitory fahavinirana no setrin' izany ka tsy sahy nikasika ny amin' io intsony izy. Na dia izany aza, vao mainka nampitombo ny faniriany hahalala bebe kokoa momba ny fivavahana Kristiana izany.

Nisy finiavana ny tsy hahazoany ny fahalalana notadiaviny raha ny tao amin' ny tokantrano Jiosy nisy azy; nefa raha vao iraika ambinifolo taona izy, dia niala tao an-tranon-drainy ka lasa tany amin' izao tontolo izao hitady fanabeazana ho an' ny tenany, hifidy izay fivavahana tiany sy ny asa hataony mandritra ny androm-piainany. Nahita fialofana tany amin' ny havany izy aloha, nefa vetivety dia noroahin' ireo fa mpivadi-pinoana hono, ka dia voatery honjohonjon' izy irery sady tsy voamena an-tanana no nitady lalana tany amin' ny hafa firenena. Nifindrafindra toerana izy, sady nianatra mafy no namelon-tena tamin' ny fampianarana teny Hebreo.

Noho ny asa mangina nataon' ny mpampianatra Katolika iray taminy, dia voatarika hanaiky ny finoana Romana izy ary nikasa ny ho tonga misionary tamin' ny vahoakan' ny fireneny. Taona vitsy taty aoriana, dia nasesik' io fikasana io hanohy ny fianarany tao amin' ny Kolejy Fampielezana ny Finoana tany Roma izy. Tao dia voampanga ho «heretika» izy noho ny fahazarany manana fisainana manokana ho an' ny tenany sy ny fomba fiteny vantambantana. Nopotsipotsiriny ampahibemaso ireo fanao mihoapampana teo amin' ny fiangonana, ary nohizingizininy ny maha-ilaina ny fanavaozana. Na dia nandriandrianin' ny mpitondra ambony tao amin' ny Eglizy aza izy tamin' ny voalohany, dia nesorina tao Roma rehefa afaka fotoana kely. Nataon' ny fiangonana andri-maso izy ary nafindrafindra toerana mandrapahita mazava fa tsy ho voatarika na oviana na oviana hilefitra ao ambany fanandevozan' ny fivavahana Romana. Nolazaina fa tsy laitra anarina izy ka dia navela nandeha tany amin' izay tiany. Lasa nankany Angletera izy, ary nandray ny finoana Protestanta ka niray tamin' ny fiangonana Anglikana. Rehefa nianatra roa taona izy dia nivoaka hiasa tamin' ny 1821.

Rehefa neken' i Wolff ny fahamarinana lehibe momba ny fiavian' i Kristy voalohany tamin' ny maha-«Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana» Azy, dia hitany fa abaribarin' ny faminaniana mazava toy izany koa ny fiaviany fanindroany amin-kery sy amim-boninahitra. Ary raha nitady izay hitarihana ireo Jiosy tahaka azy ho eo amin' i Jesosy avy any Nazareta amin' ny mahaIlay nampanantenaina Azy izy, sy nanondro azy ireo ny fiaviany voalohany tamim-panetren-tena ho sorona noho ny fahotan' ny olombelona, dia nampianariny azy koa ny fiaviany fanindroany amin' ny maha-Mpanjaka sy Mpanafaka Azy.

«Jesosy avy any Nazareta», hoy izy «Ilay tena Mesia marina, dia Ilay nofantsihana ny tanana aman-tongony, ary nentina tahaka ny ondry hovonoina, Ilay lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, Ilay tonga indray voalohany fony afaka tamin' i Joda ny tehim-panjakana ary ny tehina fanapahana tsy ho eo anelanelan' ny tongony; dia ho avy fanindroany eo amin' ny rahon' ny lanitra ary miaraka amin' ny trompetran' ny Arikanjely» (Joseph Wolff, Research and Missionary Labours, p. 62) «ary hitsangana eo amin' ny tendrombohitra Oliva Izy; ary ilay fanapahana izay napetraka fahiny tamin' i Adama tamin' ny famoronana, kanefa veriny (Genesisy 1: 26 ; 3 : 17, dia homena an' i Jesosy. Hanjaka amin' ny tany manontolo Izy. Hitsahatra ny fitolokoana sy ny fitarainan' izao ary rehetra izao fa hiram-piderana sy fisaorana no ho re. . . Rehefa ho avy i Jesosy amin' ny voninahitry ny Rainy, miaraka amin' ny anjeliny masina. . . dia hitsangana aloha ireo mpino maty (ITesaloniana 4 : 16 ; 1 Korintiana 15 : 23. Io no ataontsika Kristiana hoe fitsanganana voalohany. Amin' izay dia hovana toetra ny biby (Isaia 11 : 6-9) ka hofehezin' i Jesosy. (Sal. 8). Hanjaka eran-tany ny fiadanana». *Journal*

*of the Rev.* Joseph Wolff, p. 378, 379. Hibanjina ny tany indray ny Tompo ka hiteny hoe : «Indro tsara indrindra izany».*Ibid,* p. 294

Nino i Wolff fa akaiky ny fiavian' ny Tompo; ny fanazavany ireo fe-potoana ara-paminaniana momba ny hahatanterahan' ilay famaranana lehibe ny zavatra rehetra dia taona vitsy monja no nahasamihafa azy tamin' izay voatondron'. i Miller. Ireo izay nanantitrantitra araka ny voalazan' ny Soratra Masina «fa ny amin' ny andro sy ora dia tsy misy mahalala», mba hilazana fa tsy azo fantarina na oviana na oviana ny amin' ny fahantomoran' ny fiavian' i Kristy, dia novalian' i Wolff hoe : «Moa ve ny Tompo nilaza fa tsy ho fantatra mihitsy io andro sy ora io? Moa ve tsy nanome antsika famantarana momba ny fotoan' andro mba hahazoantsika mahalala fara-fahakeliny ny fahakekezan' ny fiaviany, tahaka ny ahafantarana ny fahantomoran' ny lohataona rehefa «manaroka ny rantsan' ny aviavy ka mandravina izy ?» Mat. 24 : 32. Tsy ho fantatsika mihitsy ve io fotoana io nefa Izy Tenany mihitsy no namporisika antsika, tsy ny hamaky ny bokin' i Daniela mpaminany fotsiny, fa ny hahatakatra ny heviny koa ? Ary ao amin' io bokin' i Daniela io indrindra no voalaza fa nahorona ny teny hatramin' ny andro farany (tsy andro farany tamin' ny androny), nefa ambara koa fa «maro no hazoto mandinika» (teny hebreo izay milaza fandinihana sy famakafakana momba ny fotoan' andro), ary «hitornbo ny fahalalana» (momba ny fotoan' andro), Daniela 12:4. Ankoatr' izany, dia tsy nokasain' ny Tompo ny hilaza fa tsy ho fantatra ny fahantomoran' ny fotoana, fa ny andro sy ny ora marina no tsy ho fantatry ny olona. «Ampy ireo famantarana ny fotoan' andro hoy izy. mba ho famporisihana antsika niomana ho amin' ny fiaviany, tahaka an' i Noa nanomana ny sambo fiara».*Wolff, Researches and Missionary Labours,* p. 404, 405.

Mikasika ireo fomba neken' ny besinimaro ny amin' ny famoahana ny hevitry ny Soratra Masina, na ny mety na ny tsy mety, dia izao no nosoratan' i Wolff : «Ny ankabeazan' ny fiangonana Kristiana dia nivily niala tamin' ny hevitry ny Soratra Masina mazava, ka nitodika ho amin' ny fomba fanazavan' ny Bodista [2]izay mirona ho amin' ny zavatra mialoalo toa avelo ka mino fa ny ho fahasambaran' ny olombelona amin' ny ho avy dia ny hanidintsidina eny amin' ny rivotra, ary mihevitra fa rehefa mamaky hoe «Jiosy» izy dia «Jentilisa» no andraisany izany, ary rehefa mamaky hoe «Jerosalema», dia tsy maintsy «fiangonana» no andraisany izany; ary raha «tany» no voalaza, dia «lanitra» no dikany; ary momba ny fiavian' ny «Tompo» dia fandrosoan' ireo «fikambanana mandefa misionera» no dikany; ary ny hoe miakatra ho eo amin' ny tendrombohitra misy ny tranon' i Jehovah dia midika ho «fivoriamben' ny Methodista». Journal of the Rev.*Joseph Wolff,* p. 96

Nandritra ny efatra ambiniroapolo taona, hatramin' ny 1821 ka hatramin' ny 1845, dia nitety tany betsaka i Wolff: tany Afrika dia nitsidika an' i Egypta

sy Etiopia izy; tany Azia dia nitety an' i Palestina, Syria, Persia, Bokhara sy India. Nitsidika an' i Etazonia koa izy, ary nandritra ny diany nankany dia nitory tao amin' ny Nosy «Sainte-Hélène». Tonga tany New-York izy tamin' ny volana Aogositra, 1837; ary rehefa avy nandaha-teny tao amin' io tanàna io, dia lasa koa nitory tany Philadelphia sy Baltimore, ary farany dia niroso nankany Washington. «Tao» hoy izy, «noho ny hevitra noroson' ilay Filoha teo aloha, John Quincy Adams, tao amin' ny vaomiera iray nisy teo amin' ny Antenimieram-pirenena, dia lanin' ny besinimaro fa azoko ampiasaina ny efitra malalaky ny Antenimiera mba hanaovako famelabelarana izay nataoko tamin' ny Asabotsy indray mandeha ary natrehin' ny mambra rehetra tao amin' ny Antenimiera sy ny Evekan' i Virginia, ary ireo mpitondra fivavahana sy mponina tao Washington. Ireo mambran' ny fitondram-panjakana tany New Jersey sy tany Pennsylvanie koa dia nanome ahy izany voninahitra izany, ary teo anatrehan' izy ireo no nanaovako famelabelarana mikasika ireo fikarohana nataoko tany Azia, sy ny amin' ny fanjakan' i Jesosy Kristy hita maso, *Ibid,* p. 398, 399.

Nitety tany izay tena mbola dia i Dr Wolff, tsy nanana ny fiarovan' ny manampahefana avy tany Eoropa izy tamin' izany ary niaritra zava-tsarotra be dia be sy nohodidinin-doza maro tsy tambo isaina. Nokapohina izy sy tsy nomen-kanina, namidy ho andevo, ary intelo no voaheloka ho faty. Norobain' ny mpangalatra izy ary indraindray dia efa saiky matin-ketaheta. Indray mandeha dia nombotana teny aminy avokoa izay rehetra nananany ka navela handeha tsy mikiraro tamin' ny lalana kilaometatra anjatony nitety tendrombohitra izy, ny ranomandry amin' izay nifafy eny amin' ny endriny ary ny tongony nihanjaka ngoly noho ny tany voritondranomandry.

Rehefa nampitandremana izy tsy handeha tsy mitondra fiadiana any amin' ireo foko mbola dia sady fahavalo, dia nilaza fa «efa nitao fiadiana» dia «ny fivavahana, ny hafanam-po ho an' i Kristy, sy ny fahatokiana ny fanampiany». «Ato am-poko koa ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny namana, ary ety an-tanako ny Baiboly». — W H. D. Adams, In Perils Oft, p. 198. Nentiny niaraka taminy na taiza na taiza nalehany ny Baiboly tamin' ny teny Hebreo sy tamin' ny teny Anglisy. Tamin' ny dia nataony tatý aoriana dia hoy izy hoe : «Navelako hisokatra teo an-tanako ny Baiboly. Tsapako fa tao amin' io Boky io ny heriko, ka afaka hanohana ahy izany». —*Ibid,* p. 201

Toy izany no nanohizany ny asany mandra-pahatonga ny hafatra momba ny fitsarana hanerana ny ankabeazan' ny faritra misy ny olona eto an-tany. Tamin' ny Jiosy, ny Tiorka, ny Parsi, ny Hindo, sy firenena aman-karazana maro samihafa no nizarany ny tenin' Andriamanitra tamin' ny teny samihafa ary hatraiza hatraiza dia notoriny ny fahantomoran' ny fanjakan' ny Mesia.

Tamin' ny diany tany Bokhara no nahitany olona lavi-toerana nitana ny fampianarana ny amin' ny fiavian' ny Tompo tsy ho ela sady nitoka-monina.

Ny Arabo any Yemen, hoy izy «dia manana boky atao hoe «Seera» izay milaza ny amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany sy ny fanjakam-boninahiny; ary nanantena toe-javatra lehibe hiseho amin' ny taona 1840 izy ireo» — *Journal of the Rev.* Joseph Wolff, p. 377. «Tany Yemen. . . dia nijanona henemana niaraka tamin' ny zanak' i Rekaba aho. Tsy misotro divay izy ireo, tsy mamboly voaloboka, tsy mamafy voa ary mitoetra an-day, mahatsiaro an' i Jonadaba fahiny izy, ilay zanak'i Rekaba; ary nahita zanak' Isiraely teo aminy aho avy amin' ny taranak' i Dana, . . . izay niandry, tahaka ireo zanak' i Rekaba, ny fiavian' ny Mesia tsy ho ela amin' ny rahon' ny lanitra» —*Ibid,* p. 389.

Nisy misionera hafa koa nahita finoana toy izany tany Tartary [3]. Nisy pretra tartary izay nametraka fanontaniana tamin' ny misionera momba ny fotoana hiavian' i Kristy fanindroany. Rehefa namaly ilay misionera fa tsy mahalala na inona na inona momba izany izy, dia hita fa gaga dia gaga ilay pretra noho ny tsy fahalalan' ny olona izay milaza fa mpampianatra Baiboly, ka dia nambarany taminy ny finoany, mifototra amin' ny faminaniana fa ho avy eo amin' ny manodidididina ny 1844 i Kristy.

Tamin' ny 1826 dia natomboka notorina tany Angletera ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy. Tsy voafaritra tsara sahala amin' ny tany Amerika ny fihetsehana tany; tamin' ny ankapobeny dia tsy nampianarina ny amin' ny fotoana marina hiaviany, fa notorina hatraiza hatraiza kosa ny fahamarinana lehibe momba ny fiavian' i Kristy vetivety amin-kery sy amim-boninahitra. Ary tsy teo amin' ireo mpiendaka sy tsy mpanaraka ny fomban' ny besinimaro ihany izany. Nolazain' i Mourant Brock, mpanoratra anglisy, fa tokony ho fitonjato ireo mpitandrina tao amin' ny Fiangonana Anglikana no nitory «ity filazantsaran' ny fanjakana ity». Ny hafatra izay nanondro ny taona 1844 ho fotoana iavian' ny Tompo, dia nambara koa tany Angletera. Niely hatraiza hatraiza ireo boky mikasika ny fiavian' i Kristy avy any Etazonia. Nisy boky sy gazety. natonta indray tany Angletera. Ary tamin' ny 1842 Robert Winter, teratany Anglisy, izay nandray ny finoany momba ny fiavian' i Kristy tany Amerika, dia niverina tany an-tanindrazany mba hilaza ny fiavian' ny Tompo. Betsaka no niray hina taminy teo amin' ny asa, ka voatory tamin' ny faritra samihafa tany Angletera ny hafatry ny fitsarana.

Tany Amerika atsimo, teo anivon' ny faha-baribarianina sy ny hafetsen' ny pretra, dia nahita lalana hankeo amin' ny Soratra Masina i Lacunza, zezoita avy any Espaina ka tamin' izany fomba izany no nandraisany ny fahamarinana momba ny fiverenan' i Kristy tsy ho ela. Tery am-panahy hanome ny hafatra fampitandremana izy, nefa naniry koa hisoroka ny fanembatsembanana avy amin' i Roma, ka dia navoakany tamin' ny solon' anarana hoe «Raby Ben-Ezra» ny heviny, ary niseho ho toy ny Jiosy niova fo izy. Tamin' ny taonjato fahavalo ambinifolo no nahaveloman' i Lacunza, nefa tokony ho tamin' ny 1825 no voadika tamin' ny teny Anglisy ny bokiny, rehefa tody hatrany

Londres. Nahatonga ny olona handalina kokoa ny fitiavany ny fiavian' i Kristy fanindroany izay efa nifoha rahateo ny namoahana io boky io.

Tany Alemaina, dia efa tamin' ny taonjato fahavalo ambinifolo i Bengel no nampianatra izany. Mpitandrina tao amin' ny Fiangonana Loterana izy io sady nanan-daza noho ny fahaizana manokana nananany ny amin' ny Baiboly sy ny fanadihadiana ny momba izany. «Nilofo tamin' ny fianarana teolojia i Bengel izay nananany fironana rahateo ho tiavina noho ny toetsainy fatra-mpamakafaka hevi-dalina sy ara-pivavahana, izay mainka koa notohanan' ny fitaizana noraisiny sy ny fifehezana fony kely. Tahaka ireo tanora mpandalin-javatra, hatramin' izay ka hatramin' izao, dia tsy maintsy niady tamin' ny fisalasalana sy ireo zava-tsarotra momba ny fivavahana izy, ka tamin' ny safeliteny feno fihetseham-po no nilazany ny momba ireo «zanatsipika maro izay nanindrona ny fony mahantra, ka nahatonga ny fahatanorany ho enta-mavesatra». Noho izy anisan' ny mpihevidraharaha tany Württemberg, dia niaro ny fahafahana ara-pivavahana izy. «Na dia nihazona ny zo sy ny tombon-tsoan' ny fiangonana aza izy, dia niaro koa ny fahafahana ara-drariny rehetra izay omena ireo rehetra mahatsapa ho voatery noho ny feon' ny fieritreretany, hiala tsy hikambana aminy».— *Encyclopaedia Britannica,* edisiona fahasivy momba ny «Bengel». Mbola tsapa ao amin' ny faritany nahaterahany mandraka ankehitriny ny vokatra nahasoa avy tamin' izany fihetsika izany.

Teo am-panomanana toriteny hatao amin' ny Alahadin' ny advento avy tao amin' ny Apokalypsy 21 i Bengel no nitosaka tao an-tsainy ny fahazavana momba ny fiavian' i Kristy fanindroany. Nivelatra teo anatrehany ka azony mazava tsy mbola nisy toy izany ireo faminaniana ao amin' ny Apokalypsy. Toa nanafotra azy ny fahatsapany ny maha-zava-dehibe sy mahatalanjona ireo toe-javatra nasehon' ny mpaminany sy ny voninahitra mamirapiratra ananan' ireo zava-miseho ambaran' ny mpaminany ka voatery najanony aloha ny fandinihany ny foto-kevitra hotoriny. Raha teny amin' ny polipitra izy dia niseho taminy indray izany tamin' ny fomba mazava sy manankery indrindra. Hatramin' io fotoana io dia manokan-tena handinika ny faminaniana izy, indrindra ireo ao amin' ny Apokalypsy, ary vetivety dia niaiky marina fa nanondro ny fiavian' i Kristy ho akaiky ireo. Ny vaninandro nametrahany ny fotoana hiavian' i Kristy fanindroany dia taona vitsy dia vitsy taorian' izay notanan' i Miller.

Niely eran' ny tany kristiana ny asa soratr' i Bengel. Saiky neken' ny rehetra tao amin' ny fanjakan' i Württemberg nisy azy ny fomba fiheviny ny faminaniana ary nitatra hatrany amin' ny faritra hafa tany Alemaina izany. Nitohy ihany io fihetsehana io taorian' ny nahafatesany ka re eran' ny Alemaina ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy tamin' ny fotoana indrindra nahasarika ny saina momba izany tany amin' ny tany hafa. Tamin' ny fotoana

voalohandohany dia nisy mpino nankany Rosia ka nifindra monina tany, ary mbola tazonin' ny fiangonana alemana any amin' io tany io ny finoana ny fiavian' i Kristy tsy ho ela.

Namirapiratra koa tany Frantsa sy tany Soisa ny fahazavana. Tany Genève izay nampielezan' i Farel sy Calvin ny fahamarinana momba ny Reformasiona, no nitorian' i Gaussen ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy fanindroany. Fony mpianatra tany an-tsekoly i Gaussen, dia efa nifanehatra tamin' i toe-tsaina miankina amin' ny sain' ny olombelona fotsiny io (rationalisme) izay nanerana an' i Eoropa manontolo nandritra ny tapany faran' ny taonjato fahavalo ambin' ny folo sy ny fiantombohan' ny taonjato fahasivy ambin' ny folo ; ary raha niditra ho mpitandrina izy, dia tsy vitan' ny hoe tsy nahalala ny tena finoana marina ihany, fa nirona koa ho amin' ny fisalasalana momba ny finoana. Teo amin' ny fahatanorany, dia efa nahaliana azy ny fandinihana ny faminaniana. Rehefa avy namaky ny «Tantaran' ny Fahiny» nosoratan' i Rollin izy, dia voasarika ho amin' ny Daniela toko faharoa ny sainy, ary nanaitra azy mafy ny nahita fa ny faminaniana dia tanteraka marina tsy nisy nilao, araka ny hita ao amin' ny soratra nataon' ny mpanao tantara. Vavolombelon' ny maha-avy amin' Andriamanitra ny Soratra Masina izany, izay toy ny vatofantsika ho azy teo anivon' ny loza namely tamin' ireo taona taty aoriana. Tsy nety afa-po tamin' ny fampianarana tsy niankina afa-tsy tamin' ny sain' olombelona izy, ka noho ny fianarany ny Baiboly, sy ny fikatsahany fahazavana mahiratra kokoa dia voatarika teo amin' ny finoana marina izy, nony afaka fotoana fohy.

Raha nanohy ny fanadihadiana nataony momba ny faminaniana izy dia tonga tamin' ny finoana fa efa akaiky ny fiavian' ny Tompo. Latsaka lalina tao am-pony ny maha-zava-miezinezina sy maha- mavesa-danja io fahamarinana lehibe io, ka niriny ny hitondra izany eo anatrehan' ny vahoaka; kanefa tena vato nisakana teo amin' ny diany ny finoan' ny vahoaka fa zava-miafina tsy takatry ny saina ireo faminanian' i Daniela. Nony farany dia tapa-kevitra izy — tahaka ny efa nataon' i Farel talohany tamin' ny nitoriny ny filazantsara tao Genève — fa hanomboka amin' ny ankizy izy izay nantenainy fa hahazoany misarika ny ray aman-dreny.

«Tiako raha mazava tsara», hoy izy taty aoriana, raha nilaza ny amin' izay nokendreny tamin' io ezaka io izy, «tsy noho ny mahazava-bitika io hafatra io akory, fa noho izy sarobidy indrindra, no naniriako ny haneho izany amin' ny endrika mahazatra, sy nanambarako azy tamin' ny ankizy. Niriko ny hihainoana ahy ary natahotra aho fandrao tsy misy mpihaino ahy raha tàhiny ka ny olon-dehibe aloha no nohatoniko voalohany». «Noho izany dia nanapa-kevitra hanatona ny zandriny indrindra aho. Nanangona ankizy aho, raha nitombo isa izy ireo, raha hita fa mihaino izy, raha finaritra sy liana izy, raha azony sy hainy hazavaina izany, dia azo antoka fa vetivety dia hisy andian'

olona faharoa indray hihaino, ary ho anjaran' ny lehibe ny mahita fa mety koa ny hipetrahany sy hianarany. Rehefa tanteraka izany, dia azo ny fandresena». — L. Gaussen, Daniel le prophète, vol. II, Avertissement, p.XI, XII.

Nahomby ny ezaka nataony. Raha niteny tamin' ny ankizy izy dia tonga nihaino ny olon-dehibe. Feno mpihaino nanongilan-tsofina ny rihan' ny fiangonana. Anisan' ireny dia nisy olona ambony sy manam-pahaizana, nisy vahiny sy olona hafa firenena tonga nitsidika an' i Genève ka dia toy izany no nampielezana ny hafajra ho amin' ny faritra hafa.

Nahazoan' i Gaussen fampaherezana ny fahombiazany, ka nataony printy ny lesony ary nanantena izy fa hampandroso ny fandinihana ireo boky momba ny faminaniana ao amin' ny fiangonana miteny frantsay izany. «Ny mamoaka fampianarana natao ho an' ny ankizy», hoy izy, «dia toy ny milaza amin' ny olon-dehibe izay matetika tsy miraharaha ny boky toy ireny noho ny fiheverana diso fa maizina hono ireny», dia toy ny milaza aminy hoe : Ahoana ary ny maha-maizina azy, raha azon' ny zanakareo». «Manana faniriana lehibe aho», hoy indray izy, «dia ny hahatonga ny fahalalana ny faminaniana hankafizin' ny maro eo amin' ireo andian' ondrintsika, raha azo atao». «Tsy misy, araka ny hevitro fianarana hafa izay hifanentana kokoa amin' izay ilain' ny androntsika noho io». «Io no hanampy antsika hiomana ho amin' ny fahoriana lehibe izay efa manakaiky, sy hahatonga antsika hiambina sy hiandry an' i Jesosy Kristy».

Na dia anisan' ny nalaza sy nankasitrahana indrindra tamin' ireo mpitory tamin' ny teny frantsay aza i Gaussen, dia nesorina tamin' ny fitandremana izy rehefa afaka fotoana kely, ny antony lehibe indrindra niampangana azy dia satria tsy nampiasa ny fotopianaran' ny fiangonana, izay boky maivamaivana sady nankinina tamin' izay tratry ny sain' ny olona ihany, saiky tsy nahitana ventin-javatra ara-pinoana izy, raha nampianatra ny tanora, fa ny Baiboly no nampiasany. Taty aoriana dia tonga mpampianatra tao amin' ny sekoly fianarana teolojia izy, ary rehefa Alahady dia notohizany rhany ny asany naha-mpampianatra fotopianarana azy, ka dia niteny tamin' ny zaza sy nampianatra azy ny Soratra Masina izy. Nahaliana fatratra koa izay nosoratany momba ny faminaniana. Tamin' ny naha-profesora azy, tamin' ny alalan' ny gazety sy tamin' ilay asa tiany indrindra, dia ny mampianatra ny ankizy no nanohizany nandritra ny taona maro tamin' ny fomba mangina ny asany izay nitatra hatrany ary nahatonga azy ho fiasana manintona ny sain' ny maro ho amin' ny fandinihana ny faminaniana izay naneho fa akaiky ny fiavian' ny Tompo.

Tany Scandinavia koa dia notorina ny hafatra momba ny fiavian'i Kristy ary nitatra hatraiza hatraiza ny fahalianana momba izany. Betsaka no nifoha avy tamin' ny toky foana nianteheramy ka niaiky ny fahotany sy niala taminy ary nitady famelan-keloka tamin' ny anaran' i Kristy. Nanohitra izany fihetsehana izany anefa ireo mpitondra fivavahana tao

amin' ny fiangonam-panjakana, ka noho ny nataon' izy ireo dia nisy naiditra am-ponja ny sasany tamin' ireo nitory ny hafatra. Tamin' ny toerana maro izay nampanginana an' ireo mpitory ny fiavian' ny Tompo tsy ho ela, dia sitrak' Andriamanitra ny nandefa ny hafatra tamin' ny fomba mahagaga, tamin' ny alalan' ny ankizy madinika. Satria mbola tsy ampy taona izy ireo, dia tsy nanan-kery hisakana azy ny lalàm-panjakana, ka dia navela hiteny tsy voasakantsakana izy ireo.

Tao amin' ny antokon' olona ambanimbany no tena nisy io fihetsehana io, ary ny trano tsotsotran' ny mpiasa no nivorian' ny olona hihaino ny hafatra fampitandremana. Ireo zaza mpitoriteny koa dia tantsaha mahantra ny ankabeazany. Nisy tamin' izy ireny tsy nihoatra ny enin-taona na valo taona; ny fiainany dia vavolombelona fa tia ny Mpamonjy izy, sady niezaka hivelona tamin' ny fankatoavana ny fitakiana masina avy amin' Andriamanitra, ary fahendrena sy fahaizana fahita eo amin' ny zaza mitovy taona aminy no nasehony teo amin' ny andavanandro. Fa rehefa teo anatrehan' ny vahoaka kosa izy, dia nibaribary fa hery ambonin' ny talenta nananany no nanetsika azy. Niova ny feony sy ny fihetsiny ary tamin-kery mahalasa eritreritra no nanomezany ny hafatra fampitandremana momba ny fitsarana, ka ny tenin' ny Soratra Masina mihitsy no nampiasainy hoe : «Matahora an' Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy, fa tonga ny andro fitsarany». Nanakiana ny fahotan' ny olona izy, ka tsy ny faharatsian-toetra sy ny fahalotoana fotsiny no nomelohiny, fa nokianiny koa ny toetrany araka izao tontolo izao sy ny fihemorana, ka nananatra ny mpihaino izy ireo hilomay handositra ny fahatezerana ho avy.

Nangovitra ny olona raha nihaino. Niteny tamin' ny fony ny Fanahin' Andriamanitra mandresy lahatra. Maro no voatarika handinika ny Soratra Masina tamin-jotom-po vaovao sy handalina izany bebe kokoa, niova fo ny tsy mahalala onony sy ny ratsy fitondrantena, ny sasany niala tamin' ny fanaony tsy marina, ary nisy asa vita niavaka indrindra, hany ka na ireo mpitandrina tao amin' ny fiangonam-panjakana aza dia voatery niaiky fa ny tanan' Andriamanitra no niasa tamin' ny alalan' io fihetsehana io.

Sitrapon' Andriamanitra ny nitoriana ny vaovao momba ny fiavian' ny Mpamonjy tany amin' ireo tany Skandinavia; ary rehefa nampanginina ny feon' ny mpanompony, dia nataony tao amin' ny ankizy ny Fanahiny mba hahavitana ny asa. Raha Jesosy nanakaiky an' i Jerosalema notronin' ny vahoaka marobe feno haravoana nanao horakoram-pandresena sy nanofahofa sampan-drofia, izay niarahaba Azy ho Zanak' i Davida, dia nangataka Azy hampangina azy ireo ny Fariseo feno fialonana; nefa novalin' i Jesosy fa fahatanterahan' ny faminaniana izany rehetra izany, ka raha hangina ireo, dia ny vato mihitsy no hiantsoantso. Natahotra ny vahoaka noho ny fandrahonan' ny mpisorona sy ny mpanapaka, ka najanony ny antsoantsompifaliany raha niditra ny vavahadin' i Jerosalema Izy; fa ny

ankizy teo amin' ny kianjan' ny tempoly kosa avy eo dia nanohy ny hira, ka sady nanofahofa ny sampan-drofia no niantso hoe : «Hosana ho an' ny Zanak' i Davida!»[4] Rehefa sorena ny Fariseo ka niteny taminy hoe : «Renao va izay lazain' ireo?» dia novalin' i Jesosy hoe : «Eny, tsy nbola novakinareo va ny teny manao hoe : «Avy amin' ny vavan' ny ankizy madinika sy ny zaza minono no nanamboaranao fiderana ?» Tahaka ny niasan' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny ankizy tamin' ny fotoana niavian' i Kristy voalohany, dia toy izany koa no niasany tamin' ny alalan' izy ireo mba hanambara ny hafatry ny fiaviany fanindroany. Tsy maintsy tanteraka ny tenin' Andriamanitra, dia ny hitorina ny fiavian' ny Mpamonjy amin' ny olona rehetra, sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra.

Nomena an' i William Miller sy ireo mpiaramiasa taminy ny fitoriana ny hafatra fampitandremana tany Amerika. Nanjary foiben' ilay fihetsehana lehibe momba ny fiavian' i Kristy io tany io. Tany no tanteraka tamin' ny fomba mivantana indrindra ny faminaniana momba ny hafatry ny anjely voalohany. Tonga hatrany an-tany lavitra ny asa soratr' i Miller sy ireo niara-dia taminy. Na taiza na taiza toerana efa nidiran' ny misionary nanerana an' izao tontolo izao, dia nambara tany koa ny vaovao mahafaly momba ny fiverenan' i Kristy vetivety. Niely hatraiza hatraiza ny hafatry ny filazantsara mandrakizay : «Matahora an' Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany».

Nandaitra lalina tao an-tsain' ny vahoaka ny fanambarana ireo faminaniana izay toa nanondro ny fiavian' i Kristy ho amin' ny lohataonan' ny 1844. Raha nitety ireo fanjakana samihafa ny hafatra dia namohafoha fitiavan-kandre azy hatraiza hatraiza. Betsaka no resy lahatra fa marina ireo fonjan-kevitra momba ny fotoan' andro ao amin' ny faminaniana ary nanao sorona ny avonavon-kevitra tao aminy izy ka nandray ny fahamarinana tamim-pifaliana. Nisy mpitandrina sasany izay namela ny fomba fijery sy ny fihetseham-po nampisaratsaraka tao amin' ny antokom-pivavahana nisy azy, ka nahafoy ny karamany sy ny fiangonany, ary niray tamin' ny fitoriana ny fiavian' i Jesosy. Ankavitsiana ihany anefa ireo mpitandrina izay nanaiky io hafatra io; koa dia nankinina indrindra tamin' ny olontsotra (laika) feno fanetren-tena izany. Ny mpamboly nandao ny sahany, ny mpanao tao-zavatra ny fiasany, ny mpivarotra ny entany, ny olona niasa ho an' ny tenany ny raharahany; nefa dia mbola vitsy ny isan' ny mpiasa raha nampitahaina tamin' ny asa tsy maintsy hatao. Nitambesatra tamin' ny fanahin' ireo tena mpiambina marina ny toetry ny fiangonana tsy manana ny toe-panahy araka an' Andriamanitra sy ny an' izao tontolo izao mitoetra ao amin' ny faharatsiam-panahy ka an-tsitrapo no niaretany asa mafy. fihafiana sy fahoriana, mba hahazoany miantso olona ho amin' ny fibebahana ho famonjena. Na dia notoherin' i Satana

aza ny asa dia nandroso hatrany, ary neken' ny olona an' arivony maro ny fahamarinana momba ny fiavian' i Kristy.

Re hatraiza hatraiza ny teny vavolombelona nampifoha ny fieritreretana nanaitra ny mpanota na ireo teo amin' izao tontolo izao na ny mambran' ny fiangonana, mba handositra ny fahatezerana ho avy. Tahaka an' i Jaona Mpanao batisa, ilay mpialoha lalana an' i Kristy, dia napetrak' ireo mpitoriteny teo am-pototry ny hazo ny famaky ka nampirisika ny rehetra hamoa voa mendrika ny fibebahana izy. Ireo antso manaitra nataony dia nifanohitra indrindra tamin' ny fanomezan-toky fa misy fiadanana sy fandriam-pahalemana re avy amin' ny polipitra nankamamian' ny besinimaro; ary na taiza na taiza nitoriana ny hafatra, dia nanetsiketsika ny vahoaka izany. Ny fanambarana tsotra sy mivantana avy tao amin' ny Soratra Masina, nampitoerin' ny Fanahy Masina tao am-po, dia nitondra faharesendahatra mavesatra izay vitsy no afaka nanohitra izany tanteraka. Nisy mpampianatra ambony momba ny fivavahana izay nifoha tamin' ny toky namitaka nisy azy. Hitany ny fihemorany, ny toetra araka izao tontolo izao niainany sy ny tsy finoany, ny fiavonavonany sy ny fitiavan-tenany. Betsaka no nitady ny Tompo tamin' ny fibebahana sy ny fanetren-tena. Ny fitiavany izay niraikitra ela tamin' ny zavatry ny tany dia nafantony tamin' ny lanitra izao. Nipetraka taminy ny Fanahin' Andriamanitra, ary fo nalefaka sy nilefitra no nentiny niray feo tamin' ilay antso hoe : «Matahora an' Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy ; fa tonga ny andro fitsarany».

Nanontany an-dranomaso ny mpanota nanao hoe : «Inona no hataoko mba hovonjena aho?» Ireo izay nivelona tamin' ny tsy fahamarinana dia dodona namerina izay nalainy. Izay rehetra nahita fiadanana teo amin' i Kristy dia naniry hahita ny hafa handray anjara tamin' ny fitahiana. Nitodika ho amin' ny zanany ny fon' ny ray aman-dreny, ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny ray aman-dreny. Afaka ny fefin' ny avonavona sy ny fitokotokoana. Nisy fiaikenkeloka avy tao am-po, ary niasa mafy ireo olona iray ankohonana ho amin' ny famonjena ny akaiky azy indrindra sy tiany indrindra. Matetika dia re ny feon' ny fivavahana mafana. Hatraiza hatraiza dia nisy fanahy nitoloko mafy raha nitondra ny fifonany teo anatrehan' Andriamanitra. Maro no nitolona nandritra ny alina tamin' ny fivavahana mba hahazoany antoka fa voavela ny fahotany, na nivavaka ho an' ny fiovam-pon' ny havany na ny mpifanolobodirindrina taminy.

Nifanizina tany amin'ny fivoriana Advantista avokoa ny sarangan' olona rehetra. Na ny mpanankarena na ny mahantra, na ny ambony na ny ambany, dia samy liana, noho ny antony samihafa handre ho an' ny tenany ny fampianarana momba ny fiavian' i Kristy fanin-droany. Nosakanan' ny Tompo ny fanahin' ny fanoherana raha mbola nanazava ny anton' ny finoany ireo mpanompony. Narefo ny fitaovana indraindray; nefa nanome hery ny

fahamarinany ny Fanahin' Andriamanitra. Tsapa tao amin' ireny fivoriana ireny ny fanatrehan' ny anjely masina, ary maro no nanampy isa ny mpino isan' andro. Rehefa naverimberina ny porofo mazava momba ny fiavian' i Kristy tsy ho ela, dia vahoaka marobe no nihaino tamimpahanginana tanteraka ireo teny nahavelona eritreritra ny lanitra sy ny tany. Toa nifanatona ny lanitra sy ny tany. Tsapa teo amin' ny antitra sy ny tanora ary ny lazondazony ny herin' Andriamanitra. Raha nody tany an-tranony ny olona dia teo am-bavany ny fiderana ary nanakoako tao amin' ny fahatonian' ny alina ny feo fifaliana. Na iza na' iza nanatrika ireny fivoriana ireny, dia tsy afaka hanadino ireo toe-javatra tena nahaliana tokoa niseho.

Ny fitoriana fotoana voafaritra tsara hiavian' i Kristy dia niteraka fanoherana mafy avy tamin' ny olona maro, avy tamin' ny saranga rehetra, avy tamin' ny mpitandrina teny amin' ny polipitra ka hatramin' ny mpanota mafy hatoka indrindra sahy nihantsy ny fahatezeran' ny lanitra. Tanteraka ny tenin' ny faminaniana manao hoe : «Fa amin' ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira mandeha araka ny filany ka manao hoe : «Aiza ny teny fikasana ny amin' ny fiaviany? Fa hatrizay nodian' ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra; eny hatramin' ny nanaovana izao tontolo izao aza?»[5]Maro ireo nihainbo fa tia ny Mpamonjy, no nanambara fa tsy nanohitra mihitsy ny fampianarana ny amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany izy; fa izay toheriny dia ny amin' ny fotoana voafaritra mazava ihany. Nefa ny mason' Andriamanitra izay mahita ny zavatra rehetra dia namaky ny tao am-po. Tsy tiany ny handre ny momba ny fiavian' i Kristy hitsara izao tontolo izao amin' ny fahamarinana. Mpanompo tsy nahatoky izy ireo, ary tsy nahatanty ny fandinihana akaiky nataon' Ilay Andriamanitra mandinika ny fo sy ny asany, ka natahotra ny hihaona amin' ny Tompo izy. Tahaka ireo Jiosy tamin' ny andro niavian' i Kristy voalohany, dia tsy voaomana handray an' i Jesosy izy. Tsy nolaviny fotsiny ny hihaino ireo fonjan-kevitra mazava avy ao amin' ny Baiboly, fa nozimbazimbainy koa ny olona niandry ny Tompo. Diboky ny hafaliana i Satana sy ny anjeliny, ka natorany teny amin' ny tavan' i Kristy sy ny anjely masina ny fanarabiana nilaza fa kely loatra ny fitiavany ny vahoaka misora-tena fa Azy hany ka tsy tiany ny fisehoany.

«Tsy misy olona mahalala na ny andro na ny ora», izay no fonjan-kevitra matetika indrindra naroson' ireo mpanohitra ny finoana momba ny fiavian' i Kristy. Izao no teny : «Fa ny amin' izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala, na dia ny anjelin' ny lanitra aza, afa-tsy ny Ray ihany» [6]. Nisy fanazavana tsy misy alokaloka sady mirindra an' io andininy io izay nomen' ireo nanantena ny Tompo, ary voaseho mibaribary ny fampiasana diso nataon' ireo mpanohitra azy ireo izany. Nolazain' i Kristy ireo teny ireo tamin' ilay resaka malaza nataony tamin' ny mpianany teo amin' ny tendrombohitra

Oliva rehefa niala farany avy tao amin' ny tempoly Izy. Nametraka izao fanontaniana izao ny mpianatra : «Inona no famantarana ny fiavianao sy ny fahataperan' izao tontolo izao?» Nolazain' i Jesosy ireo famantarana ary hoy Izy : «Raha vao hitanareo izany rehetra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky mby eo am-baravarana Izy». And. 33. Aoka tsy hoenti-manafoana ny teny anankiray nataon' ny Mpamonjy ny teny hafa nambarany. Na tsy misy olona mahalala ny «andro» na ny «ora» hahatongavany aza, dia ampianarina isika ary angatahina hamantatra ny fotoana maha-akaiky izany. Ampahafantarina antsika koa fa raha tsy miraharaha ny fampitandremana nataony isika ka mandà na manao an-tsirambina ny hahalala ny fotoana maha-akaiky ny fiaviany dia hampidi-doza antsika izany tahaka ny tamin' ireo velona tamin' ny andron' i Noa izay tsy nahalala ny fotoana niavian' ny Safo-drano. Ny fanoharana ao amin' io toko io ihany, dia mampifanohitra ny mpanompo mahatoky sy tsy mahatoky, ka manameloka ilay miteny anakampony hoe : «Maharitra da ny Tompo». Io fanoharana io ihany dia mampiseho ny fomba hijeren' i Kristy sy hamaliany soa ireo izay hitany fa miambina, mampianatra momba ny fiaviany sy ireo izay mandà izany. «Koa amin' izany, miambena», hoy Izy. «Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny Tompony ka hahita azy manao izany» Andininy 42, 46. «Koa raha tsy hiambina ianao, dia ho tonga toy ny fiavin' ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hiaviako». Apokalypsy 3:3.

Paoly dia milaza ny antokon' olona izay tsy ho vonona raha miseho ny Tompo. Avy toy ny mpangalatra amin' ny alina ny andron' ny Tompo. Raha misy olona manao hoe : «Miadana sy mandry fahizay, dia hanjo azy tampoka ny fandringanana, . . . ka tsy ho afa-mandositra mihitsy izy». Nefa izao no hanampiny ho an' ireo izay mitandrina ny fananarana nataon' ny Mpamonjy : «Fa ianareo, ry rahalahy, tsy ao amin' ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny mpangalatra izany andro izany. Fa ianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro; tsy an' ny alina na an' ny maizina isika» [7].

Koa dia voaseho amin' izany, fa tsy manamarina ny olona izay mijanona eo amin' ny tsy fahalalana ny fahakekezan' ny fiavian' i Kristy mihitsy ny Soratra Masina. Nefa ireo izay mitady fialan-tsiny fotsiny mba hitsipahany ny fahamarinanana dia manentsin-tadiny tsy hihaino io fanazavana io, ary mampanakoako lalandava ny teny hoe : «Tsy misy mahalala na ny andro na ny ora», ny mpaniratsira sahisahy ary na dia ny mpitandrina misora-tena fa an' i Kristy aza. Rehefa nifoha ny vahoaka ka nanomboka nanontany ny lalam-pamonjena, dia nitsangana nanelanelana azy sy ny fahamarinanana ireo mpampianatra ara-pivavahana, nitady izay hampitony ny tahony tamin' ny fandikana vilana ny tenin' Andriamanitra. Niray tamin' ny asan' ilay mpamitaka lehibe ireo mpiambina tsy mahatoky ka niantso hoe : Fiadanana, fiadanana, nefa Andriamanitra tsy niteny fiadanana. Tahaka ireo Fariseo

tamin' ny andron' i Kristy, dia maro no nandà tsy hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra, sady nisakana ireo izay hiditra ao. Hotakina amin' izy ireo ny ran' ireny fanahy ireny.

Matetika dia ny ambany indrindra sy ny tia vavaka indrindra tao amin' ny fiangonana no voalohany nandray ny hafatra. Ireo izay nandinika ny Baiboly ho an' ny tenany dia tsy afaka ny tsy hahita fa tsy araka ny Soratra Masina ny fomba fijerin' ny besinimaro ny faminaniana; koa na taiza na taiza ny vahoaka no tsy voafehin' ny hery miasa mangina avy amin' ny mpitondra fivavahana, na taiza na taiza no nandinika ny tenin' Andriamanitra ho an' ny tenany izy, dia ampy ny nampitahana fotsiny tamin' ny Soratra Masina ny fampia-narana momba ny fiavian' i Kristy mba hampijoro ny maha-avy amin' Andriamanitra azy.

Betsaka no nenjehin' ireo rahalahy tsy nino. Mba hahazoany mitana ny toerany tao amin' ny fiangonana, dia nisy nanaiky ny hangina mikasika ny fanantenany; ny hafa kosa anefa nahatsapa fa mandrara azy tsy hanafina toy izany ireo fahamarinana izay efa nankinin' Andriamanitra taminy ny fijoroany ho mahatoky aminy. Tsy vitsy no naongan' ny fiangonany ary tsy inona no an tony fa noho izy nanambara ny finoany ny fiavian' i Kristy. Sarobidy loatra ho an' ireo izay niaritra izany fitsapana izany ny tenin' ny mpaminany hoe : «Hoy ny rahalahinareo izay mankahala anareo ka mandroaka anareo noho ny amin' ny anarako : hampiseho ny voninahiny anie Jehovah, mba ho faly mahita ny fifalianareo izahay! Kanefa ireny ho menatra kosa» [8].

Liana dia liana tokoa ireo anjelin' Andriamanitra niandry izay ho vokatry ny hafatra fampitandremana. Rehefa fandavana ankapobe ny hafatra no hita teo amin' ny fiangonana, dia niverina tamin' alahelo ny anjely. Maro anefa no tsy mbola voasedra momba ny fahamarinana mikasika ny fiavian' i Kristy. Betsaka no voatanky ny lahy na ny vavy, na ny ray aman-dreny, na ny zanany ho amin' ny lalan-diso ka nino fa fahotana na dia ny mihaino fotsiny ny «herezia» araka izay nampianarin' ireo Advantista aza. Voabaiko ny anjely hiambina tsara ireo fanahy ireo, satria mbola hisy fahazavana hafa hamirapiratra eo aminy avy eo amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. Tamim-paniriana niredareda tokoa no niandrasan' ireo izay nandray ny hafatra ny fiavian' ny Mpamonjy. Efa akaiky ilay fotoana nantenainy hihaonana Aminy. Tamim-pahatoniana feno fanajana no nanatonany an' io ora io. Nitoetra teo amin' ny firaisana mamy tamin' Andriamanitra izy, santatry ny fiadanana ho azy izany amin' ny ho avy mamirapiratra. Tsy nisy izay nanandrana izany fanantenana sy toky izany ho afaka hanadino ireo ora sarobidy niandrasany. Nandritra ny herinandro vitsivitsy talohan' ny fotoana, dia najanony ny ankabeazan' ny asa aman-draharaha momba an' izao fiainana izao. Ireo mpino marina dia nandinika akaiky ny eritreriny sy ny fihetseham-pony rehetra toy ny olona efa ambavahaona ary ora

vitsy sisa tsy hikimpian' ny masony tsy hahita intsony ny eto an-tany. Tsy nisy fanaovana «akanjo ho enti-miakatra» (Jereo Fanampiny) ; fa tsapan' ny rehetra kosa ny nilany porofo anaty fa vonona ny hihaona amin' ny Mpamonjy izy; ny fahadiovan' ny fanahy, toetra amam-panahy voasasan' ny fanavotan' i Kristy, no fitafiany fotsy. Enga anie ka mbola hisy eo amin' ny vahoakan' Andriamanitra io fandinihana lalina ny fo io, io finoana mafana sy vonombonona io. Raha notohizany toy izany ny fanetreny tena teo anatrehan' ny Tompo ary nasesiny hatrany ny fangatahany teo amin' ny rako-panavotana, dia ho nanana fanan-dramana sarobidy lavitra noho izay ananany ankehitriny izy. Kely loatra ny fivavahana atao, kely loatra ny tena fahatsapana ny mahampanota ary ny tsy fisian' ny finoana velona dia hahatonga ny maro tsy hanana ny fahasoavana be dia be izay azon' Ilay Mpanavotra omen a.

Nikasa hisedra ny vahoakany Andriamanitra. Nosaronan' ny tanany ny fahadisoana mikasika ny fe-potoana ao amin' ny faminaniana. Tsy hitan' ireo Advantista ilay hadisoana, ary tsy hitan' ireo manam-pahaizana indrindra tamin' ny mpanohitra azy koa. Izao no nolazain-drizareo : «Marina ny fanazavanareo ireo fe-potoana ao amin' ny faminaniana. Misy zava-dehibe madiva hitranga: fa tsy izay ambaran' i Miller mialoha tsy akory: ny fiovampon' izao tontolo izao izany, fa tsy ny fiavian' i Kristy fanindroany» (Jereo Fanampiny).

Lasa ny fotoana niandrasana, nefa tsy niseho i Kristy hanafaka ny vahoakany. Tratrý ny fahadisoam-panantenana mangidy ireo izay niandry ny Mpamonjiny tamim-pinoana marina sy tamimpitiavana. Nefa tanteraka izay nokasain' Andriamanitra; nisedra ny fon' ireo izay nilaza ny tenany fa niandry ny fisehoany izy. Maro tamin' ireo no tsy nentanin-javatra hafa afa-tsy ny tahotra ihany. Tsy nandaitra na tamin' ny fony na tamin' ny fiainany ny fanekeny ny finoana. Rehefa tsy tonga ny toe-javatra nandrasany, dia nilaza ireo olona ireo fa tsy diso fanantenana izy tsy akory ; tsy nino mihitsy izy fa ho avy i Kristy. Anisan' ny voalohany nanaraby ny alahelon' ireo mpino marina izy ireo.

Fa i Jesosy kosa sy ireo tafiky ny lanitra manontolo dia nijery tamim-pitiavana sy fangorahana ireo nosedraina sy nijanona ho mahatoky nefa diso fanantenana. Raha nakipaka ny efitra lamba mampisaraka izao tontolo izao hita maso sy ny tsy hita maso, dia ho hita ireo anjely nanatona akaiky ireo fanahy nijoro ka niaro azy tsy ho tratry ny zana-tsipikan' i Satana.

**Fanamarihana**

1 2 Tes. 2 : 3
2 Bodista : mpivavaka amin'i Boudha , andriamanitra
3 Tartary : firenena mpiady avy any Azia Afovoany na Tatary
4 Mat. 21 : 8 - 16
5 2Pet.3:3,4
6 Mat.24 : 36
7 1 Tes. 5 : 2 , 5
8 Isa. 66 : 5

# 21

## *Hafatra fampitandremana notsipahina*

Tamin' i William Miller sy ireo namany nitory ny fampianarana momba ny fiavian' i Kristy fanindroany dia ny hampifoha olona hiomana ho amin' ny fitsarana no hany zavatra nilofosany. Niezahany ny hanaitra ireo mpampianatra fivavahana ho amin' ny tena fanantenan' ny fiangonana sy ho amin' ny ilany fanandramana Kristiana lalindalina kokoa; niasa koa izy ireo mba hanaitra ireo tsy voaova fo amin' ny adidiny hibebaka avy hatrany sy hiverina amin' Andriamanitra. «Tsy niezaka mihitsy hitaona ny olona hanaraka antoko na sampam-pinoana izy. Noho izany dia niasany avokoa ny antokompivavahana sy ny sampana rehetra misy, ary tsy nisalovana teo amin' ny fandaminana na ny fiezahana teo amin' izy ireo izy».

«Teo amin' ny asako rehetra», hoy Miller, «dia tsy nanampaniriana mihitsy na nieritreritra akory ny hanangana na inona na inona izay hanana endrika ho toy ny fisarahana amin' ny antokompinoana efa nisy aho, na hanasoa ny iray nefa hahavoa ny hafa. Ny hanasoa ny rehetra no noheveriko. Heveriko fa raha miravoravo avokoa ny Kristiana rehetra eo am-pibanjinana ny fiavian' i Kristy, ary ireo izay tsy mitovy fihevitra amiko dia mbola ho tia ihany izay manaiky ity fampianarana ity, dia ataoko fa tsy misy ilana mihitsy ny hanaovana fivoriana mitokana. Ny tena zava-kendreko dia ny hanova fanahy ho an' Andriamanitra, ny hilaza amin' izao tontolo izao ny amin' ny fitsarana ho avy sy ny hitarika ny mpiara-belona amiko hanomana ny fony mba hahazoany mihaona amin' Andriamaniny amim-piadanana. Ny ankabeazan' ireo izay niova fo noho ny asa nataoko dia niray tamin' ireo fiangonana samihafa efa nisy azy». — *Bliss,* p. 328.

Raha mbola nanatevina ny fiangonana ny asany, dia nankasi-trahana nandritra ny fotoana fohy. Nefa kosa rehefa nanapa-kevitra ny hanohitra ny fampianarana momba ny fiavian' i Kristy ny mpitandrina sy ireo mpitarika

ara-pivavahana ka ta-hanafoana ny fanetsiketsehana rehetra momba an' io foto-kevitra io dia tsy noteheriny fotsiny avy eny amin' ny polipitra izany, fa tsy nomeny koa ireo mambra tao amin' ny fiangonana ny tombon-tsoa hanatrika ny fitoriana ny amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany, eny, fa na dia ny miresaka ny amin' ny fanantenany mandritra ny fivoriampiangonana hifanakalozan-kevitra aza. Noho izany dia tojo fisedrana mafy sy fahaverezan-kevitra be ny mpino. Tiany ny fiangonany ary nalaina ny hisaraka taminy izy; nefa kosa rehefa hitany fa nolavina ny fanambarana avy amin' Andriamanitra sy nofoanana ny zony hanadihady ny faminaniana dia tsapany fa nandrisika azy tsy hilefitra ny fahatokiany an' Andriamanitra. Tsy azony nekena ho anisan' ny fiangonan' i Kristy izay «andry sy fiorenan' ny fahamarinana» ireo izay nitady hitsipaka ny fanambaran' ny tenin' Andriamanitra. Noho izany dia azony nohamarinina ny fisarahany tamin' ny fikambanana nisy azy teo aloha. Tamin' ny fahavaratry ny 1844 dia sahabo ho iray hetsy no niendaka tamin' ny fiangonany.

Tokony ho tamin' io fotoana io dia nisy fiovana mazava hita teo amin' ny ankabeazan' ny fiangonana nanerana an' i Etazonia. Nandritra ny taona maro no efa nisy fitomboana niandalana nefa tsy niato ho amin' ny fanarahana ny fanao sy ny fomban' izao tontolo izao ary niara-dalana tamin' izany dia nitambotsotra ny tena fiainana ara-panahy marina; tamin' io taona io kosa dia hita nibaribary ny fisian' ny fihemorana tampoka sy niavaka saiky tao amin' ny fiangonana rehetra tany Etazonia. Toa tsy nisy afaka nilaza izay tena antony fa niharihary ny zava-misy ary namakafaka momba izany na ny gazety na ny teny amin' ny polipitra.

Tao amin' ny fivorian' ny Synoda tany Philadelphia, Andriamatoa Barnes, ilay nanoratra hevi-teny maro ary mpitandrina tao amin' ny anankiray tamin' ny fiangonana lehibe tao amin' io tanàna io, dia nilaza fa nandritra ny roapolo taona naha-mpitandrina azy, ka hatramin' ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo farany, dia mbola tsy nanao io fanompoam-pivavahana io izy, ka tsy nisy olona vaovao, maro na vitsy, niditra ho anisan' ny fiangonana. Fa ankehitriny kosa tsy misy fifohazana, tsy misy fiovam-po, tsy misy fitomboan' ny fahasoavana hita eo amin' ny mpampianatra, ary tsy misy tonga ao amin' ny biraony hiresaka momba ny famonjena ny tanahiny. «Miaraka amin' ny fandrosoan' ny raharaha sy ny ho avy mamirapiratry ny varotra sy ny fanaovan-taozavatra, dia mitombo koa ny toe-tsaina araka izao tontolo izao.Ary toy izany amin' ny antokompinoana rehetra»Congregational Journal, 23 Mey, 1844.

Tamin' ny volana Febroary tamin' io taona io ihany, dia izao no nambaran' ny Profesora Finney tao amin' ny kolejy Oberlin: «Efa zava-misy mazava ao an-tsaintsika fa ny ankabeazan' ny fiangonana Protestanta eto amin' ny tanintsika, dia, na ts.y rototra na maneho fankahalana, saika eo

anoloan' ny fanavaozana ara-panahy rehetra misy amin' izao fotoana izao. Misy izay maningana, nefa ankavitsiana ireny ka tsy mandiso ny filazana fa ny ankamaroany no toy izany. Misy zavatra hafa manantitrantitra izany koa dia izao: ny tsy ahitana na aiza na aiza hery miasa mangina hampifoha ny fiangonana. Saiky mahavoa ny rehetra ny tsy firaihana ara-panahy, ary lalina dia lalina izany ka mampahatahotra; izany no ambaran' ny lahatsoratra mikasika hy ara-pivavahana eto amin' ny tanintsika manontolo. . . Hatraiza hatraiza ny mambran' ny fiangonana dia lasa mpanenjidamaody, mifandray tanana amin' ny tsy manana an' Andriamanitra eo amin' ny korana itadiavam-pahafinaretana, eo amin' ny dihy aman-danonana isan-karazany, sns. . . Nefa aoka tsy hivalampatra amin' io lohahevitra mampalahelo io isika. Ampy ny porofo mihamatevina sy mavesatra, mitatao eo amintsika, mba hanehoana mazava faamin' ny ankapobeny dia milotongana amin' ny fomba mampalahelo ny fiangonana. Lasa lavitra dia lavitra ny Tompo izy, ary dia niala koa ny Tompo».

Izao no nambaran» ny mpanoratra iray ao amin' ny gazety (Religious Telescope) : «Tsy mbola nahita mihitsy fitotonganana ankapobeny eo amin' ny ara-pivavahana toy ny ankehitriny isika. Rariny dia rariny tokoa raha mifoha ny fiangonana, ka hikaroka ny anton' izao zava-mampahory izao; satria izay rehetra tia an' i Ziona dia hihevitra izany ho zava-mampahory. Rehefa mby ao an-tsaina fa mihavitsy sy miha-mahalana ny fibebahana marina etsy andaniny, ary etsy ankiiany ny toetry ny mpanota feno hasahiana sy mafy fo, dia mila ho loa-bolana tsy nahy ny tena hoe : «Efa nanadino ny hamindra fo va Andriamanitra?» na «efa mikatona ve ny varavarampahasoavana?»

Na oviana na oviana misy toe-javatra toy izany dia avy ao amin' ny fiangonana ihany ny antony. Ny niavian' ny haizina ara-panahy izay manarona ny firenena, ny fiangonana sy ny isam-batan' olona, dia tsy noho Andriamanitra manaisotra tsy an-drariny ny fanampiana avy amin' ny fahasoavany tsy akory, fa noho ny tsirambina sy ny fandavan' ny olona ny fahazavana avy amin' Andriamanitra. Misy ohatra manaitra mampisongadina io fahamarinanana io aseho ao amin' ny tantaran' ny vahoaka jiosy tamin' ny andron' i Kristy. Ny fimatimatesany tamin' izao tontolo izao sy ny fanadinoany an' Andriamanitra sy ny teniny, no nahamaizina ny sainy, sy nahatonga ny fony hirona tamin' ny nofo sy ny filana. Noho izany dia tsy fantany ny momba ny fiavian' ny Mesia, ka ny avonavony sy ny tsy finoany no nahatonga azy handà ny Mpanavotra. Na dia tamin' izany aza dia tsy nosakanan' Andriamanitra ny firenena Jiosy tsy hahalaia na tsy handray anjara amin' ny fitahian' ny famonjena. Nefa kosa ireo izay nandà ny fahamarinanana dia very tsy nanam-paniriana intsony handray ny fanomezan' ny lanitra. Nanao ny «maizina ho mazava izy ary ny mazava ho maizina»,

mandra-pahatongan' ny mazava tao aminy ho haizina; ary nikitroka manao ahoana izany haizina izany!

Mifanaraka amin' ny tetik' i Satana ny hitazonan' ny olona ny endrika ivelan' ny fivavahana raha tsy ao ny tena toe-panahy araka an' Andriamanitra mitondra aina. Rehefa nolavin» ny Jiosy ny filazantsara dia notohizany tamin-kafanam-po ireo fombampivavahany fahiny, ary mainka nahasarotiny azy ny fiarovany ny toetra mampiavaka ny fireneny, nefa ny tenany aza tsy maintsy niaiky fa tsy niseho teo aminy intsony ny fanatrehan' Andriamanitra. Nanondro tsy nisy diso mihitsy ny fotoana hiavian' ny Mesia ny faminanian' i Daniela ary nambarany tamin' ny fomba mivantana ny fahafatesany, hany ka nataon' izy ireo izay tsy handinihany io boky io, ary farany dia nanozona izay rehetra nanandrana manao adi-marika momba ny fotoan' andro ny raby. Noho ny fahajambana sy ny fahamafisam-po dia tsy niraika tamin' ny fanomezana maimaimpoana ny famonjena ny vahoaka Isiraely nandritra ny taonjato nifandimby, tsy niraharaha ny fitahiana avy amin' ny filazantsara izay hafatra mampieritreritra sy mahatahotra mampitandrina ny amin' ny loza ateraky ny fandavana ny fahazavana avy any an-danitra. Na oviana na oviana misy antony mitovy, dia mitovy koa ny vokatra miseho. Amin' ny farany, izay minia mampangina ny fahatsapana adidy satria manakantsakana ny fironany izany dia tsy hanan-kery intsony hoenti-manavaka ny marina sy ny diso. Mihamaizina ny saina, mihadombo ny feon' ny fieritreretana, mihamafy ny fo, ary tafasaraka amin' Andriamanitra ny fanahy. Amin' ny toerana izay anamavoana na anamaivanana ny hafatry ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra, dia ho saron' ny haizina ny fiangonana; hihamangatsiaka ny finoana sy ny fitiavana ka hiditra ny fihafahafana sy ny tsy fifanarahana. Ny mambran' ny fiangonana dia mampifantoka ny fitiavany sy ny herimpony eo amin' ny fanarahana an' izao tontolo izao ka hanamafy ny fony tsy hibebaka ny mpanota.

Ny hafatry ny anjely voalohany ao amin' ny Apokalypsy 14, izay manambara fa tonga ny andro fitsaran' Andriamanitra ka miantso ny olona hatahotra Azy sy hiankohoka eo anatrehany dia nokendrena hampisaraka ny vahoaka misora-tena ho an' Andriamanitra amin' ny hery manimba miasa mangina avy amin' izao tontolo izao sy hampifoha azy hijery ny tena toetrany marina izay fatra-mpitia an' izao tontolo izao sy ny fihemorana mahazo azy. Fampitandremana no nalefan' Andriamanitra ho an' ny fiangonana ao amin' io hafatra io izay, raha noraisina, dia ho nanitsy ny ratsy izay nampisaraka azy ireo taminy. Raha nekeny ny hafatra avy any an-danitra, ka naetriny teo anatrehan' i Jehovah ny fony ary nitady marina ny hiomana hijoro eo anatrehany izy, dia ho niseho teo aminy ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra. Ho tody indray teo amin' ny fahasambarany noho ny firaisana, ny finoana sy ny fitiavana izay nisy tamin' ny andron'

ny apostoly ny fiangonana, fony ny mpino «niray fo sy fanahy» ka «nitory ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahasahiana», fony «ny olom-bonjena nanampin' ny Tompo isan' andro ho isany» [1].

Raha raisin' ny vahoaka milaza fa an' Andriamanitra ny fahazavana rehefa miposaka aminy avy tamin' ny tenin' Andriamanitra, dia ho tratrany ny firaisana izay nangatahan' i Kristy tamin' ny fivavahany, ilay soritan' ny apostoly hoe : «firaisana avy amin' ny Fanahy amin' ny fehim-pihavanana». «Iray ny tena», hoy izy. «ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anareo ho amin' ny fanan-tenana iray momba ny fiantsoana anareo; iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa» [2].

Izany no vokatra feno fitahiana niainan' ireo izay nanaiky ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy. Avy tamin' ny antokompinoana samihafa izy ireo, ary nirodana tamin' ny tany ireo fefy teo amin' ny antokoni-pivavahana nisy azy; notorotoroina ny fampianaram-pinoana nifanolanana; nialana ny fanantenana tsy araka ny Soratra Masina momba ny arivo taona eto an-tany, namboarina ny fomba fijery diso momba ny fiavian' i Kristy fanindroany, nailika ny avonavona sy ny fanarahana an' izao tontolo izao; nahitsy ny meloka; ny fo nampiraisina teo amin' ny fiaraha-miaina mamy indrindra, ary nanjaka tanteraka ny fitiavana sy ny fifaliana. Raha izany no vokatr' io fanipianarana io tamin' ireo olom-bitsy nandray azy, dia ho izany koa no ho vokatra naterany, raha ny rehetra no nandray azy.

Nefa tsy nanaiky ny hafatra fampitandremana ny ankabeazan' ny fiangonana. Ireo mpitandrina, izay notendrena ho «mpitily ho an' ny zanak' Isiraely» no tokony ho voalohany nahatsikaritra ireo fanam-barana ny fiavian' i Jesosy, nefa tsy nahalala ny fahamarinana ireo na izay avy amin' ny teny vavolombelona nomen' ny mpaminany na izay avy amin' ny famantarana ny fotoan' andro. Noho ny fanantenany sy ny hambom-pony araka izao tontolo izao nameno ny fony, dia nihamangatsiaka ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny finoana ny teniny; ary rehefa naseho ny fanipianarana momba ny fiavian' i Kristy dia tsy niteraka afa-tsy fanoherana sy tsy finoana izany. Satria olon-tsotra no nitory ny hafatra, teo amin' ny ankapobeny, dia noraisina ho antony mavesa-danja hoenti-manohitra azy izany. Toy ny fahiny, dia nasetry ny fanambaran' ny tenin' Andriamanitra ny fanontaniana hoe : «Moa nisy Mpanapaka na fariseo mba nino va?» Ary rehefa hita ny mahasarotra ny fanoherana ireo fonjan-kevitra nosintonina avy tamin' ny fotoan' andro ao amin' ny faminaniana, dia maro ireo izay nanakivy tsy handinihana ny faminaniana, ary nampianatra fa voaisy tombo-kase ny boky mikasika ny faminaniana ka tsy mety ho tratry ny saina. Marobe ny olona, izay natoky an-jamba ireo mpitandrina azy ka nandà ny hihaino ny hafatra fampitandremana; ary ny sasany kosa, na dia resy lahatry ny fahamarinana aza,dia tsy sahy niaiky izany, «fandrao havoaka hiala amin' ny synagoga».

Nasehon' ny hafatra izay nalefan' Andriamanitra hisedrana sy hanadiovana ny fiangonana mazava loatra tamin' ny rehetra fa betsaka tokoa ny isan' ireo izay nametraka ny fitiavany teto amin' ity izao tontolo izao ity toy izay teo amin' i Kristy. Mafy noho izay nanintona azy hiakatra ho any an-danitra ny fatorana nitana azy teto an-tany. Naleony nihaino ny feon' ny fahendren' izao tontolo izao ka dia nihodina niala tamin' ny hafatry ny fahamarinana izay mamantatra ny fo.

Tamin' ny nandavan' izy ireo ny hafatra fampitandreman' ny anjely voalohany, no nitsipahany ny fomba efa nomanin' ny lanitra hanavaozana azy ireo indray. Nohamavoiny ilay mpitondra hafatra feno fahasoavana izay ho nanitsy ny ratsy nampisaraka azy tamin' Andriamanitra, ka niezaka bebe kokoa izy hitady ny fisakaizana tamin' izao tontolo izao. Izany no nahatonga ny toetra nampanahy nananan' ny fiangonana tamin' ny 1844 teo amin' ny fanarahana an' izao tontolo izao, ny fihemorany sy ny fahafatesany ara-panahy.

Ny anjely voalohany ao amin' ny Apokalypsy 14 dia narahin' ny faharoa izay nitory hoe:«Rava ! rava Babylona lehibe ! izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain' ny fahatezerana noho ny fijangajangany»[3]. Ny teny hoe «Babylona» dia avy amin' ny hoe «Babela». ary fisavorovoroana no dikany. Ampiasaina ao amin' ny Soratra Masina izany mba hilazana ireo endrika samihafa isehoan' ny fivavahana diso na nihemotra. Ao amin' ny Apokalypsy 17 Babylona dia aseho toy ny vehivavy ohatra ampiasaina ao amin' ny Baiboly izany ho tandindon' ny fiangonana, ny vehivavy tsara toetra dia mampiseho fiangonana madio, ary ny vehivavy ratsy toetra kosa dia fiangonana mihemotra.

Ao amin' ny Baiboly dia aseho amin' ny alalan' ny firaisan' ny fanambadiana ny fifandraisana masina sady maharitra misy eo amin' i Kristy sy ny fiangonana. Nampiraisin' ny Tompo taminy tamin' ny alalan' ny fanekena mavesa-danja ny vahoakany, ka Izy nampanantena fa ho Andriamaniny, ary iretsy kosa nanome toky fa ho Azy irery ihany. Hoy Izy : «Ary hofofoiko ho vadiko amin' ny rariny sy ny hitsiny ary amin' ny fitiavana sy ny indrafo ianao» [4]. Ary koa : «Izaho no vadinareo»[5]. Ampiasain' i Paoly koa io fomba fitenenana io ao amin' ny Testamenta Vaovao raha hoy izy hoe : «Fa nataoko fofombadin' ny lehilahy iray ianareo, mba hatolotra tahaka ny virijina madio ho an' i Kristy»[6].

Ny tsy fahatokisan' ny fiangonana izay miseho amin' ny nampialany tamin' i Kristy ny fitokisany sy ny fitiavany,sy amin' ny namelany ny fitiavana ny zavatra momba an' izao tontolo izao hibahana ao amin' ny fanahy, dia ampitahaina amin' ny fanitsakitsahana ny voadim-panambadiana. Aseho amin' io sary io ny fahotan' Isiraely tamin' ny nialany tamin' i Jehovah; ary aseho amin' ny fomba mampihetsi-po ny fitiavan' Andriamanitra mahagaga izay nohamavoin' izy ireo toy izany hoe : «Nianiana taminao

Aho ka nanao fanekena taminao, hoy Jehovah Tompo, ka dia efa Ahy ianao». «Ary efa nihatsara tarehy dia tsara tarehy ianao sady nambinina ho miendrik' andriana. Ary dia niely tany amin' ny jentilisa ny lazanao noho ny hatsaran-tarehinao, . . . kanjo natoky ny hatsaran-tarehinao ianao ka nijangajanga noho ny lazanao». «Kanefa toy ny vehivavy misintaka miala amin' ny lahy, dia toy izany koa no nisintahanareo niala tamiko, ry taranak' Isiraely, hoy Jehovah». «Ny vadin' olona mijangajanga dia maka olon-kafa ho solon' ny vadiny ! » [7]

Ao amin' ny Testamenta Vaovao dia misy teny mitovy amin' izany atao amin' izay milaza ny tenany ho Kristiana nefa mitady fisakaizana amin' izao tontolo izao fa tsy mba ny fankasitrahan' Andriamanitra. Hoy ny apostoly Jakoba : «Ry mpisintaka mijangajanga, tsy fantatrareo va fa fandrafiana an' Andriamanitra ny fisakaizana amin' izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho sakaizan' izao tontolo izao dia fahavalon' Andriamanitra izy» [8]. Ilay vehivavy (Babylona) ao amin' ny Apokalypsy 17 dia lazainy fa «nitafy lamba volomparasy sy jaky ary niravaka volamena sy vatosoa ary perila sady nitana kapoaka volamena teny an-tanany, feno zava-betaveta, ary nisy anarana voasoratra teo amin' ny handriny nanao hoe : «Zava-miafina, Babylona lehibe, Renin' ny mpijangajanga». Hoy ny mpaminany : «Ary hitako fa, indro, ravehivavy dia leon' ny ran' ny olona masina sy ny ran' ny maritioran' i Jesosy». Lazaina etsy ambany fa «tanàna lehibe, izay manjaka amin' ny mpanjakan' ny tany i Babylona»[9]. Ny fahefana izay nanapaka tamin' ny fomba tsy refesimandidy nandritra ny taonjato maro tamin' ireo mpanjaka kristiana dia i Roma. Ny loko volomparasy sy jaky, ny volamena sy ny vatosoa sy ny perila, dia fampisehoana velona ny rentirenty sy ny fisehoana manoatra noho ny an' ny mpanjaka hita ao Roma feno rehareha. Ary tsy misy fahefana hafa azo lazaina marina fa «Ieon' ny ran' ny olona masina» noho io fiangonana io izay nanenjika ny mpanaraka an' i Kristy tamin' ny fahasiahana tsy nanam-paharoa. Ampangaina koa i Babylona noho ny fahotany tamin' ny nifandraisany tsy ara-dalàna tamin' ireo «mpanjakan' ny tany». Ny fisarahan' ny fiangonana jiosy tamin' i Jehovah, ny fikambanany tamin' ny jentilisa no nahatonga ny fiangonana jiosy ho mpijangajanga, ary meloka koa i Roma, noho ny nandotoany ny tenany toy izany tamin' ny nitadiavany ny fanohanan' ireo fahefana araka izao tontolo izao.

Lazaina fa «Renin' ny mpijangajanga» i Babylona. Ny zananivavy izany dia ampoizina fa mampiseho ara-tandindona ireo fiangonana izay mifikitra amin' ny fampianarany sy ny lovan-tsofiny, ka manaraka ny ohatra nomeny tamin' ny fanaovana sorona ny fahamarinana sy ny fankasitrahan' Andriamanitra, mba hanaovany fikambanana tsy ara-dalàna amin' izao tontolo izao. Ny hafatra ao amin' ny Apokalypsy 14, izay manambara ny fahalavoan' i Babylona dia ampiharina amin' ireo fivavahana izay nadio teo aloha nefa

tonga maloto ankehitriny. Koa satria manaraka ny fampitandremana momba ny fitsarana ity hafatra ity, dia tsy maintsy torina amin' ny andro farany, noho izany dia tsy azo hampiharina amin' ny Eglizin' i Roma irery izy. satria efa an-jato taonany maro no efa teo am-pahalavoana io fiangonana io. Ankoatr' izany, ao amin' ny toko fahavalo ambin' ny folo ao amin' ny Apokalypsy, dia antsoina ny vahoakan' Andriamanitra hivoaka avy ao Babylona. Araka io teny io, dia betsaka ny olon' Andriamanitra no mbola ao Babylona. Ary fivavahana inona no ahitana ny ankabeazan' ireo mpanaraka an' i Kristy ankehitriny? Tsy isalasalana, fa eo amin' ireo fiangonana samihafa izay milaza ny tenany ho nandray ny finoana protestanta. Tamin' ny fotoana izay nitsanganany, ireny fiangonana ireny dia nijoro tamin' ny fomba mendrika ho an' Andriamanitra sy an' ny fahamarinana, ary nomba an' izy ireo ny fitahiany. Na dia izao tontolo izao tsy nino aza dia voatery nanaiky ny tombon-tsoa miaraka amin' ny fanekena ireo fotokevitry ny filazantsara. Hoy ny tenin' ny mpaminany tamin' Isiraely: «Ary dia niely tany amin' ny jentilisa aza ny lazanao noho ny hatsaran-tarehinao; fa tanteraka izany noho ny voninahitro izay nataoko taminao, hoy Jehovah Tompon' ny maro». Nefa lavo izy noho io faniriana izay nahatonga ozona sy faharavana tamin' ny Isiraely io — dia ny faniriana haka tahaka ny fomba amam-panaon' ny tsy manana toe-panahy araka an' Andriamanitra sy ny fisangisangiana hila sitraka aminy. «Kanjo natoky ny hatsaran-tarehinao ianao ka nijangajanga noho ny lazanao»[10].

Betsaka ireo fiangonana Protestanta no manahaka ny ohatr' i Roma amin' ny fifandraisany mahadiso amin' ireo mpanjakan' ny tany — ireo fiangonam-panjakana, amin' ny fifandraisany amin' ny fitondram-panjakana ara-politika, ary ireo antokom-pivavahana hafa, amin' ny fitadiavany ny fankasitrahan' izao tontolo izao. Koa azo ampiharina amin' ireo antokom-pivavahana ireo koa ny teny hoe «Babylona» fisavorovoroana — dia amin' izay rehetra milaza fa manovo ny fampianarana avy amin' ny Baiboly, nefa misaratsaraka ho sampana mila ho tsy hita isa, samy manana finoana mifanalavitra sady mifanolana.

Ankoatry ny firaisany feno fahotana amin' izao tontolo izao, dia manana toetra hafa itoviany aminy ireo fiangonana nisaraka tamin' i Roma.

Misy boky katolika Romana iray manantitrantitra fa «raha ny Eglizin' i Roma no melohina fa manompo sampy amin' ny fifan-draisany amin' ireo olo-masina, dia meloka toy izany koa ny Fiangonana Anglikana, izay manana fiangonana folo voatokana ho an' i Maria isaky ny fiangonana iray natokana ho an' i Kristy». Richard Challoner, *The Christian Catholic Instructed,* Fitarihan-teny, p. 21-22.

Ary izao no ambaran'i Hopkins, lehilahy manampahaizana ao amin' ny «Dinika momba ny arivo taona». «Tsy misy antony hiheverana fa voafetra' ao amin' izay antsoina hoe Eglizin' i Roma ihany ny toe-tsaina sy fomba araka ny

antikristy. Ny fiangonana Protestanta dia ahitana toe-tsaina antikristy betsaka, ary lavitra ny ho voaova tanteraka ho afaka amin' ny . . . fahalotoana sy ny faharatsiana». — Samuel Hopkins, Cisa, boky faha — 2, p. 328.

Izao no nosoratan' i Guthrie, olo-manampahaizana, mikasika ny fisarahan' ny fiangonana Anglikana tamin' i Roma: «Telonjato taona lasa izay no nandrosoan' ny fiangonantsika nivoaka ny vavahadin' i Roma, nanana ny Baiboly mivelatra sy izao baiko izao : «Diniho ny Soratra Masina» teo amin' ny fanevany. Dia izao no fanontaniana mahavelona eritreritra napetrany : «Moa ve nivoaka madio avy tao Babylona izy?» — Thomas Guthrie. *The Gospel in Ezechiel,* p. 237.

«Ny Fiangonana Anglikana, hoy i Spurgeon, dia toa babon' ny fampianarana miantehitra be dia be amin' ny sakramenta, nefa ireo fiangonana niendaka taminy koa dia voarotidrotiky ny tsy finoana vokatry ny filozofia. Miala tsirairay amin' ny fototry ny finoana ireo izay noheverintsika fa fatratra indrindra. Araka ny fiheverako, ny ati-fon' i Angletera dia kikisan' ny tsy finoana mahameloka, izay mbola sahy miakatra polipitra ihany ary nilaza ny tenany ho kristiana».

Inona no nahatonga ilay fihemorana lehibe? Ahoana no fomba nialan' ny fiangonana voalohany tamin' ny fahatsoran' ny filazan-tsara? Tamin' ny fanarahana ny fomba amam-panao jentilisa, mba hahamora ny fandraisan' izy ireo ny fivavahana kristiana. Hoy ny Apostoly Paoly, na dia tamin' ny androny aza : «Fa miasa sahady ny zava-miafina, dia ny tsy fankatoavan-dalàna»[11]. Nandritra ny nahaveloman' ny apostoly dia nitoetra ihany tamin» ny fahadiovana ny fiangonana. Fa ny tapany farany tamin ny taonjato faharoa kosa dia naka endrika vaovao ny ankabeazan' ny fiangonana; nanjavona ilay fahatsorana voalohany, ary niandalana teny, rehefa natelin' ny fasana ireo mpianatra tranainy, dia nandimby azy ny zanany niara-dalana tamin' ireo olona vao notaomina ka nanome endrika vaovao ny fiangonana». Robert Robinson. *Ecclesiastical Researches,* toko 6, fizarana 17, p. 51. «Mba hahazoana olona hanatona, dia naetry ireo fepetra ambonin' ny finoana kristiana, ary ho vokatr' izany dia nitosaka tao amin' ny fiangonana ny riakan' ny fanompoan-tsampy, ka nitondra niaraka taminy ny fomba amampanaony sy ny sampiny». Gavazzi, Lectures, p. 278. «Rehefa nahazo ny fankasitrahana sy ny fanohanan' ny mpifehy ara-nofo ny fivavahana kristiana, dia neken' ny marobe teo am-bava fotsiny izany; tamin' ny ivelany dia Kristiana izy ireny, nefa maro no nijanona ho tena mpanompo sampy tao anaty, indrindra'tamin' ny fiankohofany mangingina tamin' ny sampiny» — *Ibid,* p. 278.

Moa ve tsy niverina io fomba io saiky tao amin' ny fiangonana rehetra izay nilaza azy ho Protestanta? Rehefa lasa ireo mpanorina ny finoana dia ireo izay tena nanana ny toe-tsaina fanavaozana marina, dia nandimby azy ireo

taranany ka «nanome endrika vaovao ny fiangonana». Nifikitra an-jambany tamin' ny finoan' ireo razany ny zanaky ny mpanavao fivavahana ary nandà ny hanaiky ny fahamarinana ankoatr' izay efa hitan' ireny, nefa nialany lavitra ny ohatry ny fanetren-tenany, ny fahafoizan-tenany sy ny fandavany an' izao tontolo izao. Toy izany no «nanjavonan' ilay fahatsorana voalohany». Nitosaka sy nanafotra ny fiangonana ny riakan' izao tontolo izao ary nentiny niaraka taminy «ny fomba amam-panaony sy ny sampiny».

Indrisy fa nitatra tamin' ny fomba mampahatahotra io fisakaizana amin' izao tontolo izao io izay «fandrafiana an' Andriamanitra» ary ankamamian' ireo izay milaza ny tenany ho mpanaraka an' i Kristy ankehitriny! Manao ahoana ny fanalaviran' ny fiangonan' ny besinimaro manerana ny firenena Kristiana ny filamatry ny fanetrentena, fahafoizan-tena, fahatsorana sy toe-panahy araka an' Andriamanitra omen' ny Baiboly! Hoy John Wesley raha niteny ny fomba fampiasana tsara ny vola izy : «Aza mandanilany foana io talenta sarobidy io amin' ny fanomezana fahafaham-po ny fanirian' ny maso, amin' ny fitafiana haitraitra sy ambony vidy mihoapampana, na ny ravaka tsy ilaina. Aza mandany vola foana amin' ny fanaingoana ny tranonao amin' ny zavatra tsy fahita firy ka mahasarika ny fijery, amin' ny fanaka marevaka na lafo vidy, amin' ny sary hosodoko, na an-kosobolamena lafo vidy . . . Aza mampidera na inona na inona ho fanomezana fahafaham-po ny rehaka momba izao fiainana izao, ny hahazo laza amandera avy amin' ny olona . . . «Raha mbola «mitafy volomparasy sy rongony madinika ianao» sy manao hanimpitoloha isan' andro, dia tsy isalasalana fa maro no hankalaza ny fahaizanao mitia zavatra, ny fahalalahantananao sy ny fahaizanao mandray olona. Nefa dia aza vidin-dafo loatra ny fankalazan' ny olona. Aleo aza mifaly amin' ny voninahitra avy amin' Andriamanitra». Wesley, Works, toriteny faha-50, «Ny fampiasana ny vola». Amin' ny fiangonana maro amin' izao androntsika izao anefa dia tsy raharahaina ny fanipianarana toy izany.

Zary maro mpitia eo amin' izao tontolo izao ny fisehoana ivelany ho mpivavaka. Miditra ho anisan' ny fiangonana ny mpitondra, ny mpanao politika, ny mpisolovava, ny dokotera, ny mpivarotra mba hananany zo amankaja amin' ny tany ama-monina sy hahazoany ny fitokisany ka hampandroso ny tombon-tsoan' ny tena eo amin' izao tontolo izao. Toy izany no iezahany hanarontsarona ny tsy an-drariny ataony amin' ny kapaotin' ny mahakristiana azy. Ireo antokom-pivavahana samihafa, izay nahazo hery tamin' ny alalan' ny harena sy ny fahefan' ireny olon' izao tontolo izao natao batisa ireny, dia vao mainka koa miezaka mafy ho mamim-bahoaka sy hanana mpiaro. Fiangonana marevaka, haingoana amin' ny fomba tafahoatra ny mety no atsangana eo an-tsisin' ny arabe malaza. Miraratra amin' ny «fitafiana lafo vidy sy ara-damaody» ny mpivavaka. Karama be no aloa mba hahazoana

mpitandrina manan-talenta hamalifaly sy hanintona ny olona. Tsy mahazo manohintohina ny fahotan' ny besinimaro ny toriteniny fa asaina manao teny malefadefaka sy mahafinaritra ny sofin' ny olona ambony izy. Toy izany no anoratana ao amin' ny bokim-piangonana ireo mpanota ambony karazana, ary anafenana ireo fahotana «ara-damaody» amin' ny endriky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra.

Hoy ny filazan' ity gazetin' izao tontolo izao malaza anankiray raha namakafaka ny amin' ny toetry ny kristiana ankehitriny izy : «Nilefitra miandalana tamin' ny toe-tsaina misy amin' izao fotoana izao ny fiangonana ka nampifanaraka ny endriky ny fanompoampivavahana ao aminy amin' izay ilain' ny fiainana moderna». «Ampiasain' ny fiangonana ho fitaovana avokoa izao ny zavatra rehetra izay mahatonga ny fivavahana ho mahasarika». Ary toy izao no lazain' ny mpanoratra ao amin' ny «Independent» any New-York mikasika ny toetoetry ny fivavahana metaodista ankehitriny : «Manjavona ao anatin' ny aloka somambisamby ny tsipika mampisaraka ny manana an' Andriamanitra sy ny tsy mivavaka, ary amin' ny andaniny sy ny ankilany dia misy olona mafana fo milofo mafy hikosoka ny fahasamihafana rehetra amin' ny fomba fihetsiny sy ny fomba fitadiavany fahafinaretana». «Mamim-bahoaka ny fivavahana ka mahatonga ny isan' ireo izay mitady ny tombon-tsoa avy aminy nefa tsy miatrika marina ny andraikitra momba azy hitombo be dia be».

Hoy i Howard Crosby : «Zavatra mahalasa eritreritra lalina ny ahitantsika ny fiangonan' i Kristy izay tsy mahatanteraka afa-tsy sombiny kely foana ny fikasan' ny Tompony. Tahaka ireo Jiosy fahiny izay namela ny fifankazarany be loatra tamin' ny firenena mpanompo sampy hampisaraka ny fony tamin' Andriamanitra, . . . dia toy izany koa ny fiangonan' i Jesosy ankehitriny, amin' ny alalan' ny fiarahany misalahy tsy araka ny tokony hataony amin' izao tontolo izao tsy mino izy, ka mahafoy ny fomba fiasa avy amin' Andriamanitra ny amin' ny tena fiainany, sady milefitra amin' ny fahazarana manimba na dia manana endrika ho tsara aza fahita eo amin' ny fiaraha-monina tsy misy an' i Kristy, no mampiasa fonjankevitra mitarika ho amin' ny fehin-kevitra tsy hita ao amin' ny fanambarana nataon' Andriamanitra, ary manohitra mivantana ny fitomboan' ny fahasoavana rehetra».*The Healthy Christian: An Appeal to the Church,*p. 141, 142.

Rehefa mitosaka toy izany ny toetra araka izao tontolo izao sy ny fitadiavam-pahafinaretana, dia saiky very tanteraka ny fandavantena ho an' i Kristy sy ny fahafoizana ho Azy. «Misy amin' ireo lehilahy sy vehivavy izay miasa mafy ao amin' ny fiangonana ankehitriny no nobeazina. fony fahazaza, hanao fahafoizan-tena mba hahazoany manome na manao zavatra ho an' i Kristy». Fa ankehitriny kosa raha tsy misy ny vola, ... dia aoka tsy hiantso na iza 11a iza hanome. Tsia ! fa manaova varotra, fampisehoana andampihazo,

fifaninanana hatsikana, fihinanam-be, na tsakitsaky — na inona na inona izay mety ahitan' ny olona fahafinaretana.

Izao no nambaran' ny Governora Washburn tany Wisconsin tamin' ny kabary fanaony isan-taona, tamin' ny 9 Janoary 1873 : Tokony havoaka ny lalàna handrava ny sekoly izay misy mpianatra miloka. Hita hatraiza hatraiza ireny. Na dia ny fiangonana aza, na dia azo antoka fa tsy iniany aza dia hita indrain dray fa manao ny asan' ny devoly. Ny rindran-kira, ny lanonana sy ny antsapaka izay atao indraindray mba hoenti-manana ny asam-piangonana na ny asa soa, nefa matetika kendrena koa ho amin' ny zavatra tsy mendrika. toy ny tombolà, ny fonosana misy valopy mahagaga na tsy misy loka ao anatiny, sns, izay samy fitaka ahazoam-bola nefa tsy misy takalony mifandanja aminy. Tsy misy nampietry ny toetra amam-panahin' ny tanora sy tena fanapoizinana azy tahaka ny fahazoana vola na zavatra tsy avy amin' ny vokatry ny asa nataon' ny tena. Misy olo manankaja manao ireny tsapa vintana ireny, ka mampitony ny feon' ny fieritreretany amin' ny fiheverana fa zava-mendrika no hampiasana ny vola azo amin' izany. fomba izany, koa tsy mahagaga raha matetika loatra ny tanoran' ny firenena no lavo amin' ny fahazarana izay saika azo antoka fa hateraky ny fahamaimaizana vokatr' ireny lalao miankina amin' ny vintana ireny».

Manafotra ny fiangonana manerana ny tany kristiana ny toetsaina mifanaraka amin' izao tontolo izao. Tao amin' ny toriteny iray nataony tao Londres i Robert Atkins, dia nanoritra sary manjombona momba ny fihemorana ara-panahy izay manjaka any Angletera : «mihena ny isan' ny olona tena marina eto an-tany, ary tsy misy ny olona malahelo am-po noho izany. Ny mpampianatra fivavahana amin' izao andro izao, amin' ny fiangonana rehetra, dia tia an' izao tontolo izao, maka tahaka an' izao tontolo izao, fatrampampiadan-tena, ary mitaky haja amam-boninahitra. Nantsoina hiara-miaritra amin' i Kristy izy, nefa na ny fanakianana aza tsy zakany. . . Fihemorana, fihemorana, fihemorana izany no soratra vita sokitra eo amin' ny tavan' ny fiangonana rehetra; ary raha mba fantany manko, na mba tsapany, dia mety hisy fanantenana; nefa indrisy, miantsoantso izy hoe : «Manan-karena sady nihary fananana be aho, ka tsy manan-java-mahory» — Boky momba ny fiavian' i Kristy fanindroany, trakta laharana 39.

Ny fahotana lehibe niampangana an' i Babylona dia izy «nampisotro ny firenena rehetra ny divain' ny fahatezerana nohony fijangajangany». Io kapoaka mahamamo izay atohony an' izao tontolo izao io dia mampiseho fampianaran-diso izay nekeny ho vokatry ny fifandraisany tsy ara-dalàna tamin' ireo olona lehibe teto an-tany. Mandoto ny finoany ny fisakaizany amin' izao tontolo izao, ary amin' ny alalan' ny fampianarany foto-pinoana

izay mifanohitra amin' ny teny voalaza mazava indrindra ao amin' ny Soratra Masina, dia miasa mangina eto an-tany ny heriny.

Nohazonin' i Roma tsy ho eo am-pelatanan' ny vahoaka ny Baiboly ary nasainy nanaiky ny fampianarany ny olona rehetra ho solon' izany. Anjara asan' ny Reformasiona ny namerina indray ny Tenin' Andriamanitra eo amin' ny olona; nefa tsy marina loatra ve fa ampianarina ny olona ao amin' ny fiangonana amin' izao androntsika izao hanankina ny finoany amin' ny fanekem-pinoana amin' ny fampianaran' ny fiangonany toy izay amin' ny Soratra Masina! Hoy i Charles Beecher, raha niteny momba ny fiangonana Protestanta izy : «Mampangorintsina azy ny teny henjana rehetra manohitra izay inoany ary sarotiny amin' izany izy toy ireo rain' ny fiangonana izay nangorintsina raha vao nisy teny mafy natao hanoherana ny fivavahana niseho lany tamin' ny olona masina sy ny maritiora izay nokolokoloiny tamin' izay fotoana izay... Mifamatotra mafy erý ireo fiangonana Protestanta evanzelika hany ka tsy misy azo raisina ho mpitoriteny mihitsy ao aminy, na aiza na aiza, raha tsy manaiky boky hafa ankoatry ny Baiboly.

...Tsy vokatry ny eritreritra fotsiny ny filazana fa manomboka mandrara ny Baiboly izao ny herin' ny fanekem-pinoana tahaka ny nataon' i Roma, na dia amin' ny fomba an-kolaka kokoa aza». — «Toriteny momba ny Baiboly, fanekem-pinoana ampy», natao tao Fort Wayne Indiana, tamin' ny 22 Februoary 1846.

Rehefa misy mpampianatra mahatoky mivaofy ny tenin' Andriamanitra, dia mitsangana ny mpitandrina manam-pahaizana, milaza ny tenany ho mahalala ny dikan' ny Soratra Masina, ka miampanga ny fampianarana marina ho «herezia», ary amin' izany fomba izany dia mampihemotra ireo mikatsaka ny fahamarinana amin' ny fony tokoa. Raha tsy efa tena vonto dia vonton' ny divain' i Babylona izao tontolo izao, dia vahoaka marobe no ho resy lahatra sy ho voaovan' ny fahamarinana tsotra sy maranitra ao amin' ny tenin' Andriamanitra. Nefa toa misavorovoro loatra sy mifanohitra be ihany ny finoana ara-pivavahana hany ka tsy fantatry ny olona intsony izay hinoana ho marina. Eo am-baravaran' ny fiangonana no mipetraka ny fahamelohana noho ny tsy fetezan' izao tontolo izao hibebaka.

Notorina voalohany tamin' ny fahavaratry ny taona 1844 ny hafatry ny anjely faharoa ao amin' ny Apokalypsy 14, ary izany dia nihatra nivantana tamin' ireo fiangonana tany Etazonia, izay toerana efa nitoriana saika hatraiza hatraiza ny hafatra fampitandremana momba ny fitsarana ary nolavin' ny ankabeazan' ny olona koa, ary tany koa no haingana indrindra ny fitotonganan' ny fiangonana. Nefa tsy tonga teo amin' ny fahatanterahany feno tsy akory ny hafatry ny anjely faharoa tamin' ny 1844. Niaina tamin' ny faharavana arapanahy ny fiangonana tamin' izany, ho vokatry ny fandavany ny fahazavan' ny hafatra momba ny fiavian' i Kristy ; tsy mbola tanteraka

anefa izany faharavana izany raha mbola nitohy nandà ireo fahamarinana manokana ho amin' izao andro izao izy dia nidina ambanimbany kokoa hatrany. Nefa na dia izany aza, dia tsy mbola azo lazaina fa «Rava Babylona...izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain' ny fahatezerana noho ny fijangajangany». Tsy mbola nanao izany tamin' nyfirenena rehetra izy. Ny toe-tsaina manahaka an' izao tontolo izao sy tsy miraika amin' ireo fahamarinana hoenti-misedra natao ho amin' izao androntsika izao, dia zava-misy ary nahazo vahana ao amin' ny fiangonana mitana ny finoana Protestanta manerana ny tany kristiana rehetra; ary ireo fiangonana ireo dia voafaoka ao amin' ny fiampangana mampieritreritra sy mahatahotra ataon' ny anjely faharoa. Mbola tsy tonga eo amin' ny fara-tampony anefa ny asan' ny fihemorana.

Lazain' ny Baiboly -fa alohan' ny hiavian' ny Tompo, dia hiasa «amin' ny hery sy ny famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra» i Satana; ary «izay tsy mandray ny fitiavana sy fahamarinana izay hamonjena azy», dia «avela handray ny fahadisoan-kevitra hinoany lainga»[12]. Raha tsy feno io fepetra io, ka tanteraka manerana ny tany kristiana rehetra ny firaisan' ny fiangonana sy izao tontolo izao, dia tsy ho feno ny faharavan' i Babylona. Miandalana ny fiovana, ary mbola ho avy ny fahatanterahana fenon' ny Apokalypsy 14:8.

Na dia eo aza ny haizina ara-panahy sy ny fialana amin' Andriamanitra misy ao amin' ireo fiangonana izay mitambatra ho Babylona, dia mbola ao ihany no ahitana ny ankamaroan' ireo mpanaraka marina an' i Kristy. Betsaka amin' izy ireo no tsy mbola nahita mihitsy ny fahamarinana manokana ho amin' izao andro izao. Tsy vitsy ireo tsy afa-po amin' ny toetrany ankehitriny ary maniry mafy ny hahazo fahazavana bebe kokoa. Mitady ny endrik' i Kristy ao amin' ireo fiangonana izay ifandraisany izy nefa tsy mahita. Rehefa manalavitra bebe kokoa hatrany ny fahamarinana ireo fiangonana ireo, ka miray amin' ny fomba etiety kokoa amin' izao tontolo izao. dia hitombo ny fahasamihafan' ireo antoko roa ireo ary farany dia fisarahana no ho vokany. Ho avy ny fotoana izay tsy ahazoan' ireo tia an' Andriamanitra ambonin' ny zavatra rehetra hijanona intsony eo amin' ireo izay «tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an' Andriamanitra, manana ny endriky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, nefa mandà ny heriny».

Ny Apokalypsy faha-18 dia manondro ny fotoana izay hanatraran' ny fiangonana izay voalazan' ny anjely faharoa, ho fahafenoan' ny vokatry ny fandavana ny hafatra fampitandremana telo sosona ao amin' ny Apokalypsy 14 : 6-12, ary amin' izay fotoana izay dia hantsoina ny vahoakan' Andriamanitra mbola ao Babylona hisaraka tsy hiray aminy. Io no hafatra farany izay homena an' izao tontolo izao, ary hahatanteraka ny asany izany. Rehefa avela hiasan' ny fahadisoan-kevitra hinoany lainga izay rehetra

«tsy nino ny marina, fa nankasitraka ny tsy marina»[13], amin' izay kosa dia hamirapiratra eo amin' izay rehetra manokatra ny fony handray izany ny fahazavan'ny fahamarinana, ary ny zanak' i Jehovah rehetra izay mbola ao Babylona dia hamaly ny antso manao hoe : «Mialà ao aminy ianareo, ry oloko»[14].

**Fanamarihana**

1 Asa 4 : 32, 31 ; 2 : 47
2 Efes. 4 : 3-5
3 Apok. 14 : 8
4 Hos. 2 : 21;
5 Jer. 3 : 14 :
6 2 Kor. 11 : 2
7 Ezek. 16 : 8 , 13 , 15 , 32:
8 Jak. 4 : 4
9 Apok. 17 : 4 - 6, 18
10 Ezek. 16 : 14 , 15
11 2 Tes. 2 : 7
12 2 Tes. 2 : 9 - 11
13 2 Tes. 2 : 12 ;
14 Apok. 18 : 4

# 22

# *Ireo faminaniana tanteraka*

Rehefa lasa ny fotoana izay nanantenana voalohany ny hiavian' ny Tompo tamin' ny lohataonan' ny 1844, dia latsaka nandritra ny fotoana voafetra tao amin' ny fisalasalana sy ny ahiahy ireo izay efa nibanjina tamim-pinoana ny fisehoany. Nihevitra azy ireo ho resy tanteraka izao tontolo izao sy voaporofo mazava fa nifikitra tamin' ny hevi-diso, nefa dia mbola ny tenin' Andriamanitra ihany no loharano nahitany fampiononana. Betsaka no nanohy namakafaka ny Soratra Masina, niverina nanadihady ireo porofon' ny finoany sady nianatra fatratra ireo faminaniana mba hahazoany fahazavana fanampiny. Toa mazava tsy azo iadian-kevitra ny fanambaran' ny Baiboly manohana ny hevitra notanany. Nisy famantarana tsy nety ho nahadiso hevitra nanondro ny fiavian' i Kristy ho akaiky. Noporofoin' ny fitahiana manokana avy amin' ny Tompo, tamin' ny fiovampon' ny mpanota ary koa tamin' ny fifohazana ara-panahy teo anivon' ny kristiana, fa avy amin' ny lanitra ny hafatra. Ary na dia tsy hain' ireo mpino aza ny manazava ny fahadisoam-panantenany, dia tsapany marina fa Andriamanitra no efa nitarika azy teo amin' ny fanandramany teo aloha.

Nifamahofaho tamin' ireo faminaniana izay noheveriny fa azo hampiharina amin' ny fotoana hiavian' i Kristy fanindroany dia nisy toromarika nifanaraka indrindra tamin' ny fisalasalana sy ny fihambahambana nahazo azy ka nampahery azy hiandry amimpaharetana ny finoana fa izay maizina tamin' ny sainy ankehitriny dia mbola hazava aminy amin' ny fotoana mety.

Anisan' ireo faminaniana ireo ilay ao amin' ny Habakoka 2: 1-4. «Hitsangana eo ambonin' ny fitazanako aho ary hijoro eo ambonin' ny manda. hiandry hahitako izay holazainy amiko sy izay havaliko amin' ny fitarainako. Dia namaly ahy Jehovah ka nanao hoe : Soraty ny fahitana, ka ataovy velona tsara ny soratra eo amin' ny fàfana, mba hihazakazahan' izay

mamaky azy. Fa ny fahitana dia mbola amin' ny fotoan' andro, ary nikendry ny farany izy ka tsy ho diso; eny, na dia mitaredretra aza izy, andraso ihany, fa ho avy tokoa izy ka tsy hijanona. Indro, feno avonavona ny fanahin' ireny, fa tsy mahitsy ao anatiny, fa ny marina ho velon' ny finoany».

Tamin' ny fiantombohan' ny taona 1842 sahady, ny toromarika manao hoe «Soraty ny fahitana ka ataovy velona tsara eo amin' ny fàfana mba hihazakazaka izay mamaky azy» dia nanolo-kevitra an' i Charles Fitch hanomana sary mampiseho ny faminaniana hoentimanazava ny fahitana ao amin' i Daniela sy ny Apokalypsy. Ny namoahana io sary io dia noraisina ho fanatanterahana ny baiko nomen' i Habakoka. Tsy nisy na dia iray aza anefa tamin' izay nanamarika fa mbola hitaredretra ny fahatanterahan' ny fahitana mbola hisy fotoana fiandrasana haseho ao amin' io faminaniana io ihany. Taorian' ny fahadisoam-panantenana, dia hita fa nisy lanjany tokoa io teny io : «Fa ny fahitana dia mbola ho amin' ny fotoan' andro; ary mikendry ny farany izy ka tsy ho diso; eny, na dia mitaredretra aza izy, andraso ihany, fa ho avy tokoa izy ka tsy hijanona. . . ny marina ho velon' ny finoany».

Nisy koa fizarana tamin' ny faminanian' i Ezekiela izay loharano nampahery sy nampionona ny mpino : «Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe : Ry zanak' olona, ahoana moa izao fitenenana ataonareo ao amin' ny tanin' ny Isiraely izao hoe : Mihaela ny andro, ary tonga tsinontsinona ny fahitana rehetra? Koa lazao aminy hoe : Izao no lazain' i Jehovah Tompo. . . Akaiky ny andro sy ny tenin' ny fahitana rehetra. . . hiteny Aho, ary ny teny lazaiko dia ho to tokoa». «Ry zanak' olona, indro, ny taranak' Isiraely manao hoe : Mbola ho ela izany fahitana izany, ary ny amin' ny fotoana mbola lavitra no vinaniny. Koa lazao aminy hoe : Izao no lazain' i Jehovah Tompo : Tsy hisy hajanona ela intsony ny teniko; fa ny teny izay lazaiko dia ho tanterahiko»[1].

Faly ireo niandry noho ny finoany fa Ilay nahalala ny farany hatrany amin' ny voalohany no efa nitazana ny andro sy ny taona nifandimby ary nahatsinjo ny fahadisoam-panantenany, ka nanome azy ireo teny fampaherezana sy fanantenana. Raha tsy ireo tenin' ny Soratra Masina ireo, izay namporisika azy hiandry tamim-paharetana sy hamikitra amin' ny fahatokiany ny tenin' Andriamanitra, dia ho resy ny finoany tamin' io ora fitsapana io.

Ny fanoharana ny amin' ny virijina folo ao amin' ny Matio 25 dia manazava ny fanandramana nataon' ny vahoaka advantista. Ao amin' ny Matio 24, ho valin' ny fanontaniana nataon' ireo mpianatra mikasika ny famantarana ny fiaviany sy ny faran' izao tontolo izao, Kristy dia nanondro ireo sasantsasany amin' ny toe-javatra lehibe indrindra hiseho amin' ny tantaran' izao tontolo izao sy ny fiangonana hatramin' ny fiaviany voalohany ka mandra-piveriny indray dia ireto: ny fandravana an' i Jerosalema, ny fahoriana lehibe hiaretan' ny fiangonana mandritra ny fanenjehana hataon' ny jentilisa sy ny fahefana papaly, ny fanamaizinana ny masoandro sy ny volana, ary ny firarahan' ny

kintana. Rehefa izany, dia nilaza ny amin' ny fiaviany amin' ny fanjakany Izy, ka nanao ilay fanoharana manambara ny amin' ireo antoko anankiroa amin' ny mpanompo izay niandry ny fisehoany. Ireto teny ireto no nanombohana ny toko faha 25 : «Ary amin' izany ny fanjakan' ny lanitra dia ho tahaka ny virijina folo». Aseho ao ny amin' ny fiangonana velona amin' ny andro farany, dia ny andro voatondro amin' ny fiafaran' ny toko 24. Ao amin' io fanoharana io dia hazavaina amin' ny alalan' ny toe-javatra hita eo amin' ny fampakaram-bady tatsinanana ny fanandramana niainany.

«Ary amin' izany ny fanjakan' ny lanitra dia ho tahaka ny virijina folo, izay nitondra ny fanalany ka nivoaka hitsena ny mpampakatra. Ary ny dimy tamin' ireo dia adala, fa ny dimy kosa hendry. Fa ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza; fa ny hendry kosa nitondra solika tao anatin' ny fitondrany sy ny fanalany. Ary raha naharitra ela ny mpampakatra dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory. Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe : «Indry ny mpampakatra! mivoaha mba hitsena azy».

Ny fiavian' i Kristy, araka ny nambaran' ny hafatry ny anjely voalohany, dia noraisina ho mampiseho ny fiavian' ny mpampakatra. Ny fielezan' ny fanavaozana tamin' ny fotoana nitoriana ny fiaviany tsy ho ela, dia mampiseho ny fivoahan' ny virijina hitsena ny mpampakatra. Ao amin' io fanoharana io, tahaka ny ao amin' ny Matio 24, dia misy antokon' olona anankiroa aseho. Samy efa nitondra ny fanalany izy ireo, dia ny Baiboly, ary teo amin' ny fahazavan' izany no nivoahan' izy rehetra hitsena ny mpampakatra. «Ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza, ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin' ny fitondrany sy ny fanalany». Ity antokon' olona faharoa ity dia efa nandray ny fahasoavan' Andriamanitra, ny herin' ny Fanahy Masina mamelombelona sy manazava, izay mahatonga ny Teniny ho fanilon' ny tongotra sy fanazavana ny lalana. Tamin' ny fahatahorana an' Andriamanitra no nandinihany ny Soratra Masina mba hianarany ny fahamarinana, ary efa nikatsaka tamin-joto ny fahadiovan' ny fo sy ny fiainana izy. Nanana fanandramana manokana ho an' ny tenany izy, finoana an' Andriamanitra sy ny teniny izay tsy nety ho resin' ny fahadisoam-panantenana sy ny fihemoram-potoana. Ny sasany kosa «nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza». Fihetsehampo tampoka no nanosika azy. Nampirongatra ny tahony ny hafatra miezinezina, nefa niankina tamin' ny finoan' ny rahalahiny izy, ka afa-po tamin' ny fahazavana mitsilopilopin' ny fihetseham-po mendrika, nefa tsy nahafantatra tsara ny fahamarinana ao amin' ny fo. Nivoaka hitsena ny Tompo izy ireo, feno fanantenana handray valisoa avy hatrany; nefa tsy voaomana hiandry ela sy ho diso fanantenana. Rehefa tonga ny fitsapana, dia resy ny finoany, ary nihena ny firehitry ny fahazavany.

«Raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory». Ny mpampakatra naharitra ela dia asehon' ny fahalasanan' ny fotoana nantenaina iavian' ny Tompo, ny fahadisoam-panantenana, sy ny toa fihemoran' ny fotoana. Rehefa tonga ny fotoana hisian' ny fisalasalana, vetivety dia nanomboka nihozongozona ny fitiavan' ireo narivo salosana sy nafana fo tapany, ka nihalefy ny fiezahany; fa ireo izay nanana finoana niorina tamin' ny fahalalan' ny tenany manokana ny Baiboly kosa dia nampiorina ny tongony tambonin' ny vatolampy, ka tsy azon' ny onjan' ny fahadisoam-panantenana nopaohina. «Samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory» ; ny antoko iray natory noho ny tsy firaihana sy ny fialany tamin' ny finoany, ny anankiray kosa niandry tamimpaharetana mandra-panome azy fahazavana bebe kokoa. Nefa tao amin' ny alin' ny fitsapana dia azo nolazaina fa toa nahaverezana ny hafanam-po sy ny fitiavam-bavak' ireto farany. Tsy afaka niankina intsony tamin' ny fon' ny rahalahiny ireo nafana fo tapany sy narivo salosana. Samy tsy maintsy nijoro samirery izy na ho lavo samirery.

Tokony ho tamin' io fotoana io no nanomboka niseho ny fitompoan-teny fantatra. Nisy tamin' ireo izay efa nisora-tena ho mpino nafana fo tamin' ny hafatra no nandà ny tenin' Andriamanitra ho hany mpitarika tsy mety diso, ary nihambo ho notarihin' ny Fanahy izy ka namela ny tenany ho voafehin' ny fihetseham-po, ny fahatsapana nandalo foana, sy ny eritreritry ny tenany ihany. Nisy sasany nampiseho hafanam-po jamba nombam-pahateren-tsaina, ka nanameloka izay rehetra tsy nankasitraka ny fihetsiny. Tsy niray fo tamin' ny hevitra amam-pihetsiny nitory fitompoan-teny fantatra ny maro tamin' ny advantista; nefa na dia izany aza dia nahavoasoketa ny fahamarinany izany.

Tamin' io fomba io no nitadiavan' i Satana lalana hanoherana sy handevonana ny asan' Andriamanitra. Nanaitra tokoa ny vahoaka ny fihetsiketsehana advantista, an' arivony ny mpanota no voaova fo, ary nisy olona mahatoky nanolo-tena hiasa hitory ny fahamarinana na dia tamin' ilay fotoana voalaza ho nampitaredretra ny mpampakatra aza. Very mpanaraka ny andnanan' ny haizina; ary mba hahazoana manakiana ny asan' Andriamanitra dia nataony izay hamitahana ny sasany tamin' ireo izay nitana ny finoana ka nentiny ho any amin' ny tafahoatra loatra Tamin' izay dia efa vonombonona ireo mpiasany hanararaotra ny fahadisoana rehetra, ny fahalemena rehetra, ny fihetsika tsy mendrika rehetra, mba hanandratra izany avo dia avo ka nasehony teo anoloan' ny vahoaka, ka hampibaribary izany amin' ny fomba diso tafahoatra, mba hahatonga ny advantista sy ny finoany ho zava-maharikoriko. Noho izany, arakaraka ny mahamaro isa ireo izay azony hangonina ho mpihambo fa mino ny fiavian' i Kristy fanindroany, nefa fenjain' iny

ihany ny fony, dia arakaraka izany no mahalehibe ny fahombiazana azony amin' ny fampifantohana ny sain' ny olona eo amin' izy ireo. ho tena solontenan' ny mpino manontolo.

Satana dia «mpiampanga ny rahalahy» ary ny fanahiny no manainga ny olona hanara-maso ny fahadisoana sy ny fahalemen' ny vahoakan' i Jehovah, ary harangaranga ho hitan' ny olon-drehetra nefa ny asa tsara ataony dia tsy misy mahita. Mifofotra mafy mandrakariva izy rehefa miasa Andriamanitra ho famonjena ny fanahy. Rehefa tonga ireo zanak' Andriamanitra hiseho eo anatrehan' i Jehovah, dia mba tonga teo koa Satana. Amin' ny fifohazana rehetra dia vonona izy hampiditra ireo izay manana fo tsy nohamasinina sy saina tsy marin-toerana. Rehefa misy fahamarinana neken' izy ireo ka mahazo toerana ho anisan' ny mpino izy dia miasa amin' ny alalan' ireny i Satana mba hanatsofohany hevitra izay hamitaka ny tsy miambina. Tsy misy olona voaporofo fa tena kristiana, satria tafara-dalana amin' ny zanak' Andriamanitra izy, na dia ao amin' ny trano fivavahana sy manodidina ny latabatry ny Tompo aza. Matetika i Satana no manatrika ny fotoana manetriketrika amin' ny endrik' ireo izay azony ampiasaina ho fitaovana ho azy.

Iadiana amin' ny andrianan' ny ratsy avokoa ny dingana rehetra androsoan' ny vahoakan' Andriamanitra eo amin' ny lalana ho any amin' ny tanànan' ny lanitra. Amin' ny tantaran' ny fiangonana manontolo dia tsy nisy fanavaozana natao ka tsy nisetra fisakanana lehibe. Toy izany tamin' ny andron' i Paoly. Na taiza na taiza nananganan' ilay apostoly fiangonana, dia nisy olona izay niseho ho nandray ny finoana, nefa nampiditra «herezia» izay raha noraisina dia ho naharesy tosika any ivelany ny fitiavana ny fahamarinana. 1 Lotera koa dia niaritra tebiteby sy fahorian-tsaina lehibe noho ny fihetsik' ireo olona mpitompo teny fantatra izay nihambo ho nitenenan' Andriamanitra mivantana, ka nametraka ny eritreriny sy ny heviny teo ambonin' ny fanambaran' ny Soratra Masina. Maro ireo tsy nanana finoana sy fanandramana, nefa nihevi-tena ho ampy dia ampy, ary tia ny mihaino sy milaza zava-baovao, hany ka voafitaky ny fihamboan' ny mpampianatra vaovao. ka dia nirotsaka hanampy ireo fiasana teo am-pelatanan' i Satana handrodana izay nanaingan' Andriamanitra an' i Lotera hatsangana. Ary ry Wesley mirahalahy sy ireo hafa izay nitahy an' izao tontolo izao noho ny toe-piainany feno fahamendrehana sy ny finoany, dia tojo isaky ny mandingana ny hafetsen' i Satana izay nanesika olona mafana fo tafahoatra, tsy mato-tsaina, ary tsy masin-toetra ho amin' ny hevitra aman' asa mihoapampana isan-karazany.

William Miller dia tsy niray fo tamin' ireo izay nitaona ny hafa handray ny hevi-diso nitompoany. Nambarany, toy izay nataon' i Lotera,

«fa ny fanahy rehetra dia tokony hosedrain' ny tenin' Andriamanitra». «Ny devoly», hoy Miller, dia manan-kery lehibe amin' ny sain' ny olona sasany amin' izao andro izao. Ary ahoana no fomba ahafantarantsika ny fanahy? Ny Baiboly no mamaly : «Ny voany no ahafantaranareo azy». . . «Misy fanahy maro izay lasa eo amin' izao tontolo izao; ary baikoina isika hisedra ny fanahy. Ny fanahy izay nahatonga antsika tsy hivelona amin' ny fahalalana onony, araka ny fahamarinana sy amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, eto amin' ity izao tontolo izao ity, dia tsy fanahin' i Kristy. Mihamafy orina bebe kokoa hatrany ny fiaikeko fa manana anjara betsaka amin' ireo fihetsiketsehana mihoapampana ireo i Satana. . . Maro amintsika izay mihambo ho efa nahatratra ny fahamasinana tanteraka, no manaraka ny lovan-tsofin' olombelona, ary toa tsy mahalala ny fahamarinana akory tahaka ny hafa izay tsy manana fihamboana toa azy ireow. — *Bliss,* p. 236, 237. «Hitarika antsika hiala amin' ny fahamarinana ny fanahin' ny fahadisoan-kevitra, ary ny Fanahin' Andriamanitra no hitarika antsika ho amin' ny fahama- rinana. Nefa, hoy ianao hoe, mety ho diso ny olona, ary hihevitra fa manana ny marina. Koa ahoana ary? Hoy ny valin-teninay : ny Fanahy sy ny Tenin' Andriamanitra dia mifanaraka. Raha misy olona mitsara ny tenany amin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra ka mahita fa mifandrindra tanteraka amin' ny tenin' Andriamanitra ny fiainany manontolo, dia azony inoana fa manana ny fahamarinana izy; nefa raha hitany kosa fa tsy mifandrindra amin' ny lalàn' Andriamanitra na ny Boky Masina ny fanahy izay mitarika azy, dia aoka izy hitandrina ny famindrany, andrao tratry ny fandriky ny devoly».*The Advent Herald and Signs of the Times Reporter,*laharana 23. (15 Janoary, 1845). Matetika aho no nahita porofo mazava kokoa ny amin' ny fitiavam-bavaka ao am-po teo amin' ny maso mibaliaka, ny takolaka mandon' ny ranomaso sy ny feo kendakenda noho ny teo amin' ny tabataba rehetra hita eo amin' ny kristiana» —*Bliss,* p. 282.

Tamin' ny andron' ny Fanavaozana ara-pivavahana ny fahavalony dia niampanga ireo izay niasa tamin-kafanam-po be indrindra hanohitra ny fitompoan-teny fantatra ho fototry ny ratsy rehetra vokatr' izany. Fihetsika toy izany koa no nataon' ireo mpanohitra ny fihetsiketsehana advantista. Ary tsy afa-pon' ny nanova endrika sy namivitra ny hevi-dison' ireo mpanao laza masaka sy mpitompo teny fantatra ihany izy ireo, fa nampiely koa tatitra fanaratsiana izay tsy nisy marina na dia kely akory aza. Hevitra noraisina avy hatrany tsy misy porofo sy fankahalana no nanentana ireny olona ireny. Voakorontan' ny fitoriana an' i Kristy efa eo am-baravarana ny fiadanany. Natahotra izy ireo andrao marina izany, nefa nantenainy koa ny tsy hahamarina azy, ary io no tsiambaratelon' ny famelezany ny Advantista sy ny finoany.

Ny fisian' ny mpitompo teny fantatra vitsivitsy tafatsofoka teo amin' ny laharan' ny Advantista dia tsy antony hilazana akory fa tsy avy amin' Andriamanitra io fihetsehana io tahaka ny tsy ahazoana milaza ihany koa fa ny fisian' ireo mpitompo teny fantatra sy mpamitaka tao amin' ny fiangonana tamin' ny andron-dry Paoly na Lotera dia antony ampy hanamelohana ny asan' izy ireo. Aoka ny vahoakan' Andriamanitra hifoha avy amin' ny torimasony ka hanomboka hanao amin' ny fony tokoa ny fibebahana sy ny fanavaozana; aoka izy handinika ny Soratra Masina mba hahafantarany ny marina araka izay ao amin' i Jesosy; aoka izy hanolotena tanteraka ho an' Andriamanitra, dia ho hita miharihary fa mbola tena miasa sy mailo i Satana. Hampiasainy ny famitahana rehetra ho entimaneho ny heriny, ka antsoiny hifarimbona aminy ireo anjely lavo rehetra ao amin' ny fanjakany.

Tsy ny fitoriana ny fiavian' i Kristy fanindroany tsy akory no nahatonga ny hafanampo tafahoatra sy ny fisaraham-bazana. Niseho ireny tamin' ny fahavaratry ny taona 1844, rehefa latsaka tao amin' ny fisalasalana sy ny tebiteby nikasika ny toerana marina nisy azy ny Advantista. Ny fitoriana ny hafatry ny anjely voalohany sy ny «antso mamatonalina» dia misakana mivantana ny fitompoan-teny fantatra sy ny fisaratsarahana. Nifanara-tsaina ireo izay nandray anjara tamin' ireo fihetsiketsehana mahavelona eritreritra ireo. Nifankatia fatratra sy tia an' i Jesosy izay nampoiziny ho hita vetivety izy ireo. Ny finoana iray, ny fanantenana mahafinaritra iray, dia nanandratra azy tsy ho voafehin' ny hery miasa mangina avy amin' olombelona, Ka zary ampinga nanoherana ny fanafihan' i Satana.

«Ary raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory, dia nisy antso hoe : Indry ny mpampakatra! mivoaha mba hitsena azy. Dia nitsangana ireo virijina rehetra ireo ka samy namboatra ny fanalany»[2].

Tamin' ny fahavaratry ny taona 1844, teo amin' ny fisasahan' ny fotoana niheverana voalohany fa hifarana ny 2300 andro sy ny fararanon' io taona io, izay hita taty aoriana fa mbola voafaoka tao anatiny, dia notorina ny hafatra araka ny tenin' ny Soratra Masina mihitsy hoe : «Indry ny mpampakatra!».

Izay nitarika ho amin' io fihetsehana io dia ny fahitana fa ny didin' i Artaksersesy momba ny fanavaozana an' i Jerosalema izay fotoana iantombohan' ny 2300 andro, dia tsy nampiharina raha tsy tamin' ny fararanon' ny taona 457 BC, fa tsy tamin' ny fiantombohan' io taona io tahaka ny efa ninoana teo aloha tsy akory. Rehefa isaina manomboka amin' ny fararanon' ny taona 457 BC ny 2300 andro dia miafara amin' ny fararanon' ny taona 1844. (Jereo Fanampiny)

Nisy koa fonjan-kevitra nosintonina avy tamin' ny tandindona ao amin' ny Testamenta Taloha izay nanondro ny fararano ho fotoan' andro tsy

maintsy anaovana ilay fombam-pivavahana mampiseho ny «fanadiovana ny fitoerana masina». Nazava dia nazava izany rehefa nafantoka tamin' ny fomba nahatanterahan' ireo sary aman' ohatra mikasika ny fiavian' i Kristy voalohany ny fijery.

Ny famonoana ny zanak' ondrin' ny Paska dia aloky ny nahafatesan' i Kristy. Hoy Paoly : «Fa voavono Kristy, Paska ho antsika»[3]. Ny salohim-barin' ny voaloham-bokatra izay nahevaheva teo anatrehan' i Jehovah tamin' ny fotoanan' ny Paska dia sary mampiseho ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty. Hoy i Paoly, raha niteny ny amin' ny fitsanganan' ny Tompo sy ny an' ny vahoakany rehetra izy : «Kristy no santatra; rehefa afaka izany, dia izay an' i Kristy amin' ny fiaviany» [4]. Tahaka ny fanevahevana ny salohy, izay voa masaka voalohany nangonina talohan' ny fijinjana, dia tahaka izany koa Kristy Izay voaloham-bokatry ny amboara mandrakizay avy amin' ireo navotana amin' ny fitsanganan' ny maty mbola ho avy izay hangonina ho any amin' ny sompitr' Andriamanitra.

Tanteraka ireo sary aman' ohatra ireo, tsy amin' ny maha zavatra hiseho azy fotsiny, fa araka ny fotoana hisehoany koa. Tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folon' ny volana voalohany jiosy, tamin' ny andro sy ny volana indrindra izay famonoana ny zanak' ondrin' ny Paska nandritra ny fotoana ela, dia taonjato dimy ambin' ny folo, tamin' io indrindra Kristy, rehefa avy nihinana ny Paska niaraka tamin' ny mpianany, no nanendry ilay fanasana izay ahatsiarovana ny fahafatesany amin' ny maha-«Zanak' ondrin' Andriamanitra Azy, Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao». Tamin' io alina io ihany dia nosamborin' ny tanan' ny ratsy fanahy Izy mba homboiny sy hovonoiny. Ary ho setrin' ny salohim-bary nahevaheva dia nitsangana tamin' ny maty ny Tompontsika tamin' ny andro fahatelo, «ho santatr' izay efa nodimandry», ohatry ny fitsanganan' ny marina rehetra, izay hovana «ny tenan' ny fanetren-tenany, hitovy amin' ny tenan' ny voninahitr' i Kristy»[5].

Amin' ny fomba toy izany koa no tsy maintsy hahatanteraka ireo sary aman' ohatra mikasika ny fiavian' i Kristy fanindroany amin' ny fotoana voatondron' ny fanompoam-pivavahana ara-tandindona. Teo amin' ny fanompoam-pivavahana tamin' ny andron' i Mosesy dia tamin' ny andro fahafolo amin' ny volana fahafito jiosy (Levitikosy 16 : 29-34) no nanaovana ny fanadiovana ny fitoerana masina, na ny Andro Fanavotana lehibe tamin' izay; rehefa avy nanao fanavotana ho an' ny Isiraely rehetra ny mpisoronabe, ka nanala ny fahotany avy tao amin' ny fitoerana masina, dia nivoaka mba hitahy ny vahoaka. Toy izany koa no ninoana fa i Kristy, ilay Mpisoronabentsika, dia hiseho mba hanadio ny tany amin' ny fanafoanana ny fahotana sy ny mpanota ary hitahy ny vahoaka niandry Azy amin' ny fanomezana azy ny tsy fahafatesana. Ny andro fahafolo amin' ny volana fahafito, ny Andro Fanavotana lehibe, ny fotoana fanadiovana ny fitoerana

masina, izay nianjera tamin' ny roambiniroapolo Oktobra tamin' ny 1844, dia noheverina ho fotoana hiavian' ny Tompo. Nifandrindra tamin' ny porofo efa naseho izany fa hifarana amin' ny fararanon' ny 2300 andro ka toa tsy azo nolavina izany fehin-kevitra izany.

Ao amin' ny fanoharana ao amin' ny Matio 25 dia manaraka ny fotoana niandrasana sy naharendrehana ny niavian' ny mpampakatra. Nifanaraka tamin' ny fonjan-kevitra vao novelabelarina izany, na ny avy amin' ny faminaniana na ny avy amin' ny fombam-pivavahana nisy tandindona. Nahatonga faharesen-dahatra mafy orina ny amin' ny fahamarinan' ireo izany; koa dia mpino an' arivony no nampanakoako ny «antso mamatonalina».

Tahaka ny fisamontan' ny onja no nielezan' ilay fihetsiketsehana eran' ny tany (Etazonia). Nitety ny tanàna sy ny vohitra ka tafapaka hatrany amin' ny toerana lavitra indrindra izany, mandra-pifohan' ny vahoakan' Andriamanitra tanteraka teo am-piandrasana. Nisinda tahaka ny zavona vao maraina raha vao miposaka ny masoandro ny fitompoan-teny fantatra teo anatrehan' io fitoriana io. Tsapan' ny mpino fa niala ny fisalasalany sy ny tebitebiny, ary namelombelona ny fony ny fanantenana ny faherezana. Afaka tamin' ireo mpamivikevitra ny asa tamin' izany, fahita mandrakariva mantsy ny toy izany isaky ny misy zava-manaitaitra ny olona tsy voafehin' ny asa mangina ataon' ny teny sy ny Fanahin' Andriamanitra. Nitovy tamin' ireo fotoana fanetren-tena sy fiverenana tamin' i Jehovah izay nanaraka ny hafatra fanairana nentin' ny mpanompon' Andriamanitra tamin' Isiraely fahiny izany. Nanana ny endrika nampiavaka ny asan' Andriamanitra tamin' ny andro rehetra izany. Tsy nisy firy ny firavoravoampanahy narahim-pahataitairana fa fandinihana lalina ny fo, fiaikena ny fahotana ary fandaozana an' izao tontolo izao. Fiomanana hihaona amin' i Jehovah no nitambesatra tamin' ireo fanahy velom-pitalahoana mafy. Faharetana tamin' ny fivavahana sy fanoloran-tena tsy nisy fepetra ho an' Andriamanitra no hita.

Hoy i Miller raha milaza ny amin' io asa io : «Tsy misy fanehoampifaliana be; izany hoe, raha ny tena izy, notehirizina ho amin' ny fotoana aoriana izany, rehefa hiara-mifaly avokoa ny lanitra sy ny tany amin' ny haravoana tsy hay lazaina sy ny voninahitra mitafotafo. Tsy misy horakoraka : izany koa dia atokana ho amin' ny horakoraka any an-danitra. . . Mangina ny mpihira : miandry ny hiara-miredona amin' ny andian' anjely izy, dia ireo antokom-pihira avy any an-danitra. . .Tsy nisy fihetseham-po nifandona fa samy niray fo sy saina avokoa ny rehetra».*Bliss,* p. 270, 271.

Hoy ny fanambarana nataon' ny anankiray koa izay nandray anjara tamin' ny fihetsiketsehana : «Na taiza na taiza dia niteraka fandinihana lalina ny fo sy fanetrena ny fanahy teo anatrehan' Andriamanitry ny lanitra ambony izany. Nahatonga ny fitiavana hiala tamin' ny zavatry ny tany izany, fanasitranana ny fifandirana sy ny firehetampo, fiaikena ny ratsy vita, ranomasobe teo

anatrehan' Andriamanitra sy fitalahoana taminy hamela heloka sy handray ny fo mibebaka sy torotoro Niteraka fietrena lalina sy filavoan' ny fanahy izay tsy mbola fahita na oviana na oviana izany. Araka ny nandidian' Andriamanitra tamin' ny alalan' i Joela, rehefa mby akaiky ny andro lehiben' Andriamanitra, dia nahatonga fo notriatriarina izany fa tsy fitafiana, ary fiverenana tamin' i Jehovah tamin' ny fifadiankanina, sy fitomaniana ary fisaonana. Araka ny nampilazain' Andriamanitra an' i Zakaria, dia haidina amin' ny zanany ny fanahin' ny fahasoavana sy ny fifonana, ka hijery Ilay nolefoniny izy, ary hisy fisaonana lehibe eran' ny tany, ... ary izay mibanjina ny Tompo dia nampahory ny fanahiny teo anatrehany». — Bliss, *Advent Shield and Review,* boky l, p. 271 (Janoary 1845).

Tamin' ireo fihetsiketsehana ara-pivavahana hatramin' ny andron' ny apostoly, dia ilay tamin' ny fararanon' ny 1844 no tena afaka indrindra tamin' ny tsy fahatanterahan' ny olombelona sy ny fandrik' i Satana. Eny, fa na ankehitriny aza, taona maro aty aoriana, izay rehetra nandray anjara tamin' izany fihetsiketsehana izany ka nijoro tsy ho azo nohozongozonina teo amin' ny sehatry ny fahama-rinana dia mbola mahatsapa ny hery masina niasa nangina avy tamin' io asa feno fitahiana io ary vavolombelon' ny maha-avy tamin' Andriamanitra izany.

Rehefa re ny antso nanao hoe : Indry ny mpampakatra! mivoaha mba hitsena Azy», «dia nitsangana ireo niandry Azy ka nanamboatra ny fanalany»; nianatra ny tenin' Andriamanitra tamim-pahalianana fatratra izay tsy mbola nahitana izay toy izany izy. Nisy anjely nirahina avy tany an-danitra hamoha ireo izay tratry ny fahakiviana ka manomana azy handray ny hafatra. Tsy ny fahendrena na ny fahaizan' olombelona no nijoroan' ny asa, fa ny herin' Andriamanitra. Tsy ireo nanan-talenta namirapiratra indrindra, fa ireo nanetry tena sy tia vavaka indrindra no voalohany nandre sy nankatò ny antso. Nilaozan' ny mpamboly ny vokatra tany an-tsaha, navelan' ireo mpiasa ny milina fiasany, ka tamin-dranomaso sy fifaliana no nandehanany nitondra ny hafatra fampitandremana. Ireo izay nitarika ny asa tamin' ny voalohany no anisan' ny farany nanaraka io fihetsiketsehana io. Ny ankabeazan' ny fiangonana dia nanakatona ny varavarany mba ho mariky ny fandavany io hafatra io, ary olona maro tamin' ireo izay nandray izany no niala tsy nifandray tamin' ireo intsony. Noho ny fitondran' Andriamanitra, dia niray tamin' ny hafatry ny anjely faharoa io fitoriana io ka nanome hery ny asa.

Ilay hafatra hoe : «Indry. tamy ny Mpampakatra!» dia tsy nankinina firy tamin' ny fonjan-kevitra na dia nazava sy tsy azo lavina aza ny porofo tao amin' ny Soratra Masina. Nisy hery nanosika nomba azy izay nampientana ny fanahy. Tsy nisy fisalasalana, tsy nisy fanontaniana nampiahanahana. Raha niakatra tamin' ny fomba manetriketrika tao Jerosalema i Kristy, ny

vahoaka izay tafangona avy tamin' ny faritany rehetra hanatrika ny fety ka nirohotra nankany amin' ny tendrombohitra Oliva, rehefa tafara-dia tamin' ireo marobe nanaraka an' i Jesosy izy dia nentanin' ny aingam-panahy tamin' izany ora izany ka nampaneoeo ny antso hoe : «Isaorana anie izay avy amin' ny anaran' i Jehovah!»[6]. Toy izany koa ireo mpino izay nifanizina tamin' ny fivorian' ny Advantista — ny sasany noho ny fitiavany hahita zava-baovao, ny sasany mba hanazimbazimba fotsiny — nahatsapa ilay hery nandresy lahatra avy tamin' ilay hafatra hoe : «Indry, tamy ny Mpampakatra!» izy.

Tamin' izany fotoana izany dia nisy finoana izay nitondra valimbavaka finoana izay nijery ny famalian-tsoa. Tahaka ny ranonorana milatsaka amin' ny tany mangentana ny Fanahin' ny fahasoavana dia nirotsaka tamin' ireo izay nikatsaka izany mafy. Izay nanantena fa vetivety dia hifanatri-tava amin' ny Mpanavotra azy dia nahatsapa fifaliana lehibe sy tsy hay ambara. Nampalefadefaka sy nampitony ny fo ny herin' ny Fanahy Masina raha nitosaka be dia be tamin' ireo mahatoky sy mino ny fitahiana avy aminy.

Tamim-pitandremana fatratra sy tamim-pieritreretana lalina no nanatonan' ireo izay nandray ny hafatra sy ny fotoana izay nantenainy fa hihaonany amin' ny Tompo. Isa maraina dia tsapany fa ny voalohan' adidiny dia ny mahazo antoka mazava ny faneken' Andriamanitra azy. Niray akaiky dia akaiky ny fony, ary nazoto niara-nivavaka sy nifampivavaka izy. Matetika no nivory tany amin' ny toerana mitokana izy mba hiray amin' Andriamanitra. ka niakatra avy tany an-tsaha sy avy tamin' ny kirihitr' ala ny feon' ny fitalahoana ho any an-danitra. Nilainy mihoatra noho ny hanin-kohanina isan' andro ny fahazoany antoka ny fankasitrahan' ny Mpamonjy; ary raha nisy rahona nanamaloka ny sainy, dia tsy nijanona izy raha tsy nisinda izany. Teo amin' ny fahatsapany ny fanambaran' ny fahasoavana mamela heloka, dia niriny mafy ny hahita Ilay tian' ny fanahiny.

Nefa nisy fahadisoam-panantenana hafa niandry azy ireo. Lasa ny fotoana nandrasana, nefa tsy tonga Ilay Mpamonjiny. Tamin-toky tsy nisy fisalasalana no nibanjinan' izy ireo ny fiaviany. Ny tsapany izao dia izay tsapan' i Maria fony izy tonga teo amin' ny fasan' ny Mpamonjy. ka nahita izany foana ary niteny tamin-dranomaso hoe : «Nalain' olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany Azy»[7].

Nanahinahy sy natahotra nandritra ny fotoana kely izao tontolo izao tsy nino ary toa fefy nisakana azy izany. Rehefa lasa io fotoana io, dia tsy afaka avy hatrany akory izany; tamin' ny voalohany dia tsy sahy nampiseho fandresena tamin' ireo diso fanantenana izy; fa rehefa tsy nisy kosa famantarana ny fahatezeran' Andriamanitra niseho, dia afaka ny tahony ka niverina tamin' izay ny fanomezan-tsiny sy ny fanimbazimbana. Antokon' olona betsaka izay nilaza fa nino ny fiavian' ny Tompo tsy ho ela, no niala tamin' ny finoany. Nisy koa ireo izay tena natoky marina tokoa no voaratra lalina indrindra

teo amin' ny hambom-pony hany ka toa naleony nandositra an' izao tontolo izao. Tahaka an' i Jona nitaraina tamin' Andriamanitra izy ka naleony maty toy izay ho velona. Ireo izay nampiorina ny finoany tamin' ny hevitry ny hafa fa tsy tamin' ny tenin' Andriamanitra ankehitriny dia vonona hiova hevitra indray koa. Voasinton' ireo mpaniratsira ho mpiandany aminy ny malemy sy ny kanosa, ka niray saina izy rehetra tamin' ny fanambarana fa tsy misy tokony hatahorana na hantenaina intsony izao. Efa dila ny fotoana, tsy tonga ny Tompo, ka mety hijanona tsy miova an' arivo taonany izao tontolo izao.

Ireo mpino marina sy nadio fo dia nahafoy ny zavatra rehetra ho an' i Kristy ary efa niaina tamin' ny fanatrehany tahaka ny tsy mbola nataony mihitsy. Ninoany, fa efa nomeny an' izao tontolo izao ny hafatra fampitandremana farany; ary, satria nanantena izy fa vetivety dia horaisina hiara-monina amin' ny Tompony sy Andriamanitra ary ireo anjelin' ny lanitra, dia efa tsy nifanerasera firy intsony tamin' ireo izay tsy nandray ny hafatra izy. Efa nanao vavaka feno faniriana izy hoe : «Avia Jesosy Tompo ary avia faingana». Nefa tsy tonga Izy. Ary izao, izany hiantsoroka indray ny enta-mavesatry ny ahiahin' ny fiainana sy ny tebitebiny, sy izany hiaritra ny fanesoesoana sy ny fihomehezan' izao tontolo izao mpaniratsira, dia tena fitsapana mahamay tokoa ny finoany sy ny faharetany.

Io fahadisoam-panantenana io anefa dia tsy mafy tahaka izay nanjo ireo mpianatra tamin' ny fotoana niavian' i Kristy voalohany. Raha nitaingina zana-boriky toy ny mpandresy niditra an' i Jerosalema i Jesosy, dia nino ireo mpanaraka Azy fa efa nadiva hiakatra eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida Izy ka hanafaka an' Isiraely amin' ny mpampahory azy. Feno fanantenana niredareda sy fifaliana nialoha tsy ahombiazana izy raha nifaninana hampiseho fanajana Ilay Mpanjakany. Maro no namelatra ny kapaotiny ho toy ny karipetra teo amin' ny lalan-kodiaviny, na nanahy sampan-drofia be ravina teo anoloany. Noho ny hafanam-pony sy ny fifaliany dia niara-nihoby izy hoe ; «Hosana ho an' ny zanak' i Davida!» Raha sorena sy tezitra ny Fariseo noho izany redom-pifaliana izany ka nangataka an' i Jesosy handrara ny mpianany, dia novaliany hoe : «Lazaiko aminareo, fa raha mangina ireo, dia ny vato no hiantsoantso»[8]. Tsy maintsy tanteraka ny faminaniana. Nanatanteraka ny fikasan' Andriamanitra ny mpianatra; tsy maintsy niharan' ny fahadisoam-panantenana mangidy izy ireo. Rehefa afaka andro vitsy foana dia hanatri-maso ny fahafatesana mafy indrindra niaretan' ny Mpamonjy izy sy hametraka Azy ao amin' ny fasana. Tsy nisy tanteraka na dia kely aza izay nantenainy, ary niara-maty tamin' i Jesosy ny fanantenany. Raha tsy efa nivoaka tamim-pandresena avy tao am-pasana ny Tompony dia tsy hitany fa efa voalazan' ny faminaniana mialoha avokoa ny zavatra rehetra, ary «tsy maintsy nijaly sy nitsangana tamin' ny maty i Kristy»[9].

Diman-jato taona talohan' izany, dia nambaran' i Jehovah tamin' ny alalan' i Zakaria hoe : «Mifalia indrindra, ry Ziona zanakavavy; Manaova feo fifaliana, ry Jerosalema zanakavavy; Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao; marina Izy sady manam-pamonjena, malemy fanahy sady mitaingina boriky, dia zanaboriky tanora»[10]. Raha takatry ny mpianatra mialoha fa niroso hotsaraina sy ho vonoina i Kristy, dia tsy ho nahatanteraka an' io faminaniana io izy ireo.

Toy izany koa no nahatanterahan-dry Miller sy ireo niara-dia taminy ny faminaniana ka nanomezany hafatra izay nambaran' ny tsindrimandrin' Andriamanitra mialoha fa homena an' izao tontolo izao, nefa tsy ho afaka nanome io hafatra io izy raha tahiny ka nazava tanteraka ireo faminaniana izay nanondro ny fahadisoam-panantenany, sy nampiseho hafatra hafa koa hotorina amin' ny firenena rehetra alohan' ny hiavian' ny Tompo. Notorina tamin' ny fotoana mety ny hafatry ny anjely voalohany sy ny faharoa ary nahatanteraka ny asa izay notendren' Andriamanitra hotanterahiny izany.

Efa nandrasan' izao tontolo izao, ary efa nampoiziny fa raha dila ny fotoana nefa tsy miseho i Kristy, dia hialana manontolo ny rafitry ny fampianarana Advantista. Raha marina fa niala tamin' ny finoany ny maro, noho ny hamafin' ny fakam-panahy, dia nisy sasany kosa izay nijoro tsy azo nohozongozonina. Ny vokatry ny fihetsehana advantista, ny toe-tsaina feno fanetren-tena sy fandinihana ny fo, fahafoizana an' izao tontolo izao sy fanavaozana ny fiainana izay hita teo amin' ny asa, dia vavolombelona fa avy amin' Andriamanitra izany. Tsy sailin' izy ireo ny nandà fa nibaribary teo amin' ny fitoriana ny fiavian' i Kristy fanindroany ny herin' ny Fanahy Masina, ary tsy nisy fahadisoana nety no hitany teo amin' ny fanambarana ireo fe-potoana ara-paminaniana. Ny havanana indrindra tamin' ireo mpanohitra azy dia tsy nahomby tamin' ny fandrodanana ny rafitra nentiny nanazava ny faminaniana. Tsy azon' ny sainy nekena izany hoe hial'a, raha tsy nisy porofo mazava avy tamin' ny Baiboly, amin' ilay hevitra hitany tamin' ny fandinihana tamin-kafanam-po sy nombam-pivavahana ny Soratra Masina sy tamin' ny alalan' ny saina nohazavain' ny Fanahin' Andriamanitra sy ny fo miredaredan' ny heriny mitondra aina; ary hevitra izay tsy voahozongozon' ny fitsikerana lehibe indrindra sy ny fanoherana mahery vaika indrindra avy tamin' ireo mpampianatra ara-pivavahana mamim-bahoaka sy ireo olonkendrin' izao tontolo izao, hevitra tsy voahozongozon' ny hery mitambatry ny fahalalana sy ny fahaiza-mandahatra, tsy voahozongozon' ny fanarabiana sy ny fanivaivan' ny manan-kaja sy ny olona ambany.

Marina fa nisy fifandisoana teo amin' ny toe-javatra nampoizina hiseho. nefa tsy nampihetsika ny finoany ny tenin' Andriamanitra izany. Rehefa nitory teo amin' ny lalamben' i Ninive i Jona fa «rehefa afaka efa-polo andro dia ho ravana ny tanàna», dia neken' Andriamanitra ny fietren' ny Ninivita ka nohalavainy ny andrompahasoavana ho azy. Andriamanitra tokoa anefa

no nandefa ny hafatra nentin' i Jona ary araka ny sitrapony no nisedrana an' i Ninive. Ninoan' ireo Advantista fa fomba toy izany koa no efa nitarihan' Andriamanitra azy tamin' ny nanomezany ny hafatra fampitandremana momba ny fitsarana. «Fisedrana ho an' izay rehetra nandre izany» hoy izy ireo ka «nampifoha ny fitiavana ny fisehoan' ny Tompo ; fa niteraka fankahalana miharihary na takona ny fiavian' i Kristy kosa izany ho an' ny sasany. Fantatr' Andriamanitra avokoa anefa izany rehetra izany. Nanoritra tsipika io toe-javatra io . . . ka izay nandinika ny fony dia nety hahalala izay ho nisy azy raha tonga tokoa ny Tompo tamin' iny fotoana iny. Mety ho niteny hoe izy : «Indro ! Andriamanitra izay nandrasantsika hamonjy antsika», na ho niantso ny vatolampy sy ny tendrombohitra hianjera aminy mba hanafina azy amin' ny tavan' Ilay mipetraka eo amin' ny seza fiandrianana, sy amin' ny fahatezeran' ny Zanak' ondry. Araka ny finoantsika dia nisedra ny vahoakany Andriamanitra, nitsapa ny finoany, nizaha toetra azy, mba ahitany raha hihemotra izy ka hiala amin' ny toerana tiany hametrahana azy eo amin' ny ora fitsapana, na hahafoy an' ity izao tontolo izao ity izy ka hiankina tsy hihambahamba amin' ny tenin' Andriamanitra ». The Advent Herald and Signs of The Times Reporter, boky 8, laharana 14 (13 Novambra 1844).

Ny tenin' i William Miller no manambara ny zavatra tsapan' ireo izay mbola nino fa efa nitarika azy Andriamanitra tamin' ny fanandramana nataony tamin' ny lasa : «Raha toa ka hoe hamerina ny fiainako hatrany am-boalohany indray aho, miaraka amin' ireo porofo efa ananako ankehitriny, mba hijoroako mahatoky eo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona dia izay efa nataoko no mbola hataoko koa». «Manantena aho fa efa nanadio ny fitafiako ho afaka amin' ny ran' ireo namako. Tsapako fa efa nanao izay rehetra azoko natao aho ka afaka madiodio ny amin' ny fanamelohana azy ireny». «Na dia diso fanantenana indroa aza aho», hoy ny nosoratan' io lehilahin' Andriamanitra io, «dia tsy mamoy fo aho na kivy. . Tsy mbola natanjaka toy izao ny finoako ny fiavian' i Kristy. Tsy nanao afa-tsy izay noheveriko fa adidiko aho, rehefa nandany taona maro nandinihana tamin-kovitra sy fanajana. Raha nisy nahadiso ahy dia noho ny fitiavako ny mpiara-belona amiko sy ny olombelona tahaka ahy ary ny fahareseko lahatra fa nanana adidy tamin' Andriamanitra». «Zavatra iray ihany no fantatro marimarina, tsy nitory afa-tsy izay ninoako aho; ary niaraka tamiko Andriamanitra; niseho teo amin' ny asa ny heriny, ary betsaka ny soa vita». «An' arivony maro, araka ny fahitan' ny olombelona azy, no voataona handinika ny Soratra Masina noho ny fitoriana momba ny fotoan' andro; ary tamin' izany fomba izany dia vita fihavanana tamin' Andriamanitra izy ireny tamin' ny alalan' ny finoana sy ny famafazana ny ran' i Kristy» — Bliss, pejy 256, 277, 280. 281». «Tsy mangataka na oviana na oviana ny hitsikian' ny mpiavonavona aho, na hifararemotra rehefa tsy

nankasitraka izao tontolo izao. Tsy hividy ny sitraka avy aminy koa aho izao, na hanao mihoatra ny adidiko mba hihaika ny fankahalany. Na oviana na oviana tsy hitady izay hamonjena ny aiko avy eo am-pelatanany aho, na hihemotra noho ny tahotra ny hahavery izany, manantena ny hanolotra izany ho an' Andriamanitra aho, raha izany no fantany fa mety». J. White, Life of Miller, p. 315.

Tsy nahafoy ny vahoakany Andriamanitra fa mbola nitoetra tao amin' ireo izay tsy nandà ankitsirano ny fahazavana efa noraisiny sy tsy nanohitra ny fihetsehana momba ny fiavian' i Kristy. Ao amin' ny epistily ho an' ny Hebreo dia misy teny fampaherezana sy fampitandremana ho an' ireo izay niandry, sy nozahan-toetra tamin' io fotoan-tsarotra io. «Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe, fa tokony hanana faharetana ianareo mba hahazoanareo izay lazain' ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon' Andriamanitra. Fa rehefa afaka kelikely, dia ho tonga Ilay ho avy fa tsy hitaredretra. Ary ny oloko marina dia ho velon' ny finoana, fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko. Fa isika tsy mba naman' izay mihemotra ho amin' ny fahaverezana, fa naman' izay mino ho amin' ny famonjena ny fanahy»[11].

«Mazava fa natao ho an' ny fiangonana aty amin' ny andro farany io fananarana io, araka ny teny izay manondro ny fahantomoran' ny fiavian' ny Tompo». «Fa rehefa afaka kelikely dia ho tonga Ilay ho avy, fa tsy hitaredretra». Ary voalaza mazava fa misy toa fihemoran' ny fotoan' andro ary toa hitaredretra ny Tompo araka ny fahitana azy. Ny toro-hevitra omena eto dia mifanitsy indrindra amin' ny fanandramana nataon' ireo Advantista tamin' izany fotoana izany. Ny vahoaka iantefan' izany dia notandindomindoza ho rendripinoana. Efa nanao ny sitrapon' Andriamanitra izy tamin' ny fanarahany ny Fanahiny sy ny teniny ; nefa tsy nazava taminy ny fikasany teo amin' ny fanandramana nataony teo aloha, ary tsy hitany mazava ny lalana nombany amin' ny ho avy, ka ho azon' ny fakam-panahy izy hisalasala raha tena nitarika azy tokoa Andriamanitra. Azo nampiharina tamin' izany ny teny hoe : «Ary ny oloko marina dia ho velona amin' ny finoana». Raha namirapiratra teo amin' ny lalany ny fahazavan' ny «antso mamatonalina», ka hiteny fa efa novahana ny tombo-kasen' ireo faminaniana ary tanteraka haingana dia haingana ireo famantarana manambara fa akaiky ny fiavian' i Kristy, dia nandeha araka izany izy, tamin' ny alalan' izay hitan' ny masony. Fa ankehitriny kosa, naondriky ny fanantenany tsy tanteraka izy, ka tsy afaka hijoro raha tsy amin' ny alalan' ny finoana an' Andriamanitra sy ny teniny ihany. Naniratsira izao tontolo izao ka nanao hoe : «Efa voafitaka ianareo. Ialao ny finoanareo, ary ambarao fa avy tamin' i Satana ny fihetsehana momba ny fiavian' i Kristy». Nefa izao no ambaran' ny tenin' Andriamanitra : «Raha mihemotra izy dia tsy sitraky ny fanahiko». Ny fandavana ny finoany

izao, sy ny fandavana ny herin' ny Fanahy Masina izay teo amin' ny hafatra, dia ho nitarika azy hiverina ho any amin' ny fahaverezana. Nampahery azy hijoro ny tenin' i Paoly manao hoe: «Koa aza manary ny fahasahianareo, fa rehefa afaka kelikely, dia ho tonga Ilay ho avy, fa tsy hitaredretra». Ny hany fihetsika azo antoka ho azy dia ny mankamamy ny fahazavana izay efa noraisiny tamin' Andriamanitra, ny hamikitra amin' ny teny fikasany, ary ny hitozo handinika ny Soratra Masina, sy hiandry ary hiambina amim-paharetana handray fahazavana vaovao.

**Fanamarihana**

1 Ezek. 12 : 21 - 25 , 27 , 28
2 Mat. 25 : 5-7
3 1 Kor. 5 : 7;
4 1 kor. 15 : 23;
5 1 Kor. 15 : 20; Fil. 3 : 21
6 Mat. 21 : 9
7 Jao. 20 : 13
8 Lio. 19 : 40 ;
9 Asa. 17 : 3 ;
10 zak. 9 : 9 ;
11 Heb. 10 : 35-39

# 23

## *Inona ny fitoerana masina ?*

Ny toko sy andininy izay sady fototra no andry lehibe niankinan ny finoana ny amin' ny fiavian' i Kristy mihoatra noho ny hafa rehetra, dia ilay fanambarana hoe : Telonjato sy roa arivo andro; rehefa afaka izany dia hodiovina ny fitoerana masina[1]. Teny mahazatra ny mpino rehetra ny fiavian' ny Tompo tsy ho ela. Naverimberin' ny molotra an' arivony ho teny baikon' ny finoany izany faminaniana izany. Tsapan' ny rehetra fa ireo toe-javatra voalaza ao no iankinan' ireo toe-javatra be voninahitra indrindra nandrasany sy ireo fanantenana nankamamiany indrindra. Efa naseho fa nifarana tamin' ny fararanon' ny taona 1844 ireo andro voalazan' ny faminaniana ireo. Tahaka ireo kristiana hafa eto amin' izao tontolo izao dia nitana ny finoana ny Advantista fa ny tany, na ny ampahany izany, no fitoerana masina. Noheveriny fa ny fanadiovana ny fitoerana masina dia ny fanadiovana ny tany amin' ny afo amin' ny andro lehibe farany, ary hiseho amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany izany. Izany no niavian' ny fehin-kevitra fa hiverina eto an-tany amin' ny 1844 Kristy.

Lasa anefa ny fotoana notendrena, ary tsy tonga ny Tompo. Fantatr' ireo mpino fa tsy mety ho diso ny tenin' Andriamanitra noho izany dia ny fanazavany ny faminaniana no diso; nefa aiza io diso io? Betsaka no nivatravatra nanala olana tamin' ny fandavana fa tsy nifarana tamin' ny 1844 ny 2300 andro. Tsy nisy antony azo naroso ny amin' izany afatsy ny hoe tsy tonga i Kristy. Noantitranteriny fa raha niafara tamin' ny 1844 ireo andro ara-paminaniana ireo, dia ho niverina i Kristy hanadio ny fitoerana masina, ka hanadio ny tany amin' ny afo ; koa satria tsy tonga Izy, dia tsy nifarana izany ireo andro ireo.

Raha ekena io fehin-kevitra io dia lavina izany ny fanisana ireo fotoan' andro ara-paminaniana teo aloha. Efa hita anefa fa nanomboka ny fanisana

ny 2300 andro, rehefa nampiharina ny baiko nomen' i Artaksersesy hanavaozana sy hananganana an' i Jerosalema, tamin' ny fararanon' ny taona 457 BC. Raha raisina ho fotoana hiaingana io, dia mifandrindra tanteraka ny fampiharana izany amin' ireo toe-javatra rehetra voalaza mialoha ao amin' ny fanazavana an' io fe-potoana io ao amin' i Daniela 9 : 25-27. Sivy amby enimpolo herinandro, ny taona 483 voalohany amin' ny 2300, dia tonga hatreo amin' ny Mesia, Ilay voahosotra; ary ny batisan' i Kristy sy ny fanosoran' ny Fanahy Masina Azy, dia manatanteraka marina ny filazana. Teo afovoan' ny herinandro fahafitopolo, dia nesorina ny Mesia. Telo taona sy tapany taorian' ny batisany, dia nohomboana tamin' ny hazo fijaliana i Kristy, tamin' ny lohataonan' ny AD. 31. Ny fitopolo herinandro, na ny 490 taona, dia natokana ho an' ny Jiosy. Tamin' ny fiafaran' io fe-potoana io dia nanamafy ny fandavany an' i Kristy ny firenena tamin' ny fanenjehany ny mpianany, ka nitodika ho any amin' ny Jentilisa ny apostoly tamin' ny AD. 34. Ny 490 taona voalohany amin' ny 2300 dia efa nifarana ary 1810 taona sisa. Manomboka eo amin' ny AD. 34 ka hatramin' ny 1844 dia misy 1810 taona. «Rehefa afaka izany, hoy ny anjely, dia hodiovina ny fitoerana masina». Ireo antsipiriany teo aloha mikasika ny faminaniana dia tanteraka tsy misy adihevitra tamin' ny fotoana voatondro.

Raha araka ny fanisana, dia nazava sy nifandrindra avokoa ny zavatra rehetra, afa-tsy ny momba ny fanadiovana ny fitoerana masina niseho tamin' ny 1844. Ny fandavana fa tsy nifarana tamin' io fotoana io ireo andro voalaza dia fanakorontanana ny zavatra rehetra, ary fialana amin' ny hevitra izay efa natsangana noho ny fahatanterahan' ny faminaniana tsy misy diso.

Andriamanitra anefa no efa nitarika ny vahoakany tao amin' ilay fihetsiketsehana lehibe momba ny fiavian' i Kristy; hita teo amin' ny asa ny heriny sy ny voninahiny, ary tsy navelany hifarana tao amin' ny haizina sy ny fahadisoam-panantenana izany, ka hampangaina ho fahataitairana diso toerana vokatry ny fandraisana an-tendrony fotsiny. Tsy avelany ho tonga ny fisalasalana izay nampihazohazo ny amin' ny teniny. Na dia betsaka aza ireo niala tamin' ilay fomba nanisany voalohany ireo fotoan' andro ara-paminaniana ka nandà ny fahamarinan' ny fihetsiketsehana nifototra tamin' izany, dia nisy hafa kosa izay tsy naniry ny hiala tamin' ny finoana sy ny fanandramana notohanan' ny Soratra Masina sy ny fanatrehan' ny Fanahin Andriamanitra. Nino izy fa foto-kevitra tsara no nentiny nanazava ny faminaniana tamin' ny nandinihany izany, ary adidiny ny hitana mafy ny fahamarinana efa azo, sy ny manohy ny fomba namakafakany ny Baiboly. Nivavaka tamin-kafanam-po izy, niverina nandinika ny heviny sy nianatra ny Soratra Masina mba hahitany ny diso nataony. Rehefa tsy nahitany fahadisoana ny fanisana ireo fe-potoana arapaminaniana, dia voatarika handinika akaiky ny momba ny fitoerana masina izy.

Tamin' ny fanadihadiana nataony dia hitany fa tsy misy teny ao amin' ny Soratra Masina manohana ny hevitry ny besinimaro milaza fa ny tany no fitoerana masina; fa azony tao amin' ny Baiboly kosa ny fanazavana feno momba ny fitoerana masina, ny toetoetrany, ny toerana misy azy, ny fanompoana natao tao dia nazava ary betsaka ny teny vavolombelona nentin' ireo mpanoratra masina hany ka tsy nisy adihevitra ny momba izany. Hoy ny apostoly Paoly, ao amin' ny Epistily ho an' ny Hebreo : «Koa na dia ny fanekena voalohany aza dia nisy fitsipika ny amin' ny fanompoam-pivavahana, ary nisy ny fitoerana masina momba ny ety an-tany. Fa nisy tabernakely voavoatra : ny efitra voalohany, ilay atao hoe «ny fitoerana masina», izay nisy ny fanaovan-jiro sy ny latabatra ary ny mofo aseho. Ary ao anatin' ny efitra lamba faharoa no nisy ny tabernakely izay atao hoe «ny fitoerana masina indrindra», izay nisy ny lovia volamena fandoroana ditin-kazo manitra sy ny fiaran' ny fanekena, izay voapetaka takela-bolamena avokoa; ary tao anatin' io no nisy ny vilany volamena, izay nitoeran' ny mana, sy ny tehin' i Arona izay nitsimoka, ary ny vato fisaky ny fanekena; ary teo ambonin' io koa ny kerobima nisy ny voninahitra, izay nanaloka ny rakotra fanaovampanavotana»[2].

Ny fitoerana masina izay lazain' i Paoly dia ny tabernakely naorin' i Mosesy noho ny baikon' Andriamanitra ho toeran' ny Avo Indrindra eto an-tany. «Ary asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho»[3], izany no torohevitra nomena an' i Mosesy fony izy teo amin' ny tendrombohitra niaraka tamin' Andriamanitra. Nanao ny diany mamakivaky ny efitra ny Isiraelita ka namboarina toy izany ny tabernakely mba ho azo afindrafindra; na izany aza dia kanto dia kanto ny rafitra nanaovana azy. Hazo fisaka mahitsy ny rindrina, voasaron' ny takela-bolamena matevina ary nakamban' ny faladia volafotsy, ary ny tafony dia lamba mifanosona, ny ivelany dia hoditra, ary ny anatiny indrindra dia rongony madinika tsara tarehy voapeta-kofehy misary kerobima. Ankoatry ny kianja ivelany, izay nisy ny alitara fanaovana fanatitra hodorana, dia nisy efitra roa ny tabernakely izay natao hoe fitoerana masina sy masina indrindra, nosarahin' ny lamba sarobidy sy tsara tarehy; nisy lamba toy izany koa teo ambaravaran' ny efitra voalohany.

Teo amin' ny lafiny atsimo tao amin' ny fitoerana masina no nisy ny fanaovan-jiro nanazava ny fitoerana masina na andro na alina, teo amin' ny lafiny avaratra ny latabatry ny mofo aseho; ary nanatrika ny lamba izay nampisaraka ny masina amin' ny masina indrindra dia nisy ny alitara volamena fandoroana ditin-kazo manitra, avy teo no niakaran' ny setroky ny fofo-manitra teo anatrehan' Andriamanitra isan' andro, niaraka tamin' ny fivavahan' Isiraely.

Tao amin' ny fitoerana masina indrindra ny fiara. Vata natao tamin' ny hazo sarobidy nosaronana volamena izy io ary tao, no nitoeran' ireo vato fisaka roa, izay nanoratan' Andriamanitra ny lalàn' ny Didy folo. Teo

ambonin' ny fiara, ary nanarona ilay vata masina, no nisy ny rako-panavotana, izay sangan' asa kanto indrindra, nisy kerobima roa teo amboniny teo amin' ny tendrony roa ary volamena tsara no nanaovana azy rehetra. Tao amin' io efitra io no nisehoan' ny fanatrehan' Andriamanitra tao amin' ny rahona be voninahitra teo anelanelan' ny Kerobima.

Rehefa tafaorina tany Kanana ny Hebreo, dia nosoloina ny tempolin' i Solomona ny tabernakely izay na dia rafitra nipetraka sy lehibe kokoa aza, dia nifandanja toy izany ihany ny refiny ary nitovy ny fanaka tao anatiny. Tamin' io endrika io no nisian' ny fitoerana masina — afa-tsy tamin' ny fotoana naharavany tamin' ny andron' i Daniela — mandra-pandravan' ny Romana azy tamin' ny AD 70. Io no hany fitoerana masina mbola nisy teto an-tany, izay lazain' ny Baiboly ny antonantony. Nambaran' i Paoly izany fa fitoerana masin' ny fanekena voalohany. Nefa moa ve tsy nanana fitoerana masina ny fanekena vaovao?

Raha namadika indray ny bokin' i Hebreo ireo mpikatsaka ny fahamarinana dia nahita ny fisian' ny fitoerana masina faharoa, na fitoerana masin' ny fanekena vaovao, izay raketin' ny tenin' i Paoly voalaza etsy aloha. «Koa na dia ny fanekena voalohany aza dia nisy fitsipika ny amin' ny fanompoam-pivavahana, ary nisy fitoerana masina momba ny ety an-tany». Amin' ny fampiasany ny teny hoe «koa» dia manambara sahady i Paoly fa teo aloha dia efa hitany ny amin' io fitoerana masina io. Raha niverina tany tamin' ny fiantombohan' ny toko voalohandohany izy, dia toy izao no novakiny : «Ary amin' izany zavatra izany dia izao no fotony : Manana Mpisoronabe toy izany isika, dia Ilay efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny Avo Indrindra any an-danitra, mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin' ny Tompo, fa tsy ny olona»[4].

Aseho eto ny fitoerana masin' ny fanekena vaovao. Ny fitoerana masin' ny fanekena voalohany dia natsangan' olona, naorin' i Mosesy; ity kosa dia Jehovah no nanangana azy fa tsy olona. Tao amin' ilay fitoerana masina tandindona dia ny mpisorona teto an-tany no nanao ny fanompoana; ao amin' ilay tena izy kosa, dia Kristy, Ilay Mpisoronabentsika no manao fanompoana eo an-tanana an-kavanan' Andriamanitra. Ny fitoerana masina iray teto an-tany; fa ny iray kosa any an-danitra.

Ankoatr' izany ny tabernakely naorin' i Mosesy dia natao araka ny endrik' ilay naseho azy. Jehovah no nanoro hevitra hoe : «Araka izay rehetra asehoko aminao, dia ny endriky ny tabernakely sy ny endriky ny fanaka rehetra momba azy dia araka izany no hanaovanao azy». Dia naveriny indray ny hafatrafatra hoe : «Ary tandremo mba hataonao araka ny endriny izay naseho taminao tao an-tendrombohitra izy»[5]. Ary i Paoly dia nilaza fa ilay tabernakely voalohany dia «fanoharana amin' izao andro ankehitriny izao, ary araka izany no anaterana fanomezana sy fanatitra» ; fa ireo fitoerana

masina tao dia tandindon' ny zavatra any an-danitra»; fa ireo mpisorona izay nanao fanatitra araka ny lalàna dia «nanao fanompoam-pivavahana amin' izay endrika sy aloky ny zavatra any an-danitra» ary «Kristy tsy mba niditra tao amin' izay fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon' ny tena fitoerana masina, fa ho any an-danitra tokoa, mba hiseho eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny ho antsika»[6].

Ny fitoerana masina any an-danitra izay anaovan' i Jesosy fanompoana ho antsika, no tena izy sy lehibe ary nakana sary nanaovana ny fitoerana masina naorin' i Mosesy. Napetrak' Andriamanitra tamin' ireo mpanorina ny fitoerana masina teto an-tany ny Fanahiny. Fanehoana ny fahendren' Andriamanitra ny fahaizana asa-tanana hita teo amin' ny fanamboarana azy. Volamena tsy misy fangarony no fijery ny rindrina, izay nitaratra ny fahazavan' ny jiro fiton' ny fanaovan-jiro volamena hatraiza hatraiza. Ny latabatiy ny mofo aseho sy ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra dia namirapiratra tahaka ny volamena manjelanjelatra. Ny lamba mirenty dia mirenty, natao valin-drihana, nisy sarin' anjely vita peta-kofehy manga sy volomparasy ary jaky. dia mbola nanampy ny hankaton' izany. Any ambadiky ny efitra lamba faharoa ny «Shekinah» masina, izay nanehoana hita maso ny voninahitr' Andriamanitra, tsy misy afatsy ny mpisoronabe ihany no afaka hiditra ho eo anatrehan' izany ka ho velona.

Ny toetry ny tabernakely teto an-tany izay narevaka tsy nisy toa azy dia nitaratra teo imason' ny olombelona ny voninahitry ny tempoly any an-danitra izay toerana anaovan' i Kristy, mpialoha lalana antsika. fanompoana ho antsika eo anatrehan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. Ny toerana fonenan' ny Mpanjakan' ny mpanjaka, izay misy arivo arivo manompo Azy, sy alinalina mitsangana eo anatrehany (Daniela 7 : 10), ilay fanorenana mirenty indrindra vitan' ny tanan' olombelona dia taratra manjavozavo ihany nenti-naneho ilay tempoly feno ny voninahitry ny seza fiandrianana mandrakizay tompoin' ireo serafima mpiambina mamirapiratra manarona ny tavany ho fanajana izany toerana izany. Nefa misy fahamarinana mavesa-danja mikasika ny fitoerana masina any an-danitra sy ny asa lehibe izay tanterahina ao. ho an' ny fanavotana ny olombelona nampianarina tamin' ny alalan' ny fitoerana masina teto an-tany sy ny asa fanompoana tao.

Ireo efitra masina ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra dia asehon' ireo efitra roa tao amin' ny fitoerana masina teto an-tany. Raha naseho ny apostoly Jaona tamin' ny fahitana ny tempolin' Andriamanitra any an-danitra dia hitany tao ny «jiro fito nirehitra teo anoloan' ny seza fiandrianana»[7]. Nahita anjely izy «nitondra lovia volamena fandoroana ditin-kazo manitra; ary nomena ditin-kazo manitra betsaka izy, hanaterany azy mbamin' ny vavaky ny olona masina rehetra eo ambonin' ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra, izay eo anoloan' ny seza fiandrianana»[8]. Teo ny mpaminany

dia navela hibanjina ny efitra voalohany ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra, ary hitany tao ny «jiro fito nirehitra» sy ny «alitara volamena» izay nasehon' ny fanaovan-jiro volamena sy ny fandoroana ditin-kazo manitra tao amin' ny fitoerana masina teto an-tany. Novohana indray ny «tempolin' Andriamanitra» (Apokalypsy 11 : 19) ka nojereny ny tao amin' ny masina indrindra. Tao no nahitany ny «fiaran' ny fanekeny», izay nasehon' ilay vata fiara masina nataon' i Mosesy mba hasiana ny lalàn' Andriamanitra.

Koa ireo izay nandinika ny momba ny fitoerana masina dia nahita porofo tsy azo iadian-kevitra ny amin' ny fisian' izany any an-danitra. Nataon' i Mosesy araka ny ohatra izay naseho azy ny fitoerana masina teto an-tany. Ary vavolombelona i Jaon.a fa nahita izany tany an-danitra.

Ao amin' ny tempoly any an-danitra, fonenan' Andriamanitra, no miorina amin' ny fahamarinana sy ny fitsarana ny seza fiandrianany. Ao amin' ny fitoerana masina indrindra ny lalàny, ilay fitsipika lehibe mamaritra ny rariny izay hizahan-toetra ny olombelona rehetra. Ny fiara izay mitahiry ny vato fisaky ny lalàna dia saronan' ny rakopanavotana, eo anoloan' izany i Kristy no mandahatra ny amin' ny rany ho an' ny mpanota. Noho izany dia mampiseho ny firaisan' ny fahamarinana sy ny famindrampo eo amin' ny drafitra hoentimanavotra ny olombelona io. Ny fahendrena tsy voafetra ihany no afaka mamolavola io firaisana io ary hery tsy voafetra no afaka manatanteraka azy; io firaisana io no mahenika ny lanitra manontolo amin' ny fahagagana sy fiderana. Ny kerobima teo amin' ny fitoerana masina teto an-tany, izay niondrika tamim-panajana teo amin' ny rakopanavotana, dia mampiseho ny hafalian' ny tafiky ny lanitra mibanjina ny asam-panavotana. Izao no zava-miafin' ny famindrampo izay tian' ny anjely hojerena dia ny mbola maha-marina an' Andriamanitra ihany nefa Izy manamarina ny mpanota mibebaka sy manavao ny fifandraisany amin' ny taranaka lavo; fa azon' i Kristy atao ny manetry tena mba hampiakarany vahoaka tsy hita isa avy ao amin' ny hantsan' ny faharavana ka hanafiany azy amin' ny fitafiana tsy misy pentin' ny fahamarinana mba hiray amin' ny anjely izay tsy lavo na oviana na oviana ary hitoetra mandrakizay eo anatrehan' Andriamanitra.

Ny asan' i Kristy amin' ny maha-mpanelanelana Azy dia aseho ao amin' ilay faminaniana kanto dia kanto nataon' i Zakaria mikasika «Ilay atao hoe Rantsana» kely. Hoy ny mpaminany : «Izy no hanao ny tempolin' i Jehovah, ary Izy hitondra voninahitra ka hipetraka sy hanapaka ny eo amin' ny seza fiandrianan' ny Rainy; ary ho mpisorona eo amin' ny seza fiandrianany Izy; ary hisy fisainampihavanana amin' izy roroa»[9].

«Izy no hanao ny tempolin' i Jehovah». Tamin' ny alalan' ny sorona nataony sy ny fanelanelanany, Kristy dia fototra sady mpanorina ny fiangonan' Andriamanitra. Lazain' ny apostoly Paoly ho «fehizoro indrindra

Izy; ao aminy no irafetan' ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin' ny Tompo. Ary ao aminy, hoy izy, no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan' Andriamanitra amin' ny Eanahy» [10].

«Hitondra voninahitra Izy». An' i Kristy ny voninahitry ny fanavotana ny taranaka lavo. Mandritra ny mandrakizay, dia ho toy izao ny hiran' ny voavotra : «Ho an' izay tia antsika ka manasa antsika ho afaka amin' ny fahotantsika tamin' ny rany, ... Ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay». Apokalypsy 1 : 5, 6.

«Hipetraka sy hanapaka eo amin' ny seza fiandrianany Izy; ary ho mpisorona eo amin' ny seza fiandrianany». Tsy mbola eo amin' ny «seza fiandrianany ny voninahiny» akory Izy ankehitriny, ny fanjakam-boninahitra dia tsy mbola nidirany. Raha tsy mifarana ny asany amin' ny maha-mpanalalana Azy tsy homen' Andriamanitra Azy «ny seza fiandrianan' i Davida Rainy», dia fanjakana izay «tsy hanam-pahataperana»[11]. Amin' ny maha-mpisorona Azy izao no hiarahan' i Kristy mipetraka amin' ny Ray eo amin' ny seza fiandrianana (Apokalypsy 3:21). Eo amin' ny seza fiandrianana miaraka amin' Ilay mandrakizay, tsy nisy namorona Ilay «nitondra ny aretintsika tokoa sady nivesatra ny fahoriantsika», «Ilay nalaimpanahy tamin' ny zavatra rehetra tahaka antsika kanefa tsy nanana ota», «ka nahavonjy izay alaim-panahy koa Izy». «Raha misy manota, dia manana Solovava ao amin' ny Ray isika»[12]. Ny fanelanelanana ataony dia fanelanelanan' ny tena nolefonina sy torotoro, fiainana tsy misy pentina. Ny tanany naratra, ny lanivoany nolefonina, ny tongony simbasimba, dia manao fifonana ho an' ny olombelona lavo, izay novidina tamin' ny vidiny tsy hita fetra.

«Ary hisy fisainam-pihavanana amin' izy roroa». Ny fitiavan' ny Ray, ary tsy latsaka noho izany ny an' ny Zanaka, no loharanompamonjena ho an' ny taranaka lavo. Hoy Jesosy tamin' ny mpianany talohan' ny nandehanany : «Ary tsy milaza aminareo Aho fa Izaho no hangataka amin' ny Ray ho anareo; fa ny Ray dia tia anareo»[13]. «Andriamanitra tao amin' i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy»[14]. «Ary eo amin' ny fanompoana eo amin' ny fitoerana masina any ambony, dia hisy fisainam-pihavanana amin' izy roroa». «Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay»[15].

Ilay fanontanina hoe : Inona ny fitoerana masina? dia voavalin' ny Soratra Masina mazava. Ny teny hoe «fitoerana masina», araka ny ampiasaina ao amin' ny Baiboly, dia voalohany milaza ny tabernakely naorin' i Mosesy, izay nalain-tahaka tamin' ny tany an-danitra, ary faharoa, milaza ny «tena tabernakely» any an-danitra, izay tondroin' ny fitoerana masina teto an-tany. Nifarana tamin' ny fahafatesan' i Kristy ny fanompoam-pivavahana tandindona. Ilay «tena tabernakely» any an-danitra no fitoerana masin' ny

fanekena vaovao. Ary satria tanteraka nandritra io fanekena vaovao io ny faminaniana ao amin' i Daniela 8 : 14, dia ny fitoerana masin' ny fanekena vaovao no tsy maintsy lazaina ao. Tamin' ny fiafaran' ny 2300 andro, izany hoe tamin' ny 1844, dia efa taonjato maro no tsy nisian' ny fitoerana masina teto an-tany. Noho izany dia tsy azo iadian-kevitra fa manondro ny fitoerana masina any an-danitra ny faminaniana hoe : «Telonjato sy roa arivo andro, rehefa afaka izany dia hodiovina ny fitoerana masina».

Mbola mila valiny anefa ity fanontaniana lehibe indrindra ity. Inona ny fanadiovana ny fitoerana masina? Misy fanompoampivavahana toy izany natao tao amin' ny fitoerana masina teto an-tany voalaza ao amin' ny Testamenta Taloha. Nefa mety hisy zavatra hodiovina ve any an-danitra? Ampianarina mazava tsara ao amin' ny Hebreo 9 ny fanadiovana ny fitoerana masina eto an-tany sy ny any an-danitra. «Ary saiky diovina amin' ny ra avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna; fa raha tsy misy ra alatsaka, dia tsy misy famelankeloka. Koa tsy maintsy nodiovina tamin' ireny ran' ny biby ireny ny tandindon' ny zavatra any an-danitra, fa ny tenan' ny zavatra any an-danitra kosa dia tamin' izay fanatitra tsara noho ireny, dia ny ra sarobidin' i Kristy»[16].

Tsy maintsy atao amin' ny ra ny fanadiovana na teo amin' ny fanompoana tandindona na teo amin' ny tena izy; tamin' ny voalohany dia tamin' ny ran' ny biby, ary tamin' ny manaraka dia amin' ny ran' i Kristy. Lazain' i Paoly ny antony tsy maintsy, anaovana io fanadiovana io amin' ny ra, satria raha tsy misy ra alatsaka. dia tsy misy famelan-keloka. Ny famelan-keloka na ny famelana fahotana no asa tanterahina. Nefa ahoana no mety hisy fahotana mifandray amin' ny fitoerana masina, na ny any an-danitra, na ny eto an-tany ? Ny fijerena ny fanompoam-pivavahana ara-tandindona no mety ahafantarana izany ; satria ireo mpisorona izay nanao fisoronana teto an-tany, dia nanao izany, «amin' izay endrika sy aloky ny zavatra any an-danitra» [17].

Nizara roa ny asa fanompoana tao amin' ny fitoerana masina teto an-tany; nanao fanompoana isan' andro tao amin' ny fitoerana masina ny mpisorona, ary indray mandeha isan-taona ny mpisoronabe no nanao asa fanavotana manokana tao amin» ny masina indrindra, hanadiovana ny fitoerana masina. Isan' andro ny mpanota mibebaka no mitondra ny fanatiny eo am-baravaran' ny tabernakely ka sady mametraka ny tanany eo amin' ny lohan' ny biby hovonoina izy, no miaiky ny fahotany, amin' izany izy dia mamindra ara-tandindona ny fahotany hiala aminy ary ho eo amin' ilay sorona tsy manan-tsiny. «Raha tsy misy ra alatsaka , hoy ny apostoly, dia tsy misy famelankeloka. Fa ny ain' ny nofo dia amin' ny ra»[18]. Mitaky ny ain' ny mpandika lalàna ny didin' Andriamanitra voadika. Ny ra mampiseho ny ain' ny mpanota voasazy, izay nafmdra teo amin' ilay biby hovonoina noho ny

fahadisoany, dia entin' ny mpisorona ho ao amin' ny fitoerana masina ary atentiny eo anoloan' ny fiara nisy ny didy nodikain' ny mpanota. Tamin' ny alalan' io fanompoam-pivavahana io dia nafindra ara-tandindona tamin' ny alalan' ny ra ho ao amin' ny fitoerana masina ny fahotana. Indraindray anefa dia tsy nentina tao amin' ny fitoerana masina ny ra, fa nentina hohanin' ny mpisoronabe ny nofony, araka ny torohevitr' i Mosesy tamin' ireo zanak' i Arona hoe : «efa nomena anareo izay hitondranareo ny heloky ny fiangonana»[19]. Ireo fanompoam-pivavahana roa ireo dia samy mampiseho ara-tandindona ny fanalana ny fahotana avy amin' ilay mibebaka ho eo amin' ny fitoerana masina.

Toy izany ny asa natao teo isan' andro isan' andro, mandavataona. Tamin' izany fomba izany no namindrana ny fahotan' Isiraely tao amin' ny fitoerana masina, koa dia nanjary nisy asa manokana nilaina hoenti-manaisotra izany. Nibaiko ny hanaovana fanavotana ho an' ireo efitra roa masina ireo Andriamanitra. «Dia hanao fanavotana ho an' ny fitoerana masina izy noho ny fahalotoan' ny Zanak' Isiraely sy ny fahadisoany, dia ny fahotany rehetra; ary toy izany koa no hataony ho an' ny trano lay fihaonana, izay mitoetra eo aminy, eo afovoan' ny fahalotoany». Nisy koa fanavotana atao ho an' ny alitara, mba hodiovina sy hohamasinina ho afaka amin' ny fahalotoan' ny Zanak' Isiraely.[20]

Indray mandeha isan-taona, amin' ny Andro Fanavotana lehibe, dia niditra tao amin' ny fitoerana masina indrindra ny mpisorona mba hanadio ny fitoerana masina. Ny asa natao tao dia nahafeno ny asa fanompoana fanao isan-taona. Tamin' ny Andro Fanavotana dia nisy osilahy roa nentina teo am-baravaran' ny tabernakely, ary nanaovana filokana izy ireo, ka ny «loka anankiray ho an' i Jehovah, ary ny loka anankiray ho an' i Azazela». Andininy 8. Ny osilahy izay niharan' ny filokana ho an' i Jehovah dia novonoina ho fanatitra noho ny ota ho an' ny vahoaka. Dia nentin' ny mpisorona tao anaty efitra lamba ny rany ka nafafiny amin' ny rakotra fanaovam-panavotana sy eo anoloan' ny rakotra fanaovam-panavotana. Nafafy koa teo amin' ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra teo anoloan' ny efitra lamba ny ra.

«Dia hapetrak' i Arona amin' ny lohan' ny osilahy velona ny tànany roa, ka ekeny eo amboniny ny heloky ny Zanak' Isiraely rehetra sy ny fahadisoany rehetra, dia ny fahotany rehetra; dia hametraka izany eo amin' ny lohan' ny osilahy izy ka mampandefa azy hoentin' ny lehilahy voatendry hankany an' efitra». Andininy 21-22. Tsy miverina intsony eo amin' ny tobin' Isiraely ny osiiahin' i Azazela. ary ny olona nitondra azy dia nasaina nisasa sy nanasa ny fitafiany tamin' ny rano vao niverina tao amin' ny toby.

Ny fanompoam-pivavahana rehetra dia natao mba handatsaka ao am-pon' ny Isiraelita ny fahamasinan' Andriamanitra sy ny faharikorikoany ny fahotana, ary ankoatr' izany, mba hampiseho aminy fa tsy afaka

hifampikasoka amin' ny fahotana izy ka tsy ho voaloto. Ny olona tsirairay dia nasaina nampahory ny fanahiny nandritra ny fanaovana io asa fanavotana io. Napetraka ny asa aman-draharaha rehetra, ary ny fiangonan' ny Isiraely manontolo dia nandany ilay andro tamin' ny fanetren-tena nampangitakitaka teo anatrehan' Andriamanitra, nombam-pivavahana, fifadian-kanina. sy fandinihana lalina ny fo.

Fahamarinana lehibe mikasika ny fanavotana no ampianarin' ny fanompoam-pivavahana tandindona. Nisy solovaika nekena haka ny toeran' ny mpanota; nefa tsy voaisotry ny ran' ny biby ny fahotana. Fa izany dia fomba nomanina mba hamindrana izany ho amin' ny fitoerana masina. Ny fitondrany ra atao fanatitra dia nanambaran' ny mpanota ny fanekeny ny fahefan' ny lalàna, ny fiaikeny ny fahotany tamin' ny nandikany izany sy ny fanehoany ny faniriany famelankeloka amin' ny alalan' ny finoana Ilay Mpanavotra ho avy; nefa tsy mbola afaka tanteraka tamin' ny fanamelohan' ny lalàna izy. Tamin' ny Andro Fanavotana, rehefa avy nandray fanatitra avy tamin' ny fiangonan' ny Isiraely ny mpisoronabe, dia niditra tao amin' ny fitoerana masina indrindra nitondra ny ran' io fanatitra io, ka namafy izany teo amin' ny rakotra fanaovam-panavotana, teo ambonin' ny lalàna indrindra mba hahafa-po ny fitakiany. Rehefa izany, tamin' ny naha-mpanelanelana azy, dia noraisiny teo amin' ny tenany ny fahotana ka nentiny nivoaka ny fitoerana masina. Napetrany teo amin' ny lohan' ny osilahy ho an' i Azazela ny tanany, sady niaiky ny fahotana rehetra teo aminy izy, tamin' izany no nampisehoany an-tsary fa esoriny avy amin' ny tenany ny fahotana ka afindrany eo amin' ny osilahy. Nentina tany ivelany amin' izay ilay osilahy, ary noheveriny fa tafasaraka mandrakizay tamin' ny vahoaka.

Toy izany ny fanompoam-pivavahana izay «endrika sy aloky ny any an-danitra». Ary izay natao ara-tandindona teo amin' ny fanompoam-pivavahan' ny fitoerana masina teto an-tany dia atao marina tokoa eo amin' ny fanompoam-pivavahan' ny fitoerana masina any an-danitra. Rehefa niakatra ho any an-danitra ny Mpamonjintsika, dia nanomboka ny asany amin' ny maha-mpisoronabentsika Azy Izy. Hoy i Paoly ; «Fa Kristy tsy mba niditra tao amin' izay fitoerana masina nataon-tànana, izay tandindon' ny tena fitoerana masina. fa ho any an-danitra tokoa, mba hiseho eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny ho antsika»[21].

Ny fanompoam-pivavahana nataon' ny mpisorona nandavan-taona tao amin' ny efitra voalohany, «tao anatin' ny efitra lamba» izay natao varavarana nampisaraka ny fitoerana masina sy ny kianja ivelany dia mampiseho ny asa fanompoana nidiran' i Kristy tamin' Izy niakatra ho any an-danitra. Ny asan' ny mpisorona tamin' ny fanompoam-pivavahana fanao isan' andro dia ny fitondrana ny ran' ny fanatitra noho ny ota teo anatrehan' Andriamanitra, sy ny fanaterana ny ditin-kazo manitra izay niakatra niaraka tamin' ny

fivavahan' ny Isiraely. Dia toy izany no nanaovan' i Kristy fifonana tamin' ny rany eo anatrehan' ny Ray ho an' ny mpanota sy nitondrany koa teo aminy ny vavaky ny mpino mibebaka niaraka tamin' ny fofo-manitra sarobidin' ny fahamarinan' ny tenany. Toy izany ny asa fanompoampivavahana natao tao amin' ny efitra voalohany tamin' ny fitoerana masina tany an-danitra.

Tao no nanarahan' ny finoan' ny mpianatr' i Kristy Azy raha nasandratra tsy ho hitan' ny masony Izy. Teo no nifantoka «ny fanantenany izay ananantsika ho vatofantsiky ny aina sady mafy no tsy mihetsika ary miditra any anatin' ny efitra lamba; tany no nidiran' i Jesosy ho Mpialoha antsika, rehefa tonga mpisoronabe mandrakizay Izy». «Ary tsy mba nitondra ran' osilahy sy ran-janak' omby Izy, fa ny ran' ny tenany dia niditra indray mandeha ho any amin' ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay»[22].

Nitohy tao amin' ny efitra voalohan' ny fitoerana masina nandritra ny taonjato valo ambin' ny folo io asa fanompoampivavahana io. Ny ran' i Kristy, izay nitalaho ho an' ny mpino mibebaka, dia nahazoan' ireo antoka ny amin' ny famelana ny helony sy ny faneken' ny Ray azy, nefa kosa mbola tafajanona ao amin' ny boky firaketana ihany ny fahotany. Tahaka ny tamin' ny fanompoana ara-tandindona izay nisian' ny asa fanavotana tamin' ny faran' ny taona, dia toy izany koa, alohan' ny hahatanteraka ny fanavotana ataon' i Kristy ho an' ny olona, dia misy asa fanavotana atao mba hanesorana ny fahotana tsy ho ao amin' ny fitoerana masina intsony. Io no fanompoana nanomboka raha nifarana ny 2300 andro. Tamin' io fotoana io, araka ny nambaran' i Daniela mpaminany mialoha, dia niditra tao amin' ny masina indrindra ny Mpisoronabentsika, mba hanao ny tapany farany indrindra amin' ny asa miezinezina ataony — dia ny fanadiovana ny fitoerana masina.

Tahaka ny nametrahana fahiny tamin' ny finoana teo amin' ny fanatitra noho ny ota ny fahotan' ny vahoaka, ka namindrana izany ara-tandindona tamin' ny alalan' ny rany, teo amin' ny fitoerana masina tety an-tany, dia toy izany koa ao amin' ny fanekena vaovao no ametrahana ny fahotan' ny olona mibebaka amin' ny alalan' ny finoana eo amin' i Kristy sy amindrana izany marina tokoa, any amin' ny fitoerana masina any an-danitra. Ary tahaka ny nanaovana ny fanadiovana ara-tandindona ny fitoerana masina teto an-tany tamin» ny fanesorana ny fahotana izay nandoto azy, dia toy izany no anaovana ny tena fanadiovana ny fitoerana masina any an-danitra amin' ny fanesorana, na ny fikosehana ny fahotana izay voasoratra ao. Nefa alohan' ny hanaovana izany, dia tsy maintsy misy fandinihana ny boky firaketana mba hamaritana izay mahazo mandray tombon-tsoa amin' ny fanavotana nataony amin' ny alalan' ny fibebahana amin' ny fahotana sy ny finoana an' i Kristy. Noho izany ny fanadiovana ny fitoerana masina dia mahafaoka koa ny asa famotopotorana — izay asa fitsarana. Tsy maintsy ho vita alohan» ny fiavian»

i Kristy hanavotra ny vahoakany io asa io; fa rehefa ho avy Izy, dia ho «eny Aminy ny famaliany, mba hamaliany ny olona rehetra araka ny asany »[23].

Noho izany ireo izay nanaraka ny fahazavan» ny teny faminaniana dia nahita fa, tsy ho tonga teto an-tany tsy akory i Kristy tamin» ny fiafaran» ny 2300 andro tamin» ny 1844, fa niditra kosa tao amin' ny efitra masina indrindra ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra mba hamita ny asa famaranana ny asa fanavotana mialoha ny fiaviany.

Hita koa fa raha manondro an' i Kristy araka ny maha-sorona Azy ny fanatitra noho ny ota, ary ny mpisoronabe mampiseho an' i Kristy amin' ny maha-Mpanelanelana Azy, ny osilahy ho an' i Azazela kosa dia nampiseho an' i Satana ara-tandindona. ilay niavian' ny ota ary eo aminy no hametrahana ny fahotan' ny olona mibebaka marina amin' ny farany. Rehefa nesorin' ny mpisoronabe tsy ho eo amin' ny fitoerana masina ny fahotana, noho ny ran' ny fanatitra noho ny ota, dia napetrany teo amin' ny osilahy ho an' i Azazela ireo fahotana ireo. Rehefa hesorin' i Kristy ny fahotan' ny vahoakany tsy ho eo amin' ny fitoerana masina any an-danitra amin' ny fiafaran' ny fanompoampivavahana ataon' ny tenany, noho ny rany, dia hapetrany eo amin' i Satana ireo fahotana ireo satria izy no tsy maintsy mitondra ny famaizana farany, amin' ny fampiharana ny didim-pitsarana. Nalefa tany amin' ny tany tsy nisy olona ny osilahy ho an' i Azazela, mba tsy hiverina intsony tao amin' ny fiangonan' ny Isiraely. Toy izany koa. horoahina mandrakizay tsy ho eo anatrehan' Andriamanitra sy ny vahoakany i Satana. ka hofongorana tsy hisy intsony izy amin' ny fandevonana farany ny fahotana sy ny mpanota.

**Fanamarihana**

1 Dan. 8 : 1 4
2 Heb. 9 : 1-5
3 Eks. 25 : 8
4 Heb. 8 : 1 , 2
5 Eks. 25 : 9 , 40
6 Heb. 9 : 9 , 23 ; 8 : 5 , 9 : 24
7 Apok. 4 : 5
8 Apok. 8 ; 3
9 Zak. 6 : 12 , 13
10 Efes. 2 : 21
11 Lio. 1 : 32 : 33
12 Isaia. 53 : 4 ; Heb. 4 : 15 ; 2 : 18 ; 1Jao.2:1
13 Jao. 16 : 21 ; 26 , 27 ;
14 2 Kor. 5 : 19
15 Jao. 3 : 16
16 Heb. 9 : 22 , 23
17 He. 8 : 5
18 Lev. 17 : 11
19 Lev. 10 : 17
20 Lev. 16 : 16 , 19
21 Heb. 9 : 24
22 Heb. 6 : 19 , 20 ; 9 : 12
23 Apok. 22 : 12

# 24

## *Ao amin' ny masina indrindra*

Ny momba ny fitoerana masina no fanalahidy mamoha ny zavamiafin' ny fahadisoam-panantenana tamin' ny 1844. Mampahita rafi-pahamarinana feno izay mifandray sady mirindra tsara ireo fizarana samihafa eo aminy eo imasontsika, ary mampiseho koa fa ny tanan' Andriamanitra no efa nitarika ny fihetsiketsehana lehibe mikasika ny fiavian' i Kristy sy manoritra ny adidy tokony hatao ankehitriny amin' izay manazava ny toerana misy ny vahoakany sy ny asany. Tahaka ireo mpianatra «izay faly rehefa nahita ny Tompo» taorian' ilay alina mafy nitebitebeny sy nahadiso fanantenana azy, dia toy izany koa no iravoravoan' ireo advantista, izay mibanjina ny fiaviany fanindroany ankehitriny. Efa nanantena Azy hiseho amimboninahitra izy hamaly soa ny mpanompony. Rehefa tsy tanteraka ny fanantenany, dia tsy hitan' ny masony intsony i Jesosy, ary tahaka an' i Maria teo amin' ny fasana, dia nitomany koa izy hoe : « Nalain' olona ny Tompoko, ka tsy fantatray izay nametrahany Azy». Izao kosa dia ao amin' ny masina indrindra izy ireo no mibanjina Azy indray, dia Ilay Mpisoronabe mamindra fo, izay hiseho tsy ho ela amin' ny maha-Mpanjaka sy Mpanafaka Azy. Ny fahazavana avy teo amin' ny fitoerana masina dia nanazava ny lasa sy ny ankehitriny ary ny ho avy. Fantany fa Andriamanitra no efa nitarika azy tamin' ay alalan' ny fitondrany tsy mety diso. Na dia tsy nazava tamin' izy ireo aza ny hafatra notoriny, tahaka ireo mpianatra voalohany, dia hita fa marina izany tamin' ny lafiny rehetra. Nanatanteraka ny fikasan' Andriamanitra izy tamin' ny nitoriany izany, ary tsy very maina tsy akory ny asany tao amin' ny Tompo. «Teraka indray ho amin' ny fanantenana velona» izy ireo ka niravoravo tamin' ny fifaliana tsy azo tononina sady be voninahitra.

Ny faminaniana ao amin' ny Daniela 8 : 14 «Telonjato sy roa arivo andro; rehefa afaka izany dia hodiovina ny fitoerana masina», sy ny hafatry ny anjely voalohany manao hoe, «Matahora an' Andriamanitra ka omeo

voninahitra Izy, fa tonga ny andro fitsarana», dia samy manondro ny asa -fisoronana ataon' i Kristy ao amin' ny fitoerana masina indrindra, manondro ny fitsarana famotopotorana, fa tsy ny fiavian' i Kristy hanavotra ny vahoakany sy hamongotra ny ratsy fanahy tsy akory. Tsy teo amin' ny fanisana ireo fotoana arapaminaniana akory ny fahadisoana, fa teo amin' ny toe-javatra izay hitranga amin' ny fiafaran' ny 2300 andro. Io fahadisoan-kevitra io no nahatonga ny mpino hiaritra fahadisoam-panantenana. Tanteraka anefa izay rehetra nambaran' ny faminaniana mialoha sy izay rehetra azony nampoizina noho ny fanambaran' ny Soratra Masina fa tsy maintsy hiseho. Tamin' ny fotoana indrindra izay nampiferinaina azy noho ny tsy nahatanterahan' ny fanantenany, dia nitranga ilay toe-javatra izay voalazan' ny hafatra mialoha, ary tsy maintsy ho tanteraka alohan' ny ahazoan' ny Tompo hiseho hitondra valisoa ho an' ny mpanompony.

Tonga i Kristy, tsy teto an-tany araka ny nanampoizana azy, fa araka ny nasehon' ny tandindona dia tao amin' ny masina indrindra tao amin' ny tempolin' ny lanitra. Asehon' ny mpaminany Daniela fa tonga teo amin' ny Fahagola Izy tamin' io fotoana io. «Ary mbola nahita tamin' ny fahitana tamin' ny alina indray aho, ary indro, nisy toy ny zanak' olona avy tamin' ny rahon' ny lanitra, ary nankeo amin' ny Fahagola Izy fa tsy nidina tetý an-tany dia nampanakekeny teo anatrehany»[1].

Nolazain' ny mpaminany Malakia koa io fiaviany io : «Ny Tompo izay tadiavinareo dia ho avy tampoka ho eo amin' ny tempoliny; ary ny Anjelin' ny fanekena Izay irinareo, dia, indro tamy Izy, hoy Jehovah Tompon' ny maro»[2]. Tampoka, tsy nampoizin' ny vahoakany ny fiavian' ny Tompo tao amin' ny tempoliny. Tsy tao no niandrasany Azy. Nanampo azy ho avy etý an-tany izy, «amin' ny afo midedadeda, hamaly izay tsy mahalala an' Andriamanitra sy izay tsy manaiky ny filazantsara»[3].

Tsy mbola vonona hihaona tamin' ny Tompony anefa ny vahoaka. Mbola nisy asa fiomanana tokony hatao ho azy ireo. Nisy fahazavana tokony homena, izay hitarika ny sainy ho eo amin' ny tempolin' Andriamanitra any an-danitra; ary raha nanaraka ny Mpisoronabeny amin' ny fanompoana ataony ao amin' ny alalan' ny finoana izy, dia hisy adidy vaovao hambara azy. Nisy hafatra fampitandremana hafa sy toro-hevitra homena ny fiangonana.

Hoy ny mpaminany : «Nefa iza no mahatanty ny andro hiaviany? Ary iza no mahajanona raha miseho Izy ? Fa Izy dia tahaka ny afon' ny mpandrendrika sy ny savonin' ny mpanasa lamba. Ary hipetraka handrendrika sy hanadio volafotsy Izy; eny, hanadio ny taranak' i Levy Izy sy handrendrika azy toy ny fandrendrehana volamena sy volafotsy, ka dia ho an' i Jehovah ireny ho mpanatitra fanatitra amimpahamarinana»[4] . Ireo izay velona eto an-tany amin' ny fotoana hifaranan' ny fanelanelanana ataon' i Kristy ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra dia hijoro tsy misy mpanalalana eo anatrehan'

Andriamanitra masina. Tsy maintsy ho tsy misy pentina ny akanjony, tsy maintsy ho voadio ho afaka amin' ny fahotana ny toetra amampanahiny noho ny famafazana ny ra. Noho ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fiezahany feno hafanam-po dia tsy maintsy ho mpandresy ireo amin' ny ady atao amin' ny ratsy. Raha mbola mandroso ny fitsarana famotopotorana any an-danitra, ary esorina avy tao amin' ny fitoerana masina ny fahotan' ireo mpino mibebaka, dia tsy maintsy hisy asa fanadiovana manokana ho fanesorana ny fahotana eo anivon' ny vahoakan' Andriamanitra eto an-tany. Io asa io dia aseho mazava kokoa ao amin' ireo hafatry ny Apokalypsy 14.

Rehefa ho vita izany asa izany, dia ho vonona amin' ny fisehoan' i Kristy ireo mpanaraka Azy : «Dia ho mamin' i Jehovah ny fanatitry ny Joda sy Jerosalema toy ny tamin' ny andro fahiny sy toy ny tamin' ny taona taloha»[5]. Amin' izay ilay fiangonana izay noraisin' ny Tompo ho azy amin' ny fiaviany dia ho «malaza tsy misy pentipentina na fiketronana, na izay toy izany»[6]. Amin' izany dia ho toy ny maraina izy, ho tsara tarehy tahaka ny volana, madio toy ny masoandro sady mahatahotra toy ny antokon' ny miaramila mitondra faneva»[7].

Afa-tsy ny fiavian' ny Tompo ao amin' ny tempoliny, dia ambaran' i Malakia mialoha koa ny fiaviany fanindroany, ny fiaviany hanatanteraka ny fitsarana, amin' izao teny izao : «Ary hanatona anareo ho fitsarana Aho ka ho vavolombelona faingana hanameloka ny mpanao ody sy ny mpijangajanga sy ny mpianian-tsy to sy ny mpampahory ny mpikarama amin' ny karamany mbamin' ny mpitondratena sy ny kamboty ary izay mampahory ny vahiny; fa tsy matahotra Ahy izy, hoy i Jehovah, Tompon' ny maro»[8]. Milaza ny amin' io toe-javatra io i Joda raha miteny hoe : «Indro, tonga Jehovah mbamin' ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra ny asan' ny haratsiam-panahy rehetra. izay nataony tamin' ny haratsiam-panahiny sy ny teny sarotra rehetra izay nitenenan' ny mpanota ratsy fanahy hanohitra Azy»[9]. Io fiaviana io, sy ny fiavian' ny Tompo ao amin' ny tempoliny, dia toe-javatra samihafa sy misaraka.

Ny fiavian' i Kristy amin' ny maha-Mpisoronabentsika Azy ao amin' ny masina indrindra, mba hanadio ny fitoerana masina, dia aseho ao amin' i Daniela 8 : 14; ny fiavian' ny Zanak' olona manatona ny Fahagola araka izay aseho ao amin' ny Daniela 7 : 19, sy ny fiavian' ny Tompo ho ao amin' ny tempoliny voalazan' i Malakia mialoha, dia filazana ny toe-javatra iray ihany; ary io koa dia mbola asehon' ny fiavian' ny mpampakatra ho ao amin' ny fampakarambady. nolazain' i Kristy ao amin' ny fanoharana momba ny virijina folo, ao amin' ny Matio 25.

Tamin' ny fahavaratra sy ny fararano tamin' ny 1844 no natao ny fitoriana ny hoe : «Indry, ny Mpampakatra». Tamin' izany dia niharihary ireo antokon' olona roa nasehon' ny virijina hendry sy adala — ny antoko iray niandry tamim-pifaliana ny fisehoan' ny Tompo, ary efa niomana fatratra hihaona Aminy; ny

antoko iray kosa niasan' ny tahotra mangina sy nasesiky ny fihetseham-po tampoka, dia afa-po tamin' ny fahalalana ara-tsaina ny fahamarinana, fa tsy nanana ny fahasoavan' Andriamanitra. Ao amin' ny fanoharana, rehefa tonga ny mpampakatra, «izay niomana dia niara-niditra taminy tao amin' ny fampakaram-bady ». Ny fiavian' ny mpampakatra aseho eto, dia mitranga alohan' ny fampakaram-bady. Ny fampakaram-bady dia mampiseho ny fandraisan' i Kristy ny fanjakany. Ny tanàna masina, Jerosalema vaovao izay renivohitra sy mampiseho ny fanjakany no antsoina hoe : «ampakarina, vadin' ny Zanak' ondry». Hoy ny anjely tamin' i Jaona : «Avia ety, dia hasehoko anao ny ampakarina, vadin' ny Zanak' ondry». «Ary nitondra ahy tamin' ny Fanahy izy», hoy ny mpaminany, «ka naneho ahy ny tanàna masina, dia Jerosalema, midina avy tamin' Andriamanitra any andanitra»[10] . Mazava izany fa ny ampakarina dia mampiseho ny Tanàna Masina, ary ny virijina izay hivoaka hitsena ny mpampakatra dia tandindon» ny fiangonana. Ao amin' ny Apokalypsy, ny vahoakan' Andriamanitra dia lazaina fa «nasaina ho amin' ny fanasana fampakaram-bady»[11] . Rahanasaina izy dia tsy mety ho ny ampakarina koa. Araka ny voalazan' ny mpaminany Daniela dia Kristy no handray «fanapahana sy voninahitra ary fanjakana» avy amin' ny Fahagola any an-danitra; handray an' i Jerosalema Vaovao, renivohitry ny fanjakany Izy «voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin' ny vadiny»[12]. Rehefa avy nandray ny fanjakany Izy, dia ho avy amin' ny voninahitra, Mpanjakan' ny mpanjaka sy Tompon' ny Tompo hanavotra ny vahoakany, izay «hiara-mipetraka hihinana amin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba»[13], handray anjara amin' ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanak' ondry.

Ny fitoriana ny hoe : «Indry ny mpampakatra», tamin' ny fahavaratry ny taona 1844, dia nitarika olona an» arivony hanantena avy hatrany ny fiavian' ny Tompo. Tamin' ny fotoana voatondro dia tonga ny Mpampakatra, tsy teto an-tany, araka ny nanampoizan' ny vahoaka azy, fa teo amin' ny Fahagola any an-danitra ho eo amin' ny fampakaram-bady, mba handray ny fanjakany. «Izay efa niomana dia niara-niditra taminy teo amin' ny fampakaram-bady; ary dia narindrina ny varavarana». Tsy ny vatan-tenany no nanatrika ny fampakaram-bady, satria tany an-danitra izany, ary izy tety an-tany. Ireo mpanaraka an' i Kristy dia mbola «miandry ny tompony, raha nody avy amin' ny fampakaram-bady izy»[14]. Nefa tsy maintsy ho mazava aminy ny asa ataony, ary tsy maintsy manaraka Azy amin» ny finoana izy ireo raha mankeo anatrehan' Andriamanitra Izy. Amin' izany fomba izany no ilazana fa nandeha ho amin' ny fampakarambady izy.

Ao amin' ny fanoharana dia ireo izay nanana solika tao amin' ny fitondrany sy tao amin' ny fanalany no nankao amin' ny fampakarambady. Ireo izay manana ny fahalalana ny fahamarinana avy amin' ny Soratra Masina, sady nanana koa ny Fanahy sy ny fahasoavan' Andriamanitra,

ary izay niandry tamim-paharetana, nandritra ny alina nisian' ny fisedrana mangidy, ka nandinika ny Baiboly mba hahazoana fahazavana bebe kokoa — ireo no nahita ny fahamarinana mikasika ny fitoerana masina any an-danitra sy ny fiovan' ny fanompoana nataon' ny Mpamonjy, ka nanaraka Azy tamin' ny finoana ho ao amin' ny fitoerana masina any ambony. Ary izay rehetra nanaiky ireo fahama-rinana ireo, noho ny fanambaran' ny Soratra Masina, ka nanaraka an' i Kristy amin' ny finoana raha miditra eo anatrehan' Andriamanitra Izy hanatanteraka ny asa fanelanelanana farany sy ny fiafaran' izany, mba handray ny fanjakany dia aseho ho toy ny mankany amin' ny fampakaram-bady.

Ao amin' ny fanoharana ao amin' ny Matio faha-22 dia hita indray io sary aman' ohatra momba ny fampakaram-bady io, ary aseho mazava fa mialoha ny fampakaram-bady ny fitsarana famotopotorana. Alohan' ny fampakaram-bady dia tonga ny mpanjaka hijery ny nasaina, hijery raha samy manao ny akanjo fitondra amin' ny fampakaram-bady avy izy rehetra, dia ilay fitafiana tsy misy pentin' ny toetra amam-panahy nosasana sy nofotsina tao amin' ny ran' ny Zanak' ondry.[15] Izay hita fa tsy nanana izany dia noroahina, fa izay rehetra hita kosa, nandritra ny fanadihadiana, fa nanana ny fitafiana fitondra amin' ny fampakaram-bady dia eken' Andriamanitra ary isaina ho mendrika ny handray anjara amin' ny fanjakany sy hanana toerana eo amin' ny seza fiandrianany. Io asa fanadihadiana ny amin' ny toetra amam-panahy io, io asa famaritana izay vonona ho amin' ny fanjakan' Andriamanitra io no fitsarana famotopotorana, io no asa farany ao amin' ny fitoerana masina ao ambony.

Rehefa hifarana ny asa famotopotorana, rehefa voadinika sy tapaka ny momba an' ireo nisora-tena ho mpanaraka an' i Kristy mandritra ny taonjato nifandimby, amin' izay, ary amin' izay ihany, vao mifarana ny androm-pahasoavana ka hikatona ny varavarampamindrampo. Ilay fehezan-teny fohy hoe : «ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin' ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana» izany no mitondra antsika mamakivaky eo amin' ny asa fanompoana farany ataon' ny Mpamonjy, ka tafahatra hatramin' ny fotoana izay hahatanteraka ny asa lehibe famonjena ny olona.

Tamin' ny fanompoam-pivavahana teo amin' ny fitoerana masina teto an-tany, izay tandindon' ny asa fanompoana any an-danitra araka ny efa hitantsika rehefa miditra ao amin' ny fitoerana masina indrindra ny mpisoronabe amin' ny Andro Fanavotana, dia mifarana ny fanompoana ao amin' ny efitra voalohany. Hoy ny baikon' manitra : «Aza avela hisy olona ao amin' ny trano lay fihaonana, raha miditra hanao fanavotana ao amin' ny fitoerana masina Arona mandra-pivoakany»[16]. Toy izany koa rehefa niditra tao amin' ny fitoerana masina indrindra i Kristy mba hanatanteraka ny asa famaranana ny fanavotana, dia najanony ny fanompoana nataony tao amin' ny efitra voalohany. Ary rehefa nifarana kosa ny fanompoana tao amin' ny

efitra voalohany, dia nanomboka ny fanompoana tao amin' ny efitra faharoa. Tamin' ny andron' ny fanompoam-pivavahana ara-tandindona, rehefa niala teo amin' ny fitoerana masina ny mpisoronabe tamin' ny Andro Fanavotana, dia nankeo anatrehan' Andriamanitra izy nitondra ny ran' ny fanatitra noho ny ota ho an' Isiraely rehetra izay nibebaka marina ny amin' ny fahotany. Toy izany koa, fizarana iray amin' ny asany amin' ny maha-mpanalalana antsika ihany no vao vitan' i Kristy fa niditra kosa ho amin' ny fizarana hafa indray amin' ny asa Izy, ary mbola manao fifonana amin' ny rany eo anatrehan' ny Rainy ho an' ny mpanota.

Tsy takatry ny Advantista io lohahevitra io tamin' ny 1844. Rehefa lasa ny fotoana nanantenany ny Mpamonjy, dia mbola ninoany ihany fa akaiky ny fiaviany; nitompoany fa tonga teo amin' ny fotoana fanasivanana lehibe izy ireo ary efa nitsahatra ny asan' i Kristy amin' ny maha-Mpanalalana Azy eo anatrehan' Andriamanitra. Araka ny fandraisany ny fampianaran' ny Baiboly, dia hifarana fotoana fohy alohan' ny tena hiavian' ny Tompo eo amin' ny rahon' ny lanitra ny andro ahazoan' ny olona mibebaka. Toa nazava ho azy ao amin' ny Soratra Masina izany, izay manondro fotoana hitadiavan' ny olona, handondonany, sy hitomaniany eo amin' ny varavarampahasoavana, kanefa tsy hovohana izy. Lasa ny eritreritr' izy ireo fandrao tsy nanondro ny fiavian' i Kristy ilay daty fa kosa ny fiandohan' io fotoana io izay hialoha indrindra ny fiverenany. Rehefa nitory ny fampitandremana izy fa akaiky ny fitsarana, dia tsapany fa vita ny asany ho an' izao tontolo izao, ary tsy nitambesatra taminy intsony ny entan' ny fanahy dia ny adidy hamonjena ny mpanota; ary hitany fa porofo hafa koa ny amin' ny efa nialan' ny Fanahin' Andriamanitra tamin' ireo nandà ny famindrampony ny esoeso sahisahy sady narahim-pitenenan-dratsy nataon' ireo ratsy fanahy. Izany rehetra izany dia nanamafy ny finoany fa efa tapitra ny androm-pahasoavana, na, araka ny fomba filazany azy, «efa nikatona ny varavaran' ny famindrampo».

Nisy fahazavana bebe kokoa anefa tonga, vokatry ny fanadihadiana mikasika ny fitoerana masina. Hitany ankehitriny fa marina ny finoany fa milaza zavadehibe ny fiafaran' ny 2300 andro tamin' ny taona 1844. Raha marina fa nikatona ilay varavaran' ny fanan-tenana sy ny famindrampo izay nahazoan' ny olona nanatona an' Andriamanitra nandritra ny taonjato valo ambinifolo, dia nisy kosa varavarana hafa nivoha ary atolotra ny olona ny famelan-keloka amin' ny alalan' ny fanelanelanana ataon' i Kristy ao amin' ny fitoerana masina indrindra. Vita ny dingana iray amin' ny fanompoana nataony, fa miditra kosa ny manaraka. Mbola nisy varavarana mivoha ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra izay nanaovan' i Kristy fifonana ho an' ny mpanota.

Hita izao ny fampiharana ireo tenin' i Kristy ao amin' ny Apokalypsy, izay nataony ho an' ny fiangonana tamin' io fotoana io mihitsy : «Izao no lazain' Izay masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin' i Davida. Izay mamoha ka tsy

hisy hanidy ary manidy ka tsy misy mamoha : Fantatro ny asanao indro , efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy»[17].

Ireo izay manaraka an' i Jesosy amin' ny alalan' ny finoana ao amin' ny asa lehiben' ny fanavotana no mandray tombon-tsoa amin' ny fanalalanana ataony ho azy, fa ireo izay mandà ny fahazavana izay nahitana io asa fanompoana io, dia tsy nandray tombon-tsoa avy tamin' izany. Ireo Jiosy izay nitsipaka ny fahazavana nomena tamin' ny fiavian' i Kristy voalohany, ka nandà tsy hino Azy ho Mpamonjy izao tontolo izao, dia tsy afaka handray famelan-keloka tamin' ny alalany. Rehefa niakatra tany an-danitra i Jesosy ka niditra tamin' ny alalan' ny rany ho ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra mba handrotsahany amin' ny mpianany ny fitahiana avy amin' ny fanelanelanana ataony, dia navela tao amin' ny haizina mikitroka ny Jiosy mba hanohy ny sorona sy ny fanatitra tsy misy antony nataony. Efa nijanona ny fisoronana tamin' ny alalan' ny endrika sy ny tandindona. Tsy hisokatra intsony ny varavarana izay nahazoan' ny olona nanatona an' Andriamanitra. Ny Jiosy dia efa nandà tsy hitady Azy tamin' ny fomba tokana hahitana Azy, dia tamin' ny alalan' ny fisoronana ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra. Noho izany dia tsy nahita firaisana tamin' Andriamanitra izy ireo. Efa voakatona teo anatrehany ny varavarana. Tsy nahafantatra an' i Kristy ho ilay tena sorona sy hany Mpanalalana eo anatrehan' Andriamanitraizy; koa dia tsy afaka nandray tombon-tsoa tamin' ny fifonana nataony.

Ny toe-javatra nanjo ireo Jiosy tsy nino dia ohatra mampiseho mazava ny toe-javatra mihatra amin' ireo milaza ny tenany ho kristiana nefa tsy mitandrina sady tsy mino, izay minia tsy hahalala ny asan' Ilay Mpisoronabentsika mamindra fo. Tamin' ny fanompoampivavahana tandindona, rehefa niditra ny fitoerana masina indrindra ny mpisoronabe, dia nasaina nanodidina ny fitoerana masina ny Isiraely rehetra ary nampietry ny fanahiny teo anatrehan' Andriamanitra tamin' ny fomba manetriketrika indrindra mba hahazoany famelana ny fahotany ka tsy ho voafongotra tsy ho amin' ny fikambanana izy. Manao ahoana ny maha-zava-dehibe kokoa ny ahafantarantsika ny asan' ny Mpisoronabentsika amin' izao tena Andro Fanavotana marina izao ka hahalalantsika ny adidy takina amintsika.

Tsy azon' ny olona atao ny mandà ny fampitandremana alefan' Andriamanitra ho azy noho ny famindrampony ka tsy hitera-doza ho azy izany. Nisy hafatra avy any an-danitra nalefa ho an' izao tontolo izao tamin' ny andron' i Noa, ary niankina tamin' ny fomba nandraisany io hafatra io ny famonjena azy. Satria nandà ny fampitandremana izy, dia nesorina tsy ho eo amin' io taranaka io ny Fanahin' Andriamanitra, ka maty tao amin' ny ranon' ny Safo-drano izy. Tamin' ny andron' i Abrahama, dia nijanona tsy nandahatra tamin' ireo mponin' i Sodoma meloka intsony ny famindrampo, ary izy rehetra, afa-tsy i Lota sy ny vadiny ary ny zanany roa vavy dia levon' ny afo nalatsaka

avy tany an-danitra. Toy izany koa tamin' ny andron' i Kristy. Hoy ny Zanak' Andriamanitra tamin' ireo Jiosy tsy nino tamin' io taranaka io : «Indro, avela ho lao ho anareo ny tranonareo»[18]. Raha nibanjina nijery ny andro farany Ilay Hery tsy hita fetra, dia izao no anambarany ny mikasika ireo «izay tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy». «Koa izany no ampanateran' Andriamanitra fiasan' ny fahadisoan-kevitra aminy hinoany lainga mba hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina, fa nankasitraka ny tsy marina»[19]. Rehefa mandà ny fampianaran' ny Tenin' Andriamanitra izy ireo. dia esorin' Andriamanitra ny Fanahiny ka afoiny eo amin' ny fitaka izay notiaviny izy.

Nefa mbola manalalana ho an' ny olona i Kristy, ary homena fahazavana ireo izay mitady izany. Na dia tsy azon' ireo Advantista ireo aza izany tamin' ny voalohany, taty aoriana dia nazava taminy rehefa natomboka novelarina teo anatrehany ny Soratra Masina izay mamaritra ny tena toerana misy azy.

Rehefa lasa ny fe-potoana tamin' ny 1844, dia nisy andrompitsapana mafy ho an' ireo izay mbola namikitra mafy tamin' ny finoana ny fiverenan' ny Tompo. Ny hany nahitany fiononana, raha ny amin' ny fahazoany antoka ny amin' ny tena toerana nisy azy no heverina, dia ilay fahazavana izay nampitodika ny sainy ho amin' ny fitoerana masina any ambony. Nisy niala tamin' ny finoana ny fanisany teo aloha ny fe-potoanan' ny faminaniana ka nilaza fa avy tamin' olombelona na avy tamin' ireo anjelin' i Satana ny herin' ny Fanahy Masina niasa mangina teo amin' ny fihetsiketsehana momba ny fiavian' i Kristy. Nisy antokon' olona kosa indray izay nitana mafy fa ny Tompo no efa nitarika azy teo amin' ireo fanandramana nataony teo aloha; ary rehefa niandry sy niambina ary nivavaka izy mba hahafantarany ny sitrapon' Andriamanitra dia hitany fa efa niditra tao amin' ny asa fanompoana hafa Ilay Mpisoronabeny, ka rehefa nanaraka Azy tamin' ny finoana izy, dia voatarika koa hahita ny asa farany ataon' ny fiangonana. Nazava taminy kokoa ny hafatry ny anjely voalohany sy faharoa, ka voaomana izy handray sy hanome ny fampitandremana miezinezina ho an' izao tontolo izao entin' ny anjely fahatelo ao amin' ny Apokalypsy 14.

**Fanamarihana**

1 Dan. 7 : 13
2 Mal.3:1
3 2 Tes. 1 : 8
4 Mal. 3 : 2, 3
5 Mal. 3 : 4
6 Efes. 5 : 27
7 Tononkira 6 : 10
8 Mal. 3 : 5
9 Joda. 14 , 15
10 Apok. 21 : 9, 10
11 Apok. 19 : 9
12 Dan. 7 : 14 ; Apok. 21 : 12
13 Mat. 8 : 11 ; Lio. 22 : 30
14 Lio. 12 : 3 6
15 Mat. 22 : 11 ; Apok. 7 : 14
16 Lev. 16 : 17
17 Apok. 3 : 7 , 8
18 Mat. 23 : 38
19 2 Tes. 2 : 10 - 12

# 25

## *Ny lalàn' Andriamanitra tsy azo ovana*

«Ary novohana ny tempolin' Andriamanitra any an-danitra, ka hita ny fiaran' ny fanekeny teo anatin' ny tempoliny»[1]. Ny fiaran' ny faneken' Andriamanitra dia any amin' ny masina indrindra, ilay efitra faharoa ao amin' ny fitoerana masina. Teo amin' ny fanom-poana tao amin' ny tabernakely teto an-tany, izay «endrika sy aloky ny zavatra any an-danitra», dia tsy novohana io efitra io raha tsy tamin' ny Andro Fanavotana lehibe ihany hanadiovana ny fitoerana masina. Noho izany ny filazana fa novohana ny tempoly any an-danitra ka nahitana ny fiaran' ny fanekeny dia manondro ny fanokafana ny masina indrindra ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra tamin' ny 1844 raha niditra tao i Kristy hamita ny asa famaranana ny fanavotana. Ireo izay nanaraka ny Mpisoronabeny lehibe tamin' ny alalan' ny finoana raha niditra tao amin' ny asany tao amin' ny fitoerana masina indrindra Izy, dia nibanjina ny fiaran' ny fanekeny. Rehefa nandinika momba ny fitoerana masina izy dia nanjary azony ny fiovan' ny asan' ny Mpamonjy, ka hitany fa nanao fanompoam-pivavahana eo anoloan' ny fiaran' Andriamanitra Izy ankehitriny, manao fifonana amin' ny rany ho an' ny mpanota.

Ny fiara tao amin' ny tabernakely tetý an-tany dia nisy ny vato fisaka roa, izay nanoratana ireo fitsipiky ny lalàn' Andriamanitra. Fitoeran' ireo vato fisaky ny lalàna fotsiny ny fiara ary ny fisian' ireo fitsipika avy amin' Andriamanitra tao anatiny dia nahasarobidy sy nahamasina azy. Rehefa novohana ny tempoly tany an-danitra, dia hita ny fiaran' ny fanekeny.

Ao amin» ny efitra masina indrindra any amin' ny fitoerana masina any an-danitra, no iraketana amim-pahamasinana ny lalàn' Andriamanitra — dia ilay lalàna izay notononin' Andriamanitra mihitsy tao anivon' ny kotrobaratra tao Sinay ary nosoratany tamin' ny rantsan-tanany teo amin' ny vato fisaka.

Ny lalàn' Andriamanitra ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra no ilay tena izy marina, fa kopian' izany tsy misy diso kosa ireo didy voasoratra teo amin' ny vato fisaka sy noraketin' i Mosesy tao amin' ny boky nosoratany. Ny olona izay nahazo fahalalana ny amin' io zava-dehibe io dia voatarika hahita ny toetry ny lalàn' Andriamanitra izay masina sady tsy miova. Hitany, mihoatra noho ny nahitany azy tany aloha ny herin' ny tenin' ny Mpamonjy manao hoe : «Mandra-pahafoana ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy foana akory amin' ny lalàna, na dia litera iray, na dia tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanterak' izy rehetra»[2]Tsy maintsy maharitra mandrakizay ny lalàn' Andriamanitra, izay fanambarana ny sitrapony. izay fanehoana ny toetra amam-panahy, amin' ny maha-«vavolombelona mahatoky azy» any an-danitra. Tsy nisy na dia didy iray aza nofoanana; tsy nisy na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza novàna. Hoy ny mpanao salamo : «Ho mandrakizay, Jehovah o, no nanorenanao any an-danitra ny teninaow. «Mahatoky avokoa ny didiny rehetra ; mitoetra mafy mandrakizay doria ireny »[3].

Ho afovoan' ny didy folo indrindra no misy ny didy fahefatra. araka izay nanambarana azy voalohany manao hoe : «Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan' i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito ; koa aza manao raharaha akory hianao amin' izany, na ny zanakao lahy, na ny zanakao vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao, na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana no nanaovan' i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin' izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin' ny andro fahafito ; izany no nitahian' i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy»[4].

Latsaka lalina tao am-pon' ireo mpianatra ny Teniny noho ny asan' ny Fanahin' Andriamanitra. Niaiky marina izy ireo fa efa nandika io fitsipika io noho ny tsy fahalalana tamin' ny nanaovany an-tsirambina ny andro fitsaharan' ny Mpamorona. Nanomboka namakafaka ny anton' ny nitandremany ny andro voalohany amin' ny herinandro izy ireo, fa tsy ilay andro izay efa nohamasinin' Andriamanitra.

Tsy nahita porofo tao amin' ny Soratra Masina izy fa efa nofoanana ny didy fahefatra na efa novana ny Sabata ary tsy nesorina mihitsy tamin' ny andro fahafito ny fitahiana izay nahamasina azy. Tamin-kitsim-po no naniriany hahafantatra sy hanatanteraka ny sitrapon' Andriamanitra ; ary ankehitriny, rehefa hitany fa mpandika ny lalàny ny tenany, dia feno alahelo ny fony, ary nasehony ny toetra mahatoky tamin' Andriamanitra tamin' ny fitandremany ny Sabatany Masina.

Betsaka sady mafy ny ezaka natao mba handrodanana ny finoan' izy ireo. Tsy nisy izay tsy nahita fa raha endrika na tandindon' ny any an-danitra ny fitoerana masina tety an-tany, dia kopia marin' ny lalàna ao amin' ny

fiara any an-danitra ny lalàna napetraka tao amin' ny fiara teto an-tany ; ary ny fanekena ny fahamarinana mikasika ny fitoerana masina any an-danitra dia mahafaoka ny fanekena ny fitakian' ny lalàn' Andriamanitra sy ny tsy maintsy hitandremana ny Sabatan' ny didy fahefatra. Teto ny tsiambaratelon' ny fanoherana mangidy sy hentitra natao tamin' ny fanazavana mirindra ny Soratra Masina izay nanambara ny fanompoana ataon' i Kristy ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra. Niezahan' ny olona nakatona ny varavarana izay novohan' Andriamanitra ary niezahany ny namoha ny varavarana izay efa nakatony. Nefa «Ilay mamoha ka tsy hisy hanidy, ary nanidy ka tsy hisy mamoha» no nanambara hoe : «Indro, efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy»[5]. Efa Novohan' i Kristy ny varavarana, na ny asa fanompoana ao amin' ny masina indrindra, nainirapiratra avy tao amin' io varavarana mivohan' ny fitoerana masina any an-danitra io ny fahazavana, ary hita fa ao anatin' ny lalàna voarakitra ao ny didy fahefatra ; izay efa naorin' Andriamanitra dia tsy azon' ny olona ravana.

Ireo izay efa nanaiky ny fahazavana mikasika ny fanelanelanana hataon' i Kristy sy ny maha-mandrakizay ny lalàn' Andriamanitra dia nahita fa ireny indrindra no fahamarinana aseho ao amin' ny Apokalypsy 14. Fampitandremana telo sosona ireo hafatra ao amin' io toko io (Jereo Fanampiny) izay natao hanomana ny mponina ety an-tany ho amin' ny fiavian' ny Tompo fanindroany. Ny filazana hoe : «tonga ny andro fitsarana», dia manondro ny fizarana famaranana ny asa famonjena ataon' i Kristy ho an' ny olona. Manambara fahamarinana izay tsy maintsy hotorina izany mandra-pijanon' ny fanalalanana ataon' ny Mpamonjy ka hiverenany eto an-tany handray ny vahoakany ho any Aminy. Ny asa fitsarana izay natomboka tamin' ny 1844 dia tsy maintsy mitohy mandra-panaovana ny fanapahan-kevitra farany momba ny rehetra, na ny velona na ny maty ; noho izany dia hitohy hatramin' ny faran' ny androm-pahasoavana izany. Mba hahatonga ny olona ho voaomana hijoro eo anatrehan' ny fitsarana dia mandidy azy ny hafatra «hatahotra an' Andriamanitra sy hanome voninahitra Azy», ary «hiankohoka eo anoloan' Ilay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano». Ny vokatry ny fanekena ireo hafatra ireo dia lazaina ao amin' ny teny hoe: «Indro ny faharetan' ny olona masina izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy. Mba hahatonga ny olona ho vonona hiatrika ny fitsarana, dia ilaina ny hitandremany ny didin' Andriamanitra. Io lalàna io no filamatra hampitahana ny toetra amam-panahy eo amin' ny fitsarana. Hoy ny Apostoly Paoly : «Fa izay nanota manana ny lalàna dia hotsaraina araka ny lalàna, . . . amin' ny andro izay hitsaran' Andriamanitra ny zavatra takona ataon' ny olona, amin' ny alalan' i Jesosy Kristy»[6]. Ilaina indrindra ny finoana mba hitandremana ny lalàn' Andriamanitra : fa «raha

tsy amin' ny finoana dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy». Ary «ota izay rehetra tsy avy amin' ny finoana»[7].

Amin' ny alalan' ny anjely voalohany dia antsoina ny olona hatahotra an' Andriamanitra sy hanome voninahitra Azy ary hiankohoka eo anatrehany amin' ny maha-Mpamorona ny lanitra sy ny tany Azy. Mba hanaovana izany, dia tsy maintsy mankato ny lalàny ny olona. Hoy ny olon-kendry iray hoe : «Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon' ny olona rehetra»[8]. Raha tsy misy fankatoavana ny didiny dia tsy misy fanompoana ankasitrahan' Andriamanitra. «Fa izao no Fitiavana an' Andriamanitra dia ny hitandremantsika ny didiny». «Izay manentsi-tadiny tsy hihaino ny lalàna, na ny fivavahany aza dia fahavetavetana»[9].

Ny fiankohofana eo anatrehan' Andriamanitra dia mifototra eo amin' ny maha-Mpahary Azy ary avy Aminy no isian' ny zavatra hafa rehetra. Ary na aiza na aiza ao amin' ny Baiboly no anehoana ny fitakiany fanajana sy fiankohofana eo anatrehany, ambonin' ireo andriamanitry ny jentilisa, dia ny porofon' ny heriny nentiny namorona no abaribarin' izany». «Fa ny andriamanitry ny firenena dia tsinontsinona ; fa Jehovah no nanao ny lanitra»[10]. «Koa ampitovinareo amin' iza moa Aho, hitahako aminy ? hoy ny Iray Masina. Asandrato ny masonareo, ka mijere ; iza no nahary ireny ?» «Fa izao no lazain' i Jehovah Izay nahary ny lanitra, Izy no Andriamanitra sady namorona ny tany no nahavita azy ? . . . Izaho no Jehovah, ary tsy misy hafa»[11]. Hoy ny mpanao Salamo : «Aoka ho fantatrao fa Jehovah no Andriamanitra, Izy no nanao antsika, fa tsy isika»,(noty ery ambany). «Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika ; aoka isika handohalika eo anatrehan' i Jehovah, Mpanao antsika»[12]. Ary ireo masina izay miankohoka eo anatrehan' Andriamanitra any an-danitra dia milaza ny antony maha-mendri-piderana Azy hoe : «Hianao Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery. Fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra»[13].

Ao amin' ny Apokalypsy 14, dia antsoina ny olona hiankohoka eo anoloan' ny Mpamorona ; ary asehon' ny faminaniana ny antokon' olona iray, izay mitandrina ny didin' Andriamanitra ho vokatry ny hafatra telo sosona. Ny iray amin' ireo didy ireo dia manondro mivantana an' Andriamanitra amin' ny maha-Mpamorona Azy. Hoy ny ambaran' ny didy fahefatra : «Fa Sabatan' i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito. . . henemana no nanaovan' i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina, mbamin' izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin' ny andro fahafito, izany no nitahian' i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy»[14]Mikasika ny Sabata dia hoy Jehovah : «famantarana. . . ahafantaranareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo»,[15] izany. Ary omena ny anton' izany : «Fa henemana no nanaovan' i Jehovah ny

lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin' izay rehetra eo aminy, dia nitsahatra Izy tamin' ny andro fahafito»[16].

Ny maha-zava-dehibe ny Sabata amin' ny maha-tsangambaton' ny famoronana azy dia izy mampahatsiaro mandrakariva ny tena antony tokony hiankohofana amin' Andriamanitra — satria Mpamorona Izy, ary isika noforoniny. «Noho izany ny Sabata dia tena fototry ny fanompoana an' Andriamanitra mihitsy. satria mampianatra io fahamarinana lehibe io amin' ny fomba manaitra indrindra izy, ary tsy misy fanorenana hafa (nataon' Andriamanitra) manao izany. Ny tena fototry ny fanompoana an' Andriamanitra, tsy amin' ny andro fahafito ihany, fa ny fanompoana azy rehetra, dia hita eo amin' ny fahasamihafan' ny Mpamorona sy ny noforonina. Tsy azo atao na oviana na oviana ny manafoana izany ary tsy azo hadinoina na oviana na oviana izany». — J. N. Andrews, History of the Sabbath, toko 27. Mba hitazonana io fahamarinana io ao an-tsain' ny olona mandrakariva no nanorenan' Andriamanitra ny Sabata tany Edena ; ary raha mbola ny maha-Mpamorona antsika Azy ihany no antony tokony hiankohofantsika eo anatrehany, dia mbola ho famantarana sy tsangambato ihany ny Sabata. Raha notandremana eran' izao tontolo izao ny Sabata, dia ho voatarika ho eo amin ny Mpamorona ny saina sy ny fitiavan' ny olona, amin ny maha-tokony hanajana Azy sy hiankohofana Aminy, ary tsy ho nisy na oviana na oviana mpanompo sampy, na mpandà ny fisian' Andriamanitra, na tsy mpino. Ny fitandremana ny Sabata no famantarana ny firaiketam-po amin' Andriamanitra marina, «Ilay nanao ny lanitra sy ny tany ary ny loharano». Noho izany ny hafatra izay mibaiko ny olona hiankohoka eo anatrehan' Andriamanitra sy hitandrina ny didiny dia miantso azy ireo amin' ny fomba manokana hitandrina ny didy fahefatra.

Mifanohitra amin' ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy manana ny finoana an' i Jesosy, dia misy antokon' olona hafa izay tondroin' ny anjely fahatelo, izay ampitandremana amin' ny fomba mampahatahotra andrao manaiky ny fahadisoan-keviny mafonja. «Raha misy miankohoka eo anoloan' ny bibidia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin' ny handriny na amin' ny tànany, dia izy koa no hisotro ny divain' ny fahatezeran' Andriamanitra»[17]. Ny fandraisana araka ny tokony ho izy ireo tandindona ampiasaina dia ilaina mba ahazoana ny hevitr' io hafatra io. Inona no asehon' ny bibidia, ny sariny, ny mariny ?

Ny faminaniana izay ahitana ireo tandindona ireo dia manomboka ao amin' ny Apokalypsy 12, ahitana ny dragona izay nitady hamono an' i Kristy tamin' ny nahaterahany. Ny dragona dia lazaina fa i Satana (Apokalypsy 12:9); izy no nanosika an' i Heroda hampamono ny Mpamonjy. Nefa ny fiasana voalohany eo am-pelatanan' i Satana amin' ny fiadiana amin' i Kristy sy ny vahoakany nandritra ireo taonjato voalohany tamin' ny andro Kristiana

dia ny fanjakana Romana, izay nanjakan' ny fivavahana fanompoan-tsampy. Noho izany, raha mampiseho an' i Satana ny dragona amin' ny dikany voalohany, amin' ny faharoa kosa dia tandindon' i Roma Jentilisa izany.

Ao amin' ny toko faha-13 (andininy 1-10) dia misy bibidia hafa aseho «tahaka ny leoparda», izay nomen' ny dragona «ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe». Io tandindona io, araka ny finoan' ny ankamaroan' ny Protestanta dia mampiseho ny fahefana papaly, izay nisolo toerana ny hery sy ny seza fiandrianana ary ny fahefana efa notanan' ny fanjakana Romana fahiny. Izao no voalaza momba ilay bibi-dia tahaka ny leoparda : «Dia nomena vava miteny zavatra mihoapampana sy fitenenandratsy izy. . . ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an' Andriamanitra izy, dia ny hiteny ratsy ny anarany sy ny tabernakeliny, dia ireo mitoetra any andanitra. Ary navela hiady tamin' ny olona masina izy ka haharesy azy ; ary nomena fahefana tamin' ny fokom-pirenena sy ny olona sy ny samihafa fiteny ary ny firenena rehetra izy». Io faminaniana io, izay misy itovizana betsaka amin' ny filazana ilay tandroka kely ao amin' ny Daniela 7, dia tsy misy adihevitra fa manondro ny fahefana papaly.

«Nomena fahefana mba hiasa roa amby efa-polo volana izy». Ary hoy ny mpaminany : «Hitako ny lohany anankiray, izay voa ka efa ho faty ». Ary koa : « Raha misy mamabo, dia mba hobaboina kosa izy, ary raha misy mamono amin' ny sabatra, dia tsy maintsy hovonoina amin' ny sabatra kosa izy». Ny roa amby efa-polo volana dia ny «fetr' andro iray sy fetr' andro roa ary atsasaky ny fetr' andro ihany, telo taona sy tapany, na 1260 andro ao amin' ny Daniela 7 dia ny fe-potoana izay hampahorian' ny fahefana papaly ny vahoakan' Andriamanitra. Io fe-potoana io, araka ny voalaza ao amin' ny toko mialoha, dia nanomboka tamin' ny fotoana nahatafakatra ny fahefana papaly ho ambony noho ny fahefana hafa tamin' ny AD. 538 ka niafara tamin' ny 1780. Tamin' io fotoana io dia nobaboin' ny tafika frantsay ny papa, ary tamin' izany no voan' ny ratra saiky nahafaty azy ny fahefana papaly, ary tanteraka ny fanambarana natao mialoha hoe : «Raha misy mamabo, dia mba hobaboina kosa izy».

Eto dia misy tandindona hafa ampidirina. Hoy ny mpaminany : «Ary hitako fa, indro, nisy bibi-dia iray koa niakatra avy tamin' ny tany ; ary nanana tandroka roa tahaka ny an' ny zanak' ondry izy» Andininy 11. Na ny endrik' io bibi-dia io, na ny fomba nisehoany dia milaza fa ny firenena izay asehony dia tsy mitovy amin' izay asehon' ireo tandindona teo aloha. Ireo fanjakana lehibe izay nanapaka an' izao tontolo izao dia naseho tamin' ny mpaminany Daniela tamin' ny endriky ny bibi-dia mpitoha haza, avy amin' ny «rivotra efatry ny lanitra nibosesika teny amin' ny ranomasina lehibe»[18]. Ao amin' ny Apokalypsy faha-17 dia nohazavain' ny anjely fa ny ranobe dia mampiseho «olona sy vahoaka betsaka sy firenena maro ary

samihafa fiteny»[19]. Ny rivotra dia tandindon' ny ady. Ny rivotra efatry ny lanitra izay mibosesika amin' ny ranomasina lehibe dia mampiseho ireo zava-mahatsiravina mitranga rehefa misy ady fanafihana na fanonganam-panjakana an-keriny izay nahatongavan' ireo fanjakana samihafa teo amin' ny toeram-pitondrana.

Fa ilay bibi-dia nanan-tandroka tahaka ny an' ny zanak' ondry kosa dia «niakatra avy tamin' ny tany. Tsy mba nandresy fahefana hafa mba hiorenany io firenena aseho toy izany io, fa tsy maintsy mipoitra avy amin' ny faritany tsy nisy mponina teo aloha ary nitombo niandalana sy tamim-piadanana. Noho izany dia tsy nety ho niseho avy tamin' ireo firenena be olona sy nahery nifandramatra teo amin' ny faritr' izao tontolo izao tranainy izany (Eoropa) — izay ranomasina misamboaravoaran' ny «olona sy vahoaka betsaka, sy firenena ary samihafa fiteny». Tsy maintsy any amin' ny zaratany andrefana no ahitana izany.

Iza no firenena tany amin' ny Kontinenta Vaovao (Amerika) izay nisandratra ho amin' ny hery tamin' ny taona 1798, ka nampanantena hery sy fahalehibeazana, ary nahasarika ny fijerin' izao tontolo izao ? Tsy mety misy adi-hevitra ny fampiharana ny tandindona. Firenena iray dia iray ihany no mahafeno ny fepetra lazain' io faminaniana io ; tsy misy isalasalana fa manondro ny Etazonia any Amerika izany. Imbetsaka ireo mpandaha-teny na mpanoratra tantara no nindrana tsy nahy ny fisaina sy saiky ny fomba fiteny mihitsy nampiasain' ny mpanoratra masina, raha nilaza ny amin' ny nipoiran' ity firenena ity sy ny nisandratany izy ireny. Ilay bibidia dia hita fa niakatra avy tamin' ny tany», ary araka ny hevitry rizareo mpandika teny, ny teny «miakatra» dia «mitsiry na mipoitra tahaka ny zava-maniry» no dikany ara-bakiteny. Ary araka ny hitantsika. dia tsy maintsy mitsangana avy amin' ny faritany tsy mbola nisy mponina izany. Nisy mpanoratra malaza iray, izay raha nitantara ny amin' ny nipoiran' i Etazonia dia nilaza ny amin' ny «zava-miafin' ny nisehoany avy tamin' ny toerana babangoana» ka hoy izy : «Tahaka ny fitsirin' ny voan-javatra mangingina no nitomboantsika ho fanjakana — G. A. Townsed,*The New World compared with the old,*pejy 462. Tamin' ny 1858 dia nisy gazety eoropeana nilaza ny amin' i Etazonia ho fanjakana mahagaga izay «nitranga», ary tao anivon' ny fahanginan' ny tany no nampitomboany isan' andro isan' andro ny hery mbamin' ny fireharehany. Ny «Dublin Nation». Edward Everett, raha nandaha-teny momba an' ireo Mpivahiny nanorina io firenena io dia nanao hoe : «Moa ve nitady toerana nitokantokana izy dia tany tsy nampidi-doza satria tsy nisy nahafantatra, ary azo antoka ho fiarovana noho ny fahalavitany, ka ahazoan' ilay fiangonan-kelin' i Leyden hiriaria amin' ny fahafahana manaraka ny feon' ny fieritreretany ? Jereo ireo toerana midadasika izay nobaboiny moramora fa tsy tamin' ny fomba

nahery setra ka nanatsatohany ny fanevan' ny hazo fijaliana. . . ! Lahateny natao tany Plymouth, Massachusetts, 22 Desambra, 1824. p. 11.

Izany fihetsika izany dia hifanohitra mivantana amin' ireo fototra iorenan' io fitondram-panjakana io, amin' ny tena toetran' ireo andrim-panjakana natsangany tambonin' ny fahafahana, amin' ny fiaikena mazava sy miezinezina ao amin' ny Fanambarana ny Fahaleovan-tena sy amin' ny Lalàm-panorenana. Nampiseho fahendrena ireo nanorina ny firenena raha niezaka hisakana ny ahazoan' ny fiangonana hampiasa ny herin' ny fanjakana izay tsy maintsy miteraka ireto vokatra tsy azo idifiana ireto, dia ny tsy fandeferana sy ny fanenjehana. Nametraka fepetra ny Lalàmpanorenana hoe : «Ny Antenimiera dia tsy hanao lalàna mikasika ny faneken' ny fanjakana fivavahana iray na fandrarana ny fanarahana malalaka an' izany koa» ary ny fivavahana dia tsy azo ampidirina ho fepetra ambony takina eo amin' ny olona amin' ny fahazoany manao asa na inona na inona mikasika ny fiainam-bahoaka any Etazonia. Raha tsy misy fandikana an-karihary ireo fefy fiarovana ny fahafahana ao amin' ny firenena ireo, dia tsy misy fombam-pivavahana azo amafisina amin' ny fahefam-panjakana. Nefa ny toetra mifanohitra eo amin' izao fihetsika izao dia tsy tafahoatra an' izay asehon' ny tandindona tsy akory. Ilay bibi-dia manana tandroka tahaka ny an' ny zanak' ondry izay milaza ny tenany ho madio, malemy fanahy ary tsy mahavita ratsy — no miteny tahaka ny dragona.

«Milaza amin' izay monina ambonin' ny tany mba hanao sary ho an' ny bibi-dia». Aseho mazava eto ny endriky ny fitondrampanjakana izay miankina amin' ny vahoaka ny fahefana hanao lalàna, izay porofo mazava loatra fa i Etazonia no firenena voalazan' ny faminaniana.

Inona anefa no «sarin' ny bibi-dia» ary fomba ahoana no anaovana izany ? Ny sary dia ataon' ilay bibi-dia manan-tandroka roa, ary sary ho an' ny bibi-dia izany. Voalaza koa fa sarin' ny bibi-dia izany. Noho izany mba hahafantarana ny hoe toy inona ilay sary ary ahoana no anaovana izany dia tsy maintsy mandinika ireo toetoetry ny bibi-dia isika — dia ny fahefana papaly izany.

Rehefa voaloto ny fiangonana voalohany noho ny nialany tamin' ny fahadiovan' ny filazantsara sy noho ny nanekeny ireo fomba amam-panao jentilisa, dia veriny ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra ; ary mba ahazoany mifehy ny feon' ny fieritreretan' ny vahoaka dia nitady tohana avy tamin' ny fahefana ara-politika izy. Ny vokatr' izany dia ny fahefana papaly, ny fiangonana izay nifehy ny fahefam-panjakana ary nampiasa izany ho fanatanterahana ny zavakendreny, indrindra tamin' ny famaizana ny «herezia». Mba hanaovan' i Etazonia sary ho an' ny bibi-dia, dia tsy maintsy mifehy ny fitondram-panjakany ny fahefana ara-pivavahana ary hampiasain' ny fiangonana koa ny fahefam-panjakana mba hahatanteraka ny fikasany.

«Ary nanana tandroka roa tahaka ny an' ny Zanak' ondry izy». Ny tandroka tahaka ny an' ny zanak' ondry dia milaza fahatanorana, tsy fananan-tsiny, sy halemem-panahy, izay tena mampiseho ny toetran' i Etazonia fony izy nasehon' ny mpaminany ho «niakatra» tamin' ny taona 1798. Tamin' ireo Kristiana nifindra fonenana izay nandositra voalohany ho any Amerika ka nitady fialokalofana tsy ho tratry ny fanjakazakan' ny mpanjaka sy ny tsy fandeferan' ny pretra dia maro no tapa-kevitra fa hanangana fanjakana eo amin' ny fototra malalaky ny fahafahana maha-vahoaka afaka sy ara-pivavahana. Tafatsofoka tao amin' ny Fanambarana ny Fahaleovan-tena ny hevitr' izy ireo, izay manambara mibaribary ilay fahamarinana lehibe milaza fa «nohariana hitovy ny olona rehetra», ary nomena zo voa-Janahary tsy azo foanana «ho velona, ho afaka ary hikatsaka fahasambarana». Ary ny lalàm-panorenana dia miantoka ny fananan' ny vahoaka zo hitondra ny tenany ka manome azy ny hifidy solon-tena amin' ny alalan' ny latsa-baton' ny besinimaro izay hanao lalàna sy hampihatra izany. Nomena azy koa ny fahafahana ara-pivavahana, ka nahazo nanompo an' Andriamanitra araka ny baikon' ny feon' ny fieritreretany ny olona tsirairay. Ny fitondrana Repoblikana sy ny fivavahana Protestanta no nanjary fototra niorenan' ny firenena. Ireo foto-kevitra ireo no tsiambaratelon' ny heriny sy ny firoboroboany. Ireo rehetra nampahoriana sy nohosihosena nanerana ny fanjakana Kristiana dia nitodika ho amin' io tany io ka velom-bolo sy feno fanantenana. An-tapitrisany no nikatsaka ny morony ary i Etazonia dia nisandratra ho anisan' ireo firenena mahery indrindra eto an-tany.

Nefa «niteny tahaka ny dragona» ilay bibi-dia nanana «tandroka tahaka ny an' ny zanak' ondry». «Ary ny fahefana rehetra nananan' ilay bibi-dia voalohany dia asehony eo anatrehany, ary ny tany mbamin' izay monina eo aminy dia asainy miankohoka eo anoloan' ilay bibi-dia voalohany, izay efa sitrana tamin' ilay feriny saiky nahafaty azy, . . . sady milaza amin' izay monina ambonin' ny tany koa mba hanao sary ho an' ny bibi-dia, izay voan' ny sabatra nefa velona ihany »[20].

Ny tandroka tahaka ny an' ny zanak' ondry sy ny feon' ny dragona ao amin' ny tandindona dia monondro fifanoherana manaitra eo amin' ny zavatra lazaina sy ny zavatra ataon' ny firenena aseho amin' izany. Ny «fitenenan' ny firenena dia ny asa ataon' ireo fahefana manao lalàna sy mitsara ao aminy. Amin' izany asa izany no hampandainga ireo foto-kevitra mitory fahafahana sy fiadanana izay asehony ho fanorenan' ny politikany izy. Ny fanambarana mialoha izay milaza fa «hiteny tahaka ny dragona» izy ka «hampiasa ny fahefana rehetra nananan' ilay bibi-dia voalohany» dia milaza mazava fa hihamahazo vahana ny toe-tsaina tsy mandefitra sy mpanenjika izay nahariharin' ireo firenena naseho tamin' ny dragona sy ilay bibi-dia tahaka ny leoparda. Ary ny filazana fa ilay bibi-dia nanana tandroka roa dia hahatonga «ny tany mbamin' izay monina eo hiankohoka eo anoloan'

ilay bibi-dia voalohany» dia manambara fa ny fahefana ao amin' io firenena io dia hampiasainy hoenti-manamafy fombam-pivavahana izay midika ho fanekena ny fahefana papaly.

Na oviana na oviana ny fiangonana no nahazo fahefana arapolitika, dia nampiasainy izany hoenti-manafay ireo izay nisaraka tamin' ny fampianarany. Ireo fiangonana Protestanta izay nanaraka ny dian' i Roma tamin' ny firaisany tamin' ny fahefana araka izao tontolo izao dia nampiseho faniriana toy ny azy hametra ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana. Misy ohatra momba izany hita teo amin' ny fanenjehana naharitra ela nataon' ny fiangonan' i Angletera tamin' izay nisaraka taminy. Nandritra ny taonjato fahenina ambin' ny folo sy fahafito ambin' ny folo, dia nisy mpitandrina an' arivony tsy nanaraka ny fivavahana neken' ny fanjakana no voatery nandositra niala tamin' ny fiangonany, ary maro tamin' izy ireny, na mpitandrina na olon-tsotra, no voasazy handoa vola, nampidirina am-ponja, nampijaliana sy novonoina maritiora.

Ny fihemorana no nitarika ny fiangonana voalohany hitady ny fanampian' ny fitondram-panjakana, ary izany no namboa-dalàna ho amin' ny lahefana papaly — dia ny bibi-dia izany. Hoy i Paoly :«Ho tonga ny fihemorana. . . ka hiseho ilay lehilahin' ota»[21]. Ny fihe-morana ao amin' ny fiangonana izany no hanomana ny lalana ho an' ny sarin' ny bibi —dia.

Ambaran' ny Baiboly fa alohan' ny hiavian' ny Tompo dia hisy fitotonganana ara-pivavahana tahaka ny tamin' ireo taonjato voalohany. «Fa aoka ho fantatrao izao fa any am-parany any dia hisy andro mahory. Fa ny olona ho tia tena. ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an' Andriamanitra. manana ny endriky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, nefa mandà ny heriny»[22]. «Fa ny Fanahy milaza marina fa amin' ny andro aoriana dia hihemotra amin' ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia»[23]. Satana dia hiasa amin' ny hery sy famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra ary ny famitahana momba ny tsy fahamarinanana. Ary izay rehetra «tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinanana izay hamonjena azy», dia «havela hiasan' ny fahadisoankevitra hinoany lainga»[24]. Rehefa ho tratra io toe-panahy tsy araka an' Andriamanitra io, dia hanaraka amin' izay ireo vokatra mitovy amin' izay hita tamin' ireo taonjato voalohandohany.

Ny fahasamihafam-pinoana hita ao amin' ireo fiangonana Protestanta dia noraisin' ny sasany ho porofo ampy hilazana fa tsy misy ezaka azo atao mihitsy mba hisian' ny firaisan' ny finoana. Nefa efa taona maro izao no nisian' ny fihetseham-po mafy sy nitombo hatrany tao amin' ny fiangonana

mitana ny finoana Protestanta izay maniry firaisana miorina eo ambonin' ireo fampianarana iraisana. Mba hampijoroana ny firaisana toy izany, dia tsy maintsy havela ny adi-hevitra momba ny lohateny tsy ifanarahan' ny rehetra — na zava-dehibe toy inona ara-Baiboly aza izany.

I Charles Beecher, dia nilaza tamin' ny toriteny nataony tamin' ny taona 1846 fa ny asan' ireo mpitandrina ao amin' ireo «sampampivavahana Protestanta ara-pilazantsara» dia «tsy nizotra tamin' ny fanerena mahery vaika noho ny tahotra olombelona fotsiny, fa velona sy mihetsika ary miaina eo amin' ny toe-javatra efa tena Io mihitsy, sady mitaky isan' ora amin' ny faritra ambany rehetra eo amin' ny maha-izy azy mba hampangina ny fahamarinana sy hampilefitra ny lohaliny amin' ny fahefan' ny fihemorana. Tsy izany koa ve ny fandehan-javatra tamin' i Roma ? Moa ve tsy mivelona indray araka ny fiainany isika ? Ary inona no hitantsika ao aloha akaiky ao ? Fivoriam-be fiheveran-draharaha hafa indray ! Fifanarahana ataon izao tontolo izao ! Firaisana ara-pilazantsara sy fanekem-pinoana hiombonan' ny eran-tany ! (Toriteny momba ny Baiboly Fanakempinoana ampy, natao tao Fort Wayne Indiana, 22 Februoary 1846). Rehefa ho azo izany, dia dingana iray sisa dia mby amin' ny fampiasan-kery amin' ny fiezahana ho tonga amin' ny fitoviana feno.

Rehefa ireo fiangonana lohandohany any Etazonia, izay miray noho ny amin' ny foto-pinoana iarahan' izy rehetra manaiky, no hiasa mangina amin' ny fanjakana mba hanamafy ny lalàna ataony sy hanohana ny asa natsangany, amin' izay dia ho nanao sarin' ny ambaratongam-pahefana Romana i Amerika Protestanta ka ny fampiharana sazy ataon' ny fanjakana amin' ireo izay misaraka aminy no vokatr' izany tsy azo sakanana.

Ilay bibi-dia nanan-tandroka roa dia mandidy «ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo», handray «marika eo amin' ny tanany ankavanana na eo amin' ny handriny avokoa, mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran' ny bibi-dia, na ny isan' ny anarany»[25]. Ny hafatra fampitandremana entin' ny anjely fahatelo dia manao hoe : «Raha misy miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin' ny handriny na amin' ny tanany, dia izy koa no hisotro ny divain' ny fahatezeran' Andriamanitra». «Ny bibi-dia» voalaza ao amin' ity, izay haneren' ilay bibi-dia manan-tandroka roa ny fiankohofana eo anatrehany, dia ny voalohany, na ilay bibi-dia tahaka ny leoparda ao amin' ny Apokalypsy 13 dia ny fahefana papaly». Ny «sarin' ny bibi-dia» dia mampiseho io endriky ny fivavahana Protestanta mihemotra izay hiseho rehefa hitady ny fanampian' ny fahefampanjakana ny fiangonana Protestanta mba handidy hankatoavana ny fampianarany. Mbola hofaritana ny atao hoe ny «mariky ny bibi-dia».

Aorian' ny fampitandremana momba ny fiankohofana eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny dia hoy ny mpaminany : «Indreto ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy» (dikan-teny Anglisy). Satria avahana toy izany amin' ireo izay miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny mariky ny anarany, ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra, noho izany ny fitandremana ny didin' Andriamanitra etsy an-daniny, sy ny fandikana azy, etsy an-kilany, no hampiavaka ireo izay miankohoka eo anatrehan' Andriamanitra sy ireo izay miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia.

Ny toetra manokana hita eo amin' ny bibi-dia, ary hita koa eo amin'ny sariny noho izany, dia ny fandikana ny didin'Andriamanitra. Hoy i Daniela momba ilay tandroka kely, dia ny fahefana papaly izany : «ary hitady hanova fotoana sy lalàna izy»[26]. Paoly koa dia nanome anarana io fahefana io hoe ilay «lehilahin' ota» izay nanan-dratra ny tenany ambonin' Andriamanitra ; mifameno ireo fami-naniana anankiroa ireo. Ny fanovana ny lalàn' Andriamanitra ihany no fomba ahazoan' ny fahefana papaly manandratra ny tenany ho ambonin' Andriamanitra. Na iza na iza mahalala nefa mitandrina ny lalàna novana toy izany, dia manome voninahitra fara-tampony an' ilay fahefana nanao izany fanovana izany. Ny fihetsika mankato toy izany ny lalàna papaly dia mariky ny fanekena ny papa ho solon' Andriamanitra.

Nanandrana nanova ny lalàn' Andriamanitra ny fahefana papaly. Ny didy faharoa, izay mandrara ny fivavahana amin' ny sary dia nesorina tsy ho amin' ny lalàna, ary ny didy fahefatra dia novana koa amin' ny fomba izay manome alalana ny fitandremana ny andro voalohany fa tsy ny andro fahafito ho Sabata. Antitranterin' ireo papista, fa ny antony nanalany ny didy faharoa, dia tsy ilaina izany satria efa voafaoka ao amin' ny voalohany, ary lazainy fa tena araka izay notendren' Andriamanitra ahazoana azy mihitsy no anomezan' izy ireo ny lalàna. Tsy io no fanovana nambaran' ny mpaminany mialoha. Misy fanovana, nokasaina, niniana haseho. «Hitady hanova fotoana sy lalàna izy». Tena manatanteraka ny faminaniana ny fanovana ao amin' ny didy fahefatra. Ny hany fahefana anankinana azy io dia ny fahefan' ny eglizy. Eto ny fahefana papaly dia manandra-tena mazava ho ambonin' Andriamanitra.

Raha hiavaka indrindra amin' ny hanajany ny didy fahefatra ireo izay miankohoka amin' Andriamanitra manokana, satria io no famantarana ny heriny mamorona sy vavolombelon' ny fitakiany ny fiankohofana aminy sy ny fanajan' ny olona Azy, ireo miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia kosa dia hiavaka amin' ny fiezahany handrodana ny tsangambaton' ny Mpamorona, ka hanandratra izay naorin' i Roma. Ho fanohanana ny Alahady no nanehoan' ny fahefana papaly voalohany indrindra ny fihamboany feno fireharehana fatratra (Jereo Fanampiny); ary ny nampiasany voalohany ny

fahefam-panjakana dia ho amin' ny fanerena ny olona hitandrina ny Alahady ho «Andron' ny Tompo». Ny Baiboly anefa dia manondro ny andro fahafito fa tsy ny andro voalohany ho andron' ny Tompo. Hoy Kristy : «Fa tompon' ny Sabata ny zanak' olona».Ny didy fahefatra dia manambara fa : Sabatan' i Jehovah ny andro fahafito». Ary tamin' alalan' ny mpaminany Isaia no nanondroan' i Jehovah azy ho «Androko masina»[27].

Ny filazana aroso matetika fa Kristy no nanova ny Sabata dia lavin' ny teniny ihany. Hoy Izy tamin' ny toriteny teo an-tendrombohitra :» Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany ; tsy tonga Aho handrava fa hanatanteraka. Fa lazaiko aminareo marina tokoa : Mandra-pahafoan' ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy ho foana akory amin' ny lalàna na dia litera iray na tendrontsoratra iray aza, mandra-pahatanterak' izy rehetra. Ary amin' izany na zovy na zovy no mamaha ny anankiray amin' ireo didy madinika indrindra ireo ka mampianatra ny olona toy izany, dia atao hoe kely indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra»[28].

Eken' ny ankabeazan' ny Protestanta fa tsy ny fahefan' ny Soratra Masina no azo anankinana ny fanovana ny Sabata. Voalaza mazava izany ao amin' ireo boky navoakan' ny Fikambanana Amerikana mampiely trakta ara-pivavahana sy ny Fikambanan' ny Sekoly Alahady Amerikana. Ny iray amin' ireny dia manaiky ny «fahanginana tanteraka ao amin' ny Testamenta Vaovao momba ny baiko mazava mampitandrina ny Sabata (Alahady, andro voalohany amin' ny herinandro) sy momba ny fitsipika mazava ny amin' ny fomba fitandremana izany». George Elliott, *The Abiding Sabbath,* p. 184.

Misy anankiray koa manao hoe : «Hatramin' ny fotoana nahafatesan' i Kristy, dia tsy nisy fiovana momba ny andro, ary«araka ny asehon' ny teny firaketana, ny apostoly dia tsy nanome baiko mazava mitarika ny olona hiala amin' ny Sabatan' ny andro fahafito ka hitandrina izany amin' ny andro voalohany amin' ny herinandro». — A. E. Waffle, *The Lords Day,* p. 186-188.

Eken' ny Katolika Romana fa ny fiangonany no nanova ny Sabata, ary nambarany fa manaiky ny fahefany ny Protestanta amin' ny fitandremany ny Alahady. Ao amin' ny Katesizy Katolika momba ny Fivavahana Kristiana, (Catholic Catechism of Christian Religious), ho valin' ny fanontaniana momba ny andro tokony hotandremana ho fankatoavana ny didy fahefatra, dia misy izao filazana izao : «Tamin' ny andron' ny lalàna taloha, dia ny Asabotsy no andro nohamasinina ; nefa ny Eglizy, izay nampianarin' i Jeso Kristy, sy notarihin' ny Fanahin' Andriamanitra, dia nanolo ny Asabotsy tamin' ny Alahady ; noho izany isika ankehitriny dia manamasina ny andro voalohany fa tsy ny andro fahafito. Ny Alahady dia midika hoe andron' ny Tompo ary izany izy ankehitriny !

Ho famantarana ny fahefana ananan' ny Eglizy Katolika dia milaza ny amin' ny nanovany ny Sabata ho Alahady, izay eken' ny Protestanta, ireo

mpanoratra papista. . . satria amin' ny fitandremany ny Alahady, dia manaiky ny fahefan' ny Eglizy izy hanendry andro fety, sy handidy fa fahotana ny tsy mitandrina ireny. Henry Tuberville, ao amin' ny *Famintinana ny Fampianarana Kristiana,* (An Abrigdment of the Christian Doctrine), pejy 58. Koa inona ary ny fanovana ny Sabata raha tsy famantarana, mariky ny fahefan' ny Eglizin' i Roma — «mariky ny bibi-dia ? »

Tsy mbola nafoin' ny Eglizy Katolika Romana ny fihambony ho manana ny fahefana fara-tampony ; ary rehefa eken' izao tontolo izao sy ireo fiangonana Protestanta ny Sabata noforoniny, nefa tsipahiny ny Sabatan' ny Baiboly, dia naman' ny manaiky an' io fiheverana io izy. Azony aroso ny fahefan' ny lovan-tsofina na ny an' ireo Rain' ny fiangonana hoenti-manamarina io fanovana io ; nefa raha izany no antony dia minia tsy hiraharaha ny fotokevitra mihitsy izay mampisaraka azy amin' i Roma izy — dia ny hoe : «Ny Baiboly, ary ny Baiboly irery ihany no fivavahan' ny Protestanta». Mety ho hitan' ny papista fa mamita-tena izy ireny minia manakimpy ny masony tsy hijery io zava-misy io. Raha mandroso hatrany ny fankasitrahana ny fihetsiketsehana hoenti-manamafy ny fitandremana ny Alahady, dia mifaly izy, tsapany manko fa azo antoka fa indray andro any dia hahatonga ny Protestanta manontolo ho ao ambanin' ny fanevan' i Roma izany.

Ambaran' ireo mpiandany amin' i Roma fa «ny fitandremana ny Alahady ataon' ny Protestanta dia fanajany ny fahefan' ny Eglizy Katolika na dia tsy eken' ny tenany aza izany» — Mgr. Ségur,*Plain Talk About the Protestantism of Today,* p. 213. Ny fanamafisan' ny Protestanta ny fitandremana ny Alahady dia fanamafisana ny fiankohofana eo anatrehan'ny fahefana papaly dia ny bibi-dia. Ireo izay mahalala ny takin' ny didy fahefatra, nefa misafidy ny hitandrina ny Sabata sandoka ho solon' ny Sabata marina, dia miankohoka eo anoloan' ilay fahefana hany nibaiko hanao izany. Ny fanamafisan' ny fiangonana ny adidy ara-pivavahana amin' ny alalan' ny fahefam-panjakana dia fanaovan' ny fiangonana sary ho an' ny bibi-dia ; noho izany ny fanamafisana ny fitandremana ny Alahady any Etazonia dia ho fanamafisana ny fiankohofana eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny.

Nitandrina ny Alahady anefa ireo Kristiana tamin' ny taranaka lasa, ary nihevitra izy tamin' ny fanaovany an' izany, fa nitandrina ny Sabatan' ny Baiboly ; ary ankehitriny dia misy kristiana marina ao amin' ny fiangonana tsirairay, ary tsy avahana amin' izany ny Katolika Romana, amin' ny ankapobeny izay mino marina amin' ny fony tokoa fa ny Alahady no Sabata notendren' Andriamanitra. Eken' Andriamanitra ny fahatsoram-pony eo amin' ny fikasany sy ny hitsipony eo anatrehany. Nefa kosa rehefa hamafisin' ny lalàna ny fitandremana ny Alahady ka handray fahazavana izao tontolo izao mikasika ny tsy maintsy hitandremana ny Sabata marina, amin' izay, na iza na iza handika ny baikon' Andriamanitra, mba hankato fitsipika izay

tsy avy amin' ny fahefana ambony kokoa noho ny an' i Roma, dia hanome voninahitra ny papa ambonin' Andriamanitra. Miondrika eo anoloan' i Roma sy ny fahefana izay manamafy ny zavatra naorin' i Roma izy. Miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny izy. Amin' izay raha misy olona mitsipaka izay natsangan' Andriamanitra ka nolazainy fa famantarana ny fahefany, ary manaja ho solon' izany izay nofidin' i Roma ho porofon' ny fahefany faratampony dia hanaiky ny famantarana ny fiandaniany amin' i Roma izy «ny mariky ny bibi-dia » izany. Ary raha tsy voaseho mazava toy izany eo amin' ny vahoaka izay ho vokany, ka entina hisafidy izy na ny didin' Andriamanitra na ny didin' ny olombelona, dia handray «ny mariky ny bibi-dia» ireo izay mikiry handika ny didin' Andriamanitra.

**Fanamarihana**

1 Apok. 11:19
2 Mat. 5 : 18
3 Sal. 119 : 89 ; 111 : 7, 8
4 Eks. 20 : 8-11
5 Apok. 3 : 7 , 8
6 Rom. 2:12
7 Heb. 11: 6
8 Mpit. T. 12 : 13
9 1Jao.5:3;Oha.28:9
10 Sal. 96 : 5
11 Isa. 40 : 25, 26 ; 45 : 18
12 Sal. 100 : 3 ; 95 : 6
13 Apok.4:11
14 Eks. 20:10, 11
15 Ezek. 20 : 20
16 Eks. 31: 17
17 Apok. 14 : 9 , 10
18 Dan.7:2
19 Apok. 17 : 15
20 Apok. 13 : 11-14
21 2 Tes. 2 : 3
22 2 Tim. 3 : 1-5
23 1Tim. 4 : 1
24 2 Tes. 2: 9-11
25 Apok. 13 : 16 . 17
26 Dan. 7 : 25
27 Marka 2 : 28 ; Isa. 58 : 13
28 Mat. 5 : 17-19

# 26

## *Fanavaozana tsy maintsy ilaina*

Ny asa fanavaozana momba ny Sabata izay voatondro hotanterahina amin' ny andro farany dia voambara mialoha ao amin' ny faminanian' Isaia : «Izao no lazain' i Jehovah : Tandremo ny rariny, ary manaova ny marina, fa efa madiva ho tonga ny famonjeko, ary efa hiseho ny fahamarinako. Sambatra ny zanak' olombelona izay manao izany, ary ny zanak' olona izay mitana izany, dia izay mitan-drina ny Sabata ka tsy manao azy ho tsy masina sady miaro ny tànany tsy hanao izay ratsy akory. «Ary ny hafa firenena, izay efa nanaiky ho an' i Jehovah mba hanompo Azy sy ho tia ny anaran' i Jehovah mba ho mpanompony — dia izay rehetra mitandrina ny Sabata ka tsy manao azy ho tsy masina sady mitana ny fanekeko — dia hoentiko ho any an-tendrombohitro masina. ka hampifaliako ao an-tranoko fivavahana»[1] .

Ireo teny ireo dia ampiharina amin' ny andro kristiana, araka ny asehon' ny teny manaraka : «Izao no lazain' i Jehovah Tompo, izay mamory ny Isiraely voaroaka : mbola hamory ny sasany koa ho eo aminy Aho, hanampy izay efa voavory eo aminy»[2]. Voambara mialoha eto ny fanangonana ny Jentilisa amin' ny alalan' ny filazantsara. Ary misy fitahiana tononina amin' izay manaja ny Sabata. Noho izany no maha-tsy maintsy hitandremana ny didy fahefatra dia mitatra aty aorian' ny nanomboana an' i Kristy tamin' ny hazo fijaliana, ny nitsanganany tamin' ny maty, ny niakarany tany andanitra ka mahatratra ny fotoana izay hitorian' ny mpanompony ilay hafatra entin' ny vaovao mahafaly amin' ny firenena rehetra.

Mibaiko amin' ny alalan' io mpaminany io ihany ny Tompo hoe : «Fehezo ny teny vavolombelona, ary asio tombo-kase ny lalàna eo amin' ny mpianatro»[3]. Ny tombo-kasen' ny lalàn' Andriamanitra dia hita ao amin' ny didy fahefatra. Io ihany, amin' izy folo, no sady mampiseho ny anarana no manambara koa ny fahefan' Ilay Mpanome ny lalàna. Milaza Azy ho

Mpamorona ny lanitra sy ny tany izany, koa dia mampiseho ny fitakiany hiankohofana sy hivavahana ambonin' ny hafa rehetra. Ankoatr' io didy io dia tsy misy na dia iray aza ao amin' ireo Didy Folo no mampiseho ilay fahefana namoaka ny lalàna. Rehefa novan' ny fahefana papaly ny Sabata, dia nesoriny tsy ho eo amin' ny lalàna ny tombo-kase. Antsoina ny mpianatr' i Jesosy hamerina izany amin' ny fanandratana ny Sabatan' ny Didy fahefatra ho amin' ny tena toerany maha-tsangambaton' ny Mpamorona azy sy famantarana ny fahefany.

«Ho amin' ny lalàna sy ny teny vavolombelona». Eo amin' ny fahabetsahan' ny fampianarana sy ny tsangan-kevitra mifanipaka, dia ny lalàn' Andriamanitra no hany fitsipika tokana tsy mety diso izay hisedrana ny hevitra rehetra, ny fampianarana rehetra sy ny tsangankevitra rehetra. Hoy ny mpaminany : «Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy iposahan' ny fahazavan' ny maraina»[4].

Mbola miverina ihany ny baiko manao hoe : «Ezaho ny fiantsoanao, fa aza atao malemy, asandrato ny feonao ho tahaka ny an' ny anjomara, ka ambarao amin' ny oloko ny fahadisoany ary amin' ny taranak' i Jakoba ny fahotany». Tsy izao tontolo izao ratsy fanahy, fa ireo izay lazain' i Jehovah fa «oloko», no anarina noho ny fandikan-dalàna ataony. «Nefa Izaho mbola tadiaviny ihany isan' andro, ary ny hahalala ny lalàko no sitrany. Tahaka ny firenena efa nanao ny marina ka tsy nahafoy ny fitsipik' Andriamaniny»[5]. Aseho eto ny antokon' olona izay mihevitra ny tenany ho marina ary toa maneho zotom-po fatratra amin' ny fanompoana an' Andriamanitra ; nefa porofoin' ny fanomezan-tsiny henjana sy manetriketrika ataon' Ilay Mpandinika ny fo fa manitsakitsaka ny didin' Andriamanitra izy.

Toy izao no ampibaribarian' ny mpaminany ny didy izay navela : «ary izay taranakao no hanangana ny efa rava ela, ary ny naorina hatry ny fahagola no hamboarinao ; ary ianao dia hatao hoe : «Mpanamboatra ny rava, mpamelon-dalana honenana amin' ny tany. Raha miaro ny tongotrao amin' ny Sabata ianao ka tsy manao izay tianao amin' ny androko masina, ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana, ary ny nohamasinin' i Jehovah hoe Mendrika hohajaina ka manome voninahitra azy ary tsy mandeha amin' ny lalanao na manao izay tianao, na miteniteny foana, dia hiravoravo amin' i Jehovah ianao»[6]. Mihatra amin' ny androntsika koa io faminaniana io. Nahabangana ny lalàn' Andriamanitra rehefa novan' ny fahefana Romana ny Sabata. Tonga anefa ny fotoana hamerenana amin' ny laoniny indray izay efa naorin' Andriamanitra. Tsy maintsy hamboarina ny banga ary tokony hatsangana indray ny fanorenana efa nisy hatramin' ny taranaka maro.

Ny Sabata izay nohamasinin' ny fitsaharan' ny Mpamorona sy ny fitahiany dia notandreman' i Adama fony izy tsy nanan-tsiny tao amin' ny Edena masina ; ary mbola notandreman' i Adama koa rehefa lavo izy nefa

nibebaka, ka vaoroaka hiala tamin' ilay toeram-pahasambarana nisy azy. Notandreman' ireo patriarka rehetra izany, nanomboka tamin' i Abela ka hatramin' i Noa ilay marina, hatramin' i Abrahama sy i Jakoba. Fony babo tany Egypta ny vahoaka voafidin' Andriamanitra dia betsaka no tsy nahatana intsony ny fahalalana ny lalàn' Andriamanitra teo anivon' ny fanompoan-tsampy izay nanjaka ; fa rehefa nanafaka an' Isiraely kosa Jehovah, dia nambarany tamin' ny fomba manetriketrika indrindra tamin' ny vahoaka marobe tafavory ny lalàny, mba hahafantaran' izy ireo ny sitrapony ka hatahorany sy hankatoavany Azy mandrakizay.

Hatramin' izay andro izay ka mandraka ankehitriny dia voatahiry teto an-tany ny fahalalana ny lalàn' Andriamanitra, ka notandremana ny Sabatan' ny didy fahefatra. Na dia nahomby aza «ilay lehilahin' ota» tamin' ny fanitsakitsahana ny andro masin' Andriamanitra, dia nisy fanahy niafina tany amin' ny fitoerana mangina izay nanaja ny Sabata na dia tamin' ny fotoana nananany ny fahefana fara-tampony aza. Hatramin' ny fanavaozana ara-pivavahana no ho mankaty dia nisy olona nitozo tamin' ny fitandremana azy isan-taranaka nifandimby. Na dia matetika aza tao anatin' ny fahafaham-baraka sy ny fanenjehana, dia nisy hatrany ny vavolombelona nijoro ny amin' ny mahamandrakizay ny lalàn' Andriamanitra sy ny adidy masina amin' ny fitandremana ny Sabatan' ny famoronana.

Ireo fahamarinana ireo, araka izay aseho ao amin' ny Apokalypsy 14 amin' ny fifandraisany amin' ny «filazantsara mandrakizay», dia hampiavaka ny fiangonan' i Kristy amin' ny fotoana hisehoany. Izao mantsy no voalaza ho vokatry ny fitoriana ireo hafatra telo sosona : «Indro, ny faharetan' ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy». Ary io no hafatra farany torina alohan' ny fiavian' ny Tompo. Manaraka avy hatrany ny fitoriana an' izany dia hitan' ny mpaminany ny Zanak' olona avy amim-boninahitra hijinja ny vokatry ny tany.

Ireo izay nandray ny fahazavana mikasika ny fitoerana masina sy ny tsy fiovan' ny lalàn' Andriamanitra dia diboky ny hafaliana sy talanjona tokoa raha nahita ny hakanto sy ny firindran' ny rafitry ny fahamarinana izay nivelatra teo amin' ny sainy. Niriny ny hizara amin' ny Kristiana rehetra ny fahazavana izay sarobidy indrindra teo imasony, ary nino marimarina izy fa amim-pifaliana no handraisana izany. Nefa ny fahamarinana izay ho nampiavaka azy tamin' izao tontolo izao dia tsy nankasitrahan' ny maro izay nihambo ho mpanaraka an' i Kristy. Nitaky fahafoizan-tena izay nialan' ny ankabeazan' ny olona ny fankatoavana ny didy fahefatra.

Rehefa naseho ny fitakian' ny Sabata dia betsaka no nisaina araka ny fijerin' izao tontolo izao. Hoy izy hoe : «Nitandrina ny Alahady foana izahay, ny razanay nitandrina izany, ary maro ny olona tsara sy tia vavaka no maty tamim-pahasambarana teo am-pitandremana izany. Raha marina izy

ireny dia toy izany koa izahay. Ny fitandremana ity Sabata vaovao ity dia hampifanipaka anay amin' izao tontolo izao ka tsy ho afaka hiasa mangina aminy izahay. Inona no mba azon' ny antokon' olom-bitsy mitandrina ny andro fahafito antenaina hatao hoenti-manohitra an' izao tontolo izao izay mitandrina ny Alahady»? Fonjan-kevitra toy izany no niezahan' ny Jiosy nanamarina ny fandavany an' i Kristy. Efa neken' Andriamanitra ny razany tamin' ny nitondran' izy ireo fanatitra, koa nahoana ny zanany no tsy nahita famonjena amin' ny fanohizana izany? Toy izany koa tamin' ny andron' i Lotera, nandahatra ny papista fa kristiana marina no efa maty tamin' ny finoana katolika, koa noho izany dia ampy ho famonjena io fivavahana io. Ny fomba fisaina toy izany dia hita fa tena fefy manakana tokoa ny fandrosoana rehetra eo amin' ny finoana na ny fiainana ara-pivavahana.

Betsaka no nanantitrantitra fa foto-pinoana efa niorina ny fitandremana ny Alahady sady fanao efa mahazatra hatraiza hatraiza ny fiangonana efa an-jato taona maro izao. Hoenti-manohitra io fonjankevitra io dia naseho fa efa tranainy kokoa sy niely bebe kokoa ny Sabata sy ny fitandremana azy, eny, fahagola tahaka an' izao tontolo izao mihitsy, sady mitondra ny mari-pankasitrahan' ny anjely sy Andriamanitra. Fony naorina ny fanorenan' tany, raha niara-nihira ny kintan' ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra, tamin' izay no nametrahana koa ny fanorenan' ny Sabata.[7] Koa rariny raha mitaky ny fanajantsika fatratra izany ; tsy fahefan' olombelona no nanendry azy, ary tsy miankina amin' ny lovan-tsofin' olombelona izany. Ny Fahagola no nanorina azy ary ny teniny mandrakizay no nibaiko hitandremana azy.

Rehefa notarihina ho eo amin' ny fanavaozana momba ny Sabata ny sain' ny olona, dia naolan' ireo mpitandrina mamimbahoaka ny tenin' Andriamanitra, ka famoasana ny teny izay hampitony ny saina manadihady no narosony. Ary ireo izay tsy nandalina ny Soratra Masina ho an' ny tenany dia afa-po tamin' ny fanekena ny fehin-kevitra izay nifanojo tamin' ny faniriany. Fonjan-kevitra, hevidiso, lovan-tsofin' ireo Rain' ny fiangonana ary ny fahefan' ny eglizy, no nentin' ny olona maro niezaka handrodana ny fahamarinana. Voatarika handinika ny Baiboliny ireo mpiaro izany mba hahazoany manamarina ny didy fahefatra. Olon-tsotra, tsy nanam-piadiana afa-tsy ny tenin' ny fahamarinana ihany, no nahatohitra ny famelezana nafitsok' ireo olona nanam-pahalalana, izay gaga sady tezitra raha nahita fa tsy nahovoka ny fampianaran-disony tsara lahatra raha nifanandrina tamin' ny fomba Fihevitra tsotra sy mivantana, nampiasain' ny olona nahay ny Soratra Masina fa tsy zatra irony safelin-kevitra mahakinga ny nandia fianarana ambony.

Noho ny tsy nahazoany niantehitra tamin' ny fanambaran' ny Soratra Masina, dia maro no nikiribiby nanantitrantitra hoe : «Nahoana ny olona

ambony ao amintsika no tsy mahalala ny momba io Sabata io ? An-kavitsiana no mba mino tahaka anareo. Tsy azo ekena mihitsy izany hoe ny anareo no marina fa diso avokoa ireo olona manam-pahaizana eo amin' izao tontolo izao», adinony anefa fa fomba fisaina toy izany indrindra no efa nenti-namely an' i Kristy sy ny apostoliny.

Mba hanoherana ny fonjan-kevitra toy izany dia ampy ny nilaza ny fampianaran' ny Soratra Masina sy ny tantaran' ny fifandraisan' ny Tompo tamin' ny vahoakany nandritra ny taona nifandimby. Miasa amin' ny alalan' ireo izay mihaino sy mankatò ny feony Andriamanitra, ireo izay vonon-kilaza fahamarinana mahatofotofoka, raha ilaina izany, ireo izay tsy matahotra ny hanakiana ny fahotan' ny besinimaro. Ny antony tsy ifidianany matetika loatra olona manampahalalana sy ambony toerana hitarika ny Fihetsehana fanavaozana dia noho izy ireny mitoky amin' ny fanekem-pinoany, ny laha-kevitra sy ny rafitra ara-teolojia eo aminy ka tsy mahatsapa fa mila hampianarin' Andriamanitra. Tsy misy afa-tsy izay manana fifandraisana manokana amin' Ilay loharanon' ny fahendrena ihany no afaka hahatakatra ny hevitry ny Soratra Masina sy hanazava izany. Indraindray olona tsy nandia fianarana tany amin' ny sekoly ambony no antsoina hanambara ny fahamarinana, tsy noho izy tsy manam-pahalalana anefa, fa noho izy tsy mihevi-tena loatra ho ampy ka azon' Andriamanitra ampianarina. Mianatra ao amin' ny Sekolin' i Kristy izy, ary ny fanetren-tenany sy ny fankatoavany no maha-lehibe azy. Noho izy anankinan' Andriamanitra ny fahalalana ny fahamarinany, dia omeny voninahitra izy izay maha-tsinontsinona ny voninahitra eto an-tany sy ny fahalehibeazana araka ny olombelona raha mitaha aminy.

Ny ankabeazan' ny advantista dia nitsipaka ny fahamarinana mikasika ny fitoerana masina sy ny lalàn' Andriamanitra, ary betsaka koa no nandao ny finoany ny fiavian' i Kristy ka nanaiky fomba fijery tsy marina sady mifanipaka be ihany ny amin' ireo faminaniana momba io asa io. Nisy voatarika ho amin' ny fahadisoan-kevitra hamerimberina fotoam-boafetra hiverenan' i Kristy. Ny fahazavana izay mamirapiratra ankehitriny momba ny fitoerana masina dia tokony ho naneho taminy fa tsy misy fe-potoana tafapaka amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany ; fa tsy voatondro mialoha ny fotoana marina hahatanterahan' izany. Nefa, satria niamboho ny mazava izy, dia mbola namerimberina nametra fotoana hiavian' ny Tompo ihany, ary diso fanantenana foana hatrany hatrany.

Rehefa nanaiky fomba fijery diso ny amin' ny fiavian' i Kristy ny fiangonana tao Tesalonika, dia nanoro hevitra azy ny apostoly Paoly mba hisedra amim-pitandremana fatratra ny fanantenany sy ny fiheverany ny ho avy amin' ny tenin' Andriamanitra. Nolazainy taminy ireo faminaniana manambara ny toe-javatra izay hitranga alohan' ny hiavian' i Kristy, ka

nasehony fa tsy nisy porofo hanantenany Azy amin' ny andron' izy ireo. «Aza mety ho fitahin' olona akory ianareo»,[8] hoy ny teny fampitandremana nataony. Raha tàhiny nanandrandra zavatra izay tsy tohanan' ny Soratra Masina izy, dia ho voatarika ho amin' ny fihetsika diso ; ho nahatonga azy ho fihomehezan' ny tsy mpino ny fahadisoam-panantenana, ka nety ho loza mananontanona azy ny fahakiviana ary nety ho nalaim-panahy hisalasala ny amin' ireo fahamarinana ilaina mba hamonjena azy izy. Misy lesona lehibe ho an' ireo izay velona amin' ny andro farany ny fananarana ataon' ny apostoly ho an' ny Tesaloniana. Maro ny advantista mihevitra fa raha tsy mampifantoka ny finoany amin' ny fotoana voafaritra tsara momba ny fiavian' ny Tompo izy, dia tsy nazoto sy hafana fo amin' ny fiomanana hitsena Azy. Rehefa voahetsika matetitetika ny fanantenany nefa levona indray dia voadona mafy ny finoany hany ka saiky tsy mandaitra aminy intsony ireo fahamarinana lehibe momba ny faminaniana.

Baiko avy tamin' Andriamanitra ny nitoriana fotoana voafaritra tsara momba ny fitsarana, tamin' ny nanomezany ny hafatra voalohany. Ny fanisana ireo fe-potoana ara-paminaniana izay fototr' io, hafatra io, izay nametra ny fiafaran' ny 2300 andro amin' ny fararanon' ny 1844, dia mitoetra tsy azo hozongozonina . Ny fiezahana miverimberina hahita datin' andro vaovao iandohana sy iafaran' ireo fe-potoana ara-paminaniana mbamin' ny fisainana diso ilaina hanohanana an' izany, dia tsy hoe mampivily ny saina hanalavitra ny fahamarinana ho amin' izao andro izao fotsiny, fa mahatonga fanaovana zinona mihitsy ny ezaka rehetra atao hoenti-manazava ny faminaniana.

Matetika, ny famerana fotoana voafaritra mazava hiavian' i Kristy, ka hitoriana izany hatraiza hatraiza, dia tena mifanandrify indrindra amin' izay zava-kendren' i Satana. Rehefa dila ny fotoana notondroina dia totofany eso sy henatra ireo izay niaro izany hevitra izany, ka dia voahoso-potaka koa ilay fihetsehana lehibe tamin' ny taona 1843 sy 1844 momba ny fiavian' i Kristy. Amin' ny farany dia hanondro vanin' andro lavitra dia lavitra mbola ho avy momba ny fiavian' i Kristy izay mikiry amin' izany hevi-diso izany. Amin' izay dia ho voataona hiantehitra amin' ny toky sandoka izy ary maro no tsy hahatsikaritra ny fitaka raha tsy efa diso aoriana loatra.

Ny tantaran' ny Isiraely fahizay dia sary manaitra mampiseho ny fanandramana nataon' ny mpino advantista tamin' ny lasa. Andriamanitra no nitarika ny vahoakany ho amin' ny fihetsehana advantista, tahaka ny nitarihany ny zanak' Isiraely nivoaka avy tany Egypta. Nosedraina tao anatin' ny fahadisoam-panantenana lehibe ny finoany tahaka ny nisedrana ny an' ny Hebreo teo amin' ny Ranomasina Mena. Raha naharitra nahatoky ilay tanana nitaridalana azy tamin' ireo fanandramana nataony teo aloha izy, dia ho. nahita ny famonjen' Andriamanitra. Raha ireo rehetra niray hina teo amin' ny asa tamin' ny 1844 no nandray ny hafatry ny anjely fahatelo

ka nitory izany tamin' ny herin' ny Fanahy Masina, dia ho niasa tamin-kery ny Tompo nanampy ny fiezahany. Ho nitosaka tamin' izao tontolo izao ny fahazavana. Efa ho an-taonany maro no nandrenesan' ny mponina an-tany ny hafatra fampitandremana, ho efa vita ny asa famaranana, ary efa niverina i Kristy hanavotra ny vahoakany.

Tsy sitrapon' Andriamanitra ny hampirenireny an' Isiraely nandritra ny efa-polo taona tany an' efitra ; niriny ny hitaridalana azy mivantana ho any amin' ny tany Kanana ka hampitoetra azy ao ho vahoaka masina sady sambatra. «Nefa tsy nahazo niditra izy ireo noho ny tsy finoany»[9]. Noho ny fivadihany sy ny fihemorany dia maty tany an' efitra izy ireo, ary hafa no natsangana hiditra ao amin' ilay tany nampanantenaina. Araka izany, dia tsy sitrapon' Andriamanitra ny maha-ela toy izany ny fiavian' ny Tompo sy ny ijanonan' ny vahoakany taona maro toy izao eto amin' ity izao tontolo izao feno fahoriana ity. Fa nampisaraka azy tamin' Andriamanitra ny tsy finoana. Raha nolaviny ny hanao ny asa voatendry hataony, dia hafa no natsangana hitory ny hafatra. Famindrampony ho an' izao tontolo izao no mahatonga an' i Jesosy hampihemotra ny fiaviany, mba hisian' ny fotoana mety handrenesan' ny mpanota ny hafatra fampitandremana ka hahitany fialofana ao Aminy alohan' ny hirotsahan' ny fahatezeran' Andriamanitra.

Ankehitriny, tahaka ny tamin' ny andro teo aloha, dia hampihetsika ny fanoherana ny fanehoana ny fahamarinanana izay manameloka ny fahotana sy ny hevi-diso misy amin' izao fotoana izao. «Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany»[10]. Rehefa hitan' ny olona fa tsy azony tohanana amin' ny Soratra Masina ny heviny, dia betsaka no nanapa-kevitra fa hitana izany na ho vy na ho vato. ka toe-tsaina maloto no entiny manaratsy ny toetra sy ny fanahy manosika ireo izay mijoro hiaro ny fahamarinanana tsy maro mpitia. Izany fihetsika izany ihany no efa hita tamin' ny andro teo aloha. Nolazaina fa mampidi-doza an' Isiraely i Elia, Jeremia mpamadika, Paoly mpandoto ny tempoly. Hatramin' izany andro izany ka mandrak' androany, izay mijoro ho mahatoky amin' ny fahamarinanana dia ampangaina ho mpikomy, ho «heretika», ho mpisaratsaraka. Marobe ny olona izay tsy afaka hino ny tenin' ny faminaniana mafy orina no hanaiky mora foana ho marina ny fiampangana an' ireo izay sahy manameloka irony fahotana araka ny toetr' andro. Hitombo hatrany izany toe-tsaina izany. Ary lazain' ny Baiboly mazava fa manakaiky ny fotoana izay hifanoheran' ny lalàm-panjakana sy ny lalàn' Andriamanitra hany ka na iza na iza vonona hankatò ny didin' Andriamanitra rehetra dia tsy maintsy hisetra fanakianana sy famaizana toy ny mpanao ratsy.

Eo anoloan' izany, inona no adidin' ny mpitondra hafatry ny fahamarinanana ? Moa ve hilaza izy fa tsy tokony haseho ny fahamarinanana, satria matetika ny

hany vokany dia ny hahatonga ny olona hidify na hanohitra ny zava-takiny ? Tsia ; tsy misy tokony hihazonany ny fanambaran' ny tenin' Andriamanitra, noho izy nahatonga fanoherana, toy ny tsy nihazonan' ireo Mpanavao Fivavahana teo aloha izany. Voarakitra mba hahasoa ny taranaka mandimby ny fanehoam-pinoana nataon' ireo olo-masina sy ireo maritiora. Ireny ohatra velon' ny fahamasinana sy ny toetra matotra mafy orina ireny dia tafapaka amin' ireo izay antsoina ankehitriny hijoro ho vavolombelona ho an' Andriamanitra mba hampahery azy. Nandray fahsoavana sy fahamarinana izy ireny, tsy ho azy irery ihany, fa koa mba hahazoan' ny fahalalana an' Andriamanitra manazava ny tany, amin' ny alalany. Moa ve Andriamanitra manome fahazavana ho an' ny mpanompony amin' ity taranaka ity ? Raha izany dia aoka Izy hamela izany hamirapiratra eo amin' izao tontolo izao.

Fahiny Jehovah dia nanambara izao tamin' ilay niteny tamin' ny anarany : «Fa ny taranak' Isiraely dia tsy mety mihaino anao, satria tsy mety mihaino Ahy izy». Na dia izany aza dia hoy izy hoe : «Ary holazainao aminy ihany ny teniko, na hihaino izy na tsy hihaino»[11]. Izao no baiko nomena ny mpanompon' Andriamanitra tamin' izany fotoana izany : «Ezaho ny fiantsoanao, fa aza atao malemy, asandrato ny feonao ho tahaka ny an' ny anjomara, ka ambarao amin' ny oloko ny fahadisoany ary amin' ny taranak' i Jakoba ny fahotany»[12].

Arakaraka ny fotoana mety hanaovana izany, izay rehetra nandray ny fahazavan' ny fahamarinana dia manana andraikitra mampangitakitaka sy mampahatahotra toy ny mpaminanin' ny Isiraely izay nahatongavan' ny tenin' i Jehovah nanao hoe : «Koa ianao, ry zanak' olona, dia efa notendreko ho mpitily ho an' ny taranak' Isiraely, ka raha mandre ny teny aloaky ny vavako ianao, dia izany no entinao mananatra azy. Raha hoy Izaho amin' ny ratsy fanahy : He ! ry ilay ratsy fanahy, ho faty tokoa ianao ! nefa tsy mety mananatra azy ianao hiala amin' ny alehany dia ho fatin' ny helony ihany izany ratsy fanahy izany, fa ny rany dia hadiniko amin' ny tananao. Fa raha mananatra ny ratsy fanahy ihany kosa ianao hiala amin' ny lalany ratsy ; fa izy no tsy mety miala amin' izany, dia ho fatin' ny helony ihany izy, nefa voavonjinao ny ainao»[13].

Ny sakana lehibe eo amin' ny fanekena sy ny fampielezana ny fahamarinana dia izy arahin' ny fanorisorenana sy ny fanabantiana. Io no hany fonjan-kevitra manohitra ny fahamarinana izay tsy mbola ahitan' ireo mpomba azy valiny. Nefa tsy mampihemotra ny tena mpanaraka an' i Kristy izany. Tsy miandry ny fahamarinana ho tonga mamim-bahoaka izy . vao hitory izany. Resy lahatra ny amin' ny adidiny izy, ka manaiky an-tsitrapo ny hazo fijaliana ary toa ny apostoly Paoly dia heveriny fa «ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voni-nahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay»

; ary miaraka amin' ilay mpaminany fahiny dia «manao ny fanaratsiana an' i Kristy ho harena be lavitra noho ny zava-tsoan' i Egypta» izy. [14]

Na toy inona na toy inona fihetsika asehony, dia ireo izay fatrampisolelaka amin' izao tontolo izao ihany no mirona any amin' izay itsofan' ny rivotra fa tsy mijoro ara-poto-kevitra eo amin' ny ara-pivavahana. Aoka isika hisafidy ny marina noho ny maha-marina azy, ary avelantsika ho an' Andriamanitra izay ho vokany. Ny olona mijoro amin' ny foto-kevitra tsy miovaova, eo ambonin' ny vatolampin' ny finoana sy afaka hitondra fanavaozana lehibe eto amin' izao tontolo izao. Olona toy izany no tsy maintsy hampandroso ny asa fanavaozana ho amin' izao vaninandro izao.

Izao no lazain' i Jehovah : «Mihainoa Ahy, ianareo izay mahalala ny fahamarinana, dia ianao, ry firenena izay manana ny lalàko ao am-ponao : aza matahotra ny latsa ataon' ny zanak' olombelona na manahy noho ny faharatsiany. Fa ny kalalao hihinana azy tahaka ny fihinan-damba, ary ny lolofotsy hihinana azy tahaka ny fihinanambolon' ondry ; fa ny fahamarinako haharitra mandrakizay, ary ny famonjeko hihatra amin' ny taranaka fara-mandimby ».[15]

**Fanamarihana**

1 Isa. 5 5 : 1, 2, 6, 7
2 and. 8
3 Isa. 8 : 16
4 and. 20
5 Isa. 58 : 1, 2
6 and.12-14
7 Joba.38:6.7; Gen.2:1-3
8 2 Tes. 2 : 3
9 Heb. 3 : 19
10 Jao. 3 : 20
11 Ezek. 3 : 7 ; 2 : 7
12 Isa. 58 : 1
13 Ezek. 33 : 7-9
14 2Kor.4:17;Heb.11:26
15 Isa. 51 : 7 , 8

# 27

# *Fifohazana moderna*

Na taiza na taiza nitoriana ny tenin' Andriamanitra tamim-pahatokiana dia nahitam-bokatra izay nanamarina ny maha-avy tamin' Andriamanitra ny hafatra. Nomba ny hafatra nentin' ny mpanompony ny Fanahin' Andriamanitra ka nanan-kery ny teny. Tsapan' ny mpanota fa nihamatanjaka ny feon' ny fieritreretany. Ny «mazava izay nahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao» no namirapiratra tao amin' ny efitra manginginan' ny fanahiny ka niharihary ny zavatra nosaronan' ny haizina. Niaiky marina tokoa ny saina amam-pony. Resy lahatra ny amin' ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana ho avy izy. Nahatsapa ny fahamarinan' i Jehovah izy ka tora-kovitra ny hiseho, amin' ny fahadisoany sy ny tsy fahadiovany, eo anatrehan' Ilay Mpandinika ny fo. Tamim-pitebitebena no niantsoany hoe : «Iza no hanafaka ahy amin' ny tenan' ity fahafatesana ity ?» Rehefa nasehony ny fijalian' i Kalvary, sy ny sorona sarobidy naterina teo noho ny fahotan' ny olombelona, dia hitan' izy ireo fa tsy misy afa-tsy ny fahamendrehan' i Kristy no ampy hanavotana ny fandikan-dalàna nataony ; io ihany no afaka hampihavana azy amin' Andriamanitra. Tamim-pinoana sy fanetren-tena no nanekeny ny Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao. Tamin' ny alalan' ny ran' i Jesosy no «tsy namalian' Andriamanitra ny fahotany lasa».

Ireny fanahy ireny dia nitondra vokatra mendrika ny fibebahana. Nino izy dia natao batisa, ary nitsangana mba handeha amin' ny fiainam-baovao — dia olom-baovao ao amin' i Kristy Jesosy ; tsy araka ny filan' ny nofo teo aloha, fa hanaraka ny dian' ny Zanak' Andriamanitra, amin' ny alalan' ny finoana Azy, hitaratra ny toetra amam-panahiny ary hanadio ny tenany mba hadio tahaka Azy. Ny zavatra nankahalainy teo aloha no ankamamiany ankehitriny ary izay notiaviny kosa dia manjary ankahalainy

izao, ny mpirehareha sy ny mpitompo-teny fantatra dia nanjary nalemy fanahy sy tsy niavona am-po. Ny mpieboebo foana sy ny mpanambony tena nanjary maotona sy mipetrapetraka. Ny mpaniratsira tonga feno fanajana, ny mpidoroka mahonon-tena ary ny mpijangajanga madio fiaina. Nafoy ireo fomba amam-panaon' izao tontolo izao tsy misy antony. Tsy nitady ny firavaka eny ivelany ny Kristiana, «toy ny firandranambolo sy ny firava-bolamena na ny fiakanjoana fa . . . ny toetra miafina ao am-po, izay tsy mety lo, dia ny fanahy malemy sady miadana izay soa indrindra eo imason' Andriamanitra»[1].

Nitarika fandinihana lalina ny fo sy fanetren-tena ny fifohazana. Nampiavaka izany ny antso fampieritreretana sy mafana natao tamin' ny mpanota, ary koa ny alahelo sy ny fangorahana an' ireo izay novidin' ny ran' i Kristy. Na lehilahy na vehivavy dia samy nivavaka sy nitolona tamin' Andriamanitra ho an' ny famonjena fanahy. Ny vokatry ny fifohazana toy izany dia hita teo amin' ny fanahy izay tsy nihemotra teo anatrehan' ny fandavan-tena sy fahafoizan-tena, fa nifaly kosa satria natao mendrika ny hiaritra fanomezan-tsiny sy fitsapana noho ny amin' i Kristy. Hitan' ny olona fa nisy fiovana teo amin' ny fiainan' ireo izay efa nanaiky ny anaran' i Jesosy. Nandray tombon-tsoa noho ny asa mangina avy taminy ny mpiara-monina. Niara-nanangona tamin' i Kristy izy, namafy ho an' ny Fanahy, ary nijinja fiainana mandrakizay.

Azo lazaina ny aminy izao teny izao : «nampahalelovina mba hibebaka ianareo». «Fa ny alahelo araka an' Andriamanitra miasa ho fibebahana ho famonjena tsy hanenenana ; fa miasa fahafatesana kosa ny alahelon' izao tontolo izao. Fa, indro, izany nampahalelovana araka an' Andriamanitra izany indrindra dia nahatonga fahazotoana manao ahoana teo aminareo ! eny, fialan-tsiny manao ahoana ! faniriana manao ahoana ! zotom-po manao ahoana ! famaliana ny ratsy manao ahoana ! Tamin' izany rehetra izany dia nampiseho ny fahadiovanareo ny amin' izany raharaha izany ianareo»2[2].

Izany no vokatry ny asan' ny Fanahin' Andriamanitra. Tsy misy porofon' ny fibebahana marina raha tsy misy asa fanavaozana. Raha mamerina ny tsatòka ny mpanota, mampody izay nangalarina, miaiky ny fahotany ary tia an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy, dia azon' ny mpanota antoka fa vita fihavanana amin' Andriamanitra izy. Toy izany no vokatra hita nanaraka ny fotoam-pifohazana ara-pivavahana tamin' ny andro tany aloha. Rehefa tsaraina amin' ny voany izy ireny dia fantatra fa notahin' Andriamanitra ho famonjena ny olona sy ny fanandratana ny olombelona.

Fa maro amin' ny fifohazana amin' ny andro moderna no ahitana toetra mifanohitra amin' ny fisehoan' ny fahasoavan' Andriamanitra izay nanaraka ny asan' ny mpanompon' Andriamanitra tamin' ireo andro voalohandohany. Marina fa misy fahalianana hita ombieniombieny, betsaka no milaza fa

nibebaka, ary be dia be no miditra ho anisan' ny fiangonana; na dia izany aza, ny vokatra hita dia tsy mampino anay fa misy fitomboan' ny fiainana ara-panahy mifanaraka amin' izany. Ny fahazavana izay nidedadeda fotoana fohy dia maty vetivety, ka mainka mikitroka noho ny teo aloha ny haizina.

Matetika loatra ny fifohazana eo amin' ny vahoaka no vokatry ny fientanentanan' ny eritreritra fotsiny, amin' ny fanaitairana ny fihetseham-po, amin' ny fitiavana ny zava-baovao sy manaitra tampoka. Ny olona azo amin' izany fomba izany dia tsy manana faniriana firy hihaino ny fahamarinan' ny Baiboly, ary tsy liana loatra handre ny teny vavolombelon' ny mpaminany sy ny apostoly. Raha tsy misy zavatra manaitaitra ao amin' ny fanompoam-pivavahana, dia tsy mahasarika azy ireny. Tsy mampiraika azy ny hafatra izay miteny amin' ny saina tsy misy fihetseham-po. Tsy henoiny ny fampitandremana mazava avy amin' ny Tenin' Andriamanitra, izay mikasika mivantana ny tombon-tsoany mandrakizay.

Ny fifandraisana amin' Andriamanitra sy amin' izay maharitra mandrakizay no zava-dehibe indrindra eo amin' ny fiainana ho an' ny fanahy rehetra tena mibebaka marina. Aiza anefa ny tena fanolorantena marina ho an' Andriamanitra ao amin' ny fiangonan' ny besinimaro ankehitriny ? Tsy nahafoy ny avonavony sy ny fitiavany an' izao tontolo izao ireo mpanatona. Tsy vonona kokoa handà tena, hitondra ny hazo fijaliany sy hanaraka an' Ilay Jesosy malemy fanahy sy tsy miavona am-po noho ny talohan' ny fiovam-pony izy. Nanjary fihomehezana ho an' ny tsy mino sy ny misalasala ny fivavahana satria betsaka loatra ireo izay nitondra ny anarany no tsy nahalala mihitsy ny foto-kevitra iorenany. Efa saiky niala tsy ho eo amin' ny fiangonana maro ny herin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra. Nandroaka ny fisainana momba an' Andriamanitra ny fitsangatsan- ganana, ny fampisehoana an-dampihazo, ny tsenabem-piangonana, ny trano kanto dia kanto, ny fitiavan-kisehoseho. Mibahana ao an-tsaina ny fananan-tany sy harena ary ny asa aman-draharaha araka izao tontolo izao, ka zara raha miserana vetivety ao ny zavatra izay misy tombany mandrakizay.

Na dia eo áza ny fitambotsoran' ny finoana sy ny fitiavam-bavaka hita hatraiza hatraiza,. dia misy mpanaraka an' i Kristy marina ao amin' ireny fiangonana ireny. Alohan' ny hiharan' ny fitsaran' Andriamanitra farany amin' ny tany dia hisy fifohazan' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra eo amin' izay tsy mbola hita hatramin' ny andron' ny apostoly eo amin' ny vahoakan' ny Tompo. Harotsaka amin' ny zanak' Andriamanitra ny Fanahiny sy ny heriny. Amin' izany fotoana izany dia betsaka no hisaraka amin' ireo fiangonana izay efa nanakalo ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny teniny tamin' ny fitiavana an' izao tontolo izao. Betsaka ny olona, na mpitandrina na mpiangona, no hanaiky amim-pifaliana ireo fahamarinana lehibe izay asain' Andriamanitra torina amin' izao vaninandro izao mba

hanomana vahoaka ho amin' ny fiavian' ny Tompo fanindroany. Tian' ny fahavalon' ny fanahy ny hisakantsakanana io asa io ; ary alohan' ny fotoana izay hitrangan' izany fihetsiketsehana izany, dia hiezaka ny hanakana izany izy amin' ny fanaovana hala-tahaka. Hasehony amin' ireo fiangonana izay azony tazonina eo ambanin' ny heriny mamitaka fa mirotsaka ny fitahian' Andriamanitra manokana hiseho amin' izay heverina ho fifohazana ara-pivavahana lehibe. Vahoaka marobe no hiravoravo fa miasa amin' ny fomba mahagaga ho azy Andriamanitra, nefa asan' ny fanahy hafa izany. Amin' ny endrika ara-pivavahana no hitadiavan' i Satana hanitarana ny heriny miasa mangina eo amin' ireo mpivavaka kristiana.

Betsaka tamin' ny fifohazana niseho nandritra ny tapany farany tamin' ny taonjato farany teo no efa niasan' ireny hery ireny, na be na kely, ary mbola hiseho indray izy amin' ireo fihetsiketsehana hitatra bebe kokoa amin' ny ho avy. Misy fihetseham-po taitaitra, fampifangaroana ny marina sy ny diso, izay voakendry indrindra hoenti-mandiso lalana. Tsy misy na iza na iza tokony no voafitaka anefa. Eo amin' ny fahazavan' ny tenin' Andriamanitra dia tsy sarotra ny mahafantatra ny tena toetran' ireny fihetsiketsehana ireny. Na oviana na oviana ny olona no manao an-tsirambina ny teny vavolombelon' ny Baiboly, ka miala amin' ireny fahamarinana mazava ireny, izay fisedrana ny fanahy iray mitaky fandavan-tena sy fahafoizana an' izao tontolo izao, dia azontsika antoka fa tsy mirotsaka amin' izany ny fitahian' Andriamanitra. Ary araka ny fitsipika izay nomen' i Kristy hoe : «ny voany no ahafantaranareo azy» (Matio 7:16) dia ahitana marimarina fa tsy asan' ny Fanahin' Andriamanitra ireny fihetsehana ireny.

Nanambara ny tenany tamin' ny olona amin' ny alalan' ireo fahamarinana voarakitra ao amin' ny teniny Andriamanitra ; ary ampinga miaro amin' ny fakam-panahin' i Satana an' izay rehetra manaiky ireny izany. Ny fanaovana an-tsirambina ireny fahamarinana ireny no mampidanadana ny varavarana idiran' ny ratsy izay miely patrana hatraiza hatraiza eo amin' izao tontolo izao ara-pivavahana. Ny toetran' ny lalàn' Andriamanitra sy ny maha-zava-dehibe azy dia azo lazaina fa very tsy eo imaso intsony. Ny fiheverana tsy marina momba ny toetran' ny lalàn' Andriamanitra, ny faharetany ho mandrakizay sy ny tsy maintsy hitandremana azy dia nitarika ho amin' ny fahadisoan-kevitra momba ny fifandraisan' ny lalàna amin' ny fiovam-po sy ny fanamasinana izay nampitambotsotra ny filamatry ny fitiavambavaka ao amin' ny fiangonana. Eo no ahitana ny tsiambaratelon' ny tsy fisian' ny Fanahy Masina sy ny herin' Andriamanitra ao amin' ny fifohazana amin' ny androntsika.

Misy olona malaza noho ny fitiavam-bavaka ao aminy, any amin' ireo fiangonana samihafa, izay mahita sy malahelo noho izany. Ny profesora A. Edwards A. Park, raha nampisongadina ireo loza mananontanona ny

fiainana ara-pivavahana, dia milaza izany amin' ny fomba mazava loatra hoe : «Ny iray amin' ny antony iavian' ny loza dia ny tsirambina ataon' ny mpitoriteny ny amin' ny fanizingizinana ny lalàn' Andriamanitra. Tamin' ny andro teo aloha dia toy ny akon' ny feon' ny fieritreretana ny polipitra. . . Ireo mpitoritenintsika kalazalahy dia nanome endripiandrianana mahatalanjona ny lohateniny tamin' ny fanarahany ny ohatry ny Tompo, ka nampibaribary ny voninahitry ny lalàna, dia ireo fitsipika sy fandrahonana raketiny. Naverimberiny ireto fotokevitra anankiroa makadiry ireto, milaza fa ny lalàna dia fanehoana ny fahatanterahan' Andriamanitra, ary ny olona izay tsy tia ny lalàna dia tsy tia koa ny filazantsara, satria ny lalàna, tahaka ny filazantsara, dia fitaratra maneho ny tena toetran' Andriamanitra. Mitarika ho amin' ny loza hafa izany, dia ny fanamaivanana ny faharatsian' ny fahotana, ny fitatr' izany sy ny fanamelohana azy. Mifandanja amin' ny fahamarinan' ny didy ny fahadisoana amin' ny fandikana azy. . .

«Mifandraika amin' ireo loza efa voalaza dia ny loza avy amin' ny fampihenan-danja ny fahamarinan' Andriamanitra. Ny toriteny moderna dia mirona ho amin' ny fampisarahana ny fahamarinan' Andriamanitra amin' ny hatsaram-panahiny, ka ny fahatsaram-panahy dia heverina ho fihetseham-po fotsiny fa tsy asandratra ho fotokevitra. Mampisaraka izay natambatr' Andriamanitra ny fomba fijery ara-teolojia vaovao. Moa tsara ve sa ratsy ny lalàn' Andriamanitra ? Tsara izy. Noho izany dia tsara ny fahamarinana, satria toe-tsaina vonona hankatò ny lalàna izany. Ny fahazaran' ny olona manamaivana ny lalàn' Andriamanitra sy ny fahamarinany, manamaivana ny fitaran' ny tsy fankatoavan' ny olombelona sy ny fanamelohana izany, dia mitarika ny olona mora foana ho amin' ny fahazarana mampihen-danja ny fahasoavana izay anolorana fanavotana noho ny fahotana». Noho izany dia mihem-bidy sy lanja ao an-tsain' ny olona ny filazantsara ka vetivety dia ny Baiboly mihitsy no tena notsipahiny.

Maro ireo mpampianatra ara-pivavahana no manizingizina fa nanafoana ny lalàna tamin' ny fahafatesany i Kristy, ka noho izany dia afaka amin' ny fitakian' ny lalàna ny olona. Misy mampiseho izany ho toy ny zioga mavesatra, ary ho setrin' ny fanandevozan' ny lalàna dia asongadiny ny fahafahana iainana eo amin' ny filazantsara.

Tsy toy izany anefa no fomba fijerin' ireo mpaminany sy apostoly ny lalàna masin' Andriamanitra. Hoy Davida : «Ary handeha amin' ny malalaka aho fa ny didinao no tadiaviko»[3]. Ny apostoly Jakoba, izay nanoratra taty aorian' ny nahafatesan' i Kristy dia nilaza ny Didy Folo ho «lalàna tanteraka, dia ny lalàn' ny fahafahana»[4]. Ary ny mpanoratra ny Apokalypsy, dimampolo taona taty aorian' ny nanomboana an' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana, dia manonona fitahiana ho an' izay «mankatò ny didiny, (dikan-teny Anglisy

K j v) mba hananany fahefana amin' ny hazon' aina sy hidirany amin' ny vavahady ho ao an-tanana»[5].

Tsy mitoetra ny filazana fa nanafoana ny lalàn' ny Rainy Kristy tamin' ny nahafatesany. Raha azo natao ny nanova na nanafoana ny lalàna, dia tsy ho nilaina ny nahafatesan' i Kristy hamonjy ny olona ho afaka amin' ny sazin' ny fahotana. Sanatria raha manafoana ny lalàna ny fahafatesan' i Kristy, fa mainka manaporofo ny tsy ahazoana manova azy. Tonga ny Zanak' Andriamanitra «hahalehibe ny lalàna sy ny hahabe voninahitra azy»[6] . Hoy Izy : «Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna ; mandra-pahafoanan' ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy ho foana akory amin' ny lalàna, na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza»[7] . Ary izao no ambarany mikasika ny tenany : «Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako, ary ny lalànao no ato anatiko» [8].

Tena toetran' ny lalàn' Andriamanitra mihitsy ny tsy miova. Fanambarana ny sitrapo sy ny toetra amam-panahin' Ilay nanao azy ny lalàna. Andriamanitra dia fitiavana, ary ny lalàny dia fitiavana. Ny foto-kevitra roa lehibe iorenany dia ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavana ny olona. «Ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna»[9]. Ny toetran' Andriamanitra dia fahitsiana sy fahamarinana; toy izany koa ny toetran' ny lalàna. Hoy ny nipanao Salamo : «Marina ny lalànao ; marina ny didinao rehetra»[10]. Ary hoy ny ambaran' ny apostoly Paoly : «ka dia masina koa ny lalàna, ary masina ny didy sady marina no tsara»[11]. Ny lalàna toy izany, izay fanehoana ny saina sy ny sitrapon' Andriamanitra, dia tsy maintsy maharitra tahaka an' Ilay nanao azy.

Asan' ny fiovam-po sy ny fanamasinana ny mampihavana ny olona amin' Andriamanitra amin' ny hitondrany azy hifanaraka amin' ireo foto-kevitry ny lalàny. Nohariana araka ny endrik' Andriamanitra ny olona tamin' ny voalohany. Tanteraka izy teo amin' ny fifandrindrany tamin' ny toetran' Andriamanitra sy ny lalàny ; voasoratra tao am-pony ireo foto-kevitry ny fahamarinana. Nampisaraka azy tamin' ny Mpanao azy anefa ny fahotana. Tsy nitaratra ny endrik' Andriamanitra intsony izy. Niady tamin' ny foto-kevitry ny lalàn' Andriamanitra ny fony. «Fandrafiana an' Andriamanitra ny fihevitry ny nofo, fa tsy manaiky ny lalàn' Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany»[12]. Nefa «toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanani-lahy tokana», mba ho vita fihavanana amin' Andriamanitra ny olona. Amin' ny alalan' i Kristy dia azo averina indray hifandrindra amin' ny Mpanao azy izy. Tsy maintsy havaozin' ny fahasoavan' Andriamanitra ny fony ; tsy maintsy manana fiainana vaovao avy any ambony izy. Io fiovana io no fahaterahambaovao, izay nolazain' i Jesosy fa izay tsy manana izany «dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra».

Ny dingana voalohany eo amin' ny fampihavanana amin' Andriamanitra dia ny fiaikena ny fahotana. «Ny lalàna no ahazoana ny fahalalana marina ny amin' ny ota»[13]. Mba hahitany ny maha-meloka azy dia tsy maintsy misedra

ny toetrany amin' ny fitsipi-pahamarinana ambony nomen' Andriamanitra izy. Fitaratra mampiseho ny fahatanterahan' ny toetra marina izany ka mahatonga azy ho afaka hahita ny kileman' ny tenany.

Mampiseho ny otany amin' ny olona ny lalàna, fa tsy mitondra fanafody hanasitranana izany. Mampanantena fiainana ho an' ny mankatò izy, nefa manambara fa fahafatesana no anjaran' ny mpandika azy. Ny filazantsaran' i Kristy irery no mahay manafaka ny mpanota amin' ny fanamelohan' ny fahotana na ny fahalotoana avy aminy. Tsy maintsy mibebaka amin' Andriamanitra izy, satria nandika ny lalàny ; tsy maintsy mino an' i Kristy izy, Ilay sorona nanavotra azy. Amin' izany fomba izany no ahazoany «famelana ny heloka tamin' ny lasa» ka mahatonga azy ho mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra. Zanak' Andriamanitra izy, manana ny fanahin' ny fananganan' anaka izay iantsoany hoe : « Aba, Ray ô !»

Manana fahafahana handika ny lalàn' Andriamanitra ary ve izy izao ? Hoy i Paoly : «Koa mahafoana ny lalàna amin' ny finoana va isika ? Sanatria izany ! fa mampiorina tsara ny lalàna isika». «Hataontsika izay efa maty ny amin' ny ota ahoana no ho velona aminy ihany ?» Hoy Jaona : «Fa izao no fitiavan' Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny, sady tsy mavesatra ny didiny»[14]. Ao amin' ny fahateraham-baovao dia ampifandrindrana amin' ny an' Andriamanitra ny fo, rehefa mifanaraka amin' ny lalàny. Rehefa tanteraka ao amin' ny mpanota io fanovana lehibe io, dia tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana izy, avy tamin' ny fahotana ho amin' ny fahamasinana, avy tamin' ny fandikan-dalàna sy ny fikomiana ho amin' ny fankatoavana sy ny fahatokisana. Vita hatreo ny fiainana taloha nanalavitra an' Andriamanitra ; manomboka kosa ny fiainam-baovao amin' ny fihavanana, ny fitiavana sy ny finoana. Amin' izay dia ho tanteraka «ny fahamarinana ilain' ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy»[15]. Ary izao no ho fitenin' ny fanahy : «Endrey ny fitiavako ny lalànao ! Fisaintsainako mandrakariva izany»[16].

«Tsy misy tsiny ny lalàn' i Jehovah, mamelombelona ny fanahy»[17]. Raha tsy amin' ny lalàna dia tsy manana fahalalana marina ny amin' ny fahadiovana sy ny fahamasinan' Andriamanitra ny olona, ny amin' ny maha-meloka ny tenany sy ny fahalotoany. Tsy miaiky marina ny amin' ny fahotana izy ary tsy mahatsapa ny ilàny fibebahana. Noho ny tsy fahatsapany ny maha-very azy, dia tsy hitany ny ilàny ny ran' i Kristy manavotra azy. Ekeny ny fanantenana ny famonjena, nefa tsy voaova tanteraka ny fo ary tsy misy fanavaozana ny fiainana. Toy izany no maha-betsaka ny fiovam-po ivelambelany fotsiny, ary marobe no miditra ho anisan' ny fiangonana nefa tsy mbola tafaray tamin' i Kristy na oviana na oviana.

Maro koa ny hevi-diso momba ny fahamasinana nipoitra avy amin' ny fanaovana an-tsirambina na fitsipahana ny lalàn' Andriamanitra ka

manan-toerana lehibe eo amin' ireo fihetsiketsehana ara-pivavahana amin' izao fotoana izao. Sady diso ireo laha-kevitra ireo amin' ny maha-fampianarana azy no mampidi-doza amin' ny vokany eo amin' ny fiainana ; ary noho izy ireo ankasitrahan' ny besinimaro dia mainka koa ilaina ny hananana fahalalana marina ny amin' izay ampianarin' ny Soratra Masina momba izany.

Fampianaran' ny Baiboly ny tena fanamasinana. Izao no ambaran' ny apostoly Paoly ao amin' ny taratasy nampitondrainy ho an' ny fiangonana tany Tesalonika : «Fa izao no sitrapon' Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo». Ary dia mivavaka izy hoe : «Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hanamasina anareo»[18]. Ampianarin' ny Baiboly mazava tsara ny atao hoe fahamasinana sy ny fomba ahatrarana izany. Nivavaka ho an' ny mpianany ny Mpamonjy ka nanao hoe : «Manamasina azy amin' ny fahamarinana, ny teninao no fahamarinana»[19]. Ary i Paoly dia mampianatra fa ny mpino dia «hohamasinin' ny Fanahy Masina»[20]. Inona no asan' ny Fanahy Masina ? Nolazain' i Jesosy tamin' ny mpianany hoe : «Fa raha tonga ny Fanahin' ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin' ny marina rehetra»[21]. Ary hoy ny mpanao Salamo hoe : «Marina ny lalànao». Ny Tenin' Andriamanitra sy ny Fanahiny no mamelatra eo amin' ny olona ireo foto-kevitra lehiben' ny fahamarinana voarakitra ao amin' ny lalàny. Ary satria «masina sady marina no tsara ny lalàna», ary endriky ny fahatanterahan' Andriamanitra, dia mazava ho azy fa ny toetra amam-panahy izay volavolain' ny fankatoavana an' io lalàna io dia ho masina: Kristy no ohatra tanteraka manana izany toetra amam-panahy izany. Hoy Izy : «Nitandrina ny didin' ny Raiko Aho»: «Izaho manao izay sitrany mandrakariva»[22]. Tokony ho tahaka an' i Kristy ireo mpanaraka Azy noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia hamolavola toetra amam-panahy mifandrindra amin' ny foto-kevitry ny lalàny masina izy. Izany no fanamasinana araka ny Baiboly.

Tsy mety ho tanteraka anefa izany raha tsy amin' ny alalan' ny finoana an' i Kristy ihany sy amin' ny alalan' ny hery avy amin' ny Fanahin' Andriamanitra mitoetra ao anatiny. Mananatra ny mpino i Paoly manao hoe : «Miasà amin' ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo. Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony» [23].

Ho tsapan' ny kristiana ny fitaoman' ny fahotana, nefa dia hotohizany tsy an-kiato ny ady ataony. Eo no ilana ny fampianaran' i Kristy. Tafaray amin' ny herin' Andriamanitra ny fahalemen' olombelona ka dia miteny ilay mpino hoe : «Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika»[24].

Asehon' ny Soratra Masina mazava fa miandalana ny asan' ny fanamasinana. Rehefa vita fihavanana amin' Andriamanitra ny mpanota

amin' ny alalan' ny ran' ny fanavotana, dia vao manomboka amin' izay ny fiainana kristiana. Izao izy vao mandroso «ho amin' ny fahatanterahana», hitombo ka «hahatratra ny ohatry ny halehiben' ny fahafenoan' i Kristy». Hoy ny apostoly Paoly : «Fa zavatra iray loha no ataoko : manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha, eny, miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan' ny fiantsoan' Andriamanitra any ambony ao amin' i Kristy Jesosy»[25]. I Petera kosa mampiseho antsika ireo dingana izay hahatratrarana ny fahamasinana voalazan' ny Baiboly. «Manaova izay zotom-po rehetra kosa ianareo, ary amin' ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin' ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, ary amin' ny fahalalanareo dia fahononam-po, ary amin' ny fahononam-ponareo dia toe-panahy araka an' Andriamanitra, ary amin' ny toe-panahinareo araka an' Andriamanitra dia fitiavana ny rahalahy, ary amin' ny fitiavanareo ny rahalahy dia fitiavana ny olona rehetra. . . fa raha manao izany zavatra izany ianareo, dia tsy ho tafintohina akory mandrakizay»[26].

Ireo izay miaina amin' ny fanamasinana araka ny Baiboly dia mampiseho toe-tsaina feno fanetren-tena. Tahaka an' i Mosesy dia efa nahita ny voninahitra mahatahotry ny fahamarinana izy, ka mahita ny tsy fahamendrehan' ny tenany mifanohitra amin' ny fahadiovana sy ny fahatanterahana feno eo amin' Ilay tsy manam-petra.

Ny mpaminany Daniela dia ohatra iray amin' ny tena fahamasinana. Feno asa fanompoana mendrika ny Tompony ireo andro lava niainany. Lehilahy «malala indrindra» ho an' ny lanitra izy (Daniela 10 : 11). Nefa tsy nihambo ho madio sy masina io mpaminany henikaja io fa nampitovy ny tenany tamin' Isiraely tena mpanota tokoa raha nitalaho teo anatrehan' Andriamanitra ho an' ny vahoakany izy. «Fa tsy amin' ny fahamarinanay no andoharanay ny fifonanay eto anatrehanao, fa amin' ny halehiben' ny indrafonao». «Efa nanota izahay, efa nanao izay ratsy izahay». Hoy izy : «Ary raha mbola niteny sy nivavaka sy niaiky ny fahotako mbamin' ny fahotan' ny fireneko aho». Ary rehefa niseho ny Zanak' Andriamanitra tatý aoriana, nanome fahazavana azy dia hoy i Daniela : «Nihasimba sy nivaloarika ny tarehiko, ary tsy nisy hery intsony tamiko»[27] .

Rehefa nandre ny feon' i Jehovah tao amin' ny tafio-drivotra i Joba dia niantso hoe : «Koa dia miaiky sy mibebaka eto amin' ny vovoka sy ny lavenona aho»[28]. Rehefa nahita ny voninahitr' i Jehovah Isaia sy nandre ny feon' ny Kerobima niantso hoe : «Masina, masina, Jehovah, Tompon' ny maro», dia velon-taraina hoe : «Lozako ! maty aho !»[29]. Ary i Paoly rehefa nentina tany amin' ny lanitra fahatelo ka nandre zavatra izay tsy hain' ny olombelona lazaina, dia nilaza ny tenany ho «kely noho ny kely indrindra amin' ny olona masina rehetra»[30]. Jaona , mpianatra malala, ilay niankina

tamin' ny tratran' i Jesosy sy nahita ny voninahiny, dia lavo tahaka ny maty teo an-tongotry ny anjely.[31]

Tsy mety hisy fanandratan-tena, na fireharehana fa afaka amin' ny fahotana amin' izay mandeha eo amin' ny aloky ny hazo fijalian' i Kalvary. Tsapany fa ny fahotany no nahatonga ny ady nihatra aman' aina izay nahavaky ny fon' ny Zanak' Andriamanitra, ka io fisainana io dia hitarika azy ho amin' ny fanetren-tena lalina. Ireo izay velona akaiky indrindra an i Jesosy dia hahita mazava kokoa ny fahalemen' ny olombelona sy ny toe-pahotana misy azy, ary ny hany fanantenana dia ny fahamendrehan' ny Mpamonjy nohomboana tamin' ny hazo fijaliana sy nitsangana tamin' ny maty.

Ny fahamasinana izay mahazo laka eo amin' izao tontolo izao ka atao antso avo eo amin' ny mpivavaka ankehitriny, dia miaraka amin' ny toe-tsaina manandra-tena sy manao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra ary izany no anamarihana fa lavitry ny fivavahan' ny Baiboly izany. Ireo mpiaro izany dia mampianatra fa asa tontosa ao anatin' ny indray mipi-maso ny fanamasinana, ka mitondra avy hatrany ho amin' ny fahamasinana tonga lafatra amin' ny alalan' ny finoana izy. «Minoa fotsiny ihany, hoy izy, dia ho anareo ny fitahiana». Tsy nisy fiezahana hafa voalaza fa takina amin' izay handray izany fitahiana izany. Miaraka amin' izany koa dia laviny ny fahefan' ny lalàn' Andriamanitra, ary antitranteriny fa afaka amin' ny andraikitra amin' ny fitandremana ny lalàna izy. Anefa azon' ny olona atao ve ny ho masina, ny hifanaraka amin' ny sitrapo sy ny toetran' Andriamanitra, nefa tsy hifandrindra amin' ireo foto-kevitra izay fanehoana ny maha-Izy Azy sy ny sitrapony, ka mampiseho izay tena ankasitrahany ?

Ny faniriana hanana fivavahana moramora izay tsy mitaky fiezahana, tsy mitaky fahafoizan-tena, tsy mitaky fisarahana amin' ny hadalan' izao tontolo izao, no nahatonga ny fampianarana momba ny finoana, ary ny finoana ihany no fampianarana mamim-bahoaka. Fa ahoana kosa hoy ny tenin' Andriamanitra ? Hoy ny apostoly Jakoba : «Inona moa no soa azo, ry rahalahiko, raha misy milaza fa manam-pinoana izy, nefa tsy manana asa ?, Ny finoana va mahavonjy azy ? . . . Moa tsy fantatrao va, ry olom-poana, fa tsy vanona ny finoana tsy misy asa ? Tsy nohamarinina tamin' ny asa va Abrahama razantsika tamin' ny nanaterany an' i Isaka zanany teo ambonin' ny alitara ? Hitanareo fa niara-niasa tamin' ny finoana ny asany, ary ny finoana dia notanterahina tamin' ny asa ... Koa dia hitanareo fa hamarinina amin' ny asa ny olona, fa tsy amin' ny finoana ihany»[32].

Ny fanambaran' ny tenin' Andriamanitra dia manohitra io fampianarana mamela-pandrika momba ny finoana tsy misy asa io. Tsy azo lazaina fa finoana ny mitaky ny fankasitrahan' ny lanitra nefa tsy mameno ny fepetra izay anomezana ny famindrampo, fa fiheverana sahisahy fotsiny izany ! Fa

ny tena finoana marina dia miorina amin' ireo teny fikasana sy ireo fepetry ny Soratra Masina.

Aoka tsy hisy hamita-tena amin' ny finoana fa mety ho tonga masina izy kanefa minia mandika ny anankiray amin' ny fitakian' Andriamanitra. Ny fanahy iniana hanao fahotana iray fantatra dia mampangina ny fanambaran' ny feon' ny Fanahy Masina ka mampisaraka ny fanahy amin' Andriamanitra. «Fa ny ota no fandikana ny lalàna». «Izay rehetra manota (mandika ny lalàna) dia tsy nahita na nahalala Azy»[33]. Na dia nanantitrantitra feno ny amin' ny fitiavana aza i Jaona ao amin' ny epistiliny, dia tsy misalasala koa izy mampibaribary ny tena toetran' ny antokon' olona izay milaza ho nohamasinana, nefa mivelona amin' ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra. «Izay manao hoe : Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny. Fa na iza na iza mitandrina ny teniny, dia tanteraka ao aminy marina tokoa ny fitiavana an' Andriamanitra»[34]. Eto no fisedrana ny toetran' ny tsirairay. Tsy misy olona na iza na iza azontsika lazaina ho masina raha tsy ampitahaintsika amin' ny fllamatra tokan' ny fahamasinana na any an-danitra na ety an-tany izy. Raha tsy tsapan' ny olona ny lanjan' ny lalàna ara-panahy, raha ataony zinona ary hamaivaniny ny fitsipika nomen' Andriamanitra, raha mandika ny anankiray amin' ny kely indrindra amin' ireny didy ireny izy, ka mampianatra ny olona hanao toy izany koa, dia tsy hahazo sitraka eo imason' ny lanitra mihitsy izy, ary azontsika fantarina fa tsy marim-pototra ny fihamboany.

Ny fihamboana ho tsy manam-pahotana koa dia porofo rahateo fa izay milaza izany dia lavitra ny fahamasinana. Satria tsy manampahalalana marina ny amin' ny fahadiovana sy ny fahamarinan' Andriamanitra tsy misy fetra izy, na ny amin' izay tokony ho toetra mba hanahafana an' Andriamanitra, noho izany olona izany tsy mahafantatra marina ny amin' ny fahadiovan' i Jesosy sy ny toetra ambony mahate ho tia ananany, sy ny amin' ny maha-zava-doza sy maharatsy ny fahotana kosa, dia afaka mihevitra ny tenany ho masina izy. Arakaraka ny maha-be ny elanelana misy amin' ny tenany sy i Kristy, dia arakaraka izany koa no mampivaona ny fiheverany ny amin' ny toetran' Andriamanitra sy izay takiny, sy ny isehoan' ny tenany ho marina eo imasony.

Ny fahamasinana aseho ao amin' ny Soratra Masina dia mahafaoka ny tena manontolo — ny saina, ny fanahy ary ny vatana. Nivavaka ho an' i Tesaloniana i Paoly hoe : «aoka harovana avoko: ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin' ny fiavian' i Jesosy Kristy Tompontsika»[35]. Manoratra indray ho an' ny mpino izy, ary nanao hoe : «Mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon' Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra»[36]. Tamin' ny andron' ny Isiraely fahiny, ny fanatitra rehetra naterina ho an' Andriamanitra dia nodinihina akaiky daholo. Raha

nahitana kilema ny biby nentina, dia nolavina izany ; satria efa nibaiko Andriamanitra fa tsy hisy «kilema» ny fanatitra. Toy izany koa no andidiana ny kristiana hanoiotra ny tenany «ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra». Mba hanaovana izany, dia tsy main tsy ho voatahiry araka izay tokony ho izy ny hery rehetra ananany. Ny fomba amam-panao rehetra izay mampihena ny hery ara-batana sy ara-tsaina dia mahatonga ny olona tsy ho afaka hanompo ny Mpamorona azy. Tsy sitrak' Andriamanitra raha tsy ny tsara indrindra no atolotsika Azy. Hoy i Kristy : «Tiava an' i Jehovah Andriamanitra amin' ny fonao rehetra». Ireo izay tia an' Andriamanitra amin' ny fony rehetra dia hanam-paniriana hanoiotra ho Azy ny asa fanompoana tsara indrindra amin' ny fiainana, ary hiezaka mandrakariva ny hitondra ny hery rehetra eo amin' ny tenany hifandrindra amin' ireo lalàna izay hampitombo ny fahazoany hanao ny sitrapony. Tsy hanao izay hampahaosa na handoto ny fanatitra entiny ho an' ny Rainy izay any an-danitra amin' ny tsy fahononana na ny fanaranam-po amin' ny filana izy.

Hoy i Petera : «Fadio ny filan' ny nofo ; fa miady amin' ny fanahy ireny»[37]. Ny fanomezana fahafaham-po ny fironana hanota dia mahadombo ny fahaizana amam-pahalalana, ka mamono ny fandrenesana eo amin' ny ara-tsaina sy ara-panahy, koa tsy mandaitra afa-tsy kely foana amin' ny fo ny tenin' Andriamanitra sy ny Fanahiny. Manoratra ho an' i Korintiana i Paoly hoe : «Aoka isika hanadio ny tenantsika ho afaka amin' ny fahalotoana rehetra, na amin' ny nofo na amin' ny fanahy, ka hanatanteraka ny fahamasinana amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra»[38]. Ary ao amin' ny vokatry ny Fanahy : «fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemempanahy», dia nasiany koa ny «fahononam-po»[39].

Na dia eo aza ireny fanambarana avy amin' ny tsindrimandrin Andriamanitra ireny, dia firifiry amin' ireo milaza azy ho Kristiana no mampahosa ny heriny amin' ny fikatsahana tombon-tsoa na amin' ny fanompoana ny «lamaody» ; firifiry no manambany ny toetra maha-olombelona araka i\y endrik' Andriamanitra azy amin' ny alalan' ny hatendan-kanina, ny fisotroan-divay, ny fahafinaretana voarara. Ary ny fiangonana dia tsy manameloka, fa matetika loatra no mamporisika ny ratsy amin' ny fandranitana ny filan-kanina, ny fanirian-kahazo tombon-tsoa na ny fitiavam-pahafinaretana, mba ho enti-mameno ny tahirim-bolany izay tsy vitan' ny fitiavana an' i Kristy ny hameno azy noho izy marefo loatra. Moa ve raha miditra ny fiangonana amin' izao vaninandro izao i Jesosy ka mahita ny lanonambe sy ny varotra tsy masina atao ao amin' ny ànaran' ny fivavahana, tsy handroaka ireo mpanazimba ny zava-masina va Izy, tahaka ny nandroahany ireo mpanakalo vola hivoaka ny tempoly ?

Lazain' ny apostoly Jakoba fa ny fahendrena avy any ambony dia «madio aloha». Raha mifanehatra tamin' ireo izay nanonona ny anarana sarobidin' i

Jesosy tamin' ny molotra voaloton' ny paraky sy ny sigara izy, sy tamin' ireo izay maimbon' ny paraky sy ny sigara ny fofon' ainy sy ny tenany, ary izay mandoto ny rivotry ny lanitra sady manery ny rehetra manodidina azy hifoka ireo poizina ireo — raha sendra ny fomba amam-panao mifanohitra toy izany amin' ny fahadiovan' ny filazantsara ny apostoly, moa ve tsy ho niampanga an' izany ho «araka ny ety an-tany, araka ny nofo, araka ny demonia izy ?» Misy ireo andevozin' ny paraky sy ny sigara, izay mitaky fitahiana avy amin' ny fanamasinana tanteraka ka miresaka ny amin' ny fanantenany hiditra any an-danitra; nefa ambaran' ny tenin' Andriamanitra mazava fa «tsy mba hiditra ao mihitsy na inona na inona mety mandoto»[40]. (Baiboly Anglisy).

«Ahoana ary ? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin' ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin' Andriamanitra ? Ka tsy tompon' ny tenanareo ianareo. Fa olomboavidy ianareo koa dia mankalazà an' Andriamanitra amin' ny tenanareo»[41]. Izay manana ny tenany ho tempolin' ny Fanahy Masina dia tsy hanao izany ho andevon' ny fahazarana manimba. Ny heriny dia an' i Kristy, izay nividy azy tamin' ny rany sarobidy. An' i Jehovah ny fananany. Ahoana no tsy hanan-tsiny izy raha mandanilany foana io harena napetraka taminy io ? Isan-taona dia mandany vola tsy toko tsy forohana amin' ny fanaranam-po tsy mahasoa sady manimba ireo izay misora-tena ho Kristiana, kanefa fanahy tsy tambo isaina no mitady fatratra ny tenin' ny fiainana. Robaina amin' ny fahafolon-karena sy ny fanatitra Andriamanitra, nefa bebe kokoa izay levonina eo ambony alitaran' ny filana ambany manimba noho izay omeny hoenti-manampy ny mahantra na hoentimanohana ny filazantsara. Raha izay rehetra milaza ny tenany ho mpanaraka an' i Kristy no tena nohamasinina marina, dia tsy ho lanilany foana ho amin' ny fanaranam-po tsy misy antony na ho amin' ny zava-manimba mihitsy aza ny fananany, fa harotsaka ao amin' ny tahirin' i Jehovah, ary ny kristiana no hanome ohatra eo amin' ny fahalalana onony, eo amin' ny fandavan-tena sy fahafoizan-tena. Amin' izay dia ho fahazavana ho an' izao tontolo izao izy.

Izao tontolo izao dia mitolo-batana ho amin' ny fampanaranampo.«Ny filan' ny nofo, sy ny filan' ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao» no mifehy ny ankamaroan' ny olona. Fa ireo mpanaraka an' i Kristy kosa dia iantefan' ny antso ho amin' ny fahamasinana : «Mivoaha eo aminy ka misaraha aminy, hoy Jehovah, ary aza manendry izay zavatra tsy madio». Ny fahazavan' ny tenin' Andriamanitra dia manamarina ny filazanay fa tsy tena izy ny fanamasinana raha tsy mahavokatra izany fahafoizana tanteraka ny fikatsahana fahafaham-po feno fahotana izany sy ny fanaranam-po araka an' izao tontolo izao.

Hoy ny teny fikasan' Andriamanitra amin' ireo izay mahafeno ny fepetra : «Mivoaha eo aminy ianareo ka misaraha aminy, ary aza manendry

izay zavatra tsy madio». «Izaho handray anareo, ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho zanakolahy sy ho zanakovavy, hoy Jehovah Tsitoha»[42]. Tombon-tsoa sy adidin' ny Kristiana tsirairay ny manao fanandramana sarobidy sy safononoka momba ny fanompoana an' Andriamanitra. «Izaho no fahazavan' izao tontolo izao», hoy Jesosy «izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin' ny maizina, fa hanana fahazavan' aina»[43]. «Fa ny lalan' ny marina dia toy ny fipoak' andro maraina, izay mihamazava mandrapitataovovonan' ny andro»[44]. Isaky ny dingana ataon' ny finoana, sy ny fankatoavana dia mampiray ny fanahy akaiky kokoa amin' Ilay'Fahazavan' izao tontolo izao, izay «tsy misy haizina akory ao Aminy». Mamirapiratra eo amin' ny mpanompon' Andriamanitra ireo tara-pahazavana manjelanjelatry ny Masoandron' ny Fahamarinana, ary tokony hitaratra izany izy. Tahaka ireo kintana milaza amintsika fa misy fahazavana lehibe any an-danitra mampamirapiratra azy amin' ny voninahiny, dia toy izany koa ny Kristiana : tokony hampiseho izy fa misy Andriamanitra eo amin' ny seza fiandrianan' izao tontolo izao izay manana toetra mendri-piderana sy halain-tahaka. Ireo fahatsaran' ny Fanahiny, ny fahadiovana sy ny fahamasinan' ny toetrany, dia hiseho eo amin' ireo vavolombelony.

Ahariharin' i Paoly ao amin' ny taratasiny ho an' ny Kolosiana ireo fitahiana sarobidy izay omena ny Zanak' Andriamanitra. Hoy izy : «Izahay. . . dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana ianareo amin' ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin' ny Fanahy, mba handehananareo mendrika ny Tompo hanaovana ny sitrapony amin' ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin' ny asa tsara rehetra sady mitombo amin' ny fahalalana tsara an' Andriamanitra, ary ampahatanjahana amin' ny hery rehetra araka ny herin' ny voninahiny ho amin' ny faharetana rehetra amin' ny hafaliana»[45].

Manoratra koa izy milaza ny amin' ny faniriany hahatonga an' ireo rahalahy tany Efesosy hahatratra ny fahalalana ny mahaambony ny tombontsoan' ny Kristiana. Velariny eo anatrehany, amin' ny fiteny mahafaoka be indrindra, ny amin' ny hery sy ny fahalalana mahagaga izay mety ho azony amin' ny maha-zanakalahy sy zanakavavin' ny Avo Indrindra azy. Ho azy ireo ny «hohatanjahina fatratra amin' ny Fanahiny ny toe-panahiny», «ka hamaka sy hiorina mafy amin' ny fitiavana», ny hahay, mbamin' ny olona masina rehetra, ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany, ary hahalala ny fitiavan' i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana. Tonga eo amin' ny faratampon' ny tombon-tsoa anefa ny fivavahan' ny apostoly rehefa mangataka izy ny «hamenoana (azy) ho amin' ny fahafenoan' Andriamanitra rehetra»[46].

Aseho eto ny haavon' ny fetra mety ho tratrantsika amin' ny alalan' ny finoana ireo teny fikasana nataon' ny Raintsika any andanitra, rehefa mahatanteraka izay angatahiny isika. Amin' ny alalan' ny fahamendrehan' i

Kristy dia afaka manatona ny seza fiandrianan' ny Hery tsy hita fetra isika. «Izay tsy niaro ny Zananilahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, moa tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra ?» Nomen' ny Ray ny Zanany tsy misy fetra ny Fanahiny, ka azontsika atao koa ny mandray anjara amin' ny fahafenoany. Hoy i Jesosy : «Koa ianareo na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray , Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an' izay mangataka aminy ?[47] «Raha mangataka zavatra amiko amin' ny anarako ianareo, dia hataoko izany». «Mangataha dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fífalianareo»[48].

Na dia hampiavaka ny fiainan' ny Kristiana aza ny fanetrentena dia aoka tsy hanamarika azy kosa ny alahelo sy ny fanambaniantena. Tombon-tsoa ho an' ny tsirairay ny hanana fiainana ankasitrahan' Andriamanitra sy hotahiny. Tsy sitrapon' ny Raintsika izay any an-danitra ny itoerantsika mandrakariva eo amin' ny fanamelohana sy ny haizina. Tsy fanehoana ny fanetren-tena marina ny mandeha mitanondrika, nefa ny fo feno fiheverana ny tena. Azontsika atao ny mankeo amin' i Jesosy ka hodioviny, ary ny hijoro tsy ho menatra sy tsy hokikisan' ny nenina eo anatrehan' ny lalàna. «Ary amin' izany dia tsy misy fanamelohana ho an' izay ao amin' i Kristy Jesosy, . . . izay tsy mandeha araka ny nofo fa araka ny fanahy»[49].

Amin' ny alalan' i Jesosy dia tonga «zanak' Andriamanitra» ireo zanak' i Adama efa lavo. «Fa iray no niavian' izy roroa, na Izay manamasina, na izay hamasinina ; koa izany no tsy mahamenatra Azy hanao ireo hoe «rahalahy»[50]. Tokony ho fiainampinoana, fiainam-pandresena, sy fiainam-pifaliana ny fiainan' ny kristiana. «Fa izay rehetra naterak' Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao ;ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika»[51]. Marina ny nolazain' i Nehemia mpanompon' Andriamanitra hoe: «fa ny fifaliana avy amin' i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo»[52]. Ary hoy Paoly : «Mifaiia mandrakariva. Mivavaha ka aza mitsahatra. Misaora amin' ny zavatra rehetra ; fa izany no sitrapon' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy ho anareo»[53].

Izany no vokatry ny fiovam-po sy ny fanamasinana araka ny Baiboly ; ary ny antony tsy ahitana afa-tsy mahalana dia mahalana ireo vokatra ireo dia satria tsy mampiraika indrindra ny mpivavaka kristiana ireo foto-kevitra lehiben' ny fahamarinana asehon' ny lalàn' Andriamanitra. Izany no mahakely fiseho an' io asa lalina sy mitoetra ataon' ny Fanahin' Andriamanitra io izay mampiavaka ny fifohazana tamin' ny fotoana tany aloha.

Ny fibanjinana no mampiova antsika ary rehefa ireo foto-kevitra masina izay namelaran' Andriamanitra teo imason' ny olona ny fahatanterahana sy ny fahamarinan' ny toetrany no atao an-tsirambina, ka voatarika ho amin' ny fampianarana sy ny laha-kevitr' olombelona ny fisainan' ny olona, dia

tsy mahagaga raha misy fihemoran' ny fitiavam-bavaka velona ao amin' ny fiangonana manaraka izany. Hoy ny Tompo :«Efa nahafoy Ahy, loharanon' aina izy ka nihady lavaka famorian-drano ho an» ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatan-drano» [54].

«Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin' ny fisainan' ny ratsy fanahy. . . fa ny lalàn' i Jehovah no sitrany, eny, ny lalàny no saintsaininy andro aman' alina. Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron' ny rano velona izy, izay mamoa amin' ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo;ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa»[55]. Raha tsy tafaverina eo amin' ny tena toerany ny lalàn' Andriamanitra dia tsy mety hisy fifohazan' ny finoana sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra tany am-piandohana eo anivon' ny vahoaka izay milaza fa Azy. «Izao no lazain' i Jehovah : Mijanona eo an-dalana ianareo, ka izahao sy anontanio izay lalana masaka hatry ny ela, dia izay lalana mankany amin' ny tsara, ka iny no izory, dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo ianareo»[56].

**Fanamarihana**

1 1 Pet. 3 : 3 , 4
2 2 Kor. 7 : 9-11
3 Sal. 119 : 45
4 Jak. 2 : 8 ; 1 : 25
5 Apok.22 : 14
6 Isa. 42 : 21
7 Mat. 5 : 17, 18
8 Sal. 40 : 8
9 Rom. 1 3 : 1 0
10 Sal. 119 : 142, 172
11 Rom. 7 : 12
12 Rom. 8 : 7
13 lJao. 3:20
14 Rom. 3 : 31 ; 6 : 2; 1 Jao. 5 : 3
15 Rom. 8 : 4
16 Sal.119:97
17 Sal. 19:7
18 1Tes.4:3;5:23
19 Jao.17:17
20 Rom.15:16
21 Jao.16:13
22 Jao. 15 : 10 ; 8 : 29
23 Fil. 2 : 12. 13
24 1 Kor. 15 : 57
25 Fil. 3 : 13 , 14
26 2 Pet. 1 : 5-10
27 Dan. 9 : 20 ; 10 : 8
28 Joba 42 : 6
29 Isa. 6 : 3, 5; 2Kor. 12 : 2-4 ;Efes. 3: 8
30 Isa. 6 : 3, 5; 2Kor. 12 : 2-4 ;Efes. 3: 8
31 Apok. 1 : 17
32 Jak. 2 : 14-24
33 1 Jao.3:6
34 1 Jao. 2 : 4 , 5
35 1 Tes. 5 : 23
36 Rom. 12 : 1
37 1 Pet. 2 :11
38 2 Kor. 7 : 1
39 Gal. 5 : 22 , 23
40 Apok. 21 : 27
41 1 Kor. 6 : 19 , 20
42 2 Kor. 6 : 17 , 18
43 Jao. 8 : 12
44 Ohab. 4 : 18
45 Kol.1 : 9-11
46 Efes. 3 : 16 - 19
47 Lio. 11 : 13
48 Jao.14 : 14 ; 16: 24
49 Rom. 8 : 1-4
50 Heb. 2 : 11
51 1Jao. 5:4
52 Neh. 8 : 10
53 1Tes.5 : 16-18
54 Jer. 2 : 13
55 Sal. 1 : 1-3
56 Jer. 6 : 16

# 28

## *Eo am-piatrehana ny tantaram-piainantsika*

«Mbola nijery ihany aho», hoy ny mpaminany Daniela», mandrapametraka ny seza fiandrianana, ary ny Fahagola no nipetraka teo, ny fitafiany dia fotsy toy ny fanala, ary ny volon-dohany toy ny volon' ondry madio ; ny seza fiandrianany dia lelafo ary ny kodiany dia afo mirehitra. Ony afo no nivoaka teo anatrehany ; arivoarivo no nanompo Azy, ary alinalina no nitsangana teo anatrehany ; nipetraka ny Mpitsara, ary novelarina ny boky»[1].

Toy izany no nanehoana ho hitan' ny mason' ny mpaminany ilay andro lehibe sy manetriketrika izay handalovan' ny toetra sy ny fiainan' ny olona eo anatrehan' ny Mpitsaran' ny tarty rehetra, sy hamaliana ny olona rehetra «araka ny asany». Andriamanitra Ray no Ilay Fahagola. Hoy ny mpanao Salamo. «Fony tsy mbola ary ny tendrombohitra, na voaforonao ny tany sy izao rehetra izao, dia Andriamanitra Ianao hatramin' ny taloha indrindra ka mandrakizay»[2]. Izy, izay niavian' ny zava-manan' aina rehetra, sy loharanon' ny lalàna rehetra, no mitarika ny fitsarana. Ary ny anjely masina arivoarivo sy alinalina izay mpanompo sy vavolombelona, no manatrika io fitsarana lehibe io.

«Ary, indro, nisy toy ny zanak' olona avy tamin' ny rahon' ny lanitra, ary nankeo amin' ny Fahagola Izy, dia nampanakekeny teo anatrehany. Ary nomena fanapahana sy voninahitra ary fanjakana Izy, mba hanompoan' ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samihafa fiteny rehetra Azy ; ny fanapahany dia fanapahana mandrakizay ka tsy ho tapaka, ary ny fanjakany tsy ho rava»[3]. Ny fiavian' i Kristy tantaraina eto dia tsy ny fiaviany fanindroany ety an-tany tsy akory. Manatona ny Fahagola any an-danitra Izy mba handray ny fanapahana sy ny voninahitra ary ny fanjakana izay hatolotra Azy amin'

ny fiafaran' ny asany amin' ny maha-mpanelanelana Azy. Io fiaviany io, fa tsy ny fiaviany fanindroany ety an-tany, no voalazan' ny faminaniana mialoha fa hitranga amin' ny fiafaran' ny 2300 andro tamin' ny 1844. Notronin' ireo anjelin' ny lanitra ilay Mpisoronabentsika raha miditra ny fitoerana masina indrindra ary ao Izy no miseho eo anatrehan' Andriamanitra mba hanao ny ampahany farany amin' ny asa fanompoany ho an' ny olona mba hanatanterahana ny asa fitsarana famotopotorana sy hanao fanavotana ho an' izay rehetra hita fa manan-jo handray ny tombon-tsoa momba izany.

Tamin' ny fanompoam-pivavahana tandindona, dia ireo izay nanatona an' Andriamanitra tamin' ny fiaiken-keloka sy ny fibeba-hana ihany, ka voafindra ao amin' ny fitoerana masina ny fahotany, tamin' ny alalan' ny ra natao fanatitra noho ny ota, ireo ihany no nanana anjara tamin' ny fanompoam-pivavahana tamin' ny Andro Fanavotana. Toy izany amin' ny andro lehibe fanavotana farany sy amin' ny fitsarana famotopotorana, ny hany hodinihina dia ny momba ireo izay milaza ny tenany ho vahoakan' Andriamanitra ihany. Asa miavaka sy manokana ny fitsarana ny ratsy fanahy ary hatao amin' ny fotoana any aoriana. «Fa tonga ny andro hiantombohan' ny fitsarana hatrao amin' ny ankohonan' Andriamanitra, ary raha miantomboka amintsika izany, dia hanao ahoana kosa no hiafaran' izay tsy manaiky ny filazantsaran' Andriamanitra?»[4].

Ireo boky firaketana any an-danitra, izay nanoratana ny anarana sy ny asan' ny olona, no hametra ny fanapahan-kevitry ny fitsarana. Hoy ny mpaminany Daniela : «Nipetraka ny Mpitsara. ary novelarina ny boky». Ny mpanoratra ny Apokalypsy koa, raha mitantara io teojavatra io, dia manampy hoe : «ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin' ny fiainana izany ; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo amin' ny boky, araka ny asany»[5].

Ny bokin' ny fiainana no misy ny anaran' izay rehetra efa nirotsaka hanompo an' Andriamanitra. Hoy Jesosy tamin' ny mpianany hoe : «mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo»[6]. Milaza ny amin' ireo mpiara-miasa aminy mahatoky i Paoly «izay voasoratra ao amin' ny bokin' ny fiainana» ny anarany.[7] Daniela, raha nibanjina ny andro fahoriana, «izay tsy nisy tahaka azy hatrizay», dia nanambara «fa ho afaka» ny firenen' Andriamanitra, «dia izay rehetra hita voasoratra ao amin' ny boky». Ny mpanoratra ny Apokalypsy dia nilaza fa «izay manana ny anarany voasoratra ao amin' ny bokin' ny fiainan' ny Zanak' ondry» ihany no hiditra ao amin' ny tanànan' Andriamanitra [8]

Misy boky ho «fahatsiarovana» soratana eo anatrehan' Andriamanitra, izay iraketana ny asa tsara ataon' izay «matahotra an' i Jehovah sy mihevitra ny anarany»[9]. Ny tenim-pinoana nolazainy, ny asam-pitiavana nataony, dia voarakitra any an-danitra. Nilaza ny amin' izany i Nehemia raha niteny hoe

: «Tsarovy aho noho izany, ry Andriamanitro o, ka aza kosehina ny soa nataoko tao amin' ny tranon' Andriamanitro»[10]. Ao amin' ny boky fitadidian' Andriamanitra no itehirizana ho mandrakizay ny asam-pahamarinana rehetra. Voatantara amim-pahatokiana ny fakam-panahy rehetra notoherina, ny ratsy rehetra noresena, ny teny mitory fitiavana sy fangorahana rehetra natao. Voarakitra ao koa ny fandavan-tena rehetra, ny fahoriana sy ny alahelo rehetra niaretana noho ny amin' i Kristy. Hoy ny mpanao Salamo : «Manisa ny firenireneko Ianao ; ataovy ao an-tavoahanginao ny ranomasoko ; tsy ao amin' ny bokinao va ireny ?»[11]

Misy koa firaketana ny fahotan' ny olona. «Fa ny atao rehetra dia hoentin' Andriamanitra ho eo amin' ny fitsarana ny zava-miafina rehetra, na soa. na ratsy». Hampamoahana ny olona amin' ny andro fitsarana noho ny amin' ny teny foana rehetra izay ataony. Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anao»,[12] hoy ny Mpamonjy. Ny fikasana sy ny antony miafina manosika antsika dia hiseho ao amin' ny boky tsy misy diso ; fa «Andriamanitra no hampiharihary ny zavatra rehetra takona ao amin' ny maizina ka hampiseho ny fikasan' ny fo»[13]. «Indro, izao no voasoratra eo anatrehako, . . . ny helokareo sy ny heloky ny razanareo koa, hoy Jehovah» [14].

Ny asan' ny olona tsirairay dia mandalo eo anatrehan' Andriamanitra sady voasoratra na ny mahatoky na ny tsy mahatoky. Eo anoloan' ny anarana tsirairay eo amin' ny bokin' ny lanitra dia voatana an-tsoratra amin' ny fahamarinana mampahatahotra ny teny ratsy rehetra, ny asam-pitiavan-tena rehetra, ny adidy tsy vita rehetra, ary ny fahotana miafina rehetra, miaraka amin' ny hafetsena sy ny fitaka rehetra. Ny fampitandremana nalefan' ny lanitra na ny fananarana natao an-tsirambina, ny andro verivery foana, ny fotoana mety tsy nohararaotina, ny hery miasa mangina ho amin' ny tsara na ho amin' ny ratsy, miaraka amin' ny vokany lavitra indrindra, izany rehetra izany dia samy voatantaran' ny anjely mpanoratra avokoa.

Ny lalàn' Andriamanitra no filamatra izay hisedrana ny toetra amam-panahy sy ny fiainan' ny olona eo amin' ny fitsarana. Hoy ny lehilahy hendry : «Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon' ny olona rehetra. Fa ny atao rehetra dia hoentin' Andriamanitra ho amin' ny fitsarana»[15]. Ny apostoly Jakoba dia nananatra ny rahalahiny hoe : «Aoka ianareo hiteny sy hanao araka izay mahamendrika anareo, izay olona hotsarain' ny lalàn' ny fahafahana»[16].

Ireo izay «isaina ho mendrika» ao amin' ny fitsarana dia hanana anjara amin' ny fitsanganan' ny marina. Hoy Jesosy : «Fa izay atao mendrika hahazo izany fiainana izany sy ny fitsanganana amin' ny maty, . . . mitovy amin' ny anjely sady zanak' Andriamanitra, satria zanaky ny fitsanganana amin' ny maty»[17]. Ary ambarany koa fa «izay manao ny tsara dia ho any amin' ny fitsanganana ho fiainana»[18]. Ny maty tsara fanahy dia tsy hitsangana raha tsy

any aorian' ny fitsarana izay nanisana azy ho mendrika «ny fitsanganana ho fiainana». Noho izany dia tsy hanatrika mivantana eo amin' ny fitsarana izy rehefa hodinihina ny tatitra ary hotapahina ny momba azy ireo.

Hiseho amin' ny maha-mpisolo vava azy ireo Jesosy ary handahatra ho azy eo anatrehan' Andriamanitra. «Raha misy manota dia manana Solovava ao amin' ny Ray isika, dia Jesosy Kristy ; Ilay Marina»[19]. «Fa Kristy tsy mba niditra tao amin' izay fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon' ny tena fitoerana masina, fa ho any an-danitra tokoa mba hiseho eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny ho antsika». «Koa amin' izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy » [20].

Rehefa sokafana eo amin' ny fitsarana ireo boky. dia mandalo eo anatrehan' Andriamanitra ny fiainan' izay rehetra nino an' i Jesosy. Atombok' Ilay Mpisolovavantsika amin' izay velona voalohany teto an-tany ny fanehoana ny momba ireo taranaka mifandimby tsirairay, ka faranany amin' ny velona ankehitriny. Aroso ny anarana tsirairay ary fakafakaina lalina ny aminy. Misy anarana ekena, misy lavina. Rehefa misy manana fahotana tafajanona eo amin' ireo boky firaketana, tsy nibebahana sy tsy nahazoana famelankeloka, dia kosehina tsy ho ao amin' ny bokin' ny fiainana ny anarany ary vonoina tsy ho ao amin' ny boky fitadidian' Andriamanitra ny tatitra momba ny asa tsara. Hoy Jesosy tamin' i Mosesy : «Na iza na iza nanota tamiko, dia hovonoiko ny anarany eo amin' ny bokiko»[21]. Ary hoy ny mpaminany Ezekiela: «Fa raha ny marina no miala amin' ny fahamarinany ka manao meloka, ... ny fahamarinany rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana»[22].

Ho an' izay rehetra nibebaka marina ny amin' ny fahotany ka mitaky ny ran' i Kristy ho fanavotana azy amin' ny alalan' ny finoana, dia asiana soratra hoe «Voavela» mifanitsy amin' ny anarany ao amin' ny bokin' ny lanitra; rehefa tonga mpiray amin' ny faha-marinan' i Kristy izy, ka hita fa mifandrindra amin' ny lalàn' Andriamanitra ny toetra amam-panahiny, dia voakosoka ny fahotany, ary hisaina ho mendrika ny fiainana mandrakizay izy. Izao no ambaran' i Jehovah, amin' ny alalan' ny mpaminany Isaia : «Izaho dia izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin' ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao»[23]. Hoy Jesosy: «Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin' ny bokin' ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan' ny Raiko sy eo anatrehan' ny anjeliny». «Ary amin' izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan' ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra. Fa na zovy na zovy ny handà Ahy eo anatrehan' ny olona, dia ho laviko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra»[24].

Liana fatratra ny olona ta-hahalala ny didim-pitsarana avoaky ny fitsarana eto an-tany, nefa maivana dia maivana izany raha mitaha amin'

izay hita any an-kianjan' ny lanitra rehefa misy anarana voasoratra ao amin' ny bokin' ny fiainana entina hodinihina eo anatrehan' ny Mpitsara ny tany rehetra. Mandahatra Ilay Andriamanitra Mpanelanelana milaza fa izay rehetra nandresy tamin' ny alalan' ny finoana ny rany, dia avela ny fandikany ny lalàna, fa averina indray ao amin' ny tokantranony tao Edena izy, ary satrohamboninahitra amin' ny maha-mpiara-mandova azy Aminy ao «amin' ny fanapahana voalohany»[25]. Nihevitra i Satana tamin' ny ezaka nataony hamitahana sy hakana fanahy ny taranak' olombelona fa hanafoana ny drafitra nataon' Andriamanitra tamin' ny namoronana ny olombelona ; nefa mangataka izao Kristy ny hampiharana io drafitra io tahaka ny tsy lavo iny mihitsy ny olona. Tsy famelankeloka fotsiny sy fanamarinana feno sy tanteraka ihany no angatahiny ho an' ny vahoakany, fa ny andraisany anjara amin' ny voninahiny sy toerana eo amin' ny seza fiandrianany.

Raha mbola mandahatra ho an' ireo niantefan' ny fahasoavany Jesosy, i Satana kosa miampanga azy eo anatrehan' Andriamanitra ho mpandika lalàna. Efa nitady izay hitarihana azy ho amin' ny fisalasalana ilay mpamitaka lehibe, ka hahatonga azy tsy hatoky an' Andriamanitra intsony; ho tafasaraka amin' ny fitiavany, sy handika ny lalàny. Izao dia tondroiny ny tantaram-piainany, ireo kilema eo amin' ny toetra amam-panahiny, ny tsy fitoviany amin' i Kristy, izay nanala-baraka ny Mpanavotra azy, ireo fahotana rehetra izay nakany fanahy azy, ary noho ireny dia takiny ho olony izy ireo.

Tsy manala tsiny ny fahotany Jesosy fa asehony kosa ny fibebahany sy ny finoany, ka mitaky famelan-keloka ho azy Izy. Asandrany eo anatrehan' ny Ray sy ny anjely masina ireo tanany voaratra, ka hoy Izy hoe : Fantatro amin' ny anarany izy. Efa vita tombo-kavatsa eo amin' ny tanako izy. «Ny fanatitra ho an' Andriamanitra dia fanahy torotoro ; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra O, tsy mba ataonao tsinontsinona»[26]. Ary hoy izy amin' ilay mpiampanga ny vahoakany: «Hananatra anao anie Jehovah, ry Satana; eny, Jehovah Izay nifidy an' i Jerosalema anie hananatra anao; tsy forohana nosarihana tamin' ny afo va ity ?»[27] Hotafin' i Kristy amin' ny fahamarinan' ny tenany ireo olony mahatoky, mba hahazoany mitondra azy eo anatrehan' ny Ray «ho fiangonana madio, tsy misy pentimpentina na fikentronana, na izay toy izany»[28].Voatana ao amin' ny bokin' ny fiainana ny anarany, ary izao no voasoratra ao momba azy ireo: «ary hiaramandeha amiko mitafy lamba fotsy ireo, satria mendrika izy»[29].

Amin' izany dia ho mby amin' ny fahatanterahana feno ny teny fikasan' ny fanekena vaovao hoe : «Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany». «Amin' izany andro izany sy amin' izany fotoana izany, hoy Jehovah, dia hotadiavina izay heloky ny Isiraely, fa tsy hisy ; ary izay fahotan' i Joda, fa tsy ho hita; satria havelako ny helok' izay sisa .narovako»[30] Amin' izany andro izany ny rantsan' i Jehovah dia ho tonga

fahatsarantarehy sy voninahitra, ary ny vokatry ny tany dia ho rehareha sy firavaka ho an' i Isiraely sisa afaka; ary izay sisa any Ziona sy izay mbola mitoetra any Jerosalema dia atao hoe masina, dia izay rehetra ho isan' ny velona any Jerosalema»[31].

Ny asan' ny fitsarana famotopotorana sy ny fikosehana ny fahotana dia tsy maintsy vita alohan' ny fiavian' ny Tompo fanin-droany. Satria hotsaraina araka izay voasoratra ao amin' ny boky ny maty, dia tsy mety ho voakosoka ny fahotan' ny olona raha tsy aorian' ny fitsarana izay handinihana ny momba azy. Lazain' ny apostoly Petera mazava anefa fa hovonoina ny fahotan' ny mpino «rehefa tonga ny andro famelombelomana avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo, ary mba hanirahany ny Kristy voatendry ho anareo, dia Jesosy »[32]. Rehefa mifarana ny fitsarana famotopotorana, dia ho avy Kristy, ary ho eny Aminy ny famaliany hanomezany ny olona araka ny asany avy.

Teo amin' ny fanompoam-pivavahana tandindona, rehefa avy nanao fanavotana ho an' ny Isiraely ny mpisoronabe, dia nivoaka izy ka nitahy ny olona tafavory. Toy izany koa i Kristy, amin' ny fiafaran' ny asany amin' ny maha-Mpanelanelana Azy, dia hiseho Izy, «tsy amin' ny ota, ho famonjena» (Hebreo 9 : 28) mba hitahy ny vahoaka niandry Azy amin' ny fiainana mandrakizay. Tahaka ny mpisoronabe izay nanaisotra ny ota avy tao amin' ny fitoerana masina, ka niaiky izany teo amin' ny lohan' ny osilahin' i Azazela, dia toy izany koa i Kristy, hametraka ireny fahotana rehetra ireny eo amin' i Satana Izy, izay niavian' ny fahotana sy namporisika ho amin' izany. Ilay osilahin' i Azazela, izay nitondra ny fahotan' ny Isiraely, dia nalefa «ho any an' efitra». (Levitikosy 16 : 22) ; toy izany koa i Satana, hitondra ny heloky ny fahotana rehetra izay nampanaoviny ny vahoakan' Andriamanitra izy ka ho tanana mandritra ny arivo taona ety an-tany, izay ho lao amin' izay, tsy hisy olona, ary amin' ny farany dia hizaka ny sazy feno noho ny fahotana ao amin' ny afo izay handringanana ny ratsy fanahy rehetra. Toy izany no hahatanterahana an-tsakany sy an-davany an' ilay drafitra lehiben' ny fanavotana amin' ny fanafonganana farany ny fahotana sy ny fanafahana izay rehetra nanaiky ny hahafoy ny ratsy.

Tamin' ny fotoana voatondro ho amin' ny fitsarana dia ny fiafaran' ny 2300 andro, tamin' ny 1844 — no nanomboka ny asa famotopotorana sy ny fikosehana ny fahotana. Izay rehetra efa nitondra teo amin' ny tenany ny anaran' i Kristy dia tsy maintsy mandalo io fanadihadiana lalina io. Ny velona sy ny maty dia samy hotsaraina «araka izay zavatra voasoratra teo anatin' ny boky, araka ny asany ».

Ny fahotana izay tsy nibebahana sy tsy nafoy dia tsy ahazoana famelankeloka ary tsy ho voakosoka ao amin' ny boky, fa hijoro ho vavolombelona hanameloka ny mpanota amin' ny andron' Andriamanitra. Mety ho tamin' ny antoandrobenanahary na tao amin' ny haizin' ny alina no nanaovany ny asa

ratsiny ; nefa mivandravandra sy miharihary eo anatrehan' Ilay tsy maintsy hifanatrehantsika izany. Ny anjelin' Andriamanitra no vavolombelona ny amin' ny fahotana tsirairay, ary manoratra izany tsy misy diso amin' ny boky. Mety hafenina, holavina, hosaronana tsy ho hitan' ny ray, ny reny, ny vady, ny zanaka, sy ny mpiara-miasa ny fahotana; mety tsy hisy afa-tsy ireo nanao ny heloka ihany no mikobona ny zavatra kely indrindra iahiahiana ny ratsy; nefa dia mihanjahanja eo anatrehan' ireo anjelin' ny lanitra ireny. Ny haizin' ny alina mikitroka indrindra, ny fahaizana manafina amin' ny fitaka rehetra, dia tsy ampy hanaronana na dia eritreritra iray aza tsy ho fantatr' Ilay Mandrakizay. Voarakitra tsy misy milao eo amin' Andriamanitra ny kaotim-bola tsy marina rehetra sy ny varotra tsy madio rehetra. Tsy voafitaky ny endriky ny fitiavam-bavaka Izy. Tsy manao fahadisoana Izy amin' ny fanombatombanany ny toetra amam-panahy. Ny olona no mety ho voafitak' ireo izay maloto fo, fa Andriamanitra kosa mahatsikilo ny hosoka rehetra ary mahafantatra ny fiainana anatiny indrindra.

Mahalasa fisainana manao ahoana izany ! Ny andro tsirairay izay avalon' ny mandrakizay, dia samy mamela tantara voarakitra ao amin' ny bokin' ny lanitra. Ny teny efa niloaka ny vava indray mandeha, ny fihetsika efa natao indray mandeha dia tsy azo foanana intsony. Efa samy nosoratan' ny anjely na ny tsara na ny ratsy. Ny mpiantafika mahery indrindra eto an-tany dia tsy afaka manafoana izay voasoratra na dia ny momba ny andro iray monja aza. Ny asantsika, ny teny ataontsika, eny, na dia ny antony nanesika antsika miafina indrindra aza, dia samy manana ny lanjany amin' ny fanapahana izay ho anjarantsika, na ho fitahiana na ho loza. Na dia mety hadinontsika aza ireny, dia ho vavolombelona hanamarina na hanameloka antsika.

Tahaka ny toetry ny endrika rehetra voasoritra tsy misy mivoana eo amin' ny takela-metaly mamirapiratry ny mpiangaly asa-tanana, dia toy izany koa no mahavoasoritra ny toetra amam-panahy ao amin' ny boky any ambony. Nefa kely manao ahoana ny fiheverana io tatitra izay hifantohan' ny fijerin' ny any an-danitra io ! Raha azo akipaka ny efitra lamba mampisaraka ny hita sy ny tsy hita, ka azon' ny zanak' olombelona atao ny mahita anjely iray mirakitra ny teny sy ny fihetsika tsirairay, izay tsy maintsy hatrehina indray eo amin' ny fitsarana, dia ho firifiry ny teny izay tenenina isan' andro no tsy ho voalaza akory, firifiry ny asa vita izay tsy ho natao akory.

Hodinihina akaiky eo amin' ny fitsarana ny nampiasana ny talenta tsirairay. Ahoana no nampiasantsika ny renivola nampisamborin' ny Lanitra antsika ? Rehefa avy ny Tompo, moa ve handray ny azy mban-janany Izy ? Moa ve nohatsaraintsika ireo hery nato lotra antsika teo amin' ny tanana, ny fo, ary ny ati-doha, ho voninahitr' Andriamanitra sy ho fitahiana ho an' izao tontolo izao ? Ahoana no fomba nampiasantsjka ny fotoanantsika, ny penintsika, ny feontsika, ny volantsika, ny hery miasa mangina avy amintsika

? Inona no nataontsika ho an' i Kristy, teo amin' ny mahantra, ny trà-pahoriana, ny kamboty na ny mpitondratena ? Nataon' Andriamanitra ho mpitahiry ny teniny masina isika : inona no nataontsika tamin' ny fahazavana sy ny fahamarinana nomena antsika hahatonga ny olona ho hendry ho amin' ny famonjena ? Tsy misy vidiny ny fihamboana ho mino an' i Kristy ; ny fitiavana aseho amin' ny alalan' ny asa ihany no ekena ho tena izy, eny, ny fitiavana irery ihany no mampisy vidiny ny asa eo imason' ny Lanitra. Na inona na inona atao amin' ny fitiavana, na kely toa inona aza ny fanombanan' ny olona azy, dia eken' Andriamanitra sy valiany soa.

Aseho miharihary ao amin' ny bokin' ny lanitra ny fitiavan-tena miafina eo amin' ny olona. Voarakitra any ireo adidy tsy vita teo amin' ny mpiara-belona, mbamin' ny fanadinoana ireo zavatra takian' ny Mpamonjy hatao. Ho hitany any ny nanomezana matetika an' i Satana ny andro, ny fisainana sy ny hery izay an' i Kristy. Mampalahelo ny tatitra izay entin' ny anjely any an-danitra. Misy olona manan-tsaina, milaza ny tenany ho mpanaraka an' i Kristy, no revo amin' ny fikatsahaná ny haren' ny tany, na revo amin' ny fitadiavana fahafinaretana eto an-tany. Ny vola, ny fotoana sy ny hery dia samy atao sorona ho amin' ny fisehosehoana sy amin' ny fampanaranam-po ny tena; kely loana ny fotoana mba atokana ho amin' ny fivavahana. handinihana ny Soratra Masina, hanetrena ny fanahy sy hiaikena ny fahotana.

Satana dia mamorona tetika tsy hita isa hitazonana ny saintsika mba tsy hamisavisany ny amin' ny asa izay tena tokony ho fantatsika indrindra. Ankahalain' ilay mpamitaka faran' izay fetsy ireo fahamarinana lehibe izay mampiseho ny sorona mahavotra sy Ilay Mpanalalana manana ny hery rehetra. Fantany, fa raha ny momba azy, dia miankina amin' ny fanodinana ny saina tsy hifantoka amin' i Jesosy sy ny fahamarinany ny zavatra rehetra.

Ireo izay handray anjara tombon-tsoa avy amin' ny fanelanelanana ataon' ny Mpamonjy dia tsy tokony hamela na inona na inona hanembatsembana ny adidiny hanatratra ny fahamasinana feno amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra. Ireo ora sarobidy lanilaniana foana amin' ny fahafinaretana, ny fisehosehoana, ny fitadiavan-karena, dia tokony hatokana ho amin' ny fandinihana fatratra ny tenin' ny fahamarinana ombam-pivavahana. Tokony ho azon' ny vahoakan' Andriamanitra mazava tsara ny momba ny fitoerana masina sy ny fitsarana famotopotorana. Mila fahalalana ho an' ny tenany manokana ny tsirairay momba ny toerana sy ny asan' Ilay Mpisoronabeny. Raha tsy izany dia tsy ho azony atao ny hampiasa ny finoana izay tena ilaina amin' izao fotoana izao, na hitana ny toerana izay notendren' Andriamanitra ho azy. Samy manana fanahy hovonjena na avela ho very ny tsirairay avy. Samy manandraharaha hodinihina eo anatrehan' ny fitsaran' Andriamanitra ny tsirairay. Samy tsy maintsy hifanatri-tava amin' Ilay Mpitsara lehibe ny tsirairay. Noho izany dia zava-dehibe manao ahoana ny handinihan' ny

tsirairay ireo toe-javatra manetriketrika ireo rehefa hipetraka ny Mpitsara ka hosokafana ny boky, ary tsy maintsy hitsangana ho amin' ny anjarany avy ny tsirairay, miaraka amin' i Daniela amin' ny andro farany.

Izay rehetra nandray fahazavana momba ireo loha-hevitra ireo dia tokony hijoro ho vavolombelon' ny fahamarinana lehibe izay nankinin' Andriamanitra taminy. Ny fitoerana masina any an-danitra no tena foiben' ny asan' i Kristy ho an' ny olombelona. Mikasika ny fanahy tsirairay velona eto an-tany izany. Voaseho mibaribary amin' izany ny drafitry ny fanavotana, ka mitondra antsika ho amin' ny tena faran' ny andro ary manambara ny fiafarana be voninahitry ny ady ifanaovan' ny fahamarinana sy ny fahotana. Zava-dehibe indrindra ny tokony hanadihadian' ny tsirairay akaiky ny momba ireo loha-hevitra ireo sy ny ahazoany mamaly izay rehetra manontany azy ny amin' ny anton' ny fanantenana ao aminy.

Zava-dehibe eo amin' ny drafitry ny fanavotana tahaka ny nahafatesan' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana ny fifonana ataony ho an' ny olombelona any amin' ny fitoerana masina any ambony. Tamin' ny fahafatesany no nanombohany ny asany ary taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty dia niakatra tany an-danitra Izy mba hanatontosa izany an-tsakany sy an-davany. Tsy maintsy miditra ao amin' ny efitra lamba amin' ny alalan' ny finoana isika, «tany no nidiran' i Jesosy ho Mpialoha antsika»[33]Mitaratra ao ny lahazavan ny hazo fijalian' i Kalvary. Ao no mety ahazoantsika fahalalana mazava kokoa ny amin' ireo zava-miafin' ny fanavotana. Lafo vidy dia lafo vidy tamin' ny lanitra ny nanatanterahana ny famonjena ny olona ; mifanandrify amin' ny fitakiana lehibe indrindra ataon' ny lalàn' Andriamanitra voadika ny sorona natolotra. Nanokatra ny lalana mankeo amin' ny seza fiandrianan' ny Ray i Jesosy, ary amin ny alalan' ny fanalalanana ataony dia azo entina eo anatrehan' Andriamanitra ny faniriana marina avy amin' izay rehetra manatona Azy amin' ny finoana.

«Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo»[34]. Raha mba hitan' ireo izay manafina ny fahadisoany ka manala-tsiny izany, ny fifalian' i Satana ny aminy, ny fanesoany an' i Kristy sy ny anjely masina noho ny fihetsik' izy ireo, dia ho dodona izy hiaiky ny fahotany sy hahafoy ireny. Amin' ny alalan' ny kilema eo amin' ny toetra amam-panahy no iasan' i Satana mba hifehezany ny saina manontolo, ary fantany fa raha ankamamiana ireny kileman-toetra ireny, dia hahomby izy. Noho izany dia tadiaviny mandrakariva izay hamitahana ny mpanaraka an' i Kristy amin' ny hevi-mampidi-doza fa tsy azon' izy ireo atao ny mandresy. Nefa i Jesosy mifona ho azy ireo amin' ny tanany voaratra sy ny tenany notorotoroina; ary ambarany amin' izay rehetra vonon-kanaraka Azy hoe : «Ampy ho anao ny fahasoavako»[35]. Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia

hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo ianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako»[36]. Noho izany dia aoka tsy hisy na iray aza hihevitra ny kilemany ho tsy azo sitranina. Hanome finoana sy fahasoavana hoentimandresy izany Andriamanitra.

Velona amin' ny andro fanavotana lehibe isika izao. Tamin' ny fanompoam-pivavahana tandindona, raha mbola nanao fanavotana ho an' ny Isiraely ny mpisoronabe, dia nasaina nampahory ny fanahiny ny olona rehetra tamin' ny alalan' ny fibebahana ny amin' ny fahotana sy ny fietrentena eo anatrehan' i Jehovah, fandrao hofongorana tsy ho anisan' ny vahoaka izy. Amin' ny fomba toy izany koa, dia tokony hampahory ny fanahiny eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny ireo izay ta-hanana ny anarany tsy ho voakosoka ao amin' ny bokin' ny fiainana amin' izao andro kely sisa mbola haharetan' ny fahasoavana ho azy izao, ka halahelo ny amin' ny fahotana sy hibebaka marina. Tsy maintsy hisy fandinihana lalina sy marina ny fo. Tsy maintsy hialana ny toetra maivamaivana, tsy matotra, leferin' ny olona maro milaza ny tenany ho Kristiana. Misy ady mafana atrehin' izay rehetra maniry ny hamolaka ireo fironana ratsy izay miezaka hanapaka. Asan' ny isam-batan' olona ny asa fiomanana. Tsy mitamba-be no hamonjena antsika. Ny fahadiovantoetra sy ny fanoloran-tenan' ny anankiray dia tsy hanohitra ny fahabangan' ireo toetra ireo amin' ny hafa. Na dia tsy maintsy handalo fitsarana eo anatrehan' Andriamanitra aza ny firenena rehetra, dia hodinihin' Andriamanitra akaiky amin' ny antsipiriany rehetra ny momba ny tsirairay tahaka ny tsy misy olon-kafa noho izy eto an-tany. Tsy maintsy hosedraina ny tsirairay ary ho hita tsy misy pentina na fiketronana na izay toy izany.

Mahavelon' eritreritra ireo toe-javatra mifandray amin' ny fifaranan' ny asa fanavotana. Goavana indrindra ny zavatra voarakitr' izany. Amin' izao fotoana izao dia atao ao amin' ny fitoerana masina any ambony ny fitsarana. Efa taona maro izao no nirosoan' io asa io. Vetivety — ary tsy misy mahafantatra ny maha-vetivety an' izany dia hiroso ny fitsarana ny velona. Eo amin' ny fanatrehan' Andriamanitra mahatahotra no hampandalovana ny fiainantsika. Anjaran' ny fanahy tsirairay amin' izao fotoana izao, mihoatra noho ny tamin' ny hafa rehetra, ny mandatsaka am-po ny fananarana nataon' ny Mpamonjy hoe : «Mitandrema, miambena, ka mivavaha, fa tsy fantatrareo izay hiavian'. ny fotoana»[37]. Koa raha tsy hiambina ianao, dia ho tonga toy ny fiavin' ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hiaviako aminao»[38].

Rehefa hifarana ny asa ao amin' ny fitsarana famotopotorana, dia ho tapaka ny anjaran' ny rehetra na ho amin' ny fiainana na ho amin' ny fahafatesana. Mifarana fotoana fohy alohan' ny fisehoan' ny Tompo eo amin' ny rahon' ny lanitra ny androm-pahasoavana. Raha mibanjina io fotoana io Kristy ao amin' ny Apokalypsy, dia hoy Izy hoe : «Izay manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy, ary izay maloto, aoka mbola hihaloto ihany

izy ; ary izay marina kosa, aoka mbola hanao ny marina ihany izy, ary izay masina. aoka mbola hihamasina ihany izy». «Indro, avy faingana Aho, ary eto amiko ny famaliako, mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany»[39].

Mbola ho velona eto an-tany amin' ny toetrany mety maty ihany ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy — hamboly ny olona, hanao trano izy, hihinana sy hisotro, samy tsy mahatsapa fa efa navoaka tao amin' ny fitoerana masina ao ambony ilay didim-pitsarana tsy azo ivalozana. Talohan' ny safo-drano, rehefa tafiditra tao amin' ny sambo fiara i Noa, dia nohidian' Andriamanitra tao izy ary ny ratsy fanahy kosa tany ivelany ; nefa nandritra ny hafitoana dia mbola nanohy ny fiainany tsy niraika, feno fitiavam-pahafinaretana ihany ny olona, tsy nahafantatra fa efa tapaka ny ho anjarany, ka nanesoeso ireo fampitandremana momba ny didim-pitsarana nananontanona azy. «Dia tahaka izany, hoy ny Mpamonjy, ny fiavian' ny Zanak' olona»[40]. Hisoko mangina, tsy ho re sahala amin' ny «mpangalatra amin' ny mamatonalina», no hiavian' ny ora farany izay hanamarika izay ho anjaran' ny olona tsirairay, dia ny fanatsoahana ny tolotry ny famindrampo natao tamin' ny olo-meloka.

«Koa miambena ianareo. . . fandrao avy tampoka Izy ka mahita anareo matory»[41]. Mampidi-doza ny toerana misy ireo sasatry ny miambina, ka mitodika ho eo amin' ireo zava-mahasarika eo amin' izao tontolo izao. Raha mbola seriny eo amin' ny fitadiavam-bola ny mpandraharaha, raha mbola mampanaram-po ny tenany ny tia fahafinaretana, raha mbola manamboatra ny haingony ny vehivavy mpanara-«damaody» — dia mety amin' io ora io no hamoaka ny didy Ilay Mpitsara ny tany rehetra hoe : «Efa voalanja tamin' ny mizana ianao, ka, indro latsa-danja»[42].

**Fanamarihana**

1 Dan. 7 : 9, 10
2 Sal. 90 : 2
3 Dan. 7 : 13 : 14
4 1 Pet. 4 : 17
5 Apok. 20 : 12
6 Lio. 10 : 20
7 Fil. 4 : 3
8 Dan. 12 : 1 ; Apok. 21 : 27
9 Mal. 3 : 16
10 Neh. 13 : 14
11 Sal. 56 : 8
12 Mpit. T. 12 : 36 ,37
13 1Kor. 4 : 5
14 Isa. 65 : 6 , 7
15 Mpit. T. 12 : 13 , 14
16 Jak. 2 : 12
17 Lio. 20 : 35 , 36
18 Jao. 5 : 29
19 1 Jao.2 : 1
20 Heb. 9 : 24
21 Eks. 32 : 33
22 Ezck. 18 : 24
23 Isa. 43 : 25
24 Apok. 3 : 5 ; Mat. 10 : 32 , 33
25 Mika. 4 : 8
26 Sal. 51 : 17
27 Zak. 3 : 2
28 Efes. 5 : 27
29 Apok. 3 : 4
30 Jer. 31 : 34 ; 50 : 20
31 Isa. 4 : 2 , 3
32 Asa. 3 : 19 , 20
33 Heb. 6 : 20
34 Ohab. 28 : 13
35 2 Kor. 12 : 9
36 Mat. 11 : 29 , 30
37 Mar. 13 : 33
38 Apok. 3 : 3
39 Apok. 22 : 11, 12
40 Mat. 24 : 39
41 Mar. 13 : 35 , 36
42 Dan. 5 : 27

# 29

## *Ny niavian' ny ratsy*

Mahatonga fahaverezan-kevitra lehibe ho an' ny saina maro ny niavian' ny fahotana sy ny anton' ny fisiany. Hitany ny asan' ny ratsy, miaraka amin' ny vokany mahatsiravina dia loza sy faharavana, ka velom-panontaniana izy ny amin' ny fomba mety hisian' izany eo ambany fanapahan' Ilay Anankiray tsy voafetra amin' ny fahendrena, ny hery sy ny fitiavana. Zava-miafina tsy ahitany fanazavana izany. Ary noho ny fisalasalany sy ny tsy finoany dia jamba izy ka tsy mahita ireo fahamarinana ambaran' ny tenin' Andriamanitra mazava sy tena ilaina momba ny famonjena. Misy ireo izay manao fikarohana lalina ny amin' ny fisian' ny fahotana, ka mitady hitsabaka ao amin' izay tsy nambaran' Andriamanitra na oviana na oviana; noho izany dia tsy mahita ala-olana izy ; ary ny toy ireny izay entanin' ny toe-tsaina mirona ho amin' ny fisalasalana sy ny hevitra, dia manararaotra izany hanala tsiny ny fitsipahany ny tenin' ny Soratra Masina. Misy hafa koa anefa izay tsy mahita valiny mahafapo ny amin' ity olana lehibe momba ny ratsy ity. satria ny lovantsofina sy ny dika-vilana natao dia nanamaizinana ny fampianaran' ny Baiboly mikasika ny toetra amam-panahin' Andriamanitra sy ny toetry ny fitondram-panjakany ary ireo foto-kevitra mametra ny fihetsiny amin' ny fahotana.

Tsy misy fanazavana ny amin' ny niavian' ny ota azo atolotra hanomezan-drariny ny fisiany. Nefa ampy ny zavatra fantatra mikasika ny niavian' ny fahotana sy izay hatao aminy amin' ny farany ho fampihariharian ny fahamarinana sy ny hamorampanahin' Andriamanitra amin' ny fitondrana rehetra ataony momba ity ratsy ity. Tsy misy ampianarin' ny Soratra Masina mazava kokoa noho ny tsy maha-tompon' andraikitra an' Andriamanitra tamin' ny nidiran' ny fahotana ;ampianariny fa tsy hoe nosintonin' Andriamanitra an-keriny ny fahasoavany, na nisy lesoka teo amin' ny fitondran' Andriamanitra ny fanjakany, izay nety nohararaotin' ny

fikomiana. Tonga tsy nasaina ny fahotana, ary tsy misy azo anamarinana ny fisiany. Zava-miafina ny amin' izany ka tsy hay hazavaina. Raha misy fialantsiny mety ho hita ny aminy, na antony mety manazava ny fisiany, dia tsy ho fahotana intsony ny fahotana. Ny hany famaritana azontsika atao ny amin' ny fahotana dia ilay omen' ny tenin' Andriamanitra ;«fandikana ny lalàna» io;vokatra miseho avy amin' ny foto-kevitra iray mifanohitra amin' ilay lalàn' ny fitiavana lehibe izay iorenan' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra.

Talohan' ny nidiran' ny ratsy dia nisy fiadanana sy fifaliana nanerana izao rehetra izao. Nifandrindra tanteraka tamin' ny sitrapon' ny Mpamorona ny zavatra rehetra. Ny fitiavana an' Andriamanitra no natao ho ambony indrindra, tsy nisy fizahan-tavan' olona teo amin' ny fifankatiavana. Kristy Ilay Teny, Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, dia iray tamin' ny Ray mandrakizay, — iray teo amin' ny fombany, iray tamin' ny toetra amam-panahy, iray teo amin' ny fikasana, — Izy irery, manerana izao tontolo izao no hany afaka niditra teo amin' ny filan-kevitr' Andriamanitra sy teo amin' ny fikasany. Tamin' ny alalan' i Kristy no nanatanterahan' ny Ray ny famoronana ny mponina rehetra any an-danitra. «Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra . . . na seza fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana»[1]; koa ny lanitra manontolo no nanoa an' i Kristy, tahaka ny nataony tamin' ny Ray.

Satria ny lalàn' ny fitiavana no fototra iorenan' ny fitondrampanjakan' Andriamanitra, dia niankina tamin' ny fanarahany tanteraka ireo foto-kevitra lehiben' ny fahamarinana hita ao ny fahasambaran' ny vahoakany rehetra. Ny irin' Andriamanitra avy amin' ny voariny rehetra dia fanompoan' ny fitiavana fanajana mipololotra avy amin' ny fahatsapan' ny saina ny hatsarampanahiny. Tsy mankasitraka ny fankatoavana terena Izy ary atolony ny rehetra ny fahafahana hampiasa ny sitrapo, mba hanaovany fanompoana araka ny nahim-po.

Nisy iray anefa nifidy ny hanimba io fahafahana io. Izy no niavian' ny fahotana, dia ilay nomen' Andriamanitra voninahitra lehibe indrindra nanarakaraka an' i Kristy sy nanana toerana ambony indrindra raha ny amin' ny fahefana sy ny voninahitra teo amin' ny mponin' ny lanitra no lazaina. Talohan' ny nahalavoany, i Losifer? no voalohany tamin' ireo kerobima manaloka, masina sady tsy voaloto. «Izao no lazain' i Jehovah Tompo :Ry ilay nanisy tombokase ny rafitra tsara tarehy tonga marik'a sady feno fahendrena no tena tsara tarehy, tany Edena, sahan' Andriamanitra ianao ; ny vatosoa rehetra no eloelo teo amboninao» . . . «Ianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko ianao; tao an-tendrombohitra masin' Andriamanitra ianao; tao amin' ny vato mirehitra no nitsangatsangananao. Tsy nanan-tsiny ianao tamin' ny nalehanao hatramin' ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka teo aminao»[2].

Nety ho nitoetra teo amin' ny fankasitrahan' Andriamanitra i Losifera, ka notiavin' ny tafiky ny anjely rehetra sy nohajainy, ary ho nampiasa ny

hery ambony tao aminy ho fitahiana ny hafa sy ho fanomezam-boninahitra ny Mpanao azy. Nefa hoy ny mpaminany : «Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao ; efa nahasimba ny fahendrenao mbamin' ny famirapiratanao ianao»[3]. Nanjary nandefitra tsikelikely tamin' ny faniriany hanandra-tena i Satana. «Efa nataonao ho toy ny fon' Andriamanitra ny fonao». «Ary ianao efa nanao anakampo hoe : Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin' ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; dia hipetraka eo an-tendrombohitra fivoriana aho. . .; hiakatra ho any ambonin' ny havoan' ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra»[4]. Tsy ny nitady izay hahatonga an' Andriamanitra ho fara-tampony teo amin' ny fitiavana sy ny fanoavan' ireo nohariny no nimasoan' i Losifera, fa ny handrombaka ho an' ny tenany ny fanompoana sy ny voninahitra. Koa satria nitsiriritra ny laza izay natosaky ny Ray tsy voafetra tamin' ny Zanany ity andrianan' ny anjely ity, dia nitsiriritra ny fahefana izay tombontsoan' i Kristy samirery ny mampiasa izany izy.

Efa niravoravo ny lanitra manontolo hampitatra ny voninahitry ny Mpahary sy haneho ny fiderana Azy. Ary rehefa mbola noderaina toy izany Andriamanitra, dia niadam-pinaritra sy niravoravo ny rehetra. Injao anefa fa nisy namalam-peo, ka nanimba ny firindran' ny hiran' ny lanitra. Ny fanompoana ny tena sy ny fanandratana azy, izay nifanohitra tamin' ny drafitra nataon' ny Mpamorona, dia namohafoha eritreri-dratsy tao an-tsain' ireo izay nanao ny voninahitr' Andriamanitra ho ambony indrindra. Nitalaho tamin' i Losifera ny filan-kevitry ny lanitra. Nasehon' ny Zanak' Andriamanitra azy ny fahalehibeazan' ny Mpamorona, ny fahatsarany, sy ny fahamarinany. ary koa ny fahamasinan' ny lalàny sy ny tsy fiovany. Andriamanitra mihitsy no efa nampitoetra ny filaminan' ny lanitra ;ary raha miala amin' izany i Losifera dia hanala baraka ny Mpanao azy sy hahatonga fandringanana ho an' ny tenany. Ny fampitandremana nomena» tamim-pitiavana sy ny famindrampo tsy hita lany anefa dia mainka nampirongatra toe-tsaina fanoherana. Navelan' i Losifera hanjaka ny fialonany an' i Kristy, ka mainka koa mafy orina ny fahatapahan-keviny.

Ny fireharehany ny amin' ny voninahitry ny tenany dia namelompaniriana tao aminy hanana ny fahefana fara-tampony. Tsy noraisiny ho fanomezan' Andriamanitra ireo haja ambony natolotra an' i Losifera ka tsy niterapankasitrahana ho an' ny Mpahary. Nirehareha tamin' ny famirapiratany sy ny fisandratany izy, ary naniry fatratra hitovy tamin' Andriamanitra. Notiavina sy nohajain' ireo tafiky ny lanitra izy. Nahafaly ny anjely ny nanatanteraka ny baikony ary voatafy fahendrena sy voninahitra ambonin' izy rehetra izy. Ny Zanak' Andriamanitra anefa no nekena ho Tompon' ny lanitra, niray hery sy fahefana tamin' ny Ray. Mpandray anjara tamin' ny filankevitr' Andriamanitra rehetra i Kristy, fa i Losifera kosa tsy navela

hahalala ny fikasan' Andriamanitra.. «Nahoana», hoy ny fanontanian' ity anjely mahery, «no omena an' i Kristy ny fahefana fara-tampony ? Nahoana Izy no omem-boninahitra ambonin' i Losifera toy izao ?»

Niala teo amin' ny toerany teo anatrehan' Andrimanitra i Losifera ka lasa nampiely ny toe-tsaina tsy faly tamin' ny anjely. Niasa tamin' ny fomba miafina sy mangina izy, ary nafeniny aloha ny tena fikasany tamin' ny endriky ny fanajana an' Andriamanitra ka niezahany ny hamohafoha tsy fahafaham-po momba ny lalàny izay mifehy ny mponin' ny lanitra, ary narosony miandalana tamin' izany ny hevitra fa mahatonga fanaovana didy jadona amin' ny fameperana tsy misy ilana azy izany. Satria masina izy ireo, dia nohantitranteriny fa tokony hankatò ny baikon' ny sitrapon' ny tenany ny anjely. Niezaka izy hampitsiry fangorahana azy tamin' ny fanehoany fa nanao ny tsy rariny taminy Andriamanitra raha nanolotra an' i Kristy ny voninahitra fara-tampony. Noiazainy fa ny faniriany hanana fahefana sy voninahitra ambony kokoa dia tsy fikendreny hanambony tena tsy akory fa kosa fiezahany hiaro ny fahafahana ho an' ireo mponin' ny lanitra rehetra, mba hahazoan' izy ireo mahatratra faritra ambonimbony kokoa eo amin' ny fiainany amin' izany fomba izany.

Noho ny famindrampony lehibe. dia nizaka ela ny fanatrehan' i Losifera Andriamanitra. Tsy naetry avy hatrany hiala tamin' ny toerana ambony nisy azy izy raha vao nirona voalohany ho amin' ny toe-tsaina nitory tsy fahafaham-po, ary na dia fony izy nanomboka nampiseho fihamboana diso teo anatrehan' ny anjely mahatoky aza. Notazonina ela tany an-danitra izy. Naverimberina natolotra azy ny famelan-keloka raha mety mibebaka sy milefitra izy. Fiezahana izay ny fitiavana sy ny fahendrena tsy voafetra ihany no afaka mamolavola an' izany no efa natao mba hampiaiky azy ny fahadisoankeviny. Tsy mbola fantatra na oviana na oviana tany an-danitra ny toe-tsaina tsy faly. Na dia i Losifera aza dia tsy nahatsinjo avy hatrany izay hitondran' izao saina izao miandalandalana azy. Tsy fantany mazava tsara ny tena toetry ny fihetseham-pony. Nefa rehefa voaporofo fa tsy mitoetra ny tsy mahafaly azy, dia niaiky i Losifera fa diso ary marina ny fitakian' Andriamanitra, ka tokony hoekeny ho toy izany eo anatrehan' ny lanitra manontolo. Raha manao izany izy, dia ho namonjy ny tenany sy ny anjely maro. Tamin' izay fotoana izay dia tsy niala tanteraka tamin' ny fanoavany an' Andriamanitra izy. Na dia efa nilaozany aza ny toerany naha-kerobima manaloka azy, raha nety niverina tamin' Andriamanitra izy, ka nanaiky ny fahendren' ny Mpamorona, sy ho afa-po tamin' ny fandraisana ny toerana notendrena ho azy tao amin' ny drafitra lehibe nataon' Andriamanitra, dia ho naverina teo amin' ny asany izy. Nanakana azy tsy hilefitra anefa ny avonavona. Nikiry nanamarina ny fihetsiny izy, notanany mafy ny tsy ilany ny fibebahana, koa dia nivonona tanteraka hanohitra ilay Mpanao azy izy, eo amin' ilay ady lehibe.

Ny heriny rehetra araka ny sain-dalina ananany izao dia navondrony hanaovana asa famitahana, mba hahazoan' ireo anjely teo ambanin' ny fifehezany hiray fo aminy. Na dia ny fampitandremana sy ny torohevitra nataon' i Kristy aza dia navadiny hoenti-manampy ny fikasany amin' ny maha-mpamadika azy. Ireo izay natoky sy tia azy ka nifamatotra akaiky indrindra taminy dia nilazan' i Satana fa tsy rariny ny fiampangana azy, tsy nohajaina ny toerana nisy azy. voatohintohina ny fahafahany. Rehefa avy nandika vilana ny tenin' i Kristy izy dia niroso hamadika ny fitokisana azy sy nandainga mivantana tamin' ny fiampangana ny Zanak' Andriamanitra ho nikasa ny hanala baraka azy teo anatrehan' ny mponin' ny lanitra. Notadiaviny hovana endrika koa ny foto-kevitra ifanolanany amin' ireo anjely mahatoky. Izay rehetra tsy azony nahodina ka tsy niandany taminy dia nampangainy ho tsy miraika amin' ny tombontsoan' ny mponina any an-danitra. Ny asa nataony indrindra no niam- pangany ireo izay nitoetra ho mahatoky tamin' Andriamanitra. Ary mba hanohanany ny fiampangany an' Andriamanitra ho nanao ny tsy rariny taminy dia novany endrika ny teny sy ny fihetsiky ny Mpamorona. Ny tetiny dia ny hahavery hevitra ny anjely tamin' ny alalan' ny fonjan-kevitra faran' izay fetsy mikasika ny fikasan' Andriamanitra. Nosaronany zava-miafina ny zavatra tsotra rehetra, ary tamin' ny famitahana novolavolain' ny sain-dratsiny no namafazany fisalasalana ny amin' ny tenin' i Jehovah mazava indrindra. Ny toerana ambony nisy azy, izay nifandraisany akaiky tamin' ny fandraharahan' Andriamanitra dia nanome hery ny teniny, ka maro no voatarika hiray taminy hikomy tamin' ny fahefan' ny lanitra.

Noho ny fahendren' Andriamanitra, dia navelany i Satana hampandroso ny asany, mandra-pahamasaky ny saim-pisarahana hiteraka fikomiana mivantana. Nilaina ny namelana ny tetik' adiny hivelatra araka izay tena izy hibaribarian' ny tena toetrany sy izay kendreny marina eo imason' ny rehetra. Efa nasandratra ho ambony i Losifera, tamin' ny maha-kerobima voahosotra azy ; tian' ireo mponina tany an-danitra tokoa izy, ka lehibe ny heriny niasa mangina tamin' izy ireo. Tsy ny mponina any an-danitra ihany no voafaoka ao amin' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra, fa ny tontolo rehetra nohariny koa ; ka dia noheverin' i Satana fa raha azony taomina hiara-hikomy aminy ireo anjelin' ny lanitra, dia ho voasariny amin' izany koa ny izao tontolo izao hafa. Tamin' ny fomba feno hafetsena no nanehoany ny fomba fijeriny ny olana, ka ny hevi-diso sy ny fitaka no nampiasainy mba hahatontosany izay nokasainy. Lehibe dia lehibe ny heriny mamitaka, ary noho ny nisalorany akanjompamitahana dia nahavoa ny tetiny. Na dia ireo anjely mahatoky aza tsy afaka nahatsikaritra mazava ny tena toetrany na nahatsinjo izay ho vokatra hitondran' ny asany azy.

Efa nomem-boninahitra ambony tokoa i Satana, ary ho voafono zava-miafina loatra ny fihetsiny rehetra, hany ka sarotra ny hamelabelatra tamin'

ny anjely ny tena toetry ny asany. Raha tsy nivelatra tanteraka araka izay tena maha-izy azy ny fahotana dia tsy hiseho ny maha-zava-dratsy azy. Talohan' izao dia tsy mbola nisy teo amin' ny rehetra nataon' Andriamanitra izany, ka tsy voavinavinan' ireo mponina masina ny toetrany sy ny maharatsy azy. Tsy tsinjon' izy ireo velively ny vokatra mampidi-doza avy amin' ny fanaovana tsinontsinona ny didin' Andriamanitra. Tamin' ny voalohany dia nafenin' i Satana ny asany tao ivohon' ny fihamboany ho nahatoky tamin' Andriamanitra. Nambarany fa nitady izay hampitombo ny voninahitr' Andriamanitra izy, izay hampitoetra ny fanjakany sy hikatsaka izay mahasoa ny mponin' ny lanitra manontolo. Sady nanatsofoka tsy fahafaliana tao an-tsain' ireo anjely nofeheziny izy, no niseho taminkafetsena lalina koa ho niezaka hanala ny disadisa. Raha nanantitrantitra izy fa misy fiovana tokony hatao eo amin' ny rafitra sy ny lalàn' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra, dia nasehony fa ilaina izany mba hitandrovana ny firindrana ao an-danitra.

Teo amin' ny ady nifanaovany tamin' ny fahotana dia ny fahamarinana sy ny rariny ihany no fiadiana azon' Andriamanitra nampiasaina. Satana kosa anefa dia mampiasa izay tsy azon' Andriamanitra ampiasaina — dia ny fandroboana sy ny fitaka. Niezaka izy hanolana ny hevitry ny tenin' Andriamanitra sy hanova endrika ny lamin' ny fitondram-panjakany teo anatrehan' ny anjely, tamin' ny filazany fa tsy rariny ny nametrahan' Andriamanitra lalàna sy fitsipika hifehy ireo mponin' ny lanitra ; fa raha mitaky fileferana sy fankatoavana avy amin' izay nohariny Izy dia tsy mikendry afatsy ny hanandratra ny tenany. Noho izany dia tsy maintsy haseho mazava eo anatrehan' ireo mponina any an-danitra, sy eo anatrehan' izao tontolo rehetra izao, fa marina ny fitondram-panjakan' Andriamanitra ary tanteraka ny lalàny. Nilofosan' i Satana ny hampiseho fa mikatsaka izay hampandroso ny soa rehetra eto amin' izao tontolo izao tokoa izy. Tsy maintsy hazava amin' ny rehetra ny tena toetra amam-panahin' ny mpisandoka, ny tena zavatra kendreny. Tsy maintsy manana fotoana ampy izany izy hanehoany ny tenany amin' ny alalan' ny asa ratsiny.

Nolazain' i Satana fa avy tamin' ny lalàna sy ny fitondrampanjakan' Andriamanitra ny korontana niseho ho vokatry ny nataony tany an-danitra. Nambarany fa ny fahavoazana rehetra dia tsy inona fa avy amin' ny tsy fetezan' ny fitondrana nataon' Andriamanitra. Nihambo izy fa ny zavakendreny dia ny hanatsara ny fitsipik' i Jehovah. Noho izany dia nilaina ny hanaporofoany ny zavatra nihamboany, sy ny hanehoany ny vokatr' ireo fiovana narosony hatao amin' ny lalàn' Andriamanitra. Ny asany ihany no tsy maintsy manameloka azy. Nihambo hatrany amin' ny voalohany mantsy Satana fa tsy nikomy tsy akory. Tsy maintsy ho hitan' izao rehetra izao manontolo ilay mpamitaka afa-tsaron-tava.

Na dia fony efa tapaka aza fa tsy afaka hijanona any an-danitra intsony i Satana, dia tsy naringan' Ilay Fahendrena tsy hita fetra izy. Ny fanompoana

avy amin' ny fitiavana ihany mantsy no eken' Andriamanitra, koa tsy maintsy mifototra amin' ny fiaikena ny fahamarinany sy ny fiantrany ny fanoavan' ireo nohariny. Tsy voaomana hahatakatra ny toetry ny fahotana sy ny vokany ireo mponin' ny lanitra sy ny any an-toeran-kafa, koa nety tsy ho hitany tamin' izay fotoana izay ny fahamarinana sy ny famindrampon' Andriamanitra tamin' ny fandringanana an' 1 Satana. Raha nolevonina tsy hisy avy hatrany izy, dia ho nanompo an' Andriamanitra noho ny tahotra ireny fa tsy noho ny fitiavana. Tsy ho rava tanteraka ny hery miasa mangina avy amin' ilay mpamitaka na ho fongotra hatramin' ny fakany ny toe-tsaina mikomy. tsy maintsy navela ho tonga amin' ny fahamasahany ny ratsy. Mba hahasoa izao rehetra izao manontolo ary mandritra ny mandrakizay, dia tsy maintsy hovelarin' i Satana misimisy kokoa ireo foto-keviny ka ho hitan' ny voahary rehetra araka ny tena izy ny fiampangany ny fitondran' Andriamanitra ny fanjakany, ary tsy hisy hisalasala na oviana na oviana intsony ny amin' ny fahamarinana sy ny famindrampon' Andriamanitra ary ny tsy fiovan' ny lalàny.

Lesona ho an' izao rehetra izao mandritra ny andro ho avy rehetra ny fikomian' i Satana, vavolombelona mandrakizay ny amin' ny toetran' ny fahotana sy ny vokany mahatsiravina izany. Ny fanátanterahana ny fanapahan' i Satana, ny vokatr' izany eo amin' ny olona sy ny anjely, dia mampiseho izay tsy maintsy ho vokatry ny fanaovana zinona ny fahefan' Andrimanitra. Hanaporofo izany fa ny soa ho an' ny zava-boahary rehetra noforoniny dia mifamatotra amin' ny fisian' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra sy ny lalàny. Noho izany dia ho fefy mandrakizay hiaro ny anjely masina rehetra ny tantaran» io fanandramana mahatsiravina ny amin' ny fikomiana io, ka hisakana azy ireo tsy ho voafitaka ny amin' ny toetry ny fandikan-dalàna, ary hanafaka azy tsy hanota sy tsy hiharan' ny sazin' izany.

Hatramin' ny niafaran' ilay ady tany an-danitra dia mbola nitozo nanamarin-tena ihany ilay mpisandoka. Rehefa nambara fa tsy maintsy horoahina avy amin' ny toeram-pahasambarana izy sy ireo rehetra niandany taminy, dia nabaribarin' ilay mpitarika ny fikomiana tamin-kasahiana ny fanaovany tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra. Naverimberiny ny filazana fa tsy mila fifehezana ny anjely, fa tokony havela kosa hanaraka ny sitrapon' ny tenany izay hitarika azy mandrakariva ho amin' ny tsara. Nampangainy ho fameperana ny fahafahan' izy ireo ny didin' Andriamanitra ka nambarany fa ny fikasany dia ny hanao izay tsy maintsy haharava ny lalàna ; fa raha afaka amin' ny fameperana ireo tafiky ny lanitra dia hiditra amin' ny faripiainana ambony kokoa sy be voninahitra kokoa.

Niray hina i Satana sy ny tafiny hampianjera eo amin' i Kristy ny fanamelohana noho ny fikomiany, satria hono raha tsy nomentsiny izy, dia tsy ho nikomy mihitsy koa. Noho ilay mpikomy raindahiny sy ireo mpomba azy nikiribiby tamin' ny fivadihany tamin' Andriamanitra sady nihaika Azy,

ary nitady handrodana ny fanjakany — kanefa tsy nahomby — satria nihambo izy ireo fa tsy nanan-tsiny voan' ny tsindrihazolena, dia voaroaka niala tany an-danitra izy nony farany.

Ny toe-tsaina izay nahatonga ny fikomiana tany an-danitra no mbola manentana koa ny fikomiana ety an-tany. Notohizan' i Satana tamin' ny olona ny tetika nampiasainy tamin' ny anjely. Manjaka ao amin'ny zanaky ny tsy fanarahana izao ny toe-tsainy. Tahaka ny nataony, dia mitady ny hanapaka ny fifehezan' ny lalàn' Andriamanitra izy ireo ka hampanantena fahafahana amin' ny olona amin' ny alalan' ny fandikana ny didiny. Mbola mampirongatra ny fankahalana sy ny fanoherana ihany ny fanakianana noho ny fahotana. Rehefa entina amohazana ny feon' ny fieritreretana ireo hafatra fampitandremana avy amin' Andriamanitra, dia taomin' i Satana ny olona hanamarin-tena sy hitady ny hafa hiandany aminy amin' ny filibany amin' ny fahotana. Tsy manitsy ny fahadisoany izy ireo, fa mamporisika ny fahasosorana amin' ilay mpananatra, tahaka ny izy iny no hany iavian' ny olana. Hatramin' ny andron' i Abela marina ka hatramin' izao androntsika izao dia toy izany ny toe-tsaina aseho tamin'izay sahy nanameloka ny fahotana.

Ny fanehoana tsy araka ny marina ny toetran' Andriamanitra, toy ny efa nataony tany an-danitra, ka nahatonga ny olona hihevitra an' Andriamanitra ho masiaka sy lozabe, no mbola hitarihan' i Satana ny olombelona hanota. Ary satria nahomby hatrany izy dia nambarany fa ireo fameperana tsy an-drariny nataon' Andriamanitra no nahatonga ny fahalavoan' ny olona, tahaka ny efa nitaoman' izany azy ho amin' ny fikomiana.

Nefa manambara ny toetrany Ilay maharitra mandrakizay : «Jehovah Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana, mitahiry famindrampo ho an' ny olona arivo mandimby ; mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana, kanefa tsy mety manamarina ny meloka»[5].

Tamin' ny nandroahana an' i Satana avy tany an-danitra, dia naneho ny fahamarinany Andriamanitra ary nihazona ny voninahitry ny seza fiandrianany. Fa rehefa nanota kosa ny olona tamin' ny fanekeny ny fitak' io fanahy nivadika io, dia naneho porofo mibaribary ny fitiavany Izy tamin' ny fanolorany ny Zanani-lahy tokana ho faty ho an' ilay taranaka lavo. Eo amin' ny fanavotana no anambarana ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Asehon' ny fonjankevitra mahery vaika avy amin' ny hazo fijaliana ho hitan' ny tontolo rehetra fa tsy azo iampangana na oviana na oviana ny fitondrampanjakan' Andrimanitra ny lalam-pahotana nofidin' i Losifera.

Afa-tsarona ny tena toetran' ilay mpamitaka lehibe teo amin' ny fifanoheran' i Kristy sy Satana, nandritra ny fotoana niasan' ny Mpamonjy tety an-tany. Tsy nisy fomba nahomby kokoa nampiombotra niala tamin' i Satana ny fitiavan' ireo anjely sy ny an' ireo mponina an-danitra tsy

nanota, noho ny ady feno halozana nataony tamin' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao. Ny fitenenan-dratsy sahisahy nataony tamin' ny nangatahany an' i Kristy hiankohoka teo anatrehany, ny fahasahiany feno fireharehana nitondrany Azy ho any an-tampon-tendrombohitra sy ny tempoly, ny fikasan-dratsiny mifono hafetsena tamin' ny namporisihany Azy hianjera avy tamin' ny toerana avo mahafanina, ny haromotany tsy nahalala fiatoana nihaza Azy hatraiza hatraiza, ka nanainga ny fon' ny mpisorona sy ny vahoaka hitsipaka ny fitiavany, ary tamin' ny farany dia hiantsoantso hoe : «Homboy ! Homboy !» amin' ny hazo fijaliana Izy izany rehetra izany dia nahazendana sy nahatezitra an' izao rehetra izao.

Satana no nanosika an' izao tontolo izao hitsipaka an' i Kristy. Nampiasain' ilay andrianan' ny ratsy ny heriny rehetra sy ny hafetseny rehetra handringanana an' i Jesosy ; hitany mantsy fa ny famindrampo sy ny fitiavan' ny Mpamonjy, ny fiantrany sy ny halemem-panahiny feno fangorahana, dia mampiseho amin' izao tontolo izao ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Notoherin' I Satana avokoa ny fanambarana rehetra nataon' ny Zanak' Andriamanitra ary nampiasa ny olona ho fitaovana enti-mameno fahoriana sy fijaliana ny fiainan' ny Mpamonjy izy. Ny hevi-diso toa marina sy ny fitaka izay niezahana hanakantsakanana ny asan' i Jesosy, ny fankahalana niseho tamin' ny alalan' ny zanaky ny tsy fanarahana, ireo fiampangany lozabe nataony tamin' Ilay Anankiray Izay niaina tamin' ny hatsaram-panahy tapitr' ohatra, izany rehetra izany dia nipoitra avy tamin' ny otri-po te-hamaly faty. Ny afon' ny fialonana sy ny faharatsiam-panahy, ny fankahalana sy ny valifaty nokoboniny, dia nidedadeda teo Kalvary nandoro ny Zanak' Andriamanitra, fa ny lanitra manontolo kosa dia sina sy tsiravina raha nibanjina izany toe-javatra izany.

Rehefa vita ilay sorona lehibe dia niakatra ho any amin' ny avo Kristy ary nolaviny ny fiankohofan' ny anjely mandra-panehoany ilay fangatahany hoe : «Tiako mba ho any amiko amin' izay itoerako ireo izay nomenao Ahy»[6]. Tamin' izay dia tonga ny valiny nivoaka avy tamin' ny seza fiandrianan' ny Ray, nitafotafo fitiavana sy hery tsy hay lazaina nanao hoe : «Aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anatrehany»[7]. Tsy nisy pentina tafajanona teo amin' i Jesosy. Tapitra hatreo ny fampietrena Azy, feno ny sorona nataony, ary dia nomena anarana ambonin' ny anarana rehetra Izy.

Ankehitriny dia mihanjahanja tsy misy fialan-tsiny intsony ny fahamelohan' i Satana. Efa nasehony ny tena toetrany mahampandainga sy mpamono olona azy. Hita izao fa ilay fanahy nifehezany ny zanak' olombelona teo ambanin' ny fahefany dia ho nasehony koa raha tahiny navela hanapaka ireo mponin' ny lanitra izy. Nihambo izy fa hitondra fahafahana sy fisandratana ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra ; hita kosa anefa fa fanandevozana sy fitotonganana no vokany.

Niseho teo amin' ny tena fahazavany ny fiampangana mandainga nataon' i Satana amin' ny toetran' Andriamanitra sy ny fitondrampanjakany. Niampanga an' Andriamanitra ho tsy nitady afa-tsy fanandratan-tena Izy tamin' ny fitakiany fanekena sy fankatoavana tamin' ireo nohariany, ary nolazainy fa raha mitaky fandavan-tena amin' ny hafa rehetra ny Mpamorona, Izy kosa anefa dia tsy mahay mandà ny tenany ary tsy nahafoy na inona na inona. Hita anefa ankehitriny fa mba ho famonjena ilay taranaka lavo sy feno fahotana dia efa nanao ny fahafoizan-tena lehibe indrindra azon' ny fitiavana natao Ilay Mpanapaka an' izao rehetra izao; fa «Andriamanitra ao amin' i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy»[8]. Hita koa, fa raha nampidanadana ny varavarana hidiran' ny fahotana i Losifera noho ny faniriany hahazo ny voninahitra sy ny fahefana fara-tampony, Kristy kosa dia nampietry ny tenany ary nankatò hatramin' ny fahafatesana, mba handringanana ny fahotana.

Efa nasehon' Andriamanitra ny faharikorikoany ny foto-kevitra iorenan' ny fikomiana. Hitan' ny lanitra manontolo ny fahamarinany voaseho na teo amin' ny fanamelohana an' i Satana na teo amin' ny fanavotana ny olona. Nambaran' i Losifera fa raha tsy azo ovana ny lalàn' Andriamnitra, ary tsy azo foanana ny sazin' ny tsy fankatoavana dia tsy maintsy ho voaroaka mandrakizay tsy ho amin' ny fankasitrahan' Andriamanitra izay rehetra mandika ny lalàny. Notakiny ny tsy ahazoana manavotra intsony ny taranaka nanota ka dia ho hazany ara-dalàna izy. Fonjan-kevitra hoenti-mamonjy ny olona tsy azo lavina anefa ny fahafatesan' i Kristy. Nianjady tamin' Ilay mitovy amin' Andriamanitra ny sazin' ny lalàna, koa manana fahafahana hanaiky ny fahamarinan' i Kristy ny olombelona ary afaka handresy amin' ny alalan' ny fiaiken-keloka sy fanetrentena, tahaka ny efa nandresen' ny Zanak' Andriamanitra koa , ny herin' 1 Satana. Noho izany dia sady marina Andriamanitra no manamarina koa izay rehetra mino an' i Jesosy.

Tsy hanatanteraka ny fanavotana fotsiny anefa no nahatongavan' i Kristy teto an-tany hijaly sy ho faty. Tonga koa Izy «hahalehibe ny lalàna sy hahabe voninahitra» azy. Tsy ny mba hahatonga ny mponina eto amin' ity izao tontolo izao ity ihany hihevitra ny lalàna araka izay tokony hiheverana azy ; fa koa mba hanehoana amin' ny tontolo rehetra fa tsy azo ovana ny lalàn' Andriamanitra. Raha azo natao mantsy ny tsy niraharaha izay takiany, dia tsy ho nilaina akory ny nanoloran' ny Zanak' Andriamanitra ny ainy ho avotra noho ny fandikana izany. Voaporofon' ny fahafatesan' i Kristy mazava fa tsy azo ovana ny lalàna. Ary ny sorona izay naneren' ny fitiavana mandrakizay ny Ray sy ny Zanaka hatao, mba hanavotana ny mpanota, dia mampibaribary amin' izao rehetra izao manontolo — ary izay latsaka noho io drafitry ny fanavotana io dia tsy ho nahavita izany — fa fahamarinana sy famindrampo no fanorenan' ny lalàna sy ny fitondram-panjakan' Andriamanitra.

Amin' ny fampiharana farany ny didim-pitsarana dia ho hita fa tsy misy antony hisian' ny fahotana. Rehefa hanontany an' i Satana ny Mpitsara ny tany rehetra hoe: «Nahoana ianao no nikomy tamiko, ary nandrombaka avy teo an-tanako ireo olona teo amin' ny fanjakako?» dia tsy hanan-kalahatra ilay niavian' ny ratsy. Ho tampina ny vava rehetra ary ho sina ny tafiky ny fikomiana rehetra.

Manambara ny tsy fiovan' ny lalàna ny hazo fijalian' i Kalvary sady mitory amin' izao rehetra izao fa fahafatesana no tambin' ny ota, Teo amin' ny antso nataon' ny Mpamonjy teo am-pialan' aina hoe «Vita», no nanenoan' ny lakolosim-paty ho an' i Satana. Tapaka tamin' izay ny amin' ilay ady lehibe izay efa ela loatra no naharetany, ary azo antoka ny fanafoanana hatramin' ny fakany ny ratsy, Niditra ny varavaram-pasana ny Zanak' Andriamanitra mba «handringanany amin' ny fahafatesana ilay manana ny herin' ny fahafatesana, dia ny devoly»[9] . Ny fanirian' i Losifera hanandrantena dia nitarika azy hilaza hoe: «Any ambonin' ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; ... ho tahaka ny Avo Indrindra aho». Hoy kosa Andriamanitra: «Hataoko tonga lavenona eny ambonin' ny tany ianao, . . . ary tsy ho ao intsony mandrakizay»[10]. «Fa indro, avy ny andro, mandoro toy ny fatana fandoroana izy; ary ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho vodivary; ka dia handoro azy ny andro izay ho avy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ka tsy hasiana miangana, na ny fakany na ny sampany»[11].

Izao tontolo rehetra izao no ho tonga vavolombelon' ny toetry ny fahotana sy ny vokany. Koa ny fandevonana azy tanteraka, izay nety nahatonga tahotra tamin' ny anjely sy fahafaham-baraka ho an' Andriamanitra tany am-boalohany, dia hanamarina kosa ny fitiavany sy hampitoetra ny fanajana Azy eo imason' ny mponina eo amin' izao rehetra izao izay tia ny manao ny sitrapony ary izay manana ny lalàna ao am-pony. Tsy hiseho intsony na oviana na oviana ny ratsy. Hoy ny tenin' Andriamanitra: «Tsy hiverina fanindroany ny fahoriana»[12]. Hohajaina amin' ny maha-lalàn' ny fahafahana azy ny lalàn' Andriamanitra, izay nokianin' i Satana ho ziogam-panandevozana. Ny voary izay nandalo fisedrana ka hita ho mahatoky, dia tsy hiala intsony amin' ny fanaovana Ilay voaseho tanteraka teo anatrehany fa ny toetrany dia fitiavana tsy hita fetra sy fahendrena tsy takatry ny saina.

**Fanamarihana**

1 Kol. 1 : 16
2 Ezek. 28 : 12-15
3 Ezek. 28 : 17
4 and. 6 ; Isa. 14 : 13 , 14
5 Eks.34:6,7
6 Jao. 17 : 24
7 Heb.1:6
8 2 Kor. 5 : 19
9 Heb. 2 : 1 4
10 Isa. 1 4 : 1 3 , 1 4 ; Ezek. 28 : 18, 19
11 Mal. 3 : 19
12 Nah. 1 : 9

# 30

## *Fifandrafiana eo amin' ny olombelona sy Satana*

«Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany, izy hanorotoro ny lohanao. ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony»[1]. Ilay didim-pitsarana navoakan' Andriamanitra tamin' i Satana rehefa lavo ny olombelona, dia faminaniana koa, faminaniana izay mahafaoka ny taona rehetra hifandimby hatramin' ny andro farany ary manambara mialoha ny ady lehibe izay handraisan' ny taranak' olombelona rehetra velona eto ambonin' ny tany anjara.

Hoy Andriamanitra hoe: «Hampifandrafesiko». Io fifandrafiana io dia tsy voajanahary. Rehefa nandika ny didin' Andriamanitra ny olona, dia nanjary ratsy ny toetra fototra maha-izy azy, ary nifanaraka tamin' i Satana izy, fa tsy nisaraka taminy. Tsy misy fifandrafiana tonga ho azy amin' ny olona mpanota sy ilay niavian' ny fahotana. Samy nanjary ratsy izy ireo noho ny fihemorana. Tsy mitoe-poana mihitsy ilay mpihemotra raha tsy miray fo aminy sy manohana azy ireo izay taominy hanaraka ny ohatra nomeny. Noho io antony io dia manao fara-hery mba hiara-dia ny anjely lavo sy ireo ratsy fanahy. Raha tsy nisalovana tamin' ny fomba manokana Andriamanitra, dia ho niray hina hiady tamin' ny Lanitra i Satana sy ny olombelona; ary tsy ho nandrafy an' i Satana ny fianakavian' ny olombelona manontolo fa ho niara-nioko hanohitra an' Andriamanitra.

Naka fanahy ny olona hanota i Satana, tahaka ny nitarihany ny anjely hikomy, mba hahazoany antoka amin' izany fa hanampanampy izy amin' ny ady ataony amin' ny Lanitra. Tsy nisy fifandirana taminy sy ireo anjely lavo raha ny momba ny fankahalany an' i Kristy; raha nisy zavatra hafa nifanolanany, dia nifanaran-tsaina tanteraka kosa izy ireo teo amin' ny fanoherany ny fahefan' Ilay Mpifehy an' izao rehetra izao. Fa rehefa ren' i Satana ny fanambarana fa hisy fifandrafiana aminy sy amin' ny vehivavy, amin' ny taranany sy amin' ny taranaky ny vehivavy, dia fantany fa ho

voasakantsakana ny fiezahany hanimba ny maha-olombelona; fantany fa misy fomba hahazoan' ny olona manohitra ny heriny.

Nirehitra ny fandrafian' i Satana ny taranak' olombelona, satria, amin' ny alalan' i Kristy, dia iantefan' ny fitiavan' Andriamanitra sy ny famindrampony izy Tiany hosembanana ny drafitra nataon' Andriamanitra momba ny fanavotana ny olombelona, tiany ny hanala-baraka an' Andriamanitra amin' ny fanimbana ny endriky ny sangan' asany sy amin' ny fandotoana azy; tadiaviny hahatonga alahelo any an-danitra sy hameno ny tany amin' ny loza amampahoriana. Ary dia tondroiny ho vokatry ny asan' Andriamanitra tamin' ny namoronany ny olombelona ireo ratsy rehetra ireo.

Ny fahasoavana izay volen' i Kristy ao amin' ny fanahy no miteraka ny fandrafiana an' i Satana ao amin' ny olona. Raha tsy io fahasoavana manova io sy io hery manavao io, dia mbola ho babon' i Satana ihany ny olombelona, ho mpanompo vonona mandrakariva hanaraka ny baikony. Ilay foto-kevitra vaovao ao amin' ny fanahy anefa dia miteraka ady eo amin' izay nisy fiadanana hatramin' izay. Ny hery izay omen' i Kristy dia mahatonga ny olona ho afaka hanohitra ilay mpampahory sy mpisandoka. Na iza na iza hita fa mankahala ny fahotana fa tsy tia izany, na iza na iza manohitra ka mandresy ireo filana ambany izay manapaka ao anaty, dia mampiseho fa miasa ao aminy ilay foto-kevitra avy any ambony.

Ny fifanoherana misy eo amin' ny toe-tsain' i Kristy sy ny toetsain' i Satana dia naseho tamin' ny fomba nanaitra indrindra teo amin' ny nandraisan' izao tontolo izao an' i Jesosy. Izy tsy dia niseho tamin' ny harena, ny rendrarendra, na tamin' ny fahalehibeazan' izao tontolo izao loatra tsy akory no nahatarika ny Jiosy handà Azy. Hitany fa nanana hery izay ampy tokoa ho onitry ny fahabangan' ireo tombon-tsoa ireo Izy. Fa noho ny fahadiovan-toetra sy ny fahamasinan' i Kristy no nahatonga ny fankahalan' izay tsy nanana toe-panahy araka an' Andriamanitra Azy. Fanomezan-tsiny lalandava ho an' ny vahoaka mirehareha, andevon' ny filany ny fiainany feno fandavan-tena sy ny fitiavam-bavaka tsy misy fahotana teo aminy. Izany no nitarika fandrafiana tamin' ny Zanak' Andriamanitra. Niray tamin' i Satana sy ny anjeliny ny ratsy fanahy. Ny herin' ny fihemorana rehetra no nivondrona hanohitra ilay mpiady mahery fon' ny fahamarinana.

Io fandrafiana io ihany koa no mahazo ny mpanaraka an' i Kristy tahaka izay nanjo ny Tompony koa. Na iza na iza mahita ny toetra maharikorikon' ny fahotana, ka manohitra ny fakam-panahy amin' ny hery avy any ambony, dia ho azony antoka fa hirongatra hamely azy ny fahatezeran' i Satana sy ireo mpanaraka azy. Raha mbola nisy koa ny ota sy ny mpanota dia hisy hatrany koa ny fankahalana ny foto-kevitra madion' ny fahamarinana, sy ny fanomezan-tsiny ary ny fanenjehana ireo mpiaro azy. Tsy afaka hifanaratsaina ny mpanaraka an' i Kristy sy ny mpanompon' i Satana. Tsy mbola

tapitra ny fanafintohinana noho ny hazo fijaliana. «Izay rehetra te-ho velona araka an' Andriamanitra, izay ao amin' i Kristy Jesosy, dia henjehina»[2].

Miasa mandrakariva eo ambany fitarihan' i Satana ireo izay ampiasainy hampitoetra ny fahefany sy hanangana ny fanjakany hifanohitra amin' ny an' Andriamanitra. Mba hanatrarany izany, dia miezaka izy hamitaka ny mpanaraka an' i Kristy ka hitaona azy am-pitaka hiala amin' ny fanoavany. Tahaka ilay mpitarika azy ireo, dia adikany vilana sy aolany ny hevitry ny Soratra Masina mba hahatrarany izay kendreny. Tahaka an' i Satana miezaka ny hanome tsiny an' Andriamanitra, dia toy izany koa ireo fiasana eo an-tanany mitady izay hanaratsiana ny vahoakan' Andriamanitra. Ny fanahy izay nahatonga famonoana an' i Kristy no manetsika koa ny ratsy fanahy handringana ny mpanaraka Azy. Izany rehetra izany no voalaza mialoha ao amin' ity faminaniana voalohany ity hoe : «Hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy, ny taranakao sy ny taranany». Ary hitohy izany hatramin' ny faran' ny andro.

Vorin' i Satana ny tafiny rehetra ary atobany ho amin' ny ady ny heriny rehetra. Nahoana no tsy misy fanoherana bebe kokoa hosetrainy ? Nahoana ny miaramilan' i Kristy no rendremana sy tsy miraika toy izao ? Satria kely loatra ny fifandraisana marina ananany amin' i Kristy ; satria tsy manana ny Fanahiny izy. Tsy mahatsiravina ary tsy maharikoriko azy ny fahotana, tsy tahaka ny fihevitry ny Tompony izany. Tsy misetra ny fahotana, tahaka ny nataon' i Kristy, amin' ny fanoherana matotra sy hentitra izy. Tsy tsapany ny tena maha-ratsy tanteraka ny fahotana sy ny mahazava-doza azy, ary jamba izy tsy mahita na ny toetran' ilay andrianan' ny maizina na ny heriny. Maivana ny fandrafiana an' i Satana sy ny asany, satria lehibe loatra ny tsy fahalalana, ny amin' ny heriny sy ny faharatsiany ary ny fidadasiky ny ady ataony amin' i Kristy sy ny fiangonany. Marobe no voafitaka eto. Tsy fantany fa mpitaritafika mahery ilay fahavalony izay mifehy ny sain' ny anjely ratsy fanahy, ary manao tetika maty paika sy fihetsiketsehana feno hakingana hoentiny hiady amin' i Kristy mba hisakanany ny famonjena ny fanahy. Eo amin' ireo izay milaza ny tenany ho Kristiana, ary na dia amin' ireo mpitory ny filazantsara aza, dia tsy misy filazana firy re momba an' i Satana, afa-tsy sendrasendra amin' ny toriteny angamba. Tsy jereny ireo porofon' ny asany sy ny fahombiazany mitohy ; ataony an-tsirambina ireo fampintandremana maro ny amin' ny hafetseny ; toa tsy fantany akory na dia ny fisiany aza.

Fa raha mbola tsy mahafantatra ny fitaka hataony ny olona, io fahavalo io kosa dia mailo mandrakariva manara-dia azy amin' ny fotoana rehetra. Mitsofoka ao amin' ny lafim-piainana rehetra ao an-tokantrano izy, eny amin' ny lalam-be rehetra amin' ny tanandehibe misy antsika, any am-piangonana, any amin' ny filan-kevipirenena, any amin' ny fitsarana, ka mampikorontan-tsaina, misandoka, mamitaka hatraiza hatraiza, mandevona ny fanahy sy ny

tenan' ny lehilahy, ny vehivavy sy ny ankizy, mandrava ny fianakaviana, mamafy fankahalana, fifaninana, adilahy, fikomiana, vonoan' olona. Ary ny kristiana dia toa mijery izany zavatra izany ho toy ny efa voatendrin' Andriamanitra rahateo ka tsy maintsy misy.

Tadiavin' i Satana mandrakariva ny handresy ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny fandrodanana ny fefy izay mampisaraka azy amin' izao tontolo izao. Voatarika hanota Isiraely fahizay rehefa nanandranandrana niditra tamin' ny fikambanana tamin' ny jentilisa izay nandrarana azy. Amin' ny fomba toy izany koa no mahavoasarika an' Isiraely ankehitriny. «... Nohajambain'ny andriamanitr' izao tontolo izao, . . . ny sain' ny tsy mino, mba tsy hiposahan' ny fahazavan' ny filazantsaran' ny voninahitr' i Kristy, Izay endrik' Andriamanitra»[3]. Izay rehetra tsy mpanaraka marina tokoa an' i Kristy dia mpanompon' i Satana. Ao amin' ny fo tsy voaova dia misy fitiavana ny fahotana ary fironana hankamamy sy hanala-tsiny azy. Ao amin' ny fo voaova kosa dia misy fankahalana ny fahotana sy fanoherana hentitra an' izany. Rehefa misafidy ny hifanerasera amin'ny tsy manana toe-panahy araka an' Andriamanitra sy ny tsy mino ny Kristiana dia mitono-tena ho amin'ny fakam-panahy. Miery mba tsy ho hitany i Satana ary saronany antsokosoko amin' ny fitaka ataony ny mason' izy ireo. Tsy hitany fa ny fiarahana amin' ny olona toy ireny dia voakendry hanimbana azy ; ary rehefa mampitovy ny tenany amin' izao tontolo izao foana izy eo amin' ny toetra amam-panahiny, ny teny atao sy ny fihetsika dia miha-jamba hatrany.

Ny fanarahana ireo fomba amam-panaon' izao tontolo izao dia mampiova fo ny fiangonana ho an' izao tontolo izao ; fa na oviana na oviana dia tsy hampiova fo an' izao tontolo izao ho an' i Kristy . Ny fifankazarana amin'ny fahotana dia tsy maintsy hahatonga toetra tsy maharikoriko azy loatra intsony. Izay mifidy ny hiaraka amin' ny mpanompon' i Satana dia vetivety dia tsy hatahotra ny tompony intsony. Rehefa tratry ny fitsapana isika, eo ampanaovana ny adidy, tahaka izay nanjo an' i Daniela tao an-dapan'ny mpanjaka, dia mahazo matoky isika fa hiaro antsika Andriamanitra ; nefa raha minia mankahatra ny fakam-panahy isika, dia ho lavo, na ho ela na ho haingana.

Matetika no mahomby tokoa ny mpaka fanahy amin' ny alalan' ireo izay tsy ampoizina indrindra fa eo ambanin' ny fifehezany. Ny olona manan-talenta sy nahita fianarana dia deraina sy ankalazaina, toy ny afaka hanonitra ny tsy fisian' ny fahatahorana an' Andriamanitra ery ireny toetra ireny, na hahatonga ny olona hankasitrahan' Andriamanitra. Ny talenta sy ny fahaizana, amin' ny maha-izy azy, dia fanomezan' Andriamanitra ;nefa raha atao solon' ny fitiavambavaka ireny, ka tsy hampanakaiky ny fanahy amin' Andriamanitra fa mampanalavitra ny tena Aminy, amin' izay dia manjary ozona sy fandrika. Misy hevitra manjaka amin' ny maro milaza fa izay rehetra

manana endrika ho araka ny fahalalam-pomba na ny fahaizamiaina dia tsy maintsy mifanaraka amin' i Kristy raha dinihina. Tsy mbola nisy fahadisoan-kevitra goavana toy izany. Ny toetra soa toy ireny dia tokony handravaka ny toe-panahin' ny Kristiana, satria manan-kery lehibe miasa mangina hanohana ny fivavahana marina izany ;nefa tsy maintsy ho voatolotra ho an' Andriamanitra, raha tsy izany dia hanjary hery ho an' ny ratsy koa. Betsaka ny olona be fahalalana ara-tsaina sy manana fomba mahasarika no tsy hietry hanao izay heverin' ny maro fa asa maloto, nefa tsy inona izany fa fitaovana voalambolambo tsara eo am-pelatanan' i Satana fotsiny ihany. Ny toetra manodoka sy mamitaka izay hery miasa mangina avy aminy sy ny ohatra omeny dia hahatonga azy ho fahavalo mampidi-doza ho an' ny asan' i Kristy noho ireo bado sy tsy nahita fianarana.

Fivavahana mafana sy fiankinana tamin' Andriamanitra no nahazoan' i Solomona fahendrena izay nampitolagaga sy nampiaiky volana an' izao tontolo izao. Nefa rehefa nihodina niala tamin' Ilay Loharanon' ny heriny izy, ka nandeha samirery niankina tamin' ny tenany, dia nanjary hazan' ny fakam-panahy. Tamin' izay ireo hery mahagaga izay nomena ity mpanjaka hendry indrindra ity dia nahatonga azy ho fiasana mahomby kokoa ho an' ny fahavalon' ny fanahy.

Mitady mandrakariva ny hahajamba ny fanahin' ny Kristiana tsy hahita izany i Satana nefa aoka tsy hohadinoin' ny Kristiana na oviana na oviana fa «tsy mitolona amin' ny nofo aman-drà (izy), fa amin' ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin' ny mpanjakan' izao fahamaizinana izao, dia amin' ny fanahy ratsy eny amin' ny rivotra»[4]. Nanakoako amin' izao androntsika izao, rehefa mitety ireo taonjato mifandimby, ny fampitandremana avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra hoe : «Mahonona tena, miambena : fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany»[5]. «Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra mba hahazoanareo hifahatra amin' ny fanangolen' ny devoly» [6].

Hatramin' ny andron' i Adama ka hatramin' izao vaninandro misy antsika izao, dia efa nizatra hampiasa ny heriny hampahoriana sy hanimbana ilay fahavalontsika rehetra. Eo am-piomanana ho amin' ny ady farany ataony amin' ny fiangonana izy izao. Izay rehetra ta-hanaraka an' i Jesosy dia hifandona amin' io fahavalo tsy mety sasatra io. Arakaraka ny hakan' ny Kristiana tahaka akaiky ilay Andriamanitra Ohatra, dia arakaraka izany no ahazoany antoka fa ho tarigetra kendren' ny fanafihan' i Satana izy. Izay rehetra mirotsaka tokoa ho amin'ny asan' Andriamanitra, ka miezaka ny hanala sarona ny fitak' ilay ratsy ary haneho an' i Kristy eo anatrehan' ny vahoaka, dia afaka hiray feo amin' i Paoly, raha nanambara izy fa manompo ny Tompo tamin' ny fanetren-tena rehetra sy ny ranomaso ary ny fakam-panahy

Namely an' i Kristy tamin' ny fakam-panahy nasiaka sy fetsy indrindra i Satana, nefa resy tosika hatrany izy tamin' ny fifandonana rehetra. Ho antsika no niatrehany ireny ady ireny;ireo fandresena azony no ahafahantsika handresy koa. Hanome hery ho an' izay rehetra mitady izany 1 Kristy. Tsy misy olona azon' i Satana resena raha tsy efa nanaiky ny ho resiny. Tsy manam-pahefana hifehy ny sitrapo na hanery ny fanahy hanota ilay mpaka fanahy. Azony atao ny mampangorohoro, fa tsy azony atao ny mandoto. Mety hampivarahontsana izy fa tsy afaka hanapentina.

Ny fandresena azon' i Kristy dia tokony hampientana ny mpanaraka Azy hiroso tsy aman-tahotra, toy ny tena lehilahy, hiady amin' ny fahotana sy i Satana.

**Fanamarihana**

1 Gen. 3 : 15
2 2 Tim. 3 : 12
3 2 Kor. 4 : 4
4 Efes. 6 : 12
5 1 Pet. 5 : 8
6 Efes. 6 : 11

# 31

## *Ny anjely tsara sy ny fanahy ratsy*

Ny fifandraisan' izao tontolo izao hita maso sy izao tontolo izao tsy hita maso, ny asa fanompoana ataon' ny anjelin' Andriamanitra, sy ny asan' ny fanahy ratsy, ireo dia samy ambaran' ny Soratra Masina mazava, ary mifamahofaho tsy azo sarahina amin' ny tantaran' ny olombelona. Misy fironana mitombo ho amin' ny tsy finoana ny fisian' ny fanahy ratsy, ary ireo anjely masina izay «fanahy manompo nirahina ho an' izay handova famonjena» (Hebreo 1 :14) dia heverin' ny maro ho fanahin' ny olona maty. Ny Soratra Masina anefa dia tsy mampianatra fotsiny ny fisian' ny anjely, na ny tsara na ny ratsy, fa mampiseho koa porofo tsy azo lavina fa tsy fanahin' ny olona maty tsy misy vatana tsy akory izy ireo.

Talohan' ny nahariana ny olombelona, dia efa nisy ny anjely, satria rehefa napetraka ny fanorenan' ny tany dia «niara-nihira ny kintan' ny maraina ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra» [1]. Rehefa lavo ny olombelona, dia nirahina ny anjely hiambina ny hazon' aina, ary izany dia natao talohan' ny nisian' ny olombelona maty. Ambony noho ny olona ny anjely raha ny nanaovana azy, satria lazain' ny mpanao salamo fa natao «ambany kely noho ny anjely» ny olona.[2]

Ambara amintsika ao amin' ny Soratra Masina ny momba ny isany, ny hery sy ny voninahitr' ireo mponina any an-danitra, ny fifandraisany amin' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra, ary koa ny anjarany eo amin' ny fanavotana. «Jehovah efa nampitoetra ny seza fiandrianany any an-danitra ;ary ny fanjakany manapaka izao tontolo izao». Ary hoy ny mpaminany hoe :«Ary nandre ny feon' anjely maro manodidina ny seza fiandrianana aho». Ao amin' ny efitra misy ny seza fiandrianan' ny Mpanjakan' ny mpanjaka no iandrasan' ireo «anjely mahery indrindra», «ireo mpanompony izay manao ny sitrapony», «mihaino ny feon' ny

teniny» [3]. Arivoarivo sy alinalina ireo mpitondra hafatry ny lanitra hitan' ny mpaminany.

Lazain' ny apostoly Paoly fa «tsy omby alinalina» izy ireo.[4] Amin' ny maha-mpitondra hafatr' Andriamanitra azy dia «nifanaretsaka nankary nankatsy toy ny helatra mifelopeloka», (Ezekiela 1 :14) mamirapiratra mahajambena eo amin' ny voninahiny ary haingam-panidina fatratra. Ilay anjely niseho teo amin' ny fasan' ny Mpamonjy, izay «tahaka ny helatra ny fijery azy, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny oram-panala» dia nahatonga ireo mpiambina «hivadipo noho ny fahatahorana azy ka tonga tahaka ny maty»[5]. Raha nihaika an' Andriamanitra sy niteny ratsy Azy i Sankeriba, ilay Asyriana mpiavonavona, ka nandrahona ny handringana ny isiraely, dia «tamin' ny alin' io dia, avy ilay Anjelin' i Jehovah ka namely olona dimy arivo ambin' ny valo alina sy iray hetsy tao an-tobin' ny Asyriana». Tao no nandringanana «ny lehilahy mahery rehetra sy ny mpanapaka ary ny komandy» tao amin' ny tafik' i Sankeriba «ka dia lasa nody amin-kenatra» izy.[6]

Nampanaovina iraky ny famindrampo ho an' ny zanak' Andriamanitra ny anjely : tamin' i Abrahama, mba hitondra teny fikasan' ny fitahiana ; teo am-bavahadin' i Sodoma, mba hamonjy an' i Lota, lehilahy marina, ho afaka tamin' ny afo mirehitra nandevonana io tanàna io ; tamin' i Elia, raha efa saiky maty noho ny harerahana sy ny hanoanana tany an-efitra izy ; tamin' i Elisa, tamin' ny kalesy sy soavaly afo nanodidina ilay tanàna kely nanaovan' ireo fahavalony azy fahirano ; tamin' i Daniela, raha nitady ny fahendren' Andriamanitra tao amin' ny lapan' ny mpanjaka jentilisa izy, na navela ho viravirain' ny liona ; tamin' i Petera, raha voaheloka ho faty tao amin' ny tranomaizin' i Heroda izy ; tamin' ireo mpifatotra tany Filipia ; tamin' i Paoly sy ireo niara-dia taminy tao amin' ny alina nisian' ny tafio-drivotra tany an-dranomasina ; mba hanokatra ny sain' i Komelio handray ny filazantsara ;mba haniraka an' i Petera hitondra ny hafatry ny famonjena ho an' ilay vahiny jentilisa — toy izany no niasan' ireo anjely masina, nandritra ny taonjato nifandimby, hanao fanompoana ho an' ny vahoakan' Andriamanitra.

Misy anjely mpiambina notendrena ho an' ny mpanaraka an' i Kristy tsirairay. Miaro ny marina amin' ny herin' ilay ratsy ireo mpiambina avy any an-danitra ireo. Miaiky izany i Satana raha nanao hoe:«Moa tsy fanantenan-javatra va no ahatahoran' i Joba an' Andriamanitra ? Tsy Ianao va no nanao fefy manodidina ny tranony ary nanodidina izay ananany rehetra ?» [7]Asehon' ny mpanao Salamo ny fomba izay iarovan' Andriamanitra ny vahoakany : «Ny anjelin' i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy» [8]. Hoy ny Mpamonjy raha niteny tamin' ireo izay nino Azy : «Mitandrema fandrao manao tsinontsinona na dia iray aza amin' ireny madinika ireny ianareo; fa lazaiko aminareo : Ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan' ny Raiko Izay any an-danitra» [9]. Ireo anjely

notendrena hanompo ny zanak' Andriamanitra dia afaka mankeo anatrehany amin' ny fotoana rehetra.

Noho izany dia azon' ny vahoakan' Andriamanitra antoka ny fiarovana tsy miato ataon' ny anjelin' ny lanitra, raha miatrika ny hery mamitaka sy ny ankasomparana tsy an-kiato afitsoky ny andrianan' ny maizina izy, sy raha mifanandrina amin' ny hery rehetra ampiasain' ny devoly. Tsy natao izany fanomezan-toky izany raha tsy misy ilana azy. Raha nampanantena ny fahasoavany sy ny fiarovany ny zanany Andriamanitra, dia satria misy anjely ratsy mahery hotoheriny marobe izy ireny, vonombonona, ary tsy mety sasatra, ka ny sain-dratsiny sy ny hery ananany dia tsy azo hodian-tsy fantatra na atao mosalahy ka tsy hampidi-doza.

Ireo fanahy ratsy izay noharina tsy nanana ota tamin' ny voalohany, dia nitovy toetra, hery sy voninahitra tamin' ny anjely masina izay mpitondra hafatr' Andriamanitra ankehitriny. Nefa rehefa lavo noho ny fahotana izy, dia nivondrona hanala baraka an' Andriamanitra sy handringana ny olombelona. Niandany tamin' i Satana izy tamin' ny fikomiana nataony, voaroaka niaraka taminy avy tany an-danitra, ary nandritra ireo taonjato nifandimby dia niaraniasa taminy teo amin' ny ady nataony nanohitra ny fahefan' Andriamanitra. Lazaina amintsika ao amin' ny Soratra Masina ny amin' ny fiokoany sy ny fitondram-panjakany, ny amin' ny antokony samihafa, ny amin' ny sainy sy ny hafetseny, ary ny amin' ny fikasany hisompatra ny fiadanana sy ny fahasambaran' ny olona.

Ny tantara ao amin' ny Testamenta Taloha dia milaza indraindray ny amin' ny fisian' izy ireo sy ny fomba fiasany ;fa nandritra ny fotoana naha-teto an-tany an' i Kristy no nanehoan' ireo anjely ratsy ny heriny tamin' ny fomba manaitra indrindra. Tonga i Kristy hanatontosa ilay drafitra voavolavola ho enti-manavotra ny olona, koa tapa-kevitra i Satana hanamafy ny zony hifehy an' izao tontolo izao. Efa naha-tafaorina ny fanompoan-tsampy manerana an' izao tontolo izao izy afa-tsy tany Palestina ihany. Teo amin' ny tany izay hany tsy nilefitra tanteraka tamin' ny fanapahan' ilay mpaka fanahy no nahatongavan' i Kristy hampamirapiratra ny fahazavan' ny lanitra teo amin' ny vahoaka. Hery roa mifandrafy no nifandona teto hahazo ny fahefana fara-tampony. Nanatsotra ny sandrim-pitiavany i Jesosy, niantso izay rehetra nety hahita famelan-keloka sy fiadanana ao Aminy. Hitan' ireo tafiky ny maizina fa voafetra ny fahefany hifehy ary azony tsara fa raha mahomby ny iraka nampanaovina an' i Kristy, dia hifarana tsy ho ela ny fanapahany. Romotra tahaka ny liona voafatotra i Satana ary nanao fihantsiana tamin' ny fampideraderana ny fahefany izy na tamin' ny tenan' ny olombelona na tamin' ny fanahiny.

Aseho mibaribary ao amin' ny Testamenta Vaovao fa nisy olona nitoeran' ny demonia. Ny olona azon-doza toy izany dia tsy voan' ny aretina avy amin'

ny antony mahazatra fotsiny. Fantatr' i Kristy tanteraka izay nifanehatra taminy, ary tsapany mazava ny fanatrehana mivantana sy ny asan' ny fanahy ratsy.

Misy ohatra manaitra ny amin' ny isany, ny heriny sy ny haratsiampanahiny, ary koa momba ny hery sy ny famindrampon' i Kristy omena ao amin' ny Soratra Masina eo amin' ny fitantarana ny amin' ny nanasitranana ireo demoniaka tany Gadarena. Ireo adala mahantra ireo, izay nanifakifaka izay rehetra namatorana azy, niolanolana, nandoa vory, romodromotra, dia nameno ny rivotra tamin' ny kiakiakany, nanao herisetra tamin' ny tenany ary nampidi-doza izay rehetra nanatona azy. Finaritra mijery ny tenany nivoa-dra sy rotidrotika ary ny sainy very ilay andrianan' ny maizina. Hoy ny anankiray tamin' ireo demonia izay nifehy ireo olona fadiranovana : «Legiona no anarako, satria maro izahay» [10]. Tao amin' ny tafika Rornana ny legiona dia nisy telo arivo ka hatramin' ny dimy arivo lahy . Voazara ho antoko koa ny tafik' i Satana, ary ny antoko iray nisy ireo demonia dia tsy latsaka noho ny legiona ny isan' ny demonia tao.

Rehefa nibaiko i Jesosy dia nialan' ny demonia ireto olona nampahoriny, ka lasa nipetraka tsimoramora teo an-tongotry ny Mpamonjy, tony, ary saina, ary nalemy paika. Navela hifaoka andian-kisoa ho any an-dranomasina kosa ireo demonia ;ho an' ireo mponina tao Gadarena dia navesa-danja kokoa ny fatiantoka tamin' ny kisoa noho ny fitahiana izay nomen' i Kristy, koa dia niangavy an' Ilay Andriamanitra Mpanasitrana handeha izy. Io no vokatra nokendren' i Satana ho azo. Jesosy no nomeny tsiny tamin' ny fatiantoka nanjo azy ireo, ary tamin' izany no namohazany tahotra nombam-pitiavantena tao amin' ny vahoaka, ka nisakanany azy tsy hihaino ny teniny. Miampanga mandrakariva ny Kristiana ho anton' ny fatiantoka, ny fahoriana sy ny fijaliana i Satana, fa tsy mamela ny tsiny hianjera amin' izay tena meloka, dia ny tenany sy ireo anjeliny.

Tsy voasakana anefa ny fikasan' i Kristy. Navelany handringana ny andiankisoa ny fanahy ratsy ho famaizana ireo Jiosy izay niompy ireny biby maloto ireny ahazoam-bola. Raha tsy noho ny fisakanan' i Jesosy ny demonia dia ho nazerany tany an-dranomasina, tsy ny kisoa ihany, fa na dia ny mpiandry sy ny tompony koa aza. Ny fiarovana ny mpiandry sy ny tompony dia avy tamin' ny heriny irery ihany izay nampiasainy tamim-pamindrampo mba hanafahany azy ireo. Ankoatr' izany, dia navela hitranga io toe-javatra io mba hahitan' ny mpianatra maso ny hery mahatsiravina ananan' i Satana eo amin' ny olona sy ny biby. Tian' ny Mpamonjy ny hahafantaran' ny mpanaraka Azy an' ilay fahavalo izay hosetrainy mba tsy hahavoafitaka azy sy handreseny ny saim-petsy ataony. Sitrapony koa ny hahitan' ny olona tao amin' io faritra io ny heriny manapaka ny fanandevozan' i Satana sy mahafaka ny babony. Ary na dia lasa aza ny tenan' i Jesosy, ireo olona izay nafahany tamin' ny

fomba mahagaga kosa dia nijanona hanambara ny famindrampon' Ilay nanao soa taminy.

Misy ohatra hafa mifanahatahaka amin' izany koa voarakitra ao amin' ny Soratra Masina. Nampijalian' ny devoly fatratra izay noroahan' i Jesosy tamin' ny alalan' ny teniny ny zanakavavin' ilay vehivavy Syro-foinikiana voalaza ao amin' ny Marka 7 : 26-30. Nisy «lehilahy anankiray izay demoniaka, sady jamba no moana» [11]; nisy zazalahy iray azom-panahy moana izay nampianjera azy «matetika tao anaty afo sy tao anaty rano hamonoany azy» [12]; ilay olona very saina nampahorian' ny «fanahin' ny demonia maloto» [13], ka nanakorontana ny Sabata nilamina tao amin' ny synagoga tany Kapemaomy — ireo rehetra ireo dia samy nositranin Ilay Mpamonjy be fiantra avokoa. Tamin' ny ankabeazany, dia niteny tamin' ny demonia toy ny tamin' ny manan-tsaina i Kristy, ka nandidy azy hivoaka tamin' ny olona azony ka tsy hampahory azy intsony. Ireo mpivavaka tany Kapernaomy , raha nahita ny heriny mahagaga, dia talanjona avokoa izy rehetra ka niresaka hoe : «Manao ahoana izao teny izao ! fa amin' ny fahefana sy ny hery no andidiany ny fanahy maloto dia nivoaka ireo» [14].

Araka ny fahita dia mijaly mafy ny olona azon' ny demonia ; nisy tsy araka izany anefa. Nisy nandray tsara ny hery miasa mangina avy amin' i Satana mba ahazoany hery ambony noho izay ananan' ny olombelona rahateo. Mazava ho azy fa tsy niady tamin' ny demonia ireny. Anisan' izany ireo izay nanana fanahy mahavaly, — Simona mpanao ody, Elyma mpanao fanafody, sy ilay zazavavy mpanaraka an' i Paoly sy Silasy tany Filipia.

Tsy misy olona tandindomin-doza lehibe tokoa noho ny asan' ny herin' ireo fanahy ratsy ireo tahaka izay tsy miraharaha ny teny mivantana maro ao amin' ny Soratra Masina, ka mandà ny fisian' ny devoly sy ny anjeliny ary ny fomba fiasan' ireo. Raha mbola minia tsy mahafantatra ny hafetsen' izy ireny isika, dia manana tombondahiny faran' izay makadiry amintsika izy ; maro no nihaino ny soso-keviny nefa mihevitra ho manaraka ny baikon' ny fahendren' tenany. Izany no antony ampielezan' i Satana hatraiza hatraiza ny finoana fa tsy misy izy, raha manatona ny faran' izao tontolo izao isika, dia amin' ny fotoana izay iasan' i Satana amin-kery lehibe indrindra hamitahany sy handrmganany. Tetika ampiasainy ny anafenany ny tenany sy ny fomba fiasany.

Tsy misy zavatra atahoran' ilay mpamitaka lehibe tahaka ny hahafantarantsika tsara ny fitaka ataony. Mba ahazoany manarona tsara kokoa ny tena toetrany sy ny fikasany, dia nataony izay hanehoana azy amin' ny fomba izay tsy hiteraka fihetseham-po afa-tsy fanesoesoana na fanarabiana azy. Mahafaly azy fatratra ny anaovana ny sariny ho toy ny zava-mahatsikaiky na maharikoriko, hafahafa bika, toa biby, toa olona. Mahafinaritra azy ny mandre ny anarany ampiasaina amin' ny vazivazy sy

ny fanarabiana eo amin' ireo izay mihevitra ny tenany ho manan-tsaina sy mahalala zavatra.

Noho izy nahay nanafin-tena tamim-pahakingana fanaperana no andrenesana hatraiza hatraiza ny fanontaniana manao hoe : «Misy tokoa ve izy izany e ?» Porofo mazavan' ny fahombiazany ireo laha-kevitra izay nampandainga ny fanambarana mivantana ao amin' ny Soratra Masina ary eken' ny ankabeazan' ny mpivavaka. Koa satria azon' i Satana atao tsotra izao ny mifehy ny sain' ireo izay tsy mahatsapa ny hery miasa mangina avy aminy, dia izany no anomezan' ny tenin' Andriamanitra antsika ohatra be dia be ny amin' ny asa ratsiny, izay manala sarona eo imasontsika ny heriny miafina, ka dia mampitandrina antsika amin' izany amin' ny famelezany afitsony.

Tena tokony hampivadi-po antsika tokoa ny hery sy ny hafetsen' i Satana sy ny an' ny tafika momba azy raha tsy azontsika atao ny mahita fialofana eo amin' ny hery lehibe kokoa an' ilay Mpanavotra antsika. Hamafisintsika fatratra ny tranontsika amin' ny alalan' ny karetsaka sy ny hidim-baravarana mba hiarovantsika ny fananantsika sy ny aintsika amin' ny olon-dratsy ; nefa mahalana no hiheverantsika ireo anjely ratsy izay tsy mijanona ny mitady lalana ho eo amintsika, ary tsy manana fomba ho enti-miaro ny tenantsika amin' ny fanafihana ataony isika, raha ny herintsika samirery. Raha avela hanao izany izy, dia ho vitany ny hahatonga antsika ho very saina, ny hampikorontana sy hampijalijaly ny tenantsika, ny handrava ny fananantsika sy handringana ny aintsika. Ny hany fahafinaretana ho azy ireny dia ny mampahory sy mandrava. Mahatsiravina ny manjo izay mandà tsy hankatò an' Andriamanitra fa mitolo-batana amin' ny fakampanahin' i Satana, satria amin' ny farany dia hafoin' Andriamanitra hianjadian' ny fanahy ratsy izy. Fa ireo izay manaraka an' i Kristy kosa dia voaaro mandrakariva noho ny fiambenany sy ny fikarakarany. Misy anjely mahery indrindra hirahina avy any andanitra hiaro azy. Tsy vakin' ilay ratsy ny fiarovana izay nahodidin' Andriamanitra ny vahoakany.

**Fanamarihana**

1 Joba 38 : 7
2 Heb. 2 : 7
3 Sal. 1 0 3 : 1 9-21 : Apok. 5 : 11
4 Dan. 7 : 10 ; Heb. 12 : 22
5 Mat. 28 : 3, 4
6 2 Mpanj. 19 : 35 ; 2 T an t. 32 : 21
7 Joba. 1 :9 . 10
8 Sal. 34 : 7
9 Mat. 18 : 10
10 Marka. 5 : 9
11 Matio 12 : 22
12 Marka 9 : 17 - 27
13 Liok 4 : 33 - 36
14 Lioka 4 : 36

# 32

## *Ireo fandrik' i Satana*

Madiva hifarana ny ady lehibe nifanaovan' i Kristy sy i Satana, izay tsy nanam-piatoana efa ho enina arivo taona izao ; ary mampitombo fatratra ny ezaka ataony ilay ratsy mba handravana ny asa ataon i Kristy ho an' ny olona sy hamatorana ny fanahy amin' ny fandrika velariny. Ny zavatra kendreny dia ny hitana ny vahoaka ao amin' ny haizina sy ny tsy fetezana hibebaka mandra-pahatapitry ny fanalalanana ataon' ny Mpamonjy, ka tsy hisian' ny fanatitra noho ny ota intsony.

Rehefa tsy misy ezaka manokana atao hoenti-manohitra ny heriny, rehefa manjaka eo amin' ny fiangonana sy eo amin' izao tontolo izao ny tsy firehana, dia afaka ahiahy i Satana ; satria amin' izay mantsy dia tsy mananontanona azy ny loza hahavotsotra avy eo am-pelatanany ireo izay giazany ho babon' ny sitrapony. Nefa kosa rehefa mifantoka amin' ny zavatra maharitra mandrakizay ny saina ka manontany ny fanahy hoe : «Inona no hataoko mba ho vonjena aho ?» amin' izay dia mailo izy, mitady izay handaminany ny heriny ho enti-manohitra ny herin' i Kristy sy hanakantsakanany ny hery miasa mangina avy amin' ny Fanahy Masina.

Ambaran' ny Soratra Masina fa indray andro, raha tonga ireo ahjelin' Andriamanitra hiseho teo anatrehan' i Jehovah, dia mba tonga koa i Satana niaraka tamin' izy ireo (Joba 1 : 6), tsy ny hiankohoka eo anatrehan' ny Mpanjaka mandrakizay anefa, fa ny mba hampitatra ny hasomparany hoenti-mamely ny olo-marina. Izany koa no antony anatrehany ny fivoriana rehefa miangpna hidera an' Andriamanitra ny olona. Na dia takona tsy hita maso aza izy, dia milofo fatratra mba hifehy ny sain' ny mpivavaka. Tahaka ny mpitari-tafika mahay, dia soritany mialoha ny tetik' ady hampiasainy. Rehefa hitany fa mandinika ny Soratra Masina ny mpitondra hafatr' Andriamanitra, dia raisiny an-tsoratra ny loha-hevitra haseho ny vahoaka. Amin' izany dia

mampiasa ny hafetseny sy ny hakingany rehetra izy mba hitantanany ny toe-javatra ka tsy ho tafapaka amin' ireo izay fitahiny momba io loha-hevitra io indrindra ny hafatra. Ilay olona tena mila tokoa ny fampitandremana no asesiny hanao fifampiraharahana mikasika ny asa aman-draharahany izay tsy maintsy hatrehiny, na hosakanany amin' ny fomba hafa tsy handre ny teny izay mety ho hanitry ny fiainana hanome fiainana ho azy.

Izao koa, hitan' i Satana fa itambesaran' enta-mavesatra ny mpanompon' i Jehovah noho ny haizina ara-panahy manarona ny vahoaka. Reny ny vavaka mafana hataony itadiavany ny fahasoavana sy ny herin' Andriamanitra izay hampisinda ny fandraikiraikena avy amin' ny tsy firehana, ny fanaovana an-tsirambina ary ny fitsilamodamohana. Amin' izany dia entanin-kerimpo vaovao izy mampiasa ny fahaizany. Maka fanahy ny olona izy hampanarampo ny filankanina, na amin' ny endrika hafa hanaovany ny danin' ny kibony, amin' izay dia manjary domelina ny sain' ny olona hany ka tsy ho ren' izy ireo ny zavatra izay tena ilainy indrindra hianarana.

Fantatr' i Satana tsara fa izay rehetra azony tarihina hanao an-tsirambina ny fivavahana sy ny fandinihana ny Soratra Masina dia ho resin' ny famelezany. Noho izany dia mamorona izao fitaka rehetra izao izy mba hanavesatra ny saina. Nisy hatrany ny antokon' olona nilaza ny tenany ho mpivavaka mahafatra-po, nefa tsy mandroso ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana, fa manao ny fivavahany ho fitadiavana fahalemena eo amin' ny toetra amampanahy na fahadisoan-kevitra ara-pinoana amin' ireo izay tsy mitovy hevitra aminy. Ny toy ireny dia tena tanana an-kavanan' i Satana. Tsy vitsy ireo mpiampanga ny rahalahiny, ary mihetsiketsika fatratra izy rehefa miasa Andrimanitra ka midera Azy marina ny mpanompony. Hovany endrika ny teny aman' asan' ireo izay tia ny fahamarinana sy mankatò izany. Hasehony ho toy ny voafitaka na mpamitaka ireo mpanompon' i Kristy mafana fo, mazoto sy mahafoy tena indrindra. Asa fanaon' izy ireny ny mandiso ny antony marina manesika hanao ny asa marina sy mendrika rehetra, ny mampiely safelin-kevitra, ny mamelona ahiahy ao amin' ny sain' ny tsy manana fanandramana ampy. Tadiaviny avokoa izao fomba rehetra izao mba hiheverana ny madio sy ny marina ho maloto sy mamitaka.

Nefa tsy misy tokony ho voafitaka ny amin' izy ireny. Mora foana ny mamantatra na zanak' iza na zanak' iza izy ireo, ohatra nomen' iza no arahiny, ary asan' iza no ataony. «Ny voany no hahafantaranareo azy» [1]. Ny fihetsiny dia tahaka ny fihetsik' i Satana, ilay mpanaratsy feno poizina «ilay mpiampanga ny rahalahintsika» [2].

Manana mpanompo maro vonona ny hampiseho na hevi-diso inona na manao ahoana ho enti-mamadika ny fanahy ilay mpamitaka lehibe dia ireo fampianaran-diso voakendry hifandrindra amin' izay ankafizin' ny olona samihafa sy amin' ny fahaizana aman-talentan' izy ireo izay tadiaviny

hoverezina. Ny tetik' adiny dia ny hampiditra ao amin' ny fiangonana olona tsy tso-po, tsy voaova izay hamporisika ny fisalasalana sy ny tsy finoana ka hanakana izay rehetra maniry hahita ny fandrosoan' ny fanjakan' Andriamamitra sy hiaramandroso amin' izany. Maro ireo izay tsy manana finoana marina an' Andriamanitra na ny tenany no manaiky foto-kevitra sasantsasasany momba ny fahamarinana ka misora-tena ho Kristiana, ary noho izany dia afaka manatsofoka hevi-diso avy aminy izy, izay lazainy fa fampianaran' ny Soratra Masina.

Ny filazana fa tsy mampaninona izay inoan' ny olona no iray amin' ny fitaka mahomby indrindra ampiasain' i Satana. Fantany fa ny fahamarinana raisina noho ny fitiavana izany, dia manamasina ny fanahin' ilay nandray azy ; noho izany dia mitady mandrakariva izy hanolo ny fahamarinana amin' ny laha-kevitra diso, amin' ny anganongano sy amin' ny filazantsara hafa. Hatrany am-boalohany no efa niady mafy nanohitra ny mpampianatra sandoka ny mpanompon' Andriamanitra, tsy amin' ny maha-olona mpanao ratsy azy ireny ihany, fa amin' izy mampiditra fampianaran-diso izay mampididoza ny fanahy. Elisa, Jeremia, Paoly, dia samy nanohitra mafy sy tsy tamin-tahotra ireo izay nanodina ny sain' ny olona hiala amin' tenin' Andriamanitra. Ny fahalalahan-tsaina izay mihevitra fa tsy dia zava-dehibe akory ny hananana finoana ara-pivavahana marina, dia tsy mahita hirika hidirana amin' ireo mpiaro masina ny fahamarinana ireo.

Ny fivoasana manjavozavo sy araka ny fisainana be haitraitra ny Soratra Masina, sy ireo laha-kevitra maro mifanohitra mikasika ny finoana ara-pivavahana hita eo amin' ny mpivavaka Kristiana, dia asan' ilay fahavalontsika lehibe kendreny hanakorontanana ny saina mba tsy hahitany ny fahamarinana. Ny adi-lahy sy ny fisarahambazana misy eo amin' ireo fiangonana Kristiana dia saiky avy amin' ny fomba manjaka izay manolana ny Soratra Masina hoenti-mano hana ny laha-kevitra ankafizina iray. Tsy dinihina akaiky amin' ny fo feno fanetren-tena ny tenin' Andriamanitra mba ahazoana mahafantatra ny sitrapony, fa ny ataon' ny maro dia ny mitady fotsiny hahita zavatra hafahafa na maningana.

Mba hanohanany fampianaran-diso na fomba amam-panao tsy kristiana dia misy maka ny tenin' ny Soratra Masina ka mampisaraka izany amin' ireo mialoha sy manaraka azy, ary angamba aza tapaky ny andininy iray ihany no raisiny hanamarinany ny heviny, rehefa hita fa mifanohitra indrindra amin' izany ny tapaky ny andininy sisa. Mampiasa ny hafetsen' ny menarana izy ka miery ao ivohon' ny fanambarana izay tsy misy ifandraisana akory fa narafidrafitra mba hifanaraka amin' ny ara-nofo. Toy izany no ataon' ny maro izay ninia nanolana ny tenin' Andriamanitra. Ny hafa kosa, manana saina mazoto mamoron-javatra, ka mandray ireo sary aman' ohatra ao amin' ny Soratra Masina ary manazava ireny hifanaraka amin' ny eritreritra

foroniny, sady tsy mihevitra firy fa ny tenin' ny Soratra Masina ihany no manazava azy, ary amin' izany dia asehony ho fampianaran' ny Baiboly ny firenirenen' ny sainy.

Na oviana na oviana andinihana ny Soratra Masina ka tsy amin' ny toe-tsaina entanim-bavaka, feno fanetren-tena sy azo ampianarina no anaovana izany, dia ho voaolana tsy ho amin' ny tena dikany ireo toko sy andininy mazava sy tsotra indrindra ary toy izany koa ireo sarotra indrindra. Ireo mpitarika eo amin' ny fahefana papaly dia mifantina teny sasany ao amin' ny Soratra Masina izay manohana ny fikasany ka voasany hifanaraka amin' ny heviny, rehefa izany dia arosony eo amin' ny vahoaka izay fefeny tsy hanana ny tombontsoa handinika ny Baiboly sy hahafantatra ireo fahamarinana masina raketiny ho an' ny tenany. Tokony homena ny vahoaka araka izay fivakiny ny Baiboly manontolo. Ho tsaratsara kokoa ho azy ireo ny tsy hanana fampianarana ara-Baiboly mihitsy toy izay handray fampianarana ny Soratra Masina iniana ovana an-kitsirano izao.

Notendrena ho mpitari-dalana izay rehetra maniry hahafantatra ny sitrapon' Ilay Mpanao azy ny Baiboly. Nomen' Andriamanitra ny olona ny teny azo antoky ny faminaniana ; ny anjely, ary Kristy mihitsy aza, no tonga nampahafantatra an' i Daniela sy Jaona ny zavatra tsy maintsy ho tonga faingana. Ireo zava-dehibe mikasika ny famonjena antsika ireo dia tsy navela ho fonosin' ny zava-miafina. Tsy nambara tamin' ny fomba hahavery hevitra sy handiso lalana izay tena mikasika tokoa ny fahamarinana izany. Hoy Jehovah amin' ny alalan' ny mpaminany Habakoka : «Soraty ny fahitana, ka ataovy velona tsara ny soratra eo amin' ny fafana, mba ho azon' ny mihazakazaka vakiana aza» [3]. Mazava ho an' izay rehetra mandinika izany amin' ny fo mivavaka ny tenin' Andriamanitra. Ny fanahy tena tsotra rehetra dia ho tonga eo amin' ny fahazavan' ny fahamarinana. «Ny fahazavana no voafafy ho an' ny marina»[4]. Ary tsy misy fiangonana afa-mandroso amin' ny fahamasinana raha tsy mikatsaka fatratra ny fahamarinana toy ny fitady harena nafenina ny mambra ao.

Ny antsoantso milaza «fahalalahan-tsaina» dia manajamba ny olona tsy hahita ny fitaky ny fahavalo izay milofo andro aman' alina mba hanatanterahany ny zava-kendreny. Rehefa mahomby izy eo amin' ny fanoloana ny Baiboly amin' ny hevi-dravin' olombelona, dia voailikilika ny lalàn' Andriamanitra, ka amin' izay ny fiangonana dia eo ambanin' ny fanandevozan' ny fahotana, na dia milaza ny tenany fa afaka aza.

Ho an' ny olona maro, dia manjary ozona ny fikarohana aratsiansa. Navelan' Andriamanitra hitosaka amin' izao tontolo izao ny fahazavana vokatr' ireo zava-baovao hitan' ny siansa sy ny zavakanto ; nefa na dia ny saina maranitra indrindra aza, raha tsy tarihin' ny tenin' Andriamanitra

eo amin' ny fikarohana ataony, dia manjary mitonantonana eo amin' ny fiezahany hanadihady ny fifandraisan' ny siansa sy ny fanambarana.

Sombitsombiny sady tsy tanteraka ny fahalalan' ny olombelona ny zavatra ara-nofo sy ara-panahy ; noho izany dia maro no tsy afaka mampifandrindra ny fomba fijerin' ny siansa amin' ny filazan' ny Soratra Masina. Betsaka ny olona no mandray ny laha-kevitra sy ny vinavinan-kevitra ho tena zava-misy ara-tsiansa, ary heveriny fa tokony hosedraina «amin' izay atao hoe fahalalana kanjo tsy tena izy» [5]ny tenin' Andriamanitra. Tsy takatry ny sainy ny Mpamorona sy ny asany , ary satria tsy hainy hazavaina amin' ny alalan' ny lalàna voa-janahary miasa eo amin' ny zava-boahary izany, dia raisiny ho tsy azo inoana ny tantara lazain' ny Baiboly. Ireo izay misalasala ny amin' ny fahamarinan' ny tantara ao amin' ny Testamenta Taloha sy Vaovao dia matetika no manao dingana lavidavitra kokoa ka misalasala ny amin' ny fisian' Andriamanitra ary manao ny zava-boahary ho manankery tsy misy fetra. Navotsony ny vatofantsika namaharany ka dia avela hiapokapoka eny amin' ny harambaton' ny tsy finoana izy ireo.

Toy izany no mahatonga ny olona maro hiala amin' ny finoana ka ho voafitaky ny devoly. Niezaka ho hendry noho ny Mpamorona azy ny olona ; niezaka ny hanadihady sy hanazava ireo zava-miafina izay tsy ho voaseho mihitsy mandritra ny mandrakizay ny fahendren' ny olombelona. Raha tahiny nikaroka izay nambaran' Andriamanitra momba ny tenany sy hahafantatra ny fikasany ny olona. dia ho nahazo fahitana momba ny voninahitra. ny fahalehibeazana sy ny herin' i Jehovah izy ka ho nahatsapa ny fahakelezany sy ho afa-po amin' izay ambara aminy sy amin'ny zanany.

Sangan' asa famitahan' i Satana ny hitana ny sain' ny olona handinika sy haminavina izay tsy nampahafantarin' Andriamanitra sy izay tsy nokasainy ho takatry ny fisainantsika. Toy izany no nahavery ny toeran' i Losifera tany an-danitra. Nanjary sorena izy noho ny tsy nanambarana taminy ireo zava-miafina rehetra momba ny fikasan' Andriamanitra, ary dia tsy noraharahainy mihitsy izay nambara mikasika ny asan' ny tenany teo amin' ny toerana ambony nametrahana azy. Nanetsika fahasosorana toy izany koa ao amin' ireo anjely teo ambany fanapahany izy, ka nahatonga azy ireo ho lavo. Ankehitriny dia mitady ny hamonto ny sain' ny olona amin' ny toe-tsaina toy izany izy ka hitaona azy tsy hiraharaha ny baiko mivantana nomen' Andriamanitra.

Ireo izay tsy vonona hanaiky ireo fahamarinana tsotra nefa mikapa toa sabatra maranitra ao amin' ny Baiboly dia mitady mandrakariva ny anganongano mahafinaritra izay hampitony ny feon' ny fieritreretany. Arakaraka ny maha-maivana ny lafiny arapanahy amin' ny fampianarana sy maha-kely ny famoizana amampanetren-tena takiny, dia arakaraka izany koa no maha-lehibe ny fankasitrahana handray azy. Ireny olona

ireny dia mampihena ny heriny ara-tsaina mba hanompo ny faniriany ara-nofo. Mihevi-tena ho hendry loatra izy ka tsy mandinika ny Soratra Masina amin' ny fanahy torotoro ombam-bavaka mafana hitadiavany ny fitarihan' Andriamanitra, hany ka tsy manana ampinga miaro amin' ny fitaka. Vonona i Satana hanatanteraka ny fanirian' ny fo, ka vola sandoky ny fitaka no asolony ny fahamarinana. Toy izany ny hahazoan' ny fahefana papaly hery hangeja ny sain' ny olona ; ary amin' ny fandavany ny fahamarinana satria misy hazo fijaliana momba izany, dia mizotra amin' io lalana io koa ny Protestanta. Izay rehetra manao an-tsirambina ny tenin' Andriamanitra ka mikatsaka izay mampilamindamina ny fiainany sy ny tetika izay tsy hiavahany amin' izao tontolo izao, dia havela handray ny hevi-diso maha-meloka ho toy ny fahamarinana ara-pivavahana. Vonon-kanaiky izao karazam-pahadisoan-kevitra rehetra izao izay minia mitsipaka ny fahamarinana. Izay tsiravina eo am-pahitana fitaka anankiray dia mety ho vonona handray fitaka hafa. Ny apostoly Paoly raha milaza ny amin' ny antokon' olona izay «tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy», dia niteny hoe : «Koa izany no ampanantenain' Andriamanitra fahadisoan-kevitra aminy hinoany lainga mba hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina fa nankasitraka ny tsy marina» [6].

Koa satria manoloana izany fampitandremana izany isika, dia aoka ho mailo fatratra ny amin' ny fampianarana raisintsika.

Anisan' ny fitaovana mahomby indrindra ampiasain' ilay mpamitaka lehibe ireo fampianarana sandoka sy fahagagana mandainga ataon' ny filalaovana angatra. Maka ny endriky ny anjelin' ny mazava i Satana, ary mamelatra ny haratony eo amin' ny toerana tsy ampoizina indrindra. Ampy ho an' ny olona ny mandinika fotsiny ny Bokin' Andriamanitra amim-pivavahana mafana mba ahazoany ny hevitr' izany, dia tsy havela hitakizina ao amin' ny haizina izy ka handray fampianarana sandoka. Nefa kosa rehefa mitsipaka ny fahamarinana izy dia ho babon' ny famitahana.

Ny hevi-diso mampidi-doza anankiray koa dia ny fampianarana izay mitsipaka ny maha-Andriamanitra an' i Kristy, ka milaza fa tsy nisy Izy talohan' ny fiaviany teto amin' izao tontolo izao. Antokon' olona maro izay milaza fa mino ny Baiboly no manaiky io laha-kevitra io ; nefa dia manohitra mivantana ny filazana mazava indrindra ataon' ny Mpamonjy momba ny fifandraisany amin'ny Ray, ny toetra maha-Andriamanitra Azy, ary ny fisiany talohan' ny nahatongavany ho nofo. Tsy azo ekena mihitsy ity hevitra ity raha tsy hoe iniana aolana ny Soratra Masina, izay tsy tokony hatao. Tsy manambany fotsiny ny fiheveran' ny olona ny asam-panavotana izany, fa mandrodana hatrany amin' ny fotony mihitsy koa ny finoana ny Baiboly ho fanambarana avy amin' Andriamanitra. Mainka mahatonga io fampianarana io ho mampidi-doza izany, nefa koa mainka mahasarotra ny fanoherana

azy. Raha misy olona mitsipaka ny fanambaran' ny Soratra Masina izay avy amin' ny tsindrimandry mikasika ny maha-Andriamanitra an' i Kristy, dia herim-po very maina ny miady hevitra ny aminy ; satria tsy misy fonjan-kevitra, na izay mampiaiky toy inona aza, afaka handresy lahatra azy. «Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an' ny Fanahin' Andriamanitra ; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany» [7]. Na iza na iza mifikitra amin' io hevi-diso io dia tsy afaka hanana fahalalana marina ny amin' ny toetran' i Kristy na ny amin' asa nanirahana Azy, na ny amin' ny drafitra lehibe nataon' Andriamanitra ho fanavotana ny olombelona.

Ny hevi-diso iray koa mifono hafetsen-dalina sy manimba dia ny finoana fatra-piely haingana dia haingana milaza fa i Satana dia tsy tena manana fisiana tsy akory, fa ny anarana anononana azy dia ampiasain' ny Soratra Masina ho enti-mampiseho fotsiny ny eritreri-dratsin' ny olona sy ny fanirian-dratsiny.

Ny fampianarana manakoako hatraiza hatraiza avy amin' ny polipitra ankafizim-bahoaka fa ny fiavian' i Kristy fanindroany dia ny fiaviany amin' ny tsirairay amin' ny andro ahafatesana, dia fitaka hoenti-mampivily ny sain' ny olona tsy hijery ny fiaviany ara-batana eny amin' ny rahon' ny lanitra. Nandritra ny taona maro i Satana no efa niteny hoe : «Indro, ao an' efitrano Izy» [8]ka maro ireo fanahy very noho ny nanekeny io fitaka io.

Ampianarin' ny fahendrena araka izao tontolo izao koa fa tsy tena ilaina tsy akory ny vavaka. Ny olona mandalina siansa dia milaza fa tsy mety hisy ny tena valim-bavaka marina ; lazainy fa fitsipahana ny lalana ny fahagagana ary tsy misy tsy akory ny fahagagana. Izao rehetra izao hoy izy, dia fehezin' ny lalàna tsy miova ary na dia Andriamanitra aza tsy afaka manao na inona na inona hanoherany ireo lalana ireo. Asehony ho voafatotry ny lalana nataon' ny tenany Andriamanitra — toy ny manafoana ny fahafahan' Andriamanitra ny fiasan' ny lalàna nataony. Mifanohitra amin' ny fanambaran' ny Soratra Masina ny fampianarana toy izany. Moa ve tsy nisy fahagagana nataon' i Kristy sy ny Apostoly ? Mbola velona mandrak' ankehitriny iny Mpamonjy mangora-po iny, ary vonon-kihaino ny fivavahana ataon' ny finoana tahaka ny fony Izy nandehandeha hita maso teo anivon' ny olona. Miara-miasa ny herin' ny zava-boahary sy ny hery ambonin' ny zava-boahary. Isan' ny soritr' asa nataon' Andriamanitra ny hanome antsika, ho valin' ny vavaky ny finoana, izay tsy natolony raha tsy nangatahintsika.

Tsy hita isa ireo fampianaran-diso sy hevi-dravina mahazo laka eo amin' ny fiangonana kristiana. Tsy voavinavina ny ratsy vokatry ny fanesorana ny iray amin' ireo tsatoka napetraky ny tenin' Andriamanitra. Vitsy ny olona izay manandrakandrana ny manao izany no mijanona tsy hitsipaka afa-tsy fahamarinana iray ihany. Ny ankabeazan' ny olona dia manesy mandao

hatrany hatrany ireo foto-kevitry ny fahamarinana, mandra-pahatonga azy ho tena tsy mpino mihitsy.

Ireo hevi-dison' ny teolojia ankafizin' ny besinimaro dia nitarika fanahy sesehena ho amin' ny toe-tsaina fatra-pisalasala ny amin' ny zavatra rehetra, kanefa dia nety ho tonga mpino ny Soratra Masina izy ireny. Tsy azony atao ny hanaiky foto-pinoana izay manao tsinontsinona izay heveriny ho fahamarinana, famindrampo ary fahalemem-panahy ; ary koa satria aseho ho fampianaran' ny Soratra Masina ireo dia laviny ny handray ny Baiboly ho tenin'Andriamanitra.

Ary io indrindra no zavatra tadiavin' i Satana hotanterahina. Tsy misy iriny kokoa noho ny handrodana ny fahatokisana an' Andriamanitra sy ny teniny. Mitarika ilay tafika makadirin' ny mpisalasala i Satana, ary mampiasa ny faraheriny rehetra izy mba hisarika fanahy ka hirotsaka eo amin'ny laharany. Manjary «lamaody» ny misalasala. Misy antokon' olona maro izay mihevitra ny tenin' Andriamanitra ho tsy azo itokisana noho ny antony tsy itokisany koa Ilay niavian' io Soratra Masina io dia noho izy manakiana sy manameloka ny fahotana. Miezaka ny handrava ny fahefany ireo izay tsy ta-hankatò ny fitakiany. Mamaky ny Baiboly izy, na mihaino ny fampianarana momba izany araka ny itoriana izany avy eny amin' ny polipitra masina, mba hahitany fotsiny fahadisoana ao amin' ny Soratra Masina na ao amin' ny toriteny. Tsy vitsy no manjary tsy mpino mba hanamarinany na hanalany tsiny ny tenany noho ny fanaovany an-tsirambina ny adidiny. Ny sasany indray manaraka ireo foto-kevitra feno fisalasalana ny amin' ny zavatra rehetra noho ny avonavona sy ny fahalainana. Tia loatra ny fahafinaretana izy ka tsy te-hiavaka amin'ny fanaovana na inona na inona izay mendrikaja, izay mitaky fiezahana sy fahafoizan-tena, ka miezaka ny hampahalaza ny tenany ho manana fahendrena ambony kokoa amin' ny fitsikerany ny Baiboly. Betsaka ny zavatra izay tsy mety ho takatry ny saina voafetra raha tsy hazavain' ny fahendren' Andriamanitra ; koa izany no antony ahitany zavatra hodisoina. Maro ny olona toa mahatsapa fa mariky ny fahambonian-toetra ny fiandaniana amin' ny tsy finoana, ny fisalasalana sy ny tsy fahatokisana amin' Andriamanitra. Nefa ao ambanin' ny toa fahatsoram-po isalorany dia hita fa fahatokian-tena sy avonavona no manetsika ireo olona toy izany. Misy betsaka no finaritra mahita zavatra ho enti-mampikorontana ny sain' ny hafa ao amin' ny Soratra Masina. Misy avy hatrany dia mitsikera sy misaina amin' ny fomba diso noho ny fitiavany adi-hevitra fotsiny. Tsy tsapany akory fa mampiditra ny tenany ao amin' ny fandriky ny mpihaza izy amin' izany fomba izany. Rehefa nambarany ampahibemaso anefa ny tsy finoany, dia heveriny fa tsy maintsy mitana ny heviny izy. Amin' izay dia tafaray amin' izay tsy tia vavaka izy ary manakatona ny varavaran' ny Paradisa tsy hidirany.

Ampy ny porofo nomen' Andriamanitra ao amin' ny teniny ny amin' ny maha-avy amin' Andriamanitra azy. Aseho mazava ao ireo fahamarinana lehibe mikasika ny fanavotana antsika. Mety ho takatry ny olona tsirairay ho an' ny tenany ireo fahamarinana lehibe ireo noho ny fanampian' ny Fanahy Masina, Izay nampanantenaina ho an' izay rehetra mikatsaka izany amin' ny fo madio. Nanome fanorenana azo antoka ny olombelona hametrahany ny finoany Andriamanitra.

Na dia izany aza, ny saina voafetra ananan' ny olombelona dia tsy ampy hahatakatra tanteraka ny drafitra sy ny fikasan' Ilay tsy voafetra. Tsy ho azontsika atao na oviana na oviana ny hahalala an' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fikarohana. Aoka isika tsy hanandrana hanainga amin' ny tanana sahisahy ny efitra lamba izay nanaronany ny voninahiny. Loa-bolana ny apostoly hoe: «Ny fitsarany tsy hita lany, ary ny lalany tsy azo fantarina ! »[9]

Na izany aza dia misy faritra mety ho takatry ny fisainantsika ihany amin' ny fitondrany antsika sy ireo antony manetsika Azy hanao izany, ka dia azontsika atao ny hahita ny fitiavany sy ny famindrampony tsy hita lany miaraka amin' ny heriny tsy manampetra. Mandamina ny zavatra rehetra amim-pahendrena sy amimpahamarinana ny Raintsika any an-danitra ka tsy tokony haneho tsy fahafaham-po na tsy fitokisana isika fa kosa hiankohoka eo anatrehany amim-panekena feno fanajana. Hasehony antsika ny fikasany rehetra tsara ho fantatsika, ary ankoatr' izany, dia tsy maintsy matoky Ilay sandry manana ny hery rehetra isika, sy Ilay fo feno fitiavana.

Na dia nanome porofo betsaka ahazoana mino aza Andriamanitra, dia tsy hanaisotra na oviana na oviana ny fialan-tsiny rehetra tsy hinoana Izy. Izay rehetra mitady faraingo hanantonany ny fisalasalany dia hahita izany. Ary izay rehetra mandà tsy hanaiky sy hankatò ny tenin' Andriamanitra mandra-pahafaky ny fanoherana rehetra, ka tsy hisian' ny ahazoany misalasala intsony na kely aza, dia tsy ho tonga na oviana na oviana eo amin' ny fahazavana.

Ny tsy fahatokiana an' Andriamanitra dia tonga ho azy ao amin' ny fo tsy voaova. Ny finoana kosa dia avy amin' ny Fanahy Masina, ary tsy tsara faniry izany, raha tsy kolokoloina. Tsy misy olona mety hatanjaka amin' ny finoana raha tsy manao fiezahana hentitra. Miha-matanjaka ny tsy finoana rehefa ampaherezina; ary raha misy olona tsy miorina eo amin' ireo porofo mazava izay nomen' Andriamanitra mba hanohanana ny finoany, fa mamela ny tenany hisalasala lava eny sy hiady hevitra tsy misy farany, dia ho hitany fa hihalalimpaka hatrany ny tsy finoany.

Ireo izay misalasala ny amin' ny teny fikasan' Andriamanitra anefa ka tsy matoky ny teny nomeny momba ny fahasoavany dia manala baraka Azy ; ary tsy mitarika ny hafa ho eo amin' i Kristy ny hery miasa mangina avy aminy fa mainka manosika azy ireny hiala Aminy. Hazo tsy mamoa ireo, izay mampisandrahaka lavitra ny sampany matevina ka misakana

ny tanamasoandro tsy ho tafapaka amin' ny zava-maniry hafa ary mahatonga azy ireo hilofika sy ho faty noho ny aloka manimba azy. Ny asan' ireny olona ireny mandritra ny fiainany dia ho vavolombelona tsy hangina hiampanga azy. Mamafy voan' ny tsy finoana sy ny fisalasalana ny amin' ny zavatra rehetra izy, izay azo antoka tokoa fa tsy maintsy hitondra vokatra.

Tsy misy afa-tsy lalan-tokana no azon' ireo izay maniry tokoa ho afaka amin' ny fisalasalana hizorana. Aoka tsy hisalasala na hanao fanadihadiana tsy izy mikasika izay tsy takatry ny saíny izy, fa kosa hitandrina ny fahazavana izay efa mamirapiratra sahady eo aminy ; amin' izay dia handray fahazavana lehibebe kokoa izy. Aoka izy hanatontosa ny adidy rehetra izay voasoritra mazava ao amin' ny saíny, dia ho afaka hahafantatra tsara sy hanatanteraka ireo izay mampisalasala azy ankehitriny izy.

Azon' i Satana atao ny manolotra hala-tahaka mifandraika akaiky dia akaiky amin' ny fahamarinana hany ka ho voafitaka izay rehetra te-ho voafitaka, dia izay te-hisoroka ny fandavan-tena sy ny fahafoizan-tena takin' ny fahamarinana ; fa tsy azony atao kosa anefa ny hitana eo ambanin' ny fanapahany fanahy iray izay maniry marina tokoa amin' ny fony hahalala ny fahamarinana, na ho mona na ho inona no ho vokatr' izany. Kristy no Fahamarinana ary Izy no Fahazavana «Izay mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao» [10]. Nirahina hitari-dalana ny olona ho amin' ny marina rehetra ny Fanahin' ny fahamarinana. Ary izao no voalaza araka ny fahefan' ny Zanak' Andriamanitra : «Mitadiava dia hahita ianareo». «Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy» [11].

Kely ihany no fantatr' ireo mpanaraka an' i Kristy ny amin' ny vela-pandrika ataon' i Satana sy ny anjeliny hoenti-mamely azy. Ilay mipetraka any an-danitra kosa dia hanapaka ireo tetika rehetra ireo mba hanatanterahany ny fikasany lalina. Avelan' ny Tompo hiaritra ny fizahan-toetra mahamay ho vokatry ny fakam-panahy ny vahoakany, tsy noho Izy mahita fahafinaretana eo amin' ny fijaliany sy ny fahoriany tsy akory, fa satria ilaina izany hahazoana ny fandresena farany . Tsy azony atao, ny hiaro azy ireo tsy ho tratran' ny fakam-panahy, satria tsy mifanaraka amin' ny voninahitry ny tenany izany ; ny anton' ny fitsapana mantsy dia ny hanomanana azy ireo hahatohitra ny fitaomana rehetra hataon' ny ratsy.

Tsy ny ratsy fanahy na ny devoly no hahasakana ny asan' Andriamanitra, na ny fanatrehany tsy ho eo amin' ny vahoakany, raha tahiny miaiky ny helony sy miala amin' ny fahotany amin' ny fo torotoro sy manetry tena izy, ka mitaky ny teny fikasana amim-pinoana. Ny fakam-panahy rehetra, ny fitaomana mangina manohitra an' Andriamanitra rehetra, na miharihary na miafina, dia samy azo toherina amim-pahombiazana

daholo, «tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin' ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon' ny maro» [12].

«Fa ny mason' ny Tompo dia mitsinjo ny marina, ary ny sofiny mihaino ny fitarainany. . . ary iza no hanisy ratsy anareo, raha mazoto amin' izay tsara ianareo ?» [13]Fony Balama, babon' ny valisoa sarobidy nampanantenaina azy ka nanao sikidy hoenti-mamely an' Isiraely, sady nitady ny hanozonana ny vahoakan' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny fanatitra nateriny ho Azy, dia nosakanan' ny Fanahin' Andriamanitra ny ratsy nirin' i Balama holazaina ka voatery niteny i Balama hoe : « Hataoko ahoana no fanozona izay tsy nozonin' Andriamanitra ? Ary hataoko ahoana no fisahato izay tsy nosahatoin' i Jehovah ?» «Aoka ho tahaka ny fahafatesan' ny olo-marina ny fahafatesako, ary koa ny fiafarako ho tahaka ny azy». Rehefa naterina fanindroany ny fanatitra, dia hoy ilay mpaminany tsy natahotra an' Andriamanitra : «Indro ny hitahy no efa azoko, ary efa nitahy Izy, ka tsy mahova izany aho. Tsy mijery faharatsiana eo amin' i Jakoba Izy. Ary tsy mahita fahoriana eo amin' ny Isiraely ; Jehovah Andriamanitra no momba azy ary hoby fanao amin' ny andriana no re ao aminy». «Fa tsy misy fisikidianana eo amin' i Jakoba, ary tsy misy fankatovana eo amin' ny Isiraely. Fa amin' ny fotoana no hilazana amin' i Jakoba sy Isiraely izay efa nataon' i Jehovah !» Na dia izany aza dia natsangana fanintelony ny alitara, ary nanandrana ny hanozona indray i Balama. Ny molotr' ilay mpaminany tsy ta-hanao izany anefa no nentin' ny Fanahin' Andriamanitra nanambara ny fanambinana ny olom-boafidy sy nanome tsiny ny hadalana sy ny haratsiam-panahin' ny fahavalony: «Hohasoavina anie izay manisy soa anao, ary ho vaozona anie izay manozona anao ! » [14]

Nahatoky tamin' Andriamanitra ny vahoaka Isiraely tamin' izany fotoana izany ; ary raha mbola nitohy nankatò ny lalàny izy, dia tsy nisy hery na teto an-tany na tany amin' ny helo afaka nandresy azy. Ilay ozona izay efa tsy navela notononin' i Balama tamin' ny vahoakan' Andriamanitra anefa dia tanterany tamin' ny farany tamin' ny nitaomany am-pitaka azy ireo hanota. Rehefa nandika ny didin' Andriamanitra izy ireo dia tafasaraka taminy, ka navela hahatsapa ny herin' ilay mpandringana.

Fantatr' i Satana tsara fa ny fanahy osa indrindra izay mitoetra ao amin' i Kristy dia mahery noho ny andian-tafiky ny maizina, ary fantany fa raha miseho mivantana izy, dia ho voatohitra. Noho izany dia miezaka ny hitaona ny miaramilan' ny hazo fijaliana hivoaka ny manda mafy miaro azy izy, nefa manao otrika hamelezana azy miaraka amin' ny foloalindahiny, vonona ny handringana izay rehetra sahisahy manitsaka ny faritaniny: Amin' ny fiankinana amimpanetren-tena amin' Andriamanitra ihany, sy ny fankatoavana ny didiny, no misy fiarovana azo antoka ho antsika.

Tsy misy na iza na iza afa-doza indray andro na ora iray raha tsy mivavaka. Indrindra tokony hitalaho mafy amin' ny Tompo isika hanomezany antsika

fahendrena mba hahafantarantsika ny hevitry ny teniny. Abaribary ao ireo fandrika velarin' ilay mpaka fanahy sy ny fomba ahazoana manohitra izany amim-pandresena. Havanana amin'ny fampiasana toko sy andininy ao amin' ny Soratra Masina i Satana, ka ny teniny ihany no nanazava ny teny izay antenainy fa hahatonga antsika ho tafintohina. Tokony handinika ny Baiboly amin' ny fo feno fanetren-tena isika, ka tsy ho hadinontsika mihitsy ny fiankinantsika amin' Andriamanitra. Raha eo ampiambenana lalandava tsy azon' ny fitak' i Satana isika, dia aoka hivavaka mandrakariva amim-pinoana hoe : «Aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy».

**Fanamarihana**

1 Mat. 7: 16
2 Apok. 12: 10
3 Hab. 2 : 2
4 Sal. 97 : 11
5 1 Tim. 6 : 20
6 2 Tes. 2 : 10-12
7 1 Kor. 2 : 14
8 Mat. 24 : 23-26
9 Rom.11:33
10 Jao. 1 : 9
11 Mat. 7: 7; Jao. 7 : 17
12 Zak. 4 : 6
13 1 Pet. 3: 12, 13
14 Nom. 23: 8, 10, 20, 21, 23 ; 24 : 9

# 33

## *Ilay fitaka lehibe voalohany*

Raha vao niandoha ny tantaran ‘ ny olombelona dia nanomboka koa ny ezaka ataon’ i Satana hamitahana azy. Ilay nampirisika ny fikomiana tany an-danitra dia naniry koa ny hitarika ny mponina etý an-tany hiandany aminy eo amin’ ny ady ataony amin’ ny fitondram-panjakan’ Andriamanitra. Safononoka ny fahasambaran’ i Adama sy Eva raha mbola nitandrina ny lalàn’ Andriamanitra izy ireo, ary izany dia vavolombelona hatrany nanohitra ny teny noantitranterin’ i Satana tany an-danitra, fa manandevo ny lalàn’ Andriamanitra sady fahavalon’ ny soa ho an’ ny voahariny. Afa-tsy izany, dia nampihetsika ny fialonan’ i Satana ny fahitany ny tokantrano kanto dia kanto nomanina ho an’ ireo mpivady tsy nanam-pahotana.

Tapa-kevitra ny handavo azy izy, ka rehefa nahatafasaraka azy ireo tamin’ Andriamanitra sy nahatonga azy ho eo ambany fahefany, dia mety ho lasany koa mbamin’ ny tany ary dia haoriny eto ny fanjakany izay hifanohitra amin’ ny an’ ny Avo Indrindra.

Raha niseho araka izay tena toetra maha-izy azy i Satana, dia ho voatosika avy hatrany izy, satria efa nampitandremana ny amin’ io fahavalo mampididoza io i Adama sy Eva ; tao amin’ ny haizina anefa no niasany, nafeniny ny fikasany mba hahombiazany bebe kokoa eo amin’ ny fanatanterahana ny zava-kendreny. Nataony ho fiasana fotsiny ny menarana izay biby nanana endrika maha-tehizaha tamin’ izay, fa i Satana mihitsy no niteny tamin’ i Eva hoe : «Hanky ! Efa nataon’ Andriamanitra hoe : Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin’ ny saha?»[1] Raha nahafehy tena tsy hiady hevitra tamin’ ny mpaka fanahy i Eva dia ho afa-doza izy ; nefa sahisahy nifamaly taminy izy ka nanjary hazan’ ny hafetseny .Toy izany ihany no mbola maharesy ny maro .Misalasala izy ka miady hevitra ny amin’ ny fitakian’ Andriamanitra;

ary tsy mankatò ny baikon' Andriamanitra izy, fa manaiky ny laha-kevitr' olombelona, izay tsy inona fa saron-tavan' ny fitaka ataon' i Satana ihany

«Fa hoy ravehivavy tamin' ny menarana : ny voan' ny hazo eo amin' ny saha dia azonay ihinanana ihany ; fa ny voan' ny hazo eo afovoan' ny saha kosa no efa nataon' Andriamanitra hoe : Aza ihinananareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo .Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy : tsy ho faty tsy akory ianareo ; fa fantatr' Andriamanitra fa amin' ny andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an' Andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy » [2].

Nolazainy fa hitovy amin' Andriamanitra izy, ka hanana fahendrena bebe kokoa noho ny teo aloha, ary ho afaka hanana fari-piainana ambonimbony kokoa. Nitolo-batana ho resin' ny fakampanahy i Eva; ary noho ny fitaomany dia voatarika hanota koa i Adama. Neken' izy ireo ny tenin' ny menarana nilaza fa tsy hotanterahin' Andriamanitra izay nolazainy; tsy natoky ny Mpahary azy izy ka nihevitra fa namepetra ny fahafahany Andriamanitra, ary mety hahazo fahendrena be sy hisandratra ho ambony izy amin' ny fandikana ny lalàny.

Inona anefa, taorian' ny nanotany, no hitan' i Adama fa hevitry ny teny hoe: «Amin' ny andro izay hihinananareo azy dia ho faty tokoa ianareo». Hitany ve fa midika araka izay nampinoan' i Satana azy izany, dia ny hahatafakatra azy ho amin' ny fari-piainana ambonimbony kokoa ? Raha izany dia marina tokoa fa misy soa lehibe mety ho azo amin' ny fandikana ny lalàna, dia ho voaporofo fa mpanasoa ny taranak' olombelona i Satana. Nefa tsy izany no hitan' i Adama fa dikan' ny tenin' Andriamanitra, fa ho sazin' ny fahotana nataony, dia hiverina amin' ny tany nakana azy ny olombelona. «Fa vovoka ianao, ary hiverina ho amin' ny vovoka indray ianao» [3]. Ny teny nataon' i Satana hoe: «Hahiratra ny masonareo», dia hita fa marina amin' izao lafiny izao ihany: Rehefa tsy nankatò an' Andriamanitra i Adama sy i Eva, dia nihiratra ny masony ka hitany mazava ny hadalany; nahalala ny ratsy tokoa izy, ary nanandrana ny vokatra mangidin' ny fandikan-dalàna.

Teo afovoan' i Edena no nanirian' ny hazon' aina, ka ny voany dia manankery hampaharitra ny fiainana ho mandrakizay. Raha tahiny nitoetra ho mankatò an' Andriamanitra i Adama, dia mbola ho afaka malalaka hankeo amin' io hazo io izy, ary ho velona mandrakizay. Nefa rehefa nanota izy, dia nosakanana tsy hihinana amin' ny voan' ny hazon' aina izy, ka nanjary nety maty. Manondro ny famongorana tanteraka ny aina ny didim-pitsaran' Andriamanitra hoe: «Fa vovoka ianao, ary hiverina ho amin' ny vovoka indray ianao».

Voasakan' ny fandikan-dalàna ny tsy fahafatesana mandrakizay nampanantenaina ny olona raha nankatò izy. Tsy azon' i Adama nafindra tamin' ny taranany izay tsy nananan' ny tenany; ary tsy ho nisy fanantenana ho an' ny taranaka lavo, raha tsy nataon' Andriamanitra mety ho azony tamin' ny alalan' ny nanaterany ny Zanany ho fanatitra ny tsy fahafatesana.

Fa raha «nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra», Kristy kosa dia nampiseho mazava tsara tamin' ny filazantsara «ny fiainana sy ny tsy fahalovana mandrakizay» [4]. Koa amin' ny alalan' i Kristy irery ihany no mety ahazoana ny fiainana mandrakizay. Hoy i Jesosy; «Izay mino ny Zanaka no manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana» [5]. Ny olona tsirairay dia mety hahazo io fitahiana sarobidy indrindra io raha manatanteraka ny fepetra izy. Izay rehetra «maharitra manao soa mandrakariva ka mitady voninahitra sy laza ary tsy fahafatesana», dia handray «fiainana mandrakizay» [6].

Ny hany nampanantena fiainana ho an' i Adama ao amin' ny tsy fankatoavana dia ilay mpamitaka lehibe. Ary ny fanambarana nataon' ny menarana tamin' i Eva tao Edena hoe: — «Tsy ho faty tsy akory hianareo» no toriteny voalohany natao hatramin' izay momba ny tsy fahafatesan' ny fanahy. Io fanambarana io anefa, izay tsy miorina afa-tsy amin' ny fahefan' i Satana, dia manakoako avy eny amin' ny polipitry ny fiangonana Kristiana ary eken' ny ankabeazan' ny olombelona mora foana tahaka ny nandraisan' ireo ray amandrenintsika voalohany azy. Ny didim-pitsaran' Andriamanitra manao hoe : «Ny fanahy izay manota no ho faty» [7]dia lazaina fa midika hoe : Ny fanahy izay manota dia tsy ho faty, fa ho velona mandrakizay. Dia gaga sy talanjona isika eo anatrehan' ny fisainana tonga dia babo izay mahatonga ny olona hino avy hatrany ny tenin' i Satana, ary tsy mety mino kosa ny tenin' Andriamanitra.

Raha navela malalaka ho eo amin' ny hazon' aina ny olombelona taorian' ny fahalavoany, dia ho velona mandrakizay izy, ary dia tsy ho fongotra mandrakizay ny fahotana. Nisy kerobima sy ny lelafon' ny sabatra mihebiheby niambina «ny lalana mankany amin' ny hazon' aina» [8]. Ary tsy nisy na dia iray aza tamin' ny fianakavian' i Adama navela hihoatra io fefy io ka hihinana amin' ilay voankazo manome aina. Noho izany dia tsy misy na dia iray aza ny mpanota tsy mety maty.

Taorian' ny fahalavoana anefa dia nibaiko ny anjeliny i Satana mba hanao ezaka manokana hanatsofohana ny finoana ny amin' ny tsy fahafatesana voajanahary ananan' ny olombelona ; ary rehefa nahataona ny olona handray io hevi-diso io izy ireo, dia notarihiny izy handray ilay fehin-kevitra milaza fa ho velona ao amin' ny fijaliana mandrakizay ny mpanota. Ankehitriny ny andrianan' ny maizina dia miasa amin' ny alalan' ireo mpiara-miasa aminy mba hampiseho an' Andriamanitra ho toy ny mpanjaka lozabe, mpamaly faty ka lazaina fa manipy ao amin' ny helo izay rehetra tsy ankasitrahany, ary manao izay hahatsapan' izy ireo ny fahatezerany ; ary raha mbola mijaly amin' ny fangirifiriana tsy hay lazaina sy miolanolana ao anaty lelafo mandrakizay ireo, ny Mpahary azy kosa dia mijery ka afa-po.

Amin' izany fomba izany no anafian' ilay.mpamitaka fetsilahy ny Mpahary sy Mpanasoa ny taranak' olombelona amin' ny toetran' ny tenany. Toetr' i Satana

ny halozana, Andriamanitra dia fitiavana; ary izay rehetra nohariny dia madio, masina, ary mahateho tia, ambara-pampiditr' ilay mpikomy lehibe voalohany ny fahotana. I Satana mihitsy no fahavalo izay maka fanahy ny olona hanota, sy mandringana azy avy eo raha azony atao ; ary rehefa azony antoka ny hazany, dia dibo-kafaliana noho ny fandringanana nataony izy. Raha navela hanao izany izy, dia ny taranak' olombelona manontolo mihitsy no indray noraofiny tao anatin' ny haratony. Raha tsy ny fisalovanan' ny herin' Andriamanitra, dia tsy ho nisy zanakalahy na zanakavavin' i Adama na iray aza afa-nandositra.

Mitady ny handresy ny olona i Satana amin' izao fotoana izao, tahaka ny nandreseny ireo razambentsika voalohany amin' ny fanozongozonany ny fitokisan' Ilay Mpahary azy sy amin' ny fitarihany azy hisalasala ny amin' ny fahendren' ny fitondram-panjakany sy ny fahamarinan' ny lalàny. Asehon' i Satana sy ireo irany ho ratsy noho izy Andriamanitra, mba hahazoany manamarina ny haratsian-toetran' ny tenany sy ny fikomiany. Miezaka ny hanilika ny fahalozana mahatsiravin' ny toetrany ho amin' ny Raintsika any an-danitra ilay mpamitaka lehibe, mba hiheverana ny tenany ho toy ny niharan' ny tsy rariny raha voaroaka avy tany an-danitra, satria tsy nety nilefitra tamin'. ny mpitondra tsy marina toy izany izy. Asehony eo anatrehan' izao tontolo izao ny fahafana mety hiriariavan' ny olombelona eo ambanin' ny fitondrany malalaka, izay mifanohitra amin' ny fanandevozana didian' ny lalàna henjan' i Jehovah. Koa amin' izany fomba izany no ahombiazany amin' ny fanambatambazany am-pitaka ny fanahy hiala amin' ny fanekeny an' Andriamanitra.

Maharikoriko ny fihetseham-po entanim-pitiavana sy famindrampo, sady mandona izay heverintsika ho araka ny rariny sy ny hitsiny ny foto-pinoana milaza fa ampijaliana amin' ny afo sy solifara ao amin' ny helo mirehitra mandrakizay ny maty ratsy fanahy; fa ho tambin' ny fahotana nataony nandritra ny fiainana fohy nivelomany teto an-tany dia hiaritra fampijaliana izy ireo raha mbola velona koa Andriamanitra. Io fampianaram-pinoana io anefa dia nampianarina hatraiza hatraiza ary mbola tafiditra ao amin' ny fanekem-pinoana kristiana maro. Hoy ny manam-pahaizana ngezalahy iray momba ny teolojia : «Hampitombo ny fahasambaran' ny olomasina mandrakizay ny fahitana ny fampijaliana ao amin' ny helo. Rehefa hitan' izy ireo ny hafa izay tahaka azy ihany sy nateraka teo amin' ny toe-javatra mitovy tamin' ny niterahana azy ihany, kanefa latsaka lalina ao anaty fahoriana toy izany, fa izy kosa omem-boninahitra, dia mainka hahatsiaro sambatsambatra ery izy». Ary hoy koa ity anankiray : «Raha mbola mihatra mandrakizay amin' ireo fanaky ny fahatezerana ny didy fanamelohana, ny setroky ny fijaliany kosa dia hiakatra mandrakizay mandrakizay eo imason' ireo fanaky ny famindrampo, izay tsy mba manana anjara amin' izay manjo an' ireo olona fadiranovana ireo, fa kosa hiteny hoe : Amen, haleloia! derao ny Tompo !»

Aiza, ao amin' ireo takilan' ny tenin' Andriamanitra, no ahitana ny fampianarana toy izany ? Moa ve ho foana tsy hisy intsony ao amin' ireo voavonjy any an-danitra ny fo antra sy feno fangorahana, eny, fa na dia ny fihetseham-po maha-olombelona fotsiny aza ? Moa ve hatakaiozana ny tsy firaharahana ny fanaintainana izany, na ny fahasiahan' ny olon-dia ? Tsia, sanatria ; tsy izany no fampianaran' ny Bokin' Andriamanitra. Ireo izay mampiseho ny fomba fijery voalazan' ny teny etsy aloha dia mety ho olona ambony fahalalana na tso-po koa aza, saingy voafitaky ny fampianaran-dison' i Satana izy. Tarihiny izy ireo handika vilana ireo teny mahery vaika ao amin' Soratra Masina, ka haroany ngidy sy haratsiana mifanaraka amin' ny toetrany fa tsy amin' ny an' ny Mpahary antsika ireo fitenenana ireo. «Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan' ny ratsy fanahy, fa ny hialan' ny ratsy fanahy amin' ny lalany, mba ho velona izy. Mialà, mialà amin' ny lalan-dratsinareo, fa nahoana moa no te-ho faty ianareo ?»[9]

Inona no tombon-tsoa ho an' Andriamanitra raha ekentsika fa finaritra eo am-pijerena ny fampijaliana tsy misy farany Izy ; fà ravoravo Izy eo am-pandrenesana ny toloko sy ny kiakiaka ary ny fitenenan-dratsy ataon' ireo olona mijaly hazoniny ao amin' ny lelafon' ny helo ? Mety ho mozika eo an-tsofin' Ilay Fitiavana Mandrakizay ve ireny feo mahatsiravina ireny ? Antitranterina fa mampiseho ny fankahalan' Andriamanitra ny fahotana izay zavatra ratsy manimba ny fiadanana sy filaminana eto amin' izao rehetra izao ny fampiharany fampijaliana tsy misy fiafarana amin' ny ratsy fanahy. Fitenenan-dratsy mahatahotra loatra atao amin' Andriamanitra izany ! Toy ny milaza fa ny fankahalan' Andriamanitra ny fahotana no antony hampaharetany azy ho mandrakizay. Satria, araka ny fampianaran' ireo teolojiana ireo, ny fampijaliana tsy ankiato ary tsy misy fanantenana famindrampo dia mampisafoaka ireo olona ratsy fanahy tratran' izany, ka rehefa mandraraka ny haromotany amin' ny teny fanozonana sy fitenenan-dratsy an' Andriamanitra izy, dia mampitombo hatrany hatrany mandritra ny mandrakizay ny vesatry ny helony. Tsy mampisandratra ny voninahitr' Andriamanitra ny fampaharetana fahotana mitombo hatrany toy izany mandritra ny andro tsy manam-pahataperana.

Tsy tratry ny herin' ny sain' olombelona ny maminavina ny ratsy vokatry ny fampianaran-diso ny amin' ny fampijaliana mandrakizay. Ny fivavahan' ny Baiboly, izay feno fitiavana sy hatsarampanahy, ary manan-karena famindrampo, dia hamaizinina amin' ny finoanoam-poana sy tafina horohoro. Rehefa mandinika ny endrika diso nanoritan' i Satana ny toetra amam-panahin' Andriamanitra isika, dia moa ho gaga ve raha atahorana, angovitana, eny, ankahalaina aza ny Mpahary antsika be famindrampo ? Ireo sary mahatsiravina anehoana an' Andriamanitra izay miely patrana eran-tany noho ny fampianarana avy eny ambony polipitra, dia nahatonga olona an' arivony, eny, an-tapitrisany aza, tsy afaka hino an' Andriamanitra intsony sy ho mpandà Azy.

Ny laha-kevitra momba ny fampijaliana mandrakizay dia anankiray amin' ny fampianaran-diso voaharoharo ao amin' ny divain' ny fijangajangan' i Babylona, izay ampisotroiny ny firenena rehetra.[10] Tena zava-miafina marina ny nahatonga ireo irak' i Kristy hanaiky io fampianaran-diso io ary hitory izany avy eny amin' ny polipitra masina. Noraisiny avy tamin' i Roma izany, tahaka ny nandraisany ny sabata sandoka. Marina, fa nisy olona ambony sy tsara nampianatra izany ; nefa tsy tonga taminy tahaka ny nahatongavany tamintsika ny fahazavana mikasika an' izany. Ny fahazavana izay namiratra tamin' ny androny ihany no ananany andraikitra ; isika kosa dia hampamoahina ny amin' izay mamirapiratra amin' izao androntsika izao. Raha miala amin' ny fanambaran' ny tenin' Andriamanitra isika, ka manaiky fampianaran-diso satria nampianarin' ny razantsika izany, dia ho tratry ny fanamelohana an' i Babylona isika ; misotro amin' ny divain' ny fijangajangany isika.

Misy antokon' olona maro izay mikomy amin' ny fampianarana momba ny fampijaliana mandrakizay ka voatarika ho amin' ny hevidiso mifanohitra amin' izany. Hitany fa asehon' ny Soratra Masina ho be fitiavana sy mangora-po Andriamanitra ka tsy azony inoana fa handefa ny olona nohariany ao amin' ny afon' ny helo mirehitra mandrakizay Izy. Tazonin' izy ireo anefa ny toetra tsy mety maty rahateo ananan' ny fanahy, ka dia tsy azony ihodivirany ny fehinkevitra milaza fa ho voavonjy ny olombelona rehetra amin' ny farany. Betsaka no mihevitra fa ireo fandrahonana ao amin' ny Baiboly dia natao mba ho fampitahorana ny olona fotsiny mba hahatonga azy hankatò, fa tsy ho tanteraka ara-bakiteny tsy akory. Noho izany dia azon' ny mpanota atao ny mivelona amin' ny fahafinaretana feno fitiavan-tena, tsy hiraharaha izay fitakian' Andriamanitra, nefa dia hanantena ny hahazo ny fankasitrahany amin' ny farany. Ny fampianarana toy izany, izay mitompo teny fantatra ny amin' ny famindrampon' Andriamanitra, nefa minia tsy hahalala ny fahamarinany, dia mahafaly ny fo ara-nofo ka mahatonga ny ratsy fanahy ho sahisahy amin' ny ratsy ataony.

Ny teny ambaran' ireo izay mino ny famonjena ny olon-drehetra ihany dia ampy hanehoana ny fomba hanolanany ny Soratra Masina, mba hanohanany izany hevitra mampidi-doza izany. Tamin' ny fandevenana tanora tsy mivavaka iray izay maty tsy tra-drano vokatry ny loza, dia nifidy toko sy andininy tao amin' ny Soratra Masina mikasika an' i Davida ny mpitandrina tao amin' io antoko io (Oniversalista, mihevitra fa ho voavonjy avokoa ny olombelona rehetra) manao hoe : «fa niononona izy noho ny amin' i Amnona, satria efa maty izy »[11].

«Mazàna aho no nanontaniana», hoy ny mpandahatra, «izay ho anjaran' ireo izay nandao an' izao tontolo izao teo amim-panotana, ka maty teo am-pahamamoana angamba, na maty raha mbola mihosindra noho ny heloka be vava nataony ny fitafiany, na maty tahaka ny nahafatesan' ity tovolahy

ity, izay tsy mbola nisora-tena na oviana na oviana ho mpivavaka, na efa nanao fanandramana kely akory momba izany. Mahafa-po antsika ny Soratra Masina ; ny valin-teny omeny no hamaha io olana mahatahotra io. Mpanota hiringiriny Amnona ; tsy nibebaka izy fa natao izay hahamamo azy, ary raha mamo izy dia nisy namono. Mpaminanin' Andriamanitra i Davida; tsy maintsy fantany izay ratsy na tsara ho an' i Amnona any ankoatra. Nanao ahoana ny fihetseham-pony ? «Ary Davida mpanjaka naniry hivoaka hankany amin' i Absaloma ; fa nionona izy noho ny amin'i Amnona, satria efa maty izy» [12].

Inona no fehin-kevitra tokony hotsoahina avy amin' izany fomba fiteny izany ? Moa ve tsy ny hoe tsy anisan' ny zavatra ninoany izany fijaliana tsy misy farany izany ? Toy izany no fihevitray ; aiy eto dia misy fonjan-kevitra miezinezina hitantsika manohana ilay vinavinan-kevitra mahafinaritra lavitra, mampahazava be lavitra, mitory fiantrana be lavitra dia ny amin' ny fahadiovana sy ny fiadanana ho an' ny rehetra any am-parany. Nionona izy, raha nahita fa efa maty ny zanany. Ary nahoana ? Satria ny masony maha-mpaminany azy dia nahazoany nitazana mialoha ny ho avy be voninahitra ka nahita io zanany io nafahana lavitry ny fakam-panahy rehetra, novotsorana tamin' ny fanandevozana aiy nodiovina ho afaka amin' ny fahalotoan' ny fahotana, ary rehefa natao ho ampy ny fanamasinana sy fanazavana azy, dia noraisina ho anisan' ireo fanahy nasandratra sy ravoravo. Ny hany fiononana ho azy, dia rehefa nalana tamin' ny toe-pahotana sy ny fahoriana ankehitriny ny zanany malala, dia efa lasa any amin' ny toerana izay hitosahan' ny fofonaina mahavelona indrindra avy amin' ny Fanahy Masina ny fanahiny voasaronkaizina, toerana izay hivelaran' ny sainy ho amin' ny fahendren' ny lanitra sy amin' ny firavoravoana mahatretriky ny fitiavana mandrakizay, ary amin' izany dia voaomana izy, rehefa nohamasinina, hiriaria eo anivon' ny fiadanan' ny mpandova ny lanitra sy hiara-monina amin' izy ireo.

«Ireo eritreritra ireo dia tokony hampino antsika fa tsy miankina mihitsy amin' izay ataontsika amin' ity fiainana ity ny famonjen' ny lanitra ; tsy miankina koa amin' ny fiovam-po ankehitriny, na amin' izay inoantsika ankehitriny, na amin' ny maha-mpivavaka antsika ankehitriny».

Amin' izany no amerenan' ity mitonona ho irak' i Kristy ny lainga nolazain' ny menarana tany Edena hoe : «Tsy ho faty tsy akory ianareo». «Amin' izay andro ihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an' Andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy». Nambarany fa ny mpanota faran' izay ratsy indrindra — ny mpamono olona, ny mpangalatra sy ny mpijangajanga dia ho voaomana hiditra ao amin' ny fahasambarana mandrakizay aorian' ny fahafatesana.

Ary avy taiza no nanatsoahan' ity mpamilivily ny Soratra Masina ity ny fehin-keviny ? Andininy tokana milaza ny fileferan' i Davida tamin' ny fitondran' Andriamanitra. «Naniry hivoaka ho any amin' i Absaloma (izy) : fa

nionona izy noho ny amin' i Amnona satria efa maty izy». Efa nohalefahin' ny fotoana ny alahelony mafy, koa dia nifindra niala tamin' ny zanany efa maty ny eritreriny, ho amin' ny zanany velona izay nanao sesi-tany ny tenany noho ny fahatahorany ny famaizana ara-drariny ho valin' ny heloka bevava vitany. Koa dia izany ve no porofo mazava fa ilay Amnona nandry tamin' ny olom-pady, mamon-divay, dia nentina avy hatrany nankany amin' ny toeram-pahasambarana rehefa maty, mba ho diovina any sy homanina hiara-mitoetra amin' ny anjely tsy nanota ! Tena angano mahafinaritra tokoa, mifanentana indrindra amin' izay hamalifaly ny fo araka ny nofo ! Tena fampianaran' i Satana hirihiriny izay tena ahombiazany eo amin' ny asany. Ka moa ho gaga ve isika, raha manorobona ny faharatsiana amin' ny fampianarana toy izany ?

Ny fihetsik' ity mpampianatra sandoka iray ity dia mampiseho ny ataon' ny maro hafa koa. Misy teny vitsy ao amin' ny Soratra Masina sarahina amin' ny teny eo aloha sy aoriany, ka matetika ny fanazavana azy dia mifanohitra tanteraka amin' ny tena dikany ; ary ny toko sy andininy nesoriny tamin' ny toerany toy izany no aolana hoenti-manaporofo fampianarana izay tsy mifototra velively amin' ny tenin' Andriamanitra. Ny fanambarana noraisina hanaporofoana fa any an-danitra i Amnona mpidoroka dia nanatsoahankevitra fotsiny izay mifanohitra mivantana amin' ny filazan' ny Soratra Masina mazava sy hentitra fa tsy misy mpimamo handova fanjakan' Andriamanitra.[13] Amin' ny fomba toy izany no anodinan' ny mpihambahamba, ny tsy mino sy ireo fatra-pisalasala ny fahamarinana ho lainga. Koa dia marobe no voafitaky ny fampianarandisony ka voarotsirotsy ho sondrian-tory eo ambony farafaran' ny fahatokiana ara-nofo.

Raha marina fa mandeha mivantana ho any an-danitra ny fanahin' ny olona rehetra amin' ny ora ahafatesany, dia aleontsika mitsiriritra ny fahafatesana toy izay ny fiainana. Maro no voataonan' ity fironana ity hanapitra ny androny. Rehefa manafotra ny adin-tsaina, ny tebiteby sy ny hadisoam-panantenana, dia toa mora foana ny manapaka ny tady marefon' ny aina ka handeha hiakatra ho any amin' ny fahasambaran' ilay toerana maharitra mandrakizay.

Nomen' Andriamanitra ao amin' ny teniny ny porofo azo antoka fa vonon-kanafay ny mpandika ny lalàny Izy. Ireo izay mamita-tena amin' ny fiheverana fa be famindrampo loatra Izy ka tsy hampihatra ny didim-pitsarany amin' ny mpanota, dia ampy azy ny hijery ny hazo fijalian' i Kalvary. Ny nahafatesan' ny Zanak' Andriamanitra tsy misy pentina dia vavolombelona fa «fahafatesana no tambin' ny ota», fa tsy maintsy voavaly ara-drariny avokoa ny fandikana rehetra ny didin' Andriamanitra. Kristy Ilay tsy nanana ota dia natao ota ho an' ny olona. Nizaka ny heloky ny fandikan-dalàna Izy, sy niaritra ny nanafenan' ny Rainy ny tavany taminy, mandrapahavakin' ny fony sy nahafaka ny ainy. Izany sorona rehetra izany no natao dia ny mba ahazoana manavotra ny mpanota. Tsy nisy fomba hafa ahazoa-manafaka ny olona amin' ny fanamelohan' ny fahotana. Koa ny fanahy rehetra izay mandà tsy hanana anjara amin' ny

fanavotana nomanina tamin' ny fomba sarobidy toy izany dia tsy maintsy mizaka ho azy samirery ny heloky ny fandikan-dalàna sy ny sazin' izany.

Aoka hodinihintsika izay ambaran' ny Baiboly ankoatr' izay mikasika ireo olona tsy manana an' Andriamanitra sady tsy mety mibebaka izay apetraky ry zareo mampianatra fa ho voavonjy avokoa ny olon-drehetra any an-danitra miaraka amin' ny anjely masina sy sambatra.

«Izaho hanome maimaimpoana amin' ny loharanon' ny ranon' aina ho an' izay mangetaheta» [14]Ho an' izay mangetaheta ihany io teny fikasana io. Tsy misy afa-tsy izay mahatsapa fa mila ny ranon' aina ka vonon-kiaritra ny fatiantoka, ny zavatra rehetra mba hikatsahany izany, no homena. «Izay maharesy no handova izany zavatra izany ; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho zanako» [15]. Eto koa dia misy fepetra voasoritra. Mba handovana izany zavatra izany, dia tsy maintsy manohitra ny fahotana sy maharesy azy isika.

Hoy ny Tompo amin' ny alalan' ny mpaminany Isaia : «Lazaonareo ny amin' ny marina fa hahita soa izy». «Lozan' ny ratsy fanahy! hiharan' ny ratsy izy, satria valin' ny nataon' ny tanany ihany no hanody azy»[16] . Eny, fa na dia nanao ratsy injato aza ny mpanota, hoy ny lehilahy hendry, «ka ela velona ihany, dia fantatro kosa fa hisy soa ho an' izay matahotra an' Andriamanitra eo anatrehany. Fa tsy hisy soa ho an' ny ratsy fanahy»[17]. Ary i Paoly dia milaza marina fa ny mpanota dia mirakitra ho an' ny tenany«fahatezerana ho amin' ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin' Andriamanitra, Izay hamaly ny olona rehetra araka ny asany avy» ; «eny. fahoriana sy fahantrana ho an' ny fanahin' ny olona rehetra izay manao ratsy» [18].

«Samy tsy manana lova eo amin' ny fanjakan' i Kristy sy Andriamanitra na ny mpijangajanga rehetra, na ny olom-betaveta, na ny mpanompo sampy» [19]. «Miezaha mitady fihavanana amin' ny olona rehetra ary fahamasinana, fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo»[20]. «Sambatra izay manasa ny akanjony, mba hananany fahefana amin' ny hazon' aina sy hidirany amin' ny vavahady ho ao an-tanàna. Fa any iveiany ny alika sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpijangajanga sy ny mpamono olona sy ny mpanompo sampy ary izay rehetra tia lainga sady mandainga» [21].

Efa nomen' Andriamanitra ny olona ny fanambarana momba ny toetrany sy ny fihetsiny amin' ny fahotana : «Jehovah, Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana, mitahiry famindrampo ho an' ny olona arivo mandimby, mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana, kanefa tsy mety manamarina ny meloka»[22]. «Ny ratsy fanahy rehetra haringana avokoa ; ny hiafaran' ny ratsy fanahy ho fongotra» [23]. Hampiasaina hanapotika ny fikomiana ny hery sy ny fahefan' ny fitondrampanjakan' Andriamanitra ; nefa ny fisehoan' ny fahamarinana izay amaliana ny heloka dia hifanaraka tanteraka amin' ny toetran' Andriamanitra, dia ny maha-feno famindrampo sy fahari-po ary fiantrana Azy.

Tsy manery ny sitrapo na ny hevitr' iza na iza Andriamanitra. Tsy mahita fifaliana amin' ny fankatoavana toy ny an' ny andevo Izy. Ny iriny dia ny hitiavan' ireo nohariny Azy satria mendrika ny ho tiavina Izy. Tiany ny hankatoavan' izy ireo Azy satria tsapan' ny sainy ny fahendreny, ny fahamarinany sy ny fiantrany. Ary izay rehetra manana fahalalana marina ny amin' ireo fahatsarana ireo dia ho tia Azy satria voasarika ho eo Aminy noho ny fahitany ny hasoan' izany toetrany izany.

Ireo foto-kevitry ny fahalemem-panahy, ny famindrampo sy ny fitiavana niainan' ny Mpamonjintsika, dia ny fanehoana ny sitrapon' Andriamanitra sy ny toetrany. Nambaran' i Kristy fa tsy nampianatra na inona na inona Izy afa-tsy izay efa noraisiny tamin' ny Rainy. Mifandrindra tanteraka amin' ny fitsipika nomen' ny Mpamonjy hoe : «Tiava ny fahavalonareo», ireo fanorenan' ny fanjakan' Andriamanitra. Mba hahasoa izao rehetra izao, eny, hahasoa ireo izay hianjadian' ny fitsarany aza dia ampihariny amin ' ny ratsy fanahy ny fitsarany. Ho nataony izay hahasambatra azy ireo raha azony ampifanarahana amin' ny lalàn' ny fitondram-panjakany sy ny fahamarinan' ny toetrany izany. Hodidininy amin' ny antoky ny fitiavany izy ireo. omeny azy ny fahalalana ny lalàny, ary zohiny amin' ny famindrampo atolony azy izy ; nefa hamavoin' izy ireo ny fitiavany, ataony tsinontsinona ny lalàny, ary tsipahiny ny famindrampony. Mandray mandrakariva ny fanomezany izy ireo, nefa manala-baraka ny Mpanome ; mankahala an' Andriamanitra izy satria fantany fa maharikoriko Azy ny fahotany. Mahari-po amin' ny faharatsiany Jehovah ; amin' ny farany anefa dia hipaika ny ora famaliana, izay hanapahana izay ho anjarany. Moa ve amin' izay fotoana izay hamatotra ireo mpiodina ireo hiandany aminy Izy ? Moa ve hanery azy hanao ny sitrapony Izy ?

Izay nifidy an' i Satana ho mpitarika azy ka nofehezin' ny heriny dia tsy vonona hiditra eo anatrehan' Andriamanitra. Ny avonavona, ny fitaka, ny fahavetavetana, ny halozana, dia nanjary toetra raikitra aminy. Moa ve afaka hiditra any an-danitra izy ka hiaramitoetra mandrakizay amin' ireo nohamavoiny sy nankahalainy tety an-tany ? Tsy hahafinaritra ny mpandainga na oviana na oviana ny fahamarinana ; tsy hahafa-po na oviana na oviana ny mihevi-tena ho zavatra sy ny mpiavonavona ny fahalemem-panahy ; tsy azon' ny maloto ekena ny fahadiovana ; tsy manintona ny tia tena ny fitiavana mihevitra ny hafa. Inona no loharanorm-pahafinaretana azon' ny lanitra atolotra ireo izay variana tanteraka amin' ny tombon-tsoa feno fitiavan-tena eto an-tany ?

Andeha ho lazaina fa azo atao ny mamindra tampoka any andanitra ireo izay nandany ny fiainany tamin' ny fikomiana tamin' Andriamanitra ka hahita ny fahatanterahana ambony sy masina maharitra ao mandrakizay. Hifanerasera amin' ireo fanahy rehetra ao miaina amin' ny fitiavana izy, ka ny endrika rehetra mitaratra ny hafaliana ; handre ny feon-kira sy mozika mandrotsirotsy asandratra ho fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry

amin' ny feon-kira milanto ; hahita ny onim-pahazavana mikoriana tsy an-kijanona eo amin' ny voavotra avy eo amin' ny tavan' Ilay mipetraka eo amin' ny seza fiandrianana. Mipetraka ny fanontaniana : Moa ve azon' ireo izay manana fo feno fankahalana an' Andriamanitra sy ny fahamarinana ary ny fahamasinana atao ny hifangaro amin' ireo vahoakan' ny lanitra ka hiara-mihira hira fiderana aminy ? Ho tantiny ve ny voninahitr' Andriamanitra sy ny an' ny Zanak' Ondry ? Tsia, tsia ; nomena taom-pahasoavana maro izy mba hamolavolany toetra mendrika ny lanitra ; nefa tsy nanazatra ny sainy mihitsy ho tia ny fahadiovam-po izy ; tsy nianatra na oviana na oviana ny fomba fitenin' ny lanitra, ary ankehitriny dia efa diso aoriana loatra. Nahatonga azy tsy ho afaka honina any an-danitra ny fiainana nikomiany tamin' Andriamanitra. Ho fampahoriana ho azy ireo ny fahadiovan' ny any sy ny fahamasinany ary ny fiadanany ;ho afo mandevona azy ny voninahitr' Andriamanitra. Haniry mafy ny handositra io toerana masina io izy. Horaisiny amim-pifaliana ny fandringanana, mba hiafenany amin' ny tavan' Ilay maty hanavotra azy. Ny safidin' ny ratsy fanahy ihany no nametra izay ho anjarany. Mifanaraka amin' ny sitrapony ny fandavana tsy hidirany any an-danitra, ary fanehoana ny fahamarinana sy ny famindrampon' Andriamanitra.

Tahaka ny ranobe tamin' ny Safo-drano, ny afo amin' ilay andro lehibe dia manambara ny didim-pitsaran' Andriamanitra fa tsy azo sitranina ny ratsy fanahy. Tsy manana toe-tsaina hilefitra amin' ny fahefan' Andriamanitra izy. Nozariny hikomy ny sitrapony ary rehefa mby amin' ny fiafaran' ny fiainana, dia diso aoriana loatra ny hanodinana ny fizotry ny sainy ho amin' ny lalàna mifanohitra amin' izay nizorany, diso aoriana loatra ny hiala amin' ny fandikan-dalàna ka hifindra ho amin' ny fankatoavana, amin' ny fankahalana ho amin' ny fitiavana.

Raha niaro ny ain' i Kaina mpamono olona Andriamanitra, dia nanome ohatra ho an' izao tontolo izao Izy ny amin' ny ho vokatra famelana ny mpanota hanohy ny faharatsiany tsy misy lamboridy. Maro ny olona voataona hanota ho vokatry ny asa manginan' ny fampianaran' i Kaina sy ny ohatra nomeny, mandrapahatongan' ny «faharatsiana ho be tambonin' ny tany» ka izay fisainana rehetra avy amin' ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro. «Ary simba ny tany teo anatrehan' Andriamanitra sady henidoza»[24].

Noho ny famindrampony tamin' izao tontolo izao, dia nofongoran' Andriamanitra ireo ratsy fanahy teto an-tany tamin' ny andron' i Noa. Noho ny famindrampony dia naringany ireo olo-maloto fiaina nipetraka tao Sodoma. Ny hery hampiasain' i Satana no ahazoan' ny mpanao ratsy fankasitrahana sy fiderana ary amin' izany fomba izany dia itaomany tsy an-kijanona ny hafa hikomy. Toy izany tamin' ny andron' i Kaina sy tamin' andron' i Noa, ary tamin' ny andron' i Abrahama sy Lota ; toy izany koa amin' izao androntsika izao. Noho ny famindrampon' Andriamanitra ho an' izao rehetra izao no handringanan' Andriamanitra amin' ny farany ireo izay nandà ny fahasoavany.

«Fa fahafatesana no tambin' ny ota ; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika» [25]. Raha lova ho an' ny olo-marina ny fiainana, dia fahafatesana kosa no anjaran' ny ratsy fanahy. Hoy i Mosesy tamin' Isiraely : «Indro efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa ary ny fahafatesana sy ny loza»[26]. Ny fahafatesana voalaza ao amin' ireo andininy ireo dia tsy ilay nolazaina an' i Adama tsy akory, satria ny taranak' olombelona rehetra dia samy mizaka ny sazin' ny fandikany ny lalàna avokoa. Ny «fahafatesana faharoa» no setrin' ny fiainana mandrakizay.

Noho ny fahotana nataon' i Adama, dia mihatra amin' ny taranak' olombelona rehetra ny fahafatesana. Samy midina ho any am-pasana avokoa izy rehetra. Ary noho izay efa voaomana mialoha eo amin' ny drafitry ny fanavotana, dia samy havoaka avy ao ampasany avy izy rehetra. «Fa hisy fitsanganan' ny marina sy ny meloka». «Fa tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao amin' i Adama no ahaveloman' ny olona rehetra kosa ao amin' i Kristy» [27]. Misy fahasamihafana anefa amin' ireo antokon' olona roa hatsangana ireo. «Avy ny andro izay handrenesan' ny olona rehetra any ampasana ny feony ; dia hivoaka izy ; izay nanao ny tsara dia ho any amin' ny fitsanganana ho fiainana ; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin' ny fitsanganana ho fanamelohana» [28]. Ireo izay natao ho mendrika ny fitsanganana ho amin' ny fiainana dia «sambatra sy masina» ; «ireo izay tsy mba ananan' ny fahafatesana faharoa fahefana» [29]. Fa ireo izay tsy mba nanao ny famelana ny helony ho azo antoka kosa, tamin' ny alalan' ny fibebahana sy ny finoana, dia tsy maintsy mandray ny sazin' ny fandikan-dalàna — «fa fahafatesana no tambin' ny ota» Mizaka famaizana tsy mitovy halavana sy hamafy izy ireo, «araka ny asany avy», nefa hifarana amin' ny fahafatesana faharoa izany. Satria tsy azon' Andriaamanitra atao ny mamonjy ny mpanota ao amin' ny fahotany, izay zavatra mifanohitra amin' ny fahamarinany sy ny famindrampony, dia esoriny aminy ny fiainana izay simban' ny fandikan-dalàna nataony satria nasehony fa tsy mendrika izany izy. Hoy ny mpanoratra iray nahazo tsindrimandry avy tamin' Andriamanitra : «Fa rehefa afaka kelikely, dia tsy hisy ny ratsy fanahy ; handinika ny fonenany ianao, fa tsy ho hita izy». Ary hoy koa ny hafa : «Ary ho toy ny tsy ary izy» [30]. Safotry ny henatra izy ka hatelin' ny fanadinoana tsy misy fanafana mandrakizay.

Amin' izany fomba izany no hamaranana ny fahotana sy ny fahoriana ary ny fahasimbana rehetra vokatr' izany. Hoy ny mpanao Salamo : «Efa naringanao ny ratsy fanahy, ny anarany efa nokosehinao ho faty mandrakizay doria. Ry fahavalo, tanteraka ho mandrakizay ny fandravana» [31]. Raha nibanjina ny ho toetry ny mandrakizay i Jaona ao amin' ny Apokalypsy, dia nandre antema fiderana ataon' izao rehetra izao izy izay tsy nisy na dia feo iray aza naningana. Ny voaary rehetra, na ny any an-danitra na ny etý an-tany,

dia samy re mankalaza ny voninahitr' Andriamanitra. Apokalypsy 5:13. Amin izany dia hisy fanahy ho very hiteny ratsy an' Andriamanitra raha miolanolana ao amin' ny fampijaliana tsy misy farany izy ; tsy hisy olom-boaozona ao amin' ny helo hampifangaro ny kiakiakany amin' ny hiran' ny voavonjy.

Ny hevi-diso fototra momba ny tsy fahafatesan' ny fanahy no iorenan' ny fampianarana milaza fa manana fahatsiarovana ny maty — fampianarana izay, tahaka ny fampijaliana mandrakizay, mifanohitra amin' ny ampianaran' ny Soratra Masina, amin' ny fanambaran' ny saina mandanjalanja, sy amin' izay tsapantsika momba ny mahaolombelona. Araka ny finoan' ny besinimaro, ireo voavotra any andanitra dia mahafantatra izay rehetra miseho eto an-tany, ary indrindra ny momba ny fiainan' ireo sakaiza izay nilaozany. Nefa ahoana moa no hahasambatra ny maty raha mahafantatra ny zavatsarotra manjo ny velona izy, raha manatri-maso ny fahotana ataon' ny olon-tiany, raha mahita azy ireo miaritra izao fahoriana rehetra izao, ny fahadisoam-panantenana, sy ny tebitebin-tsaina rehetra eo amin' ny fiainana? Fahasambaran' ny lanitra manao ahoana no ho voatsapan' ireo izay mihalohalo eny ambonin' ireo sakaizany eto ambonin' ny tany ? Ary tena mampikomy tsotra izao ny finoana fa raha vantany vao miala ny fofon' ain' ny ratsy fanahy dia mankany amin' ny lelafon' ny helo ny fanahiny ! Toy inona ny faharariampanahy tokony hihatra amin' ireo izay mahita ny sakaizany tsy vonona lasa any am-pasana, ka hiditra ao amin' ny fahoriana sy ny fahotana mandrakizay ! Maro no lasa adala noho io eritreritra mampahory saina loatra io.

Inona no lazain' ny Soratra Masina ny amin' ireny zavatra ireny? Ambaran' i Davida fa tsy manana fahatsiarovana ny olona ao amin' ny fahafatesana. «Miala ny fofon' ainy, ka miverina ho amin' ny taniny izy, ary amin' izay indrindra no hahafoanan' ny fikasany»32. Solomona dia nanao fanambarana toy izany koa: «Fa fantatry ny velona fa ho faty izy ; fa ny maty kosa tsy mba mahalala na inona na inona», «na ny fitiavany, na ny fankahalany, na ny fialonany, dia samy efa levona ela sady tsy manana anjara intsony mandrakizay amin' izay atao atý ambanin' ny masoandro izy», «tsy misy asa, na hevitra, na fahalalana, na fahendrena, any amin' ny fiainan-tsihita izay alehanao» [32].

Rehefa nalavaina dimy ambinifolo taona ny fiainan' i Hezekia, ho valin' ny fivavahany, dia nanao teny fiderana an' Andriamanitra ilay mpanjaka feno fankasitrahana noho ny famindrampo lehibe nasehony taminy. Lazainy ao amin' ity tononkalo ity ny anton' ny fifaliany : «Fa ny fiairian-tsi-hita tsy mba mahasaotra Anao ; fa izay midina any an-davaka dia tsy mahazo manantena ny fahamarinanao. Ny velona dia ny velona ihany no hidera anao, tahaka izao anio izao»[33] . Ny teolojia maro mpanaraka dia mampiseho ny olomarina maty efa any an-danitra, taflditra ao amin' ny fahasambarana ary midera ho mandrakizay an' Andriamanitra ; fa Hezekia kosa dia tsy nahita izany

voninahitra izany ho azo antenaina eo amin' ny fahafatesana. Mifanaraka amin' ny teniny ny fanambarana nataon' ny mpanao Salamo hoe : «Fa tsy misy fahatsiarovana Anao any amin' ny fahafatesana, any amin' ny fiainan-tsi-hita, iza no hidera Anao?» «Ny maty tsy mba hidera an' i Jehovah, na izay midina any amin' ny mangingina»[34].

Tamin' ny andro Pentekosta dia nilaza i Petera ny amin' i Davida patriarka, «fa efa maty izy ka nalevina koa, ary ny fasany eto amintsika mandraka androany». «Fa tsy Davida no niakatra tany andanitra»[35]. Ny fijanonan' i Davida ao am-pasana mandra-pahatongan' ny fitsanganana amin' ny maty dia manaporofo fa tsy mankany an-danitra ny olo-marina rehefa maty. Tsy misy afa-tsy amin' ny alalan' ny fitsanganana amin' ny maty ihany, ary noho ny nitsanganan' i Kristy, no hahazoan' i Davida hipetraka eo an-kavanan' Andriamanitra amin' ny farany.

Hoy koa i Paoly : «Fa raha tsy hatsangana ny maty, na dia Kristy koa aza dia tsy natsangana ; ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo ; ary mbola ao amin' ny fahotanareo ihany ianareo, ary very koa izay efa nody mandry ao amin' i Kristy»[36]. Raha nandritra ny efatra arivo taona no efa nandeha mivantana ho any an-danitra ny tsara fanahy rehefa maty, dia ahoana no ahazoan' i Paoly milaza fa raha tsy misy fitsanganana amin' ny maty, dia «very koa izay efa nodimandry ao amin' i Kristy ?» Tsy tokony hisy ilàna ny fitsanganana amin' ny maty.

Hoy i Tyndale maritiora, raha nilaza ny momba ny toetry ny maty izy : «Miaiky ampahibemaso aho, fa tsy resy lahatry ny hoe efa heniky ny voninahitra sahady misy an' i Kristy izy ireo, na izay misy an' ireo anjely voafidin' Andriamanitra. Tsy anisan' ny zavatra inoako koa izany ; fa raha izany, dia hita fa zava-poana ny fitoriana ny fitsanganan' ny tena amin' ny maty». — William Tyndale, Fitarihan-kevitra momba ny Testamenta Vaovao (natonta tamin' ny taona 1534). Natonta indray tao amin' ny*British Reformers Tindal, Frith, Barnes,* p. 349.

Tsy azo lavina fa mitarika ho amin' ny fanaovana an-tsirambina hatraiza hatraiza ny fampianaran' ny Baiboly momba ny fitsanganana amin' ny maty ny fanantenana fahasambarana mandrakizay amin' ny fotoana ahafatesana. Nomarihin' i Adam Clarke, teolojiana, io fironana io, ka hoy izy hoe : «Nataon' ireo Kristiana voalohany ho nisy lanjany kokoa roho ny ankehitriny ny foto-pinoana momba ny fitsanganana amin» ny maty! Nahoana ary ? Nanizingizina mandrakariva ny amin' izany ireo apostoly, ary namporisika ireo mpanaraka an' Andriamanitra hazoto, hankatò sy ho faly noho izany. Fa ireo mpandimby azy ankehitriny kosa dia mahalana vao miteny ny amin' izany ! Izay notorin' ny apostoly no ninoan' ireo Kristiana vaolohany; izay torintsika, no inoan' ny mpihaino antsika. Tsy misy fampianarana ao amin' ny filazantsara izay antitranterina toy io ; ary tsy misy fampianarana amin' ny rafi-pitoriana ankehitriny izay atao

antsirambina toy io !» —*Commentary,* fanamarihana mikasika ny 1 Korintiana 1 5, fizarana faha 3.

Nitohy izany mandra-pahatongan' ny fahamarinana be voninahitra momba ny fitsanganana amin' ny maty ho saika voasaron-kaizina tanteraka sy tsy ho tazan' ny Kristiana amin' ny ankapobeny intsony. Araka izany no nanaovan' ity mpanoratra ara-pivavahana lohandohany izao hevi-teny manaraka izao ny amin' ny tenin' i Paoly ao amin' ny 1 Tesaloniana 4 : 13-18 :«Rahany amin' ny fiononana tena ilaintsika, ny fampianarana ny amin' ny tsy fahafatesana mahasambatra ananan' ny olo-marina no nisolo toerana ny fampianarana rehetra mampisalasala ny amin' ny fiavian' ny Tompo fanindroany. Tonga amintsika ny Tompo amin' ny ahafatesantsika, izany no andrasantsika sy antenaintsika. Efa tafiditra sahady ao amin' ny voninahitra ny maty. Tsy miandry ny trompetra izy vao handalo ny fitsarana azy sy horaisina ho any amin' ny fahasambarany».

Nefa rehefa handao ny mpianany i Jesosy dia tsy nilaza taminy izy fa vetivety dia ho any Aminy izy ireo. «Handeha hanamboatra fitoerana ho anareo Aho», hoy Izy. «Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko» [37]. Nolazain' i Paoly taty aoriana fa «ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra, ka izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha ; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka Aminy ho eny amin' ny rahon' ny lanitra hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka ; dia ho any amin' ny Tompo mandrakariva isika», ary ampiany hoe : «Koa dia mifampionona ianareo amin' izany teny izany» [38]. Manao ahoana ny fahasamihafan' ireo teny fampiononana ireo sy ny an' ilay mpitandrina avy amin' ny antokom-pinoana mihevitra fa ho voavonjy ny olon-drehetra voalazantsika etsy aloha! Nampionona ny havana aman-tsakaiza misaona izy tamin' ny fanomezan-toky, fa na mpanota toy inona aza ilay maty, rehefa niala ny ainy teto dia noraisina ho eo amin' ny anjely izy. I Paoly kosa nanondro ny fiverenan' ny Tompo amin' ny ho avy amin' ny rahalahiny, rehefa ho tapaka ny fatoran' ny fasana ; ka «hitsangana ho amin' ny fiainana mandrakizay izay maty ao amin' i Kristy».

Alohan' ny hidiran' ny olona iray ao amin'ny fonenan' ny sambatra, dia tsy maintsy fotopotorana ny aminy, ary tsy maintsy handalo eo anatrehan' Andriamanitra ny toetra aman' asany. Ny rehetra dia tsy maintsy hotsaraina araka izay voasoratra ao amin' ny boky ary hovaliana araka ny asany. Tsy amin' ny andro ahafatesany akory io fitsarana io. Mariho ny tenin' i Paoly manao hoe : «Satria Izy efa nanendry andro iray izay hitsarany izao tontolo izao amin' ny fahamarinana, amin' ny alalan' ny lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany izy tamin' ny nananganany Azy tamin' ny maty» [39]. Lazain' ny apostoly mazava tsara

eto fa misy fotoana manokana, amin' ny ho avy, voatendry hitsarana an' izao tontolo izao.

Milaza ny amin' io fotoana io koa i Joda : «Ary ny anjely izay tsy nitana ny fanapahany, fa nandao ny fonenany, dia voahazony amin' ny fatorana mandrakizay ao amin' ny maizina ho amin' ny andro fitsarana lehibe». Lazainy indray ny tenin' i Enoka hoe : «Indro, tonga Jehovah mbamin' ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra» [40]. Jaona dia manambara fa «nahita ny maty, na ny lehibe na ny kely, mtsangana teo anoloan' ny seza fiandrianana ; ary novelarina ny boky. . . ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra tao anatin' ny boky» [41].

Fa raha efa miriaria amin' ny fahasambaran' ny lanitra ny maty na miolanolana ao amin' ny lelafon' ny helo, inona indray no ilana fitsarana? Tsy maizina ary tsy mifanohitra tsy akory ny fampianaran' ny tenin' Andriamanitra mikasika ireo zava-dehibe ireo ; mety ho azon' ny olon-tsotra ireo. Fa inona kosa no fahendrena na fahamarinana mety ho hítan' ny olona mazava saina sy tso-po ao amin' ny fampianarana maro mpanaraka? Moa ve rehefa voahadihady eo am-pitsarana ny amin' ny tsara fanahy, ka handray ny fiarahabana azy manao hoe : «Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky. . midira amin' ny fifalian' ny Tomponao», kanefa efa nitoetra teo anatrehany izy, angamba nandritra ny taona maro ela ? Ary ny ratsy fanahy indray kosa dia moa ve hantsoina avy any amin' ny toerana fampijaliana azy mba handray didim-pitsarana avy amin' Ilay Mpitsara ny tany rehetra hoe : «Miala amiko, ianareo izay voaozona, ho any amin' ny afo maharitra mandrakizay?» [42]Fanazimbazimbana sahisahy loatra izany ! Fanambaniana mahamenatra ny fahendrena sy ny fahamarinan' Andriamanitra !

Ny laha-kevitra momba ny tsy fahafatesan' ny fanahy dia anisan' ireo fampianaran-diso izay nindramin' i Roma tamin' ny fanompoan-tsampy, ka nampidiriny tamin' ny fivavahana Kristiana Nosokajin' i Martin Lotera izy io ho anisan' ireo angano mahatsiravina izay anisan' ny antontam-pakon' i Roma» — E. Petavel, *The Problem of Immortality,* p. 255. Raha namakafaka ny amin' ny tenin' i Solomona ao amin' ny Mpitoriteny ity Mpanavao fivavahana, izay milaza fa ny maty tsy mahalala na inona na inona, dia hoy izy : «Andininy iray koa io izay milaza fa tsy manana fahatsiarovana na inona na inona ny maty. Tsy misy asa, na hevitra, na fahalalana. na fahendrena any, hoy izy. Noheverin' i Solomona izany fa matory ny maty, ka tsy mahatsapa na inona na inona mihitsy. Satria mandry ao ny maty, tsy manisa na andro na taona, nefa rehefa hifoha izy dia ho tsapany fa zara raha natory iray minitra monja». — Martin Lotera,*Exposition of Solomon's Booke Called Ecclesiastes,* p. 152.

Tsy misy ahitana teny mihitsy ao amin' ny Soratra Masina fa amin' ny fahafatesana no andraisan' ny tsara fanahy ny valisoany na ny ratsy fanahy ny famaizana azy. Tsy namela fanomezan-toky toy izany ny patriarka sy ny mpaminany. Tsy nanao teny indraim-bava akory ny amin' izany i Kristy sy ny

apostoliny. Ny Baiboly dia mampianatra mazava fa tsy mandeha avy hatrany any an-danitra ny maty. Aseho ao fa matory izy ireo mandra-pahatongan' ny fitsanganana amin' ny maty :1 Tesaloniana 4:14; Joba 14:10-12. Amin' ny andro izay mampivaha ny kofehy volafotsy, ary mahavaky ny lovia volamena (Mpitoriteny 12:6) no mahalevona ny fisainan' ny olona. Mangina tsy miteny ireo izay mandeha midina any am-pasana. Tsy misy na inona na inona intsony fantany ny amin' izay atao etý ambanin' ny masoandro hoy Joba ao amin' ny Joba 14 : 21. Fitsaharana feno fahasambarana ho an' ny marina efa sasatra izany ! na fohy na lava ny fotoana, dia indray mipi-maso monja ho azy. Matory izy ; hofohazin' ny trompetran' Andriamanitra ho amin' ny fiainana mandrakizay be voninahitra izy. «Fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony. . . fa rehefa mitafy ny tsi-fahalovana ity mety lo ity, ary mitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity, dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe : «My fahafatesana noresena ka levona»[43]. Rehefa antsoina hifoha avy amin' ny torimasony lalina izy dia miverina eo amin' izay nijanonany ny eritreriny. Ny zavatra farany tsapany dia ny fanaintainana noho ny fahafatesana, ny eritreritra farany dia izy lavo ambanin' ny fahefan' ny fasana. Rehefa hitsangana avy ao am-pasana izy, ny eritreriny feno fifaliana voalohany indrindra, dia hanakoako amin' ilay anisom-pandresena manao hoe : «Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana ò, aiza ny fanindronanao? [44]

**Fanamarihana**

1 Gen .3: 1
2 Gen. 3: 2-5
3 Gen. 3: 19
4 Rom. 5: 12;2Tm. 1: 10
5 Jao. 3: 36
6 Rom. 2: 7
7 Ezek. 18: 20
8 Gen. 3: 24
9 Ezek. 33:11
10 Apok. 14: 8; 17: 2
11 2 Sam. 13: 39
12 and. 39
13 1 Kor. 6: 10
14 Apok. 21: 6
15 and. 7
16 Isa. 10 : 11
17 Mpit. T. 8 : 12, 13
18 Rom. 2 : 5 , 6, 9
19 Efes. 5 : 8
20 Heb. 12 : 14
21 Apok. 22: 14, 15
22 Eks. 34: 6, 7
23 Sal. 145: 20; 37: 38
24 Gen. 6:5,11
25 Rom. 6: 23
26 Deot. 30: 15
27 Asa. 24 : 15 ; 1 Kor. 15 : 22
28 Jao. 5 : 28, 29
29 Apok. 20 : 6
30 Sal. 37 : 10 ; Ohab. 16
31 Sal. 9 : 5, 6
32 Mpit. T. 9 : 5, 6, 10
33 Isa. 38 : 18 , 19
34 Sal. 6 : 5 ; 115 : 17
35 Asa. 2: 29,34
36 1Kor. 15: 16-18
37 Jao. 14: 2, 5
38 1 Tes. 4: 16-18
39 Asa. 17: 31
40 Joda 6, 14, 15
41 Apok. 20: 12
42 Mat. 25: 21, 41
43 1 Kor. 15: 52-54
44 1 Kor. 15: 55

# 34

## *Afaka hifanerasera amintsika ve ny maty ?*

Fahamarinana izay mampahery indrindra sy sarobidy tokoa ho an' ny mpanaraka an' i Kristy tsirairay ny amin' ny asa fanompoana ataon' ireo anjely masina araka ny aseho ao amin' ny Soratra Masina. Saingy nanjary maizina sy niova tanteraka ny fampianaran' ny Baiboly momba izany ho vokatry ny teolojia eken' ny besinimaso. Ny foto-pinoana momba ny tsy fahafatesan' ny fanahy rahateo, izay nindramina tamin' ny voalohany tamin' ny filozofian' ny mpanompo sampy, ary natsofoka tao amin' ny fotopinoana Kristiana nandritra ny haizina nanjaka tamin' ny andron' ny fihemorana lehibe, dia nasolo ny fahamarinana ampianarin' ny Soratra Masina amin' ny fomba mazava dia. mazava milaza fa «ny maty dia tsy mahalala na inona na inona». Marobe ny olona no voataona hino fa fanahin' ny maty ireo «nirahina hanao fanompoana ho an' izay handova famonjena». Ary izany na dia teo aza ny fanambaran' ny Soratra Masina milaza ny fisian' ireo anjelin' ny lanitra sy ny fifandraisany amin' ny tantaran' ny olombelona, raha tsy mbola nisy olona na iray akory aza nandalo fahafatesana.

Ny foto-pinoana milaza fa mahatsiaro ny olona eo amin' ny fahafatesana, indrindra indrindra ny finoana fa miverina manompo ny velona ny fanahin' ireo maty, dia manoka-dalana ho amin' ny filalaovana angatra amin' izao fotoana izao. Raha tahiny ka mahazo mankeo anatrehan' Andriamanitra sy ny anjely masina ny maty ka manana tombon-tsoa hahalala be lavitra noho izay fantany teo aloha, nahoana ary moa no tsy hiverina ety an-tany izy ka hanazava sy hampianatra ny velona? Raha ohatra ka, araka ny lazain' ireo mpampianatra teolojia mamim-bahoaka, mieloelo manodidina ny sakaizany etý an-tany ny fanahin' ny maty, nahoana ary no tsy avèla hifandray aminy izy ireo, hampitandrina azy ny amin' ny ratsy, na hampionona azy amin' ny fahoriany? Fomba ahoana no ahazoan' ireo izay mino fa mahatsiaro ny maty

hitsipaka izay fahazavan' Andriamanitra tonga eo aminy amin' ny alalan' ireo fanahy efa nomem-boninahitra? Misy fitaovana heverina ho masina eto, izay ampiasain' i Satana hoenti-manatanteraka ny fikasany. Ireo anjely lavo izay nankatò ny baikony dia miseho ho mpitondra hafatra avy any amin' ny fonenan' ny fanahy. Amin' ny fihamboany ho afaka mampifandray ny velona amin' ny maty no andrendrehan' ilay andrianan' ny ratsy ny sain' ny maro amin' ny fomba manodoka.

Manan-kery mampiseho ny endriky ny havana aman-tsakaizany efa maty eo anatrehan' ny olona izy. Tonga lafatra ny hala-tahaka; ny endrika, ny teny, ny feo mahazatra dia samy voaverina amin' ny fomba miavaka tsara sy mahagaga. Maro no mahita fiononana amin' ny fahazoana toky fa miriaria amin' ny fahasambaran' ny lanitra ny olon-tiany, ary tsy maodimaody velively ny amin' ny loza mitatao izy ireo raha manongilan-tsofina hihaino «fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia».

Rehefa voataona hino izy ireo fa tena miverina hifandray aminy tokoa ny maty, dia nasehon' i Satana ny endrik' ireo izay tsy vita fiomanana akory raha nidina tany am-pasana. Mihambo ho sambatra any an-danitra izy ireny ary mitana toerana ambony mihitsy aza, koa dia miely amin' izany fomba izany ny fampianarana fa tsy misy fahasamihafana amin' ny olo-marina sy ny ratsy fanahy. Indraindray ireo mpamangy milaza fa avy any an-koatra dia manao fananarana sy fampitandremana izay voaporofo fa marina. Koa rehefa babony ny fitokisana, dia mampiseho foto-pinoana izay mampirodana hatrany amin' ny fotony ny finoana ny Soratra Masina izy. Toa vonombonona ery izy hanasoa ny havana aman-tsakaizany etý antany, nefa dia manisika ny hevi-diso mampidi-doza indrindra. Noho izy manambara fahamarinana sasantsasany, sy afaka indraindray milaza toe-javatra mbola ho avy dia toa azo inoana ny zavatra lazainy; ka moramora foana no aneken' ny maro sy inoany ho toy ny fahamarinana masina ara-Baiboly ny fampianaran-diso arosony. Tsy raharahaina ny lalàn' Andriamanitra, tsiratsiraina ny Fanahin' ny fahasoavana, atao ho zavatra tsy masina ny ran' ny fanekena. Mandà ny maha Andriamanitra an' i Kristy ireo fanahy ireo, ary mampietry mihitsy ny Mpamorona hitovy saranga aminy aza. Toy izany, amin' ny famitahana vaovao, no anohizan' ilay mpikomy raindahiny ny ady ataony amin' Andriamanitra, izay natomboka tany an-danitra ary mbola tsy manampiatoana ety an-tany efa ho enina arivo taona izao.

Betsaka ny olona no miezaka manazava ireo fisehoan' angatra ireo amin' ny filazana fa avy amin' ny hosoka sy ny fanova-maso rano fotsiny ataon' ireo mpanelanelana izany. Marina fa matetika dia nolazaina ho tena fisehoana marina tokoa ny vokatry ny hakingan-tanana fotsiny. nefa nisy koa ny tena avy amin' ny fiasan' ny hery ambony noho ny an' ny olombelona. Tsy vokatry ny hakingan' olombelona na fahaizany tsy akory ireo dona

tsy fanta-piaviana niandohan' ny fiantsoana avelo ankehitriny, fa tena asa mivantana ataon' ireo anjely ratsy, izay nampiditra tamin' izany fomba izany ny anankiray amin' ny fitaka mahomby indrindra hoenti-mamono ny fanahy. Maro no ho voatandriky ny finoana fa fitaka ataon' ny olombelona fotsiny ny filalaovan' angatra; rehefa manatrika fisehoan-javatra tsy maintsy ekena fa avy amin' ny hery ambonin' ny an' ny olombelona izy, dia ho voafitaka, ary ho voatarika, hanaiky izany hery lehibe izany ho avy amin' Andriamanitra.

Tsy miraharaha ny fanambaran' ny Soratra Masina mikasika ireo fahagagana ataon' i Satana sy ny anjeliny ireny olona ireny. Ny fanampian' i Satana no nahazoan' ireo mpanao sikidin' i Farao naka tahaka ny asan' Andriamanitra. Lazain' i Paoly marimarina fa alohan' ny fiavian' i Kristy fanindroany dia hisy fisehoan' ny herin' i Satana toy izany. Ny fiavian' ny Tompo dia tsy maintsy ialohavan' ny «fiasan' i Satana amin' ny hery sy ny famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra» [1]. Ary izao no ambaran' i Jaona raha milaza ny amin' ilay fahefana manao fahagagana izay hiseho amin' ny andro farany izy : «Ary manao famantarana lehibe izy, ka dia mampidina afo avy any an-danitra eo imason' ny olona aza. Ary mamitaka izay monina ambonin' ny tany izy amin' ny famantarana izay nomena azy hatao» [2]. Tsy fitaka tsotra tsy akory no ambara mialoha eto. Ho voafitaky ny fahagagana izay azon' ireo fiasan' i Satana atao tokoa ny olona, fa tsy izay hihamboany ho vita tsy akory.

Ilay mpanjakan' ny fahamaizinana izay efa ela nampiasana ny herin' ny sainy faran' izay maranitra ho amin' ny asa famitahana, dia mahay mampifanaraka ny fakam-panahiny amin' ny sokajin' olona rehetra sy ny toe-javatra samihafa misy azy. Ny olona nandia fianarana sy ambony fari-piainana dia anehoany ny filalaovan' angatra amin' ny endrika mihaja sy ara-tsaina kokoa, ary amin' izany dia mahomby izy amin' ny fitarihana ny maro eo amin' ny fandrika velariny. Ny fahendrena izay atolotry ny fifampiraharahana amin' ny maty dia ilay lazain' ny apostoly Jakoba izay «tsy avy any ambony, fa araka ny eto an-tany ihany, araka ny nofo, araka ny demonia» [3]. Izany anefa dia afenin' ilay mpamitaka lehibe rehefa mety amin' izay kendreny ny fanafenana azy. Hay afaka niseho tamin' i Kristy nitafy ny famirapiratan' ireo serafiman' ny lanitra tany an' efitry ny fakampanahy. dia manatona ny olona tahaka ny anjelin' ny mazava amin' ny fomba mahataona indrindra. Manintona ny saina handanjalanja izy amin' ny fanehoany tari-kevitra mampisandratra; mamalifaly ny saina tia nofinofy amin' ny toe-javatra mahasondriana; ary mampientanentana ny fihetseham-po izy amin' ny fanehoana fitiavana sy fanaovan-tsoa. Manaitaitra ny saina hanidintsidina ambony izy, ka mitarika ny olona hirehareha fatratra ny amin' ny fahendren' ny tenany mba hitaona azy hanivaiva Ilay Maharitra mandrakizay ao am-pony. Io anjely mahery io izay afaka nitondra ny Mpanavotra an» izao tontolo

izao ho eo an-tampon' ny tendrombohitra avo dia avo ary nampandalo teo anatrehany ireo fanjakan' ny tany rehetra sy ny voninahiny, dia haneho ny fakam-panahy amin' ny olona amin' ny fomba mamitaka ny sain' izay rehetra tsy voaron' ny herin' Andriamanitra.

Mamitaka ny olona ankehitriny i Satana tahaka ny namitahany an' i Eva tany Edena amin' ny fandokadokafana, amin' ny fitsiriritana hahazo fahalalana voarara, amin' ny fanairana ny hambom-pony hanandra-tena. Ny fankamamiana ireo ratsy ireo no nahatonga ny fahavalon' i Satana, ary amin' ny alalan' izany no kendreny hahatanteraka ny fandevonana ny olona. «Ho tahaka an» Andriamanitra ianareo», hoy izy, ka «hahalala ny tsara sy ny ratsy » [4]. Ny fiantsoana avelo dia mampianatra fa «zavaboary mandroso ny olombelona : fa anjarany hatramin' ny nahaterahany ny handroso, eny mandritra ny mandrakizay, hanakatra an' Andriamanitra». Ary izao koa : «Samy hitsara tena ny tsirairay fa tsy ny hafa». «Ho ara-drariny ny fitsarana, satria fitsarana ataon' ny tena. . . Ao anatinao ny seza fiandrianana». Hoy ny mpampianatra izay miandany amin' ny fiantsoana avelo, raha nifoha tao aminy ny «fahatsiarovan-tena ara-panahy» : «Ny mpiarabelona amiko rehetra dia samy andriamanitra tapany sy tsy lavo avokoa». Misy iray hafa manao hoe : «Na iza na iza marina sy tanteraka dia samy Kristy avokoa».

Noho izany, eo amin' ny toeran' ny fahamarinana sy ny fahatanterahan' May Andriamanitra tsy hita fetra, Izay hany tokony ivavahana; eo amin' ny toeran' ny fahamarinana tanteraky ny lalàny. izay tena fisedrana ny asan' ny olombelona, no nametrahan' i Satana ny maha-olombelona feno fahotana sy maniasia no hany tokony hivavahana, ho hany fitsipika hoenti-mitsara, na ho tarigetran' ny toetra amam-panahy. Fandrosoana izany, nefa tsy mihasolanga fa mihajoko.

Lalàna manan-kery amin' ny ara-tsaina sy ny ara-panahy ny hoe miova araka izay banjinintsika isika. Mivoatra miandalana hifanaraka amin' izay zavatra avelantsika hiantombenany ny saina. Manjary miray volo amin' izay nozarina ho tiany sy hajainy izy. Ny olona dia tsy hisandratra na oviana na oviana ho ambony kokoa noho ny filamatra nofidiny ara-pahadiovana sy fahatsarana ary fahamarinana. Raha ny tenany no nataony ho tarigetra ambony indrindra hotratrarina, dia tsy hahatratra na oviana na oviana izay ambony noho izany mihitsy izy. Ny marina dia hitotongana ambany kokoa hatrany izy. Ny fahasoavan' Andriamanitra irery ihany no manan-kery hanandratra ny olona. Raha avela samirery izy, dia tsy maintsy hitsontsori-midina ny lalany.

Amin' ny mpitia fanaranam-po sy mpakamamy fahafinaretana, ary ny mpanaraka ny filan' ny nofo. ny filalaovan' angatra dia tsy mitafy endrika mihaja loatra tahaka ny amin' ny olona ambony fiaina sy ara-tsaina. fa amin' izay mifandrindra amin' ny fironana misy eo amin' ny olona tahaka ireny.

Voadinik' i Satana avokoa izay rehetra mety ho famantarana sy fahalemena amin' ny toetr' olombelona; marihiny izay fahotana malaky mahazo ny tsirairay, ary dia kendreny tsy ho diso ny fotoana mety hanomezana fahafaham-po ny fironana ho amin' ny ratsy. Alainy fanahy ny olona hanao tafahoatra amin' ny zavatra ara-dalàna rahateo. ka mahatonga azy noho ny tsy fahalalana onony, hampihena ny hery ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy ao aminy. Efa nanimba ary mbola hanimba olona an' arivony izy amin' ny fampanaranam-po ny filana ambany, ary amin' izany dia manao amboletra amin' ny tenan' ny olona manontolo izy. Ary mba hahatomombana ny asany ambarany amin' ny alalan' ireo fanahy fa «ny fahalalana marina mametraka ny olona ho ambonin' ny lalàna rehetra»; ary «na inona na inona misy dia mety avokoa»; fa «Andriamanitra tsy manameloka», ary «tsy ananan-tsiny avokoa ny fahotana rehetra atao». Rehefa voatarika toy izany ny olona hino fa ny faniriana no lalàna ambony indrindra, fa ny atao hoe fahafahana dia ny fahazoa-manao izay zavatra rehetra tian-katao. ary tsy hampamoahana afa-tsy amin' ny tenany ihany ny olona. ka moa ve tokony hahagaga raha manorobona hatraiza hatraiza ny fahalotoana sy ny faharatsiampitondrantena? Eken' ny olona mora foana ny fampianarana izay manome azy malalaka hanaraka ambokony ny bitsiky ny fony ara-nofo. Avotsotra ho eo ambozon' ny filan-dratsy ny lamboridin' ny fifehezantena, ary avela hianjadian' ny fironana maha-biby ny herin' ny sainy sy ny fanahy, koa dia mibitaka i Satana mandraoka an' arivony ho ao anatin' ny haratony ireo izay milaza tena ho mpanaraka an' i Kristy.

Tsy misy na iza na iza anefa natao ho voafitaky ny fihamboana mandaingan' ny filalaovana angatra. Efa nanome fahazavana ampy an' izao tontolo izao Andriamanitra ahazoany mahita ny fandrika. Araka ny efa naseho, dia mifandona amin' ny filazana mazava indrindra ao amin' ny Soratra Masina ny laha-kevitra iorenan' ny filalaovan' angatra. Manambara ny Baiboly fa ny maty dia tsy mahafantatra na inona na inona. fa efa levona avokoa ny fisainany; tsy manana anjara mihitsy amin' izay atao ety ambanin' ny masoandro izy; tsy misy na inona na inona fantany ny amin' ny fifaliana na ny fahorian' ireo olona tiany indrindra eto an-tany.

Ankoatr' izany, dia noraran' Andriamanitra mafy izay rehetra lazaina fa fifandraisana amin' ny fanahin' ireo efa maty. Tamin' ny andron' ny Hebreo dia nisy antokon' olona izay nihambo, tahaka ny ataon' ireo mpamoha angatra ankehitriny, ho mifandray amin' ny maty. Fa ny natao hoe «zavatra manindry», izay niantsoana ireo mpamangy avy any an-koatra, dia lazain' ny Baiboly ho «fanahin' ny demonia». (Ampitahao : Nomery 25 : 1-3 ; Salamo 106 : 28 ; 1 Korintiana 10 ; 20 ; Apokalypsy 16 ; 14) Ny fifandraisana amin' ny manao azy ho tsindrian-javatra dia nolazaina fa fahavetavetana teo imason' i Jehovah, ary norarany mafy dia mafy ka nomelohina ho faty

izay nanao izany. (Jereo Levitikosy 19 :31 ; 20 : 27) Ankehitriny na ny anarana hoe «sikidy» aza dia fanazimbazimba. Raisina ho anganom-bavy antitra ninoana tamin' ny fotoan' andro nanjakan' ny haizina ny fihamboan' ny olona ho afaka mifampiraharaha amin' ny fanahy ratsy. Ny fiantsoana avelo kosa, izay miisa aman-ketsiny ny mpanaraka azy, eny an-tapitrisany aza, dia tafatsofoka hatrany amin' ny fikambanan' ny mpahay «siansa», tafabosesika hatrany am-piangonana, ankasitrahana ao amin' ny antenimiera mpanao lalàna. ary na dia hatrany amin' ny lapan' ny mpanjaka aza io fitaka goavana dia goavana io dia tsy inona tsy akory fa fifohazan' ny sikidy amin' ny endrika vaovao, izay nomelohina sy norarana mafy fahiny.

Fa raha tsy nisy aza porofo mazava hafa ny amin' ny tena toetry ny filalaovan' angatra, dia tokony ho ampy ho an' ny kristiana ny tsy anavahan' ireo fanahy amin' ny fahamarinana sy ny fahotana, ny apostolin' i Kristy ambony sy madio fo indrindra amin' ny mpanompon' i Satana maloto indrindra amin' ny filazany fa any an-danitra ny olona farafaikany indrindra, ka asandratra avo dia avo any, dia ambaran' i Satana amin' izao tontolo izao hoe : «Tsy mampaninona na ratsy fanahy toa inona aza ianareo, tsy mampaninona na mino na tsy mino an' Andriamanitra sy ny Baiboly ianareo. Miveloma araka izay tianareo; fa ny lanitra no fonenanareo». Ireo mpampianatra miandany amin' ny fiantsoana avelo dia toa miteny hoe : «Izay rehetra manao ratsy dia tsara eo imason' i Jehovah ka ankasitrahany; na amin' ny hoe : «Aiza Andriamanitry ny fitsarana?» [5]Hoy ny tenin' Andriamanitra «Lozan' izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy! Izay manao ny maizina ho mazava ary ny mazava ho maizina!» [6]Mifanohitra amin' izay voalazan' ireo apostoly fony fahavelony teo ambany fitarihan' ny Fanahin' Andriamanitra no ambaran' ireo fanahy mandainga milaza ho fanahin' ny apostoly. Laviny tsotra izao ny maha avy amin' Andriamanitra ny Baiboly, ary amin' izany no andravany ny fototry ny fanantenan' ny kristiana sy amonoany ny fahazavana izay mampiseho ny lalana mankany an-danitra. Asain' i Satana mino izao tontolo izao fa tantara noforonina fotsiny ny Baiboly, na boky sahaza ny taranak' olombelona tany am-piandohany, fa ankehitriny kosa tsy tokony hoheveriny firy, na tokony hapetraka mihitsy aza satria efa lany andro. Ary ho solon' ny tenin' Andriamanitra dia ny filalaovana angatra no arosony. Fiasana eo ambany fifehezany manontolo ireo; amin' ny alalan' izany no ahazoany mampino izay tiany an' izao tontolo izao. Ilay Boky hitsarana azy sy ny mpanaraka azy dia apetrany any amin' ny aloka, eo amin' izay itiavany azy indrindra; Ilay Mpamonjin' izao tontolo izao dia ataony eo amin' ny laharán' ny olon-tsotra. Koa tahaka ny nampielezan' ny mpiambina Romana izay niandry ny fasan' i Jesosy ny tatitra mandainga nafahan' ny mpisorona sy ny loholona azy hoenti-mandà ny nitsanganany tamin' ny maty, dia toy izany koa no ataon' ireo mpilalao angatra izay miezaka ny hampiseho fa

tsy nisy fahagagana velively tamin' ny toe-javatra momba ny fiainan' ny Mpamonjy. Koa rehefa avy nanosika an' i Jesosy any ivoho izy ireo, dia mitarika ny saina ho amin' ny fahagagana vitany ka lazainy fa mihoatra lavitra noho.ny nataon' i Jesosy ireny.

Marina fa ankehitriny dia miova endrika ny fiantsoana avelo : sarontsaronany ireo toetra tsy mahomby ananany. fa maka endrika kristiana izy. Efa mby an-tsofin' ny besinimaro nandritra ny taona maro anefa ny filazana nataony ampahibemaso sy navoakany an-dahatsoratra ka asehon' izany ny tena toetrany marina. Tsy azo atao ny mandà na manafina ny fisian' ireny fampianarana ireny.

Fa amin' ny endrika isehoany amin' izao andro izao, dia tsy hoe azo leferina noho ny taloha ny filalaovana angatra, fa mainka mampidi-doza izy noho ny famitahana mifono hafetsena lalina kokoa ampiasainy. Raha nandà an' i Kristy sy ny Baiboly izy tamin' ny voalohany, ankehitriny kosa dia miseho ho manaiky azy roroa. Hazavaina amin' ny fomba azoazon' ny fo tsy voaova anefa ny Baiboly, fa atao tsy misy lanjany kosa ireo fahamarinana votoatiny sy iankinan' ny aina. Raisina ho matoan-toetran' Andriamanitra ny fitiavana, nefa aetry ho toy ny fihetseham-po osaosa izany, ka zara raha miseho ny maha-samihafa ny tsara sy ny ratsy. Ny fahamarinan' Andriamanitra, ny fanamelohany an-karihary ny fahotana, ny fitakian' ny lalàny masina, dia samy takonana tsy ho hitan' ny maso avokoa. Ampianarina hihevitra ny Didy Folo ho toy ny Soratra efa maty ny vahoaka. Fa angano mahafinaritra, mahasondriana no mamabo ny saina ka mitarika ny olona handà ny Baiboly ho fototry ny finoana. Raha ny marina dia lavina sahala amin' ny teo aloha ihany i Kristy, saingy efa nohajambain' i Satana loatra ny mason' ny vahoaka ka tsy hitany intsony ny fitaka.

Vitsy ny olona tena mahafantatra ny hery mamitaky ny famohazan' angatra sy ny loza mitatao raha mamela azy hiasa mangina. Maro no manandrakandrana izany mba hahafapo fotsiny ny fitiavany jerijery. Tsy tena mino marina an' izany izy ary mampihoron-koditra azy ny fieritreretana an' izany hoe hitolo-batana hofehezin' ny fanahy izy. Sahisahy mandeha amin' ny toerana voarara anefa izy, ka afaka mampiasa ny fahefany aminy ilay mpandringana manan-kery na dia tsy ankasitrahan' ireo aza izany. Rehefa voatarika indray mandeha fotsiny izy hampilefitra ny sainy hotarihiny. dia lasany ho babo. Tsy azony atao, amin' ny herin' ny tenany samirery, ny hiala amin' ny heriny mahasondriana sy mahataona. Tsy misy afa-tsy ny herin' Andriamanitra, izay omena ho valin' ny vavaka mafana atao amin' ny finoana, no mahay manafaka ireo fanahy voafandrika ireo.

Izay rehetra mandefitra amin' ny toetrany voalotom-pahotana, na minia mankamamy fahotana fantatra, dia miantso ny fakampanahin' i Satana hamely azy. Mampisaraka ny tenany amin' Andriamanitra izy sy tsy ho eo

amin' ny fiambenan' ny anjeliny; koa rehefa aroson' ilay ratsy ny fitaka ataony, dia tsy manam-piarovana izy ka hazany mora foana. Izay mitolo-batana hianjadian' ny heriny toy izany dia tsy mahafantatra akory izay hiafaran' ny diany. Rehefa vitan' ilay mpaka fanahy ny fandresena azy tanteraka, dia hampiasainy hitaona ny hafa am-pitaka ho amin' ny fandringanana izy.

Hoy ny mpaminany Isaia : «Ary raha lazaina aminareo hoe : milà saina amin' ny manao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao sikidy, izay mitsiatsiaka sy miboeriboerika, moa tsy Andriamaniny va no tokony hilan' ny olona saina? Fa hila saina amin' ny maty ho an' ny velona va izy? Ho amin' ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan' ny fahazavan' ny maraina» [7]. Raha vonona handray ny fahamarinana voalaza mazava ao amin' ny Soratra Masina mikasika ny toetry ny olombelona sy ny maty ny olona, dia ho tsinjony ao ivohon' ny fihamboan' ny filalaovan' angatra sy ny fisehosehoany ataony ny fiasan' i Satana amin' ny hery sy ny famantarana ary ny fahagagana mandainga. Nefa aleon' ny maro mifikitra amin' ny fahafahan' ny fo aranofo, amin' ny fahafinaretana sy amin' ny fahotana ankamamiany, ka dia akimpiny ny masony tsy hahita ny mazava ary mandroso tsy miraharaha ny fampitandremana izy, ka latsaka ao amin' ny fandriky ny fahavalo. «Satria tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy izy. Koa izany no ampananteran' Andriamanitra fiàsan' ny fahadisoan-kevitra aminy hinoany ny lainga» [8].

Izay manohitra ny fampianarana momba ny famohazan' angatra dia tsy miady amin' ny olombelona fotsiny, fa amin' i Satana sy ny anjeliny koa. Niditra amin' ny ady ifanaovana amin' ny «fanapahana sy amin' ny fanjakana sy. . . amin' ny fanahy ratsy eny amin' ny rivotra izy. «Tsy hihemotra na dia tsivalandia kely akory i Satana raha tsy ireo mpitondra hafatry ny lanitra no manosika azy hiverina. Tokony ho afaka hifanehatra aminy, tahaka ny nataon' ny Mpamonjy ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny hoe, «voasoratra hoe». Azon' i Satana atao ankehitriny, tahaka ny tamin' ny andron' i Kristy, ny mandray ny tenin' ny Soratra Masina ka aolany ny fampianarany hoentiny manohana ny fitaka ataony. Izay te-hijoro amin' izao andro isian' ny loza izao dia tsy maintsy mahafantatra ho an' ny tenany ny fanambaran' ny Soratra Masina.

Maro no hifanandrina amin' ny fanahin' ny demonia izay haka ny endriky ny havana aman-tsakaiza ary hanambara fampianarandiso faran' izay mampidi-doza. Hanohina ny fitiavantsika mamy indrindra ireo ka hanao fahagagana hanohanany ny zavatra hihamboany. Tsy maintsy ho vonona hanohitra ireny amin' ny fahamarinan' ny Baiboly izay milaza fa ny maty tsy mahalala na inona na inona isika, koa ny angatra izany dia tsy maintsy ho fanahin' ny demonia.

Manoloana antsika indrindra izao ny «andro fakam-panahy izay efa hihatra amin' izao tontolo izao ho tizahan-toetra izay monina ambonin' ny tany» [9]. Ho voafitaka sy ho resy izay rehetra tsy manana ny finoana mafy orina amin' ny Tenin' Andriamanitra. Miasa amin' ny fahagagana mandainga rehetra i Satana mba ahazoany manapaka ny zanak' olombelona, ary hitombo hatrany ihany ny fitaka ataony. Tsy hahavoa anefa ny tetiny raha tsy milefitra an-tsitrapo amin' ny fakam-panahy ny olona. Izay mitady amin' ny fony rehetra hahalala ny fahamarinana ka miezaka ny hanadio ny fanahiny amin' ny alalan' ny fankatoavana, ary miomana araka izay azony atao amin' izany hiatrika ny ady dia hahita fiarovana azo antoka ao amin' Ilay Andriamanitry ny fahamarinana. «Satria efa nitandrina ny teniko ny amin' ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao» [10], hoy ny teny fikasan' ny Mpamonjy. Aleony mandefa ny anjely rehetra any an-danitra hiaro ny vahoakany toy izay hamela ny fanahy iray izay matoky azy ho resin' i Satana.

Asehon' ny mpaminany Isaia eo imasontsika ny fitaka mahatsiravina izay hihatra amin' ny ratsy fanahy, ka hahatonga azy hihevitra ny tenany ho voaaro amin' ny fitsaran' Andriamanitra : «Efa nanao fanekena tamin' ny fahafatesana izahay ary efa nanao fifanarahana tamin' ny fiainan-tsi-hita, ka na dia avy aza ny loza manafotra, dia tsy hihatra aminay izany fa ny lainga no nataonay fiarovana, ary ny fitaka ho fietena»[11]. Anisan' ny antokon' olona voalaza eto izay matoky tena ka mikiribiby tsy mety mibebaka fa miantehitra amin' ny hoe tsy misy famaizana hihatra amin' ny mpanota; fa hasandratra ho any an-danitra avokoa ny olona rehetra. na manao ahoana na manao ahoana faharatsiany ka hanjary anjelin' Andriamanitra. Nefa mainka manizingizina izany ireo manao fanekena amin' ny fahafatesana sy fifanarahana amin' ny helo, izay niala tamin' ny fahamarinana nomanin' ny lanitra ho fiarovana ny marina amin' ny androm-pahoriana, ka manaiky ny fiarovan' ny lainga atolotr' i Satana ho solon' izany, dia ny fihamboana mamitaka ataon' ny filalaovana angatra.

Mahagaga ka tsy hay lazaina ny fahajamban' ny olona amin' ity taranaka ity. An' arivony no mitsipaka ny tenin' Andriamanitra izay lazainy fa tsy mendrika hinoana ary dia feno fitokisana fatratra izy mandray ireo fitaka ataon' i Satana. Ampangain' ireo mpisalasala sy mpanaraby ny fitiavam-bavaka lazainy fa diso toerana hitany eo amin' izay mitana mafy ny finoan' ny mpaminany sy ny apostoly, ary ataony ho fanalana hamohamo sy fanazimbazimba ireo fanambarana miezinezina ao amin' ny Soratra Masina mikasika an' i Kristy sy ny drafitry ny famonjena ary ny famaliana hihatra amin' izay mitsipaka ny fahamarinana. Miseho ho mangoraka ireo olona lazainy fa malemy sady tery saina ary minomino foana izy ireny, hany ka milefitra hankatò izay tadiavin' Andriamanitra sy hanaraka ny baikon' ny lalàny. Mampiseho fahatokian-tena fatratra izy amin' izany, toa efa nanao fanekena marina tokoa

tamin' ny fahafatesana sy nifanaraka tamin' ny helo — toa efa nanangana fefy tsy azo ihoarana sy tsy azo idirana manelanelana azy amin' ny famalian' Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona mampahatahotra azy. Efa nitolobatana manontolo tamin' ny mpaka fanahy izy, efa tafaray amin' ny fomba ety dia ety taminy, ary efa vonto tanteraka amin' ny fanahiny, hany ka tsy manan-kery sady tsy manam-paniriana hiala amin' ny fandrika voavelatra.

Efa ela i Satana no niomana ho amin' ny ezaka farany hamitahany an' izao tontolo izao. Napetrany tamin' ny toky nomeny an' i Eva tao Edena ny fanorenan' ny asany hoe : «Tsy ho faty tsy akory ianareo». «Amin' ny andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an' Andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy» [12]. Nomaniny tsikelikely ny lalana ho amin' ny fitaka fara-tampony hataony amin' ny fitomboan' ny filalaovana angatra. Tsy mbola nahatratra ny fahatanterahana feno ny amin' ny zavakendreny nefa izy; nefa ho tody amin' izany amin' ny andro farany sisa. Hoy ny mpaminany : «Ary nahita aho fa indreo fanahy maloto telo tahaka ny sahona. . . fanahin' ny demonia ireo ka manao famantarana sady mankany amin' ny mpanjaka amin' izao tontolo izao mba hanangona azy ho amin' ny adin' ilay andro lehiben' Andriamanitra Tsitoha» [13]. Afa-tsy izay voaron' ny tenin' Andriamanitra. amin' ny alalan' ny finoana ny teniny. dia ho voafaoka ho ao amin' ny laharany izao tontolo izao manontolo hanaraka ny fitaka ataony. Sondriana sy renoka ny vahoaka noho izany fiadanana mampidi-doza izany, ary tsy hifoha raha tsy hirotsaka ny fahatezeran' Andriamanitra.

Hoy Jehovah Tompo : «Ny fitsarana no hataoko ho fitsipika, ary ny fahamarinana no ho pilao; hopaohin' ny havandra ny lainga fiarovana, ary hindaosin' ny rano ny fierena. Hofoanana ny fanekenareo amin' ny fahafatesana, ary tsy haharitra ny fifanarahanareo amin' ny fiainan-tsi-hita; raha ho avy ny loza manafotra, dia ho tonga fanitsakitsany ianareo» [14].

**Fanamarihana**

1 2 Tes. 2: 9. 10
2 Apok. 13 : 13 , 14
3 Jak. 3 : 5
4 Gen. 3 : 15
5 Malakia 2 : 17
6 Isa. 5 : 20
7 Isa. 8 ; 19 ; 20
8 2 Tes.2 : 10 , 11
9 Apok. 3 : 10
10 Apok. 3 : 10
11 Isa. 28:15
12 Gen. 3 : 4 , 5
13 Apok. 16 : 13 , 14
14 Isa. 28: 17 . 18

# 35

## *Tandindomin-doza ve ny fahafahana hivavaka araka ny fieritreretana ?*

Ankehitriny ny fijerin' ny Protestanta ny fivavahan' i Roma dia tsara lavitra noho ny tamin' ireo taona teo aloha. Any amin' ny tany izay tsy mampahatanjaka loatra ny fivavahana katolika ka itadiavan' ny mpiandany amin' ny papa ny marimaritra iraisana mba ahazoany miasa mangina, dia mitombo ny tsy firaharahana ireo foto-pinoana mampisaraka ny fiangonana nohavaozina sy ny fiangonana ao ambany fahefana papaly. Miha-mahazo vahana ny fiheverana fa, raha ny tena izy. dia tsy misy fahasamihafana firy araka ny niheverana azy isika eo amin' ny tena votoatin-javatra, ary raha misy fandeferana kely fotsiny dia hitondra fifankahazoana bebe kokoa amin' i Roma izany. Efa lasa ny fotoana izay nanombanan' ny Protestanta ho tena sarobidy ny fahafahana manaraka ny feon' ny fieritreretana izay efa novidian-dafo tokoa. Nampianatra ny zanany hankahala ny fanarahana ny papa izy sy hihevitra fa fivadihana amin' Andriamanitra ny fitadiavana izay hifandrindrana amin' i Roma. Nefa efa hafa dia hafa ankehitriny ny fihetseham-po miseho!

Ny mpiaro ny fahefana papaly dia manambara fa nohosorampotaka ny eglizy, ary mirona ny hanaiky an' io fanambarana io ny Protestanta amin' ny ankapobeny. Maro no manantitrantitra fa tsy mety ny mitsara ny fiangonana ankehitriny amin' ny zavatra mahamenatra sy mitory hadalana manamarika ny fanapahany nandritra ireo taonjato nanjakan' ny tsy fahalalana sy ny haizina. Manalatsiny ny toetrany lozabe sy mahatsiravina izy izay lazainy fa vokatry ny fahasiahana nisy tamin' izany andro izany, ary ho fiarovany ny eglizy, dia ambarany fa efa nanova ny toetrany ny hery miasa mangina avy amin' ny riban' izao andro izao.

Moa va hadinon' ireny olona ireny ny fihamboana ho tsy mety diso narangarangan' io fahefana feno rehareha io nandritra ny valonjato taona? Hatramin' izao dia tsy notsoahana velively izany fa mainka noantitranterina tamin' ny fomba mazava lavitra noho ny teo aloha aza. Araka ny filazan' i Roma dia «tsy mbola diso na oviana na oviana ny eglizy; ary araka ny Soratra Masina dia tsy ho diso na oviana na oviana izy», (John L. von Mosheim, *Institutes of Ecclesiastical History,* boky fahatelo, fizarana lehibe 11. tapany faharoa, toko 2, fizarana faha-9, noty faha — 17, koa ahoana no fomba ialany amin' ireo foto-kevitra izay nifehy ny fihetsiny tamin' ny andro lasa ?

Tsy havelan' ny fiangonana papaly na oviana na oviana ny fihamboany ho tsy mety diso. Tazoniny ho mety izay rehetra nataony tamin' ny fanenjehany ireo izay nitsipaka ny fampianarany; koa moa ve tsy hamerina ireny asany ireny indray izy, raha misy fotoana mety hanaovany izany? Aoka hiala ange ny fameperana avy amin' ny fitondram-panjakana ary avereno amin' ny fahefana nananany teo aloha i Roma, raha tsy hifoha haingana dia haingana ny toetrany lozabe sy ny fanenjehana nataony.

Toy izao manaraka izao no nolazain' ny mpanoratra fanta-daza iray momba ny fihetsiky ny fitondrana papaly mikasika ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana, ary ny amin' ny loza izay mananontanona an' i Etazonia raha tahiny ka mahomby ny tetik;, ataony : Maro no vonon-kihevitra fa ny fahatahorana ny fivavahana romana atý Etazonia dia avy amin' ny fahateren-tsaina sy ny fananana hevi-jaza fotsiny. Izay olona manao izany dia tsy mahatsinjo na inona na inona ao amin' ny toetra amam-pihetsiky ny eglizy romana izay manohitra ny fandaminam-pitondrana miorina amin' ny fahafahana eto amintsika sy izay mety ho loza ateraky ny fitomboany ny eglizy. Koa aoka, alohan' ny zavatra rehetra, hampitahaintsika ny sasantsasany amin' ny foto-kevitra iorenan' ny governemantantsika amin' ny foto-kevitra iorenan' ny eglizy katolika.

«Miaro ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana ny Lalàm-panorenan' i Etazonia. Tsy misy zava-dehibe sy ankamamiana toy izany. Hoy ny papa Pie fahasivy, ao amin' ny Taratasiny ho an' ny Eveka rehetra tamin' ny 15 Aogositra 1854 : «Ireo fampianarana tsy misy fotony sady diso na miteniteny foana miaro ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana dia fahadisoan-kevitra mampididoza toy ny areti-mifindra toy ny pesta tokony hatahorana indrindra ao amin' ny fanjakana iray, mihoatra noho ny hafa rehetra». lo papa io ihany koa, ao amin' ny Taratasiny ho an' ny Eveka rehetra tamin' ny 8 Desambra 1864, dia nanonona ozona (anatema) tamin' ireo izay manantitrantitra ny amin' ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana sy ny fanompoam-pivavahana araka izay tiana, ary koa amin' «izay rehetra mitana fa tsy tokony hampiasa hery ny Eglizy ».

«Tsy milaza fiovam-po tsy akory ny feo mitory fandriam-pahalemana ataon' i Roma atsy Etazonia. Mandefitra izy amin' ny toerana tsy ananany hery. Hoy ny Eveka O' Connor : «Zakaina fotsiny ny fahafahana ara-pivavahana mandra-pahazoana mampihatra izay mifanohitra amin' izany ka tsy hampidi-doza ny mpino Katolika». . . Hoy ny Arsevekan' i Md Louis indray mandeha : «Heloka bevava ny «herezia» sy ny tsy finoana, ary any amin' ny tany Katolika, tahaka an' i Italia sy Espaina, ohatra, izay katolika avokoa ny olona rehetra, ary manana anjara fototra amin' ny lalàna mifehy ny tany sy ny fanjakana ny fivavahana katolika, dia sazina tahaka ny heloka bevava hafa izany». . .

«Ny kardinaly, ny arseveka, sy ny eveka rehetra ao amin' ny Eglizy katolika dia mivelirano hanompo ny papa, ka ahitana izao teny manaraka izao ao amin' io tokim-panompoana io : «Ny heretika, sy izay misaraka amin' i Eglizy ary ny mpikomy amin' ny andriantompoinay (ny papa), na ireo mpandimby azy voatonona etsy aloha, dia hampiasako ny fara-heriko ny fanenjehana sy ny fanoherana azy». Josiah Strong,*Our Country,* toko 5, fizarana 2-4.

Marina fa misy olona tena Kristiana ao amin' ny fiangonana Katolika Romana. Misy an' arivony ao amin' io fiangonana io no manompo an' Andriamanitra araka ny fahazavana lehibe indrindra ananany. Tsy eo am-pelatanany ny Tenin' Andriamanitra ka noho izany dia tsy mahita ny fahamarinana izy. Tsy mbola tsinjony na oviana na oviana ny fahasamihafana eo amin' ny fanompoana velona atao amin' ny fo sy ny fombam-pivavahana miverimberina fotsiny. Mangoraka sy antra ireny fanahy nobeazina tao amin' ny finoana mamitaka sady tsy mahafa-po ireny Andriamanitra. Hahatonga ny tara-pahazavana hampisava ny haizina mikitroka manodidina azy ireo Izy. Hasehony azy ny fahamarinana araka izay ao amin' i Jesosy ka maro no hiandany amin' ny vahoakany.(Jereo Fanampiny)

Nefa amin' ny maha-rafi-pivavahana ny Romanisma dia tsy hoe mifandrindra amin' ny filazantsaran' i Kristy izy ankehitriny mihoatra noho tamin' ny fotoana tany aloha teo amin' ny tantarany. Voasaron' ny haizimbe tokoa ny fiangonana Protestanta. raha tsy izany dia ho nahita ireo famantarana izao vaninandro izao izy. Mahataka-davitra ny drafitra volavolain' ny fiangonana Romana sy ny fomba fiasany. Mampiasa ny tetika rehetra izy ho entiny manitatra ny heriny miasa mangina sy hampitombo ny tanjany ao amin' ny fanomanany ady mahery vaika farany. hifehezany indray an' izao tontolo izao, sy hamerenany indray ny fanenjehana. ary handravany izay rehetra naorin' ny fivavahana Protestanta. Mihamahazo vahana amin' ny lafiny rehetra ny fivavahana katolika. Diniho ny isan' ny trano fiangonany mitombo hatrany amin' ireo tany Protestanta. Jereo ny fankafizan' ny besinimaro ny sekoliny sy ny seminerany any Amerika, izay ianaran' ny Protestanta betsaka tokoa. Jereo ny fitombon' ny fombafomba

ara-pivavahana any Angletera sy ireo olona maro mitsoaka hanatevin-daharana ny Katolika. Ireny zavatra ireny dia tokony hampifoha ny sain' izay rehetra mankafy ireo foto-kevitra madion' ny Filazantsara.

Nifandray sy nifampikasoka tamin' ny fahefana papaly ny Protestanta; nitady marimaritra iraisana sy nandefindefitra izy. hany ka na dia ireo mpanohana ny papa aza dia gaga raha mahita izany, ary sanganehana ny amin' izay tokony ho heviny. Manakimpy ny masony tsy hijery ny tena toetry ny fivavahan' i Roma ny olona ka tsy velon' ahiahy ny amin' ny loza hateraky ny fahatafaverenany amin' ny fahefana fara-tampony. Ilaina ny hamohazana ny vahoaka hanohitra ny fandrosoan' io fahavalo mampidi-doza indrindra ny fahafahana amin' ny maha-olom-pirenena sy ny ara-pivavahana io

Maro ny Protestanta no mihevitra fa tsy manintona ny fivavahana katolika ary ny fanompoam-pivavahany dia fombafomba ivelany mahavalalanina sady tsy misy dikany. Diso izy ireo amin' izany. Na dia mifototra amin' ny fitaka aza ny fivavahan' i Roma, dia tsy fitaka bontolo sy mikaviavia tsy akory. Fanompoam-pivavahana faran' izay mampihetsi-po ny an' ny Fiangonana Katolika. Mambabo ny maro ny fisehoana mirentirenty sy ireo fombam-pivavahana marevaka ka mampangina ny feon' ny fisainana mandanjalanja sy ny an' ny fieritreretana. Finaritra ny maso. Ireo fiangonana kanto dia kanto. ireo filaharam-be manetriketrika. ireo alitara volamena. ireo vata fitehirizana relika miravaka vatosoa, ireo sary hoso-doko voafantina sy ireo sikotra voakaly fatratra, dia samy mamohafoha ay fankafiz.ana ny zava-kanto.

Voarotsirotsy koa ny sofina. Faran' izay kanto ny feon-java maneno. Ny orga mireondreona, mandravaka ny hira redonin' ny feo marobe izay manakatra ny haavon' ny andohalambo sy mameno ny elanelan' ny andry rehetra amin' ireo katedraly miezinezina. dia tsy afaka tsy hanaitra ny saina ka hitaona azy hitsaoka amimpanajana.

Io famirapiratana iveiany, rendrarendra sy fanompoam-pivavahana marevaka io. izay tsy inona fa fanarabiana ny senton' ny fanahy maratran' ny fahotana. dia porofon' ny fahalovana anaty. Tsy mila zava-mahasarika toy izany ny fivavahan' i Kristy mba hitiavana azy. Eo amin' ny fahazavana tomarataratra avy amin' ny hazo fijaliana, ny tena fivavahana kristiana marina dia madio sy maha te ho tia indrindra ka tsy misy ravaka iveiany afaka hampitombo ny tena fahamendrehany. Ny hakanton' ny fahamasinana. ny fanahy malemy sady miadana. no misy vidiny amin' Andriamanitra.

Tsy manambara avy hatrany fisainana madio sy ambony tsy akory ny fihetsika marevaka. Mazàna ny fiheverana lasa avo dia avo ny zava-kanto sy ny fahaiza-mankafy izay tsara sy mendrika dia monina ao amin' ny saina ara-nofo sy mirona ho amin' ny filandratsy. Matetika no ampiasain' i Satana

ireny hitarihana ny olona hanadino izay tena ilain' ny fanahy. tsy hitazana ny ho avy, ny fiainana maharitra mandrakizay, ary hiodina hiala amin' Ilay Mpanampy azy manana ny hery tsy voafetra sy tsy hivelona afa-tsy ho an' ity izao tontolo izao ity ihany.

Manintona ny fo tsy voaova ny fivavahana ivelambelany. Ny renty sy ny ravaky ny fanompoam-pivavahana Katolika dia manankery mahataona sy maharenoka ka voafitaka ny maro ; heveriny ho tena vavahadin' ny lanitra mihitsy ny fiangonana Katolika. Tsy misy afa-tsy ireo izay nampitoetra mafy ny tongony teo amin' ny fanorenan' ny fahamarinana ihany, sy izay nohavaozin' ny Fanahin' Andriamanitra ny fony. no afaka hahatohitra ny fitaomany mangina. An' arivony ny olona izay tsy manana fahalalana velona an' i Kristy no ho voatarika hanaiky ny endriky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra nefa mandà ny heriny. Ny fivavahana toy izany indrindra no irin' ny maro harahina.

Ny fihamboan' ny Eglizy fa manana fahefana hamela heloka izy dia mitarika izay miandany amin' i Roma hihevitra fa manana fahafahana hanota; ary ny fanaovana «kaofesy», izay tsy ahazoana famelan-keloka avy aminy raha tsy atao. dia manome alalana koa ny ratsy, Izay mandohalika eo anatrehan' ny olona lavo ka «mikaofesy» mandoatra ny eritreriny mangina sy ny fisaintsainan' ny fony. dia mampietry ny maha-olona azy sy ny faniriana voa-janahary ambony rehetra ao amin' ny fanahiny. Ny famelarany ny fahotan' ny fiainany amin' ny pretra, izay olona mety diso sy mpanota mety maty, ary matetika loatra no simban' ny divay sy ny faharatsiampitondrantena, — dia mampidina ny fenitry ny toetrany, ary mandoto azy noho izany. Midina ny fiheverany an' Andriamanitra noho ny fampitoviany Azy amin' ny olombelona lavo satria mijoro ho solon' Andriamanitra ny pretra. Io fanaovana «kaofesy» mampietry ataon' ny olona amin' ny olona io no loharano miafina niavian' ny ankamaroan' ny faharatsiana izay nitosaka ka nandoto ny tany ary mahavonona azy ho amin' ny fandravana farany. Izay tia ny mampanaram-po ny tenany anefa dia mankasitraka kokoa ny miaiky ny helony amin' ny olona mety maty tahaka azy toy izay hanokatra ny fony amin' Andriamanitra. Mahafinaritra kokoa ny mahaolombelona ny manefa sazy toy izay hiala amin' ny fahotana; moramora kokoa ny mampahory ny nofo amin' ny akanjo malailay sy ny tsilo ary ny gadra mandratra toy izay hanombo ny filan' ny nofo. Mavesatra ny zioga izay eken' ny fo ara-nofo ho zakaina toy izay hiondrika eo ambanin' ny ziogan' i Kristy.

Misy fitoviana manaitra amin' ny fiangonan' i Roma sy ny fiangonana jiosy tamin' ny fiavian' i Kristy voalohany. Nanitsakitsaka mangina ny fotokevitra ao amin' ny lalàn' Andriamanitra ny Jiosy, nefa ety ivelany dia niseho ho sarotiny fatratra tamin' ny fanarahana ny fitsipika momba izany izy, ka nampahavesatra izany tamin' ny fitakiana sy ny lovantsofina izay nahatonga

ny fankatoavana ho nampiferinaina sy ho toy ny entana nanindry mafy. Nilaza ny tenany ho mpanaja ny lalàna ny Jiosy ; toy izany koa, ireo mpiandany amin' i Roma dia nihambo ho manaja ny hazo fijaliana. Manandratra ny tandindon' ny fijalian' i Kristy izy, nefa amin' ny fiainany dia mandà Ilay asehon' izany.

Mametraka hazo fijaliana eo amin' ny fiangonany. eo amin' ny alitarany, sy eo amin' ny fitafiany ny mpanaraka ny papa. Hita hatraiza hatraiza ny famantarana ny hazo fijaliana. Ho amin' ny ivelany dia omem-boninahitra sy asandratra hatraiza hatraiza izany. Fa ny fampianaran' i Kristy kosa dia totofana lovantsofina mivangongo tsy misy dikany, sy fivoasan-kevitra mivaona ary fepetra henjana. Ny teny nataon' ny Mpamonjy ny amin' ireo Jiosy niseho ho tia vavaka ka sarotsarotiny efa izay-tsi-izy, dia mihatra amin' ny fomba mahery vaika kokoa amin' ireo mpitarika ny Fiangonana Romana. «Eny, mamehy entana sady mavesatra no sarotra entina izy ka manaingina izany eo amin' ny soroky ny olona, nefa ny tenany tsy mety manetsika izany na dia amin' ny rantsan-tanany anankiray aza»[1]. Ny fanahy mahatsapa-tena dia giazana lalandava ao amin' ny tahotra ny fahatezeran' Andriamanitra feno fahavinirana. nefa maro amin' ireo mpitondra ambony ao amin' ny eglizy no mivelona amin' ny fanaranam-po sy ny fahafinaretana ara-nofo.

Ny fiankohofana amin' ny sary sy ny relika, ny fiantsoana ny olo-masina sy ny fanandratana ny papa dia samy fitaka ataon' i Satana hisarihana ny sain' ny olona hihataka amin' Andriamanitra sy amin' ny Zanany. Mba hahatanteraka ny fandringanana azy ireo. dia miezaka i Satana hanodina ny sainy hiala amin' Ilay hany ahitany famonjena. Hotaominy izy ho amin' ny zavatra rehetra izay azony hasolo Ilay Anankiray nanao hoe : «Mankanesa aty amiko. ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. fa Izaho no hanome anareo fitsaharana» [2], izy ireo.

Miezaka mandrakariva i Satana haneho amin' ny endrika tsy izy ny toetran' Andriamanitra, ny maha-ratsy ny fahotana. sy ny tena voafaoka ao amin' ilay ady goavana ifanaovan' ny tsara sy ny ratsy. Mampihen-danja ny tsy maintsy hitandremana ny didin' Andriamanitra ny fampianaran-disony ary manome alalana ny olona hanaram-po. Miaraka amin' izany dia ataony izay hankamamiany ireo hevi-diso momba an' Andriamanitra hany ka tahotra sy fankahalana no hiheverany Azy fa tsy fitiavana. Ny halozana izay tandra vadin-koditry ny toetran' i Satana dia lazaina fa an' Andriamanitra: azo tsapain-tanana izany eo amin' ny rafi-pivavahana samihafa ary ambaran' ny fombam-pivavahana. Toy izany no nahajamba ny sain' olombelona, ary nandraisin' i Satana ho fiasana azo antoka hoentimiady amin' Andriamanitra. Fiheveran-diso momba ny toetran' Andriamanitra no nitarika ny firenena jentilisa hino fa ilaina ny hanatitra olona ho sorona mba ahazoana antoka ny fankasitrahan' Andriamanitra; koa dia nisy halozana mahatsiravina natao tamin' ny endrika samy hafa teo amin' ny fanompoan-tsampy.

Ny Fiangonana Katolika Romana izay mampiray ny endriky ny fanompoantsampy sy ny fivavahana Kristiana sy maneho ny toetr' Andriamanitra amin' ny endrika tsy izy. tahaka ny fanompoantsampy ihany. dia nampiasa fomba feno fahasiahana sady maharikoriko tsy latsak' izany. Tamin' ny andro nananan' i Roma fahefana fara-tampony. dia nampiasa ireo fitaovana fampijaliana izy hanerena ny olona hanaiky ny fampianarany. Tao ny antontan-kitay fandoroana velona ho an' izay tsy nety nilefitra teo anoloany. Teo ireo vonoan' olona sesehena ka tsy ho fantatra ny isany marina raha tsy amin' ny andro fitsarana. Nodinihin' ireo mpitondra ambony tamin' ny fiangonana, teo ambany fitarihan' i Satana tompony, izay hamoronana fomba fampahoriana faran' izay mafy nefa tsy hanapitra ny ain' olona ampijaliana. Imbetsakano naverimberina hatramin' izay farany zakan' olombelona ny fampijaliana mandra-pilofiky ny nofo tsy hahatanty intsony, ka iarahabany ny fahafatesana ho toy ny fahafahana mamy dia mamy.

Toy izany no anjaran' ny mpanohitra an' i Roma. Ho an' ireo mpanaraka azy kosa dia tao ny fifehezana tamin' ny alalan' ny kapoka karavasy, ny hanoanana mila hahafaty, ny fampijaliana ny tena tamin' ny fomba rehetra tratry ny saina sy mankarary fo. Mba hahazoany antoka ny fankasitrahan' ny Lanitra, dia nandika ny lalàn' Andriamanitra mifehy ny zava-boahary ireo mpanao asa fivalozana (penitansy). Nampianarina izy hanapaka ireo fatorana nataon' Andriamanitra hitondra fitahiana sy fifaliana ho an' ny olona mandritra ny fivahiniany etý an-tany. Olona an-tapitrisany no mandry ao am-pasana rehefa avy nandany ny fiainany tamin' ny fiezahana very maina foana hampilefitra ny fitiavany voajanahary, hanafoana ho toy ny mahatezitra an' Andriamanitra ny eritreritra sy ny fihetsehampo rehetra mitory firaisam-po amin' ny olona tahaka ny tena.

Raha tiantsika ny hahalala ny halozana niniana nasehon' i Satana mandritra ny taonjato maro, tsy teo anivon' ireo izay tsy mbola nandre na oviana na oviana ny amin' Andriamanitra tsy akory, fa tao amin' ny foiben' ny fiangonana Kristiana sy nanerana ny tany nielezany, dia ampy ho antsika ny hanara-maso ny tantaran' ny Romanisma. Tamin' ny alalan' io rafitra goavana nenti-namitaka io no nahatontosan' ilay andrianan' ny ratsy ny fikasany hanala baraka an' Andriamanitra sy hampitondra faisana ny olona. Ary rehefa hitantsika ny fahombiazany tamin' ny fanovany endrika sy ny nanatanterahany ny asany tamin' ny alalan' ireo mpitondra ny fiangonana, dia mety ho azontsika mazava kokoa ny antony nahatonga azy hankahala fatratra ny Baiboly toy izany. Raha vakina io Boky io, dia hiharihary ny famindrampo sy ny fitiavan' Andriamanitra; ho hita fa tsy nametraka ireny enta-mavesatra ireny tamin' ny olona Izy. Ny hany angatahiny dia fo torotoro sy mangorakoraka, toe-tsaina feno fanetren-tena, vonona ny hankatò. Kristy dia tsy nanome ohatra tao amin' ny fiainany fa tokony

hihiboka ao anaty rindrina efatry ny monastera ny olona mba hahavonona azy ho any an-danitra. Na oviana na oviana Izy dia tsy nampianatra fa tokony hototofana tsy hahazo hipoitra ny fitiavana sy ny fangorahana ny hafa. Niboiboika avy tao am-pon' ny Mpamonjy ny fitiavana. Arakaraka ny hanatonan' ny olona ny fahatanterahany ara-panahy, no mampaharanitra ny fahatsiarovany ka mampahatsilo azy amin' ny fahatsapany ny fahotana, ary mahalalina kokoa ny fangorahany an' izay tra-pahoriana. Mihambo ho solon-tenan' i Kristy ny papa; mba manao ahoana kosa anefa ny toetrany raha ampitahaina amin' ny an' ny Mpamonjintsika? Moa mba efa nampiditra olona tany an-tranomaizina na nampijalijaly olona ve i Kristy, noho izy ireny tsy nankalaza Azy ho Mpanjakan' ny lanitra? Moa ve nisy nandrenesana ny feony nanamelokaho faty ireo izay tsy nanaiky Azy? Rehefa tsy niraharaha Azy ny mponina tao amin' ny vohitra iray an' ny Samaritana, dia feno fahatezerana ny apostoly Jaona ka nanontany hoe: «Tompoko, tianao ve raha hiteny izahay mba hisy afo milatsaka avy any an-danitra handevona azy, toy ny nataon' i Elia ?» Onena i Jesosy raha nijery ity mpianany, ary nanome tsiny azy noho ny fanahy tsy nanana antra tao aminy ka nanao hoe : «Fa ny Zanak' olona tsy tonga hahavery ny ain' olona, fa hamonjy azy» [3]. Manao ahoana ny fahasamihafan' ny toe-tsaina nasehon' i Kristy sy ny an' ilay misora-tena ho solontenany.

Ankehitriny ny fiangonana Romana dia maneho endrika kanto amin' izao tontolo izao, ka saronany fialan-tsiny ny tantaran' ny halozany mahatsiravina. Nitafy fitafiana tahaka ny an' i Kristy izy; nefa tsy niova tsy akory. Mbola mitoetra mandrak' ankehitriny ny foto-kevitra tsirairay eo amin' ny fahefana papaly izay nisy tamin' ny andro fahiny. Mbola mijoro ireo fampianarana novolavolaina tamin' ny andro nanjakan' ny haizina mikitroka indrindra. Aoka tsy hisy hamita-tena. Ny fahefana papaly izay mahavonombonona ny Protestanta fatratra hohajaina ankehitriny dia mbola ilay nifely izao tontolo izao tamin' ny andron' ny Fanavaozana ara-pivavahana ihany, fony nitsangana ireo olon' Andriamanitra sahy maty mba hampiharihary ny faharatsiany. Mbola ao aminy ny fireharehana sy ny fihamboana feno avona izay nentiny nanjakazaka tamin' ny mpanjaka sy ny mpifehy ambony ary koa ny filazana ny tenany fa manana ny zo amam-pahefana tahaka ny an' Andriamanitra. Tsy latsaka noho ny fony izy nanitsakitsaka ny fahafahana maha-olona sy namono ny olo-masin' ny Avo Indrindra ny toe-tsaina lozabe sy tsy refesi-mandidy ananany ankehitriny.

Tena izay nambaran» ny faminaniana mialoha ho toetrany ny toetry ny fahefana papaly, dia ny fihemorana amin' ny andro farany 2 Tesaloniana 2 : 3, 4.Fomba fiasany efa raikitra ny mitafy ny toetra mifanentana indrindra amin' izay kendreny; nefa ny endrika miovaovan' ny tana isalorany no anafenany ny poizina tsy miovan' ny menarana. Hoy izy: «Azo atao ny

mivadika ny toky nomena ny heretika». na ny olona ahiahiana ho «heretika» (Lenfant. boky 1. p 516). lo fahefana io ve. izay nosoratana tamin' ny ran' ny olona masina ny tantarany nandritra ny arivo taona. no ekena ankehitriny fa anisan' ny fiangonan' i Kristy?

Misy antony ny filazana re any amin' ny tany Protestanta fa tsy dia manao ahoana ny fahasamihafana misy ankehitriny amin' ny fivavahana Katolika sy ny fivavahana Protestanta, tsy tahaka ny tamin' ny andro taloha. Nisy ny fiovana; saingy tsy teo amin' ny fahefana papaly. Marina fa manam-pitoviana betsaka amin' ny fivavahana Protestanta misy amin' izao andro izao ny fivavahana Katolika. satria efa nikororosy fahana ny fivavahana Protestanta hatramin' ny andron» ireo Mpanavao fivavahana.

Rehefa nila sitraka tamin' izao tontolo izao ireo fiangonana Protestanta. dia nanajamba ny masony ny fitiavana sandoka. Nahoana. hoy izy. no tsy mety hisy soa avy amin' ny ratsy aza? Ny tsy maintsy ho vokatr' izany amin' ny farany dia hoheveriny ho ratsy izay rehetra soa. Tsy mijoro hiaro «ny finoana efa natolotra indray mandeha monja ho an' ny olona masina» izy, fa ankehitriny. dia toa miala tsiny amin' i Foma noho ny fiheverana tsy nisy fitiavana niheverany azy. ka mil'ona aminy noho ny fahateren-tsaina nentiny nitsara azy.

Misy olona marobe, na dia amin' ireo izay tsy mpakasitraka ny fivavahan' i Roma aza, no tsy mahatsapa firy ny loza ateraky ny fahefany sy ny hery miasa mangina avy aminy. Betsaka no mitompo fa ny haizina ara-tsaina sy ara-panahy nanjaka nandritra ny Andro Antenantenany no nahatonga ny fielezan' ny foto-pampianarany sy ny finoanoam-poany ary ny tsindrihazolena nataony fa ny fahazavantsaina bebe kokoa ananan' ny olona amin' izao andro «moderna» izao, ny fiparitahan' ny fahalalana hatraiza hatraiza. sy ny fahalalahana ara-pivavahana mitombo hatrany, dia misakana ny fifohazan' ny toe-tsaina tsy mahay mandefitra sy ny fitondrana tsy refesimandidy. Ny fiheverana fa mety hisy ny toe-javatra toy izany amin' izao andro mazava izao dia mahatsikaiky. Marina fa misy fahazavana lehibe ara-tsaina, ara-pitondrantena sy ara-pivavahana mamirapiratra amin' ity taranaka ity. Noho ireo takilan' ny Teny masin' Andriamanitra voavelatra dia nisy fahazavana avy any an-danitra nitosaka teto amin' izao tontolo izao. Tokony ho tsaroana anefa fa arakaraka ny habetsahan' ny fahazavana nomena, no mainka maha-be ny fahamaizinan' ireo izay mandoto sy mitsipaka izany.

Ny fandinihana ny Baiboly amim-pivavahana dia haneho amin' ny Protestanta ny tena toetry ny fahefana papaly ka hahatonga azy hankahala sy hanalavitra azy; nefa maro no mihevitra loatra ny tenany ho hendry hany ka tsy tsapany ny ilàny ny hitady an' Andriamanitra amim-panetren-tena mba hitarihany azy ho amin' ny fahamarinana. Na dia ireharehany aza ny fahazavan-tsaina ananany. dia samy tsy fantany na ny Soratra Masina na ny

herin' Andriamanitra. Tsy maintsy mahita fomba sasantsasany hampitonena ny feon' ny fieritreretany izy, ary izay tsy ara-panahy firy sy tsy mampietry azy loatra no katsahany. izay iriny dia fomba hanadinoana an' Andriamanitra kanefa azo heverina fa hahatsiarovana Azy koa. Mifanojo indrindra amin' izay tadiavin' ny olona rehetra tahaka ireny ny fahefana papaly. Manatanteraka ny fanirian' ny antokon' olona roa, izay saika mahafaoka an' izao tontolo izao manontolo izy ireo izay te-ho voavonjy amin' ny fahamendrehan' ny tenany — ary ireo izay te-ho voavonjy na dia mitoetra ao amin' ny fahotany aza. Ao no misy ny tsiambaratelon' ny heriny.

Voasehon' ny tantara fa mahatonga ny fahombiazan' ny fahefana papaly tokoa ny fotoana anjakan' ny tsy fahalalana, ny haizina ara-tsaina. Haseho mazava amin' ny ho avy kosa anefa fa ny fotoana hanjakan' ny fahazavana ara-tsaina lehibe dia hahatonga fahombiazana toy izany ihany koa. Tamin' ny andro fahiny, fony ny olona tsy nanana ny tenin' Andriamanitra ary tsy nanana ny fahalalana ny fahamarinana, dia notampenany ny masony, ka an' arivony no voafandrika, tsy nahita ny harato novelarina teo an-tongony. Amin' ity taranaka ity, dia maro ireo jembin' ny fanjelanjelatry ny hevitra volavolain' ny olombelona ny masony, «izay atao hoe fahalalana kanjo tsy izy» hany ka tsy hitany ny harato ary latsaka ao mora foana toy ny jamba izy. Tian' Andriamanitra raha raisin' ny olombelona toy ny fanomezana avy amin' Ilay Mpanao azy ny fahalalana ara-tsaina ka tokony hampiasaina hoentimanompo ny marina sy ny fahamarinana; nefa kosa rehefa ny fireharehana sy ny hambom-po no ankamamiana, ka asandratry ny olona ho ambonin' ny tenin' Andriamanitra ny laha-kevitra aroson' ny tenany, amin' izay dia mety hahavita ratsy bebe kokoa noho ny tsy fahalalana ny fahakingan-tsaina. Toy izany ny «siansa» sandoka amin' izao andro izao, izay mikiky ny finoana ny Baiboly, dia ho hita fa mahomby eo amin' ny fanomanana ny lalàna ho amin' ny fanekena ny fahefana papaly, amin' izato endriny mahafinaritra, tahaka ny fanidiana ny fahalalana izay anomana ny lalàna hahabe voho izany fahefana izany tamin' ny andro antenantenany nanjakan' ny haizina.

Ireo fihetsiketsehana mitombo any Etazonia ankehitriny mitady izay hanohanan' ny fanjakana ireo asa najoron' ny fiangonana sy ny fomba arahiny, dia mampiseho fa manara-dia an' ireo mpiandany amin' ny fahefana papaly ny Protestanta. Eny, mihoatra noho izany aza, mamoha ny varavarana hidiran' ny fahefana papaly mba ahazoany indray any Amerika Protestanta ny fahefana fara-tampony izay veriny tany Eoropa izy. Ary izay mampisy dikany bebe kokoa io fihetsika io dia ny fanamafisana ny fitandremana ny Alahady no tena zava-dehibe banjinina — fanao izay tao Roma no niandohany ary arangarangany ho famantarana ny fahefany. Ny toe-tsain' ny fahefana papaly — dia ny toe-tsaina mirona hanaraka ny fomba amam-panaon' izao tontolo izao, ny fanajana ny lovan-tsofin' olombelona

ambonin' ny didin' Andriamanitra — izany no mahazo vahana ao amin' ny fiangonana Protestanta ka mitarika azy ireo hanao ny asa fanandratana ny Alahady izay efa nataon' ny fahefana papaly talohany.

Raha tian' ny mpamaky ho fantatra ny amin' ireo fitaovana hampiasaina amin.' ny fifandonana efa manakaiky, dia aoka homarihiny fotsiny izay nampiasain' i Roma ho amin' izany ihany tamin' ny andro lasa. Raha tiany ho fantatra izay ho fihetsik' ireo mpiandany amin' ny papa sy ny Protestanta tafaray ka hataony amin' izay mitsipaka ny foto-pampianarany, dia aoka izy hijery ny fomba fihetsik' i Roma tamin' ny mpitandrina ny Sabata sy ireo mpiaro azy.

Ny didy navoakan' ny mpanjaka, ny konsily lehibe fiheverandraharaha ary ny lalàna nataon' ny fiangonana notohanan' ny fahefam-panjakana, no dingana niakaran' ny androm-piravoravoana jentilisa ho amin' ny toeram-boninahitra eo amin' ny fivavahana kristiana. Ny lalàna voalohany navoaka hanamafisana ny fitandremana ny Alahady dia ny lalàna nataon' i Constantin (A. D. 321; jereo fanampiny). Io didy io dia nampitsahatra ny mponina an-tanàndehibe amin' ny «andro be voninahitry ny masoandro», fa namela kosa ny tantsaha hanohy ny asa famboleny sy fiompiany. Na dia mazava aza ny maha-jentilisa an' io fitsipika io, dia nohamafisin' ny amperora izany rehefa nanaiky am-bavany fotsiny ny fivavahana kristiana izy.

Satria hita fa tsy ampy ho solon' ny fahefan' Andriamanitra ny didy avoakan' ny mpanjaka, dia naroson' i Eusèbe, izay eveka nitady sitraka tamin' ireo andriandahy ary sakaiza manokan' i Constantin sady mpanasohaso azy, ny filazana fa i Kristy no efa namindra ny Sabata ho Alahady. Tsy nisy fanambarana avy tao amin' ny Soratra Masina na dia iray aza naseho ho fanamarinana ilay fampianarana vaovao. Na i Eusèbe aza dia nanaiky tsy nahy ny fahadisoan' izany ary nanondro ireo tena nanao ny fanovana. «Ny zavatra rehetra», hoy izy, «na inona na inona tokony hatao amin' ny Sabata, dia efa nafindranay ho tamin' ny Andron' ny Tompo». -Robert Cox,*Sabbat Laws and Sabbat Dutres,* p. 538. Nefa ny fonjan-kevitra momba ny Alahady, na dia tsy marimpototra aza, dia nahatonga ny olona ho sahy hanitsakitsaka ny Sabatan' i Jehovah. Izay rehetra naniry ny homem-boninahitra teo amin' izao tontolo izao dia nanaiky ny androm-piravoravoana mamimbahoaka.

Rehefa mafy ny fanorenana ny fahefana papaly, dia nitohy ny asa fanandratana ny Alahady. Nandritra ny fotoana izay tsy nankanesan' ny mpamboly tany am-piangonana ny alahady, dia mbola noheverina ho Sabata ihany ny andro fahafito. Nefa dia nandroso hatrany ny fanovana. Norarana tsy hamoaka didimpitsarana mikasika ny fiainam-bahoaka tamin' ny Alahady ireo mpitsara. Tsy ela akory taty aoriana ny olona rehetra, na toy inona na toy inona laharana nisy azy dia nodidina hampijanona ny asa fanaony andavanandro rehefa tonga ny Alahady, raha tsy izany dia nandoa

sazy raha olona afaka, ary nokapohina kosa raha mpanompo. Tatý aoriana dia navoaka ny didy famerezana ny antsasaky ny fananany ho famaizana ny mpanankarena; ary raha mbola mikiribiby izy dia handevozina. Ny sarangan' olona ambanimbany kokoa dia natao sesitany mandra-pahafatiny.

Natsangana ho mpanohana koa ny fahagagana. Anisan' ny zavamahatalanjona dia ny tantaran' ity mpamboly sy mpiompy izay andeha hiasa ny taniny tamin' ny alahady ka nanadio ny angadin' ombiny tamin' ny fiasana iray; niraikitra tamin' ny tanany io fiasana io ary nandritra ny roa taona dia nolanjainy teny ihany, «sady nampijaly azy lozan-tany izany no henatra lehibe ho azy koa»' Francis West, *Historical and Pratical Discourse on the Lords Day,* p.174.

Taty aoriana dia nanome baiko ny pretra isaky ny paroasy ny papa mba hananatra ny mpandika ny Alahady ary hampirisika azy ho any am-piangonana sy hanao ny fivavahany, andrao dia mahatonga loza amin'atambo amin' ny tenany sy amin'ny mpifanolobodirindrina aminy. Nisy fivorian' ny mpitondra fivavahana nandroso fonjankevitra. izay nampiasaina im-betsaka hatramin' izay, na dia teo amin' ny Protestanta aza, nilaza fa satria nisy olona nilatsahan' ny varatra raha niasa tamin' ny Alahady, dia tsy maintsy ho Sabata izany io audio io. «Mazava». hoy ireo mpitondra fivavahana ambony, «ny tsy fankasitrahan' Andriamanitra ny fanaovany an-tsirambina io andro io». Nisy antso nalefa tamin' izay tamin' ny pretra sy ny mpitandrina, ny mpanjaka sy ny andriandahy, ary ny mpino rehetra mba «hanaovany ny ezaka sy ny fikarakarana rehetra hamerenana io audio io amin' ny toeram-boninahiny sy hitandremana izany amin-kafanampo bebe kokoa amin' ny andro ho avy, mba ho lazan' ny fivavahana Kristiana». Thomas Morer.*Discourse un Six Dialogue on the Name, Notion, and Observation of Lords Day,* p. 271

Rehefa hita fa tsy ampy ny didy navoakan' ny Konsily dia ny fahefam-panjakana no niangaviana hamoaka didy izay hampivadi-po ny vahoaka ka hanery azy hijanona tsy hiasa amin' ny Alahady. Tamin' ny Synoda nivory tany Roma, dia nohamafisina indray hanankery bebe kokoa ireo fanapahan-kevitra teo aloha rehetra. Natsofoka ho anisan' ny lalàm-piangonana izy ireny ary nankatoavin' ny fahefam-panjakana saiky nanerana ny tany Kristiana rehetra. (Jereo Heyryn, History of the Sabbat, fizarana 2, toko 5, andininy faha-7)

Ny tsy fisian' ny fahefana avy amin'ny Soratra Masina nanohana ny fitandremana ny Alahady anefa dia mbola nanelingelina fatratra. Nanontanian' ny olona ny zon' ireo mpampianatra azy nitsipaka ny fanambarana mazava nataon' i Jehovah hoe: «Sabatan' i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito» mba hanajana ny andron' ny masoandro. Nilaina ny zavatra hafa mba hamenoana ny fahabangan' ny porofo avy amin' ny Baiboly. Nisy mpiaro ny Alahady nafana fo, izay nitsidika ny fiangonana tany Angletera

tokony ho tamin' ny faramparan' ny taonjato faharoa ambin' ny folo, izay notoherin' ireo vavolombelona nahatokin' ny fahamarinana. Tena tsy nisy vokatra mihitsy ny fiezahany. ka niala vetivety tamin' io tany io izy aloha ary nikaroka fomba hoenti-manamafy ny fampianarany. Rehefa niverina izy. dia feno ny banga, ary nahita fahombiazana be kokoa izy tamin' ny asa nataony taty aoriana. Nitondra horonan-taratasy izy izay nolazainy fa avy tany amin' Andriamanitra mihitsy, nisy ny didy nilaina momba ny fitandremana ny Alahady, niaraka tamin' ny fampitahorana mahatsiravina hampivarahontsana ny tsy mankatò. Io taratasy sarobidy io — izay hosoka ambany dia ambany tahaka ny zavatra naorina notohanany — dia nolazaina fa latsaka avy tany an-danitra ka hita tany Jerosalema, teo amin' ny alitaran' i Md Simeona, tany Gologota. Nefa ny marina, dia tao amin' ny lapan' ny papa tany Roma no toerana niaviany. Ny hosoka sy ny lainga notefitefena ho entina hampandrosoana ny fahefan' ny fiangonana sy ny fahombiazany dia noraisin' ireo ambaratongampahefana papaly hatramin' ny ela ho ara-dalàna.

Ilay horonan-taratasy dia nandrara ny hiasana nanomboka tamin' ny ora fahasivy (izany hoe hatramin' ny telo), tamin' ny Asabotsy folak' andro, ka hatramin' ny fiposahan' ny masoandron' ny Alatsinainy, ary voalaza fa nohamarinin' ny fahagagana maro ny fahefan' io horonan-taratasy io. Notantaraina fa nisy olona niasa ankoatry ny ora voatondro ka nanjary nalemy. Nisy mpitoto vary saika hitoto koba kanjo ra no hitany niboiboika ary nitokona tsy nihodina ilay milina fitotoam-bary, na dia nisasasasa mafy aza ny fiavin' ny rano nampandeha azy. Nisy koa vehivavy nametraka koba atao mofo tao amin' ny lafaoro ary tsy masaka izany rehefa navoakany, na dia nafana be aza ny lafaoro. Nisy anankiray izay efa nanomana koba hanaovana mofo tamin' ny ora fahasivy, nefa tapa-kevitra ny hamela izany hatramin' ny Alatsinainy, dia nahita ny ampitson' iny, fa masaka nandrahoin' ny herin' Andriamanitra ny mofo. Nisy olona nahandro mofo taorian' ny ora fahasivy tamin' ny Asabotsy. rehefa namaky izany mofo izany izy ny ampitso maraina, dia nisy ra nivoaka avy tao. Zavatra noforomporonina tsy nisy dikany sy finoanoain-poana toy izany no nataon' ireo mpiaro ny Alahady mba hiezahany hampitoerana ny fahamasinany. (Jereo Roger Hoveden, Annals, boky faha-2, p. 528-530)

Tany Ekaosy, tahaka ny tany Angletera, dia nisy ampahan' ny Sabata taloha nakambana tamin' ny Alahady mba hisian' ny fanajana bebe kokoa ny Alahady. Samihafa anefa ny fotoana nasaina nohamasinina. Nisy didy navoakan' ny mpanjakan' i Ekaosy nilaza fa: «Ny Asabotsy manomboka amin' ny roambinifolo antoandro dia tokony hisaina ho masina», ary tsy misy olona hatramin' io fotoana io ka hatramin' ny Alatsinainy maraina, tokony hanao asa amandraharaha araka izao tontolo izao. Morer, p. 290, 291. ' Na teo aza ny ezaka rehetra natao mba hampitoerana ny fahamasinan' ny

Alahady, dia ireo papista mihitsy no niaiky am-pahibemaso ny maha-avy amin' ny fahefan' Andriamanitra ny Sabata sy ny maha-avy amin' olombelona ity vao naorina izay nisongona ny toeran' ny Sabata. Tamin' ny taonjato faheninambinifolo dia nisy Konsily papaly nanao fanambarana mazava hoe: «Aoka ho tsarovan' ny Kristiana rehetra fa Andriamanitra no nanamasina ny andro fahafito, izay tsy ny jiosy ihany no efa nanaiky sy nitandrina azy, fa ny hafa rehetra koa izay nihambo ho nivavaka amin' Andriamanitra; isika Kristiana kosa dia nanova ny Sabatan-drizareo ho amin' ny Andron' ny Tompo». — *Ibid,* p. 281, 282. Fantatr' ireo izay nanohintohina ny didin' Andriamanitra tsara ny toetry ny asa nataony. Ninia nametraka ny tenany ho ambonin' Andriamanitra izy.

Ohatra anankiray manaitra ny amin' ny fihetsik' i Roma amin' ireo izay tsy nifanaraka taminy dia ny fanenjehana naharitra sy feno fandatsahan-dra nataony tamin' ny «Vaudois» ; ary nisy mpitandrina ny Sabata tamin' izy ireny. Nisy hafa koa nijaly tamin' ny fomba tahaka izany ihany, noho ny fahatokiany tamin' ny didy fahefatra. Miavaka amin' ny fomba manokana ny tantaran' ny fiangonan' i Etiopia (Abysinia taloha). Nandritra ireo fotoana nanjombona nanjakan' ny haizina tamin' ny Andro Antenantenany, dia tsy tazan' ny mason' izao tontolo izao sady hadinony ireo kristiana tany Afrika afovoany, ka afaka nivelona malalaka tamin' ny finoany izy ireo nandritra ny taonjato maro. Nony farany anefa dia ren' i Roma ny fisiany, koa vetjvety dia notaomina am-pitaka ny amperoran' i Abysinia mba hanaiky ny papa ho solontenan' i Kristy. Nanaraka ny fandeferana hafa. Nisy didy navoaka izay nandrara ny fitandremana ny Sabata izay nanasazina mafy indrindra. (Jereo Michael Geddes, Church History of Ethiopia, p. 311, 312) Vetivety anefa dia nanjary zioga nampangirifiry loatra ny fanjakazakan' ny fahefana papaly hany ka nanapa-kevitra ireo Abysiniana fa hanakifaka an' izany tsy ho eo ambozony intsony. Nisy ady mafy ka voaroaka hiala ny tanin' izy ireo ny Romanista ary nampodina tamin' ny laoniny ny finoana taloha. Nifaly tamin' ny fahafahany ny fiangonana ary tsy hadinony na oviana na oviana ny lesona izay efa nianarany mikasika ny fitaka, ny fitompoan-teny fantatra, sy ny fahefana manjakazakan' i Roma. Nianina tao amin' ny fanjakana mitokatokana izy, tsy fantatry ny fanjakana kristiana rehetra.

Ireo fiangonana tany Afrika dia nitandrina ny Sabata tahaka ny nitandreman' ny fiangonana papaly azy talohan' ny fihemorany tanteraka. Sady nitandrina ny andro fahafito izy ho fankatoavana ny didin' Andriamanitra, no tsy niasa koa ny Alahady araka ny fomba amam-panaon' ny fiangonana. Rehefa azon' i Roma ny fahefana fara-tampony dia nohitsakitsahiny ny Sabatan' Andriamanitra mba hanandratany ny azy; tsy nandray anjara tamin' izany fihemorana izany anefa ny fiangonana tany Afrika, izay voafina saiky nandritra ny arivo taona. Rehefa mby teo ambany fahefan' i Roma izy

ireo dia noterena hiala tamin' ny Sabata marina ka hanandratra ny sandoka ; nefa raha vantany vao tafaverina ny fahaleovantenany dia niverina nankatò ny didy fahefatra izy. (Jereo Fanampiny)

Mampiharihary mazava ny fankahalan' i Roma ny Sabata marina sy ireo mpiaro azy ny tantara momba ny lasa, sy ny fomba nampiasainy mba hanajana ny Sabata natsangany. Milaza ny tenin' Andriamanitra fa hiverina indray izany toe-javatra izany rehefa hiray ny Katolika Romana sy ny Protestanta hanandratra ny Alahady.

Ambaran' ny faminaniana ao amin' ny Apokalypsy faha 13 fa ny fahefana asehon' ilay bibidia «nanan-tandroka roa toy ny an' ny zanak' ondry dia handidy» ny tany mbamin' izay monina eo hiankohoka eo anoloan' ny fahefana papaly, izay aseho an' ohatra eto ny bibidia «tahaka ny leoparda». Ilay bibidia manan-tandroka roa koa dia milaza «amin' izay monina ambonin' ny tany mba hanao sary ho an' ny bibidia» ; ankoatr' izany dia handidy ny olona rehetra izy, na ny kely na ny lehibe, na manan-karena na malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, handray ny mariky ny bibidia» [4]. Efa nolazaina fa Etazonia no ilay fahefana asehon' ny bibidia manan-tandroka rOa tahaka ny an' ny Zanak' ondry, ary hotanteraka io faminaniana io rehefa hanamafy ny fitandremana ny Alahady i Etazonia, izay lazain i Roma fa fanekena manokana ny fahefana faratampony ananany. Anefa tsy ho irery tsy akory i Etazonia amin' io fankalazana ny fahefana papaly io. Mbola tsy levona velively ny hery miasa mangina avy amin' i Roma amin' ireo tany izay efa nanaiky ny fahefany. Ary ny faminaniana dia manambara mialoha ny fampodiana indray ny fahefany. «Ary hitako ny lohany anankiray, izay toa voa ka efa ho faty ; nefa sitrana ihany ilay feriny saiky nahafaty azy , ary gaga ny tany rehetra nanaraka an' ilay bibidia» [5]. Ilay fery saiky nahafaty azy dia manondro ny firodanan' ny fahefana papaly tamin' ny taona 1798. Rehefa afaka izany, hoy ny mpaminany, dia «sitrana ihany ilay feriny saiky nahafaty azy ; ary gaga ny tany rehetra nanaraka ilay bibidia». Lazain' i Paoly mazava fa «i1ay lehilahin' ota» [6]dia haharitra mandra-piverin' i Kristy fanindroany. Hotohizany hatramin' ny fiafaran' ny andro ny asa famiiahana ataony. Izao koa no ambaran' ny mpanoratra ny Apokalypsy raha milaza ny amin' ny fahefana papaly izy : «Ary hiankohoka eo anoloany ny olona rehetra ambonin' ny tany. dia izay tsy manana ny anarany voasoratra ao amin' ny bokin' ny fiainana» [7]. Na any Eoropa na any Etazonia dia ho fanomezam-boninahitra ny fahefana papaly ny fanajana ny Alahady, izay tsy manana fanorenana hafa afa-tsy ny fahefan' ny Eglizin' i Roma ihany.

Hatramin' ny' antenantenan' ny taonjato fahasiviambinifolo no efa nanambaran' ireo mpandinika ny faminaniana tany Etazonia izany tamin' izao tontolo izao. Ny toe-javatra miseho ankehitriny dia dingan-dava ho amin' ny fanatanterahana io fanambarana mialoha io. Ireo mpampianatra

Protestanta koa dia milaza fa miompana amin' ny fahefan' Andriamanitra ny fitandremana ny Alahady, ary tsy manana porofo avy amin' ny Soratra Masina koa izy, toy ireo mpitarika papaly izay namoroporona fahagagana mba hamenoana ny toeran' ny didin' Andriamanitra. Haverina indray ny fanantitranterana fa hihatra amin' ny olona ny fitsaran' Andriamanitra noho ny fandikany ny Sabata Alahady ; efa manomboka sahady izao ny fanizingizinana momba izany. Ary miha-mahazo vahana haingana ny fihetsiketsehana mba hanamafisana ny fitandremana ny Alahady.

Mahagaga ny hafetsena sy ny fitapitaka ataon' i Eglizin' i Roma. Afaka mamaky ny ho avy izy. Miandry ny fotoana mety izy ;hitany mantsy fa manome voninahitra azy ny fiangonana Protestanta amin' ny fanekeny ny Sabata sandoka sady miomana ny hanamafy izany amin' ny fomba izay efa nampiasainy tamin' ny andro lasa izy. Ireo izay mitsipaka ny fahazavan' ny fahamarinana dia hitady ny fanampian' ilay fahefana misora-tena ho tsy mety diso mba hanandratany ny andro izay notendren' ny tenany ihany. Tsy sarotra ny maminavina fa ho vonona tokoa izy hanampy ny Protestanta amin' io asa io. Iza moa no mahafantatra mihoatra noho ny mpitarika ao amin' ny fahefana papaly ny fomba hitondrana ireo izay tsy mankatò ny Eglizy ?

Ny fiangonana Katolika Romana izay miely patrana eran-tany dia fikambanana midadasika anankiray eo ambany fifehezan' ny foiben-toerana papaly ary natao mba hiaro ny tombon-tsoany. Ireo mambra mpandray an-tapitrisany ao aminy, izay avy amin' ny tany rehetra manerana an' izao tontolo izao dia ampianarina hihevitra ny tenany ho voafatotry ny fanekena ny papa. Na inona na inona firenena misy azy na toy inona na toy inona fitondram-panjakana misy any aminy, dia tokony hihevitra ny fahefan' ny eglizy ho ambonin' ny hafa rehetra izy. Na dia nety nanao fianianana aza izy fa ho mahatoky amin' ny fanjakana, ao ivohon' izany kosa dia misy ny voady hankatò an' i Roma, izay manafaka azy amin' ny fanekena rehetra mifanohitra amin' ny tombon-tsoan' i Roma.

Hamarinin' ny tantara ny fiezahana feno hakingana sy fikirizana nataony mba hitsofohany ao amin' ny raharahan' ny firenen-tsamihafa; ary rehefa nahazo toerana hamaharana izy. dia ataony izay hahatontosa ny zava-kendreny, na dia hanapotika ny mpitondra sy ny vahoaka aza izany. Tamin' ny taona 1204, i Petera II, mpanjakan' i Aragon, dia nahazoan' ny Papa Innocent III izao fianianana mahagaga izao: «lzaho. Petera. mpanjakan' ny Aragoniana, dia milaza sy mampanantena fa ho mahatoky mandrakariva sy hankatò ny tompoko, ny Papa Innocent, sy ireo katolika mpandimby azy. ary koa ny Eglizy Romana. ary ho mahatoky amin' ny fihazonana ny fanjakako amin' ny fankatoavana azy. ka hiaro ny finoana Katolika sy hanenjika ny «heretika» mampidi-doza». John Dwoling. *The History of Romanism,* boky faha 5. toko faha 6, fizarana faha-55. Mifandrindra amin' ny filazana feno hambo

momba ny fahefan' ny papa izany fa «ara-dalàna aminy ny manaisotra ny amperora» sy «ny mamotsotra ny vahoaka amin' ny tokim-panompoana nataony tamin» ireo mpanapaka tsy marina». Mosheim. *Ecclesiastical History,* boky faha 3. taonjato faha 11. fizarana faha 2. toko faha 9, andininy faha 9, fanamarihana faha-17 (Jereo koa Fanampiny).

Ary aoka ho tsaroana fa reharehan' i Roma ny tsy fiovany na oviana na oviana. Ireo foto-kevitra najoron' i Grégoire fahafito sy Innocent fahatelo no mbola filamatra arahin' ny Eglizy Romana ihany. Ary raha ananany ny fahefana dia hampihariny ankehitriny amin' ny fomba maherihery kokoa izany noho ny tamin' ny taonjat. lasa. Tsy fantatry ny Protestanta firy ny ataony rehefa manaiky ny fanampian' i Roma izy eo amin' ny asa fanandratana ny Alahady. Raha mbola milofo hanatanteraka ny fikasany izy ireo. i Roma kosa mikendry ny hampitoetra indray ny heriny, sy hampody indray ny fahefana fara-tampony nananany. Aoka fotsiny ange ho tafaorina any Etazonia ny foto-kevitra milaza fa azon' ny fiangonana ampiasaina na fehezina ny fahefam-panjakana ; fa azon' ny lalàm-panjakana atao ny manamafy ny fitsipika ara-pivavahana ; raha fintinina, fa afaka hanapaka amin' ny feon' ny fieritreretana ny fahefan' ny fiangonana sy ny an' ny fanjakana, dia ho azo antoka amin' izay ny fandresen' i Roma ao amin' io tany io.

Efa nampitandrina ny amin' ny loza mitatao ny tenin' Andriamanitra ; raha tsy arahina izany, dia ho fantatry ny Protestanta ny tena fikasan' i Roma marina, nefa amin' izay dia efa diso aoriana loatra ny handosirana ny fandrika. Mitombo miandalana ao amin' ny fahanginana ny heriny. Mahazo vahana any amin' ny toerana fanaovan-dalàna ny fampianarany, any amin' ny fiangonana sy ao am-pon' ny olona. Manangana trano mijoalajoala sy goavana izy any amin' ny toerana miafinafina izay hamerenany indray ny fanenjehana nataony teo aloha. Miafinafina sady tsy ampoizina no ampitomboany ny heriny entiny hampandroso ny fikasany rehefa tonga ny fotoana hamelezany. Ny hany tadiaviny dia ny ahazoany mibahana, ary efa omena azy sahady izany. Vetivety dia ho hitantsika sy ho tsapantsika ny zava-kendren' i Roma. Na iza na iza hino sy hankatò ny tenin' Andriamanitra dia hizaka faniniana sy fanenjehana noho izany.

**Fanamarihana**

1 Mat. 23 : 4
2 Mat. 11 : 28
3 Lio. 9: 54 - 65
4 Apok. 13 : 11-16
5 Apok. 13 : 3
6 2 Tes. 2 : 3 - 8
7 Apok. 13 : 8

# 36

## *Mananontanona ny fifandonana farany*

Hatramin' ny nipoahan' ilay ady lehibe tany an-danitra no efa fíkasan' i Satana ny handrodana ny lalàn' Andriamanitra. Izany no anton' ny nananganany ny fanevan' ny fikomiana tamin' ny Mpamorona, ary rehefa voaroaka avy tany an-danitra izy, dia mbola nanohy ny ady tetý an-tany. Ny hamitaka ny olona sy ny hitarika azy amin' izany handika ny lalàn' Andriamanitra no fenitra tsy miova kendreny hotratrarina. Na ny fialana amin' ny lalàna manontolo na ny fitsipahana ny anankiray amin' ny didy no ahavitany izany, dia hitovy ny vokany amin' ny farany. Izay «diso amin' ny iray loha» dia manamavo ny lalàna manontolo; ny hery miasa mangina avy aminy sy ny ohatra omeny dia samy mitory fandikan-dalàna ; tonga «meloka amin' izy rehetra izy» [1].

Tamin' ny fiezahany hampietry voninahitra ny fitsipika nomen' Andriamanitra, dia naolan' i Satana ireo fampianaran' ny Baiboly, ary tamin' izany no nahatafatsofoka fampianaran-diso ao amin' ny finoana tanan' ny olona an' arivony izay milaza fa mino ny Soratra Masina. Tsy inona ilay fifandonana farany amin' ny fahamarinana sy ny fampianaran-diso fa ny fizarana farany eo amin' ilay ady nitarazoka mikasika ny lalàn' Andriamanitra. Miditra amin' izany ady izany isika izao, — ady ifanaovan' ny lalàn' olombelona sy ny didin' i Jehovah, ikatrohan' ny fivavahan' ny Baiboly sy ny fivavahana mifototra amin' ny anganongano sy ny lovan-tsofina.

Miasa fatratra ankehitriny ireo hery izay mikambana hanohitra ny fahamarinana sy ny hitsiny amin' io ady io. Tsy ankafizina araka ny tena tombam-bidiny ny tenin' Andriamanitra, izay noraisintsika tamin' ny alalan' ny fahoriana sy ny ra nandriaka be. Mby an-tanan' ny olon-drehetra ny Baiboly, vitsy anefa no tena nanaiky azy ho mpitari-dalana ny fiainany. Manjaka ny tsy finoana ary mahavelon' ahiahy ny mahita ny fitarany, tsy

eo amin' izao tontolo izao ihany. fa hatrany am-piangonana koa. Maro no voatarika handà ny fotopinoana izay tena andrin' ny finoana Kristiana. Ireo zava-dehibe teo amin' ny famoronana araka ny nanehoan' ireo mpanoratra nahazo tsindrimandry azy, ny nahalavoan' ny olona. ny fanavotana. sy ny tsy fiovan' ny lalàn' Andriamanitra. dia azo lazaina fa tena voatsipaka na ny manontolo na ny sasantsasany. eo amin' ny ankamaroan' ny Kristiana. An' arivony ny olona mirehareha amin' ny fahendreny sy ny fahafahany hisaina ho an' ny tenany no mihevitra ho porofon' ny fahalemena ny matoky tsy misy ady hevitra ny Baiboly ; ataony fa porofon' ny fahambonian-tsaina sy fahalalana ny maninitsiny ny Soratra Masina sy ny mandray azy ho ara-panahy fotsiny ary ny manao famoaboasana lalina an' ireo fahamarinana lehibe indrindra raketiny mba hialany aminy. Maro ny mpitandrina no mampianatra ny olona tandremany, ary betsaka ny mpampianatra no milaza amin' ny mpianany fa efa novana na nofoanana ny lalàn' Andriamanitra ; koa ireo izay mbola mitana ny didy ho manan-kery, ka tokony hankatoavina ara-bakiteny. dia fanabantiana sy esoeso ihany no mendrika azy.

Ny fandavan' ny olona ny fahamarinana dia fandavany koa Ilay nanao izany. Ny fanitsakitsahany ny didin' Andriamanitra. dia fandavany ny fahefan' May Mpanome lalàna. Mora ny manao sampy amin' ny hazo na ny vato. ary mora toy izany koa ny manangana ho sampy ny fampianaran-diso sy ny laha-kevitra tsy izy. Nasehon' i Satana tsy araka ny marina ny maha-Andriamanitra an' Andriamanitra ary amin' izany no hitarihany ny olona hihevitra Azy amin' ny toetra tsy araka ny marina. Ho an' ny olona maro dia foto-kevitra arapilozofia no ataony sampy ka omeny toerana eo amin' ny seza fiandrianana ho solon' i Jehovah ; fa an-kavitsiana kosa no miankohoka eo anoloan' Ilay Andriamanitra velona, araka izay voaseho ao amin' ny teniny, ao amin' i Kristy, sy ao amin' ny asa famoronana. An' arivony ny olona manao ny zavaboary ho Andriamanitra, nefa mandà ilay Andriamanitra nanao ny zavaboary. Na dia mitafy endrika hafa aza ny fanompoan-tsampy, dia mbola misy tokoa eo amin' ny mpivavaka kristiana izay amin' izao andro ankehitriny izao tahaka ny nisiany teo amin' ny Isiraely fahizay tamin' ny andron' i Elia. Ny andriamanitry ny olona maro lazaina fa handry. ny an' ny mpanao hevi-tsaina, ny an' ny mpanao tononkalo, ny an' ny mpanao politika, ny an' ny mpanao gazety — ny andriamanitr' ireo antsoina hoe olona miaina araka ny fahalalam-pomba mihaja, any amin' ny sekoly ambony sy Oniversite maro, eny, na dia ny an' ireo toeram-pianarana momba ny fandalinam-pinoana aza, — dia tsy mihoatra firy noho i Bala ilay andriamanitra masoandron' ny Foinikiana.

Tsy misy fampianaran-diso eken' ireo mpivavaka Kristiana izay sahy mifandona mivantana amin' ny fahefan' ny Lanitra ; tsy misy mitsipaka an-karihary ny baikon' ny fisainana mizotra araka ny hitsiny,

tsy misy mamoa-doza tahaka ny fampianarana ankehitriny izay mahazo vahana haingana tokoa, milaza fa tsy mifehy ny olona intsony ny didin' Andriamanitra. Samy manana ny lalány ny firenendrehetra, izay mitaky fanajana sy fankatoavana , tsy misy na dia iray aza fitondram-panjakana vanona raha tsy misy lalàna ; nefa dia tadiavin' ny olona tsy hanome lalàna hitondrany ny olona noforoniny Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany! Hevero hoe misy mpitandrina malaza mampianatra ampahibemaso fa azo atao ny tsy hankato ny lalàna mifehy ny tany misy azy sy miaro ny zon' ny olompirenena ao — fa mamepetra ny fahafahan ny vahoaka ireo lalána ireo noho izany dia tsy tokony hankatoavina ; haharitra hafiriana no handeferana amin' ny olona toy izany hitory eny ambony polipitra? Nefa heloka makadiry kokoa ve ny manao zinona ny lalám-panjakana sy ny lalàm-pirenena noho ny manitsakitsaka ireo fitsipika nomen' Andriamanitra izay fototra iorenan' ny fanapahana rehetra?

Mety kokoa amin' ny firenena ny manafoana ny lalána eo aminy ka hamela ny vahoaka hanao araka izay tiany, toy izay Ilay Mpifehy izao rehetra izao no hanafoana ny lalàny, ka hamela an' izao tontolo izao tsy hanana fitsipi-pitondrana izay hanamelohana ny diso fa hanamarinana ny marina kosa. Tian-ko fantatra ve ny vokatra ateraky ny fanaovana tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra? Efa natao ny fanandramana. Nahatsiravina ny toejavatra niseho tany Frantsa rehefa nanjary hery nanapaka ny fandavana ny fisian' Andriamanitra. Voaseho mazava tamin' izay teo anatrehan' izao tontolo izao fa rehefa akifika ireo fefy natsangan' Andriamanitra, dia midika ho fanekena hotapahin' ny olon-doza indrindra izany. Rehefa tsipahina ny fitsipi-pahamarinana, dia midanadana ny lalana hanorenan' ilay andrianan' ny faharatsiana ny fahefany eto an-tany.

Na oviana na oviana no andavana ny didin' Andriamanitra, dia tsy hita intsony ny maha-fahotana ny fahotana na ny toetra mahatsiririritra ananan' ny fahamarinana. Izay manda ny hilefitra amin' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra dia tsy hahay mihitsy hitondra ny tenany. Ny fampianarana mampidi-doza entin' ny olona toy izany dia mamboly ny toe-tsaina tsy azo fehezina ao am-pon' ny ankizy sy ny tanora, izay efa tsy mahazaka rahateo ny hofehipehezina, koa ny ho vokany dia fiaraha-monina tsy tan-dalana sy baranahiny. Misy olona marobe manesoeso ny fahatsorampon' ireo mankatò ny didin' Andriamanitra, nefa kosa manaiky mora foana ny fitak' i Satana. Ny filana ambany no ekeny hitondra azy ary ataony ireo fahotana izay nahatonga ny fitsaran' Andriamanitra hihatra tamin' ny jentilisa.

Izay mampianatra ny olona hanamaivana ny didin' Andriamanitra dia mamafy tsy fankatoavana ary hijinja tsy fankatoavana. Esory tanteraka ange ireo fepetra apetraky ny lalán' Andriamanitra. dia ho vetivety foana dia tsy ho voahaja intsony ny lalán' olombelona Satria raran' Andriamanitra ny

fanao tsy marina, ny fitsiriritana, ny lainga sy ny fitaka, dia vonona ny olona hanitsakitsaka ny lalàny, satria fanankatsankanana ny fahombiazany eo amin' izao tontolo izao ireny ; nefa ny ho vokatry ny fanafoanana ireo lalàna ireo dia tsy ampoiziny velively. Raha tsy manan-kery intsony ny lalàna, inona no antony tokony hatahorana ny fandikana azy? Tsy ho azo antoka intsony ny fananana. Halain' ny sasany an-keriny ny fananan' ny mpifanolobodirindrina aminy, ka izay mahery ihany no hanan-karena. Na dia ny aina aza dia tsy ho voatsimbina. Tsy ho fefy masina hiaro ny ankohonana intsony ny voadin' ny fanambadiana. Izay matanjaka, raha tiany izany, dia ho afaka haka ankeriny ny vadin' ny namany. Hofoanana miaraka amin' ny didy fahefatra ny didy fahadimy. Tsy hiahotra akory ny ankizy handatsaka ny ain' ny ray amandreniny raha izany no ahazoany izay tadiavin' ny fo ratsiny. Hivadika ho andiam-pangalatra sy mpamono olona izao tontolo izao mandroso, ka ho voaroaka tsy ho eto an-tany ny fandriam-pahalemana sy ny fiadanana ary ny fahasambarana.

Namono miandalana ny toe-tsaina mahatsapa andraikitra sy nanafotra faharatsiana an' izao tontolo izao ny fampianarana milaza fa afaka amin' ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra ny olona. Mipaoka antsika tahaka ny samonta mahery ny tsy fankatoavandalàna, ny fandaniam-poana sy ny fandraisan-kolikoly. Ao amin' ny fianakaviana no iasan' i Satana. Miofaofa ny fanevany, eny na dia ao amin' ny ankohonana atao hoe Kristiana aza. Hita ao ny fitsiriritana, ao ny fiahiahiana, ny fihatsarambelatsihy, ny fihafahafana, ny fifandirana, ny adilahy, ny fivadiham-pitokisana, ny fanaranam-po amin' ny filan-dratsy. Ny rafitra manontolon' ny foto- kevitra ara-pivavahana sy ara-pampianaram-pinoana, izay tokony ho fanorenan' ny fiaraha-monina sy fehy ivondronany, dia toa antontan-javatra madiva hirodana sy ho potika. Ny mpanao heloka bevava aiditra am-ponja noho ny ratsy vitany, dia mazana no tototry ny fanomezana sy voakarakara fatratra toy ny olona nahatratra toerana ambony mahatsiriritra. Dradraina ombieniombieny ny toetrany mbamin' ny heloka bevava vitany. Avoaka an-gazety hatramin' ny antsipiriany ny haratsiam-panahiny maharikoriko, ary izany dia fampianarana ny hafa hanambaka, hangalatra sy hamono olona toa azy koa. Ary dia mibitaka ery i Satana noho ny fahombiazan' ny teti-dratsy mahavoafady nataony. Ny fahamaimaizana hanao ratsy, ny famonoan' olona tsy misy antony, ny fitomboana mahatsiravina amin' ny tsy fahalalana onony sy ny tsy fahamarinana isan-karazany, dia tokony hampifoha izay rehetra matahotra an' Andriamanitra mba hihevitra ny amin' izay azo atao hisakanana ny fisasasasan' ny faharatsiana.

Voavidy ny mpitsara. Ny faniriana hanan-karena sy ny fitiavampahafinaretana ara-nofo no manetsika ny mpitondra. Efa nanamaizina ny sain' ny maro ny tsy fahalalana onony hany ka efa saiky voafehin' i

Satana manontolo izy ireo. Voarebireby ny mpanao lalána, voakolikoly, voafitaka. Ny fimamoana sy ny fanaranam-po, ny fanandevozan' ny filana, ny fitsiriritana, ny toetra tsy mahatoky isankarazany, dia hita eo amin' ireo izay mampihatra ny lalàna. «Nahemotra ny rariny, ary mijanon-davitra ny hitsiny ; fa tafintohina eny an-kalalahana ny fahamarinanana, ary ny hitsim-po tsy mahazo miditra» [2].

Ny faharatsiana sy ny haizina ara-panahy izay nanjaka fony Roma nanampatra ny fahefany no vokatra tsy azo nosorohina avy amin' ny fandrarany ny Soratra Masina ; fa avy aiza kosa no niavian' ny toetra tsy mahatoky hita hatraiza hatraiza, ny fitsipahana ny lalàn' Andriamanitra, ary ny fahalovana naterak' izany amin' izao andro amirapiratan' ny fahazavan' ny filazantsara sy amin' izao fotoana isian' ny fahafahana ara-pivavahana izao? Koa satria tsy azon' i Satana atao intsony ankehitriny ny manapaka an' izao tontolo izao amin' ny fihazonana ny Soratra Masina, koa fomba hafa indray no ampiasainy hanatanterahany io zava-kendreny io ihany. Samy tontosany ny fikasany na amin' ny fanapotehana ny finoana ny Baiboly, na amin' ny fanapotehana mivantana ny Baiboly. Ny nampinoany ny olona fa tsy ilaina hotandremana intsony ny didin' Andriamanitra, dia tena nahataomany azy handika ny lalàna toy ny tsy mahalala mihitsy ireo fitsipika omeny. Ary amin' izao andro izao, tahaka ny teo aloha, dia miasa amin' ny alalan' ny fiangonana izy mba hahalavorary ny zava-kendreny. Ny fiangonana ankehitriny dia nandà tsy hihaino ireo fahamarinanana tsy mamim-bahoaka aseho mazava ao amin' ny Soratra Masina, ary ny fanoherany izany dia nahatonga azy hanaiky hevi-teny tsy marina sy hanao fihetsika izay nanaparitaka eny tontolo eny ny voan' ny fisalasalana: Nififikitra tamin' ny hevi-diso papaly ny amin' ny tsy fahafatesan' ny olona rahateo sy ny fahatsiarovan' ny olona saina ao amin' ny fahafatesana izy, ka nitsipaka ny hany fiarovana amin' ny fitaka entin' ny filalaovana angatra. Nitarika olona maro tsy hino ny Baiboly ny fampianarana momba ny fampijaliana mandrakizay. Ary rehefa taomina ny olona hankatò izay lazain' ny didy fahefatra, dia hita fa tsy maintsy tandremana ny Sabatan' ny andro fahafito ; koa mba ho fialana amin' ny adidy tsy tiany hotanterahina, ireo mpampianatra tiam-bahoaka dia milaza fa tsy manan-kery intsony ny didin' Andriamanitra. Rehefa mitatra ny asa fanavaozana momba ny Sabata, dia hitombo ka saika hahenika izao rehetra izao io fitsipahana ny lalán' Andriamanitra io mba hialana amin' ny fitakian' ny didy fahefatra. Nampidanadana ny varavarana hidiran' ny tsy finoana ny filalaovana angatra, ny fanaovana zinona ny lalàna masina ny fampianaran' ny mpitondra fivavahana ; ary mipetraka amin' ireo mpitondra ireo ny andraikitra mahatahotra amin' ny faharatsiana misy eo amin' izao tontolo izao misora-tena ho kristiana.

Ry zareo ireny indrindra anefa no mihambo fa ny fihanaky ny faharatsian-toetra haingana dia haingana dia azo lazaina fa avy amin' ny tsy fanamasinana ilay atao hoe «Sabata Kristiana» ny ankamaroany, ary ny fanamafisana ny fitandremanareo ny Alahady dia hanatsara bebe kokoa ny fitondrantenan' ny olona eo amin' ny fiaraha-monina. Antitranterina manokana io filazana io any Amerika izay toerana nitoriana be indrindra ny fampianarana momba ny tena Sabata. Any amin' io tany io dia matetika no mifanindrandalana amin' ny asa momba ny fahalalana onony izay anisan' ny fanavaozana ara-pitondrantena misongadina sy mavesa-danja indrindra ny fihetsiketsehana momba ny Alahady. Ary ireo manohana an' ity fihetsehana voalaza farany ity dia miseho ho miasa ho amin' ny tombon-tsoa ambony indrindra ho an' ny tany ama-monina ; ary izay mandà tsy hiray aminy dia ampangainy ho fahavalon' ny fahalalana onony sy ny fanavaozana ara-pitondrantena. Nefa kosa tsy ampy ho antony hanohanana ny hevi-diso tsy akory ny fampifandraisana azy amin' ny asa tsara. Azontsika atao ny manova endrika ny poizina rehefa ampifangaroina amin' ny sakafo mahasalama izy, nefa tsy hanova inona aminy akory izany. Vao mainka aza mampididoza izy, satria mety tsy ho maodimaody ny mpihinana. Anankiray amin' ny fitaka fanaon' i Satana ny mampifangaro amin' ny lainga ny fahamarinana izay ampyhahatonga azy hanana endrika ho marina. Mety hanao fanavaozana tena ilain' ny vahoaka, dia foto-kevitra mifandrindra amin' ny Baiboly, ireo mitarika ny fihetsiketsehana momba ny Alahady ; nefa ao dia misy izay ifanoherany amin' ny lalàn' Andriamanitra, koa dia tsy azon' ny mpanompon' Andriamanitra atao ny miray amin' izy ireo. Tsy azo amarinina na amin' ny fomba manao ahoana na amin' ny fomba manao ahoana ny fanesorany ny didin' Andriamanitra mba hitandremany ny didin' olom belona.

Amin' ny alalan' ireo hevi-diso roa lehibe, dia ny tsy fahafatesan' ny fanahy sy ny fahamasinan' ny Alahady, no hitarihan' i Satana an' izao tontolo izao ho babon' ny fitaka ataony. Raha mampitoetra ny foto-kevitry ny filalaovana angatra izy voalohany, ity faharoa kosa mamitram-pihavanana amin' i Roma. Ny Protestana any Etazonia dia ho loha-lalana hanatsotra ny tanany eo ambony tevana ka hifandray amin' ny filalaovana angatra, ary hiampita ny hantsana koa izy mba hifamihina amin' ny fahefana Romana ; ka noho ny herin' io firaisana telo sosona io, dia hanaraka ny didin' i Roma io tany io, ary hanitsakitsaka ny zo hanaraka ny feon' ny fieritreretana.

Arakaraka ny hakan' ny filalaovana angatra tahaka akaiky kokoa ny fivavahana Kristiana anarany fotsiny amin' izao vaninandro izao, no hananany hery bebe kokoa hoenti-mamitaka sy mamandrika. Manova fihetsika koa i Satana ka manaraka ny fisehoan-javatra ankehitriny. Hiseho amin' ny endriky ny anjelin' ny mazava izy. Amin' ny alalan' ny filalaovana angatra dia hisy fahagagana hatao, ny marary ho sitrana, ary betsaka ny

zava-mahazendana tsy azo lavina ho vita. Koa satria milaza fa mino ny Baiboly ireo fanahy ireo, sady manaja izay efa naorin' ny fiangonana, dia ho ekena ho fanehoana ny herin' Andriamanitra ny asany.

Sarotra ankehitriny ny manavaka izay milaza azy ho Kristiana sy ny olona tsy mivavaka. Izay tian' izao tontolo izao no tian' ny mambra ao amin' ny fiangonana ka vonona ny hiray aminy izy, koa dia tapa-kevitra i Satana hampikambana azy ireo ho tena iray ary dia ho mafy orina ny asany amin' ny fanaovana azy rehetra indray mifaoka ho ao amin' ny laharan' ny filalaovana angatra. Ireo mpiandany amin' ny Papa, izay mirehareha fa ny fahagagana dia famantarana azo antoka ny fiangonana marina dia ho voafitak' io hery manao zava-mahatalanjona io mora foana ; ary ny Protestanta izay manary ny ampingan' ny fahamarinana, dia ho voafitaka koa. Ny mpiandany amin' ny Papa, ny Protestanta, ny olona araka izao tontolo izao dia samy hanaiky ny endriky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra nefa mandà ny heriny, ka hinoany fa amin' ny alalan' izany firaisana izany no hisehoan' ny fihetsiketsehana lehibe izay hahatonga izao tontolo izao hiova fo sy hidirana amin' ny arivo taona izay efa nandrasana ela.

Amin' ny alalan' ny filalaovana angatra i Satana dia miseho ho toy ny mpanasoa ny taranak' olombelona, manasitrana ny aretin' ny olona izy, ary milaza fa manolotra fomba vaovao sy am bony kokoa hoenti-maneho ny finoana an' Andriamanitra ; nefa miaraka amin' izany koa dia manao ny asan' ny mpandrava izy. Vahoaka marobe no voasarika ho amin' ny fahafatesana noho ny fakampanahy afitsony. Mampitotongana ny saina mandanjalanja ny tsy fahalalana onony ; manaraka ho azy ny fanaranam-po ny filana, ny adilahy sy ny fandatsahan-dra. Maharavoravo an' i Satana ny ady, satria mampirongatra ny fironana ratsy indrindra ao amin' ny fanahy izany sady mifaoka izay rembiny ho any amin' ny mandrakizay rehefa mihosina ao amin' ny ra sy ny fanaovan-dratsy. Mamporisika ny firenena hiady izy, satria amin' izany dia azony atao ny mampivily ny sain' ny olona hiala amin' ny asa fiomanana ho amin' ny andron' Andriamanitra.

Miasa amin' ny alalan' ny zava-boahary koa i. Satana mba hanaovany jinja fary ireo fanahy tsy vonona. Nianarany ny tsiambaratelon' ny fiasan' ny zava-boahary ka ampiasainy ny heriny rehetra hifehezany azy hatramin' izay fetra avelan' Andriamanitra. Rehefa navela hampahory an' i Joba izy, dia tao anatin' ny fotoana fohy dia fongana avokoa ny andian' ondry sy ny andiam-bibiny, ny mpanompony, ny tranony, ny zanany, ka nifanontona nanao tsy omby aloha ny loza. Andriamanitra no miaro ny noforoniny sy mamefy azy tsy ho azon' ny herin' ilay mpandringana. Nanamavo ny lalàn' i Jehovah anefa ny mpivavaka Kristiana ; koa dia hotanterahin' i Jehovah izay efa nambarany fa ataony. Hotsoahiny tsy ho eto an-tany ny fitahiany ary esoriny ny fiarovana sy ny fikarakarany an' izay mikomy amin' ny lalàny ka mampianatra sy manery

ny hata hanao toy izany koa. Hianjady amin' izay tsy arovan' Andriamanitra amin' ny fomba manokana i Satana. Misy omeny tombon- tsoa sy hambininy mba hahalavorary ny fikasany, ary ny hafa kosa hampahoriny mba hitaomany ny olona hino fa Andriamanitra no mampahory azy.

Eo an-daniny dia hiseho amin' ny zanak' olombelona ho toy ny dokotera lehibe afaka hanasitrana ny aretina rehetra izy, nefa amin ny ankilany dia hahatonga aretina sy fandringanana koa, mandrapaharava sy hahafongana ireo tanàn-dehibe be mponina. Efa miasa sahady izy izao. Izy no mahatonga ny loza sy ny atambo an-dranomasina sy an-tanety, ny hain-tany midadasika, ny tadio misafotofoto sy ny havandra mahatsiravina, ny tafio-drivotra, ny tondra-drano, ny rivo-doza, ny fisamontan' ny onjan-drano, ary ny horohorontany, amin' ny toerana rehetra sy amin' ny endrika tsy hita isa. tany, amin' ny toerana rehetra sy amin' ny endrika tsy hita isa. Mifaoka ny vokatra efa masaka izy, ka avy ny mosary sy ny fahoriana. Poizininy ny rivotra ka an' arivony no matin' ny aretimandringana. Hitombo isa hihamafy hatrany ireny loza ireny. Hihatra amin' ny olona sy amin' ny biby ny fandringanana. «Misaona sy malazo ny tany , . . . milofika ny lehibe indrindra amin' ny olona ety an-tany. Ary ny tany dia efa voavetavetan' ny mponina eo aminy, satria nandika ny lalàna sy nanota ny didy izy ary nivadika ny fanekena mandrakizay » [3].

Avy eo dia handresy lahatra ny olona ilay mpamitaka lehibe fa ny mpanompon' Andriamanitra no mahatonga ireny loza ireny. Ny antokon' olona izay nahatonga ny tsy fankasitrahan' ny Lanitra indray no hiampanga ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra ho niavian' ny fahoriany rehetra, satria ny fankatoavany dia faniniana lalandava ny mpandika lalàna. Holazaina fa mampahatezitra an' Andriamanitra ny olona amin' ny fandikany ny Sabata Alahady ; ka io fahotana io no nahatonga ireo antambo izay tsy hijanona raha tsy efa hamafisina fatratra ny fitandremana ny Alahady ; ary ireo izay mampiseho ny fahamasinan' ny didy fahefatra, ka mandrava amin izany ny fanajana ny Alahady, dia mpanakorontana ny vahoaka, ary misakana ny fiverenany amin' ny fankasitrahan' Andriamanitra sy ny fanambinana eo amin' ny asa ara-nofo. Noho izany dia hiverina indray ny fiampangana natao fahiny tamin' ny mpanompon' Andriamanitra sy noho ny antony mitovy. « Ary nony hitan' i Ahaba i Elia, dia hoy izy taminy : Hay! tonga ety ianao ry ilay mampidi-doza amin' ny Isiraely ? fa i Elia namaly hoe : tsy izaho no mampidi-doza amin' ny Isiraely, fa ianao sy ny mpianakavin' ny rainao ihany tamin' ny nandavanareo ny didin' i Jehovah sy ny nanarahanareo ireo Bala»[4]. Toy izany koa, ho romotra noho ireo fiampangana tsy marina ny vahoaka ka hanao fihetsika tsy hisy valaka tamin' izay nataon' Isiraely nihemotra tamin' ny andron' i Elia amin' ireto ambasadaoron' Andriamanitra.

Ny hery manao fahagagana miseho amin' ny alalan' ny filalaovana angatra dia hiasa mangina ka hanohitra izay mifidy ny hankatò an'

Andriamanitra fa tsy ny olona. Ny hafatra entin' ny angatra dia hanambara fa nirahin' Andriamanitra izy ireo mba handresy lahatra izay mandà ny Alahady hiala amin' ny fahadisoan-keviny, ary hizingizininy fa tokony hankatoavina tahaka ny lalàn' Andriamanitra ny lalàna ao amin' ny tany sy ny fanjakana. Hiseho ho malahelo mafy noho ny fihanaky ny ratsy eto amin' izao tontolo izao izy ; ka hanohana ny filazan' ireo mpampianatra ara-pivavahana fa ny tsy fankamasinana ny Alahady no mampitotongana ny fitondrantena. Ho lehibe ny fahatezerana hirongatra amin' izay rehetra mandà tsy hanaiky ny teny lazainy.

Ny tetika ampiasain' i Satana amin' ity fifanoherana farany ataony amin' ny vahoakan' Andriamanitra ity dia ilay nampiasainy tamin' ny fiantombohan' ny ady lehibe tany an-danitra ihany. Tety ivelany dia toa nitady izay hanamafisana orina kokoa ny fitondrampanjakan' Andriamanitra, nefa tao amin' ny mangina dia nampivondrona ny heriny rehetra mba ahazoany antoka ny handrodanany azy. Ary io asa niezahany natao io indrindra no niampangany ireo anjely mahatoky. Izany tetika famitahana izany ihany koa no hita taratra teo amin' ny fiangonana Romana. Nilaza ny tenany ho miasa araka ny maha-solontenan' ny Lanitra azy izy, nefa mitady izay hanandratany ny tenany ambonin' Andriamanitra sy hanova ny lalàny. Fony Roma nanapaka, dia nampangaina ho mpanao ratsy ireo izay niaritra ny fahafatesana noho ny tsy fivadihany tamin' ny filazantsara ; nolazaina fa niray petsapetsa tamin' i Satana izy ; koa nampiasaina ny fomba rehetra hahatonga azy ireo ho tototry ny tsiny mba hanehoana azy teo imason' ny vahoaka ary na dia teo imason' ny tenany aza ho toy ny mpanao heloka bevava farany ambany indrindra. Ho tahaka izany koa ankehitriny. Eo am-pitadiavana ny handringanana ireo izay manome voninahitra an' Andriamanitra i Satana, dia ataony izay hiampangana azy ho mpandika lalàna, ho olona manala baraka an' Andriamanitra ka mahatonga ny fitsaran' Andriamanitra amin' izao tontolo izao.

Na oviana na oviana Andriamanitra tsy manery ny sitrapo na ny feon' ny fieritreretana ; fa izay ampiasain' i Satana mandrakariva kosa mba ahazoany mandresy izay tsy azony fitahina amin' ny fomba hafa dia ny fanerena amin' ny alalan' ny halozana. Na amin' ny alalan' ny fampitahorana na ny herisetra dia miezaka izy hanapaka amin' ny feon' ny fieritreretana, ka hahazo voninahitra ho an' ny tenany. Mba hahatanterahany izany, dia samy ampiasainy ny fahefana ara-pivavahana na ny ara-panjakana, ka hamporisihiny izy ireo hanamafy ny lalàn' olombelona ho enti-mihaika ny lalàn' Andriamanitra.

Ireo manaja ny Sabatan' ny Baiboly dia ho ampangaina ho fahavalon' ny lalàna sy ny filaminana, ho mpandrodana ny lalàna mamefy ny fiainana ara-pitondrantena eo amin' ny tany ama-monina, ka mahatonga

fanjakan' Ibaroa sy fahalotoam-pitondrantena, sady miantso ny fitsaran' Andriamanitra hianjady amin' ny tany. Ho lazaina fa kirina, mafy hatoka sy manao tsinontsinona ny fahefana izy ireo raha sarotiny amin' ny fanarahana ny feon' ny fieritreretany. Ho ampangaina ho tsy manaja ny fanjakana izy amin' izany. Hisy mpitandrina izay handà ny tsy maintsy hitandremana ny lalàn' Andriamanitra ka hamelabelatra eny ambony polipitra ny adidy amin' ny fileferana sy ny fankatoavana ny lalàm-panjakana amin' ny maha-avy amin' Andriamanitra izany. Haseho amin' ny endrika diso any amin' ny antenimimieran-dalàna sy eny amin' ny fitsarana ireo mpitandrina ny didin' Andriamanitra ka hohelohina. Haolana ny hevitry ny teniny, ary ho lazaina fa izao fihetseham-po tsy mahomby rehetra izao no antony nanentana azy.

Satria mitsipaka ny fonjan-kevitra mazava ao amin' ny Soratra Masina miaro ny lalàn' Andriamanitra ny fiangonana Protestanta, dia haniry mafy ny hampangina ireo izay manana finoana tsy azony arodana amin' ny alalan' ny Baiboly izy. Na dia minia manakimpy ny masony tsy hijery aza izy, amin' izay fotoana izay kosa dia hanao fihetsika hahatonga fanenjehana ireo izay mandà ny hanaraka ny fomba amam-panaon' ny Kristiana ankapobeny, eo amin' ny fanajany ny Sabata papaly.

Ny vola, ny tambitamby sy ny fandresen-dahatra ary ny hery dia samy hampiasain' ireo olo-manan-kaja ao amin' ny fiangonana avokoa mba hitaomana ny vahoaka hanaja ny Alahady. Hosoloina didy fanjakazakana ny tsy fisian' ny fahefan' Andriamanitra mampitandrina ny Alahady. Manapotika ny fitiavana ny rariny sy ny fiheverana ny fahamarinana ny fahalovana ara-politika ; ary na dia any Amerika tanim-pahafahana aza. ireo mpifehy sy mpanao lalàna, dia hilefitra amin' ny fitakian' ny besinimaro ka hanao lalàna hanamafy ny fitandremana ny Alahady, mba hitiavan' ny olona azy. Tsy hohajaina intsony ny fahafahana ara-pivavahana izay nanaovana sorona lehibe tokoa. Hohitantsika ny fahatanterahan' ny tenin' ny mpaminany manao hoe : «Dia tezitra tamin' ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin' ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy mitana ny filazaaa an' i Jesosy» [5].

**Fanamarihana**

1 Jak. 2:10
2 Isa. 59 : 14
3 Isa. 24 : 4 , 5
4 1 Mpanj. 18 : 17 , 18
5 Apok. 12 : 17

# 37

## *Fiarovana azo antoka*

«Ho amin' ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan' ny fahazavan' ny maraina» [1]. Ny vahoakan' Andriamanitra dia tarihina ho eo amin' ny Soratra Masina izay fiarovana ho azy amin' ny fitaomana mangina avy amin' ny mpampianatra sandoka sy ny hery mamitaka ampiasain' ny fanahin' ny fahamaizinana. Mampiasa izay fitaka rehetra azony atao i Satana mba hisakanana ny olona tsy hahalala ny Baiboly, izay manambara mazava ny fitaka ataony. Isaky ny misy fifohazan' ny asan' Andriamanitra, dia mientana hanao asa bebe kokoa ny andrianan' ny ratsy; ankehitriny izy dia manao ny fiezahany mafy indrindra mety ho vitany amin' ny ady farany ataony amin' i Kristy sy ny mpanaraka Azy. Efa mananontanona ilay fitaka farany lehibe. Efa hanao ny asany mahagaga eo imasontsika ny antikristy. Hifanahaka akaiky indrindra amin' ny tena izy ny hala-tahaka ka tsy ho hay ny hanavaka azy raha tsy amin' ny alalan' ny Soratra Masina ihany. Tsy maintsy sedraina amin' ny fanambarany ny filazana atao sy ny fahagagana rehetra.

Ireo izay miezaka hankatò ny didin' Andriamanitra rehetra dia hisetra fanoherana sy hatao fihomehezana. Ao amin' Andriamanitra ihany ' no ahafahany mijoro. Mba hahazakany ny fitsapana eo anoloany, dia tsy maintsy mahafantatra ny sitrapon' Andriamanitra araka izay voambara ao amin' ny teniny izy ireo; tsy afaka hanome voninahitra Azy izy raha tsy manana fahalalana marina ny amin' ny toetrany, sy ny fitondram-panjakany ary ny fikasany ka hanao asa mifanaraka amin' izany. Tsy misy afa-tsy ireo izay nampahatanjaka ny sainy tamin' ny fahamarinan' ny Baiboly no ho afaka hijoro mandritra ny ady lehibe farany. Ho tonga amin' ny fanahy tsirairay ilay fisedrana hamantarany ny tena toetrany hoe : Andriamanitra ve no hankatoaviko mihoatra noho ny olona? Efa madiva hipaika ankehitriny ilay

ora hanapahana izay ho anjaran' ny tsirairay. Moa ve tafatoetra eo amin' ny vatolampin' ny tenin' Andriamanitra tsy miova ny tongotsika? Moa vonona va isika hijoro tsy ho azo hozongozonina hiaro ny didin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy?

Talohan' ny nanombohana ny Mpamonjy tamin' ny hazo fijaliana, dia nanazava tamin' ny mpianany Izy fa tsy maintsy hovonoina ka hitsangana avy ao am-pasana, ary nisy anjely nanatrika teo izay nampiorina ny teniny tao an-tsaina sy tao am-pon' ny mpino. Nefa nanantena fahafahana aranofo avy amin' ny ziogan' ny Romana ny mpianatra, ka tsy zakan' ny eritreriny izany hoe Ilay fototry ny fanantenany rehetra no hiharan' ny fahafatesana mahafabaraka. Voaroaka tsy tao an-tsainy ny teny izay tokony ho notsarovany; ka rehefa tonga ny fotoana fitsapana, dia hita fa tsy vonona izy. Nandevona tanteraka ny fanantenana tao aminy ny fahafatesan' i Jesosy, hoatra ny tsy nilaza na inona na inona taminy mialoha Izy. Toy izany koa: aseho eo anoloantsika ao amin' ny faminaniana ny ho avy amin' ny fomba mazava tahaka ny nanokafan' ny tenin' i Kristy izany teo amin' ny mpianatra. Aseho miharihary ireo toejavatra mifandray amin' ny fiafaran' ny androm-pahasoavana sy ny asa fiomanana ho amin' ny androm-pahoriana. Nefa marobe no tsy mahafantatra ireny fahamarinana lehibe ireny toy ny tsy mbola nambara na oviana na oviana izany. Miambina i Satana mba handrombaka tsy ho eo aminy izay rehetra mety handaitra aminy ka hahatonga azy ho hendry ho amin' ny famonjena, koa rehefa tonga ny androm-pahoriana dia ho hita fa tsy vonona izy.

Rehefa mandefa hafatra fampitandremana izay lehibe indrindra Andriamanitra ka aseho ho toy ny torin' ny anjely masina manidina eo afovoan' ny lanitra izany, dia takiny amin' ny olona tsirairay izay manana saina afaka mandanjalanja ny hitandrina izany hafatra izany. Ny fitsarana mahatahotra manameloka ny fiankohofana amin' ny bibi-dia sy ny sariny (Apokalypsy 16 : 9-11), dia tokony hitarika ny rehetra hazoto handinika ireo faminaniana hahafantarany ny atao hoe mariky ny bibi-dia sy ny fomba tsy handraisana izany. Nefa mitampin-tsofina tsy hihaino ny fahamarinana ny ankabeazan' olona ka nitodika any amin' ny angano. Hoy ny Apostoly Paoly raha nitazana ny andro farany izy : «Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan' ny olona ny fampianarana tsy misy kilema» [2]. Efa tena tonga mihitsy io fotoana io izao. Tsy tian' ny ankamaroan' olona ny fahamarinan' ny Baiboly, satria misakantsakana ny fanirian' ny fony feno fahotana sy tia an' izao tontolo izao izany; koa dia omen' i Satana azy ny fitaka ankamamiany.

Nefa hanana vahoaka eto an-tany Andriamanitra izay hifikitra amin' ny Baiboly, ary ny Baiboly irery ihany ho filamatry ny fampianarana rehetra sy ho fototry ny fanavaozana rehetra. Ny hevitry ny manampahaizana, ny fehinkevitra avy amin' ny «siansa», ny fanekem-pinoana na ny hevitra tapaky ny

fivoriana fiheverandraharana ara-pivavahana, izay maro sy mifanolana araka ny fiangonana asehony, ny feon' ny maro an' isa tsy misy na ny iray amin' ireo, na izy rehetra, tokony horaisina ho porofo mazava hoentimanamarina na manohitra foto-pampianarana ara-pinoana iray. Alohan' ny hanekena fampianarana na fitsipika iray dia tokony hitaky ny «Izao no lazain' i Jehovah» mazava ho enti-manohana izany isika.

Miezaka mandrakariva i Satana hisarika ny saina ho eo amin' ny olona fa tsy ho eo amin' Andriamanitra. Tarihiny ny olona hijery ny eveka, ny mpitandrina, ny mpampianatra teolojia, ho mpitaridalana azy, fa tsy handinika ny Soratra Masina ho an' ny tenany mba hahafantarany ny adidiny. Amin' izay, rehefa mifehy ny sain' ireo mpitarika ireo izy, dia azony atao ny miasa mangina amin' ny olona maro araka ny sitrapony.

Raha tonga nilaza ny tenin' ny fiainana i Kristy, dia nihaino Azy tamim-pifaliana ny besinimaro ; ka betsaka, eny na dia teo amin' ireo mpisorona sy mpanora-dalàna aza, no nino Azy. Tapakevitra anefa ny filohan' ny mpisorona sy ireo olona mpitarika tao amin' ny firenena fa hanameloka sy hitsipaka ny fampianarany. Na dia voasakana aza izy tamin' ny fiezahana rehetra nataony hitadiavany izay azo hiampangana Azy, na dia tsy hainy aza ny tsy hahatsapa mazava ny herin' Andriamanitra sy ny fahendrena tamin' ny teniny, dia mainka nitana ny hevitra nibahana rahateo tao an-tsainy izy ; notsipahiny ny porofo mazava indrindra ny maha-Mesia Azy, andrao voatery ho tonga mpianany izy. Hatramin' ny fahazazany ny vahoaka dia efa notezaina hanaja sy hilefitra an-jamba teo ambanin' ny fitondrana nataon' ireo mpanohitra ny Mpamonjy. «Inona no antony mahatonga ireo loholona sy mpanoradalàna ary manampahaizana tsy hino an' i Jesosy ?» hoy ny fanontaniany. Moa ve ireo olona tia vavaka ireo tsy handray azy raha Izy no Kristy? Ny fitaomana mangina avy tamin' ny mpampianatra toy izany no nitarika ny firenena Jiosy handà ny Mpanavotra azy.

Ny toe-tsain' ireo mpisorona sy loholona ireo ihany no mbola asehon' ny olona maro izay milaza ny tenany ho tena mpivavaka ankehitriny. Mandà tsy handinika ny fanambaran' ny Soratra Masina mikasika ireo fahamarinana manokana ho amin' izáo andro izao izy. Ny hamaroany, ny heriny sy ny lazany no arangarangany ka manamavo ireo mpiaro ny fahamarinana izy satria vitsy, mahantra sady tsy fanta-daza ireo mitana finoana izay mampisaraka azy amin' izao tontolo izao.

Hitan' i Kristy mialoha fa tsy hifarana amin' ny fielezan' ny Jiosy tsy akory ilay fanamparam-pahefana tafahoatra nasehon' ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna. Tazany tamin' ny mason' ny faminaniana ny asa fanandratana ny fahefan' olombelona hifehy ny feon' ny fieritreretana, izay fanetribe efa nahazo ny fiangonana hatrizay. Ary noraketina ny fanamelohany mampahatahotra

ny mpanoradalàna sy ny Fariseo, sy ny fampitandremany ny vahoaka tsy hanaraka ireo mpitarika jamba ireo mba ho fananarana ny taranaka ho avy.

Atokan' ny Eglizin' i Roma ho an' ny eveka sy pretra samirery ny zo hanazava ny Soratra Masina. Ambarany mantsy fa ny mpitondra fivavahana ihany no afaka hanazava ny tenin' Andriamanitra, koa dia tsy ampahafanta na ny olon-tsotra izany. Na dia natolotry ny Fanavaozana ara-pivavahana ny olona rehetra aza ny Soratra Masina, dia tena mbola foto-kevitra tsy misy hafa amin' izany notazonin' i Roma izany ihany no misakana ny olona marobe ao amin' ny fiangonana Protestanta tsy handinika ny Baiboly ho an' ny tenany. Toroana izy hanaiky ny fampianaran' ny Soratra Masina araka ny fanazavan' ny fiangonana an' izany , koa dia misy olona an' arivony tsy sahy mandray na inona na inona izay na dia abaribarin' ny Soratra Masina aza ka mifanohitra amin' ny fanekem-pinoany na amin' ny fampianarana neken' ny fiangonany.

Na dia feno fampitandremana ny amin' ny mpampianatra sandoka aza ny Baiboly, dia maro no vonona ny hanankina ny fiambenana ny fanahiny amin' ny mpitondra fivavahana. Ankehitriny dia misy an' arivony ny mpivavaka no tsy afaka manome antony hafa anekeny izay zavatra inoany afa-tsy ny hoe izany no ampianarin' ireo mpitondra fivavahana ao aminy. Lalovany fotsiny ary zara raha hitany ny fampianaran' ny Mpamonjy, nefa tsy misalasala izy matoky ny tenin' ny mpitandrina. Kanefa moa ve tsy mety diso ny mpitandrina? Ahoana no ahazoantsika mametraka ny fanahintsika ho tarihiny raha tsy fantatsika avy amin' ny tenin' Andriamanitra fa mpitondra fahazavana izy ireo? Ny tsy fananana ny fahasahiana ilaina mba hialana amin' ny lalà-masaka izoran' izao tontolo izao dia mitarika ny maro hanara-dia ny manam-pahaizana; ary ny tsy fetezany hanadihady ho an' ny tenany dia mahatonga azy ho voafatotra mafy tsy misy antenaina mihitsy amin' ny gadran' ny fahadisoan-kevitra. Hitany fa aseho mazava ao amin' ny Baiboly ny fahamarinana ho amin' izao andro izao, ary tsapany ny herin' ny Fanahy Masina manampy ny fitoriana izany ; nefa dia avelany hampiamboho ny tenany tsy hijery ny fahazavana ny fanoherana ataon' ireo mpitondra fivavahana. Na dia resy lahatra eo amin' ny sainy sy ny feon' ny fieritreretany aza ireny fanahy voafitaka ireny dia tsy sahy hanana fisainana tsy mitovy amin' ny an' ny mpitandrina azy izy ; koa dia ataony sorona amin' ny tsy finoana, ny fireharehana sy ny hevitra ekena tsy misy fanadihadiana ao amin' ny hafa ny fitsaran' ny tenany sy ny tombon-tsoany mandrakizay.

Betsaka ny fomba iasan' i Satana amin' ny alalan' ny hery miasa mangina avy amin' ny olona hitazonany ny babony. An' arivony ny olona gejainy amin' ny alalan' ny rohim-pihavanana amin' ireo fahavalon' ny hazo fijalian' i Kristy. Na toy inona na toy inona anefa toetran' io famotorana io, na amin' ny ray aman-dreny na amin' ny zanaka, na amin' ny vady, na eo amin' ny

fiaraha-monina, dia mitovy ny vokany; mampiasa ny fahefany hifehezana ny feon' ny fieritreretana ireo mpanohitra ny fahamarinana, ary tsy manana herim-po na fahaleovan-tena ampy hoenti-mankatò izay fantany marina fa adidy tokony hotontosainy ireo fanahy voatana eo ambanin' ny fanapahany.

Tsy azo sarahina ny fahamarinana sy ny voninahitr' Andriamanitra ; tsy azontsika atao, raha mbola eo am-pelatanantsika koa ny Baiboly, ny hanome voninahitra an' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fiheverana diso. Betsaka no milaza fa tsy mampaninona izay inoana rehefa manao ny marina eo amin' ny fiainana. Nefa ny finoana no mamolavola ny fiainana. Raha azontsika fantarina ny fahazavana sy ny fahamarinana, kanefa tsy araraotintsika ny tombontsoa ananantsika handre sy hahita, dia tahaka ny mitsipaka izany isika ; misafidy ny haizina isika fa tsy ny fahazavana.

«Misy lalana ataon' ny olona ho mahitsy, kanjo lalana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany» [3]. Tsy manala tsiny ny hevidiso na ny fahotana ny tsy fahalalana, rehefa azo atao tsara ny hahalala ny sitrapon' Andriamanitra. Misy olona manao dia lavitra tonga amin' ny toerana misy lalana maro misampantsampana ary eo ny takela-by manondro izay itondran' ny tsirairay. Raha tsy mijery tsara ny fanoroan-dalana izy fa mandeha amin' ny lalana izay toa tsara aminy fotsiny, na dia ataony amim-pahatsoram-po aza izany, dia tsy isalasalana fa ho diso lalana tokoa izy.

Nomen' Andriamanitra antsika ny teniny mba hahalalantsika ny fampianarany sy hahafantarantsika izay takiny amintsika. Rehefa nanatona an' i Jesosy ilay mpahay lalàna ka nanontany Azy hoe : «Inona no ataoko handovako ny fiainana mandrakizay ?» dia nitaona azy hankeo amin' ny Soratra Masina ny Mpamonjy ka hoy izy hoe: «Inona no voasoratra ao amin' ny lalàna? ahoana no famakinao azy?» Tsy fialan-tsiny ho an' ny tanora na ny antitra ny tsy fahalalana, ary tsy hahafaka azy amin' ny famaizana vokatry ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra izany ; satria eo am-pelatanany dia misy fanehoana mahatoky an' io lalàna io, fanehoana ny foto-keviny sy izay tadiaviny atao. Tsy ampy ny manana fikasana tsara ; tsy ampy ny manao izay heverin' ny olona fa marina, na izay lazain' ny mpitandrina fa marina. Rehefa ny famonjena ny fanahiny no voakasika dia tokony handinika ny Soratra Masina ho an' ny tenany ny tsirairay. Na manao ahoana na manao ahoana fitompoany, sy fahatokisany fa mahalala ny marina ny mpitandrina, dia tsy izany no fototra iorenany. Manana sarintany manondro ny famantaran-dalana rehetra eo amin' ny diany mankany an-danitra izy, ka tsy misy na inona na inona tokony hataony tombatombana fotsiny.

Adidy voalohany indrindra sy ambony indrindra mipetraka amin' ny olona misaina rehetra ny mianatra ny fahamarinana avy amin' ny Soratra Masina, ary manaraka izany dia ny mandeha amin' ny fahazavana sy ny mampahery ny hafa hanaraka ny ohatra omeny. Tokony hianatra ny Baiboly

amim-pahazotoana isan' andro isika, ka handanjalanja ny hevitra rehetra sy hampitaha ny Soratra Masina amin' ny Soratra Masina. Tokony hamolavola ny hevitry ny tenantsika amin' ny fanampian' Andriamanitra isika satria isika ihany no hampamoahana ny amin' ny tenantsika eo anatrehan' Andriamanitra.

Ireo fahamarinana izay ambaran' ny Baiboly amin' ny fomba mazava indrindra dia nampidiran' ny manampahaizana fisalasalana sy haizina ; manampahaizana izay mihambo ho manam-pahendrena lalina ka mampianatra fa ny Soratra Masina dia misy heviny miafina ara-panahy izay tsy miharihary eo amin' ny teny ampiasaina. Mpampianatra sandoka ireny olona ireny. Antokon' olona toy ireny no nilazan' i Jesosy hoe : «Tsy fantatrareo ny Soratra Masina sy ny herin' Andriamanitra» [4]. Tokony horaisina araka ny heviny mazava tsy misy tandindona na sary ny fitenin' ny Baiboly. Nanome teny fikasana Kristy nanao hoe : «Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy» [5]. Raha raisin' ny olona araka ny amakiany azy ny Baiboly, raha tsy misy mpampianatra sandoka handiso lalana sy hampikorontana ny sainy, dia hisy asa ho vita izay hahafaly ny anjely ka hahatonga olona arivoarivo izay mirenireny ao amin' ny hevi-diso ankehitriny ho tafiditra ao amin' ny valan' ondrin' i Kristy.

Tokony hampiasaintsika ny herin-tsaintsika rehetra ho amin' ny fianarana Soratra Masina ary tokony hiezaka mafy ny hahatakarana, araka izay mety ho tratran' ny olona mety maty, ny hevitr' izao zavadalina momba an' Andriamanitra; nefa aoka koa tsy hohadinoina fa ny toetra mora ampianarina sy milefitra ananan' ny zaza no tena toe-tsain' ny mpianatra. Tsy tokony ho ireo fomba fampiasa amin' ny fanalana ny olana ara-pilozofia no entintsika mamaha ny zava-tsaropantarina ao amin' ny Soratra Masina. Raha handinika ny Baiboly isika dia aoka tsy ho feno fahatokisan-tena tahaka ny maro amin' ireo miditra eo amin' ny sahan' ny siansa, fa hiankina amin' Andriamanitra amim-pivavahana kosa ary haniry marina tokoa ny hahafantatra ny sitrapony. Tsy maintsy hanatona amin' ny toe-tsaina feno fanetrentena sy azo ampianarina isika mba ahazoantsika fahalalana avy amin' Ilay «IZAHO IZAY IZY». Raha tsy izany dia hanamaizina indrindra ny saintsika ny anjely ratsy sy hanamafy ny fontsika ka tsy handaitra amintsika ny fahamarinana.

Betsaka ny teny ao amin' ny Soratra Masina izay lazain' ny manampahaizana ho zava-miafina, na dinganiny ho tsy misy lanjany firy, no feno fampiononana sy toro-hevitra ho an' izay efa nampianarina tao amin' ny sekolin' i Kristy. Ny antony anankiray tsy mampahazava kokoa ny tenin' Andriamanitra amin' ny teolojiana maro. dia izy manakimpy ny masony tsy hijery ny fahamarinana izay tsy tiany hampiharina. Tsy miankina loatra amin' ny fahaizana ara-tsaina entina mandinika ny tenin' ny Baiboly ny fahazoana izany fa amin' ny fananana fikendrena tokana. dia ny faniriana lalina ny fahamarinana.

Tsy tokony hosarahina na oviana na oviana amin' ny fivavahana ny fianarana ny Baiboly. Ny Fanahy Masina irery no afaka hahatonga antsika hahatsapa ny hasarobidin' ireo fanambarana mora raisina ao anatiny, na hisakana antsika tsy hanolana ireo fahamarinana sarodraisina. Anjara asan' ny anjelin' ny lanitra ny hanomana ny fo hahafantatra ny hevitry ny tenin' Andriamanitra amin' ny fomba izay hahatonga antsika ho babon' ny hakantony, handray fananarana amin' ny fampitandremana ataony, na hovelombelomin' ireo teny fikasany sy handray hery avy amin' izany. Tokony hataontsika ho fangatahan' ny tenantsika ny hataky ny mpanao Salamo hoe : «Ampahirato ny masoko, mba hahitako zava-mahagaga ao amin' ny lalànao»[6] . Matetika toa tsy azo toherina ny fakam-panahy satria, noho ny fanaovan' izay alaim-panahy an-tsirambina ny fivavahana sy ny fandinihana ny Baiboly, dia tsy afaka hahatsiaro avy hatrany ny teny fikasan' Andriamanitra izy ka tsy vonona hisetra an' i Satana amin' ny fiadian' ny Soratra Masina. Manodidina izay maniry hampianarina ny amin' ny zavatra momba an' Andriamanitra anefa ny anjely; koa amin' ny fotoana mahaporitra indrindra dia hampahatsiarovin' izy ireo azy ny fahamarinana tena ilainy. «Fa raha avy toy ny ony ny fahavalo, ny Fanahin' i Jehovah hanangana faneva hisakanana azy» [7].

Nampanantena ny mpianany i Jesosy hoe ; «Fa ny Mpananatra. dia ny Fanahy Masina Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra, sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo» [8]. Tsy maintsy voatahiry ao an-tsaintsika mialoha anefa ny fampianaran' i Kristy mba ahazoan' ny Fanahin' Andriamanitra mampahatsiaro ireny amintsika amin' ny andro sarotra. «Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao» [9], hoy Davida.

Izay rehetra mahalala ny tombam-bidin' ny fiainany mandrakizay dia tokony hiaro-tena amin' ny fitsofohan' ny Fisalasalana. Ireo andrin' ny fahamarinana mihitsy no hohozongozonina. Sarotra ny miala tsy ho tratran' ny fanarabiana sy ny lainga tsara lahatra, ny fampianaran-diso misoko mangina toa poizina mifono avy amin ny tsy finoana misy amin' izao andro moderna izao. Mampifandrindra ny fakam-panahy amin' ny sarangan' olona rehetra i Satana. Mamely ny tsy nahita fianarana amin' ny fananianiana sy ny esoeso izy, ary ny avara-pianarana kosa dia tsenainy amin' ny fonjan-kevitra ara-tsiansa sy ny fisaintsainana araka ny filozofia, ka izy rehetra dia samy nokendrena hahatonga tsy fahatokisana ny Soratra Masina sy fanamavoana azy. Na dia ny tanora tsy mbola nanao fanandramana firy aza dia mihambo hampiditra fisalasalana momba ireo foto-kevitra iorenan' ny fivavahana Kristiana. Ary io tsy finoana misy eo amin' ny tanora io, na dia marivo ihany aza, dia misy asany mangina. Maro no voatarika amin' ny fomba toy izany hanao zinona ny finoan' ny razany ka manamavo ny Fanahin' ny fahasoavana. Hebreo 10 : 29. Fiainan' olona

maro no nantenaina ho voninahitr' Andriamanitra sy ho fitahiana ho an' izao tontolo izao kanjo simban' ny fofon' aina maloton' ny tsy finoana. Izay rehetra matoky ny fanapahan-kevitra sahisahy ataon' ny sain' olombelona ary manampo fa afaka hanazava ny zava-miafin' Andriamanitra ka ho tonga amin' ny fahamarinana, tsy mila ny fanampian' ny fahendren' Andriamanitra akory, dia voasingotry ny fandrik' i Satana.

Velona amin' ny fotoana mampangitakitaka indrindra eo amin' ny tantaran' izao tontolo izao isika. Madiva hotapahina izay ho anjaran' ny vahoaka marobe mifanizina eto an-tany. Miankina amin' ny lalan-kizorantsika ankehitriny ny fahasambarantsika amin' ny ho avy sy ny famonjena ny fanahy hafa koa. Ilaintsika ny hotarihin' ny Fanahin' ny fahamarinana. Tokony hanontany mafy ny tenany ny mpanaraka an' i Kristy marina ka hanao hoe : «Tompo o, inona no tianao hataoko ?» Ilaintsika ny hanetry tena eo anatrehan' ny Tompo amin' ny fifadian-kanina sy ny fivavahana, ka hisaintsaina lalina ny teniny, indrindra ny momba ireo toe-javatra mikasika ny fitsarana. Tokony hikatsaka fanandramana lalina ny amin' ny zavatra momba an' Andriamanitra isika amin' izao fotoana izao. Tsy manam-potoana holanilaniana foana isika. Misy toe-java-dehibe iankinan' ny aina mitranga manodidina antsika. Eo amin' ny tany mahasondriana izay an' i Satana isika. Aza matory, ry mpitilin' Andriamanitra ; mitampify tsy lavitra anao ilay fahavalo, vonona lalandava izy, raha tahiny varimbariana sy rendremana ianao, hiantsambotra aminao ka hahalasa anao ho rembiny.

Maro no voafitaka momba ny toetrany marina eo anatrehan' Andriamanitra. Miarahaba tena amin' ny ratsy tsy ataony izy ka manadino ny asa tsara sy mendrika takin' Andriamanitra aminy. nefa nataony an-tsirambina. Tsy ampy ny maha-hazo maniry azy ao amin' ny sahan' Andriamanitra. Fa tsy maintsy manatanteraka izay tadiaviny amin' ny alalan' ny famokarana izy. Tazonin' Andriamanitra ho tompon' andraikitra ny amin' ireo asa tsara izay tokony ho vitany noho ny fahasoavany izy, nefa tsy tontosany. Voasoratra ho toy ny mibahana foana amin' ny tany izy ao amin' ny bokin' ny lanitra. Tsy mbola mahavery fanantenana anefa ny amin' ireny olona ireny. Mbola mitalaho amin' ireo izay nanao tsinontsinona ny famindrampony Andriamanitra sy nanararaotra ny fahasoavany hanotana ihany ny fon' Ilay Fitiavana be fahari-po ka manao hoe : «Mifohaza ianao izay matory; mitsangàna amin' ny maty, dia hampahazava anao Kristy; koa tandremo tsara ny fandehanareo. . . Araraoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao» [10].

Rehefa ho avy ny fotoana fisedrana. dia haseho ireo izay nitana ny tenin' Andriamanitra ho fitsipika mifehy ny fiainany. Amin' ny ahavaratra dia tsy misy fahasamihafana firy ny hazo maitso lalandava sy ny hazo sisa rehetra; fa rehefa mitsoka kosa ny rivo-panalan' ny ririnina, dia tsy miova ny hazo maitso lalandava, fa ringitra tsy misy ravina intsony kosa ny hazo hafa.

Toy izany koa. tsy miavaka amin' ny tena Kristiana ankehitriny izay manana fo mamitaka milaza ny tenany ho Kristiana, nefa kosa efa akaiky ny fotoana izay hisehoan' ny fahasamihafana. Aoka hipoitra ny fanoherana, aoka hanjaka indray ny fitiavam-bavaka diso toerana sy tsy mahay mandefitra, aoka hirehitra indray ny fanenjehana, dia hirondrona avokoa ny manana toetra matimaty sy ny mihatsaravelatsihy ka handao ny finoany; fa hijoro tsy ho azo hozongozonina tahaka ny vatolampy kosa ny tena Kristiana marina, hihamatanjaka ny finoany, hamirapiratra kokoa ny fanantenany, mihoatra noho ny tamin' ny andrompiadanana.

Hoy ny mpanao Salamo : «Ny teni-vavolombelonao no fisaintsainako». «Ny didinao no nahazoako fahalalana; izany no ankahalako ny làlampitaka rehetra» [11].

«Sambatra i2ay olona mahita fahendrena». «Fa ho toy ny hazo ambolena eo amoron-drano izy, izay mamaka eo anilan' ny rano mandeha; ka tsy matahotra na dia avy aza ny hainandro, sady ho maitso ny raviny, ka tsy hanahy izy. na dia mihantona aza ny andro, fa tsy hitsahatra ny tamoany» [12].

**Fanamarihana**

1 Isa. 8 : 20
2 2 Tim. 4 : 3
3 Oha. 16 : 25
4 Mar. 12 ; 24
5 Jao. 7 : 17
6 Sal.119:18
7 Isa. 59 : 19 noty erý ambany
8 Jao. 14 : 26
9 Sal. 119 : 11
10 Efes. 5 : 1 4 -16
11 Sal. 119 : 99 , 104
12 Oha. 3 : 13 ; Jer. 17: 8

# 38

## *Ny fampitandremana farany*

«Hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nidina avy tany an-danitra, nanana fahefana lehibe : ary ny tany nohazavain' ny voninahiny. Ary niantso tamin' ny feo mahery izy ka nanao hoe : Rava! Rava!Babylona lehibe ! ka tonga fonenan' ny demonia sy fieren' ny fanahy maloto rehetra ary akanin' ny vorona rehetra izay maloto sy ankahalaina». «Ary nahare feo iray koa avy tany an-danitra aho nanao hoe : Mialà aminy ianareo, ry oloko, mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary mba tsy hisy hahazo anareo ny loza manjo azy» [1].

Io teny io dia manondro mialoha ny fotoana izay hamerenana ny filazana ny amin' ny faharavan' i Babylona, araka izay ataon' ny anjely faharoa ao amin' ny Apokaiypsy faha 14 (andininy faha 8), miampy ny filazana ireo faharatsiana izay tafiditra miandalana ao amin' ireo antoko samihafa izay mitambatra ho Babylona, hatramin' ny nanomezana voalohany io hafatra io tamin' ny fahavaratry ny taona 1844. Mahatsiravina ny toetran' izao tontolo izao ara-pivavahana ambara eto. Mihamaizina isaka ny mandà ny fahamarinana ny sain' ny olona, mihamafy ny fony mandra-pahatonga azy hamahatra amin' ny mandan' ny tsy finoana. Tsy miraharaha ny fampitandremana izay nataon' Andriamanitra izy, fa mikiry hanitsakitsaka ny anankiray amin' ny Didy folo, ka amin' ny farany dia tonga mpanenjika ireo izay manaiky izany ho masina. Fanaovana an' i Kristy ho tsinontsinona ny fanamavoana ny teniny sy ny vahoakany. Rehefa eken' ny fiangonana ny fampianarana entin' ny filalaovana angatra, dia miala ny fameperana atao amin' ny fo ara-nofo, ka hanjary lamba isalorana fotsiny anakonana ny faharatsiana ambany indrindra ny filazana fa mivavaka. Ny finoana ny fisehoan' ny angatra dia mampidanadana ny varavarana hidiran' ny fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia, ary amin' izany fomba izany no

hahatsapana ny hery miasa mangina avy amin' ny anjely ratsy ao amin' ny fiangonana.

Izao no voalaza momba an' i Babylona amin' ny fotoana asehon' io faminaniana io : «Fa ny fahotany efa nitehika tamin' ny lanitra, ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony» [2].Efa nofenoiny ny kapoaky ny heloka nataony, koa efa madiva hianjady aminy ny fandringanana. Mbola manana olona ao Babylona anefa Andriamanitra ; ka alohan' ny handatsahany ny fitsarany dia tsy maintsy antsoina hivoaka ireo, mba tsý handraisany anjara amin' ny fahotany ka «tsy hahazo azy ireo ny loza hanjo azy». Izany no mahatonga ny fihetsiketsehana aseho ara-tandindona amin' ilay anjely avy any an-danitra, manazava ny tany amin' ny voninahiny, miantso mafy amin' ny feo mahery, ka manambara ny fahotan' i Babylona. Mifandray amin' io hafatra io ilay feo re manao hoe : «Mialà aminy ianareo, ry oloko». Ireo fanambarana ireo, miaraka amin' ny hafatry ny anjely fahatelo, no fampitandremana farany hatao amin' ny mponina etý an-tany.

Hanoloana safidy mahatsiravina izao tontolo izao. Ireo fahefana eto an-tany izay miray hina mba hiady amin' ny didin' Andriamanitra, dia hamoaka lalàna milaza fa «ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manankarena na ny malahelo, na ny andevo na ny tsy andevo» (Apokalypsy 13 : 16), dia tsy maintsy hanaraka ny fomba amam-panaon' ny fiangonana ka hitandrina ny sabata sandoka. Izay rehetra mandà tsy hilefitra dia hiharan' ny sazy ahatran' ny fanjakana, ary amin' ny farany dia holazaina fa mendrika ny ho faty izy ireo. Etsy andaniny anefa, ny lalàn' Andriamanitra dia mandidy ny hitandremana ny andro fitsaharan' ny Mpamorona ka mampitandrina izay rehetra mandika ny fitsipika ny amin' ny fahatezeran' Andriamanitra.

Koa satria mazava tsara toy izany ny ho vokatr' izay hatao, na iza na iza minia hanitsakitsaka ny lalàn' Andriamanitra mba hankatoavana ny didin' olombelona dia handray ny manky ny bibidia ; manaiky ny famantarana ny fanekeny ny fahefana nofidiny hankatoavina ho solon' Andriamanitra izy Toy izao ny fampitandremana avy any an-danitra : «Raha misy miankohoka eo anoloan' ny bibidia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin' ny handriny na eo amin' ny tanany, dia izy koa no hisotro ny divain' ny fahatezeran' Andriamanitra, izay naidiny tao anatin' ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra» [3].

Nefa tsy nisy olona na dia iray aza natao hiharan' ny fahatezeran' Andriamanitra raha tsy efa nabaribary tsara tamin' ny saina amampieritreretany ny fahamarinana, kanefa notsipahiny. Betsaka ny tsy mbola nanam-potoana mihitsy handrenesany ireo fahamarinana manokana ho amin' izao andro izao. Tsy mbola naseho teo anatrehany mihitsy araka ny tena toetrany ny maha-tsy maintsy hankatoavana ny didy fahefatra. Ilay mamaky ny ao am-po tsy miloaka ao amin' ny tsirairay sy misedra ny toe-tsaina manetsika

antsika dia tsy hamela na olona iray aza maniry hahalala ny fahamarinana, ho voafitaka ny amin' ny hiafaran' ny ady. Tsy hampiharina an-jamba amin' ny olona tsy akory ny didy. Tsy maintsy samy hahazo fahazavana ampy ny tsirairay mba hanapahany hevitra amin' ny saina mahiratra.

Ny Sabata no ho fisedrana lehibe momba ny fahatokiana, satria io no fahamarinana anankiray isehoan' ny fifanolanana amin' ny fomba manokana. Rehefa hampiarina amin' ny olona ny fisedrana farany, dia hisy tsipika mazava hampisaraka izay manompo an' Andriamanitra sy izay tsy manompo Azy. Raha ny fitandremana ny sabata sandoka no fanekena ny lalàm-panjakana, izay manohitra ny didy fahefatra, ary fiaikena ny fiandaniana amin' ny fahefana manohitra an' Andriamanitra, ny fitandremana ny Sabata marina kosa dia fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra, sy porofo mazavan' ny toetra mahatoky amin' ny Mpamorona. Ny antokon' olona iray izay manaiky ny famantarana amin' ny fileferana amin' ny fahefana eto an-tany, dia mandray ny mariky ny bibidia, ny anankiray kosa, izay mifidy ny famantarana ny fiandaniana amin' ny fahefan' Andriamanitra, dia nandray ny tombon-kasen' Andriamanitra.

Teo aloha dia matetika no noheverina ho mpilaza loza fotsiny ireo izay nitory ny fahamarinana raketin' ny hafatry ny anjely fahatelo. Ny fanambarana mialoha nataony fa hahazo vahana any Etazonia ny tsy fandeferana eo amin' ny ara-pivavahana, fa hiray hina ny fiangonana sy ny fanjakana hanenjika izay mitandrina ny didin Andriamanitra, dia nolazaina fa tsy marim-pototra sady rediredy foana. Nohizingizinina tamim-pahatokisana fa tsy hiova fenitra na oviana na oviana amin' izay efa toetrany hatrizay io tany io, dia ny maha-mpiaro ny fahafahana ara-pivavahana azy. Nefa kosa rehefa mitatra ny fihetsiketsehana mafy mikasika ny fanamafisana ny fitandremana ny Alahady, dia hita fa manakaiky ny toe-javatra izay nampisalasala tsy ninoana hatry ny ela, ka hisy vokatra tsy araka izay nisy teo aloha ny hafatry ny anjely fahatelo.

Isan-taranaka nifandimby dia naniraka ny mpanompony Andriamanitra hanameloka ny fahotana, na teo amin' izao tontolo izao na tao amin' ny fiangonana. Nefa zavatra malefadefaka no irin' ny olona holazaina aminy, ka tsy azony ekena ny fahamarinana madio, tsy misy hosokosoka. Betsaka ireo mpanavao fivavahana no nanapa-kevitra, raha nanomboka ny asany, fa hitandrina fatratra amin' ny famelezana ireo fahotan' ny fiangonana sy ny firenena. Nanantena izy ireo, fa, amin' ny alalan' ny ohatry ny fiainana Kristiana madio asehony no hampiverina ny vahoaka ho amin' ny fampianaran' ny Baiboly. Nanindry azy ireny anefa ny Fanahin' Andriamanitra, tahaka ny tamin' i Elia, izay nanetsika azy hanameloka ny fahotan' ilay mpanjaka ratsy fanahy sy ny vahoaka nivadika ; koa tsy azony natao ny tsy hitory ireo teny mazava ao amin' ny Baiboly dia ireo foto-pinoana izay nampisalasala azy ny

haneho azy. Voatery izy hanambara tamin-kafanam-po ny fahamarinana sy ny loza izay nananontanona ny fanahy. Ny teny izay nolazain' ny Tompo no nambarany, ka tsy natahorany izay ho vokatr' izany, ary dia voatery nihaino ny fampitandremana ny vahoaka.

Toy izany koa no hitoriana ny hafatry ny anjely fahatelo. Rehefa tonga ny fotoana hanaovana izany amin-kery lehibe indrindra, dia hiasa amin' ny alalan' ny fitaovana feno fanetren-tena ny Tompo, ka hitarika ny sain' ireo izay manolo-tena ho amin' ny fanompoana Azy. Ny hosotry ny fanahiny no hahamendrika ny mpiasa mihoatra noho ny fianarana noratoviny tany amin' ny sekoly ambony. Hisy olona manam-pinoana sy tia vavaka ho voasesy hiroso amin' ny hafanam-po masina, ka hanambara ny teny omen' Andriamanitra azy. Haharihary ny fahotan' i Babylona. Haseho masoandro avokoa ny vokatra mahatahotra avy amin' ny fanamafisan' ny fanjakana ny lalàm-piangonana, ny fitsofohan' ny filalaovana angatra, ny fandrosoan' ny fahefana papaly mangina nefa haingana. Hifoha amin' ny alalan' ireo fampitandremana miezinezina ireo vahoaka. An' arivoarivony ny olona hihaino ny teny izay tsy mbola reny na oviana na oviana. Gaga izy raha mandre ny fanambarana fa i Babylona dia ny fiangonana izay lavo noho ny hevi-disony sy ny fahotany, noho ny fandavany ny fahamarinana nalefa ho azy avy tany andanitra. Rehefa mankany amin' ireo mpampianatra azy teo aloha ny olona ka manontany mafy hoe : marina tokoa ve izay voalaza? dia angano no hasetrin' ny mpitandrina, haminany zavatra mamy izy, mba hampitony ny tahotra sy hampangina ny feon' ny fieritreretana efa nifoha. Nefa satria maro ny olona no handà tsy ho afapo amin' ny fahefan' olombelona fotsiny fa mitaky ny «Izao no lazain' i Jehovah» mazava, toy ireo Fariseo fahiny, dia ho feno hatezerana ireo mpitandrina mamim-bahoaka rehefa isalasalana ny amin' ny fahefany, ka holazainy fa avy amin' i Satana ny hafatra ary hanentana ny vahoaka marobe fatra-mpankamamy fahotana izy ireo mba hanaratsy sy hanenjika izay mitory izany.

Taitra i Satana rehefa mitatra ho amin' ny saha vaovao ny ady ka voasarika ho amin' ny lalàn' Andriamanitra voahitsakitsaka ny sain' ny vahoaka. Mainka haharomotra ireo izay manohitra ny hafatra ny hery manohana ny fitoriana izany. Hanao ezaka mihoatra noho izay mety ho vitan' ny olombelona ny mpitondra fivavahana mba hisakanana ny fahazavana tsy hamirapiratra amin' ny ondry andrasany. Hampiasainy ny fomba rehetra eo am-pelatanany mba hanafoanany ny adihevitra mety hatao mikasika ireo fahamarinana fototr' aina ireo. Hitady tohana amin' ny sandry maherin' ny fahefampanjakana ny fiangonana ary hiray hina amin' izany asa izany ny mpiandany amin' ny papa sy ny Protestanta. Rehefa mandroso mihasahy sy mihahenjana ny fihetsiketsehana ho fanamafisana ny Alahady, dia hampiasaina hoenti-manohitra ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra

ny lalàna. Horahonana handoa sazy sy haiditra an-tranomaizina izy, ary hisy sasany hotolorana toerana ambony, ny sasany kosa valisoa sy tombon-tsoa, ho fitaomana azy hiala amin' ny finoany. Nefa izao no valin-teniny tsy rniova : Asehoy amin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra fa diso izahay» dia ilay valin-teny nataon' i Lotera tamin' ny toe-javatra mitovy amin' izany. Hiaro ny fahamarinana amin-kery ireo izay hantsoina eo anatrehan' ny fitsarana ary hisy amin' izay mandre azy ireo no ho voataona hifidy ny hitandrina ny didm' Andriamanitra. Amin' izany fomba izany no hitondrana ny fahazavana ho amin' ny olona an' arivony, raha tsy izany dia tsy ho nandre na inona na inona ny amin' ireo fahamarinana izy ireo.

Holazaina fa fikomiana ny fankatoavana ny tenin' Andriamanitra ho fanarahana ny feon' ny fieritreretany. Hohajambain' i Satana ny ray amandreny ka ho sarotiny sy ho henjana amin' ny zanany izay mino , ny mpampiasa lahy na vavy dia hampahory ny mpiasany izay mitandrina ny didy. Ho levona ny fitiavana , tsy havela handova ny zanaka ary horoahina tsy ho ao an-tokantrano. Ho tanteraka ara-bakiteny ny tenin' i Paoly manao hoe : «Izay rehetra te-ho velona amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, izay ao amin' i Kristy Jesosy, dia henjehina»[4]. Rehefa mandà tsy hanaja ny Sabata-Alahady ireo mpiaro ny fahamarinana, dia hisy hatao an-tranomaizina sy hatao sesi-tany,hoentina tahaka ny andevo. Araka ny fahendren'olombelona dia toa tsy mety hisy izany ankehitriny; nefa kosa, rehefa esorina tsy ho eo amin' ny olona ny Fanahin' Andriamanitra izay mitana azy, ka i Satana no hanapaka azy tanteraka, dia izy izay mankahala ny fitsipik' Andriamanitra, dia hisy zava-mahagaga hitranga. Lozabe mantsy ny fo rehefa miala ny fahatahorana an' Andriamanitra sy ny fitiavana Azy.

Raha manatona ny tafio-drivotra, dia misy antokon' olona maro izay niseho ho mino ny hafatry ny anjely fahatelo, nefa tsy nohamasinina tamin' ny alalan' ny fankatoavana ny fahamarinana, no hiala amin' ny toerany ankehitriny ka hirotsaka eo amin' ny laharan' ny mpanohitra. Niray tamin' izao tontolo izao izy sady nifindran' ny toe-tsainy, ka nanjary saiky nitovy ny fomba fijeriny ny toejavatra; ary rehefa tonga ny fisedrana, dia efa voaomana mialoha hifidy ny lalana mora arahin' ny besinimaro izy ireo. Misy olona manan-talenta sy fahaizana mahataona, izay efa nahita fifaliana tamin' ny fanarahana ny fahamarinana, nefa ankehitriny dia mampiasa ny heriny hamitaka ny fanahy sy hampivily azy amin' ny lalan-diso. Ireo no hanjary fahavalon' ny rahalahiny teo aloha sady hasiaka indrindra. Rehefa hoentina eo anatrehan' ny fitsarana ny mpitandrina ny Sabata mba hanazava ny amin' ny finoany, dia ireny mihemotra ireny no ho fiasan' i Satana mahomby indrindra mba hanosorampotaka sy hiampangana azy, ka ny tatitra lainga hataony sy ny hevitra hasosony no hanosika ny mpanapaka hamely azy ireo.

Hosedrainy ny finoan' ny mpanompon' i Jehovah amin' io fotoana fanenjehana io. Efa nomeny tamim-pahatokiana ny fampitandremana, ka Andriamanitra sy ny teniny ihany no nojereny tamin' izany. Ny Fanahin' Andriamanitra, izay nanetsika ny fony, no nanery azy hiloa-bava. Hafanam-po masina no nanainga azy, ary Andriamanitra no nanindry azy mafy ka notanterahany ny adidiny ary tsy nahoany kely akory izay mety ho vokatry ny filazana amin' ny olona ny teny nampitondrain' i Jehovah azy. Tsy nijery ny tombontsoany ara-nofo izy na nitady izay hiarovany ny lazany na ny ainy. Nefa rehefa mifofofofo eo aminy ny tafio-drivotry ny fanoherana sy ny fanomezan-tsiny, dia hisy ho safotry ny tebiteby ka vonona ny hiteny hoe : «Raha nampoizinay izay ho vokatry ny teninay, dia ho nangina izahay». Voahodidin' ny zava-tsarotra izy. Mamely azy amin' ny fakampanahy mahamay i Satana. Toa mihoatra lavitra noho izay mety ho vitany ny asa natombony. Tandindomin-pahafatesana izy. Lasa ny hafanam-po nampientana azy ; nefa tsy afaka miverin' ilalana izy. Amin' izay rehefatsapany ny fahalemeny tanteraka, dia hiolo-may hitady hery hankeo amin' ny Tsitoha izy. Tsaroany fa tsy azy ny teny nambarany fa an' Ilay nibaiko azy hitondra ny hafatra fampitandremana. Nataon' Andriamanitra tao am-pony ny fahamarinana, ka tsy azony atao ny tsy hitory izany.

Efa nanao fanandramana ny amin' ny fitsapana toy izany ireo lehilahin' Andriamanitra tamin' ny andro teo aloha. Ry Wycliffe, Huss, Lotera, Tyndale, Baxter, Wesley, dia samy nanantitrantitra fa tsy maintsy hosedraina amin' ny Baiboly ny fampianarana rehetra ary nilaza izy ireny fa hotsipahiny izay rehetra melohin' izany. Nifofofofo mafy tamin' ireo olona ireo ny fanenjehana ; nefa tsy nijanona nanambara ny fahamarinana izy. Ireo vanimpotoana samihafa ao amin' ny tantaran' ny fiangonana dia samy niavaka tamin' ny fisehoan' ny fahamarinana manokana, nifanaraka tamin' izay ilain' ny vahoakan' Andriamanitra tamin' izany fotoana izany. Ny fahamarinana vaovao rehetra dia samy nanavatsava ny lalany teo anivon' ny fankahalana sy ny fanoherana ; izay nandray fitahiana avy tamin' ny fahazavany dia samy nalaim-panahy sy nosedraina mafy. Manome fahamarinana manokana ho an' ny olona ny Tompo eo amin' ny fotoan-tsarotra. Iza no sahy tsy hitory izany ? Mibaiko ny mpanompony Izy hanao ny antso faran' ny famindrampo ho an' izao tontolo izao. Tsy afaka hangina izy ireo, satria mety hampidi-doza n; fanahiny ny fihetsika toy izany. Tsy tokony hiraharaha izay h. vokatry ny asany ireo ambasadaoron' i Kristy. Tsy maintsy manatanteraká ny adidiny izy ary avelany amin' Andriamanitra izay ho vokatr' izany.

Raha mirongatra miha-lozabe hatrany ny fanoherana azy, dia mitebiteby indray ny mpanompon' Andriamanitra ; satria noheveriny fa izy ireo ihany no nahatonga io ady sarotra io. Nefa manome toky azy ny feon' ny fieritreretany sy ny tenin' Andriamanitra fa marina ny lalan-kizorany

; ary na dia mitohy aza ny fitsapana, dia mahazo hery hahazakana izany izy. Na dia mitohy sy miha-henjana hatrany aza ny tolona, dia vao mainka mitombo araka ny fahasarotan' ny toejavatra ny t'inoany sy ny herimpony. Hoy ny teniny : «Tsy sahinay ny manova ny tenin' Andriamanitra, ka hampisaraka ny lalàny masina ; koa ny sasany hambaranay ho tena ilaina, fa ny sasany kosa tsy dia ilaina loatra, mba hankasitrahan' izao tontolo izaoanay. Afaka hamonjy anay Andriamanitra izay tompoinay. Efa resin' i Kristy izao tontolo izao ; ka moa ve izahay hatahotra an' izao tontolo izao izay efa resy?»

Ny fanenjehana amin' ny endriny samihafa dia fivelaran' ny lotokevitra anankiray izay tsy ho foana mihitsy raha mbola misy koa i Satana ary raha mbola manan-kery koa ny fivavahana Kristiana. Tsy misy olona hanompo an' Andriamanitra ka tsy hihantsy ireo tafiky ny haizina hirotsaka hanohitra azy. Hanafika azy ny anjelin' ny ratsy, noho ny fahatahorany andrao votsotra eny am-pelatanany ny rembiny noho ny fiasany mangina. Hisy ratsy fanahy, izay hahatsiaro fa meloka noho ny oha-piainana omeny ka hiray amin' ireo anjely ratsy amin' ny fitadiavana izay hampisaraka azy amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fakam-panahy maharenoka. Rehefa tsy mahomby izany, dia hampiasaina ny fahefana hamoretana ny feon' ny fieritreretany.

Nefa raha mbola manalalana ho an' ny olombelona ao amin' ny fitoerana masina any ambony koa i Jesosy, dia mbola hanan-kery amin' ny mpifehy sy ny vahoaka ny herin' ny Fanahy Masina Izay miasa hamepetra ny fihetsika. Mbola mifehy ireo lalàna eo amin' ny tany amin' ny lafiny sasany Izy. Raha tsy misy ireo lalàna ireo dia ho ratsy lavitra noho izao ny toetran' izao tontolo izao. Na dia maro amin' ireo mpanapaka antsika aza no mpiasa mazoton' i Satana, Andriamanitra koa dia mbola manana ny mpanompony eo anivon' ny olona mpitarika ny firenena. Mibitsika amin' ireo mpanompony ny fahavalo mba hanao lalàna izay hiteraka fisakanana makadiry amin' ny asan' Andriamanitra ; nefa misy mpitondra fanjakana matahotra an' i Jehovah hiasan' ny anjely mangina mba hanohitra ireo sosokevitra ireo amin' ny alalan' ny fonjan-kevitra tsy azo ialana. Hisy olom-bitsy izay hisakana ny riana maherin' ny ratsy. Hanam-petra ny fanoherana ataon' ireo fahavalon' ny fahamarinana mba ahazoan' ny hafatry ny anjely fahatelo manao ny asany. Rehefa alefa ny hafatra fampitandremana farany, dia hitana ny sain' ireo olona ambony izay iasan' i Jehovah ankehitriny izany, ka hisy amin' izy ireo hanaiky ary hiara-mijoro amin' ny vahoakan' Andriamanitra mandritra ny androm-pahoriana.

Ny anjely izay manampy amin' ny fitoriana ny hafatry ny anjely fahatelo dia hanazava ny tany manontolo amin' ny voninahiny. Asa hitatra manerana izao tontolo izao sy manan-kery tsy hay tohaina no voalaza mialoha eto.

Fanehoana be voninahitra ny herin' Andriamanitra ny fihetsehana momba ny fiverenan' ny Tompo tamin' ny 1840-1844 ; tafapaka hatrany amin' ny foibe fitoriana filazantsara rehetra eran' izao tontolo izao ny hafatry ny anjely voalohany. ary teo amin' ny tany sasany dia mbola tsy nisy fahalianana tamin' ny fivavahana toy izany na taiza na taiza hatramin' ny Reformasiona tamin' ny taonjato fahenina ambin' ny folo : nefa hanoatra lavitra noho izany ny fihetsehana miezinezina mandritra ny fanairana farany hataon' ny anjely fahatelo.

Hitovy amin' izay niseho tamin' ny andro Pentekosta ny asa. Tahaka ny nanomezana ny «ranonorana aloha», tamin' ny nirotsahan' ny Fanahy Masina tamin' ny nisokafan' ny fitoriana ny filazantsara, mba hampitsimoka ny voa sarobidy. dia toy izany koa no hanomezana ny «ranonorana aoriana» amin' ny famaranana ny fitoriana ny filazantsara mba hanamasaka ny voa hojinjaina. «Dia aoka hahalala, eny, aoka hiezaka hahalala an' i Jehovah isika ; mahatoky toy ny maraina ny fiposahany. fa ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatravatra Izy, sy toy ny fara-orana izay mahavonto ny tany» [5]. «Ary ianao, ry zanak' i Ziona, miravoravoa sy mifalia amin' i Jehovah Andriamanitrareo ; fa manome anareo loha-orana onony Izy, dia handatsaka ranonorana mivatravatra ho anareo, eny, ny loha-orana sy ny fara-orana aloha»[6].« Ary amin' ny andro farany, hoy Andriamanitra, no handatsahako ny Fanahiko amin' ny nofo rehetra». «Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran' i Jehovah dia hovonjena» [7].

Ny asa lehibe fitoriana ny filazantsara dia tsy hifarana amin' ny fanehoana ny herin' Andriamanitra latsa-danja noho izay hita teo amin' ny fiantombohany. Ireo faminaniana izay tanteraka tamin' ny nirotsahan' ny ranonorana voalohany tamin' ny fiandohan' ny fitoriana ny filazantsara dia ho tanteraka indray amin' ny fiafaran' izany amin' ny ranonorana farany. Ireo no «andro famelombelomana» izay notazanin' i Petera raha niteny izy hoe : «Mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo, ary mba hanirahany ny Kristy voatendry ho anareo. dia Jesosy» [8].

Hidododododo hatraiza hatraiza ny mpanompon' Andriamanitra hitory ny hafatra avy any an-danitra, ary ny tavany hazava sy hamirapiratra noho ny fanokanan-tena masina. An' arivony ny feo manerana ny tany, izay hitondra ny hafatra fampitandremana. Hisy fahagagana hatao, hositranina ny marary, ary hisy famantarana sy zava-mahazendana hanaraka ny mpino. Hanao fahagagana mamitaka koa i Satana, ary hampidina afo avy any an-danitra mihitsy eo imason' ny olona izy (Apokalypsy 13 : 13). Amin' izany dia hisafidy izay hombany ny mponina ety an-tany.

Tsy fonjan-kevitra loatra fa fandresen-dahatra avy amin' ny Fanahin' Andriamanitra no hitoriana ny hafatra. Efa naseho ny fonjan-kevitra. Efa

nafafy ny voa, ary hitsiry izy izao ka hahavokatra. Ireo lahatsoratra nozarain' ny mpanao asa misionera dia efa nanao ny asany mangina, nefa betsaka ireo izay nandatsaka izany tao am-pony no voasakana tsy hahazo ny fahamarinana tamin' ny fomba feno na voasakana tsy hankatò. Ankehitriny kosa dia tafiditra hatraiza hatraiza ny tara-pahazavana, hita mibaribary ny fahamarinana, ka manapaka ny fatorana nihazona azy ny zanak' Andriamanitra tso-po. Ny rohim-pianakaviana, ny fifandraisana eo amin' ny fiangonana, dia tsy manankery hitana azy izao, Sarobidy noho ny zavatra hafa rehetra ny fahamarinana. Na dia eo aza ireo fiasana miara-mioko hanohitra ny fahamarinana, dia maro no hiandany amin' i Jehovah.

**Fanamarihana**

1 Apok. 18 : 1 , 2 ,4
2 Apok. 18 : 5
3 Apok. 14: 19 , 10
4 2Tim. 3:12
5 Hos. 6 : 3
6 Joela. 2 : 23
7 Asa. 2 : 17 , 21
8 Asa. 3 : 19 , 20

# 39

# *Ny andro fahoriana*

«Ary amin' izany andro izany dia hitsangana Mikaela andriandehibe, izay mitsangana hiaro ny zanaky ny firenenao; ary hisy andro fahoriana izay tsy hisy tahaka azy hatrizay nisian' ny firenena ka hatramin' izany andro izany; ary amin' izany dia ho afaka ny firenenao, dia izay rehetra hita voasoratra ao amin' ny boky»[1] .

Rehefa hifarana ny hafatry ny anjely fahatelo, dia hitsahatra tsy hanao fifonana ho an' ny olo-meloka ety an-tany intsony ny famindrampon' Andriamanitra. Efa vitan' ny vahoakan' Andriamanitra ny asany. Efa nandray ny «ranonorana farany» izy, dia ny «andro famelombelomana avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo», ka vonona hiatrika ny andro fizahan-toetra manoloana azy izy. Hivezivezy haingana mampitohy ny lanitra sy ny tany ny anjely. Hisy anjely avy ety an-tany hilaza fa vita ny asany ; efa nampiharina tamin' izao tontolo izao ny fisedrana farany, ary izay rehetra hita fa nahatoky tamin' ny didin' Andriamanitra dia efa nandray ny «tombokasen' Andriamanitra velona». Amin' izany dia hajanon' i Jesosy ny fanelanelanana ataony ao amin' ny fitoerana masina any ambony. Hanandratra ny tanany izy sady hiteny amin' ny feo mahery hoe : «Vita», ary raha manala ny satroboninahiny mba hitsaoka ireo tafiky ny anjely rehetra any an-danitra dia hanao izao fanambarana manetriketrika izao Izy hoe : «Izay manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy; ary izay maloto. aoka mbola hihamaloto ihany izy; ary izay marina kosa, aoka mbola hanao ny marina ihany izy, ary izay masina, aoka mbola hihamasina ihany izy»[2]. Efa voafetra ny ho anjaran' ny tsirairay, na ho fiainana, na ho fahafatesana. Efa nanao fanavotana ho an' ny vahoakany Kristy ary nikosoka ny fahotany. Feno ny isan' ny mpanompony; «ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibiazan' ny fanjakana rehetra eto ambanin' ny lanitra» dia efa madiva

hatolotra ireo izay handova famonjena, ka hanjaka ho Mpanjakan' ny mpanjaka sy ho Tompon' ny tompo i Jesosy.

Rehefa mivoaka avy ao amin' ny fitoerana masina Izy, dia hisy haizina hanarona ny mponina eto an-tany. Mandritra io fotoana mampangorohoro io, dia tsy maintsy hivelona eo imason' Andriamanitra masina tsy misy mpanelanelana ny marina. Efa nesorina ny fefy nisakanana ny ratsy fanahy. ary hanampatra ny fahefany amin' ny olona nikomy tsy nety hibebaka hatramin' ny farany i Satana. Mifarana ny faharipon' Andriamanitra. Nitsipaka ny famindrampony izao tontolo izao, nanamavo ny fitiavany sy nanitsakitsaka ny lalàny. Nihoatra ny fetran' ny fahasoavana ny ratsy fanahy ; efa niala ny Fanahin' Andriamanitra, izay nikirizana hotoherina. Tsy manana ny fahasoavan' Andriamanitra ho fialofana izy ireo, ka tsy misy miaro azy intsony amin' ilay ratsy. Amin' izay i Satana dia handentika ny mponina eto an-tany ao amin' ny fahoriana lehibe farany. Rehefa hitsahatra tsy hihazona ireo rivotra masiakan' ny filana ambany eo amin' ny olombelona ny anjelin' Andriamanitra, dia hovahana izay rehetra mahatonga ny ady. Ho tratry ny faharavana mahatsiravina noho izay nihatra tamin' i Jerosalema fahiny ny tany manontolo.

Anjely anankiray ihany dia naharipaka ny lahimatoan' i Egypta rehetra ka naheni-pitarainana ny tany manontolo. Rehefa nanota tamin' Andriamanitra i Davida tamin' ny nampanaovany fanisana ny vahoaka, anjely iray monja dia ampy hahatonga fandringanana mahatsiravina ho fitsarana ny fahotany. Izany hery fandringanana izany izay ampiasain' ny anjely tsara rehefa mibaiko Andriamanitra, no hampiasain' ny anjely ratsy rehefa avelan' Andriamanitra izany. Efa vonona ankehitriny ireo hery hamafy fahoriana hatraiza hatraiza, ka ny alalana avy amin' Andriamanitra no sisa andrasany.

Endrikendrehina ho mahatonga loza amin' izao tontolo izao ireo izay manaja ny lalàn' Andriamanitra, ary izy ireo no heverina ho antony mahatonga izao fikorontanana mahatsiravina eo amin' ny zava-boahary izao sy ny ady mbamin' ny ra mandriaka eo amin' ny olona izay mahafeno fahoriana ny tany. Mampisafoaka ny ratsy fanahy ny hery izay nanampy ny hafatra fampitandremana farany; mirehitra amin' izay rehetra mandray ny hafatra ny fahatezerany, ary mainka hampirisihin' i Satana hihamafy hatrany ny fanahin' ny fankahalana sy ny fanenjehana.

Rehefa niala tamin' ny firenena Jiosy ny fanatrehan' Andriamanitra tamin' ny farany, dia tsy fantatry ny mpisorona sy ny vahoaka izany. Na dia efa teo ambany fahefan' i Satana tanteraka aza izy, ka voafatotry ny fironana mahatsiravina sy maharikoriko indrindra, dia mbola nihevitra ny tenany ho olom-boafidin' Andriamanitra ihany. Mbola nitohy ireo asa fanompoana tao amin' ny tempoly; mbola naterina ihany teo ambony alitara voaloto ireo fanatitra, ary isan' andro dia nantsoiny ny fitahian' Andriamanitra hidina

amin' ity vahoaka meloka ity noho ny ran' ny Zanaka malalan' Andriamanitra sady nitady hamono ireo mpanompony sy apostoliny. Dia toy izany koa : tsy ho fantatry ny mponina ambonin' ny tany rehefa tafavoaka ny didim-pitsarana tsy azo ovana intsony avy ao amin' ny fitoerana masina ka efa tapaka ho mandrakizay ny ho anjaran' izao tontolo izao. Mbola hotohizan' ny olona izay efa nialan' ny Fanahin' Andriamanitra ny endriky ny fivavahana; ary hitovy endrika amin' ny hafanam-po ho an' Andriamanitra ny hafanam-po avy amin' i Satana izay hanaingan' ilay andrianan' ny ratsy azy ireo hanatanteraka ny fikasany mahatsiravina.

Satria ny Sabata no manjary antony manokana ifanolanana manerana ny vakoaka Kristiana, ary mifandray tendro ny fahefana ara-pivavahana sy ara-panjakana mba hanamafy ny fitandremana ny Alahady, dia hahatonga ireo vitsy an' isa ho fankahala eran' izao tontolo izao ny fikirizany handà tsy hilefitra amin' izay takin' ny besinimaro. Holazaina fa ireo olom-bitsy izay mijoro hanohitra izay natsangan' ny fiangonana sy ny lalam-panjakana dia tsy azo andeferana, fa aleo lavitra ireo no mijaly toy izay ny firenena manontolo no hikorontana sy tsy ho tan-dalàna. Io fonjan-kevitra io no nampiasain' ireo «mpitarika ny firenena» hamelezana an' i Kristy, taonjato valo ambinifolo lasa izay! «Fa tsara ho antsika», hoy ilay Kaiafa fangoloka, raha ny lehilahy iray no ho faty hamonjy ny firenena, mba tsy ho rava avokoa ity firenena ity» [3]. Manana endrika ho marina izany fonjan-kevitra izany; ary amin' ny farany dia hisy didy hivoaka hanamelohana ireo izay manamasina ny Sabatan' ny didy fahefatra, hiampangana azy ho mendrika hampiharana ny famaizana henjana indrindra ka hanomezana alalana ny vahoaka hamono azy ho faty rehefa afaka fotoana kely. Ny fivavahana mpanaraka an' i Roma any Eoropa sy ny, fivavahana protestanta mihemotra any Amerika dia hitovy fihetsika amin' ireo izay mankatò ny didin' Andriamanitra rehetra. Amin' izany andro izany, ny vahoakan' Andriamanitra dia ho latsaka ao amin' ny tebitebintsaina sy fahoriam-panahy ambaran' ny mpaminany ho «andro fahorian' i Jakoba». «Izao no lazain' i Jehovah : Feo mampangovitra no renay; misy tahotra fa tsy fiadanana. . . Ary ny tarehy rehetra dia efa tonga hatsatra avokoa! Indrisy! fa lehibe izany andro izany, nefa ho voavonjy ho afaka amin' izany ihany izy» [4].

Ilay alina nitebiteben' i Jakoba, fony izy nitolona tamim-bavaka mba ho afaka tamin' ny tanan' i Esao (Genesisy 32 : 24-30). dia mampiseho ny fanandramana hataon' ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny andro fahoriana. Noho ny fitaka nataony mba ahazoany ny tsodranon-draihy, izay nokendrena ho an' i Esao, dia nandositra hamonjy ny ainy i Jakoba, raha natahotra ny fandrahonan' ny rahalahiny hamono azy ho faty izy. Rehefa nijanona taona maro tany am-pivahiniana toy ny sesitany izy, dia nanapakevitra, araka ny baikon' Andriamanitra, hiverina ho any amin' ny

tanindrazany, miaraka amin' ireo vady aman-janany, sy ny andian' omby aman' osiny. Rehefa tonga teo amin' ny sisin-tany izy dia raiki-tahotra raha nandre fa avy nanatona Esao nitarika antokon' olona mpiady. ary tsy isalasalana fa vonona hamaly faty. Tsy nanam-piadiana i Jakoba sy ireo olona niaraka taminy na fiarovantena, ka toa haza tsy nanan-kery teo anatrehan' ny herisetra sy ny vonoan' olona. Nanampy ny enta-mavesatry ny tebiteby sy ny tahotra dia ny kaikitry ny nenina teo am-pieritreretana fa noho ny nataon' ny tenany sy noho ny fahotany ihany mantsy no nampitatao izao loza izao. Ny hany fanantenana ho azy dia ny famindrampon' Andriamanitra, ny hany fiarovana ho azy dia tsy maintsy ho ny fivavahana. Na dia izany aza dia tsy nataony an-tsirambina izay rehetra tokony ho nataony hanonerany ny ratsy vitany tamin' ny rahalahiny sy hisakanany ny loza nananontanona. Toy izany koa no tokony hataon' ireo mpanaraka an' i Kristy raha manatona ny andro fahoriana izy, tokony hataony ny fiezahana rehetra mba hisehoany araka ny toetra tokony ho izy eo anatrehan' ny olona, mba hanafoana ny herin' ny hevitra raikitra ambony ihany tsy misy fanadihadiana ao an-tsaina sy mba hisakanana ny loza mananontanona ny fahafahana hanaraka ny feon' ny fieritreretana.

Rehefa avy nandefa ny ankohonany i Jakoba, mba tsy hanatrehany maso ny fahoriany, dia nijanona nanirery izy hitalaho tamin' Andriamanitra. Niaiky ny fahotany izy ary nekeny sy nankasitrahany ny famindrampon' Andriamanitra taminy raha nitaky tamim-panetren-tena lalina ny fanekena natao tamin' ny razany sy tamin' ny tenany izy tamin' ilay alina nahitany fahitana tao Betela sy tany amin' ny tany nivahiniany. Mby tamin' ny fotoan-tsarotra indrindra teo amin' ny fiainany izy; notandindomin-doza ny zavatra rehetra. Nanohy nivavaka sy nanetry tena teo anatrehan' Andriamanitra tao amin' ny haizina sy ny fahanginana izy. Tsitapitapitr' izay dia nisy tanana nitehina teo amin' ny sorony. Noheveriny fa fahavalo nitady handatsaka ny ainy izany ka niezaka araka izay tratry ny ainy izy nitolona tamin' ilay fahavalo. Rehefa nangirandratsy ny andro dia nasehon' ilay olon-tsy fantatra ny heriny mihoatra noho ny an' ny olombelona; notendreny ity lehilahy matanjaka ka toa nalemy ary toa tsy nanan-kery, nitalaho tamindranomaso teo am-bozon' ity fahavalo tsy fantatra velively. Fantatr' i Jakoba izao fa Ilay Anjelin' ny fanekena no niady taminy. Na dia nahazo kilema aza izy ka narary mafy indrindra, dia tsy nohadinoiny ny fikasany. Efa ela no niaretany tebiteby, fanenenana sy alahelo mafy noho ný fahotany; ankehitriny kosa dia tsy maintsy ataony izay maha-azo antoka ny famelana izany. Toa efa handeha ilay mpamangy avy any amin' Andriamanitra; fa namikitra taminy i Jakoba, nitaky fitahiana. Hoy ilay Anjely nanantitrantitra hoe : «Avelao aho handeha, fa efa mazava ratsy ny andro», nefa namaly ilay patriarka hoe : «Tsy avelako Ianao, raha tsy tahinao aho». Toky manao ahoana! fahamatorana sy fikirizana

manao ahoana no nasehony eto! Raha fitakiana feno fireharehana sy diso toerana izany, dia ho levona avy hatrany i Jakoba; fa fahatokisan' izay miaiky ny fahalemeny sy ny tsy fahamendrehany ny azy, nefa koa fahatokisan' izay mino ny famindrampon' Ilay Andriamanitra mitana ny fanekena nataony.

«Nitolona tamin' Ilay Anjely izy ka nahery». Tamin' ny alalan' ny fanetren-tena, ny fibebahana, ny fibabohana no nandresen' ity olona mpanota, mpaniasia, mety maty an' Ilay Mpanjakan' ny lanitra. Nofikiriny tamin' ny tanany mangovitra ireo teny fikasan' Andriamanitra ary tsy afaka nitsipaka ny fangatahan' ny mpanota ny fon' Ilay Fitiavana mandrakizay. Ho porofo mazavan' ny fandreseny sy ho fampaherezana ny hafa hanahaka ny ohatra nomeny. dia novana ny anarany ka ilay nampahatsiaro ny fahotany dia nosoloina anarana izay tsangambaton' ny fandresena koa. Ary ny nandresen' i Jakoba an' Andriamanitra dia toky fa handresy ny olona koa izy. Tsy nampahatahotra azy intsony ny hisetra ny fahatezeran' ny rahalahiny, satria Jehovah no mpiaro azy.

Efa niampanga an' i Jakoba teo anatrehan' ireo anjelin' Andriamanitra i Satana, ary notakiany ny zo handringana azy noho ny fahotany; nampirisika an' i Esao hiady aminy izy; ary nandritra ny alina lava nitoloman' ilay patriarka, dia niezaka i Satana hanindry mafy an' i Jakoba amin' ny vesatry ny helony mba hahakivy azy hivahan' ny tanany mamikitra amin' Andriamanitra. Efa saika namoy fo i Jakoba; fantany anefa fa raha tsy nisy fanampiana avy any an-danitra dia tsy maintsy maty izy. Efa nibebaka marina ny amin' ny fahotana lehibe vitany izy, ka nangataka ny famindrampon' Andriamanitra hamela azy. Tsy hiala mihitsy amin' izay nokasainy izy, fa nihazona mafy ilay Anjely ary mainka koa nitalaho fatratra tamimdranomaso mandrapahazoany ny fandresena.

Tahaka ny nitaoman' i Satana an' i Esao mba handeha hiady tamin' i Jakoba, dia toy izany koa no hanetsehany ny ratsy fanahy handringana ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny andro fahoriana. Tahaka ny niampangany an' i Jakoba, no hanotofany ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny fiampangana. Isainy ho olom-peheziny izao tontolo izao; fa manohitra ny fahefany tsy refesi-mandidy kosa ilay andian' olom-bitsy mitandrina ny didin' Andriamanitra. Raha azony atao ny mandevona azy ireo tsy ho eto an-tany intsony, dia ho feno ny fandreseny. Hitany fa miaro azy ireo ny anjely masina, ka ampoiziny fa efa voavela ny helony; tsy fantany anefa fa efa tapaka tany amin' ny fitoerana masina any ambony izay ho anjaran' izy ireo. Fantany tsara ny amin' ny fahotana izay nakany fanahy azy, ka avandravandrany eo anatrehan' Andriamanitra ireny ka lazainy fa rariny raha tsy hahazo sitraka amin' Andriamanitra tahaka azy koa. Ambarany fa tsy manao ny marina ny Tompo raha mamela ny fahotan' izy ireo nefa kosa handringana azy ny anjeliny. Takiny ho

rembiny izy ireo ary angatahiny ny hanolorana azy ireo eo ampelatanany mba haringany.

Raha miampanga ny vahoakan' Andriamanitra noho ny fahotany i Satana, dia avelan' ny Tompo izy hisedra azy ireo amin' izay farany mafy indrindra. Hosedraina mafy ny fitokisany an' Andriamanitra. ny finoany sy ny fijoroany. Raha mijery ny lasa izy dia mirodana ny fanantenany; satria tsara kely foana no mba hitany ao amin' ny fiainany manontolo. Tsapany tanteraka ny fahalemeny sy ny tsy fahamendrehany. Miezaka ny hampitahotra azy i Satana amin' ny fitaomana azy hihevitra fa tsy misy antenaina intsony ny aminy, tsy ho voasasa na oviana na oviana ny pentina avy amin' ny fahalotoany. Manantena ny handrava ny finoany izy amin' izany ka hilefitra amin' ny fakampanahy afitsony azy sy hiodina hiala amin' Andriamanitra.

Na dia voahodidin' ny fahavalo izay miezaka ny handringana aza ny vahoakan' Andriamanitra, dia tsy ny tahotry ny fanenjehana noho ny fahamarinana no tena mahafadiranovana azy; matahotra izy andrao tsy nibebahany avokoa ny fahotany rehetra, ary dia tsy ho tanteraka aminy noho ny fahadisoana hita ao aminy ny teny fikasan' ny Mpamonjy manao hoe ; «Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin' ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin' izao tontolo izao» [5]. Raha mety ho azony antoka ny famelankeloka dia tsy handositra ny fampijaliana na ny fahafatesana izy ; nefa kosa raha hita mazava fa tsy mendrika izy, ka ho faty noho ny kilemantoetrany, amin' izay dia ho afa-baraka ny anara-masin' Andriamanitra.

Reny hatraiza hatraiza ny fiokon' ny mpamadika ary hitany ny asa mafy ataon' ny mpikomy; koa dia mifoha ao am-pony ny faniriana mirehitra, ny hetahetam-panahy miredareda hifaranan' izao fihemorana lehibe izao sy hahataperan' ny faharatsian' ny ratsy fanahy. Raha mitalaho amin' Andriamanitra izy anefa hampijanonany ny asam-pikomiana, dia manome tsiny mafy ny tenany izy satria tsapany fa tsy manan-kery intsony izy hoentimanohitra sy manosika ny samonta maherin' ny ratsy. Mby ao an-tsainy fa raha nampiasa mandrakariva ny fahaizany rehetra ho amin' ny fanompoana an' i Kristy izy, ka niroso hatrany sy nitombo hery teny am-pandehanana, dia nihena ny hery entin' i Satana handresena azy.

Mampahory ny fanahiny eo anatrehan' Andriamanitra izy, ka mampahatsiaro ny fibebahana efa nataony tamin' ny lasa noho ny fahotany marobe ary nitaky ny teny fikasan' ny Mpamonjy hoe : «Aoka hifikitra amin' ny heriko kosa izy ka hihavana amiko, eny, aoka hihavana amiko izy» [6]. Tsy mihamalemy mihitsy ny finoany noho ny fivavahany tsy voavaly eo noho eo. Na dia miaritra ny tebiteby lalina indrindra, ny horohoro sy ny fanaintainam-panahy aza izy, dia tsy mitsahatra tsy akory ny fifonana ataony. Mifikitra amin' ny herin' Andriamanitra tahaka an' i Jakoba tamin'

Ilay Anjely izy; ary ny fitenin' ny fanahiny dia ny hoe: «Tsy avelako handeha Ianao, raha tsy tahinao aho».

Raha tsy efa nibebaka mialoha tamin' ny fahotany i Jakoba tamin' ny nakany am-pitaka ny fizokiana, dia tsy ho nihaino ny fivavahany Andriamanitra ka tsy ho niaro ny ainy noho ny famindrampony. Toy izany koa, amin' ny androm-pahoriana, raha misy fahotana tsy nibebahan' ny vahoakan' Andriamanitra ka miseho eo anatrehany, eo amin' ny fotoana ampijalian' ny tahotra sy ny tebiteby azy, dia ho resy izy; hanafotra ny finoany ny famoizam-po, ka tsy afaka hanana toky hitalaho fahafahana amin' Andriamanitra izy. Nefa kosa na dia nahatsapa lalina ny tsy fahamendrehany aza izy, dia tsy manana fahadisoana miafina haseho. Efa nialoha azy teo am-pitsarana ny fahotany ary efa voakosoka ka tsy mety hotadidiny.

Mitarika ny olona maro i Satana hino fa odian' Andriamanitra tsy hita ny tsy fahatokisana eo amin' ny zava-madinidinika amin' ny fiainana; nefa nasehon' ny Tompo tamin' ny fifandraisany tamin' i Jakoba fa tsy hankasitraka na handefitra amin' ny ratsy mihitsy Izy na manao ahoana na manao ahoana. Izay rehetra miezaka hanala tsiny na hanafina ny fahotany, ka hamela ireo ho voatana ao amin' ny bokin' ny lanitra, tsy nekena ary tsy voavela, dia ho resin' i Satana. Arakaraka ny maha-ambony ny asany sy ny maha-be voninahitra kokoa ny toerana tazoniny no mainka maha-ratsy ny fihetsiny eo imason' Andriamanitra sy maha-azo antoka ny fandresen' ilay fahavalony lehibe. Ireo izay mangataka andro amin' ny fiomanana ho amin' ny andron' Andriamanitra dia tsy afaka hanao izany amin' ny andro fahoriana na amin' ny fotoana manaraka. Tsy misy antenaina ny amin' izay rehetra manao toy izany.

Izay milaza ny tenany ho Kristiana nefa tsy vita fiomanana akory rehefa miatrika an' io ady mahatsiravina farany io, dia hamoy fo ka hiaiky ny fahotany amin' ny teny mitory tebiteby mivaivay, ka hibitaka ny ratsy fanahy mahita ny fahoriany. Fiaikem-pahotana toy ny an' i Esao sy Jodasy ny azy. Ny vokatry ny fandikan-dalàna no mampitoloko azy ireny fa tsy noho ny faharatsian' ny heloka vitany. Tsy tena alahelo marina no tsapany, ary tsy maharikoriko azy ny ratsy. Miaiky ny fahotany izy noho ny fahatahorany ny famaizana; nefa, tahaka an' i Farao fahiny. dia hiverina amin' ny fihaikany ny Lanitra indray izy raha esorina ny fitsarana.

Ny tantaran' i Jakoba dia fanomezan-toky koa fa tsy hahafoy ireo izay voafitaka sy nalaim-panahy ary voatarika hanota Andriamanitra, nefa niverina ho eo Aminy amin' ny fibebahana marina. Mitady izay handringanana io antokon' olona io i Satana, fa Andriamanitra kosa handefa ny anjeliny hampahery sy hiaro azy amin' ny andro itataovan' ny loza. Masiaka sy henjana indrindra ny fanafihana ataon' i Satana, mahatsiravina ny fitaka amelezany; nefa manara-maso ny vahoakany ny Tompo sy

manongilan-tsofina amin' ny fitarainany Izy. Lehibe ny fahoriana, toa efa handevona azy ny lelafo midedadeda; nefa hitondra azy ireo hivoaka toy ny volamena voasedra tao amin' ny afo Ilay Mpandrendrika. Ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany mandritra ny fotoana fisedrana azy mafy indrindra dia lehibe sy mamy toy ny tamin' ny andron' ny fahombiazany nibaliaka indrindra; nefa ilain' izy ireo ny handalo ao amin' ny memy; tsy maintsy ho levona izay rehetra momba ny tany ao anatiny, mba hitaratra amin' ny fomba feno ny endrik' i Kristy.

Ny andro feno fahoriana sy tebiteby eo anoloantsika dia hitaky finoana izay mahatanty hatrotrahana, fiandrasana ela sy hanoanana finoana izay tsy ho reraka na dia voasedra mafy azy. Omena ny rehetra ny androm-pahasoavana mba hiomanana ho amin' io fotoana io. Nandresy i Jakoba satria nanam-paharetana izy sady matotra tamin' ny finiavany. Ny fandreseny dia manaporofo ny herin' ny fivavahana maharitra. Izay rehetra mifikitra amin' ny teny fikasan' Andriamanitra, tahaka ny nataony, ka mafana fo sy manam-pikirizana tahaka azy, dia hahomby tahaka ny nahombiazany koa. Izay rehetra tsy vonon-kandà ny tenany, ka hitolona mafy amin' Andriamanitra, hivavaka amim-paharetana sy hitaky amin' ny fo mafana ny fitahiany, dia tsy hahazo izany. Ny mitolona amin' Andriamanitra vitsy dia vitsy no mahalala izany! Vitsy dia vitsy no manana fanahy voasarika hitady an' Andriamanitra amin' ny faniriana mafy indrindra ka hampiasa ny heriny rehetra ho amin' izany. Rehefa manafotra ny mpitaraina ny onjan' ny famoizam-po tsy hay ambara, dia vitsy loatra no mifikitra amin' ny teny fikasan' Andriamanitra amin' ny finoana tsy mety ketraka.

Tataovan-doza lehibe izay tsy manana afa-tsy finoana kely ankehitriny, fa ho resin' ny herin' ny fitaka ataon' i Satana sy ny didy hanery ny feon' ny fieritreretana izy. Ary na dia haharitra ny fisedrana aza izy dia ho latsaka anatin' ny fijaliana sy ny tebiteby lalina kokoa amin' ny andro fahoriana, satria tsy mba nizatra mihitsy hitoky an' Andriamanitra. Ireo leson' ny finoana izay nataony antsirambina dia tsy maintsy hianarany ao ambany faneren' ny fahakiviana mahatsiravina.

Ankehitriny no tokony hifankazarantsika amin' Andriamanitra amin' ny fanaporofoantsika ny fahamarinan' ny teny fikasany. Soratan' ny anjely ny fivavahana mafana rehetra miloatra avy ao amin' ny fo madio. Aleo kokoa isika mihafy tsy hanome fahafahampo ny fanirian' ny tena toy izay hanao an-tsirambina ny firaisana amin' Andriamanitra. Aleo ny fahantrana lalina indrindra, ny fahafoizan-tena lehibe indrindra, misy ny fankasitrahan' Andriamanitra toy izay ny harena, ny voninahitra, ny fahasambarana sy ny fisakaizana tsy ahitana izany. Tsy maintsy manokana fotoana hivavahana isika. Raha ny zavatra momba ny tany no mameno ny fisainantsika ka tsy

manam-potoana hivavahana intsony isika, dia hisalovana Andriamanitra ary hanaisotra ireny sampy ireny amintsika, na vola izany, na trano na tany mahavokatra.

Tsy ho voatarika amin' ny fahotana ny tanora raha mandà tsy handeha amin' ny lalana tsy ahazoany mangataka ny fitahian' Andriamanitra. Raha amin-kafanam-po sy amim-pinoana tahaka ny nataon' i Jakoba no angatahan' ireo mpitondra ny hafatra lehibe farany ho an' izao tontolo izao ny fitahian' Andriamanitra fa tsy amin' ny fomba mangatsiaka, tsy rototra sy mitory hakamoana toy izao, dia hahita toerana maro ahazoany milaza hoe izy : «Efa nahita an' Andriamanitra nifanatrika tamiko aho, nefa voavonjy ny aiko» [7]. Ho toy ny zanak' andriana no fihevitry ny lanitra azy, satria nandresy izy teo amin' ny tolona nifanaovany tamin' Andriamanitra sy ny olona.

«Ny andro fahoriana izay tsy mbola nisy tahaka izany», dia efa madiva ho tonga amintsika; ary ilaintsika ny hanao fanandramana izay tsy ananantsika ankehitriny ary izay tsy maharototra ny maro ny hanana izany. Matetika no lazaina fa momba ny fahoriana dia ny àmbany no tsy zaka; nefa tsy ho marina izany amin' ny andro sarotra eo anoloantsika. Tsy mahalaza na oviana na oviana ny tena hamafin' ny fizahan-toetra mahamay ny fanambarana manaitra indrindra ny amin' izany. Amin' io fotoana fisedrana io, dia tsy maintsy mijoro samirery eo anatrehan' Andriamanitra ny fanahy tsirairay. «Na dia ao aza Noa sy Daniela sy Joba, raha velona koa Aho hoy Jehovah Tompo, dia tsy hahavonjy ny zanani-lahy sy ny zanani-vavy ireo, fa ny tenany ihany no ho voavonjiny noho ny fahamarinany» [8].

Amin' izao fotoana izao raha mbola manao fanavotana ho antsika ny Mpisoronabentsika, dia tokony hokatsahintsika ny ho tanteraka ao amin' i Kristy. Na dia eritreritra iray aza, tsy nahavoatarika ny Mpamonjintsika hilefitra amin' ny herin' ny fakam-panahy. Ahitan' i Satana toerana azony amaharana ao am-pon' ny olombelona; misy fanirian-dratsy ankamamiana izay manamafy ny herin' ny fakampanahy. Fa hoy kosa Kristy momba ny tenany : «Avy ny andrianan' izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy» [9]. Tsy afaka nahita na inona na inona tao amin' ny Zanak' Andriamanitra izay nety ho nahazoany fandresena i Satana. Efa nitandrina ny didin' ny Rainy Izy ary tsy nisy fahotana azon' i Satana nohararaotina handreseny an' i Kristy tao aminy. Izany no toetra tsy maintsy ahitana ireo izay ho afaka hijoro amin' ny andro fahoriana.

Amin' ity fiainana ity no tsy maintsy hisarahantsika amin' ny fahotana amin' ny alalan' ny finoana ny ran' i Kristy manavotra antsika. Miantso antsika Ilay Mpamonjintsika sarobidy hikambana Aminy, hampiray ny fahalementsika amin' ny heriny, ny tsy fahalalantsika amin' ny fahendreny, ny tsy fahamendrehantsika amin' ny fahamendrehany. Ny fitarihan' Andriamanitra ny fiainantsika no sekoly ianarantsika ny toetran' i Jesosy malemy fanahy sady

tsy miavona am-po. Ny asehon' i Jehovah eo anatrehantsika mandrakariva dia tsy ny lalana tiantsika hofidina tsy akory, izay toa mora kokoa sy mahafinaritra antsika kokoa, fa ny tena fetra hotratrarina amin' ny fiainana. Anjarantsika ny mifarimbona amin' izay fiasana ampiasain' ny Lanitra ho fandrindrana ny toetrantsika amin' ny ohatra omen' Andriamanitra. Tsy misy afaka hanao antsirambina io asa io na hangatak' andro ny amin' izany ka tsy hampitatao loza mahatsiravina eo ambonin' ny fanahiny.

Tamin' ny fahitana no nandrenesan' ny apostoly Jaona feo mafy tany an-danitra nanao hoe : «Loza ho an' ny tany sy ny ranomasina fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe satria fantany fa kely sisa ny androny» [10]. Mampahatahotra ireo toe-javatra mahatonga io antso avy amin' ny feo any an-danitra io. Mitombo ny fahatezeran' i Satana arakaraka ny maha-kely sisa ny androny, ary ho tonga eo amin' ny fara-tampony ny asa famitahana sy fanimbana ataony amin' ny andro fahoriana.

Hisy toe-javatra mahatahotra manana endrika tsy fahita hiseho tsy ho ela eny amin' ny lanitra ho famantarana ny herin' ny demonia miasa fahagagana. Handeha hankany amin' ny mpanjakan' ny tany ireo fanahin' ny demonia sy ho any amin' izao tontolo izao manontolo, mba hanamafy orina ny famitahana azy, sy hampirisika azy ireo hiandany amin' i Satana eo amin' ny ady farany hataony amin' ny fitondram-panjakan' ny lanitra. Ho voafitak' ireo anjely avokoa na ny mpitondra na ny entina. Hisy olona hitsangana hilaza ny tenany ho Kristy mihitsy, ka hihambo haka ny anarana sy ny fiankohofana tokony ho an' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao irery ihany. Hanao fahagagana fanasitranana izy ka hilaza fa manana fanambarana avy any an-danitra nefa manohitra ny teny lazain' ny Soratra Masina.

Ho fara-tampony amin' ny asa famitahana lehibe dia i Satana mihitsy no hiseho vatana hilaza tena ho Kristy. Efa ela no nilazan' ny fiangonana fa ny fiavian' ny Mpamonjy no andrandrainy ho fanatanterahana ny fanantenany. Izao dia asehon' ilay mpamitaka lehibe fa tonga i Kristy. Amin' ny toerana samihafa eto an-tany dia hiseho amin' ny olona ho toy ny anankiray mitafy voninahitra manjelanjelatra mahajambena i Satana. mova tsy ny Zanak' Andriamanitra araka ny ilazan' i Jaona Azy ao amin' ny Apokalypsy. Apokalypsy 1 : 13-15. Manoatra lavitra noho izay efa hitan' ny mason' olombelona ny voninahitra izay manodidina azy. Manakoako eran' ny lanitra ny antsom-pandresena manao hoe : «Tonga i Kristy! Tonga i Kristy!» Miankohoka mivavaka aminy ny olona, fa izy kosa manandratra ny tanany sady mitsodrano azy, tahaka ny nataon' i Kristy tamin' ny mpianany fony Izy tety an-tany. Malefaka sady tony dia tony, nefa miritsodritsoka toa feon-kira mahafinaritra ny feony. Teny malefaka sy mitory famindrampo no entiny milaza indray ny sasantsasany amin' ireo fahamarinana feno fahasoavana avy any an-danitra izay efa

nambaran' ny Mpamonjy; manasitrana ny aretin' ny olona koa izy, ary amin' izay izy eo am-pakan-tahaka ny toetran' i Kristy dia mihambo ho efa nanova ny Sabata ho Alahady ka mandidy ny olona rehetra hanamasina io andro efa notahiny io. Ambarany fa ireo izay mikiry hanamasina ny andro fahafito dia miteny ratsy ny anarany amin' ny fandavany hihaino ny anjely nirahiny ho eo aminy nitondra fahazavana sy fahamarinana. Io no tena famitahana goavana indrindra, mila tsy ho hay toherina mihitsy. Tahaka ireo Samaritana voasodokan' i Simona mpanao ody, ny vahoaka marobe, nanomboka tamin' ny kely indrindra ka hatramin' ny lehibe indrindra, dia samy babon' ireny fitaka maharendrika ireny ka niteny hoe : «Ity lehilahy ity no herin' Andriamanitra izay atao hoe hery lehibe» [11].

Tsy ho voarebireby anefa ny vahoakan' Andriamanitra. Tsy mifanaraka amin' ny Soratra Masina ny fampianaran' io kristy sandoka io. Hitsodrano ny mpiankohoka amin' ny bibi-dia sy ny sariny izy. dia ilay antokon' olona ambaran' ny Baiboly indrindra fa handrotsahana ny fahatezeran' Andriamanitra tsy miharoharo zavatra.

Ankoatr' izany, dia tsy havela haka tahaka ny fomba iavian' i Kristy i Satana. Efa nampitandrina ny vahoakany ny amin' ny fitaka mikasika an' io ny Mpamonjy ary nanambara mazava ny fomba hiaviany fanindroany. «Fa hisy kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny. . . Ary amin' izany, raha misy manao aminareo hoe : Indro, any en' efitra Izy. aza mankany ianareo; Indro, ao amin' ny efi-trano Izy, aza mino. Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fiavian' ny Zanak' olona» [12]. Io fiaviany io dia tsy azo alain-tahaka. Ho fantatra eran-tany izany — ary izao tontolo izao manontolo no indray hanatri-maso izany.

Izay nazoto nianatra ny Soratra Masina ihany ary izay nandray ny fitiavana ny fahamarinana ihany no ho voaaro amin' ny fitaka mahery vaika izay hamabo an' izao tontolo izao. Amin' ny alalan' ny teny vavolombelona ao amin' ny Baiboly no hamantarany an' ilay mpamitaka miova endrika. Hipaika ho an' ny rehetra ny ora fisedrana. Ny fanasivanana hataon' ny fakam-panahy no hampiseho ny kristiana tena izy marina tokoa. Moa ve tafaorina mafy eo amin' ny tenin' Andriamanitra ny vahoakany ka tsy hilefitra na dia amin' izay voaporofon' ny retsi-pandreny mazava aza? Moa ve hifikitra amin' ny Baiboly irery ihany izy rehefa tonga ny fotoan-tsarotra toy izany? Raha azo atao dia hosakanan' i Satana ny miomana mba hijoro amin' io andro io. Amboariny ny fandehan-javatra mba hamefy ny lalany hahatonga azy ho voasaringotry ny haren' ny tany. hilonjy enta-mavesatra sy mampiferinaina hany ka vesaran' ny fiahiana momba izao fiainana izao ny fony, ka ho avy aminy tahaka m mpangalatra ny andro fitsapana.

Rehefa manala ny fiarovan' ny fanjakana amin' ny mpitandrina ny didin' Andriamanitra ny didy navoakan' ireo mpitarika samihafa amin' ny fiangonana kristiana ka mamela azy ho eo am-pelatanan' izay maniry ny fahafatesany, dia handositra hiala amin' ny tanàn-dehibe sy ny vohitra ny vahoakan' Andriamanitra ka hitambatra ho andiany, ary hipetraka any an-tany foana sy mangina indrindra. Maro no hahita fialofana eny amin' ny fiarovana mafy any an-tendrombohitra. Tahaka ireo kristiana tany amin' ny lohasahan' i Piémont, dia ny toerana avo eto an-tany no hataony fitoerana masina ary hisaotra an' Andriamanitra izy noho ny «fiarovana any amin' ny harambato» [13]. Nefa maro ny olona amin' ny firenena rehetra sy ny saranga rehetra, ny ambony sy ny ambany, ny mainty sy ny fotsy, no hahitsoka amin' ny fanandevozana tsy rariny sy loza indrindra. Mandalo andro mahatorovandrovana ireo malalan' Andriamanitra, voafatotry ny gadra, voahodidin' ny tsanganambin' ny tranomaizina, voaheloka hovonoina, ny sasany toa havela ho faty noana ao amin' ny fonja maizina sy maharikoriko. Tsy misy sofin' olombelona handre ny fitarainany; tsy misy tanan' olombelona vonon-kanampy azy.

Moa ve hanadino ny vahoakany ny Tompo amin' izany ora fitsapana izany? Moa ve Izy nanadino an' i Noa mahatoky rehefa nianjady tamin' izao tontolo izao talohan' ny safo-drano ny fitsaran' Andriamanitra? Moa nanadino an' i Lota ve Izy rehefa nilatsaka avy tany an-danitra ny afo nandoro ireo tanàna teny an-tany lemaka? Moa ve nanadino an' i Josefa nohodidinin' ireo mpanompo sampy tany Egypta Izy? Moa ve nanadino an' i Elia Izy rehefa niozonozona i Jezebela fa hanao aminy toy izay natao tamin' ireo mpaminanin' i Bala? Moa ve nanadino an' i Jeremia tao anaty lavaka fantsakana lalina sy maizina tao amin' ny tranomaizina nisy azy Izy? Moa ve nanadino ireo telo lahy mendrika tao amin' ny lafaoro nirehitra afo Izy, na an' i Daniela tao an-davaky ny liona?

«Fa hoy Ziona: Jehovah efa nahafoy ahy, ary ny Tompoko efa nanadino ahy. Mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hamindra fo amin' ny zanaka naloaky ny kibony? Eny mety manadino ihany izy, fa Izaho kosa tsy mba manadino anao. Indro, efa vitako tombokavatra eo am-pelatanako hianao, ary ny màndanao dia eo anatrehako mandrakariva» [14]. «Fa izay mikasika anareo dia mikasika ny anakandriamasony» [15], hoy Jehovah Tompon' ny maro.

Na dia ampidirin' ny fahavalo any am-ponja aza ireo olon' Andriamanitra mahatoky, dia tsy hahasakana ny firaisan' ny fanahiny amin' i Kristy ireo rindrin' ny tranomaizina. Ilay mahita ny fahalemeny rehetra, Ilay mahafantatra ny fitsapana rehetra, dia ambonin' ny fahefana rehetra eto an-tany; ho avy ao amin' ny toerana manirery ao an-tranomaizina ny anjely; ka hitondra fahazavana sy fiadanana avy any an-danitra. Ho toy ny lapa

ny tranomaizina; satria mitoetra ao ny manankarena amin' ny finoana ka hohazavain' ny fahazavana avy any an-danitra ireo rindrina manjombona, tahaka ny fony i Paoly sy i Silasy nivavaka sy nihira fiderana tamin' ny mamatonalina tao amin' ny tranomaizina.

Hianjady amin' izay rehetra mitady hampahory sy hamono ny vahoakan' Andriamanitra ny fitsarany. Mahatonga ny ratsy fanahy ho sahisahy handika ny lalàna ny faharipony ela, nefa azo antoka fa tsy maintsy hihatra ny famaizana ary ho loza indrindra izany noho ny fahelan' ny fotoana. «Fa Jehovah hitsangana tahaka ny teo amin' ny tendrombohitra Perazima, ho tezitra tahaka ny teo amin' ny lohasahan' i Gibeona Izy, mba hanaovany ny asany tsy ilay fanaony mandrakariva anefa, ary hahavitany ny ataony tsy ilay vitainy mandrakariva anefa» [16]. Asa tsy fanaon' Ilay Andriamanitsika be famindrampo ny famaizana. «Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan' ny ratsy fanahy» [17]. «Mamindra fo sy miantra Jehovah, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana. . . mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana, kanefa tsy mety manamarina ny meloka». «Mahari-po Jehovah, sady be hery ary tsy mety manamarina ny meloká» [18]. Amin' ny alalan' ny zava-mahatsiravina nefa araka ny fahamarinana no hoentin' Andriamanitra hiarovany ny fahefan' ny lalàny nohitsakitsahina. Azo lanjalanjaina amin' ny tsy fahazotoan' ny Tompo hampihatra ny fitsarany ny hamafin' ny valin' asa miandry ny mpandika lalàna. Ny firenena izay amindrany fo ela ary tsy ampiharany ny fahatezerany raha tsy mahafeno ny kapoaky ny faharatsiany eo imason' Andriamanitra, amin' ny farany dia hisotro ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo famindrampo.

Rehefa mijanona tsy manao fanelanelanana intsony ao amin' ny fitoerana masina i Kristy, dia hirotsaka amin' izay miankohoka eo anatrehan' ny bibidia sy ny sariny ka mandray ny mariky ny anarany (Apokalypsy 14 : 9, 10) ny fahatezerana tsy miharoharo zavatra nananontanona azy ireo. Ny loza namely an' i Egypta talohan' ny nanafahan' Andriamanitra an' Isiraely dia sahala amin' ireo fitsarana mahatsiravina sy be velarana kokoa izay hihatra amin' izao tontolo izao mialoha indrindra ny fanafahana farany ny vahoakan' Andriamanitra. Hoy ny mpanoratra ny Apokalypsy na Fanambarana raha milaza ny amin' ireo kapoka mahatahotra ireo izy : «Nisy vay ratsy sy mampahory tamin' ny olona izay nanana ny mariky ny bibidia sy niankohoka teo anatrehan' ny sariny» (Apok. 16 : 2). «Nody ra tahaka ny an' ny olona maty ny ranomasina; ary maty ny zavamanan' aina rehetra tao aminy». «Nody ra ny ony sy ny loharano». Na dia mafy toy izany aza ireo fahoriana ireo. dia mijoro ho marina tanteraka ny fitsaran' Andriamanitra. Hoy ny anjelin' Andriamanitra hoe ; «Marina Ianao, Jehovah ô. . . satria efa mitsara toy izany Ianao; fa ny ran' ny olona masina sy ny mpaminany no nalatsany, ka dia ra kosa no nomenao hosotroiny; ary tandrifiny ho azy

izany» [19]. Raha nanameloka ny vahoakan' Andriamanitra ho faty izy, dia tena meloka marina tokoa ny amin' ny ran' izy ireo, toy ny tanany mihitsy no nandatsaka izany. Tahaka izany koa no nanambaran' i Kristy fa meloka ny amin' ny ran' ny olona masina efa nalatsaka hatramin' ny andron' i Abela ireo Jiosy tamin' ny androny; satria sahala toe-tsaina amin' ireo namono ny mpaminany izy ireo sady nitady ny hanao ny asany koa.

Eo amin' ny loza manaraka, dia omena hery ny masoandro «handoro ny olona amin' ny afo. Ary main' ny hafanana be ny olona» [20]. Toy izao no filazan' ireo mpaminany ny toetoetry ny tany amin' io fotoana mampihoron-koditra io ; «Mariry ny saha. . . fa simba ny vary. . . Malazo. . . ny hazo rehetra any an-tsaha; eny. malazo ny fifalian' ny olombelona». «Matimaso ao ambanin' ny baingan-tany ny vary nafafy, foana ny sompitra. . . Indrisy, ny fitoeran' ny biby! Very hevitra ny omby andiany, satria tsy misy ahitra ho azy. . . satria ritra ny renirano, ary efa levon' ny afo ny kijana any an-efitra». «Ho tonga naonaona ny hira ao an-dapa amin' izany, hoy Jehovah Tompo; ho be ny faty; hatraiza hatraiza no hanariany azy. Mangina re!» [21]

Tsy hanerana an' izao tontolo izao ireo loza ireo, fa raha izany dia ho fongana daholo ny mponina eo amin' ny tany. Na dia izany aza dia ireo no kapoka mahatahotra indrindra amin' izay efa nihatra fantatry ny olombelona. Ny famaizana rehetra natao tamin' ny olona, talohan' ny hiafaran' ny andrompahasoavana, dia niharo famindrampo hatrany. Ny fifonan' ny ran' i Kristy dia niaro ny mpanota tsy handray ny fatra fenon' ny fanamelohana azy; nefa amin' ny fitsarana farany, dia mirotsaka tsy mifangaro famindrampo ny fahatezerana.

Amin' izany andro izany dia olona marobe no haniry hanana fialofana eo amin' ny famindrampon' Andriamanitra izay nohamavoiny ela : «Indro, avy ny andro, hoy Jehovah Tompo, izay hanaterako mosary amin' ny tany, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetandrano, fa faniriana handre ny tenin' i Jehovah; ary hivembena hatrany amin' ny ranomasina ka hatrany amin' ny ranomasina ny olona ary hatrany avaratra ka hatrany amin' ny atsinanana, eny hivezivezy hitady ny tenin' i Jehovah izy, nefa tsy hahita» [22].

Tsy ho afaka amin' ny fahoriana ny vahoakan' Andriamanitra; nefa raha henjehina sy hampahoriana izy, raha miaritra tsy fisiana sy mijaly noho ny tsy fahampian-kanina, dia tsy havela ho faty izy tsy akory. Ilay Andriamanitra nikarakara an' i Elia dia tsy hamela amin' izao na dia anankiray aza amin' ireto zanany manao sorona ny tenany. Ilay manisa ny volon-dohany dia hiahy azy, ary amin' ny fotoanan' ny mosary dia ho voky izy. Raha matinkanoanana sy ny areti-mandringana ny ratsy fanahy, dia hiarp ny marina kosa ny anjely ka hanome izay ilainy. Izao no teny fikasana ho an' izay mandeha amin' ny fahamarinana : «Izay hohaniny dia homena azy, ary ny rano hosotroiny tsy ho diso». «Ny ory sy ny malahelo mitady rano, fa tsy

mahita, ary ny lelany main' ny hetaheta; Izaho Jehovah no hihaino azy, Izaho Andriamanitry ny Isiraely, tsy hahafoy azy» [23].

«Fa na dia tsy mamontsina aza ny aviavy, ary tsy misy voany ny voaloboka, na dia mahadiso fanantenana aza ny oliva, ary tsy mahavokatra hohanina ny saha, na dia vonoina aza ny ondry ao amin' ny vala, ary tsy misy omby ao am-pahitra, nefa izaho dia mbola hifaly amin' i Jehovah ihany sy hiravoravo amin' Andriamanitry ny famonjena ahy» [24].

«Jehovah no mpiaro anao; Jehovah no fíalofanao eo amin' ny ankavananao. Ny masoandro tsy mba hamely anao nony andro, na ny volana nony alina. Jehovah hiaro anao amin' ny ratsy rehetra; Eny, hiaro ny fanahinao Izy. Jehovah hiaro anao na mivoaka na miditra, hatramin' izao ka ho mandrakizay». Fa Izy no hanafaka anao amin' ny fandriky ny mpihaza sy ny areti-mandringana. Ny volon' elany no anaronany anao, ary ao ambanin' ny elany no hialofanao; ho ampinga kely sy ampinga lehibe ny fahamarinany. Tsy hatahotra ny horohoro nony alina ianao, na ny zana-tsipika manidina nony andro, na ny areti-mandringana mandeha amin' ny maizina, na ny fandringanana mandripaka amin' ny mitataovovonana. Na dia hisy arivo aza lavo eo anilanao sy iray alina eo an-kavananao, dia tsy hihatra aminao izany. Hijrty maso fotsiny ianao, ka ho hitanao ny hamaliana ny ratsy fanahy. Satria hoy ianao : Jehovah o, Ianao no aroko, sady nataonao ho fonenanao ny Avo Indrindra, dia tsy hisy loza hanjo anao, na aretina hanakaiky ny lainao» [25].

Eo imason' ny olona anefa dia toa tsy ho ela dia tsy maintsy hanisy tombokase amin' ny rany ny teni-vavolombelony tahaka ny nataon' ireo maritiora teo alohany ny olon' Andriamanitra. Manomboka matahotra koa izy andrao hamela azy ho latsaka ao am-pelatanan' ny fahavalony ny Tompo. Fotoana hahafadiranovana azy ireo indrindra izany. Mitaraina andro aman' alina amin' Andriamanitra izy mba hanafahany azy. Dibo-kafaliana ny ratsy fanahy, ary re ny antsoantsony sy ny esoesony manao hoe : «Aiza izao ny finoanareo? Nahoana no tsy manafaka anareo avy eo am-pelatananay Andriamanitra raha tena vahoakany marina ianareo?» Tsaroan' ireto vahoakan' Andriamanitra anefa ny nahafatesan' i Kristy teo an-kazo fijalian' i Kalvary sy ny horakoraky ny lohan' ny mpisorona sy ny mpifehy manaraby hoe : «Ny sasany novonjeny; fa ny tenany tsy hainy vonjena. Mpanjakan' Isiraely Izy, aoka hidina hiala amin' ny hazo fijaliana Izy ankehitriny, dia hino Azy izahay» [26]. Tahaka an' i Jakoba, dia samy nitolona tamin' Andriamanitra avokoa izy rehetra. Misoritra eny amin' ny tavany ny tolona anaty atrehiny. Hatsatra ny endriny rehetra. Nefa tsy mijanona ny fangatahana mafana ataony.

Raha azon' ny olona hatao ny hahazo fahitana avy any an-danitra, dia ho hitany ny andian' anjely marobe mahery indrindra manodidina ireo izay mitandrina ny tenin' ny faharetan' i Kristy. Amin' ny fitiavana feno fangorahana

no nanatrehan' ny anjely ny fahorian' izy ireo sy nandrenesany ny fivavahany. Miandry ny baikon' ny Mpitarika azy izy mba hanafahany azy ireo haingana amin' ny loza mananontanona azy. Tsy maintsy miandry kelikely izy anefa ; tsy maintsy misotro ny kapoakan' ny Tompo ny vahoakan' Andriamanitra sy atao batisa amin' ny batisany (Mar. 10: 38). Ny fotoana hiandrasany, izay tena mafy aminy, no valim-bavaka tsara indrindra amin' ny fangatahany. Eo am-piezahany hiandry amim- pitokisana ny Tompo hiasa no itarihana azy hampiasa ny finoana, ny fanantenana, ny faharetana, izay tsy nampiasainy firy nandritra ny fiainam-pivavahana nivelomany. Hohafohezina anefa ny andrompahoriana noho ny amin' ireo olom-boafidy. «Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olom-boafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman' alina ? . . . Lazaiko aminareo fa homeny rariny faingana izy » [27]Hangonina ny salohim-bary ka hofehezina mba haiditra any antsompitr' Andriamanitra; hatao am-pehezana koa ny tsimparifary mba holevonina amin' ny afo.

Manohy ny fiainany ireo anjely mpiambina any an-danitra. mahatoky eo amin' izay nametrahana azy. Na dia misy didy manerana an' izao tontolo izao aza mametra ny fotoana hamonoana ireo mpitandrina ny didy, ny fahavalony dia hitady hialoha ny fotoana voatendry amin' ny toerana sasany, ka hiezaka handatsaka ny ain' izy ireo. Nefa tsy hahavaky ny laharan' ireo mpiambina mahery izay manodidina ny fanahy mahatoky tsirairay izy. Misy eny ampandosirany ny tanàn-dehibe sy ny vohitra kely no tafihiny; nefa ho tapaka foana ka tsy hanan-kery toy ny zozoro ny sabatra voainga hamelezana azy Ny sasany kosa dia harovan' ny anjely maka endriky ny mpiady.

Tamin' ny andro rehetra Andriamanitra dia nanampy sy nanafaka ny vahoakany tamin' ny alalan' ny anjely masina. Nandray anjara mivantana tamin' ny asa aman-draharahan' ny olombelona ireo mponina any an-danitra ireo. Nitafy fitafiana mamirapiratra tahaka ny helatra ny fahitana azy; naka endrik' olona koa. nitafy toy ny mpivahiny. Nisy anjely niseho tamin' ny endrik' olombelona tamin' ny olon' Andriamanitra. Niala sasatra izy, tahaka ny olona vizana, teo ambanin' ny hazo ôka tamin' ny mitataovovonana. Nanaiky hiantrano tao amin' ny tokantranon' ny olona izy. Nanao ny asan' ny mpitari-dalana izy tamin' ny olona tratr' alina teny am-pandehanana. Ny tanan' izy ireny mihitsy no nandrehitra ny afo teo amin' ny alitara. Namoha ny varavaran' ny tranomaizina izy ka nanafaka ny mpanompon' i Jehovah. Nitafy ny fiadian' ny lanitra izy ka tonga nanakodia ny vato teo amin' ny fasan' ny Mpamonjy.

Matetika ny anjely no maka ny endrik' olombelona manatrika ny fivorian' ny olo-marina; mitsidika koa ny fivorian' ny ratsy fanahy izy. tahaka ny nataony tany Sodoma. mba hanamarihany izay hitan' ny masony. hamantarany na efa nihoatra ny fatran' ny faharipon» Andriamanitra izy ireny. Mifaly amin' ny famindrampo i Jehovah, ary noho ireo olom-bitsy izay

nanompo Azy marina, dia ferany ny loza ary ampaharetiny ny fiadanan' ny olona marobe. Tsy tsapan' ny mpanota manohitra an' Andriamanitra firy fa miankina amin' ireo olom-bitsy mahatoky izay mahafinaritra azy ny maneso azy sy mampahory azy ny fahavelomany.

Na dia tsy fantatr' ireo mpifehy izao tontolo izao aza dia matetika no nandaha-teny tao amin' ny fivoriany ny anjely. Nijery azy ireo ny mason' olombelona; nihaino ny antso nataony ny sofin' olombelona; nisy molotr' olombelona nanohitra ny soso-kevitra narosony sy nanaraby ny toro-heviny; nisy tanan' olombelona nanao fihetsika nanevateva sy tafahoatra taminy. Tao amin' ny efitra fivoriana fiheveran-draharaha sy ny trano fitsarana dia nampiseho fa mahafantatra be dia be ny amin' ny tantaran' ny olombelona ireo mpitondra hafatry ny lanitra; noporofoiny fa havanana kokoa hiady ho an' ny ampahoriana mihoatra noho ny mpiaro azy kinga sy mahay mandaha-teny indrindra izy. Noravany ny fikasana ary nosakanany ny ratsy izay nety ho nampitaredretra betsaka ny asan' Andriamanitra ary ho nahatonga fahoriana be ho an' ny vahoakany. Tamin' ny fotoana nisian' ny loza sy ny fahoriana, dia «Ny anjelin' i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy» [28].

Amin' ny faniriana miredareda no iandrasan' ny vahoakan' Andriamanitra ny famantarana ilay Mpanjaka ho avy. Rehefa anontaniana ny mpiambina hoe ; «toy inona alina moa izao?» dia tsy miova ny valinteny hoe : «Avy ny maraina, ary avy koa ny alina» [29]. Mamirapiratra eo amin' ny rahona ambonin' ny tampontendrombohitra ny fahazavana. Kely sisa dia hisy fanehoana ny voninahiny. Efa hamirapiratra ny Masoandron' ny Fahamarinana. Efa samy akaiky na ny maraina na ny alina dia ny fiposahan' ilay andro tsy manam-pahataperana ho an' ny marina, ary ny fiantombohan' ny alina mandrakizay ho an' ny ratsy fanahy.

Raha mbola mampiroso ny fangatahany eo anatrehan' Andriamanitra ireto mitolona mafy. dia toa madiva hiala ny efitra lamba mampisaraka azy amin' ny tsy hita. Manopy mena ny lanitra noho ny fiposahan' ilay andro mandrakizay, ary tahaka ny hira milanto ataon' ny anjely ny teny ren' ny sofina manao hoe : «Tano mafy izay nekenareo. Avy ny fanampiana».

Kristy, Ilay Mpandresy Tsitoha, no mitondra satroboninahitra mandrakizay ho an' ny miaramilany efa trotraka; ary injao re avy amin' ny varavaran' ny lanitra misokatra ny feony manao hoe : «Indro, momba anareo Aho. Fantatro avokoa ny manjo anareo. Aza matahotra. Efa nitondra ny fahorianareo Aho. Tsy fahavalo tsy fantatra tsy akory no iadianareo. Efa niady ny ady ho anareo Aho, ary hanoatra noho ny mpandresy ianareo noho ny anarako».

Handefa fanampiana amin' ny fotoana ilantsika izany indrindra Ilay Mpamonjy sarobidy. Ny dian-tongony no efa nanamasina ny lalana

mankany an-danitra. Ny tsilo tsirairay nandratra ny tongotsika dia efa nandratra ny azy koa. Ny hazo fijaliana rehetra asaina iantsorohantsika dia efa nentiny talohantsika. Avelan' ny Tompo hisy ny ady mba hanomana ny fanahintsika ho amin' ny fiadanana. Fizahantoetra mahamay ho an' ny vahoakan' Andriamanitra ny andro fahoriana; nefa io no fotoana tokony hiandrandran' ny tena mpino tsirairay, ka hahitany amin' ny alalan' ny finoana ny avan' ny teny fikasana manodidina azy.

«Eny, ny navotan' i Jehovah hiverina ka hankany Ziona amin' ny fihobiana, ary ny fifaliana mandrakizay no ho eny an-dohany; hahazo fifaliana sy faharavoravoana izy, ka dia handositra ny alahelo sy ny fisentoana. Izaho dia Izaho no mpampionona anareo, koa nahoana ianao no dia matahotra ny zanak' olombelona mety maty sy ny zanak' olona izay hatao tahaka ny ahitra ka manadino an' i Jehovah Mpanao anao. . ., sady matahotra lalandava mandritra ny andro ianao noho ny fahatezeran' ny mpampahory, raha mikendry hamono izy? Fa aiza intsony izay fahatezeran' ny mpampahory? Izay mitanondrika dia ho afaka faingana; tsy ho faty avarina ao an-davaka izy ary tsy ho diso hanina. Fa Izaho Jehovah no Andriamanitrao, Izay mampanonja ny ranomasina, ka dia mirohondrohona ny onjany; Jehovah, Tompon' ny maro, no anarako. Ary nataoko eo am-bavanao ny teniko, ary ao amin' ny aloky ny tànako no nanaronako anao» [30].

«Koa mihainoa izao, ianao ry ilay ory sady mamo tsy amin-divay: Izao no lazain' i Jehovah Tomponao, dia Andriamanitrao, Izay mandaha-teny ho an' ny olony : Indro, esoriko eny an-tànanao ny kapoaka mampiraikiraiky, dia ny kapoaka gobilian' ny fahatezerako; tsy hisotroanao intsony iny, fa hataoko eo an-tànan' izay mampahory anao kosa, dia izay efa nilaza taminao hoe : Miankohofa mba hohitsahinay, ka dia nataonao ho tahaka ny tany ny tenanao sy ho tahaka ny làlambe ho an' izay mandeha eo» [31].

Raha nitazana ireo taonjato maro nifandimby Andriamanitra dia nifantoka tamin' ny zava-tsarotra izay hatrehin' ny vahoakany ny masony, rehefa hioko hanohitra azy ireo fahefana ety an-tany. Tahaka ny babo an-tsesi-tany izy ka hatahotra ny ho fatin-kanoanana na noho ny herisetra. Nefa haneho ny heriny sy ny fahefany Ilay Masina nampisaraka ny Ranomasina Mena teo anoloan' Isiraely ka hanafaka azy amin' ny fahababoany. «Ary ho rakitra soa ho Ahy ireny amin' ny andro izay hotendreko. hoy Jehovah, Tompon' ny maro. ary ho antra azy Aho toy ny olona antra ny zanani-lahy izay nanompo Azy». Raha latsaka amin' io fotoana io ny ran' ny vavolombelona mahatokin' i Kristy, dia tsy ho voa afafy izay hitondra vokatra ho an» Andriamanitra tahaka ny ran' ny maritiora intsony izany. Tsy ho vavolombelona hampiaiky ny hafa ny amin' ny fahamarinana intsony ny toetra mahatoky ananany, satria ny fo vatolampin' ny ratsy fanahy dia ho efa nanosika lavitra ny

onjam-pamindrampo ka tsy hiverina intsony ireny. Raha afoy ho rembin' ny fahavalony amin' izao ny marina, dia ho fandresena ho an' ny andrianan' ny maizina izany. Hoy ny mpanao Salamo : «Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany amin' ny andro fahoriany Izy; hampiery ahy amin' ny fierena ao an-dainy Izy». Niteny Kristy hoe : «Mandehana, ry oloko, midira ao amin' ny efitranonao, ary mirindrina varavarana ianao ; ka miere kely indray mipi-maso monja mandra-pahalasan' ny fahatezerana. Fa, indro, Jehovah mivoaka avy amin' ny fitoerany hamaly ny mponina amin' ny tany noho ny helony ; ary ny tany nampiseho ny ra izay nofohiny ka tsy hanafina intsony izay novonoina teo aminy» [32]. Ho be voninahitra ny fanafahana ireo izay niandry tamim-paharetana ny fiaviany sy manana ny anarany voasoratra ao amin' ny bokin' ny fiainana.

**Fanamarihana**

1 Dan. 12 : 1
2 Apok. 22 : 11
3 Jao. 11 : 50
4 Jer. 30 : 5 - 7
5 Apok. 3 : 10
6 Isa. 27 : 5
7 Gen. 32 : 31
8 Ezek. 14 : 20
9 Jao. 14 : 30
10 Apok. 12 : 12
11 Asa. 8 : 10
12 Mat. 24 : 24 ; 27 : 31 ; Apok. 1 : 7 ; 1Tes. 4 : 16 ,17
13 Isa. 33 : 16
14 Isa. 49 : 14 -16
15 Zak. 2 : 12
16 Isa. 28 : 21
17 Ezek. 33 : 11
18 Eks. 34 : 6 , 7 ; Nah. 1 : 7
19 Apok. 16 : 2 - 6
20 Apok. 16 : 8 , 9
21 Joela. 1 : 10 - 12 ; 17 - 20 ; Amosa. 8 : 3
22 Amosa. 8 : 11 , 12
23 Isa. 33 : 16 ; 41 : 17
24 Hab. 3 : 17 , 18
25 Sal. 121 : 5 - 7 ; 91 : 3 - 10
26 Mat. 27 : 42
27 Lio. 18 : 7 , 8
28 Sal.34: 7
29 Isa. 21 : 12
30 Isa. 21 : 11 - 16
31 Isa. 51 : 21 - 23
32 Sal.27 : 5; Isa. 26 : 20 , 21

# 40

## *Fanafahana ny vahoakan' Andriamanitra*

Rehefa esorina tsy hiaro intsony ireo izay manaja ny lalàn' Andriamanitra ny lalàn' olombelona, dia hisy amin' ny tany samihafa fihetsiketsehana miaraka mba handringanana azy ireo. Rehefa manakaiky ny fotoana voatendry ao amin' ny didy. dia hioko ny vahoaka mba hamongotra io antoko ankahalaina io. Ho tapaka fa amin' ny alina iray voatendry no hanapotehana azy, ka hangina tanteraka ny feon' ny fisaratsarahana sy ny fanomezan-tsiny. Mitalaho ny fiarovan' Andriamanitra ny vahoakany miely patrana. ny sasany any anaty ala, any an-tendrombohitra, ny sasany any an-tranomaizina, raha, indreo, manodidina azy ny fahavalony mirongo fiadiana, amporisihin' ny anjely ratsy, ka vonona hamita ilay fandringanana farany. Amin' io fotoana io, amin' ny ora farany indrindra, no hisalovanan' Andriamanitry ny Isiraely hanafaka ny olom-boafidiny. Hoy Jehovah : «Ary ny hira ataonao dia ho tahaka ny amin' ny alina fanamasinana ny andro firavoravoana; ary ny hafalian' ny fo dia ho tahaka ny olona mandeha ho any an-tendrombohitr' i Jehovah, dia any amin' ny Vatolampin' ny Isiraely. Ary Jehovah hanandratra ny feon' ny fiandrianany sy hampiseho ny fiantefan' ny sandriny amin' ny firehetan' ny fahatezerana sy ny lelafo mandevona sy ny ranonoram-baratra sy ny orana mifafy ary ny havandra vaventy» [1].

Mirohotra ho amin' ny hazany ireo olona ratsy fanahy manao andiany; mihorakoraka sahady noho ny fandresena izy, manaraby sy miteny ratsy; amin' izay indrindra no, indro. misy haizina matevina noho ny haizin' ny alina mandrakotra ny tany. Dia misy avana. mamirapiratra amin' ny voninahitra avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra, mamakivaky ny lanitra ary toa manodidina ny antokon' olona mivavaka rehetra. Tafajanona tampoka ireo vahoaka nisafoaka. Nangina teo ny antsoantsony sy ny fanarabiany. Adinony ny antony naharomotra azy tamin' ireo ho vonoina. Amin-korohoro

eo am-piandrasana izay hidona no ibanjinany ny mariky ny fanekena nataon' Andriamanitra ka maniry indrindra izy ho voaro amin' ny famirapiratany mahery indrindra.

Injay feo mazava sy kanto ren' ny vahoakan' Andriamanitra manao hoe : «Miandrandrà»; ary rehefa manandratra ny fijeriny amin' ny lanitra izy, dia tsinjony ny avan' ny teny fikasana. Misaraka ilay rahona mainty sy mampatahotra izay nanarona ny habakabaka, ary tahaka an' i Stefana, dia mampifantoka ny masony amin' ny lanitra izy ka mahita ny voninahitr' Andriamanitra sy ny Zanak' olona mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany. Hitan' izy ireo amin' ny endriky ny maha-Andriamanitra Azy ny mariky ny fanetrentenany; ary reny avy amin' ny vavany ilay fangatahana eo anatrehan' ny Ray sy ny anjely masina hoe : «Tiako mba ho any amiko amin' izay itoerako ireo izay nomenao Ahy» [2]. Dia re indray ny feo manga dia manga mitory fandresena manao hoe : «Indreo izy ! Indreo Izy! masina, tsy misy tsiny sady tsy misy loto. Nitandrina ny tenin' ny faharetako izy ireo; handeha eo afovoan' ny anjely izy» ; dia hihoraka manambara ny fandreseny ny molotra hatsatra sy mipararetran' ireo izay nifikitra tamin' ny finoany.

Amin' ny mamatonalina Andriamanitra no maneho ny heriny hanafaka ny olony. Miposaka ny masoandro mamirapiratra amin' ny heriny. Mifandimby haingana dia haingana ny famantarana sy ny fahagagana. Raiki-tahotra sy zendana ny ratsy fanahy mijery, fa ny tsara fanahy kosa mibanjina ny antoka nomena hanafahana azy amin' ny fifaliana feno fanajana. Toa miala amin' ny fizotra mahazatra azy avokoa ny zava-boahary rehetra. Mijanona tsy mikoriana ny rano. Misy rahona maizina sy mavesatra mifandona. Eo anivon' ny lanitra misafotofoto dia misy faritra mazava mamirapiratry ny voninahitra tsy hay lazaina, ary re avy ao ny feon' Andriamanitra, tahaka ny feon' ny ranobe, manao hoe : «Vita» [3].

Mihovitrovitra ny lanitra sy ny tany eo am-pandrenesana io feo io. Misy horohorontany mafy sy lehibe «izay tsy mbola nisy toy izany hatrizay nisian' ny olona tetý ambonin' ny tany. eny, tsy mbola nisy horohorontany mafy sy lehibe toy izany» [4]. Toa misokatra sy mikantona ny lanitra. Toa manelatrelatra avy ao ny voninahitra avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. Tahaka ny volotara hozongozonin' ny rivotra ny tendrombohitra, ary mipariaka ombieniombieny ny silatsilaky ny vatolampy. Misy feo mirohondrohona toy izay mialoha ny tafio-drivotra. Misafoaka ny ranomasina. Re ny fimamamaman' ny tafio-drivotra mova tsy feon' ny demonia handeha hamafy fandravana. Mivoitra sy mietry, misamboaravoara tahaka ny onjan-dranomasina, ny tany manontolo. Triatriatra ny vohon' ny tany. Toa mikoro hatramin' ny fanorenany. Milentika ny tendrombohitra mitomandavana. Voatelina ny nosy misy mponina. Ny seranan-tsambo izay nanjary tahaka an' i Sodoma noho ny haratsiantoetrany dia voasaron' ny rano misafoaka.

Tsaroana eo anatrehan' Andriamanitra i Babylona lehibe «mba homena azy ny kapoaky ny divain' ny firehetan' ny fahatezerany». «Nisy havandra vaventy, tokony ho milanja talenta iray avy», manao ny asa fandravany (Andininy 19, 21). Voaravona amin' ny tany ireo tanàna feno rehareha indrindra eto an-tany. Ireo lapa mamirapiratra izay tsy nandalan' ny olo-malaza teto amin' izao tontolo izao ny hareny ho voninahitry ny tenany, dia rava ka mirodana eo imasony. Mivava ny rindrin' ny tranomaizina, ary ny vahoakan' Andriamanitra izay nogadrana noho ny finoany dia afaka.

Misokatra ny fasana, ary «maro amin' ireo izay matory ao amin' ny vovoky ny tany no hifoha, ny sasany ho amin' ny fiainana mandrakizay ary ny sasany ho amin' ny henatra sy ny latsa mandrakizay» [5]. Ireo rehetra izay maty tao amin' ny finoana ny hafatry ny anjely fahatelo dia mivoaka avy ao am-pasana, mitafy voninahitra. mba handre ny fanekem-pihavanana ataon' Andriamanitra amin' ireo izay nitandrina ny didiny. Ireo «izay nandefona Azy» kosa (Apokalypsy 1 :7), ireo izay nanaraby an' i Kristy teo am-pialana aina sy nanao Azy ho fihomehezana, mbamin' ireo mpanohitra nahery vaika indrindra ny fahamarinana sy ny vahoakan' Andriamanitra, dia hatsangana hibanjina Azy eo amin' ny voninahiny sy hahita ny voninahitra hatafy izay nahatoky sy nankatò.

Mbola voasaron-drahona matevina ny lanitra; nefa indraindray dia managorobaka izany ny masoandro, toy ny maso famalian' i Jehovah no fijery azy. Misy helatry ny fahatezerana mihelatra avy amin' ny lanitra ka manarona ny tany amin' ny lelafo. Mafy lavitra noho ny kotro-baratra mirefodrefotra no injay feo re, mifono zava- miafina sy mampihorohoro, milaza ny hanjo ny ratsy fanahy. Tsy azon' ny rehetra ny teny voalaza; nefa mazava tsara amin' ireo mpampianatra sandoka. Ireo izay vao haingana teo no nanao vava mihoapampana, feno fireharehana sy fihantsiana sahisahy, ary nibitaka ery tamin' ny halozany tamin' ny vahoakan' Andriamanitra mitandrina ny didiny, ankehitriny kosa dia very hevitra ary mipararetry ny tahotra. Re mafy noho ny feon' ny zava-boahary ny fidradradradrany. Manaiky ny maha-Andriamanitra an' i Kristy ny demonia ka mangovitra eo anatrehan' ny heriny, ary ny olona kosa mitalaho famindrampo ka mandadilady noho ny tahotra mahatsiravina.

Hoy ny mpaminany fahiny raha nibanjina ny andron' Andriamanitra tamin' ny fahitana : «Midradradradrà ianareo, fa efa antomotra ny andron' i Jehovah, ka tahaka ny loza tsy toha avy amin' ny Tsitoha no fiaviny» [6]. Midira ao amin' ny vatolampy, ary miere ao amin' ny vovoka noho ny tahotra avy amin' i Jehovah sy ny voninahitry ny fahalehibiazany. Ny fiandranandran' ny mason' ny zanak' olombelona dia haetry, ary ny fiavonavon' ny olona hatao mitanondrika; fa Jehovah ihany no hisandratra amin' izany andro izany. Fa misy andron' i Jehovah, Tompon' ny maro, hitsarana izay avo sy ambony toetra rehetra, ary

izay misandratra rehetra, ka dia haetry ireny». «Amin' izany andro izany dia harian' ny olona ho an' ny voalavo sy ny manavy ny andriamani-bolafotsiny sy ny andriamani-bolamenany izay nataony hiankohofany eo anatrehany mba hidirany eo amin' ny fitriatry ny vatolampy sy eo an-tsefatsefaky ny harambato noho ny tahotra avy amin' i Jehovah sy ny voninahitry ny fahalehibiazany, rehefa hitsangana mampihorohoro ny tany Izy» [7].

Misy misinda kely eo amin' ny rahona ka ahitana kintana iray mamiratra avy efatra heny raha mitaha amin' ny haizina. Milaza fanantenana sy fifaliana ho an' ny olona mahatoky izany. fa mitory fahatezerana sy fahavinirana kosa amin' ny mpandika ny lalàn' Andriamanitra. Ireo izay nahafoy ny zavatra rehetra noho i Kristy dia eo amin' ny toerana azo antoka ankehitriny, voafina ao amin' ny fieren' i Jehovah izy. Efa nosedraina izy, ary teo anatrehan' izao tontolo izao sy teo anatrehan' ireo mpanamavo ny fahamarinana dia nampiharihary ny fijoroany ho an' Ilay efa maty nisolo aza. Misy fiovana mahagaga tonga amin' ireo izay nijoro ho mahatoky na dia teo anoloan' ny fahafatesana aza. Afaka tampoka tamin' ny fanjakazakana jamba sy mahatsiravina nafitsoky ny olon-doza toa demonia izy. Ny endriny izay hatsatra. nitory tebiteby sy harerahana vao vetivety teo. ankehitriny dia mamirapiratry ny fahagagana. ny finoana sy ny fitiavana. Manandratra ny feony hanao hiram-pandresena izy hoe : «Andriamanitra no aro sy hery ho antsika; Mpamonjy mora azo indrindra amin' ny fahoriana Izy. Koa izany no tsy hatahorantsika, na dia ho levona aza ny tany. na mifindra ho ao anatin' ny ranomasina aza ny tendrombohitra. na mirohondrohona sy misamboaravoara aza ny onjany. ka mihorohoro ny tendrombohitra noho ny fisafoakany» [8].

Raha miakatra ho any amin' Andriamanitra ireo teny milaza fahatokiana masina ireo. dia misinda ny rahona ary miseho ny lanitra feno kintana, heniboninahitra tsy hay lazaina raha ampitahaina amin' ny habakabaka mainty sy mitory havinirana eo andaniny roa. Mitosaka avy eo amin' ny vavahady midanadana ny voninahitr' ilay tanànan' ny lanitra. Amin' izay dia misy tanana miseho eny amin' ny lanitra mitana vato fisaka roa voakombona. Hoy ny mpaminany : «Hasehon' ny lanitra ny fahamarinany, fa Andriamanitra no Mpitsara» [9]. Io lalàna masina io, izay fahamarinan' Andriamanitra, ilay nomena ho mpitarika ny fiainana tao Sinay tao anatin' ny kotrokorana sy ny lelafo, no aseho amin' ny olona ankehitriny ho fitsipiky ny fitsarana. Sokafan' ilay tanana ny vato fisaka, ary hita eo ny lalàn' ny Didy Folo, voasikotra toy ny tamin' ny penina afo. Mazava indrindra ny teny ka azon' ny rehetra vakina. Mifoha ny fitadidiana, voaroaka tsy ho ao an-tsain' ny rehetra ny haizin' ny finoanoam: poana sy ny hevi-diso, ary hitan' ny mponina rehetra eto an-tany ny Didy Folo nomen' Andriamanitra, hentitra, mahafaoka be, ary feno fahefana.

Tsy hay lazaina ny horohoro sy ny famoizam-pon' ireo izay nanitsakitsaka ny didy masina nataon' Andriamanitra hotandremana. Nomen' i Jehovah azy ny lalàny; ho azony natao ny nampitaha ny toetrany taminy ka ho nahafantatra ny kilemany raha mbola nisy fotoana mety azo nibebahana sy niovana; nefa mba ahazoany ny fankasitrahan' izao tontolo izao, dia notsipahiny ny fotokevitr' ireo didy ireo ary nampianariny handika izany ny hafa. Niezaka ny hanery ny vahoakan' Andriamanitra hanitsakitsaka ny Sabatan' i Jehovah izy. Ankehitriny izy dia voahelok' ilay lalàna nohamavoiny. Hitany amin' ny fomba mahatahotra sy mazava loatra fa tsy misy fialan-tsiny ho azy. Efa nifidy izay hotompoiny sy hivavahany izy. «Ka dia ho hitanareo indray ny tsi-fitovian' ny marina sy ny meloka, dia ny manompo an' Andriamanitra sy ny tsy manompo Azy» [10].

Manana fahitana vaovao ny amin' ny fahamarinana sy ny adidiny izao ireo fahavalon' ny lalàn' Andriamanitra, manomboka amin' ny mpitondra fivavahana ka hatramin' ny madinika indrindra eo aminy. Diso aoriana loatra ny ahitany fa ny Sabatan' ny didy fahefatra no tombokasen' Andriamanitra velona. Diso aoriana loatra ny ahitany ny tena toetry ny sabata sandoka narahiny sy ny nanorenany ny fiainany teo ambonin' ny fasika. Hitany fa niady tamin' Andriamanitra izy. Nitarika ny fanahy ho amin' ny fahaverezana ireo mpampianatra ara-pivavahana, nefa nilaza ho nitarika azy ho any amin' ny vavahadin' ny Paradisa. Raha tsy any amin' ny andro fampamoahana farany dia tsy ho fantatra ny halehiben' ny andraikitry ny olona manao ny asa masin' Andriamanitra sy ny zava-doza vokatry ny tsy fahatokiana. Any amin' ny mandrakizay ihany vao ho fantatsika tsara ny fatiantoka ny amin' ny fahaverezan' ny fanahy iray. Mampatahotra ny loza hihatra amin' izay hilazan' Andriamanitra hoe : Mialà amiko, ianao, mpanompo ratsy fanahy.

Re avy any an-danitra ny feon' Andriamanitra manambara ny andro sy ny ora hiavian' i Jesosy sy milaza ny fanekena mandrakizay amin' ny vahoakany. Tahaka ny firiatry ny kotro-baratra faran' izay' mafy no firohondrohon' ny feony mamakivaky ny tany. Mijoro mihaino ny Isiraelin' Andriamanitra sady miandrandra ny lanitra. Hazavain' ny voninahitr' Andriamanitra ny endriny ary mamirapiratra tahaka ny tavan' i Mosesy raha nidina avy tany Sinay izy. Tsy nahatanty ny hijery azy ireo ny ratsy fanahy. Ary rehefa tononina amin' ireo izay nanome voninahitra an' Andriamanitra tamin' ny nitandremany ny Sabatany ho masina ny fitahiana, dia misy antsompandresena manakoako mafy.

Vetivety dia, indro, miseho eny atsinanana rahona kely mainty, tokony ho antsasaky ny felatanana no habeny. Iny dia iny ilay rahona manodidina ny Mpamonjy, izay toa voahodidin' ny haizina noho ny fahalavirany. Fantatry ny vahoakan' Andriamanitra fa io no famantarana ny Zanak' olona. Mangina sy feno fanajana izy raha mijery an' izany miha-manatona

ny tany, mitombo hazavana sy voninahitra, mandra-pahatongany ho rahona fotsy lehibe, ny fanambaniny misy voninahitra toy ny afo mandevona, ary eo amboniny ny avan' ny fanekena. Mitaingina soavaly toy ny mpandresy i Jesosy. Tsy «Lehilahy ory», misotro ny kapoaka mangidin' ny henatra sy ny latsa Izy ankehitriny, fa tonga amin' ny maha-mpandresy any an-danitra sy ety an-tany Azy, hitsara ny velona sy ny maty. «Mahatoky sy marina» Izy, «ary amin' ny fahamarinana no itsarany sy iadiany». Ary «ny antokon' ny miaramila any an-danitra» (Apokalypsy 19 : 11, 14) dia manaraka Azy. Amin' ny antema sy ny hiran' ny lanitra no anotronan' ireo anjely masina, andiany marobe tsy hita isa, Azy. Toa feno endrika mamirapiratra — «alinalina sy arivoarivo» — ny habakabaka. Tsy hain' ny penina tantaraina izany fisehoan-javatra izany; tsy misy sain' olombelona mahatakatra ny famirapiratany. «Manarona ny lanitra ny voninahiny, ary manenika ny tany ny fiderana Azy. Misy famirapiratana toy ny mazava» [11]. Arakaraka ny anatonan' ilay rahona velona no ibanjinan' ny maso rehetra Ilay Andrianan' ny fiainana. Tsy misy satro-tsilo intsony mandrotidrotika ny lohany masina izao; fa diademam-boninahitra no' eo amin' ny handriny masina. Mihoatra noho ny fanjelanjelatry ny masoandro mamiratra amin' ny mitataovovonana ny endriny. «Ary manana anarana voasoratra amin' ny lambany sy ny feny Izy manao hoe : «Mpanjakan' ny mpanjaka sy Tompon' ny tompo» [12].

«Ary ny tarehy rehetra dia tonga hatsatra avokoa» eo anatrehany, ary ianjadian' ny tahotry ny famoizam-po mandrakizay ireo nitsipaka ny famindrampon' Andriamanitra. «Kivy ny fo, miady ny lohalika. . . mivaloarika ny tarehy rehetra» [13]. Mitaraina sady mangovitra ny tsara fanahy : «Iza no hahajanona?» Miato ny hiran' ny anjely, ary misy fanginana mampihorohoro. Dia re ny feon' i Jesosy manao hoe : «Ampy ho anao ny fahasoavako». Mihiratra ny endriky ny tsara fanahy, ary mameno ny fo rehetra ny fifaliana. Manakoako ny feon' ny anjely ary mitohy ny hirany raha mbola manatona ny tany izy.

Midina eny amin' ny rahona ny Mpanjaka, voahodidin' ny lelafo midedadeda. Lasa tahaka ny taratasy voahorona ny lanitra, mangovitra eo anatrehany ny tany, ary «mifindra miala amin' ny toerany ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra». «Avy Andriamanitsika ka tsy hangina; afo no mandevona eo alohany, ary tafio-drivotra mahery no manodidina Azy. Miantso ny lanitra any ambony Izy, sy ny tany koa, mba hitsarany ny olony» [14].

«Ary ny mpanjakan' ny tany sy ny lehibe sy ny mpifehy arivo sy ny mpanankarena sy ny lehilahy mahery mbamin' ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra dia niery tao anatin' ny lavaka sy tao amin' ny vatolampy eny an-tendrombohitra; ary hoy izy tamin' ny tendrombohitra sy ny vatolampy : Mianjerà aminay ka afeno izahay amin' ny tavan' Ilay mipetraka eo ambonin'

ny seza fiandrianana sy amin' ny fahatezeran' ny Zanak' ondry, fa tonga ny andro lehiben' ny fahatezeran' ireo, ka iza no mahajanona ?» [15].

Nitsahatra ny esoeso sy ny fanarabiana. Sina tsy mahateny ireo molotra mandainga. Tsy re intsony «ny kiraron' izay mitrevatreva fandeha eo amin' ny fihorakorahan' ny ady sy ny fitafiana mihosindra» (Isaia 9 : 4). Tsy misy re afa-tsy ny tonom-bavaka sy ny feo mitomany ary ny toreo. Mivoaka avy amin' ny molotra vao avy naneso fatratra teo ny antsoantso manao hoe : «Tonga ny andro lehiben' ny fahatezeran' ireo. ka iza no mahajanona?» Mangataka ny hosaronana ao ambanin' ny vatolampy amin' ny tendrombohitra ny ratsy fanahy fa tsy te-hifanatri-tava amin' Ilay nohamavoiny sy nolaviny.

Fantany ilay feo izay tafapaka hatrany amin' ny sofin' ny maty, Impiry moa no efa niantso azy ho amin' ny fibebahana sy nitalaho taminy io feo mamy io! Impiry moa no efa reny tamin' ny alalan' ny fiangaviana mampihetsi-po nataon' ny sakaiza, ny rahalahy, ny Mpanavotra! Ho an' ireo mpandà ny fahasoavany dia tsy misy feo feno fanamelohana kokoa, feo mavesatry ny fiampangana, noho io feo nitaraina ela taminy hoe: «Mialà. mialà amin' ny lalan-dratsinareo, fa nahoana moa no te ho faty ianareo?» [16]Indrisy ! raha mba toa feon' olon-tsy fantany aza izany ! Hoy Jesosy : «Satria efa niantso Aho, fa nandà ianareo; efa naninjitra ny tanako Aho. fa tsy nisy nitandrina; fa nolavinareo ny saina rehetra natolotra, sady tsy nety nanaiky ny anatro ianareo» [17]. Mampifoha ny fitadidiana izay tiany hokosehina io feo io — dia ireo fampitandremana natao tsinontsinona, ireo fanasana nolavina, ireo tombon-tsoa natao an-tsirambina.

Indreo izay nanevateva an' i Kristy raha tao amin' ny fietreny Izy. Amin-kery mampangitakitaka no hiverenan' ny tenin' Ilay nijaly fahizay ao an-tsainy, raha nampianianin' ny mpisoronabe Izy ka namaly tamin' ny fomba manetriketrika hoe : «Hatramin' izao dia ho hitanareo ny Zanak' olona mipetraka eo amin' ny tànana ankavanan' 1 5 Apok. 6 : ny Hery sy avy eo amin' ny rahon' ny lanitra» [18]Izao izy ireo dia mibanjina Azy amin' ny voninahiny, ary mbola hahita Azy mipetraka eo amin' ny tanana ankavanan' ny Hery.

Sina ankehitriny ireo izay naniratsira ny filazan' i Jesosy ny tenany ho Zanak' Andriamanitra. Indro eo 1 Heroda miavonavona izay naneso ny maha-Mpanjaka an' i Jesosy ka nibaiko ireo miaramila mpanazimbazimba hanisy satroboninahitra maha-mpanjaka Azy teo an-dohany. Indreo ireo olona nampiakanjo Azy akanjo jaky ho fanevatevana Ilay Masina sy nametraka satroboninahitra tsilo teo amin' ny handriny masina, ary teo amin' ny tanany izay tsy nandà izany, ny sarintsarin-tehim-panjakana sady niankohoka teo anatrehany tamin' ny fanesoesoana feno fitenenan-dratsy an' Andriamanitra. Indreo ireo olona izay nikapoka sy nandrora ny Andrianan' ny fiainana, izao dia mihodina tsy hahita ny fijeriny maranitra ka mitady

izay handosirana ny voninahitra mahery indrindran' ny fanatrehany. Indreo izay namantsika ny tanana aman-tongony, ilay miaramila izay nandefona ny lanivoany, feno tahotra sy nenina raha mahita ny holatry ny ratra nataony.

Mitamberina ao an-tsain' ny mpisorona sy ny loholona amin' ny fomba mazava loatra sy mampahory ireo toe-javatra teo Kalvary. Amimpangovitana no ahatsiarovany ny nitenenany, nanifikifi-doha teo ambanin' ny fitarihan' ny devoly, nanao hoe : «Ny sasany novonjeny. fa ny tenany tsy hainy vonjena ! Mpanjakan' Isiraely Izy, aoka hidina hiala amin' ny hazo fijaliana Izy ankehitriny, dia hino Azy izahay. Natoky an' Andriamanitra Izy; aoka Izy hamonjy Azy ankehitriny, raha ankasitrahany Izy» [19].

Tadidin' izy ireo tsara ny fanoharana nataon' ny Mpamonjy momba ny mpiasa tanimboaloboka izay nandà ny hamerina amin' ny tompony ny vokatry ny tanimboalobony, ka nampahory ny mpanompony sy namono ny zanany. Tsaroany koa ny didim-pitsarana izay navoakan' ny tenany ihany hoe : «Hataon' ny tompon' ny tanimboaloboka loza tokoa ny handringanany izany olon-doza izany». Tsinjon' ny mpisorona sy ny loholona teo amin' ny fahotana sy ny famaizana an' ireo olona tsy nahatoky ireo ny fihetsiky ny tenany sy ny anjara sahaza azy. Ary injany antso mitory fangirifiriana mihatra aman' aina. Mafy noho ny antsoantso hoe : «Homboy ! Homboy ! » izay nanakoako eran' ny lalamben' i Jerosalema, dia injao fikiakiakin' ny fadiranovana efa ho faty, milaza tahotra sy famoizam-po manao hoe : «Ity tokoa ny Zanak' Andriamanitra ! Ity no tena Mesia !» Mitady izay handosirany tsy ho eo anatrehan' ny Mpanjakan' ny mpanjaka izy ; any amin' ny zohy lalina anatin' ny tany triatriatra noho ny fikorontanan' ny hery ao amin' ny zavaboary, no tadiaviny hiafenana. Tsy misy vokany anefa izany.

Eo amin' ny fiainan' izay rehetra mandà ny fahamarinana dia misy fotoana ifohazan'ny feon' ny fieritreretana, rehefa mitamberina amin' ny fitadidiana ny fahatsiarovana mampahorin' ny fiainampihatsarambelatsihy ka torovan' ny nenina tsy misy antony ny fanahy. Nefa inona moa izany raha ampitahaina amin' ny nenina bevava amin' io andro io rehefa «manjo anareo ny fahoriana sy ny fangirifiriana», rehefa «tonga ny fandringanana anareo toy ny tadio» ! [20]Izay naniry hamono an' i Kristy sy ny vahoakany mahatoky dia, indreo, manatri-maso ny voninahitra mitoetra eo amin' izy ireo. Ao anatin' ny horohoro manjo azy dia reny ny feon' ny olomasina manao hobim-pifaliana hoe : «Indro, Andriamanitsika Izay nandrasantsika hamonjy antsika !» [21]

Mivembena ny tany, mitsoriadriaka ny helatra, mirefodrefotra ny varatra, ary re ny feon' ny Zanak' Andriamanitra miantso hifoha ny olo-masina matory. Mijery ny fasan' ny marina izy ka manandratra ny tanany ho amin' ny lanitra, ary miantso hoe : «Mifohaza, mifohaza, mifohaza ianareo izay matory ao amin' ny vovoka, ary mitsangàna!» Eran' ny vazan-tany rehetra no handrenesan' ny

maty io feo io, ary izay mandre dia ho velona. Koa dia ho re eran' ny tany ny fikatrokatroky ny tafika faran' izay lehibe avy amin' ny firenena rehetra, ny fokom-pirenena, ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra. Mivoaka avy amin' ny tranomaizin' ny fahafatesana izy ireny, mitafy voninahitra mandrakizay, ary miantso hoe : «Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana o, aiza ny ny fanindronanao?» [22]Ampiraisin' ny marina velona sy ny olo-masina nitsangana tamin' ny maty ny feony manao hobim-pifaliana sy fandresena.

Izay rehetra mivoaka ny fasana dia mitovy tsanganana tamin' ny fony izy ireo niditra tao am-pasana. Adama izay mijoro miaraka amin' ny vahoaka nitsangana tamin' ny maty, dia ranjanana sy miendrik' andriana, nefa ho fohy kely kokoa noho ny Zanak' Andriamanitra. Manaitra ny fahasamihafany amin' ny olona amin' ny taranaka atý aoriana; ary izany dia ahitana ny fitotonganana lehibe teo amin' ny taranaka. Nefa samy mitsangana amin' ny hery sy ny tanjaky ny fahatanorana mandrakizay izy rehetra. Tamin' ny voalohany ny olona dia noforonina hanam-pitoviana amin' Andriamanitra, tsy teo amin' ny toetra amam-panahy ihany fa teo amin' ny bika aman' endrika koa. Nanova ny endrik' Andriamanitra teo amin' ny olona ny fahotana ary saiky nikosoka ny endrik' Andriamanitra; nefa tonga Kristy hamerina indray izay efa very. Hanova ny tenan' ity fietrena ity hitovy amin' ny tenan' ny voninahiny Izy. Ny endrika mety maty, mety lo, tsy maha-te-ho-tia, efa voaloton' ny fahotana teo aloha, dia manjary tonga lafatra, kanto ary tsy mety maty. Navela tao am-pasana ny kilema sy ny sampontsampona rehetra. Tafaverina eo amin' ny hazon' aina tao amin' i Edena efa very ela ireo navotana ka «hitombo» (Malakia 3 : 20), hanana bika aman' endrika feno teo amin' ny voninahiny tany am-boalohany. Ho afaka ny taratra farany navelan' ny ozon' ny fahotana, ka hitaratra ny fahatsaran-tarehin' ny Tompo Andriamanitsika ireo nahatoky tamin' i Kristy, eo amin' ny saina sy ny fanahy ary ny tenany izay mampiseho ny fahatanterahan' ny endriky ny Tompo. Endrey! fanavotana mahagaga! efa natao ambetin-dresaka hatry ny ela, nantenaina, nobanjinina mialoha tamin-kafanampo dodona, nefa tsy mbola nazava tamin' ny fomba feno mihitsy.

Vetivety toy ny indray mipi-maso no hanovana ny marina mbola velona. Nomem-boninahitra izy tamin' ny fandrenesana ny feon' Andriamanitra; ary ankehitriny dia atao tsy mety maty intsony izy ary entina hitsena ny Tompo eny amin' ny habakabaka miaraka amin' ny olo-masina natsangana tamin' ny maty. Angonin' ny anjely avy amin' ny vazan-tany efatra ireo olom-boafidin' Andriamanitra. Entin' ny anjely masina ho eny an-trotroan-dreniny ny zanany madinika. Tafaray ny mpisakaiza nosarahin' ny fahafatesana ela, tsy hisaraka intsony, ary mandredona hiram-pifaliana izy ireo raha miara-miakatra ho any amin' ny tanànan' Andriamanitra.

Eo amin' ny andaniny roa amin' ny kalesy rahona dia misy elatra, ary ambanin' izany dia misy kodiarana velona; rehefa miakatra ny kalesy dia

miteny ny kodiarana hoe : «Masina», ary miantso ny elatra, arakaraka ny androsoany hoe : «Masina, masina, masina Jehovah Tompo Mahery Tsitoha». Ary ny voavotra dia mihoby hoe : «Haleloia!» raha mandroso miakatra ho any Jerosalema Vaovao.

Alohan' ny hidirany ny Tanànan' Andriamanitra. dia atolotry ny Mpamonjy amin' ny mpanaraka Azy ny fanevan' ny fandresena ary ravahany amin' ny famantarana ny maha-mpanjaka azy ireo. Manao efamira manodidina ny Mpanjakany izay avo ranjanana noho ny olo-masina sy ny anjely rehetra sady manana endrika mandefa taratry ny fitiavana sy ny fahalemem-panahy aminy ireo laharana mamirapiratra. Ny fijerin' ireo tafika tsy hita isan' ny voavotra dia mifantoka Aminy, ny maso rehetra dia mibanjina ny voninahitr' Ilay manana «tarehy simba ka hoatra ny tsy tarehin' olombelona akory». Ny tanana ankavanan' i Jesosy mihitsy no mametraka ny satroboninahitra eo amin' ny lohan' ny mpandresy. Misy satroboninahitra ho an' ny tsirairay, voasoratra eo ny «anarany vaovao» (Apokalypsy 2 : 17) sy ny hoe : «Masina ho an' i Jehovah». Tolorana ny sampandrofian' ny mpandresy ny tanana tsirairay sy lokanga mamirapiratra. Amin' izay, rehefa manentana ny mozika ireo anjely mpibaiko, dia samy mitendry ny lokangany amim-pahakingana ny tanana rehetra, ka mamoaka feon-kira manga, milanto sy mirindra. Misy haravoana tsy hay lazaina mampientanentana ny fo rehetra, ary ny feo rehetra tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin' ny fahotantsika tamin' ny rany, sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an' Andriamanitra Rainy, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay !» [23]

Manoloana ny vahoaka marobe voavonjy ny Tanàna Masina. Vohain' i Jesosy midanadana ny varavarana perila; ka miditra ny firenena izay nitandrina ny fahamarinanana. Eo izy no mibanjina ny Paradisan' Andriamanitra, ny fonenan' i Adama teo amin' ny tsy fananany tsiny. Re indray ilay feo kanto noho ny feon-kira tsy mbola ren' ny sofin' olombelona hatrizay hatrizay manao hoe : «Mifarana ny adinareo». «Avia ianareo izay notahin' ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao».

Tanteraka izao ny vavaka nataon' ny Mpamonjy ho an' ny mpianany hoe : «Tiako ho any amiko any amin' izay hitoeraka ireo izay nomenao Ahy». «Tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana» (Joda 24). no anoloran' i Kristy amin' ny Rainy ireo izay novidiny tamin' ny rany. ka hoy Izy hoe : «Indreto izaho sy ny zaza izay nomenao ahy». «Nitahiry izay nomenao Ahy Aho». Mahagaga loatra ilay fitiavana manavotra! Endrey izany haravoana! Ho hitan' ny Ray eny amin' ny voavotra indray ilay endriny, voafafa ny soritry ny fahotana sy ny fahalotoana! Efa mifandrindra indray amin' Andriamanitra ny maha-olombelona!

Fitiavana tsy hay ambara no andraisan' i Jesosy ireo olona mahatoky Azy hiditra amin' ny fifalian' ny Tompony. Ny fifalian' ny Mpamonjy dia ny mahita ireo fanahy voavonjy noho ny fahoriampanahiny sy ny fietreny tody soa amin' ny fanjakan' ny voninahitra. Ary hanana anjara amin' ny fifaliany ny voavotra eo am-pibanjinana ireo olon-tsambatra voavonjy noho ny asany sy ny fivavahany ary ny fandavan-tenany nentanim-pitiavana. Rehefa tafavory manodidina ilay seza fiandrianana lehibe fotsy mangatsakatsaka izy ireo, dia misy fifaliana tsy azo tononina mameno ny fony, eo am-pijerena ireo voataonany ho an' i Kristy ka mahita fa ny anankiray dia nahazo olona hafa, ary ireo kosa nahazo hafa indray, samy tonga amin' ny seranan' ny fiadanana, mametraka eo an-tongotr' i Jesosy ny satroboninahiny izy ka midera Azy mandritra ny andro mifandimby mandrakizay mandrakizay.

Rehefa raisina eo amin' ny tanànan' Andriamanitra ny voavotra, dia manakoako manerana ny lanitra ny antsom-piderana feno hafaliana. Efa madiva hihaona ireo Adama roa. Mijoro ny Zanak' Andriamanitra, manatsotra ny tanany handray ny rain' ny taranak' olombelona ilay nohariany nefa nanota tamin' ny Mpanao Azy, ary noho ny fahotana nataony no nitondran' ny tenan' ny Mpamonjy ny holatry ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana. Rehefa hitan' i Adama ny marika navelan' ireo fantsika lozabe, dia tsy hiantoraka eo an-tratran' ny Tompony izy, fa hietry ka hiankohoka eo an-tongony, manao hoe : «Mendrika, mendrika ny Zanak' ondry izay voavono!» Hatsangan' ny Mpamonjy amim-pitiavana izy ary asainy mibanjina indray ilay fonenany tao Edena izay nilaozany nandritra ny fotoana elabe.

Rehefa voaroaka niala tao Edena i Adama, dia feno fahoriana ny fiainany teto an-tany. Ny ravina nalazo rehetra, ny biby rehetra novonoina ho fanatitra, ny fahasimbana rehetra teo amin' ny endrika kanton' ny zava-boahary, ny pentina rehetra teo amin' ny fahadiovan' ny olona, dia samy nampahatsiaro azy hatrany ny fahotany. Mafy tokoa ny nenina nanetoketoka azy rehefa nijery ny fitomboan' ny ratsy izy, ary nigoka ny ngidiny noho ny fahatsiarovany tena ho fototra niavian' ny fahotana. Tamim-panetren-tena sy tamimpaharetana no nizakany, saiky nandritra ny arivo taona, ny sazin' ny fandikan-dalàna. Nibebaka marina ny amin' ny fahotany izy sady natoky ny fahamendrehan' Ilay Mpamonjy nampanantenaina, ka maty teo amin' ny fanantenana ny fitsanganana amin' ny maty. Ny Zanak' Andriamanitra no nanavotra ny fahadisoana sy ny fahalavoan' ny olona; ary ankehitriny, tamin' ny alalan' ny asa fanavotana. dia tafaverina eo amin' ny fanjakany voalohany Adama.

Dibo-kafaliana izy raha mijery ireo hazo izay nahitany fahafinaretana fahiny — dia ireo hazo izay izy mihitsy no nioty ny voany tamin' ny andro tsy nananany tsiny sy nahafeno haravoana azy. Hitany ny voaloboka izay nokarakarain' ny tanany. ny voninkazo izay nokolokoloiny tamim-pitiavana. Takatry ny sainy ny zava-misy manoloana azy; mazava aminy izao fa i Edena

tokoa no, indro, fa tafaverina indray ary maha-te-ho-tia lavitra amin' izao fotoana izao noho ny tamin' ny fony nandroahana azy. Mitarika azy ho eo amin' ny hazon' aina ny Mpamonjy, dia mioty ihy voankazo be voninahitra ary mandidy azy hihinana. Mijery manodidina azy i Adama ka mahita ireo marobe voavotra avy amin' ny ankohonany, mitsangana ao amin' ny Paradisan' Andriamanitra. Rehefa izany dia atsipiny eo an-tongotr' i Jesosy ny satroboninahiny mamirapiratra, dia miantoraka eo antratran' ny Mpanavotra izy ka mamihina Azy. Tendreny ny lokanga volamena ary manakoako eran' ny lanitra ny hiram-pandresena : «Mendrika, mendrika, mendrika ny Zanak' ondry Izay novonoina, ary velona indray !» Manaraka ny hira ny fianakavian' i Adama ary manipy ny satroboninahiny eo an-tongotry ny Mpamonjy sady miankohoka eo anatrehany ho fanajana Azy.

Manatri-maso io fivoriana io ny anjely izay nitomany tamin' ny nahalavoan' i Adama ary niravoravo rehefa niakatra ho any an-danitra i Jesosy, taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty, ka nanokatra ny fasana ho an' izay rehetra mino ny anarany. Izao izy ireo dia mibanjina ny asa fanavotana efa vita, ka mampiray ny feony amin' ny hiram-piderana.

Eo amin' ny ranomasina manganohano tahaka ny vato kristaly eo anoloan' ny seza fiandrianana, dia ilay ranomasina fitaratra miharo afo — mamirapiratra indrindra noho ny voninahitr' Andriamanitra no ivorian' ireo olona marobe «nandresy ny bibi-dia sy ny sariny ary ny isan' ny anarany». Miaraka amin' ny Zanak' ondry eo amin' ny tendrombohitr' i Ziona, «manana ny lokangan' Andriamanitra», no mitsangana ireo efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy navotana avy tamin' ny olona; ary injany re «ny feon' ny mpitendry lokanga mitendry ny lokangany», «tahaka ny firohondrohon' ny rano be sy tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy». Ary «mihira toa tononkira vaovao eo anoloan' ny seza fiandrianana . . . izy», dia hira izay tsy misy olona afaka mianatra izany afa-tsy ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy. Hiran' i Mosesy sy ny Zanak' ondry izany, — dia hiram-pahafahana. Tsy misy afa-tsy ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy no afaka mianatra io hira io; satria hira avy amin' ny fanandramana nataony izany, fanandramana izay tsy mbola nananan' ny antokon' olona hafa na oviana na oviana. «Ireo no manaraka ny Zanak' ondry na aiza na aiza no alehany». Ireo izay nafindra avy amin' ny velona, dia isaina ho «voaloham-bokatra ho an' Andriamanitra sy ho an' ny Zanak' ondry» [24]. «Ireo no avy tamin' ny fahoriana lehibe» ; nandalo tamin' ny «andro fahoriana izay tsy mbola nisy tahaka azy hatrizay nisian' ny firenena»; niaritra ny tebiteby tamin' ny andro fahorian' i Jakoba; nijoro tsy nanana mpanelanelana izy nandritra ny fotoana nampiharan' Andriamanitra ny fitsarany farany. Afaka anefa izy izao satria «ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin' ny ran' ny Zanak' ondry». «Ary tsy nisy lainga hita teo am-bavany, sady tsy nanan-tsiny izy». «Ary noho

izany dia mitoetra eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra izy ka manompo Azy andro aman' alina eo amin' ny tempoliny; ary Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana dia hamelatra ny tranolainy handrakotra azy». Efa nahita ny tany ravan' ny mosary sy ny areti-mandringana izy ireo, nahita ny masoandro nanan-kery handoro ny olona tamin' ny hafanana be, ary efa niaritra fahoriana, hanoanana sy hetaheta. Nefa «tsy ho noana na hangetaheta intsony ireo, ary tsy haninona azy ny masoandro na izay hafanana akory. Fa ny Zanak' ondry Izay eo afovoan' ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy ka hitondra azy ho amin' ny loharanon' ny ranon' aina; ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin' ny masony» [25].

Tamin' ny andro rehetra dia ny sekolin' ny fitsapana no nanabeazana sy nitaizana ireo voafidin' ny Mpamonjy. Nandeha teo amin' ny lalana ety tety an-tany izy; nodiovina tao amin' ny memin' ny fahoriana izy. Noho ny amin' i Jesosy dia niaritra fanoherana. fankahalana, fitenenan-dratsy izy. Nanaraka azy tamin' ny adiny sy ny fahoriany izy; niaritra fahafoizan-tena sy nanandrana fahadisoampanantenana mangidy izy. Ny fanandramana maharary niainany no nahalalany ny faharatsian' ny fahotana, ny heriny, ny heloka avy amin' izany, ny fahoriana avy aminy; ary maharikoriko azy ny mijery izany. Ny fahatsapany ny sorona tsy misy fetra natao hanasitranana izany dia mampanetry tena azy eo imason' ny tenany ihany ka mameno ny fony amin' ny fisaorana sy ny fankalazana izay tsy mety ho fantatr' izay tsy mbola lavo mihitsy. Be izao ny fitiavany satria navela ny helony be. Efa nandray anjara tamin' ny fahorian' i Kristy izy ka afaka handray anjara amin' ny voninahiny koa.

Nivoaka avy tamin' ny toerana tsizarizary, maloto sy mamofona, ireo mpandova an' Andriamanitra, avy tamin' ny tranomaizina, avy tamin' ny lampihazo fanapahan-doha, avy tany an-tendrombohitra sy efitra mangadihady, avy tao anaty zohy sy ny lavaka tsy hita noanoan' ny ranomasina. Raha teto an-tany izy dia «lao, ory, fadiranovana». An-tapitrisany no nidina tany am-pasana novesarana fahafaham-baraka satria nijoro tsy azo nohozongozonina tamin' ny fandavana ny teny fitaka nataon' i Satana. Nomelohin' ny fitsaran' olombelona ho mpanao heloka bevava mahatsiravina indrindra izy. Ankehitriny kosa anefa dia «Andriamanitra no Mpitsara» [26]. Mitsimbadika ankehitriny ny fanapahan-kevitry ny tany : «Hanafa-tondromaso ny olony eny amin' ny tany rehetra» Izy.[27] «Ary ireny hotononina hoe Firenena Masina, dia olona navotan' i Jehovah». «Hanome azy hamama ho solon' ny lavenona (Izy), sy diloilo fifaliana ho solon' ny fahalahelovina, ary fitafiana fiderana ho solon' ny fanahy reradreraka» [28]. Tsy malemy sy voim-pahoriana sy voaely sy atao tsindrihazolena intsony izy. Hatramin' izao dia hiara-dia mandrakariva amin' ny Tompo izy. Mitsangana eo anoloan' ny seza fiandrianana. mitafy fitafiana sarobidy noho izay efa nanaovan' ny olona

nohajaina indrindra teto an-tany izy. Misatroka satroboninahitra misy diadema be voninahitra noho izay efa napetraka teo amin' ny handrin' ny mpanjaka teto an-tany izy. Nifarana ho mandrakizay ny andro nijaliana sy nitomaniana. Nofafan' ny Mpanjakan' ny voninahitra ny ranomaso tamin' ny tava rehetra; afaka izay rehetra nahatonga fahalahelovana. Eo anivon' ny sampan-drofia mihevaheva izy ireo no manandratra hiram-piderana, mazava, milanto sy mirindra; miray avokoa ny feo rehetra, mameno ny lanitra manontolo amin' ny hira hoe : «Ny famonjena anie ho an' Andriamanitra, Izay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana sy ho an' ny Zanak' ondry». Ho setrin' izany dia mamaly ny mponina rehetra any an-danitra hoe : «Amena! Ny saotra sy ny voninahitra sy ny fahendrena sy ny fisaorana sy ny haja sy ny hery ary ny faherezana anie ho an' Andriamanitsika mandrakizay» [29].

Eto amin' ity fiainana ity dia vao manomboka mahafantatra ihany io laha-kevitra momba ny fanavotana io isika. Ny saintsika voafetra dia mety handalina amim-pahazotoana fatratra ny momba ny fahafaham-baraka sy ny voninahitra. ny fiainana sy ny fahafatesana, ny fahamarinana sy ny famindrampo izay nihaona teo amin' ny hazo fijaliana; nefa ny ezaka mafy indrindra ataontsika amin' ny herintsika ara-tsaina dia tsy ahatakarantsika ny tena velarany. Manjavozavo ihany ny fanombanantsika ny lavany sy ny sakany, ny halaliny sy ny haavon' ny fitiavana nanavotana antsika. Tsy takatra hosaintsainina tanteraka ny drafitry ny fanavotana, eny, na dia rehefa hahita toy ny nahitana azy aza ny voavotra ary hahafantatra toy ny nahafantarana azy; nefa mandritra ny mandrakizay dia hisy fahamarinana vaovao mandrakariva haseho izay hampitolagaga sy haharavoravo ny saina. Na dia tapitra aza ny alahelo sy ny fahoriana ary ny fakam-panahy mpanjo ety an-tany ka afaka ny nahatonga izany, dia hahita amin' ny fomba mazava sy hendry kosa ny tombambidin' ny famonjena azy ny vahoakan' Andriamanitra.

Ny hazo fijalian' i Kristy no ho fianarana sy ho anton-kiran' ny voavotra mandritra ny mandrakizay manontolo. Ao amin' i Kristy omem-boninahitra no hibanjinany an' i Kristy voahombo. Tsy hohadinoina na oviana na oviana fa Ilay manan-kery namoronana sy ihazonana an' ireo izao tontolo izao tsy hita isa manerana ny velarana tsy manam-petry ny habakabaka, Ilay Malalan' Andriamanitra, Ilay Mpanjakan' ny lanitra, Ilay tian' ny kerobima sy ny serafima mamirapiratra iankohofana — dia nietry mba hanandratra ny olombelona lavo; nitondra ny heloka sy ny fahafaham-baraka noho ny fahotana; nizaka ny nanafenan' ny Ray ny tavany, mandrapahavaky ny fony noho ny vesatry ny ozon' izao tontolo izao ka nahatorotoro ny ainy teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary. Raha Ilay nahary izao tontolo rehetra izao, Ilay Mpandahatra ny anjaran' ny rehetra, no nanaiky ny hametraka ny voninahiny ka nanetry tena noho ny fitiavana ny olombelona, izany dia hampitolagaga mandrakariva ny tany aman-danitra sy hahatonga azy hiankohoka Aminy.

Rehefa mijery ny Mpanavotra azy ireo firenena voavonjy ka mibanjina ny voninahitra mandrakizay avy amin' ny endriny; rehefa mibanjina ny seza fiandrianany izy ireo, izay haharitra mandrakizay mandrakizay, ary ho fantany fa tsy hanam-pahataperana ny fanjakany, dia hanandratra ny hiram-piravoravoany izy ka hanao hoe : «Mendrika, mendrika ny Zanak' ondry Izay efa novonoina, ka efa nanavotra antsika ho an' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny rany sarobidy indrindra!»

Manazava ny zava-miafina hafa rehetra ny zava-miafina momba ny hazo fijaliana. Noho ny fahazavana mitosaka avy eo Kalvary dia miova ho kanto sy mahasarika ireo toetran' Andriamanitra izay nameno tahotra sy horohoro antsika teo aloha. Hita fa miray amin' ny fahamasinana, ny fahamarinana sy ny hery, ny famindrampo, ny fahalemem-panahy sy ny fitiavan' ny maha-ray. Raha mibanjina ny voninahitry ny seza fiandrianany avo sy manerinerina isika, dia ho hitantsika ny toetrany eo amin' ny fisehoany feno fahasoavana, ary ho azontsika, mihoatra noho ny teo aloha, ny dikan' ilay anarana mahate ho tia hoe : «Rainay».

Ho hita fa Ilay manam-pahendrena tsy voafetra dia tsy afaka nanao drafitra hafa hamonjena antsika afa-tsy ny fanaovana sorona ny Zanany. Ny setrin' io sorona nataony io dia ny fifaliany amin' ny famenoana ny tany amin' ny voavotra masina, sambatra ary ho velona mandrakizay. Ny vokatry ny ady nataon' ny Mpamonjy tamin' ny herin' ny haizina dia fifaliana ho an' ny voavotra, fanandratana ny voninahitr' Andriamanitra mandritra ny mandrakizay. Toy izany no tombam-bidin' ny fanahy iray, hany ka mahafa-po ny Ray ny sandany naloa ; afa-po koa i Kristy, rehefa mibanjina ny hasoan' ny vokatry ny sorona lehibe nataony.

**Fanamarihana**

1 Isa.30 : 29. 30
2 Jaona 17 : 24
3 Apok. 16 : 17
4 Apok.16 : 17-18
5 Dan. 12:2
6 Isa. 13 : 6
7 Isa. 2 : 10 - 12 ; 20 - 21
8 Sal. 46 :1 - 3
9 Sal. 50 : 9
10 Malakia 3 : 18
11 Hab. 3 : 3 , 4
12 Apok.19 : 16
13 Jeremia 30 : 6; Nah. 2 : 11
14 Sal. 50 : 3 , 4
15 Apok. 6 : 15 -1 7
16 Ezakiela 33 : 11
17 Ohabolana 1 : 24 , 25
18 Matio 26 - 64
19 Matio 27:42,43
20 Ohab. 1 : 27
21 Isa. 25 : 9
22 1 Kor. 15 : 55
23 Apok. 1 : 5 . 6
24 Apok 15 : 2 , 3 ;14 : 1 - 5
25 Apok. 7 : 14 - 17
26 Sal. 50 : 6
27 Isa. 25 : 8
28 Isa. 62 : 12 ; 61 : 3 27
29 Apok. 7 : 10, 12

# 41

## *Misaona ny tany*

«Fa ny fahotany efa nitehika tamin' ny lanitra, ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony. . . Ny kapoaka izay nofenoiny, dia fenoy indroa heny ho azy. Toraka izay niderany tena sy nivelomany tamin' ny zava-mahafinaritra ny tena, dia omeo fanaintainana sy alahelo toraka izany koa izy, satria hoy izy anakampo : Mipetraka ho mpanjakavavy aho, fa tsy mpitondratena, ary tsy mba hahita alahelo mihitsy aho ; koa noho izany dia ho tonga indray andro monja izao loza hanjo izao, dia fahafatesana sy fisaonana ary mosary, ary ho levon' ny afo izy; fa mahery ny Tompo Andriamanitra, Izay mitsara azy. Ary ny mpanjakan' ny tany, izay nijangajanga taminy sy niara-nanaram-po taminy tamin' ny zava-mahafinaritra ny tena, dia hitehatratra sy hitomany azy. . . ka hanao hoe : Indrisy! indrisy! Babylona, ilay tanàna lehibe! ry ilay tanàna mafy! fa tamin' ny ora iray monja dia tonga ny fitsarana anao» [1].

Ireo «mpandranto amin' ny tany tonga mpanan-karena noho ny hafatratry ny nitiavan' io ny zava-mahafinaritra ny tena», «dia hijanona eny lavitra eny noho ny fahatahorana ny fanaintainany ka hitomany sy hisaona ary hanao hoe ; Indrisy! indrisy! ilay tanàna lehibe, izay nitafy rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy sy jaky ary niravaka volamena sy vatosoa ary perila! Fa tamin' ny ora iray monja no nahafoana ny harena be toy izany» [2].

Toy izany ny fitsarana izay hihatra amin' i Babylona amin' ny andro hianjadian' ny fahatezeran' Andriamanitra aminy. Efa nofenoiny ny kapoaky ny faharatsiana; tonga izao ny androny; masaka ho amin' ny fandringanana izy.

Rehefa manafaka ny vahoakany tsy ho babo intsony ny feon' Andriamanitra, dia misy fifohazana mahatahotra eo amin' ireo izay mahita fa maty antoka izy tamin' ny zavatra rehetra teo amin' ny ady lehiben' ny fiainana. Raha mbola nitohy ny androm-pahasoavana, dia jamban' ny

fitak' i Satana izy, ka nitady izay hanamarinana ny fihetsika nataony sy ny fahotany. Ny mpanankarena dia nirehareha tamin' ny fahamboniany teo amin' ireo izay tsy nanana tombon-tsoa tahaka azy ; nefa tamin' ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra no nahazoany ny hareny. Tsy nanome hanina ny noana izy, na nanafy ny mitanjaka, tsy nitsara araka ny fahamarinana na tia famindrampo izy.

Niezaka ny hanandra-tena sy ny hohajain' ny mpiara-belona taminy izy. Ankehitriny dia nendahana taminy izay rehetra naha-lehibe azy ka tonga mahantra sady tsy manam-piarovana izy. Raiki-tahotra izy mijery ny faharavan' ireo sampy izay nankamamiany mihoatra noho Ilay Mpanao azy. Namidiny tamin' ny harena sy ny fahafinaretan' ny tany ny fanahiny ka tsy mba hikatsaka izay hampanan-karena azy ny amin' Andriamanitra izy. Ny vokatr' izany dia izao : fatiantoka ny fiainany manontolo, nody afero ankehitriny ny fahafinaretany ary ny hareny ho fahalovana. Fongana tao anatin' ny indray mipi-maso izay nangoniny nandritra ny androm-piainany. Mitoloko noho ny faharavan' ny tranony miezinezina, sy noho ny fihahaky ny volamenany sy ny volafotsiny ny mpanankarena. Nefa mangina ny fitomaniany noho ny fahatahorany fa tsy maintsy hiara-devona amin' ny sampiny koa izy.

Feno fanenenana ny ratsy fanahy, tsy noho ny fahotany tamin' ny nanaovany an-tsirambina ny adidiny tamin' Andriamanitra anefa, fa noho izy resin' Andriamanitra. Mitomany izy satria izao no vokatra hitany, fa tsy mibebaka noho ny faharatsiany izy tsy akory. Tsy hisy fomba tsy handramany mba handreseny raha azony atao.

Hitan' izao tontolo izao fa ilay antokon' olona indrindra izay nihomehezany sy nakorainy ary niriny hofongorana, no, indro, afaka soa aman-tsara, tsy voakasiky ny areti-mandringana, ny tafio-drivotra sy ny horohorontany. Ilay afo mandevona ho an' ny mpandika lalàna dia fiarovana azo antoka kosa ho an' ny vahoakan' Andriamanitra.

Ny mpitondra fivavahana izay nanao sorona ny fahamarinana mba ahazoany sitraka avy amin' ny olona dia mahita tsara ankehitriny ny toetra sy ny asan' ny fampianarany. Mazava izao fa nanara-maso azy hatrany Ilay mahalala ny zavatra rehetra raha nijoro teo amin' ny polipitra izy, raha nandeha teny amin' ny arabe, raha niharo tamin' ny olona teo amin' ny toe-javatra samihafa teo amin' ny fiainana. Ny fihetseham-pony rehetra, ny andalan-teny rehetra nosoratany, ny teny rehetra naloaky ny vavany, ny fihetsika rehetra nahatonga ny olona hitady fialofana tamin' ny lainga, izany rehetra izany dia voa nafafy avokoa; ary ankehitriny dia banjininy eo amin' ireo fanahy mahantra, very, manodidina azy ny vokatra.

Hoy Jehovah : «Fa nataotaony foana ny fanasitranany ny faharatran' ny oloko zanakavavy tamin' ny nanaovany hoe : Fiadanana, fiadanana, kanjo,

tsy misy fiadanana tsinona». «Satria lainga no entinareo mampalahelo ny fon' ny marina, iza.y tsy nampahaleloviko, sady entinareo manatanjaka ny tanan' ny ratsy fanahy, tsy hialany amin' ny lalan-dratsiny mba hamelomana azy» [3].

«Lozan' ireo mpiandry izay manimba sy mampihahaka ny ondry fiandriko!. . Koa, indro, hovaliako ianareo noho ny faharatsian' ny ataonareo». «Midradradradrà ianareo mpiandry ondry, ary mitaraina, eny, mihosinkosena ianareo zokiny amin' ny ondry! Fa tonga ny andro hamonoana anareo; ary hampieleziko ianareo. . . ny mpiandry ondry tsy hanam-pandosirana, ary ny zokiny amin' ny ondry tsy hanam-pahafahana» [4].

Hitan' ny mpitondra fivavahana sy ny vahoaka fa tsy nanohana ny fifandraisana marina amin' Andriamanitra izy. Hitany fa nikomy tamin' Ilay nanao ny lalàna marina sy tsara rehetra izy. Ny tsy firaharahana ny fitsipika nomen' Andriamanitra dia nampirongatra ny tsirin' ny ratsy arivoarivo ; fifandirana, fankahalana, fanaovandratsy, mandra-pahatongan' ny tany ho sahan' ady midadasika, toerana ihandronan' ny fahalotoana. Izany izao no zavatra miseho eo imason' ireo izay nitsipaka ny fahamarinana sy nifidy ny hankamamy ny hevi-diso. Tsy misy teny mahalaza ny halalin' ny alahelon' ireo tsy nankatò sy tsy nahatoky ka maniry fatratra ilay zavatra efa veriny ho mandrakizay dia ny fiainana mandrakizay. Misy ireo olona niankohofan' izao tontolo izao noho ny talentany sy ny fahaizany mandaha-teny, no mahita ireny zavatra ireny ankehitriny araka ny tena tombam-bidiny marina. Fantany tsara izao ny fatiantoka niditra taminy noho ny fandikan-dalàna, koa miantoraka eo an-tongotr' ireo izay nohamavoiny sy nataony fihomehezana fahiny noho ny toetrany mahatoky izy, ary miaiky fa efa tia azy ireo Andriamanitra.

Hitan' ny vahoaka fa voafitaka izy. Mifampiampanga izy fa nitaona ny hafa ho amin' ny fahafatesana; nefa miray saina izy rehefa hampivangongo ny fanamelohana mafaitra indrindra eo amin' ny mpitondra fivavahana. Misy mpitandrina tsy mahatoky naminany zavatra mamy indrindra; nitarika ireo mpihaino azy hanao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra izy sy hanenjika ireo izay nanamasina izany. Ankehitriny, noho ny famoizam-pony, dia miaiky ny asa famitahana nataony eo anatrehan' izao tontolo izao ireo mpampianatra ireo. Feno hatezerana ny vahoaka rnarobe. «Very izahay», hoy ny fitarainany, «ary ianareo no nahatonga izao faharingananay izao»; dia mihodina amin' ireo mpiandry ondry izy hamely azy. Ireo fatrapanasohaso azy indrindra fahiny no hanozona azy ankehitriny amin' ny teny faran' izay mahatsiravina. Ny tanana izay nampisatroka azy laza amam-boninahitra teo aloha no hitsangana handevona azy izao. Ireo sabatra nomanina hamonoana ny vahoakan' Andriamanitra dia indreo ampiasaina hamelezana ny fahavalony. Hatraiza hatraiza dia misy ady sy ra mandriaka.

«Mihatra amin' ny faran' ny tany ny fihorakorahana , fa Jehovah manana ady amin' ny firenena; mifandahatra amin' ny nofo rehetra Izy, ka ny ratsy fanahy dia atolony ho an' ny sabatra» [5]. Nitatra hatrany ilay ady lehibe nandritra ny enina arivo taona , ny Zanak' Andriamanitra sy ny mpitondra hafatra avy any an-danitra no nifanandrina tamin' ny herin' ny ratsy, mba hananatra, hanazava sy hamonjy ny zanak' olombelona. Ankehitriny dia samy efa nanapakevitra avokoa ny rehetra; ny ratsy fanahy efa niray tanteraka tamin' i Satana hiady amin' Andriamanitra. Tonga ny fotoana hanamarinan' Andriamanitra ny fahefan' ny lalàny voahitsakitsaka. Tsy amin' i Satana irery izao no iadiana, fa amin' ny olona koa». «Jehovah manana ady amin' ny firenena ka ny ratsy fanahy dia atolony ho an' ny sabatra».

Efa natao tamin' ireo izay «misento sy mitaraina noho ny fahavetavetana rehetra atao eo aminy» ny mariky ny fahafahana. Mivoaka izao ilay anjelin' ny fahafatesana izay nasehon' ireo sasany nitondra fiadiana fandringanana ao amin' ny fahitan' i Ezekiela, ary nomena baiko hoe : «na lahy antitra, na zatovo, na virijina, na zaza madinika, na vehivavy, dia aringano avokoa; fa izay olona misy ilay marika ihany no aza kasihina; ary atombohy hatreo amin' ny fitoerako masina izany». Hoy ny mpaminany : «Dia nanomboka tamin' ny lahiantitra izay teo anoloan' ny trano ireo» [6]. Manomboka amin' ireo izay misora-tena ho mpiandry ara-panahy teo amin' ny vahoaka ny asa fandringanana. Ireo mpitily sandoka no ho lavo voalohany. Tsy misy izay hamindrana fo na harovana izy ireo. Miaradevona na ny lehilahy, na ny vehivavy, na ny zatovovavy, na ny ankizy madinika.

«Fa, indro, Jehovah mivoaka avy amin' ny fitoerany hamaly ny mponina amin' ny tany noho ny helony; ary ny tany hampiseho ny ra izay nofohiny ka tsy hanafina intsony izay novonoina teo aminy» [7]. «Ary izao no aretimandringana hamelezan' i Jehovah ny firenena rehetra izay efa nanafika an' i Jerosalema : Hataony mihalevona am-pitsanganana ny nofony, ary hihalevona eo amin' ny itoerany ny masony, ary ny lelany koa hihalevona ao am-bavany. Ary amin' izany andro izany dia hisy fifanaritahana lehibe avy amin' i Jehovah ao aminy, ary hifampihazon-tànana izy, sady samy hifanainga tànana hifamely» [8]. Noho ny ady arehitry ny haromotan' ny firehetam-pony mivaivay, sy noho ny fandrotsahan' Andriamanitra ny fahatezerany mahatahotra tsy miharoharo zavatra, dia ho lavo ireo mponina ratsy fanahy eto an-tany dia ny mpisorona, ny mpanapaka sy ny vahoaka, ny manankarena sy ny mahantra, ny ambony sy ny ambany. «Ary amin' izany andro izany ny voavonon' i Jehovah dia hiampatrampatra hatramin' ny faran' ny tany anankiray ka hatramin' ny farany koa; tsy hisaonana, na hangonina, na halevina ireny» [9].

Amin' ny fiavian' i Kristy dia ho ringana avokoa tsy ho eto an-tany ny ratsy fanahy ho levon' ny «fofon' ain' ny vavany ary ho foanany amin' ny fisehoan' ny fihaviany». Entin' i Kristy ho any amin' ny tanànan' Andriamanitra ny

olony ka foana tsy misy mponina ny tany. «Indro, Jehovah manafoana ny tany, ka mahalao azy, ary mampihohoka azy ka manely izay mponina ao aminy». «Hatao foana dia foana ny tany, ary hobaboina dia hobaboina tokoa izy, fa Jehovah no efa niteny». «Ary noho izany dia ozona no mandevona ny tany, ary ny mponina ao dia valiana noho ny helony, sady voadotra ny mponina amin' ny tany, ka dia olona vitsy foana sisa ao» [10].

Tahaka ny efitra lao ny tany manontolo. Miely patrana manerana ny vohon' ny tany ny vakivakin' ny tanàn-dehibe sy ny vohitra ravan' ny horohoron-tany, hazo voaongotra, vatolampy montsamontsana atsipin' ny ranomasina na voaendaka avy amin' ny tany; etsy an-daniny kosa dia misy lavaka mangotanatana manamarika ny toerana nisy ireo tendrombohitra voaongotra hatrany amin' ny fanorenany.

Tanteraka ankehitriny ny toe-javatra naseho ara tandindona tamin' ny fanompoam-pivavahana manetriketrika farany tamin' ny Andro fanavotana. Rehefa vita ny fanompoam-pivavahana tao amin' ny masina indrindra, ka voaisotra tao amin' ny fitoerana masina noho ny ran' ny fanatitra noho ny ota ny fahotan' Isiraely, dia entina velona eo anatrehan' i Jehovah ilay osilahin' i Azazela; ary eo anatrehan' ny mpivory rehetra no «heken' ny mpisorona eo amboniny ny heloky ny zanak' Isiraely rehetra sy ny fahadisoany rehetradia hametraka izany eo amin' ny lohan' ilay osilahy izy».[11] Toy izany koa, rehefa vita ny asa fanavotana any amin' ny fitoerana masina any an-danitra, dia hapetraka eo amin' i Satana ny fahotan' ny vahoakan' Andriamanitra eo anatrehan' Andriamanitra sy ny anjelin' ny lanitra ary ny andian' ny voavotra; hambara fa meloka amin' ny ratsy rehetra izay nampanaoviny antsika i Satana. Ary tahaka ny nandefasana ny osilahin' i Azazela tany amin' ny tany foana, dia toy izany koa no handroahana an' i Satana ho any amin' ny tany foana, any amin' ny efitra tsy misy olona sady mangina.

Lazain' ny mpanoratra ny Apokalypsy mialoha ny amin' ny fandroahana an' i Satana sy ny fikorontanana sy ny fandravana ny tany, ary ambarany fa haharitra arivo taona izany toe-javatra izany. Rehefa avy nitantara izay hiseho amin' ny fiavian' ny Tompo fanindroany sy ny fandringanana ny ratsy fanahy ny faminaniana, dia manohy ny fanambarany amin' ny hoe ; «Ary hitako fa, indro, nisy anjely nidina avy tany an-danitra, nanana ny fanalahidin' ny lavaka tsy hita noanoa sy gadra lehibe eny an-tànany; dia nisambotra ilay dragona izy (dia ilay menarana ela, ny devoly sy Satana izany) ka namatotra azy arivo taona, dia nanipy azy ho amin' ny lavaka tsy hita noanoa ka nanidy izany, dia nanisy tombo-kase teo amboniny, mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandra-pahatapitry ny arivo taona; ary rehefa afaka izany, dia tsy maintsy hovahana kelikely aloha izy»[12].

Ny teny hoe «lavaka tsy hita noanoa» dia mampiseho ny tany amin' izy feno korontana sy haizina, araka izay hita mazava ao amin' ny teny

hafa ao amin' ny Soratra Masina. Mikasika ny toetran' ny tany «tamin' ny voalohany, dia lazain' ny fanambarana ao amin' ny Baiboly fa «tsy nisy endrika sady foana (izy); ary haizina no tambonin' ny lalina» [13][14]Milaza ny teni-faminaniana fa hampodina ho amin' izany toetrany izany indray izy, fara-faharatsiny ny ampahany aminy. Raha nibanjina ny andro lehiben' Andriamanitra ny mpaminany Jeremia, dia nanambara hoe : «Nojereko ny tany ka, indro, tsy nisy endrika izy; nojereko ny tendrombohitra ka, indro, nihorohoro izy ary ny havoana rehetra nihozongozona ,nojereko ka, indro, ny saha mahavokatra aza efa tonga foana, ary ny tanànany rehetra dia rava teo anatrehan' i Jehovah»[15] .

Eto no ho fonenan' i Satana miaraka amin' ireo anjely ratsy mandritra ny arivo taona. Voafetra ho eto an-tany ihany no azony aleha ka tsy afaka ho any amin' izao tontolo izao hafa haka fanahy sy henelingelina ireo izay tsy lavo na oviana na oviana izy. Izany no mahavoafatotra azy; tsy misy olona na iray aza tafajanona izay ahazoany mampiasa ny heriny. Tsy afaka hanohy mihitsy ny asa famitahana sy fandringanana izay hany nahitany fahafinaretana nandritra ireo taonjato marobe nifandimby izy.

Raha nitazana mialoha ny fotoana haharesen' i Satana ny mpaminany Isaia, dia nanao hoe : «Endrey ! latsaka avy tany andanitra ianao, ry ilay fitarik' andro, zanaky ny maraina; voakapa hianjera amin' ny tany ianao, ry ilay mpandripaka firenena!. . . Ary ianao efa nanao anakampo hoe : Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin' ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako;. . . ho tahaka ny Avo Indrindra (aho). Kanjo hampidinina hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita ho any am-para-vodi-lavaka ianao. Izay mahita anao hibanjina anao sy hihevitra anao hoe : Moa io va ilay lehilahy nampihorohoro ny tany sy nampihozongozona ny fanjakana; ary nanao izao tontolo izao ho efitra sy nandrava ny tanànany ary tsy nandefa ny mpifatotra hody?» [16]

Nandritra ny enina arivo taona dia «nampihorohoro ny tany» ny asam-pikomiana nataon' i Satana. Nataony «ho efitra» izao tontolo izao, nandrava ny tanànany izy ary «tsy nandefa ny mpifatotra hody!» Nandritra ny enina arivo taona dia nampiditra ny vahoakan' Andriamanitra tao an-tranomaizina izy, ary tiany raha ho voafonja mandrakizay ao ny babony;nefa notapahin' i Kristy ny fatorana ka nafahany ny mpigadra.

Na dia ny ratsy fanahy aza izao dia tsy ananan' i Satana hery, ka izy irery miaraka amin' ny anjeliny ratsy no sisa mahatsapa ny vokatry ny ozona nentin' ny fahotana. «Ny mpanjaka rehetra amin' ny firenena samy mandry amin' ny voninahitra avokoa, ary samy ao am-pasany avy, fa ianao kosa dia nariana niala lavitra ny fasanao, tahaka ny solofon-kazo ratsy izay ariana. . . Tsy halevina tahaka ireny ianao, satria efa nanimba ny taninao sady efa namono ny oionao» [17]

Mandritra ny arivo taona i Satana dia hirenireny eto amin' ny tany foana ka hijery ny vokatry ny fikomiany tamin' ny lalàn' Andriamanitra. Mandritra io fotoana io dia ho mafy indrindra ny fahoriany. Hatramin' ny nahalavoany noho ny fiainany feno asa, dia tsy mbola nanam-potoana hieritreretana izy; izao kosa dia tsy manan-kery intsony izy ka afaka handinika ny zavatra nataony hatramin' ny nikomiany voalohany tamin' ny fitondram-panjakan' ny lanitra, sy hibanjinany amim-pangovitana sy horohoro ny hoaviny mampivarahontsana, rehefa tsy maintsy hizaka ny vokatry ny ratsy rehetra vitany izy sy ny famaizana azy noho ny fahotana nampanaoviny.

Hahatonga faharavoravoana sy fifaliana ho an' ny vahoakan' Andriamanitra ny famatorana an' i Satana. Hoy ny mpaminany ; «Ary amin' ny andro hanomezan' i Jehovah fitsarana anao ho afaka amin' ny fahorianao sy ny tebitebin' ny fonao ary ny fanompoana mafy nampanompoana anao, dia hataonao izao oha-teny ny amin' ny mpanjakan' i Babylona (izay mampiseho an' i Satana eto) izao : Hià ! mitsahatra ilay mpampahory ! . . . Jehovah efa nanapatapaka ny tehin' ny ratsy fanahy, dia ny tehina fanapahan' ny mpanapaka, izay namely firenena tamin' ny fahatezerana tamin' ny famelezana tsy nanam-pitsarana, sady nampanompo firenena tamin' ny fahatezerana, tamin' ny fanenjehana tsy misy antra» [18].

Mandritra ny arivo taona manelanelana ny fitsanganana voalohany sy faharoa no anaovana ny fitsarana ny ratsy fanahy. Manondro io fitsarana io ho toy ny toe-javatra manaraka ny fiavian' i Kristy fanindroany ny apostoly Paoly : «Aza mitsara na inona na inona alohan' ny fotoana, dia ny fiavian' ny Tompo; izay hampiharihary ny zavatra takona ao amin' ny maizina ka hampiseho ny fikasan' ny fo» [19]. Lazain' i Daniela fa rehefa tonga ny Fahagola dia «homena rariny ny olo-masin' ny Avo Indrindra» [20]. Amin' io fotoana io dia hanjaka sy ho mpisoron' Andriamanitra ny marina. Hoy i Jaona ao amin' ny Apokalypsy hoe : «Ary nahita ny seza fiandrianana maro aho. ary nisy nipetraka teo amboniny, ary nomena fahefana hitsara izy». «Ho mpisoron' Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiara-manjaka aminy arivo taona» [21]. Amin' io fotoana io, araka ny nambaran' i Paoly mialoha, dia «hitsara izao tontolo izao ny olona masina» [22]. Miaraka amin' i Kristy izy mitsara ny ratsy fanahy, ka hampitaha ny asa nataony amin' ny bokin' ny fitsipika, dia ny Baiboly, ary nanao fanapahan-kevitra momba ny tsirairay, araka ny zavatra nataon' ny tenany avy. Avy eo dia tapahina ny anjara tsy maintsy hozakain' ny ratsy fanahy araka ny asany avy, ary soratana manandrify ny anarany ao amin' ny bokin' ny fahafatesana izany.

Satana sy ny anjeliny koa dia tsarain' i Kristy sy ny vahoakany. Hoy i Paoly : «Tsy fantatrareo va fa hitsara anjely isika?» Ary i Joda nilaza fa «anjely izay tsy nitana ny anjara-fanapahany, fa nandao ny fonenany, dia

voahazony amin' ny fatorana mandrakizay ao amin' ny maizina ho amin' ny andro fitsarana lehibe» [23].

Amin' ny fiafaran' ny arivo taona no hisy ny fitsanganana faharoa. «Amin' izany dia hitsangana amin' ny maty ny ratsy fanahy ka hiseho eo anatrehan' Andriamanitra ho fanatanterahana ny didimpitsarana voasoratra». Toy izao no lazain' ny mpanoratra ny Apokalypsy, rehefa avy nitantara ny fitsanganan' ny tsara fanahy izy : «Fa ny sisa amin' ny maty dia tsy mbola ho velona mandra-paha-tapitry ny arivo taona»[24]. Ary hoy Isaia ny amin' ny ratsy fanahy : «Dia hangonina ao an-davaka tahaka ny mpifatotra ireny ka hohidiana ao an-tranomaizina, ary rehefa afaka andro maro, dia hovangiana ihany izy»[25].

**Fanamarihana**

1 Apok. 18 : 5 - 10
2 Apok. 18 : 11, 3, 15 ; 17
3 Jer. 8 : 11 ; Ezek. 13 : 22
4 Jer. 23 : 1, 2; 25 : 34, 35
5 Jer. 25 : 31
6 Ezek. 9 : 1 - 6
7 Isa. 26 : 21
8 Zak. 14 : 12, 13
9 Jer. 25 : 33
10 Isa. 24 : 1, 3, 5, 6
11 Lev. 16 : 21
12 Apok. 20 : 1 - 3
13 Ny teny hebreo nadika eto hoe «lalina» ihany no nadikan ' izy Fitopololahy (grika) amin ' ny teny milaza ny «lavaka tsy hita noanoa» ao amin ' ny Apok. 20 : 1 -3.
14 Gen. 1 : 2
15 Jer. 4 : 23-26
16 Isa. 14 : 12-17
17 Isa. 14 : 18 - 20
18 Isa. 14 : 3 - 6
19 I Kor. 4 : 5
20 Dan. 7 : 22
21 Apok. 20 : 4, 6
22 1 Kor. 6 : 3
23 Joda 6
24 Apok.20:5
25 Isa. 24 : 22

# 42

## *Mifarana ny ady*

Amin' ny fiafaran' ny arivo taona, dia hiverina indray eto an-tany i Kristy. Otronin' ny tafiky ny voavotra Izy ary arahin' ny andian' anjely. Midina amin' ny fiandrianana mahatahotra sy manetriketrika Izy sady mibaiko ny ratsy fanahy maty hitsangana mba handray ny anjarany. Mivoaka izy ireo ka toy ny tafika marobe, tsy hita isa tahaka ny fasika amin' ny ranomasina. Akory ny fahasamihafany amin' ireo izay nitsangana tamin' ny fitsanganana voalohany! Nitafy fahatanorana sy hatsaran-tarehy mandrakizay ny marina. Ny ratsy fanahy kosa mitondra ny mariky ny aretina sy ny fahafatesana.

Ny maso rehetra eo amin' io vahoaka marobe io dia mibanjina ny voninahitry ny Zanak' Andriamanitra. Miara-miredona ny tafiky ny ratsy fanahy miantso mafy hoe : «Isaorana anie izay avy amin' ny anaran' ny Tompo!» Tsy ny fitiavana an' i Jesosy no mahatonga azy ireo hiteny izany; fa ny herin' ny fahamarinana no manery ny molony hanambara ireo teny ireo, na dia tsy sitrany aza. Araka ny toetra nidinan' ny ratsy fanahy tany am-pasana ihany no hivoahany avy ao, dia ny mbola handrafy an' i Kristy sy hikomy ihany. Tsy hisy intsony androm-pahasoavana izay hanotofany ny lesoka tamin' ny fiainany lasa. Tsy hisy vokany rahateo izany. Tsy nahalefaka ny fony ny fandikan-dalàna nandritra ny fiainany. Raha omena andrompahasoavana faharoa ireo dia ho lanilany foana tahaka ny voalohany amin' ny faniasiavana sy ny fikomiana izany.

Midina eo amin' ny tendrombohitra Oliva i Kristy, izay toerana niakarany taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty, sy namerenan' ireo anjely ny teny fikasana momba ny fiverenany koa. Hoy ny mpaminany : «Ary ho avy Jehovah Andriamanitro mbamin' ny masiny rehetra momba Azy». «Ary amin' izany andro izany ny tongony hijoro eo an-Tendrombohitra Oliva, izay eo atsinanana tandrifin' i Jerosalema, ary ny Tendrombohitra Oliva hitresaka

eo afovoany. . . ka hisy lohasaha lehibe». «Ary Jehovah ho Mpanjakan' ny tany rehetra; amin' izany andro izany dia iray no Jehovah; sady iray no anarany» [1]. Rehefa midina avy any an-danitra Jerosalema Vaovao izay sady kanto no mamirapiratra, dia hipetraka eo amin' ny toerana efa nodiovina sady voaomana handray azy, ka hiditra ao amin' ny Tanàna Masina i Kristy miaraka amin' ny vahoakany sy ny anjeliny.

Manomana ny ady mafy farany ahazoana ny fahefana faratampony izao i Satana. Raha mbola nesorina taminy ny heriny ka voasakana tsy hanao ny asa famitahana ny andrian' ny haizina, dia oriory izy sady kivy; nefa kosa rehefa mitsangana amin' ny maty ny ratsy fanahy ka hitany ireto vahoaka marobe miandany aminy, dia velona indray ny fanantenany, ka tapa-kevitra izy fa tsy hitsoaka amin' ity ady goavana ity. Halahany eo ambany fanevany ny tafiky ny olom-bery rehetra ka amin' ny alalan' ireo no hilofosany hanatanteraka ny tetik' ady novolavolainy. Babon' i Satana ny ratsy fanahy. Nanaiky ny hotarihin' ilay lehiben' ny mpikomy izy ireo tamin' ny nandavany an' i Kristy. Vonona ny handray ny sosokevitra avy aminy sy hankatò ny baikony izy. Toy ny efa fanaony, hatrany am-boalohany anefa, dia tsy miseho mivantana ho i Satana ilay fahavalo. Mihambo ho andriana tompon' izao tontolo izao araka ny hitsiny izy, ary tsy an-drariny no nakana an-keriny ny fananany taminy. Miseho ho toy ny mpanavotra izy amin' ireo mpanompony voafitaka, ary nanome toky azy izy fa ny heriny no namoaka azy ireo avy ao am-pasany, ary efa madiva hamonjy azy avy eo ampelatanan' ny fitondrana tsy refesimandidy lozabe indrindra izy. Satria niala ny fanatrehan' i Kristy, dia manao fahagagana i Satana hanohanany ny fihamboany. Mampahatanjaka ny malemy izy ary mahatonga ny rehetra hanana ny toe-tsainy sy ny herimpony. Manolo-tena hitarika azy hiady amin' ny tobin' ny olona masina izy sy haka an-keriny ny Tanànan' Andriamanitra. Feno hafaliandemonia izy raha manondro ireto vahoaka alinalina tsy tambo isaina izay nitsangana tamin' ny maty, ary ambarany fa amin' ny mahampitarika azy dia azony atao tokoa ny hanafaka ny tanàna ary haka indray ny seza fiandrianany sy ny fanjakany.

Ao amin' ireo vahoaka marobe ireo dia misy olona avy amin' ilay taranaka ela velona talohan' ny safodrano; misy olona avo ranjanana sy ngezalahy aratsaina, izay nanaiky hofehezin' ny anjely lavo, ka nanokana ny hakingany sy ny fahaizany amam-pahalalany rehetra hanandratany ny tenany; misy olona nanao asa kanto nitalanjonana ka nahataona an' izao tontolo izao hiankohoka teo amin' ny saina be nanananany, nefa nandoto ny tany sy nanimba ny endrik' Andriamanitra teo amin' ny olona tamin' ny alalan' ny fahasiahany sy ireo zava-doza noforoniny, ka nahavoatery an' Andriamanitra handringana azy tsy ho eo amin' ny tavan' ny voariny. Ao ireo mpanjaka sy mpitari-tafika izay nandresy firenena maro, olona be herim-po izay tsy mbola resy an' ady na oviana na oviana feno rehareha, be hambom-po ka nihorohoro ny

fanjakana rehefa mby akaiky izy. Tsy nampiova azy ireo ny fahafatesana. Rehefa hivoaka avy ao am-pasana izy, dia hotohizany indray teo amin' izay niatoany ny fisainany. Mbola nanentana azy ilay faniriana hanafika izay nifehy azy teo am-pahalavoana.

Mila hevitra amin' ny anjeliny i Satana, ary avy eo dia amin' ireo mpanjaka sy mpanafika ary lehilahy mahery Mahita ny hery sy ny isan' ireo miandany aminy izy, ka ambarany fa vitsy ny tafika ao an-tanàna raha ampitahaina amin' ny azy, koa dia azony resena. Mamolavola tetika izy ireo mba hakany ny harena sy ny voninahitr' i Jerosalema Vaovao. Avy hatrany dia atomboka ny fiomanana ho amin' ny ady. Misy mpanao taozavatra havanana manefy fitaovampiadiana. Ireo mpitari-tafika fanta-daza amin' ny fahombiazany, no mandamina ny vahoaka marobe lian' ady ho andiany sy vondrona.

Amin' ny farany dia omena ny baiko handroso, ka indreo vahoaka marobe tsy hita isa no mihetsika — dia tafika miezinezina tsy mbola nisy mpitari-tafika na iza na iza teto an-tany, nibaiko izay toa azy ka na avondrona aza ny andian-tafika rehetra efa navory hatramin' ny niandohan' ny ady teto an-tany, dia tsy mahatoraka azy velively. Satana, ilay mpiady mahery indrindra, no loha-lalana ary mampiray ny heriny ireo anjeliny ho amin' ity ady farany ity. Manaraka azy ny mpanjaka sy ny mpifehy mahery ary ny vahoaka marobe manao andiany lehibe samy tarihin' ny mpitarika voatendry avy. Mandroso amim-pilaminana toy ny famindran' ny miaramila ireo laharana mitanizina mamakivaky ny tany mitriatriatra sy mikotoantoana, manatona ny Tanànan' Andriamanitra. Noho ny baikon' i Jesosy dia akatona ny vavahadin' i Jerosalema Vaovao. ary dia manodidina ny tanana ireo tatik' i Satana, vonon-kirohotra hamely azy.

Miseho indray ho hitan' ireo fahavalony izao i Kristy. Ery ambony lavitra noho ny tanàna dia misy seza fiandrianana avo sy manerinerina mitoetra amin' ny fototra volamena mamirapiratra. Eo amin' io seza fiandrianana io no mipetraka ny Zanak' Andriamanitra ary manodidina Azy ny vahoaky ny fanjakany. Tsy misy teny mahalaza ny herin' i Kristy sy ny fiandrianany, ary tsy misy penina mahatantara izany. Manodidina ny Zanany ny voninahitry ny Ray Mandrakizay. Mameno ny Tanànan' Andriamanitra ny famirapiratan' ny fanatrehany, ary mihanaka ivelan' ny vavahady ka mameno ny tany manontolo amin' ny famirapiratany.

Eo akaikin' ny seza fiandrianana indrindra no ahitana izay efa narisika ho an' i Satana teo aloha, nefa toa forohana nosarihina tamin' ny afo ka nanaraka ny Mpamonjy tamin-kafanam-po niredareda sy lalina. Manarakaraka dia ireo izay namolavola toetra Kristiana tanteraka teo anivon' ny hevi-diso sy ny tsy finoana an' Andriamanitra, ireo nanaja ny lalàn' Andriamanitra raha niray feo nanambara ny Kristiana eran-tany fa foana izany, ary koa ireo an-tapitrisany, nandritra ny fotoana rehetra nifandimby, maty maritiora noho

ny finoany. Farany dia. indreo, «olona betsaka tsy tambo isaina avy amin' ny firenena rehetra sy ny fokom-pirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny nitsangana teo anoloan' ny seza fiandrianana sy teo anatrehan' ny Zanak' ondry; niakanjo akanjo fotsy lava sady nitana sampan-drofia teny an-tànany» [2]. Vita ny adiny, azony ny fandresena. Nahatanteraka ny fihazakazahana izy ka nahatratra ny loka. Ny sampan-drofia eny an-tanany dia tandindon' ny fandresena, ny fitafiana fotsy dia mampiseho ny fahamarinan' i Kristy tsy misy pentina izay azy ankehitriny.

Manandratra hiram-piderana ny voavotra izay manakoako manerana ny lanitra : «Ny famonjena anie ho an' Andriamanitsika, Izay mitoetra eo ambonin' ny seza fiandrianana sy ho an' ny Zanak' ondry» [3]. Mampiray ny feony amin' ny fankalazana ny anjely sy ny serafima. Rehefa nahita ny hery sy ny hafetsen' i Satana ny voavotra dia nahatsapa, mihoatra noho ny teo aloha, fa tsy misy hery afa-tsy ny an' i Kristy no nahatonga azy ho mpandresy. Ao amin' ireo vahoaka mamirapiratra ireo dia tsy misy na iray aza milaza fa avy amin' ny tenany ny famonjena, ka nandresy tamin' ny alalan' ny herin' ny tenany sy ny fahatsaran' ny tenany izy. Tsy misy na inona na inona lazainy momba izay nataony na izay niaretany; fa ny ventin-kevitry ny hira rehetra, ny foto-kevitra kaloin' ny antema rehetra dia izao : «Ny famonjena anie ho an' Andriamanitra sy ho an' ny Zanak' ondry».

Eo anatrehan' ny mponin' ny tany sy ny lanitra tafavory no atao ny fanatrohana satroboninahitra fara-tampony ny Zanak' Andriamanitra. Amin' izay rehefa mandray ny fiandrianana sy ny hery farany ambony indrindra maha-Mpanjakan' ny mpanjaka Azy Izy dia mamoaka ny didim-pitsarana amin' ireo mpikomy amin' ny fitondram-panjakany ary mampihatra fanamelohana amin' izay nandika ny lalàny sy nampijaly ny vahoakany. Hoy ny mpaminanin' Andriamanitra : «Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan' ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin' ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin' ny boky, araka ny asany» [4].

Raha vantany vao nosokafana ny boky firaketana ka mitopy amin' ny ratsy fanahy ny mason' i Jesosy, dia tsaroan' izy ireo ny fahotana rehetra nataony hatrizay. Hitany tsara ny toerana izay nivilian' ny diany hiala ny lalan' ny fahadiovana sy ny fahamasinana, hitany koa ny lalana nitondran' ny avonavony sy ny fikomiany azy handika ny lalàn' Andriamanitra. Ny fakam-panahy mamitaka izay nomeny toerana tamin' ny fanaranany fo tamin' ny fahotana, ireo fitahiana nampiasaina tamin' ny tsy izy, ireo mpitondra hafatr' Andriamanitra natao tsinontsinona, ireo fampitandremana nolavina, ireo

onjam-pamindrampo nasesiky ny fo mafy sy tsy mibebaka hiverin-dalana izany rehetra izany dia toa voasoratra tamin' ny soratra afo avokoa.

Eo ambonin' ny seza fiandrianana no miseho ny hazo fijaliana; ary hita toy ny sary maromaro azo atao indray mijery ny nakana fanahy an' i Adama sy ny nahalavoany, ary ireo dingana samihafa teo amin' ny drafitra lehiben' ny fanavotana. Ny nahaterahan' ny Mpamonjy tao amin' ny fietrena; ny fahazazany sy ny fahatanorany feno fahatsoram-po sy fankatoavana; ny batisany tao Jordana; ny nifadiany hanina sy ny fakampanahy tany an' efitra; ny asa nataony am-pahibemaso, izay namelarany teo imason' ny olona ny fitahian' ny lanitra sarobidy indrindra; ireo andro feno asam-pitiavana sy famindrampo, ireo alina nivavahany sy niambenany tany an-tendrombohitra mangingina; ireo teti-dratsy vokatry ny fitsiriritana, ny fankahalana sy ny faharatsiam-panahy izay nasetry ny soa nataony; ilay ady nahafadiranovana sy nifono zava-miafina tao Getsemane raha nanindry mafy Azy ny vesatry ny fahotan' izao tontolo izao manontolo; ny namadihana Azy teo am-pelatanan' ny vahoaka lian-dra; ireo zava-doza nitranga tamin' iny alina nampihorohoro iny — Ilay mpifatotra tsy mba nanohitra, afoin' ireo mpianany tiany indrindra, natositosika eran' ny lalamben' i Jerosalema; Ilay Zanak' Andriamanitra natao fanakora teo anatrehan' i Anasy nentina hotsaraina tao amin' ny lapan' ny mpisoronabe, tao an-trano fitsaran' i Pilato, teo anatrehan' i Heroda kanosalahy nefa lozabe, ka nolatsalatsaina, nozimbazimbaina, nampijalijaliana ary nahelohina ho faty — izany rehetra izany dia aseho amin' ny fomba manaitra avokoa.

Eo anatrehan' ny vahoaka manalonalona toa salohim-bary tsofin' ny rivotra no anehoana ireo toe-javatra farany — dia Ilay nijaly feno faharetana nanosy ny lalana ho any Kalvary; ilay Andrianan' ny lanitra nihantona teo amin' ny hazo fijaliana; ireo mpisorona be rehareha mbamin' izao fatritran' olona rehetra azao niara-nanakora sy namingavinga raha niatrika ny ady mafy teo am-pialan' aina Izy; ny haizina nikitroka tsy fahita hatrizay; ny tany nisondrotra sy nietry, ny vatolampy nitriatriatra, ireo fasana nisokatra, izay nanamarika ny fotoana nanoloran' Ilay Mpanavotra an' izao tontolo izao ny ainy.

Miseho araka izay tena izy ireo toe-javatra mampihorohoro ireo. Tsy afaka hiodina tsy hijery ny sarin' ny asa nataony Satana sy ny anjeliny ary ny mpanompony. Samy mahatsiaro ny nataony avy ny tsirairay. I Heroda nampamono ireo zaza tsy nanan-tsiny tany Betlehema mba ahazoany mandevona Ilay Mpanjakan' ny Isiraely; i Herodiasy ambany toetra, izay meloka ao am-panahiny noho ny ran' i Jaona Mpanao batisa; i Pilato nalemy sy mpanara-drian-drano; ny miaramila mpanazimbazimba; ny mpisorona sy ny mpanapaka ary ny vahoaka izay romotra niantsoantso hoe ; «Aoka ny rany ho aminay mbamin' ny zanakay! Samy manatri-maso ny halehiben'

ny helony avokoa izy rehetra. Sasa-poana izy mitady izay hiafenany tsy hanatrika ny fiandrianan' Andriamanitra eo amin' ny endrik' i Kristy, izay mamirapiratra noho ny masoandro; fa ny voavotra kosa amin' izay manipy ny satroboninahiny eo an-tongotry ny Mpamonjy ka miteny hoe ; «Maty nisolo ahy Izy!»

Anisan' ny voavonjy ireo apostolin' i Kristy, i Paoly mahery fo. i Petera ilay mafana vay, i Jaona malala sy be fitiavana, mbamin' ireo rahalahy tena mahatoky tokoa, ary eo aminy koa ny maritiora manao andiany be; eny ivelan' ny manda kosa, miaraka amin' ny olo-maloto sy vetaveta rehetra, dia ireo izay nanenjika, nanao an-tranomaizina sy namono azy. Indro eo i Néron ilay bibin' olona nasiaka sy vetaveta nijery tamin' ny fifaliana sy ny haravoana ireo izay nampijaliany fahiny, na nahitany fahafinaretan-demonia ny fanaintainana mafy indrindra niaretany. Ao ny reniny manatri-maso ny vokatry ny asany; mahita ny toetra ratsiny nifindra tamin' ny zanany lahy. ny filana nampirisihiny sy nampitomboiny noho ny hery miasa mangina avy taminy sy ny ohatra nomeny, izay nahavokatra voan' ny heloka bevava izay nampivarahontsana an' izao tontolo izao.

Ao ireo pretra sy mpitondra fivavahana ambony laharana niandany tamin' ny Papa, izay nilaza ny tenany ho ambasadaoron' i Kristy, nefa nampiasa ny fampijaliana, ny tranomaizina, ny fandoroana velona mba hifehezany ny feon' ny fieritreretan' ny olon' i Kristy. Ao ireo papa be avona izay nanandratra ny tenany ho ambonin' Andriamanitra sy nihambo hanova ny lalàn' ny Avo Indrindra. Ireo lazaina fa rain' ny fiangonana dia ampamoahin' Andriamanitra koa ka tsy hisy fialan-tsiny azony aroso amin' izany. Diso aoriana loatra no ahitany fa saro-piaro amin' ny lalàny Ilay mahalala ny zavatra rehetra ka tsy hanamarina mihitsy ny meloka Izy. Fantany izao fa ny fampijaliana ny vahoakan' i Kristy dia noraisiny ho toy ny natao tamin' ny tenany mihitsy; ary tsapany ny herin' ny teniny hoe :«Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko» [5].

Voantso hiseho eo anatrehan' ny fitsaran' Andriamanitra avokoa ny ratsy fanahy rehetra, voampanga ho namadika ny fitondrampanjakan' ny lanitra. Tsy misy mpisolovava hiaro azy ireo; tsy manana fialan-tsiny izy; koa dia mivoaka ny didim-pitsarana hanameloka azy amin' ny fahafatesana mandrakizay.

Mazava amin' ny rehetra izao fa tsy fahaleovantena be voninahitra sy fiainana mandrakizay tsy akory no tambin' ny ota. fa fanandevozana, fahalevonana sy fahafatesana. Fantatry ny ratsy fanahy izao izay veriny tamin' ny fiainam-pikomiany. Fony natolotra azy ny fihoarana sy ny vesatry ny voninahitra maharitra mandrakizay dia nohamavoiny; ankehitriny anefa dia mahatsiriritra azy ery izany. «Izany rehetra izany», hoy ny fitomanin' ny

fanahy very, «dia nety ho azoko avokoa; saingy nisafidy ny hampanalavitra izany tamiko aho. Hadalana mihoapampana re iny! Natakaloko fahoriana, fahafaham-baraka sy famoizam-po ny fiadanana, ny fahasambarana ary ny voninahitra». Hitan' ny rehetra fa rariny ny tsy ahazoany miditra ny lanitra. Nambarany-tamin' ny fiainany hoe : «Tsy tianay hanjaka aminay io Lehilahy io», dia i Jesosy izany.

Lasa lavitra dia lavitra ny fisainan' ny ratsy fanahy teo ampijerena ny nametrahana ny satroboninahitra teo amin' ny Zanak' Andriamanitra. Hitany teny an-tanany ny vato fisaky ny lalàn' Andriamanitra. dia ireo fitsipika nataony tsinontsinona sy nodikainy. Natrehin' ny masony ny fanehoan' ny voavonjy ny fahagagany, ny hasambarany mitafotafo sy ny fiankohofany tamin' i Kristy;ary raha manarona ny vahoaka marobe ivelan' ny tanàna ny hirany manakoako, dia miray feo izy rehetra manao hoe : «Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, Tompo o, Andriamanitra Tsitoha; mahitsy sy marina ny lalànao, ry Mpanjaka mandrakizay» (Apokalypsy 15 : 3); dia niankohoka amin' ny tany izy, mitsaoka Ilay Andrian' ny fiainana.

Toa tsy mahahetsika i Satana raha mibanjina ny voninahitra sy ny fiandrianan' i Kristy. Tsaroan' ilay kerobima manaloka fahiny ny toerana nahalavoany. Serafima namirapiratra izy. «zanaky ny maraina», kanefa akory izato fiovany, izato fitotonganany! Voaroaka mandrakizay tsy ho ao amin' ny filan-kevitra izay nanomezamboninahitra azy fahiny izy. Hafa izao no hitany mijoro eo anilan' ny Ray, manarona ny voninahiny. Hitany ny satroboninahitra napetraky ny anjely avo ranjanana sy miendrik' andriana teo an-dohan' i Kristy ary fantany fa ny toerana ambony tazonin' io anjely io dia nety ho azy teo aloha.

Mahatsiahy ilay toerana nisy azy fony tsy nanan-tsiny sy nadio fo izy, ny fiadanana sy ny fahafahampo nilomanosany mandrapahatongan' ilay fotoana nampanaranany ny fony himonomonona tamin' Andriamanitra sy hialona an' i Kristy. Manao tsy omby aloha eo anatrehany avokoa ny fiampangana nataony, ny fikomiany, ny fitaka nataony mba hahatonga ny anjely hiray fo taminy sy hanohana azy, ny fikirizany biby tsy nety nanao fiezahana hiavotena raha nanolotra azy famelan-keloka Andriamanitra. Averiny ao an-tsainy koa ny asa nataony teo amin' ny olona sy ny vokatr' izany — ny fandrafian' ny olombelona samy olombelona, ny fandripahana aina mahatsiravina nataony, ny fijoroan' ny fanjakana sy ny firodanany, ny fanonganam-panjakana, ny fifandimbiasan' ny tabataba, ny ady, ary ny korontana. Tadidiny ny fiezahany tsy miato hanohitra ny asan' i Kristy sy handentika ny olona ho ambany kokoa hatrany. Hitany fa ny fandriky ny helo novelariny dia tsy nahavoa ho amin' ny fandringanana ireo izay nametraka ny fitokiany tamin' i Jesosy. Raha mijery ny fanjakany i Satana, ny vokatry ny fisasarany, dia tsy mahita na inona na inona izy afa-tsy tsy fahombiazana sy fahalevonana. Nitaona

ireo vahoaka marobe izy hino fa ho remby mora azo foana ny tanànan' Andriamanitra; fantany anefa fa tsy marina izany. Raha nandroso ilay ady goavana dja hita fa resy hatrany hatrany izy ka voatery hihemotra. Fantany loatra manko ny hery amam-piandrianan' i Jehovah.

Ny zava-nokinendrin' ilay mpikomy lehibe dia ny hanamarin-tena hatrany sy ny hanaporofo fa tompon' andraikitra ny amin' ny Fikomiany Andriamanitra. Navondrony ho amin' izany ny herin' ny sain-daliny rehetra. Niasa ara-drafitra maty paika sady tsy niato izy, ary nahomby fatratra tamin' ny fitaomana ny vahoaka marobe hanaiky ny fomba fijeriny ilay ady lehibe izay efa nitarazoka ela tokoa. Nandritra ny an' arivo taonany maro no nanehoan' ity lehiben' ny mpikomy ity ny lainga ho fahamarinana. Tonga anefa izao ny fotoana izay maharesy hatramin' ny farany ny fikomiana ka hampiharihary ny tantara sy ny toetra amam-panahin' i Satana. Afaka tanteraka ny saron-tavan' ilay mpamitaka gagilahy tamin' ny ezaka farany nataony hanonganany an' i Kristy avy eo amin' ny seza fiandrianany, handringanany ny vahoakany ary hakany ny tanànan' Andriamanitra. Mahita ny tsy fahombiazany ireo izay niray hina taminy. Mijery ny fidadasiky ny teti-dratsy nataony hanoherana ny fitondram-panjakan' Andriamanitra ireo mpanaraka an' i Kristy sy ireo anjely nahatoky. Tonga zava-maharikoriko an' izao rehetra izao izy.

Hitan' i Satana fa nahatonga azy tsy ho mendrika ny, lanitra ny fikomiana niniany natao. Nitaiza ny heriny hoenti-miady amin' Andriamanitra izy; ny fahadiovana, ny fiadanana, sy ny firindrana any an-danitra dia ho fampijaliana mafy indrindra ho azy. Mangina izao ny fiampangany ny famindrampo sy ny fahamarinan' Andriamanitra. Ny fanomezan-tsiny niezahany natoraka tamin' i Jehovah dia mianjera aminy manontolo. Koa, indro, ary i Satana efa miankohoka sy miaiky ny maha-rariny ny didim-pitsarana mihatra aminy.

«Iza no tsy hatahotra? Ary iza no tsy hankalaza ny anaranao, Tompo ô? Fa Ianao ihany no masina; ary ny firenena rehetra ho avy hiankohoka eo anatrehanao; fa efa naharihary ny fitsarana marina nataonao» (Andininy 4). Voavaha izao ny olana rehetra momba ny fahamarinana sy ny hevi-diso nandritra ilay ady nitarazoka naharitra ela. Mazava eo imason' ny voary manan-tsaina rehetra ny vokatry ny fikomiana, ny tsy firaharahana ny fitsipika nomen' Andriamanitra. Voaseho eo anatrehan' izao rehetra izao ny vokatra nateraky ny fanapahan' i Satana izay mifanohitra tanteraka amin' ny an' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra. Ny asan' i Satana ihany no manameloka azy. Ny fahendren' Andriamanitra. ny fahamarinany, ny hatsaram-panahiny, dia voaporofo miharihary izao. Hita fa ny fihetsiny rehetra nandritra ny ady lehibe dia nobaikoin' ny fikatsahana ny hahasoa ho mandrakizay ny vahoakany sy ny tontolo rehetra nohariny. «Jehovah O, midera Anao ny asanao rehetra;ary ny olonao masina misaotra Anao» [6]. Hijoro ho vavolombelona mandrakizay ny tantaran' ny fahotana fa ny

fahasambaran' izay rehetra noforoniny dia mifamatotra amin' ny fisian' ny lalàn' Andriamanitra. Eo anatrehan' ny toe-javatra rehetra niseho nandritra ilay ady lehibe, dia miara-manambara izao rehetra izao na ny mahatoky, na ny mpikomy. fa «mahitsy sy marina ny lalànao, ry Mpanjakan' ny olona masina».

Naseho mibaribary teo anatrehan' izao rehetra izao ny sorona lehibe nataon' ny Ray sy ny Zanaka ho famonjena ny olombelona. Tonga ny ora handraisan' i Kristy ny toerana sahaza Azy ka hanandratana Azy ho ambonin' ny fiandrianana sy ny fahefana ary ny anarana rehetra azo tononina. Noho ny fifaliana napetraka teo anoloany dia ny ahazoany mitondra zanaka maro ho amin' ny voninahitra — no niaretany ny hazo fijaliana sy tsy nitandroany henatra. Ary tahaka ny tsy ahatakaran' ny saina ny halehiben' ny fijaliana sy ny fahafaham-baraka no tsy ahatakaran' ny saina koa ny halehiben' ny fifaliana sy ny voninahitra. Mijery ny voavotra nohavaozina indray araka ny endriny Izy. mandinika ny fo tsirairay mitondra tanteraka ny endrik' Andriamanitra, ny tava tsirairay milaratra ny fitoviana amin' ny Mpanjakany. Mijery ireo vokatry ny fisasaran ny fanahiny Izy ka afa-po. Rehefa izany dia miteny amin' ny feo mahery Izy izay ren' ireo vahoaka sesehena tafavory na ny tsara fanahy na ny ratsy fanahy, hoe : «Indreto ny navotana tamin' ny rako! Ho an' ireo no nijaliako; ho an' ireo no nahafatesako, mba ahazoany mitoetra eto anatrehako mandritra ny mandrakizay». Dia misandraira avy amin' ireo miakanjo fotsy manodidina ny seza fiandrianana ny hira fiderana manao hoe : «Ny Zanak' ondry, Izay novonoina. dia mendrika handray ny hery sy ny harena sy fahendrena sy faherezana sy haja'sy voninahitra ary saotra!» [7]

Na dia voatery hanaiky ny fahamarinan' Andriamanitra sy hiankohoka eo anatrehan' ny fahambonian' i Kristy aza i Satana, dia tsy miova fenitra akory ny toetrany amam-panahiny. Mitroatra indray, tahaka ny rian-drano mahery, ny toe-tsaina mikomy ao aminy. Vinitra izy ka tapa-kevitra fa tsy hilefitra eo amin' ilay ady lehibe. Tonga ny fotoana hikatrohana ny ady lehibe farany amin' Ilay Mpanjakan' ny lanitra ka vonon-kandrovi-tsihy izy. Mirotsaka eo afovoan' ny mpanompony izy ka miezaka handranitra azy ireo koa ho romotra tahaka azy koa sy hanainga azy hirotsaka avy hatrany amin' ny ady. Nefa amin' ireo vahoaka an-tapitrisany tsy tambo isaina ireo izay tarihiny hikomy dia tsy misy na iray aza ankehitriny manaiky ny fanapahany tsy refesi-mandidy. Mifarana hatreo ny fahefany. Feno fankahalana an' Andriamanitra toa an' i Satana koa ny fon' ny ratsy fanahy; hitan' ireo anefa fa tsy misy fanantenana intsony ny aminy ary tsy azony atao ny handresy an' i Jehovah, koa dia mifototra amin' i Satana ny fahatezerany ary romotra amin' ireo izay nampiasainy hamitaka azy izy ka mamely azy.

Hoy Jehovah : «Satria efa nataoko ho toy ny fon' Andriamanitra ny fonao, dia, indro, hitondra olona hafa firenena Aho hamely anao, dia izay masiaka indrindra amin' ny firenena, ka hotsoahany ny sabany hamelezany ny fahendrenao tsara, ary hataony matroka ny famirapiratanao». «Ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka. hiala tao amin' ny vato mirehitra. . . Nazerako eny an-tany ianao sady natolotro ho fitalanjonan' ireo mpanjaka. . . Koa izany no amoahako afo avy ao aminao handevona anao, ary hataoko tonga lavenona eny ambonin' ny tany ianao. eo imason' izay rehetra mijery anao. . . Ho tonga fampitahorana ianao. . . ary tsy ho ao intsony mandrakizay » [8].

«Fa ny kiraron' izay mitrevatreva fandeha eo amin' ny fihorakorahan' ny ady. sy ny fitafiana mihosin-dra dia samy hodorana, sy ho kitay hatohoka amin' ny afo izany». «Fa Jehovah dia tezitra amin' ny Jentilisa rehetra, ary mirehitra amin' ny miaramilany rehetra ny fahatezerany; efa nodidiany haringana ireo ary natolony hovonoina». «Handatsaka fandrika amin' ny ratsy fanahy Izy tahaka ny fandatsaka ranonorana; afo sy solifara ary rivo-mahamay no ho anjara kapoakany» [9]. Hivava ny tany; holoarana avy ao hivoaka ireo fiadiana nafenina tany. Hisy lelafo mandevona hivoaka avy amin' ny lavaka mangotanatana rehetra. Na dia ny vatolampy aza hirehitra. «Fa, indro, avy ny andro, mandoro toy ny fatana fandoroana izy», ary «ho levon' ny afo ny tenan' ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy» [10]. Tahaka ny fonjam-by voaempo ny vohon' ny tany farihy afo midadasika. misamboaravoara. Izao no andro «fitsarana sy fandringanana ny olona ratsy fanahy». «Fa Jehovah manana andro famaliana dia taona famaliana hiadiana ho an' i Ziona» [11].

Mandray ny valin' asany eto an-tany ny ratsy fanahy (Ohabolana 11 ; 31). Dia «ho vodivary» izy, «ka dia handoro azy ny andro izay ho avy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro» [12]. Misy ho levona haingana, misy kosa izay hijaly mandritra ny andro maro. Samy hofaizina «araka ny asany» avy izy. Efa nafindra tamin' i Satana ny fahotan' ny tsara fanahy ka tsy hijaly noho ny fikomiana nataon' ny tenany fotsiny izy, fa noho ny fahotana rehetra nampanaoviny ny vahoakan' Andriamanitra koa. Ny famaizana hihatra aminy dia ho mafy lavitra noho ny an' ny olona nofitahiny. Aorian' ny ahafatesan' izay rehetra lavo noho ny fitaka nataony, dia mbola ho velona sy hijaly izy. Amin' ny farany dia ho levon' ny afo mpanadio ny ratsy fanahy, «na ny fakany na ny sampany». Satana no fakany, ary ireo mpanaraka azy no sampany. Nampiharina ny famaizana ; feno noho ny fandikan-dalàna; afa-po ny fitakian' ny fahamarinanana; ary eo am-pibanjinana izany ny tany sy ny lanitra, dia manambara fa marina i Jehovah.

Mifarana ho mandrakizay ny asa fandravana ataon' i Satana. Nandritra ny enina arivo taona dia nanatanteraka ny sitrapony izy ka nameno ny

tany tamin' ny fahoriana sy nahatonga alahelo manerana izao rehetra izao. Ny voary manontolo dia niara-nisento sy niara-narary toy izay efa hiteraka. Ankehitriny dia afaka mandrakizay amin' ny fanatrehany sy ny fakam-panahy ny zavaboary. «Miadana ka mandry fahizay ny tany rehetra; velominy ao ny hoby» [13]. Misy horakora-piderana sy fandresena misandratra amin' ny tontolo rehetra mahatoky». Dia nahare feo tahaka ny an' ny vahoaka betsaka aho, sy tahaka ny firohondrohon' ny ranobe, ary tahaka ny fikotrokotroky ny kotrokorana mafy; nanao hoe : Haleloia! Fa ny Tompo Andriamanitra dia ny Tsitoha. no Mpanjaka»a [14].

Raha mbola voasaron' ny afo fandringanana ny tany, ny marina kosa mitoetra tsy manana ahiahy ao amin' ny Tanàna Masina. Tsy manan-kery amin' ireo izay nanana anjara tamin' ny fitsanganana voalohany ny fahafatesana faharoa. Afo mandevona ho an' ny ratsy fanahy Andriamanitra, fa «Masoandro sy Ampinga» kosa ho an' ny olony.a [15]

«Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho; fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany» [16]. Manadio ny tany ny afo izay mandevona ny ratsy fanahy. Voafafa ny ozona rehetra. Tsy hisy helo mirehitra afo mandrakizay eo anatrehan' ny voavonjy hampahatsiaro mandrakariva ny vokatra mahatsiravina avy amin' ny fahotana.

Fampahatsiahivana tokana ihany no hitoetra : hitondra mandrakariva ny holatry ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana Ilay Mpanavotra antsika. Eo amin' ny lohany noratraina, eo amin' ny lanivoany, eo amin' ny tanany aman-tongony, ireo no hany soritry ny asa mahatsiravina nataon' ny fahotana. Hoy ny mpaminany raha mibanjina an' i Kristy ao amin' ny voninahiny izy : «Misy famirapiratana toy ny mazava, ary misy tana-masoandro avy eo amin' ny tanany; ary ao no fieren' ny heriny» [17]. Amin' io lanivoany voatrobaka io izay nijininihan' ny ra nampihavana ny olombelona tamin' Andriamanitra no ahitana ny voninahitry ny Mpamonjy, ao no «fieren' ny heriny». «Mahery ka mahavonjy» Izy amin' ny alalan' ny soron' ny fanavotana, noho izany dia manan-kery hampihatra famaliana amin' ireo izay nanamavo ny famindrampon' Andriamanitra Izy. Koa ny mariky ny fanentren-tenany no voninahiny ambony indrindra ; mandritra ny mandrakizay dia hampiseho ny fiderana Azy sy ny heriny ny holatr' i Kalvary.

«Ary ianao, ry tilikambon' ny andiany, tendrombohitr' i Ziona zanakavavy, aminao no ho tonga izany, eny ho tonga ny fanapahana voalohany». Tonga izao ny fotoana nandrandrain' ny olona masina hatramin' ny nanakanan' ny lelafon' ny sabatra mihebiheby ireo mpivady voalohany tsy hiditra tany Edena, dia ny fotoana «ho amin' ny fanavotana ny olona izay nalainy (Andriamanitra) ho an' ny tenany» [18]. Ny tany izay nomena ny olona tany am-boalohany ho fanjakany, kanefa natolony teo

am-pelatanan' i Satana. ary notazonin' io fahavalo mahery io ela dia ela. ankehitriny dia tafaverina tamin' ny alalan' ny drafitry ny fanavotana. Tafaverina avokoa izay rehetra very noho ny fahotana. «Fa izao no lazain' i Jehovah. Izay nahary ny lanitra sady namorona ny tany sy nahavita azy. Izy no nandamina azy; tsy ho tany tsy misy endrika tsy akory no namoronany azy, fa nataony honenana» [19]. Tanteraka ny fikasan' Andriamanitra tany am-boalohany tamin' ny namoronany ny tany dia ny hanao azy ho fonenan' ny voavotra mandrakizay. «Ny marina handova ny tany. ka honina eo aminy mandrakizay» [20].

Ny tahotra andrao hahatonga ny lova mandrakizay ho ara-nofo loatra dia nanosika olona maro handray ho ara-panahy ireo fahamarinana izay mitaona antsika hibanjina ny lanitra ho fonenantsika. Nanome toky ny mpianany i Kristy fa handeha hamboatra fitoerana ho azy any amin' ny tranon' ny Ray. Ireo izay manaiky ny fampianaran' ny tenin' Andriamanitra dia tsy avela tsy hahalala tanteraka ny mikasika ny fonenana any an-danitra. Koa «izay tsy mbola hitan' ny maso ary tsy mbola ren' ny sofina na niditra tao am-pon' ny olona no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy» [21]. Tsy ampy hahalaza ny momba ny valisoan' ny marina ny fitenin' olombelona. Izay hahita azy ihany no hahafantatra azy. Tsy misy saina voafetra afaka hahatakatra ny voninahitry ny Paradisan' Andriamanitra.

Ao amin' ny Baiboly ny lovan' ny voavonjy dia atao hoe : «taniny» . Any Ilay Mpiandry ondrin' ny lanitra no mitarika ny andian' ondry ho eo amin' ny loharanon' ny ranon' aina. Mamoa isam-bolana ny hazon' aina, ary ny ravin' ny hazo dia ho fanasitranana ny firenena. Misy renirano mikoriana lalandava, tahaka ny vato kristaly, ary eo amin' ny andaniny roa dia misy hazo manofahofa ny raviny manalokaloka ny lalana namboarina ho an' ny navotan' i Jehovah. Ao ireo lohasaha midadasika dia misandratra ho havoana mahafinaritra, sy ireo tendrombohitr' Andriamanitra mampisondrotra irony tendrony mijoalajoala. Eo amin' ireo lohasaha mandry fahizay ireo, eny amoron' ireo rano veiona no nahita fonenana ny vahoakan' Andriamanitra, izay efa ela no naha-mpivahiny sy mpirenireny azy.

«Ary ny oloko hitoetra eo amin' ny fonenana mandry fahizay sy ao amin' ny fitoerana mahatoky ary ao amin' ny fialan-tsasatra feno fiadanam-po». «Ny fampahoriana tsy ho re eo amin' ny taninao intsony, na ny fandravana sy ny fandringanana ao anatin' ny faritaninao; ny mandanao dia hataonao hoe Famonjena, ary ny vavahadinao hataonao hoe Fiderana». «Hanao trano ny olona ka hitoetra ao; ary hanao tanimboaloboka ny olona ka hihinana ny vokatra aminy. Tsy hanao trano hitoeran' olon-kafa izy, na hamboly zavatra hohanin' olon-kafa. . . Ary ireo voafidiko dia hanaram-po amin' ny asan' ny tànany» [22].

«Ravoravo ny efitra sy ny tany karankaina ary ny tany hay dia ho faly sy hamony tahaka ny lilia». «Ny hazo kypreso haniry ho solon' ny tsilo. ary ny rotra ho solon' ny sampivato». «Ary ny amboadia hiara-mitoetra amin' ny zanak' ondry, ny leoparda hiaramandry amin' ny zanak' osy;. . . ary ny zazakely no hiraoka azy». «Ary tsy handratra na hanimba eran' ny tendrombohitra masina izy» [23]hoy Jehovah.

Tsy mety hisy fanaintainana ao amin' ny rivo-piainan' ny lanitra. Tsy hisy intsony ny ranomaso, tsy hisy mpandevina mitanjozotra, tsy hisy mariky ny fisaonana. «Ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha». «Tsy hisy amin' ny mponina ao hilaza hoe : Marary aho; ny olona izay mitoetra ao dia voavela heloka» [24].

Jerosalema vaovao no renivohitry ny tany vaovao be voninahitra izay «satroboninahitra eo an-tanan' i Jehovah sy ho satrok' andriana eo am-pelatanan' Andriamanitra». «Ny famirapiratany dia ho tahaka ny vatosoa indrindra, dia ho tahaka ny vato jaspy, manganohano tahaka ny vato kristaly». «Ary ny firenena maro no handeha amin' ny fahazavany; ary ny mpanjakan' ny tany dia mitondra ny voninahiny ho ao anatiny». «Dia ho faly amin' i Jerosalema Aho sy ho ravoravo amin' ny oloko». «Indro, ny tabernakelin' Andriamanitra dia eo amin' ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny» [25].

«Tsy hisy alina intsony» any amin' ny tananan' Andriamanitra. Tsy misy hahatsiaro vizana ka haniry fialan-tsasatra. Tsy hisy intsony harerahana amin' ny fanaovana ny sitrapon' Andriamanitra sy fiderana ny anarany. Ho tsapantsika mandrakariva ny famelombeloman' ny maraina ary tsy hanam-pahataperana izany. «Ary tsy mba mila fahazavan' ny jiro na fahazavan' ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy» [26]. Ny fahazavan' ny masoandro dia hihoaran' ny famirapiratana izay tsy hampanjambena, nefa hamirapiratra mihoatra noho ny amin' ny mitataovovonana.

«Ary tsy nahita tempoly aho teo aloha; fa ny Tompo Andriamanitra, dia ny Tsitoha, sy ny Zanak' ondry no tempoliny» [27]. Mahazo tombon-tsoa amin» ny firaisana mivantana amin' ny Ray sy ny Zanaka ny vahoakan' Andriamanitra. «Fa ankehitriny isika mizaha amin' ny fitaratra ka tsy mahita marina» [28]. Mijery ny taratry ny endrik' Andriamanitra isika, tahaka ny amin' ny fitaratra, eo amin' ny asan' ny zavaboary sy eo amin' ny fifandraisan' Andriamanitra amin' ny olombelona; fa amin' izay kosa hahita Azy mifanatrika isika, tsy hisy hanakona sy hanembantsembana intsony. Hijoro eo anatrehany isika ka hibanjina ny voninahiny eo amin' ny endriny.

Hahafantatra «toy izay nahafantarana» azy ny voavotra ao. Ny fitiavana sy ny firaisam-po izay novolen» Andriamanitra tao amin' ny fanahy dia ho afaka hiseho amin' ny tena endriny marina sy mamy indrindra. Ny

firaisana madio amin' ny olona masina, ny firindran' ny fiainana miaraka amin' ny anjely sambatra sy miaraka amin' ireo olona mahatoky tamin' ny andro rehetra izay nanasa ny akanjony sy namotsy azy tao amin' ny ran' ny Zanak' ondry, ireo fatorana masina izay mampiray «ny fianakaviana any an-danitra sy ety an-tany» (Efesiana 3:15)ireo rehetra ireo no hahatonga ny fahasambaran' ny voavotra.

Any amin' ny tany vaovao, dia hibanjina ny hery mahagaga nahariana izao rehetra izao sy ny zava-miafin' ilay fitiavana manavotra ny voavonjy. Any tsy hisy fahavalo masiaka, mamitaka haka fanahy antsika hanadino an' Andriamanitra. Hivelatra ny fahaizana rehetra ary hitombo ny talenta rehetra. Tsy hanasatra ny saina na handany hery ny fitadiavam-pahalalana. Ho tanteraka any ny fikasana miezinezina indrindra, ho tratra ny zava-kendrena ambony indrindra, ho tanteraka ny faniriana ambony indrindra; ankoatra izany anefa dia mbola hisy ihany tendro vaovao hotratrarina; zava-mahagaga vaovao hahaliana, anton-javatra vaovao hampiasana ny herin' ny saina sy ny fanahy ary ny tena.

Hidanadana mba ho fianaran' ny voavotr' Andriamanitra ny haren-tsarobidin' izao rehetra izao manontolo. Tsy ho voasakantsakan' ny fahafatesana izy ireo, ka afaka hisidina, ary tsy ho sasatra, ho any amin' izao tontolo izao lavitra — izao tontolo izao izay mangitakitaka sy nalahelo raha nahita ny fahorian' ny olombelona sy nihira hiram-pifaliana raha nandre ny vaovao ny amin' ny fanahy iray voavonjy. Tsy hay lazaina ny fahafinaretan' ny zanak' ity tany ity miditra eo amin' ny fifaliana sy ny fahendren' ireo mponina tsy lavo. Mizara ny harem-pahalalana sy ny haren-tsaina azony nandritra ny andro rehetra nifandimby teo am-pandinihana ny asantanan' Andriamanitra izy. Tsy misy manamaloka ny fijeriny eo am-pitazanana ny voninahitry ny famoronana — ny masoandro sy ny kintana ary ireo vondron-kintana, samy mandeha manodidina ny seza fiandrianan' Andriamanitra araka ny sori-dalana voatendry hizorany avy. Ny zavatra rehetra, hatramin' ny kely indrindra ka hatramin' ny lehibe indrindra, dia misy ny anaran' ny Mpamorona voasoratra eo aminy avokoa, ary izy rehetra dia samy maneho raki-tsarobidin' ny heriny avokoa.

Ary arakaraka ny handrosoan' ireo taona tsy hanam-pahataperana, dia hitombo hatrany ny fanambarana ny hasoa sy ny voninahitry ny fanambarana momba an' Andriamanitra sy Kristy. Ary arakaraka ny hitomboan' ny fahalalana, no hitomboan' ny fitiavana, ny fanajana sy ny fahasambarana koa. Arakaraka ny hahafantaran' ny olona bebe kokoa ny amin' Andriamanitra, no hampitombo ny fankalazany ny toetrany. Rehefa sokafan' i Jesosy eo anoloan' izy ireo ny zava-miafin' ny fanavotana sy izay vita tamin' ny fikatrohana ilay ady lehibe nifanaovana tamin' i Satana, dia hientanentana ho amin' ny fitiavana mafana ny fon' ny voavotra, ary amim-pifaliana sy

firavoravoana bebe kokoa no hanaovany hira mamy loatra amin' ny lokanga volamenany; ary feo alinalina sy arivoarivo tsy manampahataperana no hiara-miredona hiram-piderana mireondreona.

«Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay ety ambonin' ny tany sy any ambanin' ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin' izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe : Ho an' Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana sy ho an' ny Zanak' ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay » [29].

Mifarana hatreo ilay ady lehibe. Tsy misy intsony ny fahotana sy ny mpanota. Voadio tanteraka ny tontolo rehetra. Miara-mitepo fifaliana sy firindrana ny voary manontolo. Avy amin' Ilay Mpamorona izao rehetra izao no mikoriana ny aina sy ny fahazavana ary ny fifaliana manerana ny fanjakana eny amin' ny habakabaka tsy misy fetra. Hatramin' ny «atoma» kitika indrindra ka hatramin' izao tontolo izao lehibe indrindra, ny zavatra rehetra, na ny manan' aina na ny tsy manan' aina dia samy manambara amin' ny alalan' ny hankatony sy ny fifaliany safononoka fa Andriamanitra dia fitiavana.

**Fanamarihana**

1 Zak. 14 , 5 , 4 , 9
2 Apok.7 : 9
3 Apok. 7 : 10
4 Apok. 20: 11. 12
5 Matio 25 : 40
6 Sal. 145 : 10
7 Apok. 5: 12
8 Ezek. 28 : 6 - 8, 16- 19
9 Isa. 9 : 4 ; 34 : 2 ; Sal. 1 1 : 6
10 Mal. 3 : 1 9 ; 2 Pet. 3 : 1 0
11 Isa. 34 : 8
12 Mal. 3 : 19
13 Isa. 14 : 7
14 Apok. 19 : 6
15 Apok. 20 : 6 ; Sal. 84 : 11
16 Apok. 21 : 1
17 Hab. 3 : 4
18 Efes. 1 : 14
19 Isa. 45 : 18
20 Sal. 37 : 29
21 1Kor. 2 : 9
22 Isa. 32 : 18 ; 60 : 18 ; 65 : 21, 22
23 Isa. 35 : 1 ; 55 : 13 ; 11 : 6, 9
24 Apok. 21 : 4 ; Isa. 33 : 24
25 Isa. 62 : 3 ; Apok. 21 : 11, 24 : Isa. 65 : 19 ; Apok. 21 : 3
26 Apok. 22 : 5
27 Apok. 21 : 22
28 1Kor. 13 : 12
29 Apokalypsy 5: 13

# Fanampiny

**Pejy 43.** NY ANARAM-BONINAHITRA ENTIN'NY EVEKAN'I ROMA. Maro ihany ireo anarana enti-manonona ny papa... Indreto ny anaram-boninahitra izay fampiasa matetika indrindra. Pontifex Maximus, sumus Pontifex izay nomena ny eveka na ny arseveka, sanctitas et Sactissime Pater (Ilay Masina, Ray Masina Indrindra). Raha ny anaram-boninahitra hoe *Mpisolo an'i Jesosy Kristy*, dia nenti-nanonona ny evekan'i Rôma izany, ary koa eveka sy mpanjaka, ary tsy nampiasaina manokana ho an'ny papa samirery raha tsy tamin'ny taonjato faha-XII tany ho any. (P. Larousse, dictionnnaire Universel, art. «Papauté», vol. XII, t. 137).

Hatramin'i Innocent III, dia tsy afa-po tamin'ny fiantsoana azy hoe dimby na mpisolo an'i Masindahy Piera ny papa, na toy ny niray saina sy fo taminy mihitsy, toa an'i Grégoire VII, fa nandray ny anarana hoe «Mpisolo an'i Kristy» na «Mpisolo an'Andriamanitra». «Izay ataon'ny papa ao amin 'ny eglizy», hoy i Innocent, «dia tsy olombelona no manao azy, fa ny tenan'Andriamanitra tokoa amin'ny alalan'ny solony» ary izany, hoy ireo mpivaofy ny heviny, dia amin'ny alalan'ny *coeleste arbitrium* izay ahazoany manova ny toetra mahaizy ny zavatra, mampisandratra ny zo, ka tsy mila hiantehitra amin'ny antony hafa afa-tsy ny sitra-pony irery. «Tsy misy olona na iza na iza», hoy ny monka Augustin Triumphus, «afaka hangataka an'Andriamanitra hanova ny didim-pitsarana avoakan'ny papa, satria ny didim-pitsarany dia tena ny an'Andriamanitra mihitsy «unum consitorium et ipsius papae et ipsius Dei). Tahaka an'i Kristy, dia izy no vadin'ny fiangonana; mitsara ny olona rehetra izy ary tsy azon'olombelona na iza na iza tsaraina». Farany, ilay manampahaizana manokana momba ny lalàm-piangonana (droit canon), Zizelin, dia tsy matahotra ny hiantso azy hoe «Dominum Deum nostrum Papam» (Ny Tompo Andriamanitsika ny Papa) (Histoire de christianisme depuis son origine jusqu'à nos jours, par Etienne chastel, Tome III, p. 188, 189, Paris, Fischbacher 1885)

Izao koa no voalaza ao amin'ny Tantaran'ny fiangonana, nosoratan'i A. Mörland, trano Printy Fiangonana Loterana Malagasy, Antananarivo 1978, t. 45: «Koa dia lohan'ny eveka ny eveka rehetra tany Rôma, izay nanampahefana sy adidy hanome lalàna sy ho mpitsara nefa tsy nisy nanampahaizana hitsara azy, fa izy no «vicarius Christ», izany hoe solontenany».

NY TSY FETEZANA HO DISO HEVITRA. - Mikasika ny fampianarana momba ny tsy fetezana ho diso hevitra, jereo ny Catholic Encyclopedia, art. «Infallibility» (nataon'i P. J. Tunner S.T.D; Geo. Salmon, The Infallibility of the Church; Chas Elliot, Delineation of the Rôman Catholicism, b. I ch. 4; Cardinal Gibbons, The Faith of our Fathers, navoaka faha-49, 1897, ch. 7.

Momba ny toetry ny Eglizy tsy mety diso, jereo ny Sasin-tenin'ny Baiboly Katôlika nadikan'ny mompera Jezoita amin'ny vikarian'Antananarivo, 1938, t. XVI.

Momba ny tsy maha mety diso ny papa, jereo ny Katesizy katôlika, Imprimerie Catholique, Tananarive, 1976, t. 45.

**Pejy 45.** NY FIANKOHOFANA AMIN'NY SARY. «Noho ny fanompoam-pivavahan'ireo antoko kristianina voalohany nalaina mivantana, raha ny amin'ny endriny ivelany, tamin'ny an'ny synagoga, dia mazava rahateo fa tsy nisy sary momba azy, Ireo Kristianina tamin'ny taonjato voalohany dia fatrapanesoeso ny jentilisa noho izy ireny nanaja, vokatry ny finoanoam-poana, ireo fampisehoana hita maso ny andriamanitra nivavahany. Anankiray tamin'ireo foto-kevitra noventesin'ireo mpanoratra niaro ny fivavahana kristianina ny amin'izany. Ny mpiaro ny fivavahana tranainy dia nanamarina izany fanao izany tamin'ny alalan'ny fanavahana ataon'ny Katôlika ankehitriny amin'ny sary sy izay asehony, kanefa na ny ankehitriny amin'ny sary sy izay asehony, na ny teo aloha, dia samy tsy afaka hanohitra ny zava-misy ((Lactance, Inst. div, II, 2)...

«Fa hatramin'ny taonjato faha-5 sy ny nibosesehan'ny Jentilisa tao amin'ny fiangonana kosa dia nihanalefaka miandalana ilay fisehoana ho sarotiny amin'izany tamin'ny voalohany. Tsy ela akory ny sary masina dia nohajaina fatratra ary niova vetivety ho fanompoan-tsampy mihitsy izany. Nisy eveka vitsivitsy niezaka hanohitra io fomba mihoapampana io...

«Ny foiben'ny (Eglizy) Rômanina anefa dia nanana fironana hampirisika izany karazana fanompoam-pivavahana izany fa tsy dia ny hamepetra azy loatra, na dia mbola nampihatra mafy ny fandrarana ny tena fiankohofana amin'ny sary nataon-tanan'olona aza i Grégoire Lehibe. Izany anefa tsy nahasakana ny maro tsy hitsontsorika amin'io lala-malama io... Tany Atsinanana no nahitana ny fiezahana voalohany hanao fanitsiana... Ireo izay nanao izany dia nitady hanadio ny fiangonana kristianina ho afaka tamin'ny fanakianana, angamba ny marim-pototra indrindra nataon'ny Silamo niampangana azy ho nanompo sampy...

«Tamin'ny taona 754, I CONSTANTIN COPRONYME (Amperora tany Atsinanana) dia namory ny Konsily ekiomenika tany Constantinople. Tsy nisy na iray aza tamin'ireo filoham-piangonana tamin'ny tanàn-dehibe tonga tao, fa ireo eveka 338 vory tao amin'io tanàna io kosa nilaza fa i Satana irery ihany no afaka nampiditra indray ny fivavahana (sary) tamin'ny zavaboary... Nolazainy koa fa manohitra ny Soratra Masina ny fivavahana amin'ny sary (Jaona 4:24; 1:18; 20:29; Doeterônômia 5:8,9; Rômanina 1:23; 2 Kôrintianina 5:7; Rômanina 10:17) sady nohelohin'ny Rain'ny fiangonana. Nambara fa voaozona ireo mpanaraka ny hevitra nifanohitra tamin'izay, ary dia voatery nilefitra tamin'io didy io avokoa... NITSIPAKA NY

DIDY TAMIN'NY 754 NY PAPA ETIENNE III, ary tamin'ny taona 769 ny dimbin'i ETIENNE IV DIA NAMPANAMELOKA IREO FAHAVALON'NY SARY TAMIN'NY KONSILY TANY LATRAN... Tamin'ny 787 (KONSILY FAHAROA TANY NICEE) DIA NOMELOHINA NY DIDY TAMIN'NY 754, ary navoaka ny lalàna fa tokony harahabaina sy homem-boninahitra ny sary, na dia avahana amin'ny tena fivavahana izany, izay tokony hatao amin'Andriamanitra irery.

«Ny fifandirana niseho tany Atsinanana dia nisy akony tany Andrefana... Ny Konsily tany Francfort (794), na dia nisy solontenan'ny papa nanatrika tao, dia niray feo nitsipaka ireo didy novolavolaina tany Nicée, ary nanozona na iza na iza manompo sary na miankohoka aminy (servitum aut adorationem). Fony fahavelon'i Charlemagne, dia voatana manerana ny fanjakana franç sy tany amin'ny nosin'i Bretagne ny fanoherana ny fiankohofana amin'ny sary, ka tsy nandà izany ny foibe tany Rôma, afa-tsy tamin'ny fomba nalefadefaka ihany...»

«Kanefa ireny ezaka nataon'olona tsirairay na tamin'ny toerana voafetra ireny dia tsy nahasakana ny fibosesehana miandalan'ny fiankohofana amin'ny sary, izay nampirisihin'i Rôma izaitsizy. I Rôma no loharano nampidi-doza nipoirany». (F. Lichtenberger, Encyclopédie des Sciences Religieuses, Paris, Fichbacher, 1879, Tome VI, p. 486 - 490, art. Images Querelle des, par A. Réville).

Jereo ny tantaran'ny fiangonana, A Mörland, Trano Printy Loterana, Antananarivo, 1978, tt. 101, 102

**Pejy 45.** NY LALANA NAVOAKAN'I CONSTANTIN - Toy izao no fivakin'ny lalàna navoakan'i Constantin tamin'ny 7 Marsa 321 AD, mikasika ny andro fitsarahana:

«Aoka ny mpitsara rehetra, ny mponina rehetra amin'ny tanàna, sy ny mpanao asan-tanana rehetra, samy hitsahatra amin'ny andron'ny masoandro mendrika hohajaina. Aoka kosa anefa ireo izay mipetraka any ambanivohitra hiasa ny taniny malalaka sy amin'ny fahafahana tanteraka; matetika mantsy no tsy misy andro hafa mahamety kokoa ny famafazana voa na ny fambolena voaloboka; koa aoka tsy havela handalo foana ny fotoana mety, ka ho voasakana ny fikasany hahasoa avy amin'ny lanitra». - A. H. Lewis, (*History of Sabbath and the Sunday*, navoaka fanindroany sy nohavaozina tamin'ny 1903, tt. 123, 124; Jereo koa ny Cadex of Justinian, lib. 3, tit. 12, leg. 3 ao amin'ny Chamber's Encyclopedia, art. «Sabbath»; Encyclopedia Britannica, navoaka fanintsiviny, momba ny hoe «Sunday»; Peter Heylyn; *The History of the Sabbath,* navoaka fanindroany sy nohavaozina tao Londres, 1636 pt, 2, ch. 3, pp. 66, 67.

**Pejy 46.** NY VANINANDRO ARA-PAMINANIANA. Misy fitsipika lehibe anankiray momba ny fivoasana ny faminaniana ka mifandray indrindra

amin'ireo misy fe-potoana voalaza, dia ny andro iray mampiseho taona iray, ka raha izany, ny andro iray ara-paminaniana dia isaina ho taona iray ara-tantara. Talohan'ny nidiran'ny zanak'israely tany Kanana dia naniraka mialoha mpisafo tany roa ambin'ny folo lahy izy hizaha tany. Rehefa niverina izy ireo, ny Hebreo izay raiki-tahotra mafy noho ny tatitra nataony dia nandà tsy hiakatra mba haka ilay Tany nampanantenaina. Ho vokatr'izany, dia nisy didy navoakan'i Jehovah nanameloka azy: «Araka ny isan'ny andro efa nisafoanareo ny tany, - ka ny andro iray hosoloana taona iray - no hitondranareo efa-polo taona». Nomery 14:34. Misy fomba fanisana ny fotoana mikasika ny ho avy koa voatondro tamin'ny alalan'i Ezekiela mpaminany. Nisy efa-polo taona ho famaizana niandry ny fanjakan'i Joda noho ny faharatsiany. Hoy Andriamanitra tamin'ny alalan'ny mpaminany: «Ary rehefa tapitrao ireo, dia ataovy ambany mandry kosa ny ilanao ankavanana, ary aoka hitondra ny heloky ny taranak'i Joda efapolo andro hianao; ny indray andro nataoko ho solon'ny iray taona ho anao». Ezek. 4:6. Ity fitsipika ny amin'ny andro iray mampiseho taona iray ity dia misy fampiharana azy lehibe amin'ny fivoasana ny faritra manondro fotoana amin'ny faminaniana ny amin'ny «Telonjato sy roa arivo andro» (Dan. 8:14) sy ny 1260 andro, izay lazaina koa amin'ny toerana hafa ho «fetr'andro iray sy fetr'andro roa ary antsasaky ny fetr'andro» (Dan. 7:25) sy ho «roa amby efapolo volana» (Apôk. 11:2; 13:5) ho «ny enimpolo amby roanjato sy arivo andro sy tapany» (Apôk. 11:9).

**Pejy 48.** DONATION DE CONSTATIN SY FAUSSES DECRETALES. Anisan'ireo fisandohana ara-tantara lehibe indrindra nokendrena hampiorenana ny fahefan'ny papa dia tsy maintsy lazaina ny amin'ny «Donation de Constantin» sy ny «Décrétales pseudo-Isidoriennes».

Ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe: *Le pouvoir du pape sur les Souverains du Moyen- age* (Paris - 1839); ny mpanoratra Gosselin, talen'ny Semineran'ny st Sulpice ao Paris, dia milaza toy izao ny amin'ny voalohany: « ... Noheverina fa ny fahefana ara-nofo nananan'ny papa tamin'ireo fanjakana tany Eorôpa dia niorina teo ambonin'ny Donation de Constantin, izany hoe teo amin'ny fanambarana manetriketrika nataon'io amperora io izay **nanolorany ho mandrakizay ho an'ny seza fiandrianana papaly ny tanànan'i Rôma, miaraka amin'i Italia sy ny faritany rehetra ao anatin'ny fanjakana any Andrefana.**

«Heverinay fa tsy ilaina ny mamisavisa ny amin'izany tolotra sandoka izany, izay heverin'ny ankamaroan'ny mpandinika môderna hatramin'ny andron'ny Fanavaozana ara-haisoratra, (Renaissance des lettres) fa notefitefena fotsiny (Apokryfa).»

Ny amin'ny faharoa kosa, dia izao no nosoratan'i Abbé Fleury, ao amin'ny bokiny, *Histoire Ecclésiatisques* (tome IX, liv. 45; par. 22, p. 445, Bruxelles 1721):

Ny antontan-taratasy ahitana azy dia mitondra ny anaran'i Isidore Mercator, izay toa espaniola ny fiaviany... Tsy ambarany anefa izay toerana nahitany azy ireo. Tsy fantatra tany Denys-le-Petit izany, izay nandray roanjato taona talohan'izao ireo taratasin'ny papa tany aloha (Décretales)... Afa-tsy izany dia hita soritra ny maha-sandoka azy ireny. Mitovy avokoa izay fomban-teny (Style) nanoratana azy rehetra izay sahaza lavitra ny taonjato faha-VIII fa tsy ny taonjato telo voalohany; lava mitarazoka sady feno hevitra tsy dia manao ahoana, ary, araka ny hita vokatry ny fahalianan-kanadihady, feno teny samihafa nalaina tamin'ny soratr'i Léon, i Md Grégoire sy ny mpanoratra hafa koa velona taty aorian'ireo papa izay lazaina fa nanoratra azy. Saiky diso avokoa ny datin'andro voatondro ao... Kanefa na dia sandoka sy notefitefena aza, dia voataona nandray izany ho marina ny Fiangonana Latina (tany Andrefana). Nitompoana ho tena izy ireo «décretales» sandoka nandritra ny valonjato taona; ary zara raha nilaozana tamin'ny taonjato lasa (faha-17). Marina fa ankehitriny dia tsy misy na iza na iza intsony, na dia izay tsy mahalala firy ny amin'ny zavatra toy izany aza, no tsy manaiky ny maha-sandoka azy».

Jereo Mosheim Histoire Ecclésiastique, livre III, siècle 9, 2ème part, ch. 2 sec. 81.

«Ny maha-sandoka ireo Décretales» nolazaina fa nosoratan'ireo «papa voalohandohany», hoy i Du Pin docteur-n'i Sorbonne (Nouvelle Bibliothèque des auterus ecclesiastiques p. 215 Utrecht, 1731), «dia efa fantatra loatra ankehitriny, koa tsy ilaina akory ny hiteny ny amin'izany». (Voalazan'i L. Gaussen, le Canon des Edretures, vol. II, p. 169)

Raha nilaza ny «amin'ireo taratasy maro dia maro izay azo antoka fa nosandohana» Dictionnaire de Théologie catholique dia manao hoe; «Raha nahita mpiaro tao amin'i Drumont sy ny abbé Darras ilay mpisandoka na dia tamin'ny taonjato faha-19 aza, dia miray feo kosa ny olo-mahay rehetra, na avy aiza na avy aiza ny tany niaviany, ary na inona na inona finoana arahiny, hanohitra ny fahombiazana mampalahelo azon'io fitaka nampididoza io. (Art. «Les fausses Décrétales», colonnes 214 et 221, Letouzey et Ané, Editeurs, Paris).

**Pejy 49.** NY DICTATUS-N'ny PAPA GREGOIRE VII. - Koa amin'izany ary dia tsy nisy ampy na inona na inona tamin'ny fahamboniana arapanahy nananan'ireo papa taty Andrefana. Fahefana ara-pitondrana eran-tany tamin'ny alalan'ny solontenany (légats), fahefana feno hanao lalàm-panorenana, ara-pitsarana, amin'ny fanaovana didy aman-dalàna, teo am-pelatanany avokoa izany rehetra izany. Efa hitantsika sahady voafono tao amin'ireo antsoina hoe Dictatus-n'i Grégoire VII izany, na dia tsy nambara ampahibemaso aza; marina fa iadian-kevitra ny amin'ny tena maha-azo antoka ireny. Na izany na tsy izany, dia etsy sy eroa amin'ireo taratasy

nosoratan'i Grégoire VII, dia voaseho ny fisiany marina, ary koa amin'ireo fanapahan-kevitra samihafa nataony nandritra ny fotoana naha-papa azy. (Etienne Chastel, Histoire du Christianisme, tome III, p. 188).

**Pejy 50.** NY AFO FANDIOVANA. - toy izao no amaritan'i dr Joseph Faa Di Bruno ny afo fandiovana: «Ny afo fandiovana dia fijaliana aorian'ity fiainana ity, izay ihazonana mandritra ny fotoana voafetra ireo fanahy izay nandao izao fiainana izao, rehefa voavela ny fahotana mahafaty nataony raha ny amin'ny fahalotoana sy ny heloka, sy ny amin'ny fijaliana mandrakizay izay mendrika azy; nefa kosa mbola misy trosa tsy voaloany amin'ny famaizana ara-nofo momba ireo fahotana ireo; dia toy izany koa ireo fanahy izay nandao izao fiainana izao, izay tsy meloka afa-tsy noho ny fahotana maivamaivana». Catholic Belief, p. 196 (navoaka tamin'ny 1884); imprimatur Archbishop of New York).

Jereo koa K. R. Hagenbach compendium of the History of Doctrines navoakan'i T. and. T. Clark, vol. I p. 234 - 237, 405, 408; vol 2, p. 135-150, 308, 309; Charles Elliott, Delineation of Roman Catholicism, b. 2, ch. 12, The Catholic Encyclopedia momba ny «Purgatory».

Jereo: Katesizy, Imprimatur, Jerôme Rakotomalala, Antananarivo, 9 Aôut 1967, t. 51

**Pejy 51.** NY INDOLZANSY. - «Ity fomba fakam-bola ity dia ny papa Urbain II no nanomboka nampiasa azy, nanodidididina ny taona 1100», hoy i Sarpi ao amin'ny boky nosoratany «Histoire de Concile de Trente», (vol. 1, p. 13-18, Oxford, 1771) Jereo koa momba ny adihevitra sy ny didy navoakan'ny Concile de Trente momba izany ao amin'ny vol II, t. 745 sy 766; ary koa Bergier, Dictionnaire de Théologie, vol. III, art. «Indulgences», nataon'i W. H. Kent, O. S. C., Baywater, Londres, Catholic Encyclopedia, art. «Indulgences».

Ny teny famotsoran-tsazin-keloka nataon'i Tetzel tamin'ireo mpividy indolzansy dia voalaza ao amin'ny hoe: «Indulgences» ao amin'ny Dictionnaire Universel du XIXe siècle nataon'i Pierre Larousse (Vol. IX), izao no teny ao:

«Rehefa milaza ny fampiharana ny indolzansy amin'ny maty izy, dia nambarany ho toy ny fahamarinana tsy azo iadian-kevitra fa tsy takina mba ahazoana izany ny toe-pahasoavana (état de grâce). Izany filazana izany dia nahatonga azy hanao filazana izay midika fa ny fandraisana anjara amin'ny fandoavam-bola no zavatra rehetra ary tena azo antoka fa mahomby tanteraka».

«Raha vantany vao voarotsaka ao amin'ny vatan-drakitra ny vola, dia miala avy ao amin'ny afo fandiovana ny fanahy ka misinda ho any am-paradisa».

«Izany araka ny filazan'i Lotera, no fitenenana nahazatra an'i Tetzel, ary manan-tarehy ho marina izany fanambarna izany, raha raisina araka ny heviny, na dia ara-bakiteny aza».

Mbola nisy koa zavatra iray notefitefena mba hahazoan'ny mpanaraka an'i Rôma manararaotra ny tahotra sy ny faharatsian'ireo mpanaraka azy. Tanteraka izany teo amin'ny fampianarana momba ny famelan-keloka vidina. Famelana feno ny fahotana lasa, ankehitriny sy ny ho avy, ary ny fanafahana amin'ny fahoriana sy ny fampijaliana vokatr'izany, no nampanantenaina izay rehetra miditra ao amin'ireo ady ataon'ny papa mba hampiitatra ny fanjakany ara-nofo, hanafay ny fahavalony, na hamongotra ireo izay sahy manda ny fahefany faratampony eo amin'ny ara-panahy. Nampianarina ny olona koa fa raha mandoa vola amin'ny fiangonana izy, dia mety hanafaka ny tenany amin'ny fahotana, sady hanamaivana koa ny fahorian'ireo fanahin'ny sakaizany efa maty izay voatana ao amin'ny afo fampijaliana. Ny fomba toy izany no namenoan'i Rôma ny vata fitehirizam-bolany sy nahazoany nanohana ny rendrarendra, sy ny fanaranam-po amin'ny zava-tsoa sy ny faharatsian'ireo izay milaza ny tenany ho solontenan'ilay tsy mba nanana izay ametrahany ny lohany akory.

**Pejy 51.** NY LAMESA. - Tamin'ny andron'ny Raformasiona, ny Docteur de Sarbonne, Guy Furbity, izay voantso tany Genève tamin'ny taona 1533 mba hanohitra ny filazantsara, dia nanao hoe:

«Ny pretra izay manamasina ny mofo sy ny divay ao amin'ny kominio (Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo) dia ambony noho ny Virijina (Maria), satria indray mandeha ihany no niterahany an'i Jesosy Kristy, fa ny pretra kosa namorona Azy isan'andro, ary matetika araka izay tiany... Endrey ny pretra! ... Tsy tokony harahabaina fotsiny izy, fa tokony handohalehana sy hiankohofana».

*La Ttragédie des Siècles. p. 743.* Edition française de poche

Mikasika ny fampianarana momba ny lamesa, jereo ny asasoratry ny kardinaly Wiseman, *The Real Presence of the Body and Blood of our Lord Jesus Christ in the blessed Eucharist proved from Scripture;* jereo koa Catholic Encyclopedia momba ny «Eucharist» (nataon'i J. Pohle, S. T. D. Breslau).

Mikasika ny fampianarana momba ny «Transsubstantiation» (fiovan'ny mofo sy ny divay ho vatana sy ho ran'i Jesosy - Kristy), jereo R. P. Malzac: Français - Malgache; jereo koa ny Tantaran'ny fiangonana, nosoratan'i A. Mörland, Trano Printy Loterana, Antananarivo, 1978, t. 98, 111, 133. Zahao koa Katesizy, Jérôme Rakotomalala, Imprimerie catholique, Antanimena, Tananarive 1976, tt. 77, 81.

Ny fanasan'ny Tompo izay fombam-pivavahana ara-tSoratra Masina, dia nosoloina ny sorona fanao amin'ny lamesa toy ny fanaon'ny mpanompo sampy. Amin'ny alalan'ny bedibedy tsy misy dikany ataony, dia mihambo ireo mpisoron'ny papa hanova ny mofo tsotra sy ny divay ho « tena tenan'i Kristy sy ny rany ara-bakiteny ». (Cardinal Wiseman - Ny fanatrehana ara-bakiteny ny Tena sy ny Ran'i Jzsosy Kristy Tompontsika ao main'ny Eokaristia

Masina, voaporofon'ny Soratra Masina, toko faha-8, fizarana faha-3, andininy faha-26). Fitenenan-dratsy an'Andriamanitra ny fihamboany, satria milaza an-karihary izao izy fa manam-pahefana hamorona an'Andriamanitra Ilay Mpamorona ny zavatra rehetra. Nasaina nanambara ny finoany an'io «herezia» maharikoriko ny lanitra io ny Kristianina, raha tsy izany dia norahonany hovonoina. Vahoaka marobe izay nandà izany no nodorona tamin'ny afo. (Fanampin'ny pejy-59)

**Pejy 56.** NY VAUDOIS - LALANA NAVOAKA MANOHITRA NY VAUDOIS. - Misy ampahany lehibe momba ny taratasy (bulle) nalefan'ny Papa Innocent VIII, tamin'ny taona 1487, voadika amin'ny teny Anglisy, hoenti-manohitra ny Vaudois, ao amin'ny History of Rômanism, nosoratan'i Dowling, navoaka tamin'ny 1871, b. 6, ch. 5, sec. 62 (ny tena izy amin'izany dia ao amin'ny fitehirizam-bokin'ny Oniversite any Cambridge.)

Mikasika ny tantaran'ny Vaudois, jereo ny Tantaran'ny Fiangonana nosoratan'i A. Mörland, Trano Printy Loterana, Antananarivo, 1978, t. 123 - 1254, fizarana 58.

NY SABATA TEO AMIN'NY VAUDOIS. - Misy mpanoratra izay mitana fa fanao ankapobeny teo amin'ny Vaudois ny mitandrina ny Sabatan'ny andro fahafito. Io fiheverana io dia avy amin'ny firaketana izay tamin'ny teny latina no nanoratana azy voalohany ary manondro ny Vaudois ho mptandrina ny dies domicalis, na andron'ny Tompo (Alahady) nefa, araka ny fomba raikitra hatramin'ny andron'ny Reformasiona, ny teny hoe «Alahady» dia nadika hoe «Sabata»!

Kanefa misy porofo ara-tantara fa nisy tokoa ny fitandremana ny sabatan'ny andro fahafito teo amin'ny Vaudois. Ny tatitra momba ny Inquisition (fitsaram-piangonana) izay nitsarana Vaudois sasantsasany tany Moravie, tany antenantenan'ny taonjato faha-15, dia nilaza fa teo amin'ny Vaudois dia «tsy vitsy no nankalaza tokoa ny Sabata niaraka tamin'ny Jiosy», Beitrage zur Sktengeschichte des Mittelalters (tatitra momba ny tantaran'ny sekta tamin'ny Andro Antenantenany). Munich, 1890, 2d pt, 661. Tsy isalasalana fa ity firaketana ity dia manondro fitandremana ny Sabatan'ny andro fahafito.

**Pejy 206.** Ny JESOITA - «Fikambanan-drelijiozy naorin'i Ignace de Loyola tamin'ny 1534 ary nankatoavin'ny Papa Paul III tamin'ny 1540. Antsoina hoe koa Compagnie de Jésus na Société de Jésus izy. Raha nikendry zavatra maro izy tamin'ny voalohany, ny toe-javatra dia nanesy azy saiky avy hatrany taorian'ny niorenany hifanandrina tamin'ny Reformasiona, ary nitsarapaka tao amin'ny fifanjevoana tamin-kasahiana fatratra izy ka tsy nihemotra teo anoloan'ny toe-javatra na manao ahoana na manao ahoana. Sady nahazo fahombiazana tamin'izany mihoatra noho izay nampoizina izy... Ny lalàm-pifehezany dia nokendrena mba hahatonga ny tsirairay ho fiasana

tsy mandinika mihitsy eo am-pelatanan'ny mpifehy azy ... Ny laha-kevitra ny amin'ny fankatoavana avy hatrany tsy misy fandinihana izay mikasika ny fieritreretana isam-batan'olona no fanorenana ny rafitra manontolo ary loharano nanovozan'ny fitsipi-pitondran-tena jesoita... ka ny sasany amin'ireny dia henjana, ho an'ny olona izay mihevitra ny fivavahana ho zava-dehibe; fa ny sasany kosa dia mampatahotra noho izy malalaka tafahoatra raha ny amin'ny karazam-paharatsiana rehetra mikasika ny heloka efa vita na kasaina hatao. Ny toetra anankiray koa mampiavaka ny moraly jesoita dia ny fanitsiana ny fikasana (direction de l'intention), ka tsy ny asa no tsara na ratsy; fa ny fikasana enti-manao azy; ny asa ratsy indrindra dia mety ho tsara raha tsara ny antony kendrena amin'ny fanaovana azy. Ary farany dia ao koa ny «fameperana any am-po tsy miloaka» (réservations mentales), fomba feno hafetsena, izay ahazoana milaza zavatra tsy marina, na dia arahim-pianianana aza, raha tahiny ka ao anaty dia zavatra hafa no sainina izay mandrava na manova izay aloaky ny vava. Novelezin'i Pascal tsy nisy indrafo amin'ny bokiny «les Provinciales», ireo hevitra mahavoafady ireo.

Ny Jesoita dia nahavokatra, afa-tsy ireo nalaza tamin'ny famoaboasana toe-javatra sy toetran'olona manokana (casuiste), toa an-dry Mariana, Sanchez, Esobarc, misionera nafana fo koa, toa an'i Xavier; mpanabe kingalahy; olo-mahay; toa an-dry Bolland, Sirmond, Porée; mpitoriteny nikoizana tahaka an'i Bordaloue. Fa ny mahagaga dia ity: tsy nahomby na oviana na oviana izy ireo teo amin'ny tetika politika nataony...

«Sasa-poana ireo fitondram-panjakana samihafa nangataka ny filoha ambony (jeneraly), ny pretra Ricci, mba hanao fanovana sasany tamin'ny lalàm-panorenana. Novaliany an'avona hoe: «Aoka izy ireo hitoetra araka ny maha-izy azy, raha tsy izany dia aoka ho foana izy». Dictionnaire d'Histoire ecclesiastique J. A Bost (Fischbacher, Paris, et Beroud, Genève, 1884).

«Ny papa Clément XIV dia namoaka didy (bulle) tamin'ny 19 Aogôsitra 1773, izay nanafoana ny fikambanan-drelejiozin'ny Jesoita sy nanakatona ny kolejiny. Samy dodona namoaka io didy io ny fanjakana katôlika rehetra».

Tamin'ny alalan'ny taratasy pastoraly nitondra ny datin'ny 13 Jolay 1886, no nampodian'ny papa Léon XIII tamin'ny Jesoita ny tombon-tsoany rehetra. Hatramin'ny namerenana tamin'ny Jesoita ny zony, dia tsy nitsahatra nandroso ny fikambanana na tamin'ny tany prôtestanta na tamin'ny tany katôlika izay anarahany maso ny toe-javatra mikasika ny Eglizy Katolika, anomanany izany mialoha sy ampandrosoany azy ... Any Etazonia izay nahatonga ny Katolika hatanjaka noho ny hamarony ho vokatry ny fifindra-monina avy any an-kafa, dia manan-kery lehibe ireo fikambanan-drelijiozy, indrindra ny «Jesoita» ka mby amin'ny fahombiazana tsy nampoizina izay miasa ka mety hitondra fanovana mihitsy eo amin'ny foto-kevitra ara-politika ijoroan'ity Repoblika lehibe ity.

*Boky milaza ny amin'ny Jesoita: Encyclopédie des sciences Religieuses*, art. «Jésuites». Quesnel, *Histoire des Religieux de la Compagnie de Jésus,* 3Vol. Utrecht, 1741; Michelet et Quinet, *Des Jésuites,* Paris 1843; Créatineau-Joly, *Histoire Religieuse politique et litteraira de la Compagnie de Jésus,* 5 Vol., Paris 1844-1845; A. de Saint-Priest, *Histoire de la Chute des Jésuites au WVIIIé siècle;* Nippold, *L'ordre des Jésuites depuis sa restauration jusqu'à l'époque actuelle,* Heidelberg, 1869.

**Pejy 207.** NY INQUISITION. - 1. FAMARITANA: Ny hoe «Inquisition» dia avy amin'ny teny latina *inquirere* (manao famotorana). Voalohany dia milaza fomba fitsarana izay ahazoana manomboka ny fitsarana izany, na dia tsy misy aza ny mpiampanga. Farany dia manondro sampan-draharaha voatendrin'ny lalàna hampihatra amin'io fomba io. Nomena andraikitra hiady tamin'ny herezia ity sampana ity tamin'ny Andro Antenantenany.

2. NY TANTARANY.

**a) Tamin'ny andron'ny Amperora Rômanina.** Ireo mpanohitra nivily niala tamin'ny fampianaran'ny Eglizy na ny fitsipi-pitondran-tena nataony harahina dia naongana ary norarana ny mpino mahatoky tsy hifanerasera taminy. Tamin'ny ankapobeny dia tsy nisy fampijaliana nampiharina taminy na fanolorana azy ireo an-tanan'ny fahefana ara-nofo mba hofaizina. Hatramin'ny andron'i Constantin vao nisy izany, ary ireo amperora no nampihatra mivantana ny fampijaliana sy ny famonoana heretika, fa tsy tamin'ny alalan'ny Eglizy. Miandalandalana anefa dia noheverin'ireo mpitarika ara-pivavahana toa an'i St. Augustin, fa manana andraikitra hamerina izay rehetra nania ao am-bala izy, ary raha tsy ampy ny fampiaikena ny saina dia rariny ny fampiasana ny hery ka anjaran'ny lalàm-panjakana izay nandray fahefana ny amin'izany ny mampiasa azy.

**b) Tamin'ny Andro Antenantenany.** Tamin'ny voalohany dia ny andriamanjaka, na ny vahoaka, no nanafay ny heretika; fa nanomboka tamin'ny taonjato faha-12, dia nisy fiezahana natao mba hampifandrindra ny asan'ny eveka sy ny an'ny andriamanjaka amin'ny famongorana ny herezia. Ny eveka no niandraikitra izany tamin'ny voalohany (inquisition episkopaly) sy ny fitsarana tao amin'ny dioseziny. Noho ireny nalefaka loatra, dia natsangan'ny papa Grégoire faha-9 ho zava-mitoetra sy hanankery eran-tany ny Inquisition ary nampiandraiketiny ny relijiozy dominikana (Inquisition monastique).

3. NY FOMBA FANDEHAN'NY FITSARANA (procédure). Nisy fitsipika nazava tsara narahina fa tsy nataotao foana araka ny haitraitran'ny mpitsara na ny fihetseham-pony tsy akory ny raharaha. Antsoina hiampanga tena izay olona ahiahina ho heretika, na asaina ampangain'ny hafa, ao anatin'ny volana iray; manaraka izany dia misy ny famotorana sy ny fanadinana ny

voampanga; ary farany dia ny didim-pitsarana. Misy fomba 13 samihafa mety hifaranan'ny fitsarana, koa ny iray tamin'ireny dia ny fampiharana na fampijaliana raha tahiny ka tsy miaiky ilay voampanga, na mandà tsy hanaiky, rehefa tapitra nampiasaina avokoa ny fomba hafa rehetra hampiekena azy, anisan'ireny ny fanibohana maharitra ao amin'ny tranomaizina faran'izay ratsy, ny tsy fanomezan-kanina, ny fampidirana havana aman-tsakaiza eo amin'ilay voampanga mba hitaona azy hiaiky, amin'ny alalan'ny fampanantenana sy ny fananarana ataon'ny mpitsara amin'ny fampitahorana azy amin'ny fanehoana eo anatrehany ireo fiasana enti-mampijaly.

Ny fampijaliana dia kapoka amin'ny hazo, karavasy, na chevalet, ny estrapade (sintonina amin'ny tady hiakatra avoavo dia avela hiantona imbetsaka ilay voaheloka), ny vainafo, ny brodequin, ny afo, ny tsy famelana hatory, sns. Tsy azo ratraina na vonoina ny voampanga. Amin'ny heloka herezia dia azo hampiharina amin'ny olona rehetra tsy misy avakavaka ny fampijaliana.

4. VOKATRY NY FAMPIJALIANA. Raha efa nampiharina tamin'ny voampanga avokoa ny fampijaliana kanefa tsy miaiky izy dia afaka. Raha niaiky izy ka nibebaka dia voaheloka higadra mandra-pahafatiny rehefa avy nanao fiaikena ampahibemaso. Raha miaiky anefa tsy mifona, dia atolotra ny fanjakana hohelohina ho faty. Raha miaiky ny fahadisoany izy kanefa manatsoaka ny fiaikeny indray dia lazaina fa *relap* ka atolotra ny fanjakana izay hanatanteraka ny fanamelohana.

*Référence:* Conscience et liberté N. 17 Premier Semestre 1979 Charles Affentsanger*, La tortue et l'Inquisition, pp 61-65*

**Pejy 235.** VOKATRA ARA-DALANA NATERAKY NY FANENJEHANA TANY FRANTSA - NA NY ANTONY NAHATONGA NY REVOLISIONA FRANTSAY. - «Ao amin'ny fiainan'ny olona tsirairay, dia tsy rariny raha ny zanaka no mitondra faisana noho ny heloky ny ray. Hevitra ekena amin'izao vaninandro misy antsika izao izany. Fa raha eo amin'ny fiainam-bahoaka kosa, dia tsy marina io fomba fisainana io; ary azo antoka fa ny taranaka aty aoriana dia faizina noho ny fahadisoana vitan'ireo taranaka teo aloha. Izany no fomba tokana ahazoana manazava ilay fotoana nanjakan'ny Horohoro».

«Toa an'i Louis XVI nasiana noho ny faharatsian'ireo mpanjaka tany aloha, dia toy izany koa no nanafaizana ny Frantsay avy tamin'ny saranga rehetra tamin'ny taona 1793 sy 1794, tamin'ny alalan'ny Horohoro, noho ny toe-tsaina nandady nananan'ireo razany. Nikapa tamin'ny laharana rehetra ny sabatra, satria ny rehetra no niara-nanaiky hoziogana ... Tamin'ny revolisiona rehetra dia ny Revolisiona Frantsay no nampandriaka ra be indrindra, satria ny tantaran'i Frantsa no namela faharatsiana be indrindra hiavovona. Tao amin'izay nisian'ny fandeferana mafy indrindra... »

«Tombon-tsoa tsy hita fetra ho an'ny mpampihorohoro ny nanana ho mpialoha lalana sy modely hotahafina dia ireo fanambarana tsara rindra nataon'i Louvois tamin'ny nanafoanana ny Edit de Nantes ... Satria ny mpampihorohoro noho io drafitra kanto loatra voavolavolan'ny lanitra io, tombon-tsoa tsy manam-paharoa ananantsika, dia afa-niroso tamim-pahatokiana tamin'izany lalan'ny fandatsahan-dra izany... »

«Nefa aoka hekena fa ny Horohoro tamin'ny 1793 dia tsy nahatoraka ny Horohoro tamin'ny 1687. Raha ny amin'io lafiny io dia nisy fitotonganana. Tsy mba nampiasa fampijaliana ny 1793; tsy mba nandoro velona izy ka nanasamatsamaka ireo rembiny; tsy mba notorotoroiny ny taolan'ny voaheloka talohan'ny nanipazany azy niolanolana tao anaty afo».

«Araka ny tena izy dia sarotra amin'ny Frantsay ny hamaky ny fitantarana ny zava-mahatsiravina nateraky ny Fanafoanana ny Edit de Nantes; namela vokatra tsy azo nihodivirana loatra ho antsika ireny, izay mbola mitete ra mandraka androany...»

«Rehefa niposaka ny taonjato faha-18 dia tsy mbola nitsahatra ny fampijaliana. Isan'andro dia nisy olona nahantona. Ireo mahery fo tany Cévennes (Frantsa) nampijalina, nomontsamontsanina velona ny taolany, avy eo dia nosamatsamahina, dia nodorana teo anivon'ny fanakoran'ny vahoaka, ary dia navela hohanin'ny goaika. Izany no nameno ny andro tamin'izany... »

«Teo anivon'izany zava-maharikoriko rehetra izany, dia tsy nampiseho na fanenenana na fangorahana i Frantsa. Vao taona vitsy no lasa dia hadinony avokoa ny zavatra rehetra...»

«Ny fanenjehana nafitsoky ny Katôlika ny Prôtestanta dia nandoto irery voalohany. Ny fampitahana lalandava izay nandidiana ireo solontenan'ny mpanjaka hatao amin'izay tena neken'ny fo aman-tsaina ho fahamarinana ara-pivavahana tokoa sy ny fitadiavan-tombon-tsoa ara-nofo, dia nampietry ny toe-panahin'ny rehetra... »

«Nisy zava-mahamenatra kokoa noho ny fampijaliana. Ny tiako hambara dia ny fanaovana tsinontsinona ny fieritreretana, ny fanosihosena izay ninoana sy neken'ny saina ho marina. Nomena herinandro ny mponina tao amin'ny tanàna anankiray hiovany finoana, aorian'izany dia ny sabatra. Ny hamaivanan-doha, rehefa mirona ho amin'ny fampahoriana, dia mampitombo ny hasiahana. Tebahina ny fanahy rehefa avy nalam-baraka. Hoy ny teny nosoratan'ny duc de Noailles tamin'i Louvois «240.000 no isan'ny mpivavaka prôtestanta ato amin'ity faritany ity. Ataoko fa amin'ny faran'ny volana dia ho voaringana avokoa izy rehetra». Tsy mbola nisy toetra farany ambany toy izany naseho teo am-panenjehana ny hafa. Tsy anaranana fo araka izay itiavana azy ny olona raha tsy efa naetry aloha. Avy amin'izany no hisehoan'ny fanaovana an'Andriamanitra ho tsy misy... »

«Louis XIV, Louvois, Tellier (Jesoita mpampikaofesy ny mpanjaka) dia namongotra an'Andriamanitra. Ireo iraka nikiraro baoty (miaramila dragons) kosa nanaisotra ny toetra maha-kristianina tamin'ny katôlika».

«Io tantara mitete ra sy vonoan'olona io, feno hazo fanantonana, kodiarana fampijaliana, sambo novoizin'ny gadralava (noho ny finoana), dia niteraka fanivaivana ny fivavahana, na an'ny mpandresy, na ny an'ny resy; rehefa afa-po ny fitompoan-teny fantatra (fanatisma), dia nitohy ara-pahazarana ny fandringanana. Tonga ny Régence (governemanta tetezamita tany Frantsa taorian'ny nahafatesan'i Louis XIV mandra-pahalehiben'i Louis XV ka nahazoany nanjaka) izay nahatonga an'i Frantsa ho fanjakana nanao an'Andriamanitra ho tsy misy. Nefa ny taonjato faha-18 dia mbola nandringana ihany, nanantona, nanakenda, zary kilalao...»

«Noho izany ny Horohoro dia lova tsy azo nihodiviran'ny tantaran'i Frantsa» Edgar Quinet, *Des Dragonnades à la Terreur*, cit. notes d'appendice de l'edition française de poche de *Tragédie des Siècles* 748-751.

Volana vitsy talohan'ny nahafatesany tamin'ny 1715 i Louis XIV dia «nampahatsiaro an'ireo mpanolo-tsaina azy, na lahika na eklesiastika, fa tsy nanao na inona na inona, na nanapa-kevitra raha ny amin'ny fivavahana, raha tsy nila hevitra tamin'izy ireo, ka dia anjaran'izy ireo, an'i Le Tellier (Jesoita mpampikaofesy azy) sy ry zareo kardinaly, ny mitondra ny andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra ny amin'ny fahadisoana mety ho vitany» (izy, Louis XIV, mpanjaka)» Chastel, *Histoire du Christianisme*, Tome IV, p. 203

**Pejy 236.** VANINANDRO ARA-PAMINANIANA. Jereo ny fanazavana fanampin'ny pejy 54 sy ny fanehoana an-tsary ny vanim-potoana ara-paminaniana.

**Pejy 237.** EZAKA NATAO MBA HANAFOANANA SY HANAPOTEHANA NY BAIBOLY. - Mikasika ny ezaka naharitra ela natao tany Frantsa mba hanafoanana ny Baiboly, indrindra izay voadika tamin'ny fitenin'ny sarambabem-bahoaka, dia izao no lazain'i Gaussen: «Ny lalàna tao Toulouse, 1229, izay nanangana ny fitsarana mampihorohoro ny Inquisition, dia manameloka izay rehetra mamaky ny Baiboly amin'ny fitenin'ny vahoaka, lalàna niteraka afo, ra mandriaka, sy faharavana ... Ao amin'ny toko fahatelo sy fahefatra fahadimy sy fahenina, dia mibaiko ny handravana tanteraka ny trano, ny toerana fiafenana mahantra indrindra, ary na dia ny fialofan'ny olona any ambanin'ny tany aza misy ireo fantatra fa manana ny Soratra Masina; lazaina fa tokony henjehina any anaty ala sy any anaty zohy izy ireo; ary na dia izay mampiantrano azy aza dia tokony hofaizina mafy. Ho vokatr'izany, dia «norarana hatraiza hatraiza ny Baiboly; tahaka ny hoe nanjavona tany ambanin'ny tany izany, nidina tany am-pasana... Ireo didy mahafaty ireo izay navoaka voalohany tao amin'ny Konsily tany Toulouse dia narahin'ny famaizana tsy hita isa nandritra ny

dimanjato taona, izay nampandriaka ny ran'ny olona masina tahaka ny rano: -L. Gaussen, *Le Canon des Saintes Ecritures,* tome II ch. VII, sec. 5, thèse 561 et chapitre XVIII, sec. 2, thèse 641, par. 2.

Mikasika ny fiezahana manokana natao mba hanapotehana ny Baiboly nandritra ny andro nanjakan'ny Horohoro *(Règne de la Terreur)*, tamin'ny faramparan'ny taona 1793, dia izao no lazain'ny Dr Lorimer: «Na aiza na aiza mety ahitana Baiboly dia azo lazaina fa henjehina hatramin'ny fahafatesana izay olona nahitana izany; hany ka betsaka ireo mpanadihady azo itokiana (ny Soratra Masina) no milaza fa ny famonoana ireo vavolombelona roa ao amin'ny toko faha-11 ao amin'ny Apôkalipsy, dia fanafoanana tanteraka, eny, fanapotehana ny Testamenta Taloha sy Vaovao tao Frantsa tamin'io fotoana io» J. G. Lorimer, *An Historical Sketch of the Protestant Church in France,* ch. 8, pars 4, 5.

**Pejy 242.** FANANDRATANA NY FANDRINGANANA NY PROTESTANTA TAMIN'NY ALALAN'NY ST. BARTHELEMY - Cité par Henri White, *The Massacre of the St Bartholomew.* Zava-misy tsy azo lavina: «Ny antenimieran'ny tanànan'i Paris dia nanome vola an'ireo miaramila mpitififitra amin'ny tsipika izay nanampy tamin'ny famonoana, ... an'ireo mpihady fasana, satria tao anatin'ny herinandro dia sahabo ho 1100 no isan'ny faty nalevina; ary farany nampanonta medaly ho fahatsiarovana ny andron'i St. Barthélemy izy». (Dict. adm. et Histor., par F. et L. Lazare, Cité par During, Histoire de France, Tome II, p. 36, note, Paris 1876).

«Ny vaovao ny amin'ny vonoan'olona tao Paris dia nampitaina avy hatrany tany Rôma; ary tany ny Kardinaly de Lorraine dia nilaza fa efa nanoro hevitra ny amin'ny tokony hanaovana izany efa am-bolana maro izy. Ny papa, izay nino fa nisy tetika fikomiana nataon'ny Prôtestanta, dia nandidy hampanao fotoam-pivavahana fisaorana. Nampanao sary nampiseho izay nitranga koa izy sy nampanonta medaly fahatsiarovana ... Rehefa nody tany Frantsa ny Kardinaly de Lorraine dia nidera ampahibemaso ny mpanjaka noho izay nataony tamin'ny anaran'ny mpitondra fivavahana (clergé) manerana ny fanjakana; nanolotra azy vola be dia be avy tamin'ny Eglizy izy ho mari-pisaorana azy, ary ambonin'izany 800.000 livres ho an'i Henri d'Anjou». (Ch. Bost, *Histoire des Protestants de France.* p. 66).

**Pejy 243.** NY NANDAVAN'NY CONVENTION NY FISIAN'Andriamanitra. - Mba hahatonga ny fihetsik'ireo depiote tao amin'ny Convention hanana endrika ho velona sy voasoritra mazava tsara ny amin'ny fivavahana, dia nampiteny azy ireo toy izao manaraka izao i Taine mpanoratra tantara frantsay:

«Efa noroahinay niala teto Frantsa ireo mpitondra fivavahana tsy nanaiky hanao fianianana, sahabo ho pretra efatra alina, ary ataonay sesitany izay

rehetra tsy nihoatra ny sisintany tao anatin'ny fe-potoana voafetra; tsy misy afa-tsy ireo enimpolo taona na mihoatra sy ny kilemaina no ekenay hitoetra eto Frantsa, izany aza ho toy ny voafonja sy ahiboka; fanamelohana ho faty no miandry azy ireo raha tahiny ka tsy mandeha mifatratra ao amin'ny fonjan'ny tanàn-dehibe amin'ny faritra misy azy izy; fanamelohana ho faty ho an'izay manafina pretra...

«Hakatonay ny trano fiangonana, harendrikay ny lakolosy, ireo tavy masina harendrika hatao vola, hopotehinay ny sarin'ny olona masina, holotoinay ny relika, horaranay ny fandevenana ara-pombam-pivavahana, fa hodidianay tsy maintsy hatao kosa ny fandevenana sivily, hasainay tandremana ny decadi (andro fitsaharana isaky ny folo andro) fa didianay hiasa kosa ny Alahady...

«HORARANAY NY FOTOAM-PIVAVAHANA REHETRA; hoterenay hanao fandavana ny fivavahana ampahibemaso ireo mpitandrina PROTESTANTA; horaranay ny Jiosy tsy hanao ny fombam-pivavahany; HATAONAY ANTONTANY DIA HOTSOLOANAY AFO NY BOKY SY NY FITAOVANA REHETRA MOMBA NY FIVAVAHAN'I MOSESY...

...TSY MISY ANEFA HILOFOSANAY MAFY INDRINDRA HOATRA NY ADY AMIN'NY FIVAVAHANA KATOLIKA; tsy misy fizarana amin'ny fandaharan'asanay izay hotontosaina amim-piniavana sy fikirizana tahaka azy ity ... (H. Taine, *Les origines de la France contemporaine,* vol. VII; Paris, Hachette, 1904, 24° éd.) - cité dans *La Tragédie des Siècles,* édition de poche, pp. 756, 757 - 758 éd. française.

NY FAHAFATESAN'NY VAVOLOMBELONA ROA, ARAKA NY FANAZAVAN'I JURIEU - «Mety ny manamarika fa tsy ao amin'ny Soratra (teksta) ny hoe «an-dalambe», toy ny maro, fa toy ny iray ihany. Sarotra amiko ny tsy hino fa i Frantsa no voatondro manokana amin'izany, satria azo antoka fa izy no faritany izay mamirapiratra indrindra amin'ny tany anjakan'ny papisma. Antsoina hoe ny zanaka lahimatoan'ny Eglizy ny mpanjakany, ilay mpanjaka tena kristianina, izay midika hoe papista, araka ny fiteny mahazatra an'i Rôma. Ireo mpanjaka tany Frantsa no mahalehibe ny papa noho ny fahalalahan-tsainy. Io no fanjakana mandroso indrindra eto Eorôpa. Raha lazaina amin'ny teny indraim-bava dia izy no «lalambe» (na kianja) ao amin'ny tanàna lehibe. Ary inoako fa any Frantsa indrindra no hiampatra ny fatin'ireo vavolombelona; izany hoe ny fanarahana ny tena fivavahana dia tsy maintsy hofongorana tanteraka ... Hovonoina ny fahamarinana, kanefa tsy halevina izy. Ny fandevenana dia ambaratonga iray ankoatry ny fahafatesana izay miara-dalana mandrakariva amin'ny fahalovana sy ny fandevonana tanteraka. Pierre Jurieu, *L'Accomplissement des prophéties, Rotterdam* 1686, vol. II, p. 175.

**Pejy 245.** NY ANDRAIKITRY NY EGLIZY. Rehefa manoloana ny herezia ny Eglizy, dia tsy afa-po amin'ny fampiaikena fotsiny; heveriny fa tsy

ampy ny fonjan-kevitra ara-tsaina sy ara-pitondran-tena; ampiasainy koa ny hery, ny famaizana, ny fampijaliana; manangana fitsarana toy ny Inquisition izy, ampiasainy ny lalàn'ny fanjakana; raha ilaina, dia manentana fanafihana izy, ady masina ara-pivavahana; ary ny «faharikorikoana ny ra latsaka», dia tsy midika eo amin'ny tena zavatra afa-tsy ny fandatsahana izany amin'ny alalan'ny fahefana ara-nofo, raha mety manao izany izy; ary mainka ratsy indrindra io fomba io, satria raha jerena ivelany dia misy tsy fahatsoram-po noho ny tenany mihitsy no mandatsaka izany mivantana. Izany indrindra no nataony tamin'ny taonjato faha-16 tamin'ny Prôtestanta. Tsy afa-po ny nanao fanavaozana ara-pitondrantena izy, ny nitory tamin'ny alalan'ny ohatra nomeny, ny nitaona ny vahoaka ho kristianina tamin'ny alalan'ny misiônera nahay nandaha-teny sy tena olo-marina, fa nampirehitra kosa tany Italia, tany Holanda, indrindra tany Espaina, afo fandoroana velona nataon'ny Inquisition; tany Frantsa tamin'ny andron'i François I sy Henri II, tany Angletera tamin'ny nanjakan'i Marie Tudor, dia nampijalijaly ny heretika izy; tany Frantsa sy Alemaina, nandritra ny tapany faharoa tamin'ny taonjato faha-16, sy ny tapany voalohany tamin'ny faha-17, na dia tsy izy aza no nanomboka ireo adim-pinoana, dia nampirisika kosa izy sy nanohana azy tamim-pahombiazana. (Alfred Baudrillart, professeur à l'Institut Catholique de Paris; *L'Eglise Catholique, La Renaissance, Le Protestantisme,* Conférences données à l'Institut Catholique, Janvier à Mars 1904. Misy sasinteny nosoratan'i S. E. Kardinaly Perraud, mambra amin'ny Académie Française. Paris, Bloud et Cie, 1904).

«Firy no isan'ireo voasesitany, niharan'ny vokatry ny nanafoanana ny Edit de Nantes» hoy i Dr. Bonnefon (ao amin'ny bokiny, *Histoire de l'Eglise,* Paris, Bonhours et Cie, p. 373). Izao no valiny omeny: «Tsy mbola fantatra marina izany, ary angamba tsy ho fantatra na oviana na oviana. Ny fifindra-monina dia nanaisotra tamin'i Frantsa prôtestanta 500.000, pasitora 1.580, mpanao asan-tanana 2.300, taranak'andriana 1.500. Noraisin'ny fiangonana sy ny mpitondra fivavahana ny tany 17.000 izay nalaina an-keriny tamin'ireo tompony ara-dalana voaroaka hiala ny tanindrazany. Fatiantoka bevava ho an'i Frantsa no vokatr'izany fifindra-monina tany an-tany hafa izany. Ny firoboroboan'ny toe-karena tao an-toerana dia niato tampoka, satria saika teo am-pelatanan'ny prôtestanta avokoa ny varotra sy ny taozavatra. Ho setrin'izany, dia nampanankarena ireo tany nandray azy hialokaloka any aminy izy ireny, ary tonga mpanentana ny fandrosoan'ny toe-kareny».

**Pejy 248.** NY FAHANTRAN'I FRANTSA TAORIAN'NY TOLOM-PIAVOTANA SY NY DRAGONNADE. - «Araka ny tatitra vokatry ny famakafakana nataon'i Boulainvilliers, voasoratra tao amin'ny Mémoire des Intendants du Rois, dia toy izao ny toetran'ny fanjakana tokony ho tamin'ny taona 1700.

«Nihena ho sivy ambin'ny folo tapitrisa ny mponina tany Frantsa izay roa amby roapolo tapitrisa teo aloha; nihasimba avokoa ny lalana sy ny tetezana hatraiza hatraiza; tsy azo antoka ny lalana ary miverimberina matetika ny mosary; fongotra noho ny fatiantoka ny raharaham-barotra nosahanin'ny fitaterana an-dranomasina tany Normandie sy tany Saintonge; tsy nandray afa-tsy ny ampahafolony izay tokony ho azony avy tamin'ny hofan'ny taniny ireo tompon'ny tany manerana ny faritany; ny ankapoben'ny mponina tao Rouen, dia nitrosona natory tamin'ny tany na maloto avokoa ny mponina dimy hetsy amin'ireo mponina dimy alina sy fito hetsy hita ao. Tany Touraine, dia lasa nifindra monina ny ampahatelon'ny mpiasa tany, tsy nisy afa-tsy mponina telo arivo sy telo alina sisa tao Tours, izay mponina valo alina teo aloha; dia toy izany avokoa no niseho tany Troyes, Caen, La Rochelle.

«Ketraka ny mpanjaka raha nahare izany. Fénélon, izay nahalala tsara ny fandehan-javatra, dia nahita fa mitotongana ho any amin'ny hantsana ny fanjakana. Nangatahin'ireo Mpanolo-tsain'ny mpanjaka, mba hanontaniana ny hevitry ny eveka, ny amin'ireo Prôtestanta; ny kardinaly de Nouailles, arsevekan'i Paris, dia nanapa-kevitra hirona ho any amin'ny fandeferana ara-pivavahana ary nampahatsiahy ny ohatra nasehon'ny Fiangonana tamin'ny taonjato voalohany; nifanohitra hevitra taminy kosa anefa ny fivondronan'ny eveka manontolo. Neken'izy ireo aloha fa tsy misy antony, ny fiovam-po vokatry ny terisetra, nefa nangatahin'izy ireo ihany ny hanohizana izany, mba hitsinjovana ireo taranaka ho avy». (*Takelaka vitsivitsy avy ao amin'ny Tantaran'ny Huguenots,* nosoratan'i Eugène Bersier, Paris, Fishbacher, 1891, p. 134, 183)

**Pejy 251.** FAHORIAN'IREO MPANAO RAHARAHAM-PIVAVAHANA SY NY KATOLIKA NANDRITRA NY CONVETION.

Jereo «*Ny tantaram-pivavahana tamin'ny tolom-piavotana frantsay*» nosoratan'i Pierre de la Gorce tao amin'ny Académie frantsay, vita boky dimy (Plon-Nourrit, Paris). Ao amin'ny boky faha-II sy faha-III, dia tantarain'ny mpanoratra ny fandosirana sy fampidirana an-tranomaizina ireo pretra sy eveka, ny fanakatonana sy ny fandrodanana ary fampiasana ho amin'ny zavatra hafa ireo trano fiangonana maro. Tao Bordeaux, ireo katolika izay notsiratsiraina, nohazaina, nasiana sy noroahina, dia tany amin'ny toerana miafina ary tamin'ny alina no mba afa-nanao fotoam-pivavahana. Ny fandroahana noho ny antony ara-pivavahana dia narahin'ny fanaovana sesitany sy fandringanana ary famonoana an-drano ireo pretra.

«Hita tao amin'ny lisitra nisy ny anaran'ireo nandositra sy natao sesitany, teo amin'ny nifaranan'ny Horohoro, fa nahatratra dimy alina sy iray hetsy ny anaran'ireny. Mety ho maro noho io ny isany, raha tsy voambin'ny miaramila ny sisin-tany mampisaraka ny firenana roa; ary koa raha tsy nanao sorona ny ainy izy ireny tamin'ny fihoarana ny sisin-tany ka nanova fitafiana mba tsy ho

fantatr'olona, na nirenireny nandritra ny alina tamin'ny ririnina mamirifiry tao anatin'ny feom-basy mirefodrefotra, tapa-kevitra hanavotra aina, na ho vy na ho vato, hiampita any Soisa na Italia na Alemaina eny, hatrany Hongrie aza mba hahita fialofana sy fahafaha-manompo an'Andriamanitra malalaka. Raha nisy tamin'ireo izay natao sesitany no mba nanao vy very hody any amin'ny taniny, dia nifanakanana toa biby hosamborina ary raha vao azo dia notapahin-doha avy hatrany». (Quinet, *Ouvrage cité,* p. 116).

**Pejy 252.** HABIBIANA TSY MANAM-PAHAROA NANDRITRA NY HOROHORO. «Fotoana fohy mialoha ny Thermidor, dia niisa efatra hetsy ireo voatana tao an-tranomaizina, hoy ny solon-tena Beaulieu; izany no vokatry ny fanoratana anarana tao amin'ny Rejistry ny Comité de Sureté générale tamin'izany »Edgar Quinet dia nampiseho ny toetra baribariana nenti-nampahory ireo mpifatotra mahantra ireo, izay toy ny nanonitra, nefa tsy fantany akory, ny ratsy vitan'ireo ray aman-dreniny tamin'ny fampijaliana ny vahoakan'Andriamanitra nandritra ny taonjato maro. (*Ouvrage Cité*), tt. 122-124)

« ...Ny famonoana ho faty aorian'ny fitsarana na tsy misy fitsarana - Fitsarana 178, ka ny 40 amin'ireo dia fitsarana mandehandeha, no mpamoaka didy fanamelohana ho faty eran'ny faritany, ka tanterahina eo no ho eo ary eo an-toerana ihany. Hatramin'ny 10 Avrily 1793 ka hatramin'ny 9 Thermidor Taona II, ny fitsarana tao Paris dia nanapa-doha olona 2625, ary niasa tsara toy izany koa ireo mpitsara manerana ny faritany. Ny isan'ny voavono tamin'izay dia tsy voaray daholo, nefa na izany aza dia fito arivo sy iray alina no voaisa fa maty ary ny ankamaroany dia novonoina tsy nisy fitsarana. (Quinet, *Idem.* p. 126).

**Pejy 254.** TELO TAONA SY TAPANY. - Lazain'ny faminaniana fa rehefa afaka telo taona sy tapany - asehon'ny fotoana ara-paminaniana sy ara-tandindona amin'ny hoe hateloan'andro sy tapany - dia hisy fitsimbadihan-javatra tanteraka hitranga. Niseho tokoa tamin'ny daty voatondron'ny faminaniana io toe-javatra io, araka ny hita amin'ny pejin'ny *Gazette Nationale et moniteur Universel.* Ny fanafoanana amin'ny fomba manetriketrika ny fanompoam-pivavahana rehetra dia natao tamin'ny 30 Brumaire, izany hoe ny 20 Nôvambra 1793; ny didy ôfisialy namerenana izany tamin'ny laoniny kosa dia navoakan'ny Antenimieran-dalàna na Filan-kevitry ny dimanjato lahy (Conseil des Cinq-cents) tamin'ny 17 Jona 1797, izany hoe telo taona sy enim-bolana ary valo amby roapolo andro taty aoriana!

**Pejy 254.** NY FAMPIELEZANA NY SORATRA MASINA. - Tamin'ny taona 1804, araka ny nolazain'i Mr. William Canton, avy amin'ny *British and Foreing Bible Society* (Fikambanana Mampiely Baiboly any Angletera), «ny Baiboly rehetra nisy eran'izao tontolo izao, na nadika tanana na natao printy, ka isaina avokoa ny dikan-teny samy hafa amin'ny teny tsirairay

navoaka eran'ny tany rehetra, dia tsy tafahoatra firy ny efatra tapitrisa... Ny fiteny samihafa nanoratana ireo efatra tapitrisa ireo, ka ao anatin'izany ireo fiteny tsy ampiasaina intsony tahaka ny Moeso-Gothic-n'i Ulfilas sy ny Anglo-Saxon-n'i Bede, dia misy tokony ho dimampolo eo ho eo». *What is the Bible Society?* Edisiona 1904, p. 23.

Zato taona taorian'izany, rehefa akaiky ny fahazato taonany voalohany, dia afaka nanao tatitra ny British and Foreing Bible Society ny amin'ny isan'ny Baiboly, ny Testamenta na ny ampahan'ny Baiboly voazaran'ny Fikambanana samirery ka 186.680.101 no isan'izany. Io fitambarana io, tamin'ny taona 1910, dia nitombo 220.000.000 ary efa 400 ny teny samihafa nandikana azy.

Hatramin'ny taona 184 ka hatramin'ny taona 1955, ny Fikambanana Mpampiely Baiboly Anglisy (British and Foreing Bible Society) dia nampiely Baiboly sy ampahany mihoatra ny 600.000.000.

Izany fitambarana izany dia tsy maintsy ampiana ireo Soratra Masina feno na ampahany voadika amin'ny fiteny maro miisa an-tapitrisany maro, nozarain'ireo Fikambanana Mpampiely Baiboly hafa sy ireo toeram-pivarotana samihafa. Ny Fikambanana Mpampiely Baiboly Amerikana izay lehibe indrindra amin'ny zanak'ilay Fikambanana anglisy dia nilaza fa nizara Soratra Masina 87.296.122 nandritra ny taona 94 voalohany niasany (fanisana tamin'ny 1910). Araka ny fanombantombanana antonontonony, dia tokony ho enina tapitrisa ny Baiboly vita printy isan-taona any amin'ny trano printy samihafa, izay raha ampiana ny avoakan'ireo Fikambanana Mampiely Baiboly mitambatra, dia miisa ho mahery ny 29 tapitrisa isan-taona ny Baiboly na ampahany miely.

Tamin'ny 31 Desambra 1976, ny isan'ny teny nandikana ny Soratra Masina dia 1.603. Ny voasehon'izany anefa dia ny fiteny izay nandikana boky iray manontolo ao amin'ny Baiboly farafahakeliny. Fa ankoatra ireo dia misy fiteny hafa koa 217 izay nandikana ampahany amin'ny boky anankiray (sélection). Ny Baiboly manontolo dia voadika amin'ny fiteny 240 (fanisana taona 1972).

**MOMBA NY BAIBOLY**

Isan'ny teny nandikana ny Baiboly, na ampahany, hatramin'ny taona 1979 no ho mankany:

Baiboly feno ............................273
Testamenta Vaovao................472
Teny Voafantina......................940
Tontaliny...................................1685

Ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy: niorina araka ny endrika ananany ankehitriny: 1965.

Vokatry ny asa fampielezana tamin'ny taona 1980:

| | |
|---|---|
| Baiboly | 19.546 |
| Filazantsara (TV) | 21.670 |
| Filazantsara misaraka | 23.064 |
| Teny Voafantina | 291.693 |

**Pejy 254.** NY FITORIANA NY FILAZANTSARA ANY AN-TANY LAVITRA. - Ireo taona faramparany tamin'ny taonjato faha-18 dia nanokatra fiezahana namirapiratra tamin'ny fitoriana ny Filazantsara, izay nifanahantsahana tamin'izay hita tamin'ny taonjato voalohany amin'ny andro kristianina. Tamin'ny taona 1792 no niorenan'ny Fikambanana Batista, ka i William Carey no iray tamin'ny misionera voalohany indrindra nirahiny (India). Tamin'ny 1795 no niforonan'ny Fikambanana Misioneran'i Londres (London Misionary Society - L. M. S.) izay nandefa ny iraka nitory ny filazantsara voalohany indrindra taty Madagasikara. Nisy fikambanana hafa koa niorina taty aoriana, toy ny Church Missionary Society, ny Société Missionnaire Wesleyenne. Tamin'ny 1812, dia nentanin'ny hafanam-po toy izany koa ny Kristianina tany Amerika ka nanorina ny Komity Misionera Amerikana hitory ny Filazantsara any amin'ny tany ivelany, ary tamin'ny 1814 no nijoroan'ny Firaisana Misioneran'ny Batista. Adoniram Judson no iray tamin'ny iraka voalohany indrindra nalefan'io fikambanana io. Niondrana an-tsambo nankany Calcutta (India) izy, ary avy eo dia nitory ny Filazantsara tany Birmanie. Azo ambara koa ny amin'ny Fikambanana misiônheran'i Bâle (Soisa), niorina tamin'ny 1815, ireo Fikambanana misiônera tany Scandinavie, ka ny fantatsika indrindra, satria nanao asa lehibe eto amin'ny Nosintsika hatramin'ny taona maro, dia ny N.M.S. - ny Misiona Norveziana. Talohan'ny Ady Lehibe voalohany, dia niisa 25 ny fikambanana misiônera tany Alemaina ka nahatratra 2.200 ny iraka niantohany, indrindra tany Afrika (Tanganyika, na Tanzanie).

Ny fikambanana misiônera prôtestanta dia miisa 300 any ho any. Misy amin'izy ireny miankina tanteraka amin'ny antokom-pinoana sasany (anglikana, episkopaly, batista, metodista, loterana, presbyteriana, advantistan'ny andro fahafito sns.); Misy kosa izay tohanan'ny sakaizan'ny misiona avy amin'ny fiangonana rehetra fa tsy amin'ny anaram-pinoana manokana. Misy fikambanana misiônera anankiray efa niorina tamin'ny 1732, ny Misiona Morave, izay manintona ny saina amin'ny fomba manokana, ka any hernhut any Saxe, ny foibeny, ary nomena anarana hoe «ny diakonimbavin'ireo karazan'olona eo an-dalana ho foana»: Esquimaux, Peaux Rouges, Papous, sns.

Ny Prôtestanta Frantsay dia manana fikambanana lehibe any Paris mpandefa misiônera, izay niorina tamin'ny taona 1822: Ny fikambanan'ny

Misiona Evanjelika any amin'ny firenena tsy kristianina. Nanolotra olomendrika telo lahy ho any Afrika io fikambanana io: Eugène Casalis (1812-1891) Adolphe Mabille (1836-1894) François Coillard (1834-1904). Miasa na niasa amin'ny tany 10 izy; Dakar, Conacry, Togo, Cameroun, Zambie, Leshoto, Gabon, Madagasikara, Tahiti sy Nouvelle Calédonie. Ny misiona any amin'ny tany jentilisa tarihina sy tohanan'ny Advantistan'ny Andro Fahafito dia vao tamin'ny taona 1894 no niandohany. Na izany aza, dia miasa amin'ny fiteny 928 izy ankehitriny. Hatramin'ny taona 1901, dia nihoatra ny 9.769 ny isan'ny iraka nalefany. Hatramin'ny taona 1975 ka hatramin'ny 30 Septambra 1979, dia 5.745 no isan'ny iraka miely patrana any amin'ny tany samihafa manerana an'izao tontolo izao, ka ny 2.242 amin'ireo dia mbola mpianatra, na mpanolo-tena an-tsitrapo, na olona voantso hanao asa manokana amin'ny fotoana voafetra (toy ny dokotera sy mpitsabo amin'ny toby misy mpitsoa-ponenana, na any amin'ny toerana misy voina), mpiasa efa misotro ronono, kanefa mbola manana zotom-po handeha hitory ny filazantsara any an-tany lavitra.

Ny Dr. A. T. Piersona, dia nanambara tao amin'ny lahatsoratra navoakan'ny Misionary Review of the World, volana Janoary 1910 hoe: « Dimampolo taona lasa dia natory i Chine sy Mandchourie Japan sy Korea, Turquie sy Arabie, ary na dia ny kaontinanta midadasika ao Afrika aza - dia toy ny firenena mitoka-monina, mihidy ao amin'ny efitra ety noho izy nitokantokana sy natokantokana. Azo lazaina fa tsy mbola nisy nizaha ny Azia afovoany, tahaka ny Afrika afovoany koa. Tany amin'ny tany maro dia tsy nisy nitsipaka ny fanjakazakan'i Satana maharitra ela ary tsy nisy nikasika ny fanjakany. Tsy nahalala nandefitra tahaka ny tany jentilisa ireo tany teo ambanin'ny fahefan'ny papa; Italia sy Espaina dia nampigadra olona sahy nivarotra Baiboly, na nitory ny Filazantsara. I Frantsa dia azo lazaina fa tsy nino an'Andriamanitra i Alemaina dia vonton'ny fanarahana ny saina mandanjalanja; ary teo amin'ny ampahany betsaka teo amin'ny saha misiônera dia nikatona varavarana ary nohidin'ny fanakanana mazava sy ny rafitra misy eo amin'ny fizarazaram-poko. Ankehitriny dia manaitra ny fiovana hatraiza hatraiza ary tena hentitra hany ka raha misy olona tamin'ny taonjato farany miverina tampoka amin'izao andro izao... dia tsy ho fantany izao tontolo izao. Ilay mitana ny fanalahidin'ny vavahady mikopaka roa dia efa namoha izany, ka nampidanadana ny tany rehetra ho amin'ny mpitondra hafatry ny filazantsara. Na dia ao amin'ny Tanàna Mandrakizay (Rôma) aza, izay nisy mpamangy dimampolo taona lasa izay dia tsy maintsy nametraka ny Baiboliny tany ivelan'ny manda misy fiangonana prôtestanta am-polony, ary miely malalaka ny Soratra Masina».

**Pejy 289.** VANINANDRO ARA-PAMINANIANA. - Ny toe-javatra aratantara sy araka ny fisehoany eo amin'ny fandehan'ny fotoan'andro, izay

mifandray amin'ireo vanim-potoana ara-paminaniana ao amin'ny Daniela 8 sy 9, dia ahitana porofo maro izay manondro tsy amim-pisalasalana ny taona 457 BC ho tena fotoana hanombohana manisa ireo vanim-potoana ireo. Izany dia nasehon'ny mpandinika ny faminaniana mazava tsara. Jereo ny Stanley Leathers, Old Testament Prophency, lectures 10, 11 (Warburton, Lectures for 1876 - 1880).

**Pejy 329.** FITAFIANA HOENTI-MIAKATRA. - Ny tantara milaza fa nanao akanjo manokana ny advantista hoentiny miakatra «hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka», dia noforonin'ireo izay naniry hanakiana ny asa. Niely hatraiza hatraiza izany ka maro no nino, nefa rehefa dinihina akaiky dia hita ny tsy fahamarinany. Nandritra ny taona maro dia nisy valisoa betsaka natolotra ho an'izay manome porofo ny amin'ny ohatra anankiray ny amin'izany, nefa tsy nisy ny porofo. Tsy nisy tamin'ireo izay tia ny fisehoan'ny Mpamonjy no kely fahalalana indrindra ny amin'ny fampianaran'ny Soratra Masina ka hihevitra fa misy fitafiana izay ilain'ny olona masina hoentina mitsena ny Tompo dia ny fahamarinan'i Kristy. Jereo ny Apôkalipsy 19:8.

Ho fanoherana tanteraka ny angano momba ny akanjo hoenti-miakatra, jereo Francis D. Nichol, The Midnight Cry (Washington, D.C.: Review and Herald Publishing Association, 1944, toko 25-27, ary koa Naoty fanampiny H - J). Jereo koa LeRoy Edwin Froom, Prophetic Faith of our Fathers vol. 4, pp 822-826 (Washington, D. C.: Review and Herald Publishing Association, 1954)

**Pejy 329.** NY FIZOTRAN'NY FAMINANIANA ARAKA NY FOTOANY. - Dr. Geo. Bush, mpampianatra teny Hebreo sy haisoratra tatsinanana tao amin'ny Oniversiten'i New-York, ao amin'ny taratasy nalefany ho an'i Mr Miller, ary navoaka tao amin'ny Advent Herald and Signs of Times reporter, Boston, March 6 and 13, 1844, dia nanao fanambarana mavesa-danja sasantsasany mikasika ny fanisana ny fotoana ara-paminaniana. Hoy ny tenin'i Dr Bush:

«Tsy azo lavina koa, araka ny fiheverako azy, fa ianao sy ireo sakaizanao, dia niseho ho malina fatratra tamin'ny fandinihana ny filahatra ara-potoanan'ny faminaniana, ary tsy nitandro hasasarana mba hamaritana amin'ny fomba mazava tsara ny fiaingana sy ny fiafaran'ireo fotoana lehibe ara-paminaniana ireo. Raha ny Fanahy Masina no nanatsofoka ireo faminaniana ireo ho anisan'ny boky masina, dia tsy hisalasalana fa ny mba handinihana izany no antony, ary angamba koa ny mba hahafantarana azy araka ny tena marina ny heviny amin'ny farany; ary tsy misy olona azo ampangaina ho nanaonao foana na nentanin-kambo tafahoatra, raha miezaka amim-panajana hanao izany. Ny fandraisanao ny andro iray ara-paminaniana ho manambara ny taona iray dia mifanaraka amin'ny fanaovana hevi-teny azo antoka indrindra; na manao ahoana na manao

ahoana dia tohanan'ireo mpanadihady ngezalahy indrindra, olona ambony toa an'i Mede, Sir Isaac Newton, Kirby, Scott, Keit, sy ny maro hafa koa, izay efa ela no tonga teo amin'io fehin-kevitra navoakanareo io mikasika ny amin'izany. Samy manaiky ny rehetra fa ireo fe-potoana lehibe voalazan'i Daniela sy Jaona dia saiky amin'izao vaninandro diavintsika ankehitriny izao no ifaranany. Noho izany, dia tsy rariny ny hiampagana anareo ho «heretika» raha namelabelatra hevitra itoviana amin'ireo teôlôjianina lalin-tsaina ireo... Ny fehin-kevitrareo, amin'io lafin-javatra io, dia ataoko fa tsy atahorana hanohintohina na ny fahamarinana na ny fiainana kristianina... Raha araka ny hevitro, dia tsy amin'ny fanisan'andro no misy ny fahadisoanareo fa amin'ny lafin-javatra hafa... Diso hevitra tanteraka ianareo raha ny **amin'ny toe-javatra hiseho** amin'ny faran'ireo fe-potoana ireo. Eo no misy ny fahadisoana lehibe indrindra amin'izao famoaboasana nataonareo izao ka miteraka fahatafintohinana.

**Pejy 383.** HAFATRA TELO SOSONA. - Ny Apôkalipsy 14:6,7 dia manambara mialoha ny fitoriana ny hafatry ny anjely voalohany. Dia tohizan'ny mpaminany hoe: «Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa; nanaraka ka nanao hoe: «Rava! rava Babylona lehibe ... Ary nisy iray koa dia anjely fahatelo». Ny teny hoe «nanaraka» dia midika, araka ny voambolana toy izany ao amin'io toko sy andininy io hoe: «miaraka aminy». Hoy i Robinson hoe:

«Manaraka, miaraka amin'i ..., miara-mandeha amin'i... ». Io teny io ihany no ampiasaina ao amin'ny Marka 5:24. «Dia nandeha niaraka taminy Izy; ary nisy vahoaka betsaka nanaraka azy ka nifanety taminy». Io teny io koa no ampiasaina mikasika ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy manao hoe: «Ireo no manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza no alehany». Mazava ao amin'ireo andininy roa ireo ny hevitra tiana ampitaina fa ny hoe miaraka amin'i ..., miara-dia amin'i ... Toy izany koa ao amin'ny 1 Kôrintianina 10:4, izay ahitantsika ny Zanak'israely dia «nisotro tamin'ny vatolampy fanahy izay nanaraka azy izy», ny teny hoe «manaraka» dia teny grika iray ihany ary izao no voalaza ho fanamarihana hoe, «miaraka amin'i... » Hitantsika araka izany fa ny hevitra voarakitra ao amin'ny Apôkalipsy 14:8,9, dia tsy hoe manaraka ny anjely voalohany ny faharoa sy ny fahatelo, raha ny fotoana isehoany no lazaina, fa milaza izany fa miaraka aminy. Tsy inona ny hafatra telo fa hafatra tokana telo sosona. Telo fotsiny izy raha ny filaharany teo amin'ny fisehoany. Nefa rehefa nipoitra izy ireo, dia niara-dia, ary tsy azo sarahina.

Araka ny hevitrao, moa ve mihatsara izao tontolo izao sa miharatsy? Tsy mahagaga raha ny ankamaroan'nyolonaankehitrinynominofamiharatsy izao tontolo izao. Azo heverina fa izany fomba fijery maneran-tany toa tsy misy fanantenana izany dia vokatry ny kolontsaina anjakan'ny vaovao ratsy maro, na koa noho ny fahafantarantsika ilay fahamarinana mampangitakitaka voarakitr'ity boky ity: misy faharatsiana lalim-paka eto amin'ity planeta ity ary tsy manan-kery isika eo anatrehan'izany.

Ahariharin'ny *Hery Mifanandrina* ny niandohan'ny fitotonganan'ny taranak'olombelona, ary tsy izay ihany fa ilay ady goavana izay miseho lany amin'ny alalan'ny areti-mandringana sy ny loza, ny fahalovana sy ny fandripahana, ary ny vonoan'olona sy ny fahara-vana. Ho hitanao ao anatin'ity asasoratra miavaka ity ny hoe iza no ambadik'izany faharatsiana izany, iza Ilay Mpandresy amin'ny tsara, ary koa misy fetrany ny fahotana. Raha tianao ny ho vonona ho amin'ny fiafaran'izao tontolo izao sy ny hiditra ao amin'ilay tontolo be voninahitra ho avy, dia vakio ity boky ity.

Ellen G. White Estate
Sharing the Vision